# Antaifasy: Bible for 1 Corinthians, 1 John, 1 Peter, 1 Thessalonians, 1 Timothy, 2 Corinthians, 2 John, 2 Peter, 2 Thessalonians, 2 Timothy, 3 John, Acts, Colossians, Ephesians, Galatians, Hebrews, James, John, Jude, Luke, Mark, Matthew, Philemon, Philippians, Revelation, Romans, Titus

Formatted for Translators


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

©2022 Wycliffe Associates
Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at https://unfoldingword.bible/ult/.
The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at https://unfoldingword.bible/utn.
The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.
You are free to:

Share — copy and redistribute the material in any medium or format. Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.
Under the following conditions:

Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at https://BibleInEveryLanguage.org." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work. ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original. No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:
You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.
No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.

# Matthew

Chapter 1

[1] E bokin'e razan'i Jesosy Kristy Zanak'i Davida Zanak'i Abrahama. [2] Abrahama gn'aban'Isaka, sady Isaka gn'aban'i Jakoba,
sady Jakoba gn'aban'i Joda sy ireo rahalahiny. [3] Joda gn'aban'i Fareza sy Zara avy tamin'e Tamara, Fareza gne aban'i
Herzona, da Herzona gne aban'i Rama. [4] Rama gne aban'i Aminadaba, da Aminadaba gne aban'i Nasona, da Nasona gne
aban'i Salmona. Salmona gne aban'i Boaza tamin'e [5] Rahaba, Boaza gne aban'i Obeda tamin'ny Rota, Obeda gne aban'i
Jese. [6] Da Jese gne aban'i Davida mpanjaka, Davida gne aban'i Solomona tamign'alalan'e vadin'ny Oria. [7] Solomona gne
aban'i Rehoboama, Rehoboama gne aban'i Abia, ary Abia gne aban'i Asa. [8] Asa gne aban'i Jaosafata, da Jaosafata gne
aban'i Jorama, da Jorama gne razan'i Ozia. [9] Ozia gne aban'i Jorama, Jorama gne aban'i Ahaza, Ahaza gne aban'i Hezekia. [10]
Hezekia gne aban'i Manase, Manase gne aban'i Amona, da Amona gne aban'i Josia. [11] Josia gne razan'i Jekonia sy indreo
ralàny tame fotoan'e fandroahagny ho a Babylona. [12] Tafaran'e fandroahagny ho a Babylona, da Jekonia gne aban'i
Sealtiela, da Sealtiela gne razan'i Zerobabela. [13] Zerobabela gne aban'i Abihoda, Abihoda gne aban'i Eliakima, da Eliakima
gne aban'i Azora. [14] Azora gne aban'i Zadoka, Zadoka gne aban'i Akima, da Akima gne aban'i Elihoda. [15] Elihoda gne aban'i
Eliazara, Eliazara gne aban'i Matana, da Matana gne aban'i Jakoba. [16] Jakoba gne aban'i Josefa vadin'i Maria, gne niteraky
an'i Jesosy, izay nangiagny hoe Kristy. [17] Gne taranaky aby manomboky amin'i Abrahama ka hatrany amin'i Davida da
taranaky efatry ambin'ny folo, manomboky amin'i Davida ka hatrany amin'e fandroahagny ho e Babylona da taranaky
efatry ambin'ny folo, da nanomboky amin'e fandroahagny ho e Babylona ka hatrany am'i Kristy da taranaky efatry
ambin'ny folo. [18] Akô ity gne nisehoan'e fahaterahan'i Jesosy Kristy. I endriny, Maria, da efa natokagny hanambady an'i
Josefa, f'izy talohan'e niarahan-dreo, da hita fa nitoe-jaza izy avy tame Fanahy Masigny. [19] Josefa, vadiny, da lelà marigny,
sady tsy te-hangala baraka Anazy ampahibemaso. Da nanapa-kevitry izy gne hamaragny mangingigng gne fifagnarahany
taminazy. [20] Raha izy mbola mieritreritry momban'io raha maro be igny, da nibôky taminazy tame nofy gn'anjelin'e
Tompo, magnano hoe: "Josefa, zanaky lahin'i Davida, ka malia gne nangala an'i Maria ho vadinao, satria e raiky izay
notorotorognigny agnatiny ao da gne Fagnahy Masigny gne nampitoetry anazy. [21] Hiteraky zaza là izy, da anao hangaiky
gne agnarany hoe Jesosy, fa izy gne hamonjy gne olony hisitaky ame fahotanp-dreo." [22] Izany aby zany da nibôky mba
hahateraky gne nambaran'ny Tompo tamin'e gn'alalan'ilay mpaminany, magnano hoe: [23] "Indro, gne virijiny nitoe-jaza ka
hiteraky zazalà, da indreo hangaiky gn'agnarany hoe Imanoela" _izay midika hoe: "Amintsika Andriamanitry." [24] Nifoha
tame Torimasony Josefa da nagnano arak'e nandidian' ny gn'anjelin'ny Tompo Anazy sady nangala anazy ho vadiny. [25]
F'izy tsy niaraky taminazy Izy mandram-piterany zazalà. Da nangiagny hoe Jesosy gn'agnarany.

Chapter 2

[1] Tafaran'e nahaterahan'i Jesosy tao Betleheman'i Jodia tamign'andron'i Heroda mpanjaka, da avy tao Jorosalema ireo ralà
manam-pahalalagny avy agny atsignanagny nizaka joe: [2] "Aia izy izay teraky ho Mpanjakan'e Jiosy? Nahita gne kintagny
avy egny atsignanagny iay sady avy mba hidera anazy. " [3] Refa nahare izany i Heroda mpanjaka, natahotry izy, say i
Jerosalema manontolo niaraky taminazy. [4] Nentin'i Heroda niaraky gne lohan'e mpisorogny agnaby izy ame mpanora-
dalàgny gn' olo, sady nagnontany anazy indreo hoe: " Aia gne hahaterahan'i Kristy?" [5] Nizaka taminazy indreo hoe: "Ao
Betleheman'i Jodia, fa izao gne vôsoratry gne mpaminagny hoe: [6] 'Fa anao, Betlehema, agny amin'e tanin'Joda, da tsy tena
kidy amin'ireo mpitondran'i Jodia, fa avy aminao gne hiavian'e mpanapaky izay handigny gn' oloko Israely. " [7] Sady
nangahik mangingigny ireo ralà manam-pahalalagny i Heroda mba hagnontany andreo mazava tsara gne fotoagny
nipoiran'e kintagny. [8] Nalefanzy tagny Betlehema indreo, magnano hoe: "Mandehana sady fotory tsara gn'amin'e zaza.
Refa hitanareo izy, da agnambaray iao, mba ahafako mandeha avakoa da hidera anazy. " [9] Tafaran'e nandresan-dreo gne
mpanjaka, da nandeha tamin'e lalagny indreo, sady gne kintagny izay hitandreo tegny atsignanagny gne nialoha andreo
mandra-pijanogny teo ambon'e toeragny nisy e zaza. [10] Refa nahita gne kintagny indreo, da niravo tamim-pifaliam-be. [11]
Niditry tao amin'e tragno indreo sady nahita gne zaza niaraky tamin'i Maria reniny. Niankohoky sy nidera andreo ireo.
Nanonkatry gne fitoeran-karegny indreo sady nanolotry fagnomezagny volamena, dintin-kazo magnitry, sady miora ho
anazy. [12] Nampitandrigny anazy tamin'e nofy Andriamanitry mba tsy hiverigny agny amin'i Heroda, da lalagny hafa gne
nandehan-dreo namonjy gne firenegny aby. [13] Refa lasa indreo, da nisy anjelin'e Tompo nisehontamin'i Josefa
tamign'alalan'e nofy sady nizaka hoe:"Miarena, indeso gne zaza izy ame reniny, sady milefasa agny Egypta.
Mimpetrahagny mandram-pizakako aminao, fa i Heroda da mitadia e zaza mba hamonoagny anazy. " [14] Gn'alinigny Josefa
da nifoha sady ninday e zaza izy ame reniny da nadeha Egypta. Nimpetraky tagny izy mandram-pahafantan'i Heroda. [15]
Izany da nagnatanteraky izay nambaran'e Tompo tamign'alalan'e mpaminagny hoe: " Nangeko hiala tagny Egypta gne
zanako." [16] Avy eo Heroda, refa nahita fa voafitak'ireo lelà manam-pahalalagny, da vignitry jafy. Nagniraky sy
nampomony gne zazalelà agnaby roy taogny gne midigny izah tao Betlehema sy tamin'e faritry agnaby igny izy, arak'e
gne fotoagny izay nofotoragny mazava tamin'ireo lelà manam-pahalalagny. [17] Avy eo da tanteraky gne zakany izay
nozakaigny tamign'alalan'i Jeremia mpaminagnyhoe: [18] "Nisy feo egny taonRama, fitomagniahny sy fisaoram-be,
mitomagny nohon'e ame zanany i Rahely, sady tsy nagneky gne ho ampanginigny izy, satria efa lasagny indreo. " [19] Refa
maty i Heroda, indro, nisy anjelin'e Tompo nibohaky tamin'i Josefa tagny Egypta tamin'e nofy sady nizaka hoe: [20]

"Mifohaza sady indeso hne zaza izy ame reniny da mandehana agny amin'e tanin'Israely, f'efa maty ireo izay nifofo
gn'ain'e zaza. " [21] Nifoha Josefa, nindesiny gne zaza izy ame reniny, sady nandeha tagny amin'e tanin'Israely. [22] Fa refa
regniny fa i Arkelaosy gne nanjaka tagny Jodia nandimby an'e Heroda rainy, da natahotry gne ho agny izy. Tafaran'e
mampitandreman'Andriamanitry anazy taminin'e nofy da niala nandeha amin'e faritr'i Galilia izy [23] da ndehansady
nimpetrky tao amin'e tanagny angegny hoe Nazareta. Izany da nahatanteraky izy vôzaka tamign'alalan'ireo mpaminagny
hoe: "Nazarena gne hangagny anazy."

Chapter 3

[1] Tamin'izany andro izany da nandeha nitory tagny ame tany foagnin'i Jodia I Jaona mpagnano Batisa magnano hoe: [2]
"Mibebaha, f'efa akaiky gne fanjakan'e lagnitry." [3] Fa izy gn'ilay nozakain'Isaia mpaminany, magnano hoe: "Misy feo raiky
mangaiky mafy agny agn'efitry hoe: "Amboary gne lalan'e Tompo, ahitsio gne lalagny." [4] Sady Jaona nitafy volon-drameva
sy nagnano fehikibo hoditry tamin'e vanihany. valala sy tantely remby gne nataony fihinagny. [5] Sady Jerosalema, Jodia
manontolo, miaraky ame faritry rehetra magnodidigny gne reniranon'i Jordana da nagnatogny anazy. [6] Hanigny batisa
tegny amin'e reniranon'i Jordana indreo, refa nagneky gne fahotagny. [7] Fa non'e nahita andreo Fariseo sy Sadose maro
naganatogny anazy mba ho atao batisa izy, da hoy izy tamindreo hoe: "Ry taranaky menaragny feno poizigny, ia gne
nampitandrigny anareo hitsoaky gne fahatezeragny izay ho avy? [8] Mamoaza miendriky gne fibebahagny. [9] Sady aza
misaigny gne hizaka anankam-po hoe: "Managny an'i Abrahama ho rainay iay." Fa zakaiko aminareo fa Andriamanitry da
mahavita manangagny zanaky hoan'i Abrahama ndre da avy amin'ireto vato ireto aza. [10] Sady efa napetraky ame am-
pototrin'e hazo gne famaky. Da ireo hazo rehetra izay tsy mamoa tsara da ho tapahigny sady hariagny agny agnaty afo. [11]
Magnano batisa anareo amin'e rano ho amin'e fibebahagny iao. Fa mahery noho iao izy izay ho avy afarako, sady iao da
tsy mendriky avao na da gne hinday e kapany azaky. Hagnano batisa anareo amin'e Fanahy Masina sy gne afo Izy. [12] Efa
egny an-tagnany gne fikororohagny mba hagnadiovagny gne famoloagny sady hanangonagny gne variny agny an-
tsopitry. Fa izy da handoro ireo akofa amin'e afo izay tsy mety maty." [13] Avy eo Jesosy avy tagny Galilia da avy teo amin'e
reniranon'i Jordana ho amboarin'i Jaona batisa. [14] Nefa i Jaona da nizaky nanakagny anazy, magnano hoe: "Iao e mila
amboarinao batisa nefa anao avakoa me gne magnontany anà?" [15] Jesosy namaly sady nizaka taminazy hoe: "Ekeo izany
amin'izao fotoagny izao, fa iao gne mety amintsika hahatanteraky gne fahamarinagny agnaby." Avy eo Jaona nagneky
anazy. [16] None vita batisa Izy, da nibohaky gne rano avy hatrany Jesosy, sady igny, hisokatry taminy gne lagnitry. Hitany
gne fanahin'Andriamanitry nidigny akô e voromailala sady nankeo amboniny. [17] Sady igny, nisy feo avy agny an-dagnitry
nagnano hoe: "Ity gne Zanako malalako. Izay sitrako indrindra."

Chapter 4

[1] Avy eo Jesosy notarihan'e Fagnahy ho agny agn'efitry mba halain'e devoly fagnahy. [2] Refa agy nifady hanigny efapolo
andro sy efapolo aligny izy, da mosaregny. [3] Nagnantogny gne mpalaky fagnahy da nizaka taminazy hoe: " Râ
Zanak'Andriamanitry anao, da zakay ho tonga mofo ireto vato ireto. " [4] Fa Jesosy namaly da nagnano hoe: " Vôsoraty hoe:
'tsy gne mofon avao gne hiveloman'olo fa izay zaka agnaby aloaky gne vavan'Andriamanitry. "' [5] Avy eo gne devoly ninday
anazy tagny amin'e tanagny masigny da nagnapetraky anazy tamin'e faratampon'e tempoly, [6] sady nizaka taminazy hoe:
"Râ Zanak'Andriamanitry anao, da milavoa agny ambany agny, fa vôsoratry hoe: 'Izy handidy ireo anjely hitaiza anao' sy
'hanandratry Anao eo amin'e tagnan-dreo, da tsy ho tafatohy amin'e vato gne tombokao. "' [7] Jesosy nizaka taminazy hoe:
"Da mbola vôsoratry indraiky hoe: 'Tsy tokony hitsapa gne Tompo Andriamanitrao anao. "' [8] Nindesin'e devoly nandeha
amin'e toeragny ambony indraiky Izy sady nampiseho anazy gne fanjakagny agnaby amin'izao tontolo izaoizy ame
hatsaran'ireo. [9] Hoy izy taminazy ho: "Ireo rehetry ireo da homeko anao, râ ohatry ka miankohoka eto agnatrehako sy
midera anà anao." [10] Avy eo Jesosy nizaka taminazy hoe: 'Mialà tetoa anao, ry Satana! F'efa vôsoratry ho: 'Anao da hidera
e Tompo Andriamanitrao, sady izy raiky avao gne Tompoinao."' [11] Avy eo niala Anazy gne devoly, sady indreo, nisy anjely
avy da nanompo Anazy. [12] Sady nony ren'i Jesosy fa vôsambotry Jaona, da nipody nandeha Galilia izy. [13] Niala an'i
Nazareta izy da nandeha sady nimpetraky tao Kapernaomy, izay eo amoron-dranomasin'i Galilia, ao amin'e zara-tanin'i
Zebolona sy Naftaly. [14] Izany gne nibôky mba hahateraky izay nambaran'Isaia mpaminagny hoe: [15] "Gne tanin'i Zebolona
izy ame Naftaly, mandeha amin'e ranomasigny, agny agnilan'i Jordana, Galilia an'ireo Jentilisa! [16] Gn'olo nipetraky tagny
amin'e mizigny da nahita fahazavagny zakabe, sady izy nipetraky tamin'e faritry sy gne aloky gne fahafatesagny, da
tamindreo gne niposahan'e fahazavagny." [17] Sady tamin'izany fotoagny izany Jesosy da nanomboky nitory teny sy nizaka
hoe: "Mibebaha, f'efa akaiky gne fanjakan'e lagnitry. " [18] Râ nandeha tegny amoron'e Ranomasin'i Galilia Izy, da nahita
mpiralà roy, Simona izay nantsovagny hoe Petera, sady Andrea rahalàny, nagnatoraky gne haratony tegny amin'e
ranomasigny, fa mpagnarato indreo. [19] Hoy Jesosy tamindreo hoe: "Andao, hagnaraky anà, fa haniko mpagnarato olo
anareo." [20] Tselatsela avao da niala gne harato indreo nagnaraky Anazy. [21] Sady râ mbola nandeh Jesosy da nahita mpiralà
roy hafa, Jakoba zanak'i Zebedio, sy Jaona ralàny. Nagnamboary gne haratony tamin'e sambo indreo niaraky tamin'i
Zebedio rain-dreo. Nangahiky andreo Izy,
[22] da tselatsela avao da niala gne sambo izy ame rainy ireo da nagnaraky Anazy. [23] Nandeha eran'i Galilia Jesosy,
nampianatry tamin'e synagogan-dreo, nitory gne filazantsaran'e fanjakagny, sady nagnasitragny ireo karazan'arety
agnaby miaraky gne rofy agnaby tamign'olo. [24] Nimparitaky eran'i Syria gne vaovao mahakasiky Anazy, da nentin'olo teo

Aminazy ireo izay marary agnaby, mararin'e karazan'arety sy fangirifirihagny, ireo demoniaka, sy izay mararin'e androbe
sy mararin'e paralysisa. Nositranin'i Jesosy raiky avao. 25 Fonkonolo maro avy tagny Galilia, Dekapolisy, Jerosalema, Jodia
sady avy agny andafin'i Jordana gne nagnaraky Anazy.

Chapter 5

1 Refa nahita gne fonkonolo Jesosy, da niakatry tame tendrombohitry. Refa tafapetraky Izy, da nagnantogny Anazy ireo
mpianatriny. 2 Nanokatry gne vavany Izy sady nampianatry andreo, magnano hoe: 3 "Sambatry gne sahiragny am-
pagnahy, fa azy iro gne fanjan'e lagnitry. 4 Sambatry ireo malahelo, fa hampionigny indreo. 5 Sambatry ireo malemy
fagnahy, fa indreo gne handobpva gne tany,. 6 Sambatry ireo izay mosaregny sy mangetaheta gne fahamarinagny, fa ho
vôkisagny indrso. 7 Sambatry iro mpamindra fo, fa hahazo famindram-pò indreo. 8 Sambatry ireo madio am-po, fa hahita
an'Andriamanitry indreo. 9 Sambatry ireo mpampihavagny, fa indreo gn'angegny hos zanak'Andriamanitry. 10 Sambatry
ireo enjehigny nohon'e fahamarinagny, fa andreo gne fanjakan'e lagnitry. 11 Sambatry anareo râ mangniratsira anareo sy
magnenjiky anareo gn'olo, sady mizaka gne karazane vandy ratsy agnaby hanohitry anareo nohon'e aminà. 12 Mifalila sy
miravoravoa, fa zakabengne valisoanareo agny an-dagnitry. Fa akô izany gne fomba nagnenjehan'olo ireo mpaminagny
izay niaigny talohanareo. 13 Anareo e siran'e tany. Fa râ sira gn'avy matavay, amin'e fomba akôgnaia gn'ampasia izany
indraiky? Tsy ho tsara ndre amin'ino ndre amin'ino esanaky izany fa hariagny synho hitsahigny tomboky gn'olo sisa. 14
Anareo gne fahazavan'izao tontolo izao. Gne tanàgny miorigny eo ambony da tsy azo hafiny esanaky. 15 Tsy misy olo
mandrehitry jiro da mametraky izany agny ambany haro, fa eo ame fitoeran-, jiro, da magnazava gne rehetra ao an-
tragno izany. 16 Aoky hazava eo agnoloan'olo akô izany fomba izany gne fahazazvanareo mba ahitan-dreo gn'asa tsara
ataonareo sady ankalazany gne Rainareo izay agny an-dagnitry. 17 Ka mieritreritry hoe avy handrava gne lalàgny na ireo
mpaminagny Iao. Tsy avy hamotiky ireo Iao, fa hagnatateraky anazy ireo. 18 Fa zakaiko marigny aminareo fa mandra-
pahavelon'e lagnitry izy ame tany, da tsy ho foagny amin'e lalàhny ndre da litera raiky sy tendron-tsoratry raiky azaky,
mandra-pahatanteraky gne raha agnaby. 19 Noho izany ndre ia ndre ia mandika gne tena kidy amin'ireo didy ireo sy
mampianatry gne hafa anao akô izany da ho angegny hoe tena kidy ame fanjakan'e lagnitry. Fa ndre ia ndre ia mankatoa
sy mampianatry ireo da angegny hoe zakabe ame fanjakan'e lagnitry. 20 Fa zakaiko aminareo fa râ tsy mihôtry noho gne
mpanora-dalàgny izy amd fariseo gne fahamarinanaeo, da tsy hiditry ao amin'e fanjakan'e lagnitry mihitsy anareo. 21 Efa
renareo fa vôzaka tamindreo fahiny hoe: ' Ka mamono olo, ' sady 'Ndre ia ndre ia mamono olo da ho helohigny agny ame
fitsaragny. ' 22 Fa zakaiko aminareo fa izay rehetra vignitry amin'e ralàny da mendriky ho helohigny ame fitsaragny; sady
ndre ia ndreia mizaka gne ralàny ho: 'Anao da olom-poagny!' da ho helohigny agny amin'e fila-kevitry; sady ndre ia ndre
ia mizaka hoe: Mola anao!' da mendriky gne ho agny amin'e farihy mirehetry afo. 23 Noho izany râ manolotry gne
fagnatitrao eo ame alitara anao da tsaroanao teo fa managny alahelo aminao gne ralànao, 24 da avelay anoloan'e alitara
gne fagnatitrao, da mandehana zory gne lalagninao. Mihavagna heky amin'e ralànao, sady avy eo miveregna da atolory
gne fagnatitrao. 25 Mihavàgna malaky amin'e mpiampagna anao râ mbola miara-dia aminazy agny amin'e fitsaragny anao,
sao gne mpiampanga anao hanolotry anao ame mpitsara, sady gne mpitsara mety hanoltry anao amin'e ame manam-
boninahitry, da hatao ao an-tragno mizigny anao. 26 Zakaiko marigny aminareo, fa tsy ho afaky mibôky ao mihitsy anao
mandram-pahandohanao gne vola faran'e tena kidy amin'e trosanao. 27 Efa renareo fa vôzaka hoe: ' Ka mijangajanga. ' 28
Kanefa zakaiko aminareo fa izay rehetra magnety viavy da magniry anazy da efa nijangajanga tao am-pony sahady. 29 Râ
manafitohigny anao gne masonao ankavanagny, da alay sady ario lavitry anao. Fa tsara tokôtry ho anao rà gn'amphany
raiky amin'e vatanao gne tokny ho simbaigny fa tsy gne tegnanao agnaby gn'ariagny agny amin'e helo. 30 Râ
manafitohigny anao gne tegnanao ankavanagny, da tapay sady ario lavitry hiala aminao. Fa tsara tokôtry ho anao
gn'ampahany raiky amin'e vatano gne tokony ho very fa tsy gne tegnanao agnaby gn'ariagnh agny amin'e helo. 31 Sady efa
vôzaka avakoa hoe: 'Ndre ia ndre ia misaraky ame vadiny, da aoky izy hagnome gne taratasy fisaraham-panambadiagny. '
32 Fa Iao da mizaka aminareo fa izay rehetra misaraky ame vadiny, afa-tsy nohon'e fijangajangagny, da mampijangajanga
anazy. Ndre ia ndre ia manambady anazy agny afaran'e fisarahagny da mijangajanga. 33 Sady koa renareo fa vôzaka
tamin'e ntaolo hoe: 'Ka mianiagny fianianagny diso, fa indeso agnatrehan'e Tompo gne fiainananao. ' 34 Fa iao da mizaka
aminareo, ka mianiagny ame raha agnaby, ndre amin'e lagnitry azaky, fa seza fiandrian'Andriamanitry izany; 35 ndre
amin'e tany, fa fitoeran-tongotry izany; ndre amin'e Jerosalema, fa tanagnin'e mpanjaka zakabe izany. 36 Ka mianiagny
amin'e lohanao, fa tsy afaky magnafotsy na magnamaintyngne singam-bolo raiky anao. 37 Fa aoky gne zakano ho, 'Eka,
eka, ' na 'Tsia, tsia.' Izay mihôtry izahy da avy ame ratsy. 38 Renareo fa vôzaka hoe: 'Maso solon'e maso, sady nify solon'e
nify,. ' 39 Fa iao da mizaka aminareo hoe, ka manohitry izay ratsy. F'izy, ndre ia ndre ia mamely gne tarehinao
ankavanagny da omeo anazy koa gn'ilany. 40 Sady râ misy olo magniry gnenhiaraky aminao ho agny amin'e fitsaragny
damagnendaky gn'akanjonao, da avelay ho anazy avakoa gne lambanao. 41 Ndre ia ndre ia manery anao
andehankilometatry raiky, mandehana miaraky aminazy kilometatry roy. 42 Omeo izay mangataky aminao, sady ka
malaigny ndre ia ndre ia magniry gne hindragny aminao. 43 Efa renareo fa vôzaka hoe: 'Tsy maintsy mitia gne mpiara-
logny aminao anao sady malegnà gne fahavalonao. ' 44 Fa zakaiko aminareo, tiavo gne fahavalonareo sady mivavaha ho
an'izay magnenjiky anareo, [Fagnamarihagny: Gne dikan-teny taloha tena tsara da mangalaky gne hoe: "" Misaora ireo
izay magnozogny anareo, mamboara gne tsara amin'ireo izay malaigny anareo. ""] 45 mba ho avy zanaky gne Rainareo
izay agny an-dagnitry anareo. F'izy da mampisaky gne masoandrony amin'e ratsy izy ame tsara, sady mampilatsaky


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

gn'erik'andro amin'e mandraigny sy gne tsy marigny. 46 Fa rå ireo izay tia anareo gne tiavinareo, ino gne valisoa
azonareo? Ndre da gne mpamory hetra azaky tsy mba magnano akô izany avakoa? 47 Râ gne ralànareo raiky avao gne
arabahinareo, ino me gnataonareo mihôtry gne hafa? Ndre dagne Jentilisa azaky tsy mba magnano akô izany koa? 48
Noho izany da tsy maintsy anareo, akô gne fahatanterahan'e Rainareo izay agny an-dagnitry.

Chapter 6

1 Mitandrema mba tsy hjagnano gn'asan'e fahamarignanareo eo agnatrehan'e olo anareo mba ho itandreo, fa raha tsy
izany da tsy hahazo gne valisoa avy ame Rainareo izay agny an-dagnitry. 2 Noho izany refa magnano fiantragny anareo,
da ka mitsotry trompetra misariky gn'afa ako gne mpetsara velatsihy agny ame synagoga da gn'egny ame lalagny, ka mba
mety hahazo fideran'olo indreo. zakaiko marigny aminareo, fa indreo da efa nandray gne valisoany. 3 Fa refa magnano
fihatragny anareo, k'anigny lalan'e tagnanareo akavia gn'anin'e tagnanareo akavana, 4 da mba omegny mangingigny gne
fagnomezanareo. Avy eo gne Rainareo izay mahjita ame mangingigny gn'amaly soa anareo. 5 Refa mivavaky anareo, ka
magnano ako gne mpetsaravelatsihy, f'indreo tia mitsangagny da mivavaky eo ame synagoga izy ame eo amoron-dalagny,
da mba ho hitan'olo. Zakaiko marigny aminareo, f'indreo d'efa nandray gne valisoany. 6 Fa anareo, refa mivavaky, midira
ao agn'efitrareo. Hidio gne varangara, da mivavaha, da mivavaha ame Rainareo izay ao ame mangingigny. Avy eo gne
Rainareo izay mahitaao ame mangingigny gn'amaly soa anareo. 7 Refa mivavaky anareo, da ka magnano zako maro tsisy
ilagny an'azy ako gne Jentilisa io, gn'ame fiheverany fa ho tenomigny indreo ame zaka maro anindreo. 8 ho izany, ka
magnano ako andreo, fa gne Rainareo d'efa mahalala gne raha izay ilainareo talohan'e nangatahanareo tamin'Azy. 9 Noho
izany mivavaha ako izao hoe: ' Rainay izay agny an-dagnitry, ho hamasignigny anie gn'agnaranao. 10 Ho avy anie gne
fanjakanao. Hanigny anie gne sitraponao ety an-tany ako gn'agny an-dagnitry. 11 Omeo anay androany gn'anigny ampy ho
anay. 12 Mamela gne helokay, ako gne hamelanay gne meloky taminay. 13 sady ka mitondra anay ame faka-pagnahy, fa
magnafaha anay ame ratsy . '"[Fagnamarihagny: gne dika-teny taloha tena tsara da mangala gne hoe: "Fa Anao gne
fanjakagny izy ame hery sady gne voninahitry mandrakizay. Amen."] 14 Fa raha mamela gn'hadisoan'olo anareo, da
hamela anareo avao koa gne Rainareo izay agny an-dagnitry. 15 Fa raha tsy mamela gn'hadisoandreo anareo, da tsy
hamela gn'hadisoanareo mihitsy gne Rainareo. 16 Ambadik'izay, refa mifady hanigny anareo, ka magnaboky tareha
mampalahelo ako gn'ataon'e mpetsaravelatsihy, fa magnaratsy tareha indreo ka mba mety ho hitan'olo fa tena mifady
hanigny. Zakaiko marigny aminareo, f'efa nandray gne valisoany indreo. 17 F'anao, refa mifady hanigny osory menaky
gne lohanao sady sasao gne tarehanao, 18 da mba tsy ho hitan'e hafa hoe mifady hanigny , fa ame Rainao izay mahita ao
ame mangingigny, gn'hamaly soa anao. 19 Ka magnopy gn'aregnanareo ety an-tany, izay simbain'e kalalao izy ame
harafesigny, sady hidiran'e mpangalatry an-keriny ka hangalatry. 20 Fa kosa, hopio agny an-dagnitry gn'aregnanareo, izay
tsy ho simban'e kalalao sizy ame harafesigny, sady tsy hidiran'e mpangalatry an-keriny ka hangalatry. 21 Fa izay misy
gn'aregnanao, gn'ipetrahan'e fonao avao koa. 22 Gne maso gne jiron'e vatagny. Noho izany, raha tsara gne masonao, da ho
feno fahazavagny gne vatagny agnaby. 23 Fa raha ratsy gne masonao, da ho feno mizigny gne vatagninao agnaby. Noho
izany, raha mizigny gne fahazavagny izay ao agnatinao amizao, magnano akôgnaia gn'azakaben'izany mizigny izany! 24
Tsisy afaky hanompo tompo roy, fa halaigny gne raiky izy sady hitia gne raiky, raha tsy izany hanolo-tegna ho an'e raiky
da halaigny gne raiky hafa. Anao da tsy afaky hanompo Andriamanitry izy ame haregny. 25 Noho izany zakaiko aminareo,
ka magnagnahy momba gn'aigninareo, izay hohaninareo na izay hondranominareo- na momba gne vatanareo, izay
hosikininareo. Fa tsy zakabe nohon'e hanigny me gne fiainagny, sady gne vatagny zakabe nohon'e fisikinagny? 26 Hiteo
gne vorogny egny ame habakabaky. Izy regny da tsy mamafy na mijinja na mandangogny ao ame tragnambo, fa gne
Rainareo izay agny an-dagnitry gne mamahagny an'azy regny. Tsy lafo vidy kokoa mihotry an'iregny me anareo? 27 Ia
aminareo gn'afaky magnampy kiokio raiky ame andro hiaignany ame fagnahiagny? 28 Nagnino anareo gne magnagnahy
momba ane fisikinanareo? Dinihogne momban'e lilia egny ame tanimboly, akôgnaia gne fitsiriany. Tsy mba miasa izy
regny, sady tsy magnambôtry fisikinagny. 29 Zakaiko aminareo, fa ndre i Solomona aza ! ame voninahitriny agnaby da tsy
nisikigny akô gne raiky amiregny. 30 Raha ampisikinin'Andriamanitry akô iany gn 'ahitry agny antanimboly, izayp agnaby
misy androany ? da omaray da hatsipy ao ampatagny, akôgnaia gn'ampisikinigny anareo bebe kokoa, anareo kidy
finoagny io? 31 Noho izany ka magnagnahy da hizaka hoe: 'Ino gn'ohaninany? ' na hoe: '/Ino gn'ondranominay?' na hoe:
'Ino gne fisikinagny ho aninay?' 32 Fa gne jentilisa mitady an'io raha io, sady gne Rainareo izay agny an-dagnitryda
mahalalafa mila an'io anareo. 33 Fa tadiavo aloha gne fanjakagny izy ame fahamarinagny da homegny anareo agnaby
izany raha izany. 34 Noho izany , ka magnagnahy gn'omaray, fa gn'omaray hagnahy gn'an'azy. Ampy ho ane andro
tsiraidraiky gne ratsy ao amin'azy.

Chapter 7

1 Aza mitsara, da tsy ho tsaraigny anareo. 2 Fa ame fitsaragny naninareo, gne hitsaragny anareo, sady ame fandrefesagny
andrefesanareo, gne handrefesagny anareo. 3 Nagnino me hitanao gne dify kidikidy izay agnaty mason'e rahalànao, nefa
tsy hitanao gne anakandry ao agnaty masonao? 4 Akôgnaia gne hizakanao gne rahalànao hoe: 'Ao eky me angalako gne
dify ame masonao io,' raha mbola ao agnaty masonao gn'anakandry? 5 Ô mpetsaravelatsihy! Alay teo eky gn'anakandry
agnaty masonao, sady avy eo anao hahita tsara refa mangalagne dify izay eo ame mason'e rahalànao. 6 Ka omegny
gn'amboa izay masigny, sady ka atsipy eo alohan'e kosoa gne vatosoanareo.Raha tsy izany da mety ho voahitsakiny gne

tombokindreo, sady avy eo hifotitry sady hamiravira anareo ame fahapotehagny. [7] Mangataha da omegny anareo izany.
mitadiava, da hahita anareo. Dondomy, fa hivoha ho anareo izany. [8] Fa izay mangataky, da mahazo; izay olo agnaby
mangataky da mahazo; izay olo agnaby mitady,da mahita; sady ho an'olo mandondogny, da ho vahagny. [9] Sa ia aminareo,
raha angatahan'e zanany mofo, gne hagnome vato ho an'azy? [10] Ndre koa raha nangatahany trondro ka hagnome an'azy
bibilava? [11] Noho izany, raha anareo izay ratsy aza mahay mangnome gne fagnomezagny izay tsara ho an'e zanakareo, tsy
zakabe mihotry me gne raha tsara omen'e Rainareo izay agny an-dagnitry ho an'izay mangataky amin'Azy? [12] Noho izany,
ndre ino ndre ino raha tianareo ho anin'olo ame tegnanareo, da tokony hagnano akô izany amindreo avao koa anareo, fa
izany gne lalagny izy ame mpaminany. [13] Midira ame vavahady pitsa. Fa zakabe gne vavahady sady malalaky gne lalagny
minday agny ame fahaverezagny, sady maro gn'olo izay mandeha amizany. [14] Fa tery gne vavahady sady sarotry gne
lalagny izay mitariky megnagny ame fiainagny,sady vitsy izay mahita an'izany [15] Mitandrema ame mpaminany sandoky,
izay magnatogny anareo ame fisikinan'e ondry nefa amboadì tena mpihaza. [16] Ame gn'alalan'e voany gne hahalalanareo
andreo. Mila voaloboky egny ame fantsy me gn'olo, ndre koa aviavy egny ame songosongo? [17] Mitovy amizany , gne
kakazo tsara agnaby da mamokatry voa tsara, fa gne kakazo ratsy da mamokatry voa ratsy. [18] Gne kakazo tsara da tsy
afaky gne hamokatry voa ratsy, ndre koa gne kakazo ratsy da tsy afaky mamokatry voa tsara. [19] Gne kakazo agnaby izay
tsy mamokatry voa tsara da tapaigny sady hatsipy agny agnaty afo. [20] Ka noho izany, ho lalanareo indreo ame gn'alalan'e
voany. [21] Tsy izay olo agnaby mizaka Aminà hoe: ' Tompo, Tompo,' Da hiditry gne fanjakan'e lagnitry, fa gn'olo izay
magnano gne sitrapon'e Raiko izay agny an-dagnitry avao. [22] Maro gn'olo hizaka Aminà amizany andro izany hoe: 'Tompo,
Tompo, tsy efa naminany tame gn'agnaranao me iay, tsy efa namoky gne demony tame gn'agnaranao, sady nagnano
gn'asa zakabe tame gn'agnaranao?' [23] Avy eo Iao hagnambara amindreo amaso amaso hoe: ' Tsy nahalala anareo mihitsy
Iao! Miala lavitry Anà, ry mpagnano ratsy!' [24] Noho izany, gn'olo agnaby izay maharegny gne zakako sady mankato
an'izany da akô gn'olo manakagnahy izay nanangagny gne tragnony egny ambony vatoloampy. [25] Neriky gn'andro, avy
gne tondra-drano, sady nifofofofo sady namely gne tragno gne rivotry, fa tsy nampitola an'izany, satria natsangagny teo
ambony vatolampy. [26] Fa gn'olo agnaby izay maharegny gne zakako ka tsy mankatò an'azy iregny da akô gn'olo mola izay
manangagny gne tragnony egny ambony fasiky. [27] Neriky gn'andro, avy gne tondra-drano, sady nifofofofo da namely gne
tragno gne rivotry, ka da nirodagny izany, sady feno faharavagny.'' [28] Sady refa avy nagnambara an'io zaka io Jesosy, gaga
tame fampianarany gne fokon'olo , [29] satria nampianatry andreo akô gn'olo managny fahefagny Izy, fa tsy akô gne
mpanora-dalàgnindreo.

Chapter 8

[1] Ra nidigny avy eny an-tendrombohitry Jesosy, da fokonolo maro gne nagnaraky Anazy. [2] Indro, nisy boka raiky
nagnatogny Anazy da nitsaoky taloany, nagnano hoe: "Tompo, ra sitrakinao, da afaky magnadio ana Anao." [3] Nagnatsotry
gne tagnany Jesosy da nikasiky anazy, nagnano hoe: "Sitrako. Mahadiova." Teo no eo da nadio tamin'gne fahabokany izy. [4]
Hoy Jesosy taminazy hoe:"Ka mizaka ndre ino ndre ino na amin'ia na amin'ia anao. Mandeana amin'ge lalanao, da aboay
amin'gne mpisorogny gne tegnanao sady atolory gne fagnatitry izay nodidian'i Mosesy, mba ho fijoroagny
vavolombelogny amin-dreo." [5] Ra niditry ta Kapernaomy Jesosy, da nagnatogny Anazy gne kapiteny raiky da nagnotany
Anazy, [6] nagnano hoe: "Tompo, matory an-dragnon'e mpanompoko fa malemy sady agnatin'gne fanaintaignana mafy." [7]
Hoy Jesosy taminazy hoe: "Ho avy Iao sady hagnasitragny anazy." [8] Namaly e kapiteny da nagnano hoe: "Tompo, tsy
mendriky iao gne tokony hidiranao gnambany tafon-tragnoko, zakay fotsiny gne zaka da ho sitragny gne mpanompoko. [9]
Fa iao avokoa da lela napetraky ambany fahefagny, sady managny miaramila izay feheziko iao. Mizaka amin'gne raiky
iao hoe: 'Mandiana', da mandea izy, da amin'gne hafa raiky hoe:'Avia,' da magnatogny izy, da amin'gne mpanompoko hoe:
"Anio izao,' da aniny izany." [10] Rehefa regnin'i Jesosy izany, da gaga Izy da nizaka tamin'gne nagnaraky Anazy hoe:
"Zakaiko marina aminareo, fa tsy mbola nahita olo nanam-pinoagny ako izany Iao ta Israely tetoa. [11] Zakaiko aminareo, fa
maro gne avy atsignanagny sy avy andrefagny gne ho avy, da indreo da hipetraky an-databatry miaraky amin'i
Abrahama, Isaka da Jakoba, amin'gne fanjakan'gne lagnitry. [12] Fa gne zanaky gne fanjakagny da hatsipy any ivelan'gne
mizigny lavitry agny, izay hisy fitomagniagny sy fikotrohanify." [13] Hoy Jesosy tamin'e kapiteny hoe: "Mandiana! Arakin'gne
ninoanao, da aoka izany gne hanigny ho anao." Da sitragny tamin'izany lera izany mihitsy gne mpaompony. [14] Ra niditry
tandragnon'i Petera Jesosy,da nahita gne rafozam-bavin'i Petera natory nararin'gne tazo izy. [15] Nokasihan'i Jesosy gne
tagnany, da niala taminazy gne tazo. Da nitsangagny izy sady nanomboky nandroso sakafo Anazy. [16] Rehefa tonga gne
ariva, da maro gne nofehezin'gne demony noentin'e olo teo amin'i Jesosy. Nandroakygne fagnahy tamin'gne zaka Izy da
nagnasitrgny gne robe izay narary. [17] Ako izany gne nahatanteraky gne nambara tamin'Isaia mpaminany, nagnano hoe:
"Izy tenany nangala gne fahararariantsika sy nitondra gne aretitsika." [18] Da rehefa itan'i Jesosy gne fokonolo nagnodidigny
Anazy, da nagnome toromariky mba hiala ho egny ampitan'e ranomasina Galilia Izy. [19] Avy eo gne mpanora-dalàna raiky
nagnatogny Anazy da Nagnano hoe: "E mpampianatry,hagnaraky Anao iao ndre aia ndre aia andiananao." [20] Hoy Jesosy
taminazy hoe: "Gne amboahaolo manan-davaky, da gne voron'gne lagnitry managny anaky, fa gne Zanak'olo tsy managny
ndre aia ndre aia ampatoriagny gne lohany." [21] Raiky hafa tmin'gne mpianatry nizaka taminazy hoe: "Tompo, avelay eky
iao andeha da andevigny e abako." [22] Fa hoy Jesosy taminazy hoe: "Magnara Ana, da apetray gne maty andevigny gne
maty aminazy manokagny." [23] Ra niditry tagnaty lakagny raiky Jesosy, da nagnaraky Anazy tagnatin'io gne mpianatrany. [24]
Igny, nisy rivotry mafy be nitranga tamin'gne ranomasigny, ka da rakotry gne onja e lakagny. Azotory Jesosy. [25] Ngnatogny


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

Anazy gne mpianatry da namoa Anazy, nagnano hoe: "Vonjeo isika, Tompo; ho faty isika!" [26] Hoy Jesosy tamin-dreo hoe:
"Nagnino anareo gne mataotry, ry kidy finoagny?" Da nitsangagny Izy aveo da nizaka mafy gne rivotry sy gne
ranomasigny. Da nisy fitoniagny be avy teo. [27] Gaga gne lela da nizaka hoe: " F karazan'gne lela ino ity, fa ndre da gne
rivotry sy ranomasigny aza magneky Anazy?" [28] Rehefa tonga tagnilany sy tamin'gne tanànan'e Gadarenesa Jesosy, da nisy
lela roy izay nofehezin'gne demony nifanena Taminazy. Indreo da nivoky avy tamin'gne kobory sady naseky be, noho
izany da tsy nisy mpandeha afaky nandalo any lalagny izany. [29] Indro, nikiaky mafy indreo da nagnano hoe: "Mpifagnino
me iay sy Ianao, ry zanak'Andriamanitry? Tonga etoa me anao hampitaotry anay mialoa gne fotoagny voatondro?" [30] nisy
kosoa marobe nihinagny teo, tsy da lavitry andreo. [31] Mbola niangavy ani'i Jesosy avao gne demonia da nagnano hoe: "Ra
mandroaky ana Anao , da alefaso agnatin'io lambo marobe io iay." [32] Hoy Jesosy tamin-dreo hoe: "Mandiana!" Da nivoky
gne demonia ka niditry amin'gne kosoa; da igny, izy marobe nifiratry nidigny gne tendrombohitry mideza nandea an-
dranomasigny sady maty tagnaty rano indreo. [33] E nikarakara gne kosoa da nihazakazaky sady nandea amin'gne tanàgny
indreo da nitatitry gne ra marobe, sady gne tena nitranga tmin'e lela izayofehezin'e demonia. [34] Igny, novoaky indre ta an-
tanagny maro mba hifankaita amin'i Jesosy. Rehefa itandreo Izy, da nangataky Anazy mba handao gne faritan-dreo.

Chapter 9

[1] Niditry tagnaty lakagny Jesosy, niampita, da tonga tamin'gne tanagniny. [2] Igny, nisy lela mararin'gne paralysisa natory
tamin'gne fandriany noentin-dreo taminAzy. Rehefa naita gne finoany indreo, da hoy Jesosy tamin'e lela mararin'gne
paralysisa hoe: "Anaky, aoka anao hifaly. Efa voavela gne helokao." [3] Gne sasany tamin'gne mpanora-dalagny nagnano
anakampo hoe: "Mizaka ratsy io lela io." [4] Fantatr'i Jesosy gne eritreritrin-dreo da nizaka hoe: "Nagnino anreo gne
mieritreritry ratsy am-ponareo? [5] Fa ia gne moramora kokoa gne mizaka anazy hoe: 'Voavela gne helokinao,' sa gne
mizaka hoe: 'mitsangana ka mandiana? [6] Fa mba ho fantatrinareo fa gne zanak'olo da managny fahefagny hamela heloky
eto ambonin'e tany,...." hoy Izy tamin'e mararin'gne paralysisa hoe: "Mitsangana, batay gne fandrianao, da mandiana an-
dragnonao." [7] Aveo nitsangagny e lela da nandea an-dragnony. [8] Rehefa naita anizany gne fokonolo, da gaga indreo sady
nidera an'Andriamanitry, izay nagnome fahefagny ako izany an'gne olo. [9] Da ra niala avy tao Jesosy, da nahita lela
natsoigny hoe Matio Izy, izay nipetraky tamin'gne lain'e famorian-ketra. Hoy Izy taminazy hoe: "Magnara
Ana."Nitsangagny izy sady nagnaraky Anazy. [10] Da ra nipetraky hihinagny tandragnony Jesosy,igny, mpamory hetra sy olo
mpanota maro tonga sady niara-nihinagny tamin'i Jesosy sy gne mpianatrany. [11] Rehefa naita izany gne fariseo, da nizaka
tamin'gne mpianatrany indreo hoe: "Nagnino gne mpampianatry nareo no miara-mihinagny amin'gne mpamory hetra sy
gne olo mpanota? [12] Rehefa naharegny anizany Jesosy, da hoy Izy hoe: "Gne olo matanjaky ara-batagny da tsy mila
mitsabo, fa gne marary avao. [13] Tokony mandea mianatry anareo gne dikan'e hoe: 'Famondram-po e iriako fa tsy sorogny.'
Fa tonga Iao, tsy hangaiky gne marina hibebaky, fa gne mpanota." [14] Aveo nagnotany andreo mpianatr'i Jaona da nizaka
hoe: "Nagnino iay sy gne fariseo e mifady hanigny matetika, fa gne mpianatrinao nefa tsy mba mifady? [15] Hoy Jesosy
tamin-dreo hoe: "Mety alahelo me anareo havan'gne mpampakatry, ra mbola miaraky amin-dreo gne mpampakatry? Fa
hoavy gne andro hangalagny gne mpampakatry amin-dreo, da amin'izay indreo vo hifady hanigny. [16] Tsymisy olo
manampigny akanjo tonta amin'gne tapa-damba vaovao, fa gne tampigny handrovitra gne lamba, da hisy rota ratsy
lavitry. [17] Tsy misy olo magnisy divay vaovao agnaty siny hoditry tonta. Ra magnano anizany indreo, da ho triatry gne
siny hoditry, ho raraky gne dovay da ho potiky gne siny hoditry. F'izy, magnisy divay vaovao agnaty siny hoditry indreo,
da voampirigny izy roy." [18] Ra mbola nizaka n'io ra io tamin-dreo Jesosy, da igny, nisy mpanampahefagny raiky tonga da
niankohoky taminazy. Nizaka izy hoe: "Maty amin'isika mizaka zao gne zanako viavy, fa tongava da apetray aminazy gne
tagnanao, da velogny izy."
[19] Aveo da nitsangagny Jesosy da nagnaraky anazy, da nagnano ako izany koa gne mpianatrany. [20] ny, nisy viavy efa
nandeha rà nanditran'e roa ambin'ny folo taogny, nagnaraky hafaran'i Jesosy sady nikasiky gne moron'gne akanjony. [21] Fa
hoy tamin'e tegnany hoe: "Ra mahavokasiky gne lambany fotsiny iao, da ho sitragny." [22] Fa nitodiky Jesosy ka naita anazy,
da nizaka hoe: "E zanako viavy, mahereza; gne finoanao gne nahasitragny anao." Da sitragny e viavy nanomboky tamin'io
lera io. [23] Rehefa tonga tame tragnon'gne manam-pahefagny Jesosy, da nahita gne mpitsoky sodina sy gne fokonolo
nitabataba be Izy. [24] Da hoy Izy hoe: "Mandiana fa tsy maty e zazaviavy, fa matory izy."Fa niome Anazy tamin'gne
fagnesoagny indreo. [25] Rehefa navoky atokotany gne fokonolo, da niditry tagnefitry Izy da nandray anazy tamin'e tagnany,
da nitsangagny e zazaviavy. [26] Niely nagneragny gne faritry marobe gne vaovao momba izany. [27] Ary ra niala teo Jesosy ,
da nisy jamba roy lahy nagnaraky Anazy. Tsy nisahatry nangaiky indreo sady nizaka hoe: "Mamindra fo aminay, ry
zanak'i Davida!" [28] Rehefa tonga tan-dragno Jesosy, da nagnotany Anazy gne lela jamba. Hoy Jesosy tamin-dreo hoe: "Mino
me anareo f a mahay magnano anizany Iao?" Da hoy indreo taminazy hoe: "Eka, Tompo." [29] nikasin'i Jesosy gne mason-
dreo da nizaka hoe: "Ho tanteraky aminareo araky gne finoanareo anie izany," [30] da nahiratry gne mason-dreo. Aveo
Jesosy nandidy mafy andreo da nizaka hoe: "Aoka mba tsy hisy olo ahafantatry gne momba izao." [31] Fa nandea gne roy lah
da nampiely gne vaovao momba izany nagneragny gne faritry. [32] Da ra nandea gne roy lah, da igny, nisy lela moagny
nipetran'gne demonia noentigny tamin'i Jesosy. [33] Da navoky gne demonia, da nizaka e lela moagny. Gaga gne fokonolo da
nizaka hoe: "Tsy mbola fahita hatraminizay tamin'Israely izao!" [34] Fa hoy gne fariseo hoe: "Tamin'gne fanpahan'gne
demonia, e namoahany gne demonia." [35] Nandea nitety gne tanàn-dehibe sy gne vohitry maro Jesosy. Hanohy
mpampianatry tany amin'gne synagogan-dreo Izy, nitory gne filazantsaran'e fanjakana, sady nagnasitragny gne

karazan'aretigny maro sy gne karazana fahararina marobe. 36 Rehefa naita gne fokonolo Izy, da nanagny fangoraham-po tami-dreo, satria nisalasala sy kivy indreo. Akogne ondry tsy misy mpiandry indreo. 37 Da hoy izy tamin'gne mpianatrany hoe: "Maro gne vokatry, fa gne mpiasa e vitsy. 38 Noho izany mivavaha malaky amin'gne Tompon'e vokatry, mba andefasany mpiasa amin'e vokatrany."

Chapter 10

1 Nangian'i Jesosy niaraky gne mpianatrany roy ambin'ny folo sady nagnome andreo fahefagny amin'e fagnahy maloto,mba handroahany andreo, sy hagnasitragny gne karazan'aretigny sy karazana faharariagny marobe. 2 Da itoa aby gne agnaran'gne apostoly roy ambiny folo. Gne voaloany, Simona (angizagny avokoa hoe Petera), da Andreo rahalany; Jakoba zanaka lahin'i Zebede, sy Jaona rahalahiny; 3 Filipo, sy Barteleomy; Tomasy, sy Matio gne mpanangogny hetra; Jakoba zanaka lahin'i Alfeosy, da Tadeosy; 4 Simona gne Zelota, da Jodasy Iskariota, gne hamadiky Anazy. 5 Niran'i Jesosy izy roy ambiny folo. Nanoro andreo Izy da nizaka hoe: "Ka mandea amin'gne toeragny izay hitoeran'e Jentilisa anareo, sady ka miditry amin'gne renivohitr'e Samaritana. 6 F'izy mandiana amin'gne ondry very amin'e taranak'Isiraely; 7 ka rehefa mandea anareo, da mitoria sady ambaray hoe: 'Efa akaiky gne fahatongavan'gne Fanjakan'e lagnitry.' 8 Sitragno gne marary, atsangano gne maty, divy gne boka, da roahy gne demonia. Araky gne nahazaonareo maimaimpoagny, da magnomeza avokoa maimaimpoagny. 9 Ka mitondra volamena, volafotsy, na varahigny amin'gne kitapom-bolanareo. 10 Ka tondra kitapom-batsy amin'gne andiananareo, na fitafy hafa, na kiraro, na tehina, fa gne mpiasa da mendriky hahazo gne sakafony. 11 re ino ndre ino tanàn-dehibe na tanàgny kidy hidiranareo, tadiavo gne mendriky ao, da mipetra ao mandra-pialanareo. 12 Ra vo miditry amin'gne tragno anareo, da miarabahagne ao. Ra mendriky gne tragno, da aoky gne fiadananareo ho tonga ao. 13 F'izy ra tsy mendriky izany, da aoky gne fiadananareo hiverigny aminareo. 14 Ho an'gne tsy mandray anareo na tsy miteno gne zakanareo, da ahitsagno gne vovoky amin'gne tongotrinareo, rehefa miaigny amin'izany tragno na tanàn-dehibe izany anareo. 15 Zakaiko marina aminareo, fa ho moramora kokoa gne an'gne tanin'i Sodoma sy Gomora amin'gne andro fitsaragny noho izany tanàn-dehibe izany. 16 dro, handefa anreo ako gne ondry ategnategnan'e ambodia Iao, da hendre ako gne menarana sady tsy manatsigny ako gne voromailala. 17 Mitandrema gne amin'e olo! Hanolotry anareo amin'gne filan-kevitry indreo, da hikapoky anreo amin'gne sinagogan-dreo. 18 Aveo da ho entigny manoloagny gne governora sy gne mpanjaka anareo nohon'e Amina,mba ho vavolombelogny ho andreo sy ho an'gne Jentilisa. 19 Rehefa manolotry anreo indreo, da ka managny ahiahy gne amin'gne akoignaia na ino gne ho zakaindreo, fa omegny anareo amin'io lera io izay tokony ho zakainy. 20 Fa tsy anareo gne hizaka, fa gne Fagnahin'e Abanareo gne hizaka aminareo. 21 Gne rala da hanolotry gne rala ho amin'gne fahafatesagny,da gne ray da gne zanany. Gne zanaky da hitsangagny hanohitry e ray aman-dreniny ka hahatonga gne fahafatesan-dreo. 22 Ho halan'gne olo marobe anareo nohon'gne amin'agnarako. Fa ndre ia ndre ia maharitry hatramin'gne farany, da ho voavonjy izany olo izany. 23 Rehefa magnenjiky anareo amin'io tanàn-dehibe io indreo, da milefa amin'gne magnaraky, fa zakaiko marina aminareo, fa tsy hahatapitry gne tanànan'Israely mialohan'gne hatongavan'e Zanak'olo anareo. 24 Gne mpianatry da tsy zakabe noho gne mpampianatrany, na gne mpanompo ho ambony noho gne tompony. 25 Ampy ho an'gne mpianatry raha tonga akogne mpampianatrany izy, da gne mpanompony ako gne tompony. Ra nangian-dreo hoe Belzeboba gne tompon'gne tragno, da ho ratsy lavitry akoignaia gne agnaragny hangian-dreo gne isam-piankohonagny! 26 Noho izany ka mataotry anazy anareo, fa tsy hisy takogny izay tsy hiseo, sady ra- mifiny izay tsy ho fantatry. 27 Gne zakaiko anareo amin'gne mizigny, da zakay amin'gne andro mazava, da gne vitsikitsiky renareo amin'e sofinareo, da torio ambony tampon-tragno. 28 Ka matahotry an'gne mamono gne vatany kanefa tsy afaky mamono gne fagnahy. F'izy, matahoraan'gne afaky mamotiky gne fagnahy sy gne vatana amin'e helo. 29 Tsy vola madiniky kidy me gne hamarotany fody roy? Fa tsy nisy ndre raiky amin-dreo gne lavo amin'e tany ra tsymisy gne fahalalan'e Rainareo. 30 Fa ndre gne volon-dohanareo aza da voaisa. 31 Ka matahotry. Manan-danja bebe kokoa noho gne fody marobe anareo. 32 Noho izany gne marobe magneky Ana anatrehan'olo, da ho ekeko avokoa anatrehan'e Raiko izay an-dagnitry. 33 F'izy zay mandà Ana agnatrehen'olo, da ho laviko avokoa eo anatrehen'e Raiko izay an-dagnitry. 34 Ka mieritreritry fa iao da tonga hitondra fiadanagny eto an-tany. Tsy tonga mba hitondra fiadanagny Iao, fa sabatry. 35 Fa tonga iao hagnasaraky gne zanaky lela amin'e abany, sy gne zanaky viavy amin'e endriny, da gne vinantovavy amin'e rafozam-baviny. 36 Gne an-tonkatragno avao gne lasa fahavalon'e olo. 37 Gne tia kokoa e ray na reny mihoatry Ana da tsy mendriky Ana; da izay tia kokoa gne zanaky lela na zanaky viavy mihoatry Ana da tsy mendriky Ana. 38 Gne tsy mandray gne hazofijaliany ka magnaraky Ana da tsy mendriky Ana. 39 Izay mamonjy gne ainy da hahavery izany. Fa gne mahavery gne ainy noho gne amina da hahita izany. 40 Izay mandray anareo da mandray Ana, da izay mandray Ana da mandray gne nagniraky ana avokoa. 41 Izay mandray gne mpaminany satria mpaminany izy da hahazo gne valisoan'gne mpaminany, da izay mandray gne olo-marina satria olo-marina izy da hahazo gne valisoan'gne olo-marina. 42 Ndre ia ndre ia magnome gne raiky amin'gne madiniky indrindra, ndre rano mangatseky raiky kaopy ho sotroigny, satria izy mpianatry, da zakaiko marina aminareofa, tsy ho very gne valisoany."

Chapter 11

1 Sady refa avy nampianatry gne mpianatriny roy ambin'folo Jesosy, da nialaa avynteo Izy hampianatry sy hitorynagny amin'e tanagnin-dreo. 2 Sady refanren'i Jaona tagny am-ponjangne momba ireo asan'i Kristy, da nandefa hafatry tamign'alalan'ireo mpianatriny izy 3 da nizaka hoe: "Anao me gne raiky izay ho avy, sa tokony hitadia hafa iay?" 4 Jesosy


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

namaly sady nizaka andreo hoe: "Mandehana sady zakay amin'i Jaona izay hitanareo izy ame renareo." 5 Mahazo
fahitagny ireo jamba, mandeha ireo malemy, diovigny ireo boka, mahare agnaby gn'olo naregny, antsangany velogny e
maty, sady agnambara ireo vaovao mahafaly gne sahiragny. 6 Sambatry izay tsy tafitohigny noho gn'aminà. " 7 Râ nandeha
tegny amin'e lalagny ireo lelà ireo, da nanomboky nizaka gne momban'e Jaona tamin'ireo fonkonolo Jesosy hoe: "Hagnety
ino gne nijotsoanareo agny agn'efitry volotara tsofin'e rivotry? 8 Nefa hagnety ino gne nijotsoanareo - lelà magnano lamba
lafo vidy? Indro, ireo izay magnano lamba lafo vidy da mipetraky ao an-tragnon'ireo mpanjaka. 9 Nefa hagnety ino
nivoahanareo -mpaminagny? Eka, mizaka aminareo Iao, sady mihôtry lavitry noho gne mpaminagny. 10 Izy gne vôsoratry
hoe: 'Taragno, magniraky gne irako hitariky gne tarehinareo Iao, izay hagnomagny gne lalàgninareo megnaloha anareo. '
11 Zakaiko marigny aminareo, fa amin'ireo izay nateraky e viavy da txy misy zakabe mihôtry an'i Jaona mpagnano Batisa.
Nefa gn'olo tsy tena manan-danja amin'e fanjakan'e lagnitry da zakabe noho izy. 12 Nanomboky tamign'andron'i Jaona
mpagnano Batisa da hatram'izao, da miaritry ame herisetra gne fanjakan'e lagnitry, sady ireo olo mahery setra da
mangalaky anazy an-keriny. 13 Fa ireo mpaminagny agnaby izy ame naminagny hatramin'Jaona; 14 sady sitrakareo
gnenagneky izany, daIzy gne Elia gne ho avy. 15 Izay managny sofy ho entigny miteno aoky izy hiteno. 16 Amign'ino e
tokony ampitoviako ity taranaky ity? Izany da akô gne zaza mihira egny ame bazary, izay midobokynsy mifampangahiky
17 da mizaka hoe: Nitsohitry asody ho anareo iay, fa tsy nandihy anareo. Nagnano hira fisaoragny iay, fa tsy nitomagny
anareo.' 18 Fa Jaona da tsy avy hihinagny mofo ndre hindrano gne divay, da hoh indreo hoe: 'Managny deminia y.' 19 Gne
Zanak'Olo da avy hihinagny sy hindrano da hoy indreo hoe: 'Taragno, lelà mola-kanigny sy mpimamo izy, namandreo
mpamory hetra izy ame mpanota! ' Fa gne manakagnà da vômarigny tamign'asany. " 20 Avy eo Jesosy nanomboky nizaka
mafy gne tanàgny izay nanaovagny gn'ankamoagn'asa mahagaga, satria tsy nibebaky indreo. 21 "Loza ho anareo, ry
Korazina! Loza ho anareo, ry Betsaida! Râ nanigny tagny Tyra sy Sidona gn'asa mahagaga izay nanigny teto aminareo, da
efa ela gne nibebaky tamin'e lamba fisaoragny sy lakevo indreo. 22 Nefa ho moramora tokôtry gn'an'e Tyrra sy Sidona
amign'andro fitsaragny mihôtry noho gn'anareo. 23 Anareo, ry Kapernaomy, mihevitry me anareo fa hasandratry agny an-
dagnitry? Tsia, ho hentigny hicigny agny amin'e helo anareo. Satria râtagnh Sodoma gne nanigny gn'asa mahagaga izay
nanigny teto aminareo, da mbola ho tavelz izany mandrak'androany. 24 Nefa mizaka aminareo Iao fa ho mora tokôtry an'e
tanin'i Sodoma gn'andron'e fitsaragny noho gn'aminareo." 25 Tamizany fotoagny izany Jesosy nizaka hos: " Midera Anao
Iao, ry Ray, tompon'e lagnitry izy ame tany, satria Anao gne nagnafiny ireo raha ireo tamin'e manakagnà izy ame
mahalala, sady nagnambara ireo tamin'ireo izay tsy mahalala, akô gne zaza. 26 Eka, ry Ray, satria izany da nahafinaritry
teo amasonao. 27 Gne raha agnaby nankinigny taminà da avy ame Raiko; sady tsy misy mahalala gne Zanaky afa-tsy gne
Ray sady tsy misy mahalala gne Ray afa-tsy gne Zanaky, izy izay fidin'e Zanaky hagnambara Anazy. 28 Mandehana aty
aminà, anareo agnaby izay miasa sy minday mavesatry, da omeko fitsaharagny anareo. 29 Ento gne ziogako sady mianara
aminà, fa malemy fagnahy sy manetry tegna am-po Iao, da nahita fitsaharagny ho an'ireo fagnahianareo anareo. 30 Fa
mora gne ziogako sady mevagny gn'entako. "

Chapter 12

1 Tamin'izany fotoagny izany Jesosy nandeha namakivaky gne tanimbary tamin'gne andro Sabata. Mosaregny gne
mpianatrany ka nanomboky nihila salohim-bary da nihinagny indreo. 2 Nefa nohon'gne hitan'e Fariseo izany, da hoy
indreo tamin'i Jesosy hoe: "Iteo, gne mpianatrinao magnano ra tsy ara-dalàgny gne magnano azy amin'gne Sabata." 3
Jesosy nizaka andreo hoe: "Mbola tsy novakinareo mihitsy me gne ra nanin'i Davida, rehefa mosare izy, sy gne lela
marobe niaraky taminazy? 4 Niditry tamin'gne tragnon'Andriamanitry izy da nihinagny gne mofon'gne fanatrehagny, izay
tsy ara-dalàgny ho anazy ra hanigny sady tsy ara-dalàgny ho andreo izay niaraky taminazy, nefa ara-dalàgny ho an'gne
lohan'e mpisorigny raiky avao. 5 Tsy mbola nivakinareo me gne amin'gne lalàgny, fa amin'e Sabata gne mpisorogny am-
piangonagny da manota gne Sabata nefa tsy manan-tsigny? 6 F'izy zakaiko aminareo fa etoa gne raiky noh'gne
fiangonagny. 7 Ra fantatry nareo gne hevitrin'e hoe: 'Famindram-po gne iriki fa tsy sorogny,' da tsy nagnameloky gne tsy
manan-tsigny anareo. 8 Fa gne Zanak'olo gne Tompon'e Sabata." 9 Aveo Jesosy niala tao da niditry tamin'gne synagoga
indreo. 10 Igny, nisy lelà izay malemy tagna teo. Nagnotany an'i Jesosy gne Fariseo, nagnano hoe: "Ara-dalàgny me gne
magnasitragny amin'e Sabata?" mba hiampangan-dreo Anazy amin'gne fahotagny. 11 Hoy Jesosy tamin-dreo hoe: "Olo ia
aminareo, ia, ra ondry raiky fotsiny gne anagnany, ka ra latsaky agnaty lavaky laligny gne ondry amin'e Sabata, gne tsy
hisambotry anazy sady tsy hampiakatry anazy? 12 Tsy manan-danja mihoatry lavitry, me, gne olo nohon'e ondry! Da noho
izany da ara-dalàgny gne magnano soa amin'e andro Sabata." 13 Aveo hoy Jesosy tamin'e lelà hoe: "Ampahitsio gne
tagnanao." Da nampahitsiny izany, ka niverigny gne fahasalamany, ako gne tagnany ilany. 14 Da nivoky gne Fariseo da
nizaka gne hamono Anazy. Nitady hevitry gne amin'e fomba hamonohagny Anazy indreo. 15 Ra nahalala anizany Jesosy,
da niala teo Izy. Olo maro gne nagnaraky Anazy, da nositragniny izy marobe. 16 Da nandidy andreo Izy mba tsy
hampafantatry Anazy amin'e hafa, 17 mba hahatanteraky, izay efa nambara tamin'e alalan'Isaiah mpaminany, magnano
hoe: 18 "Iteo, gne mpanompoko izay nofidiko; ry malalako, izay tena sitrakin'gne fagnahiko. Hapetrako aminazy gne
fagnahiko, da hagnambara e fitsaràgny amin'gne Jentilisa izy. 19 Tsy hifanditry na hangaiky mafy izy; sady tsy hisy olo
maharegny gne feony an-dalagny. 20 Tsy hanapaky gne volotara torotoro izy; tsy hamono gne lahin-jiro manentogny,
mandra-pagnamboaragny gne rariny ho fandresena, 21 sady amin'e agnarany gne hanagnan-dreo Jentilisa fanantenagny."
22 eo nisy olo jamba sy moagny, nipetran'gne demonia, noentigny tamin'i Jesosy. Nositragniny izy, vokatr'izany da nizaka

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

sy naita gne moagny. [23] Gaga gne fokonolo maro da nizaka hoe: "mety io lelà io me Zanak'i Davida?" [24] F'izy ra naharegny
anizany fahagagagny izany gne Fariseo, da hoy indreo hoe: "Io lelà io da tsy mamoaky demonia ra tsy amin'gne alalan'i
Belzeboba, leben'gne demonia." [25] F'izy fantatr'i Jesosy gne eritreritry ndreo da nizaka andreo izy hoe: "Gne fanjakagny
marobe miady an-dragno da tsy haharitry, da gne tanagny na trano marobe miady an-dragno da ho rava. [26] mamoaky
satana gne satana, da miady an-dragno izy. Akoignaia amizany gne hijoroan'gne fanjakany? [27] Da ra mamoaky gne
demonia amin'gne alalan'e belzeboba Iao, da amin'gne alalan'ia izany gne adroahan'gne zanakareo andreo? Noho izany
antony izany da ho mpitsaranao indreo. [28] F'izy ra mamoaky gne demonia amin'gne alalan'e Fagnahin'Andriamanitry Iao,
da efa tonga aminareo gne Fanjakan'Andriamanitry. [29] Amin'gne fomba akoignaia gne ahafahan'gne olo miditry an-
dragnon'e lelà mahery sady mangala gne fanagnany ra tsy hafatotry an'e lelà mahery? Aveo hangala gne fanagnany an-
dragnony izy. [30] Izay tsy momba Ana da manohitry Ana, da gne tsy mitambatry miaraky Amina da miparitaky. [31] Noho
izany zakaiko aminareo fa, ho voavela heloky gne olo amin'gne fahotagny sy fizaka ratsy marobe, fa gne fizaka ratsy
amin'gne Fagnahy Masina da tsy hahazaoagny famelan-keloky. [32] Ndre ia ndre ia gne mizaka manohitry gne zanak'olo, da
ho voavela izy, Fa ndre ia ndre ia mizaka manohitry gne Fagnahy Masiny, da tsy ho voavela izy, na amin'izao fiainagny
izao, na amin'gne ho avy. [33] Ataovy tsara gne hazo da hamoa tsara izany, na ataovy ratsy gne hazo da hamoa ratsy izany, fa
fantatry amin'gne voany gne hazo. [34] Anareo taranaky gne menarana, satria ratsy fagna anareo, akoignaia gne afahanareo
mizaka ra tsara? Fa avy amin'gne haben'gne am-po gne izakan'e vavany. [35] Gne olo tsara avy amin'gne harena tsara am-
pony da mamokatry izay tsara, da gne olo ratsy avy amin'gne harena ratsy am-pony da mamokatry gne ratsy. [36] Zakaiko
aminareo fa amin'gne andron'e fitsaragny da ho agnotaniagny amin'gne zaka tsy voahevitry aby gn'olo. [37] Fa gne zakanao
gne hagnamarinagny anao, da gne zakanao gne hagnameloagny anao." [38] Aveo nisy mpanora-dalagny sy Fariseo
sasantsasany namaly an'i Jesosy da nizaka hoe: "Ry Mpampianatry, magniry e ahita famataragny avy aminao iay." [39] Da
namaly Jesosy da nizaka andreo hoe: "Misy taranaky ratsy fagnahy sy mpijangajanga mitady famataragny. F'izy tsy misy
famataragny omegny anazy afa-tsy gne famataran'i Jaona mpaminany. [40] Fa ako an'i Jonah telo andro sy telo aligny ta an-
kibon'gne laokandrano zakabe, da ako izany avokoa gne hipetran'gne zanak'olo teloandro sy telo aligny agnatin'e tany. [41]
Gne olon'i Ninive da hitsangagny amin'gne fitsaragny miaraky amin'ity taranaky ity sady hagnameloky anizany. Fa
nibebaky indreo tamin'gne toritenin'i Joanah, da igny, misy olom-be noho Jaonah eto. [42] Gne mpanjakavavin'gne atsimo da
hiara-hitsangagny amin'gne lelan'ity taranaky ity amin'gne andron'e fitsaragny sady hagnameloky izany. Tonga avy
amin'gne faran'e tany izy mba haregny gne fahendren'i Solomona, da igny, misy olom-be noho Solomona eto. [43] hefa nisy
fagnahy ratsy niala tamin'gne lela raiky, da mandalo tany karakaigny izy da mitady fitsaragny, f'izy tsy maita izany. [44]
Izany da mizaka hoe: 'Hiverigny amin'gne tragnoko izay nihaviako iao.' Da ra tonga, da nahita fa voafafa gne tragno da
nilamigny. [45] Aveo da nandeha izany da nitondra fagnahy ratsy fito niaraky taminazy izay ratsy mihoatry anazy, da
niditry nipetraky tao izy marobe. Aveo niha-ratsy nohon'gne voalohny gne fiafaran'izany lelà izany. Da ako izany avokoa
gne amin'ity taranakin'gne ratsy fagnahy ity." [46] Ra mbola nizaka tamin'gne fokonolo Jesosy , da igny, endriny sy gne
ralany nijory ivelany, nitady hiresaka aminazy. [47] Nisy olo raiky nizaka taminazy hoe: "Iteo, e endrinao sy gne ralanao
mijoro ivelany, mitady iresaky aminao." [48] Da namaly Jesosy ka nizaka tamin'gne nizaka Anazy hoe, "Ia e endriko da ia
gne ralako?" [49] Aveo natariny tamin'gne mpianatriny gne tagnany da nizaka hoe: "Iteo, indreto e endriko sy gne ralako! [50]
Fa gne magnano gne sitrapon'e Abako izay an-dagnitry, da izany olo izany gne ralako, sy gne anakaviko, da iendriko."

Chapter 13

[1] Tamizany andro izany Jesosy nandeha nijotso gne tragno sady nipetraky teo amoron'e ranomasigny. [2] Nisy fokon'olo
maro nilagnogny nagnodidigny an'Azy, da nitikigny lakagny Izy sady nipetraky tao amizany, raha nitsangagny teo
amoron-dranomasigny kosa gne fokon'olo agnaby [3] Avy eonJesosy nizaka raha maro tamindreo tame gn'alalan'e
fagnoharagny. Hoy Izy hoe: "Indro, nisy mpamboly raiky nandeha nijotso hamafy voa. [4] Raha igny izy namafy igny, da
nisy voa sasany latsaky tamorondalagny, kaiky da avy gne vorogny da nihinagny an'izany. [5] Gne voa hafa ndraiky da
latsaky tame tany be vato, kantsy nahazo nofo-tany tsara gne voa. Avy da nitsiry gne voa, satria tsy laligny gne tany. [6] Fa
refa niposaky gne masoandro, da maigny izany satria tsy nisy vatriny, sady da nalazo. [7] nilatsaky tame fantsy gne voa
hafa. Nitsiry gne fantsy sady nagnageja andreo. [8] Gne voa hafa nilatsaky tame tany tsara sady namoa voany, gne sasany
avo in-jato teo, gne sasany enim-polo teo, da gne sasany telo-polo. [9] Izay managny tadigny, aoky izy hiteno." [10] Ngnatogny
gne mpianatry sady nizaka an'i Jesosy hoe: "Nagnino Anao miresaky amin'io fokon'olo io ame gn'alalan'e fagnoharagny?"
[11] Namaly Jesosy sady nizaka andreo hoe: "Anareo gne nomegny tombony hahalala gne raha mifin'e fanjakan'e lagnitry, fa
ho andreo da tsy nomegny an'izany. [12] Satria ndre ia ndre ia managny, da ho zakabe fezay gne homegny. Fa ndre ia ndre ia
tsy managny, ndre izay hanagnany aza ho alaigny amin'azy. [13] Izany gn'antony hizakako amindreo ame fagnoharagny:
Ndre da magnety aza indreo, da tsy mahita; sady ndre da miteno aza indreo, da tsy maharegny, na mahazo. [14] Amindreo
gne faminanian'Isaia da tontosa, izay mizaka hoe: 'Refa miteno daaharegny anareo,f'izy tsy hahazo mihitsy; refa magnety
da hahita, f'izy tsy hahatakatry. [15] Fa lasa mafy gne fon'ity fokon'olo ity, sady mafy tadigny indreo, sady napindreo gne
masony, mba tsy hahita ame masondreo, na haharegny ame tadignindreo, na hahazo ame fondreo, da hibebaky indraiky
indreo, sady hagnasitragny andreo Iao.' [16] Fa sambatry gne masonareo, satria mahita; sady gne tadigninareo,satria
maharegny. [17] Zakaiko aminareo marigny fa mpaminany izy ame olo marigny gne nagniry gne hahita gne raha izay
hitanareo, kanefa tsy nahita an'io. Nagniry gne haharegny gne raha izay regninareo indreo, Kanefa tsy naharegny an'io. [18]


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

Ka da mitenoma gne fagnoharagny gn'ame mpamboly raiky izay namafy gne voany. [19] Refa misy maharegny gne zakan'e
fanjakagny kanefa tsy mahazo an'izany, da avy gne ratsy sady magnambotry izay nafafy tao ampony. Io gne voa nafafy
tegny amorondalagny. [20] Gne nafafy tegny ame tany be vato da gn'olo izay maharegny gne zaka ka avy hatrany da
mandray an'azy ampifaliagny, [21] f'izy tsy mbola miletiky ao agnatiny izy sady da maharitry tselatsela avao. Refa avy gne
fahoriagny na gne fagniagnagny nohon'e ame zaka, da malaky tafitohigny izy. [22] Gne nafafy tame fantsy , io da gn'olo izay
naharegny gne zaka, f'izy gne fagnahiagny an'izao tontolo izao izy ame fitakin'e aregny gne magnageja gne zaka, sady da
lasa tsy mamoa izy. [23] Gne nafafy teo ame tany tsara , io gn'olo izay maharegny gne zaka sady mahazo an'izany. Mamoa
isiky izy sady mahatonga gne voa raiky, hagnome avo zato eo mihôtry izay namolegny, gne sasany enim-polo, gne sasany
avo telo-polo.'' [24] Nagnabôky fagnoharagny raiky hafa tamindreo Jesosy. Hoy izy hoe: "Gne fanjakan'e lagnitry da akô gne
lelà raiky izay namafy voa tsara tao ame tanim-boliny. [25] Fa raha natory igny gn'olo da avy gne fahavalony sady namafy
voan-tsimparifary avakoa tao ame vary sady nandeha. [26] Refa nitsiry gne vary sady avy eo namokatry gne voany, da
nipoitry avakoa gne voan-tsiparifary [27] Avy gne mpanompon'e tompo-tany da nizaka tamin'azy hoe: 'Tompoko, tsy namafy
voa tsara tao ame tanimbolinao me anao? ka nagnino izy amizao misy voan-tsiparifary?' [28] Hoy izy tamindreo hoe: 'Nisy
fahavalo nagnano an'izany.' hoy gne mpanompony tamin'azy hoe: 'Ka tianao me gne handehananay magnambotry an'azy
io?' [29] Gne tompo-tany nizaka hoe: 'Tsia. Satria raha magnambotry gne tsiparifary anareo da mety hagnambotry gne
vatrin'e vary miaraky amin'azy. [30] Avelay hiaraky hitsiry izy roy hatrame fihilagny an'azy. Ame fotoagny fihilagny da
hizaka ame mpihila iao hoe: "Alay aloha gne ahi-dratsy da fihezo ho fehy maromaro mba hagnoagny andreo, fa alagnony
ao ame fipetrahan'e vokatriko kosa gne vary."'' [31] Avy eo jesosy nagnabôky fagnoharagny raiky hafa tamindreo. Hoy izy
hoe: "Gne fanjakan'e lagnitry da akô gne voatsinampy izay nalain'e lela raiky sady nafafiny teo ame tanimboliny. [32] Io voa
io tokôtry gne voa kidy indrindra amevoa hafa agnaby. Fa refa nitsiry izany, da zakabe nohon'e kakazo ao ame tanimboly.
Lasa kakazo izany, mba hiavian'e vorogny ame habakabaky sady hagnano gne tragnondreo eo ame tagnany [33] Avy eo
jesosy nizaka fagnoharagny raiky hafa. "Gne fanjakan'e lagnitry da akô gne lalivay izay nalain'e viavy raiky da
nafangarony tame lafariny intelo fagnaranagny mandra-piakatry gne koba agnaby." [34] Fagnoharagny gne nagnambaran'i
Jesosy gne raha agnaby tame fokon'olo; sady tsy nizaka ndre ino ndre ino tamindreo afa-tsy tame fagnoharagny Izy. [35]
Izany da mba hahatanteraky izay nozakaigny tame gn'alalan'e mpaminany, refa nizaka Izy hoe: ''Iao niloa-bava ame
gn'alalan'e fagnoharagny. Hizaka raha izay nafiny hatramizay nagnoregnagny an'izao tontolo izao Iao.'' [36] Avy eo Jesosy
niala gne fokon'olo sady negn'andragno. Negnam'e mpianatriny sady nizaka hoe: ''Azavay aminay gne fagnoharagny
momba gne tsiparifarin'e tanimboly.'' [37] Namaly Jesosy sady nizaka hoe : ''Gne mamafy voa tsara da gne Zanak'olo. [38] Gne
tanimboly da izao tontolo izao; gne voa tsara da gne zanakin'e fanjakagny. Gne tsiparifary da gne zanakin'e ratsy, [39] sady
gne fahavalo izay namafy andreoda gne devoly. Gne fihilagny da gne fiafaran'izao tontolo izao,da gne mpihila da
gn'anjely [40] Noho izany, akô gne andagnonagny izy ame gn'agnoroagny gne tsiparifary ame afo, gn'anigny ame
fiafaran'izao tontolo izao. [41] Hagniraky gn'anjely gne Zanak'olo, sady ho halagnondreo hiala ame fanjakagny gne raha
agnaby izay mahatonga fahotagny, izy ame izay magnano ratsy. [42] Ho atsipin-dreo ao ame laforo zakabe mirehitry afo
indreo, izay hisy gne fitomaniagny izy ame fihidiam-bazagny. [43] Avy eo hamiratry akô gne masoandro ao ame fanjakan'e
Raindreo gn'olo marigny. Izay managny tadigny, aoky izy hiteno. [44] Gne fanjakan'e lagnitry da akô gne haregny izay mifiny
ao ame tanimboly raiky. Nisy lelà nahita an'izany sady nafininy. Nandeha tame hafaliany izy, nivarotry izay nanagnany
agnaby, sady nividy an'io tanimboly io. [45] Sady koa, gne fanjakan'e lagnitry da akô gne lelà izay mpivarotry mitady
vatosoa lafo vidy. [46] Refa nahita vatosoa raiky izay tena lafo vidy izy, da nandeha Ka nivarotry izay nanagnany agnaby ka
nividy an'izany. [47] Sady koa, gne fanjakan'e lagnitry da akô gne harato izay natoraky tagny andranomasigny, sady
nahalagnogny gne karazan'e raha managn'aigny agnaby. [48] Refa feno izany, da nosontomin'e mpagnarato ho eo
amorondranomasigny. Avy eo indreo nipetraky ka nandagno gne raha tsara ho ao ame misany, fa gne raha tsy ilaigny
kosa nariandreo [49] Ho akô izany ame fefaragnan'izao tontolo izao. Ho avy gn'anjely da hagnasaraky gne ratsy fagnahy
ame marigny . [50] Ho atsipindreo ao ame fagnorohagny zakabe mirehitr'afo indreo, izay hisy gne fitomaniagny izy ame
fihidiambazagny. [51] Azonareo avao me izany raha agnaby izany?'' Hoy gne mpianatriny tamin'Azy hoe: ''Eka.'' [52] Avy eo i
Jesosy nizaka tamindreo hoe: ''Noho izany gne mpanora-dalagny agnaby izay lasa mpianatry eo ame fanjakan'e lagnitry
da akô gne lelà tompo-tragno raiky, izay magnajotso gne raha tranaigny izy ame raha vaovao avy ao ame haregnany.'' [53]
Avy eo refa nahavita gne fagnoharagny Jesosy, da niala tamizany tanagny izany Izy. [54] Avy eo Jesosy niditry tao ame
taniny manokagny sady nampianatry gne fokon'olo tao ame synagogandreo. Vokatr'izany da gaga indreo sady nizaka
hoe: ''Lataia gne nazahoan'ity lelà ity gne fahendreny da io fahagagagny io? [55] Tsy io lelà io me gne zanak'e mpandrafitry
igny? Tsy Jakoba , josefa ,simona da jodasy me gne rahalany? [56] Tsy miaraky amitsika me gn'anakaviny agnaby? Lataia
gne nazahoany io raha agnaby io'' [57] Sosotry tamin'Azy indreo. Fa hoy Jesosy tamindreo hoe: '' Tsisy mpaminany tsisy
hajany rahabtsy ao ame fireneny da ao ame fianakaviany avao. '' [58] Tsy da nagnano fahagagagny maro be tao Izy nohon'e
tsy finoandreo.

Chapter 14

[1] Taminizany fotoana izany, Heroda mpanjaka naharegny gne vaovao momba an'i Jesosy. [2] Hoy izy tamin'gne
mpanompony hoe: "I Jaona mpagnano batisa izany; nitsangagny tamin'gne maty izy. Noho izany da miasa amizany ireo
hery ireo." [3] Fa Heroda nisambotry an'i Jaona, namatotry anazy, da nandefa anazy tamin'gne tragno mizigny nohon'i

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

Herodiasy, vadin'i Filipo ralany. [4] Da hoy Jaona taminazy hoe: "Tsy ara-dalagny ho anao gne managny anazy ho vadinao." [5]
Nagniry gne hamono anazy Heroda, f'izy nataotry an'gne fokonolo izy, satria noresin-dreo ako mpaminany izy. [6] Fa rehefa
tonga gne fitsingerenan'andro nahateran'i Heroda, da nandihy tafovoan'gne vahiny nasaigny e zanaka viavin'i Herodiasy
ka nahafinaritry an'i Heroda. [7] Ho setrin'izany, da nampagnategna tamin'gne fiainagny izy e hagnome izay hangatahiny
ndre ino ndre ino. [8] Rehefa avy nambaran'i endriny hevitry, da hoy izy hoe: " Omeo ana etoa, ambonin'gne lasety, gne
lohan'i Jaona mpagnano batisa." [9] Nalahelo mafy nohon'gne fangatahany e mpanjaka, f'izy nohon'gne voadiny sy noho
gne maro nisakafo niaraky taminazy, da nagnome beko izy fa tokony ho vita izany. [10] Nagniraky da nanapaky gne lohan'i
Jaona ta an-tranomaizigny izy. [11] Aveo noentiny tamin'gne lasety e lohany da nomeny e zazaviavy da nentiny tamin'e
reniny izany. [12] Aveo da tonga gne mpianatriny, nangala gne faty, da nandevigny izany. Tafaran'izany, da nandefa andreo
nizaka tamin'i Jesosy. [13] Da ra naregny anizany Jesosy, da niala avy tagnaty laka raiky izy handea amin'e toeragny
mitokagny raiky. Ra naregny anizany gne fokonolo, da nagnaraky Anazy an-tongotry avy tamin'gne tanagny zakabe. [14]
Aveo Jesosy nagnatogny aloan-dreo da nahita fokonolo marobe. Nalahelo andreo Izy da nagnasitragny gne aretin-dreo. [15]
Ra tonga gne hariva, da nagnatogny aminazy gne mpianatry da nizaka hoe: "Ity da toeragny foagny, sady efa tapitry gne
andro. Alefaso gne fokonolo, mba hahafan-dreo mandea amin'gne tanagny sady hividy sakafo ho an-dreo." [16] Jesosy
nizaka andreo hoe: "Tsy mila mandea lavitry indreo. Omenareo ra hoanigny indreo." [17] Hoy indreo taminazy hoe: "Mofo
dimy sy laoky andrano roy gne hanagnanay atoa." [18] Hoy Jesosy hoe: "Indeso amina aty izany." [19] Aveo Jesosy nibeko gne
fokonolo mba hipetraky amin'e bozaky. Nalainy gne mofo dimy sy laoky andrano roy. Niandrandra ta an-dagnitry, da
nisaotry Izy da nanapaky gne mofo da nagnome gne mpianatry, da gne mpianatry nagnome izany gne fokonolo. [20]
Nihinagny aby izy marobe da voky. Aveo da nongonin-dreo gne sisan'e potitsakafo da nahafeno roambinifolo harogny. [21]
Tamin'gne dimy arivo là teo gne nihinagny, ankoatran'gne zaza amam-behivavy. [22] Avy da nampandehaniny tagnatin'e
sambokidy da handeha hialoha Anazy handea esaky agnilany indreo mpianatriny, igny Izy mbola nandefa gne vahoaky. [23]
Tafaran'e nandefasan-dreo fokonolo, da nandeha niakatry t'antendrombohitry raiky Izy mba hivavaky. Rehefa avy gne
hariva, da Izy raiky e teo. [24] Gne sambo da efa dila lavitry gne tanety, natopatopany gn'onja, satri nitsoky nanohitry
andreo gne rivotry. [25] Tamin'e fiambenagny fahefatry gne aligny da nagnantogny andreo Jesosy, nandea t'ambonin'gne
ranomasigny. [26] Ra nahita Anazy nandea tambony ranomasigny gne mpianatry, da raikitry tahotry da nizaka hoe:
"Angatry io" da nikiakiaky tamin-tahotry indre. [27] Fa Jesosy tonga da nizaka tamin-dreo hoe: "Mahereza! Iao itoa! Ka
mataotry." [28] Namaly Anazy Petera da nagnano hoe: "Tompo, ra Anao io, da ampagnatogny Anao ambonin'gne rano egny
iao." [29] Hoy Jesosy hoe: "Magnatogna" da niala avy tagnaty lakagny Petera da nandea tambony rano mba hagnatogny ani'i
Jesosy. [30] Fa ra nahita gne rivotry Petera, da lasa nataotry. Ra igny izy nanomboky nilentiky igny, da nikiaky mafyizy sady
nizaka hoe: "Tompo, vonjeo iao!. [31] Tonga da nagnapatry gne tagnany Jesosy, nitazogny an'i Petera, da nizaka taminazy
hoe: "Anao kidy finoagny, nagnino anao gne nisalasala?" [32] Aveo Jesosy sy Petera nandeha namonjy gne laka, nijanogny
nifofofo gne rivotry. [33] Aveo gne mpianatry tagnaty laka nidera an'i Jesosy da nizaka hoe: "Anao marina gne
Zanak'Andriamanitry." [34] Rehefa avy niampita indre, da tonga ta an-tanety ta Genesareta. [35] Ra nahafantatry an'i Jesosy
gne lelatao amin'izany toeragnyzany, da nandefa hafatry tamin'gne faritry magnodidigny marobe, da nentin-dreo
tAminazy gne olo narary marobe. [36] Nanambitamby Taminazy indreo mba hahafan-dreo makasiky gne moron'akanjony
fotsiny aza, da maro gne nikasiky anizany da sitragny.

Chapter 15

[1] Aveo nisy Fariseo sy mpanora-dalagnysasatsasany avy agny Jerosalema nagnotany an'i Jesosy. Hoy indreo hoe: [2]
"Nagnino gne mpianatrao gne mandika gne fomban-drazan'e zoky olo? Fa tsy manasa gne tagnany indreoalihan'e
hinagny." [3] Namaly Izy da nizaka tamin-dreo hoe: "Ka nagnino anareo gne mandika gne lalàn'Andriamanitry nohon'e
fomban-drazanareo? [4] Fa Andriamanitry nizaka hoe: 'Hajay gne abanao izy amin'endrinao; da 'Izay mizaka ratsy gne
abany na gne endriny, da ho faty tokotry.' [5] Fa anareo mizaka hoe:' Na ia na ia mizaka amin'i abany na i endriny hoe:
"Ndre ino ndre ino fagnampiagny izay azonareo avy amina da fagnomezagny ho an'Andriamanitry aminizao,'" [6] izany olo
izany da tsy mila magnaja gne abany. Amin'izany fomba izany da nifoagnanareo gne zan'Andriamanitry nohon'e
tombontsoan'gne fomban-drazanareo. [7] Ry mpiahatsaravelatsy! Marina gne faminanian'Isaia momba anareo raha nizaka
izy hoe: [8] 'Ity fokonolo ity da magnaja ana amin'e molotrin-dreo, fa gne fon-dreo da lavitry ana. [9] Tsy misy dikany gne
fideragny ana, satria indreo mampianatry gne didin'olombelo ako gne fampianaran-dreo.'" [10] Aveo nangaiky gne fokonolo
ho eo amin'Azy Izy da nizaka tamindreo hoe: "Mitenoma da mahazoa- [11] Tsy gne miditry ao ambavan'gne olo e mandoto
gne olo. F'izy, izay ajotson'gne vava, gne mandoto gn'olo." [12] Aveo nagnatogny gne mpianatry da nizaka tamin'i Jesosy hoe:
"Fantatrao me fa tafitoignygne Fariseo naharegny izany zaka izany? [13] Jesosy namaly da nizaka hoe: "Gne zava-maniry
izay tsy nambolen'i Abako an-dagnitry da ho fongorigny agnaby. [14] Apetray indreo ho eo, indreo da mpitariky jamba. Raha
misy jamba raiky mitariky jamba raiky hafa, da samby latsaky andavaky izy roy." [15] Petera namaly da nizaka tamin'i
Jesosy hoe: "Azavay aminay izany fanoharagny izany." [16] Hoy Jesosy hoe: Tsy managny fahalalagny avakoa me anareo?" [17]
Tsy hitanareo me fa izay miditry amin'e vava da miditry ame troky da aveo da hajotso ame kabone? [18] Fa gne ra
hajotson'e vava da avy ame fo. Io ra io gne mandoto gne olo raiky. [19] Fa avy ame fo gne hivohan'gne saigny ratsy, gne vono
olo, gne fijangajangagny, gne fangalagny vadinolo, gne halatry, gne fijoroagny vavolombelogny tsy marina, da gne
fizakagny ratsy. [20] ireo ra gne mandoto gne olo raiky. Fa gne mihinagny amin'gne tagna tsy misasa da tsy mandoto gne olo

raiky." [21] Aveo Jesosy niala teo da nipody tamin'gne faritanin'i Tyro sy Sidona. [22] Inty, nisy viavy Kananita raiky avy
amin'izany faritry izany. Nangaiky mafy izy da nizaka hoe: "Mamindra fo amina, ro Tompo, Zanak'i Davida! Gne zanako
viavy da sahiragnin'e demonia mafy." [23] Fa Jesosy tsy namaly zaka anazy. Nagnotany gne mpianatriny da nangataky
taminazy, nagnano hoe: "Roahy izy, fa maresaky amintsika." [24] Fa Jesosy namaly da nizaka hoe: "Tsy nirahigny ho an'ia na
ia Iao afa tsy ho an'gne ondry very ame tokatragnon'Israely." [25] Fa avy nangataky sy niondriky tagnatrehany izy, nagnano
hoe: "Tompo, vonjeo iao." [26] Namaly Izy da nagnao hoe: " Tsy rariny raha alaigny gne mofon-jaza da atsipy ho an'e
amboa." [27] Fa hoy izy hoe: "Eka, Tompo, fa ndre da gn'amboa aza mba mihinagny gne potipotiky latsaky avy ame latabatry
e tompony." [28] Da namaly Jesosy da nizaka taminazy hoe: "Raviavy, zakabe gne finoanao; ho tanteraky aminao anie izany
arak'gne iriananao." Da sitragny gne zanany viavy tamizany lera izany. [29] Niala teo Jesosy da nandea akekin'e
ranomasin'ny Galilia. Aveo da niakatry tegny an-tendrombohitry raiky Izy da nipetraky teo. [30] Fokonolo marobe gne
nagnatogny Anazy. Noentin-dreo niaraky tamin-dreo gne mandringagny, da gne marary maro hafa avakoa. Napetrakin-
dreo an-tongotrin'i Jesosy indreo; da nositragniny. [31] Ka da variagny gne fokonolo raha nahita gne moagny nizaka, gne
kilemaigny sitragny, gne malemy hafaky mandea, da gne jamba mahiratry. Nankalaza gne Andriamanitr'Israely indreo. [32]
Nangaiky gne mpianatriny mba hagnatogny Anazy Jesosy da nizaka hoe: "Maforaigny gne fokonolo Iao, satria efa telo
andro sahady indreo gne nipetraky niaraky tamina nefa tsy managny hoanigny. Tsy te andefa andreo tsy mihinagny Iao,
sao da ho toragny an-dalagny agny." [33] Hoy gne mpianatry Taminazy hoe: "Aia gne hahitagny mofo sahaza sy ampy gne
fokonolo maro be toa ame tany fogny?" [34] Hoy Jesosy tamindreo hoe: "Mofo firy gne aminareo?" Da hoy indreo hoe: "Fito,
sy laokan-drano amdiniky vitsy." [35] Aveo Jesosy nandidy gne fokonolo mba hipetraky ame tany. [36] Nangala gne mofo fito
izy ame laokan-drano Izy, da rehefa nisaotry, da namaky gne mofo da nanolotry ho an'gne mpianatry. Gne mpianatry
nagnome ho an'e fokonolo. [37] Nihinagny da afa-po gne fokonolo marobe. Aveo indreo nanagno sobika fito feno sisasisa
gne tsy lany. [38] Ireo zay nihinagny da efatra arivo là, tsy agnatiny gne zaza izy ame viavy. [39] Aveo Jesosy nagnapody gne
fokonolo da niondragny an-dakagny sady nandea min'gne faritr'i Magadana.

Chapter 16

[1] Tonga gne Fariseo sy Sadiseo da nitsapa Anazy da nagnaraky Anazy mba hagnaboaky anazy gne famataragny avy an-
dagnitry. [2] Fa Izy namaly sady nizaka hoe: "Rehefa hariva, da hoy anareo hoe: 'Ho tsara gne andro,fa Mena gne lagnitry.' [3]
Rehefa mandraigny, da hoy anareo hoe: 'Ho ratsy gne andro, fa mena sy manjombogny gne lagnitry.' Hainareo gne
mamantatry gne endrikin' e lagnitry, fa anareo tsy afaky mandika gne famantaragny e fotoagny. [4] Gne taranaky ratsy sy
mpijangajanga da mitady famantaragny, fa tsy hisy famantaragny homegny anazy ankotry gne famantaran'i Jona. " Aveo
Jesosy niala andreo da lasa. [5] Rehefa tonga tagnilany gne mpianatry da adignin-dreo e nitondra mofo. [6] Hoy Jesosy tamin-
dreo hoe: "Miambena da mitandrema amin'gne masirasiran'gne Fariseo sy Sadiseo." [7] Niady hevitry gne mpianatry da
nizaka hoe: "Noho isika tsy nitondra mofo izany.' [8] Jesosy nahafantatry anizany da nizaka hoe: "Anareo kidy finoagny,
nagnino anareo gne miady hevitry aminareo da mizaka fa nohon'gne tsy nitondranareo mofo izany? [9] Mbola tsy
fantatrinareo na tadidinareo me gne mofo dimy ho an'gne dimy arivo, da sobika gne nangoninareo? [10] Na gne mofo fito
ho an'gne efatr'arivo, da sobika firy gne nalainareo? [11] Akoignaia gne tsy ahazaoanareo fa tsy momba gne mofo gne
nizakaiko anareo? Miambena sady mitandrema amin'gne masirasiran'e Fariseo sy Sadiseo." [12] Aveo azon-dreo fa tsy
hitandrigny amin'gne masirasiran'e mofo gne nizakaigny andreo, fa hitandrigny gne amin'e fampianaran'gne Friseo sy
Sadiseo. [13] Da rehefa tonga tamin'gne faritry akekin'gne Kaisaria-filipo Jesosy, da nagnotany gne mpianatriny Izy,
magnano hoe: "Anin'olo ia me gne Zanak'olo?" [14] Hoy indre hoe: "Gne sasany mizaka fa Jaona mpagnano batisa; e sasany,
Elia; gne hafa, Jeremia, na gne raiky amin'gne mpaminany." [15] Hoy Izy tamin-dreo hoe: "Anareo magnano Ana ho ia?" [16]
Namaly, Simona Petera nagnano hoe: "Anao gne Kristy, Zanak'e Andriamanitry velogny." [17] Namaly Jesosy da nagnano
hoe: "Sambatry anao, Simona Bar-Jaona, fa tsy gne nofo sy rà gne naharegny izany taminao, fa gne Raiko izay an-dagnitry.
[18] Zakaiko aminao avakoa fa anao e Petera, da ambonin'ity vatolampy ity gne hagnorenako gne fiangonagny. Gne
vavahadin'gne kobory da tsy haharesy izany. [19] Homeko anareo gne fanalahidin'gne fanjakan'e lagnitry. Ndre ino ndre ino
fehezinareo ambonin'gne tany aty da ho fehezigny an-dagnitry agny, da ndre ino ndre ino vahanareo an-tany aty da ho
vahagny an-dagnitry agny." [20] Aveo Jesosy nandidy gne mpianatry fa indreo da tsy tokony hizaka na amin'ia na ia fa Izy e
Kristy. [21] Tamin'izany fotoagny izany Jesosy nanomboky nizaka gne mpianatriny fa tsy maintsy ho a Jerosalema Izy,
hizaka fijaliagny maro an-tanan'gne olombe sy gne lohan'e mpisorogny da gne mpanora-dalàgny, ho vonoigny, sy
hatsangagny indraiky amin'e andro fahatelo. [22] Aveo Petera nangala Anazy da nizaka mafy Anazy, magnano hoe: "Ho
lavitry anao izany, ry Tompo; tsy hitranga aminao mihitsy anie izany." [23] Fa Jesosy nitodiky da nizaka tamin'i Petera hoe:
"Mialà any ivohoko, ry Satana! Anao da fanafitohinagny ho Ana, noho anao tsy miraharaha gne zavatr'Andriamanitry, fa
gne zavatr'gne olo." [24] Aveo Jesosy nizaka tamin'gne mpianatriny hoe: "Ra misy ta-hagnaraky Ana, da tsy maintsy mandà
gne tegnany izy, hitondra gne hazofijaliagny, sady magnaraky Ana. [25] Fa ndre ia ndre ia ta-hamonjy gne ainy da hahavery
anazy, da ndre ia ndre ia gne hahavery gne ainy nohon'e amina, da hahazo anizany. [26] Fa ino me gne soa ho azon'e olo
raha mahazo izao tontolo izao f'izy very gne ainy? Ino gn'omen'olo ho takalon'e ainy? [27] Fa gne Zanak'olo da ho avy
amin'gne voninahitry e Rainy miaraky amin'gne anjeliny. Aveo Izy hamaly soa gne olo kiraikiraiky araky gne vitany. [28]
Zakaiko marina aminareo, fa misy sasany aminareo izay mijoro etoa gne tsy hitsapa gne fahafatesany mandrapahitan-
dreo gne Zanak'olo tonga amin'gne fanjakany."

## Chapter 17

1 Enin'andro taty afara da nangala an'i Petera, Jakoba, da Jaona ralàny niaraky taminazy, sady ninday andreo niakatry
gne tendromboitry ambony tame tegnany indreo. 2 Niova endriky tamasondreo Izy. Namiratry ako masoandro gne
laharany, da gne fitafiany lasa namiratry ako hazavagny. 3 Indro, niboky tamin-dreo i Mosesy sy Elia nikoragny taminazy.
4 Namaly Petera da nizaka tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, tsara amitsika gn'etoa. Raha sitrakinao, da hambotry fialofagny
telo ho antsika etoa iao- gne raiky ho anao, raiky ho an'i Mosesy, da gne raiky ho an'i Elia." 5 Igny izy mbola nizaka igny, da
nisy rahogny mazava nanafotry andreo, da avy teo danisy feo nivoaky avy tame rahogy, nagnano hoe: "Ity gne zanako
malalako, sady sitrakotokotry. Tenomy Izy." 6 Rehefa regnindreo mpianatry izany, da lavo indreo sady nataotry mafy. 7 Avy
teo da tonga Jesosy da nikasiky andreo da nizaka hoe: "Mitsangana da ka malia." 8 Avy teo da nagnety ambony indreo fa
tsy nahita ndre ia dre ia afa tsy Jesosy raiky avao. 9 Raha nidigny e tendromboitry indreo, da nandidy andreo i Jesosy,
nagnano hoe: "Ka mitatitry an'izao fahitagny izao ndre amin'ia ndre amin'ia mandra-pitsangan'e Zanak'olo ame maty." 10
Nagnotany Anazy gne mpianatry, nagnano hoe: "Nagnino me indreo mpanora-dalàgny gne mizaka fa Elia da tsy maintsy
hotonga aloha? 11 Jesosy namaly da nizaka hoe: "Elia da ho avy tokotry da hamerigny ame laoniny gne raha aby. 12 F'izy
zakaiko aminareo, fa efa avy Elia, fa indeo tsy nahafantatry anazy. Mifanohitry amin'izany, nagnano gne raha aby izay
tiany nanigny taminazy indreo. Da ako izany avakoa, gne Zanak'olo avakoa da hijaly ankatrefan-dreo. 13 Avy teo da azon-
dreompianatry fa nizaka tamin-dreo gne momba an'i Jaona mpambotry Batisa Izy. 14 Rehefa tonga tame fokonolo indreo,
da nisy lela raiky nagnatogny Anazy, nandohaliky teoanloany, sady nizaka hoe: 15 "Tompo, managna famindram-po amin'e
zanako là, fa voan'e androbe izy sady mijaly mafy. Fa matetiky lavo agnaty afo na rano izy. 16 Ninday anazy tamin-dreo
mpianatrinao iao, fa tsy afaky nagnasitragny anazy indreo." 17 Namaly Jesosy sady nizaka hoe: "Ry taranaky tsympino
sady vilavila toetry, mandra-pahoviagne tokony hipetrahako miaraky aminareo? Mandra-pahovia gne tsy maintsy
taretako miaraky aminareo? Indeso amina eto izy." 18 Nizaka mafy gne demonia Jesosy, da nijotso taminazy izany sady da
sitragny tamin'izany lera izany gne zazala. 19 Da nagnotany an'i Jesosy mangingigny indreo mpianatry sady nagnano hoe:
"Magnino ra tsy nahavita namoaky an'igny iay? 20 Jesosy nizaka andreo hoe: "Noho gne finoanareo kidy. Fa zakaiko
marina aminareo, raha managny finoagny ndre da kidy ako gne voatsinampy aza anareo, da afaky mizaka amin'ity
temdrombohitry ity anareo hoe: 'Mifindra avy etoa ho etsy; da hifindra izany da tsy hisy ndre ino ndre ino tsy ho ainareo
atao. 21 [Fagnamarihagny: Gne dikany e zaka taloha tsara tokotry da tsy ahitagny gne hoe v.21. "Fa ity karazan'e demonia
ity da tsy minoaky raha tsy miaraky amin'e vavaky da fifadian-kanigny."] 22 Raha nitoetry ta Galilia indreo, da hoy Jesosy
tamindreo mpianatriny hoe: "Gne zanak'olo da hatolotry ankatrefan'olo, 23 da hovonoindreo, da ame andro faha telo da
nitsangagny Izy." Lasa nalahelo tokotry indreo mpianatry. 24 Rehefa avy ta Kaperinaomy indreo, da nandea tamin'i Petera
indreo lelà nanangogny gnehetra atsasakin'e sekely sady nizaka hoe: "Tsy mandoa gne hetra atsasaky gne sekely me gne
mpampianatrinareo?" 25 Hoy izy hoe: "Eka." Fa rehefaniditry tan-dragno Petera , da Jesosy eky e nikoragny taminazy da
nagnano hoe: "Ino gn'eritreritrao, Simona? Indreo mpanjaka etoa ambonin'e tany, avy amin'ia gne andresan-dreo hetra
na hetran'olo? Avy amin'e fokonolo me sa avy amin-dreo vahiny?" 26 Rehefa nizaka Petera hoe: "Avy amin-dreo vahiny," da
hoy Jesosy taminazy hoe: "Da afaky ame fandohavagny anizany gne fokonolo. 27 Fa mba tsy hampanontantsika gne
mpamory hetra, da mandehana ame ranimasigny, manorà fitagny ao, da alay gne laoky andarno izay miakatry
voalohany. Rehefa voasokatry gne vavany, da hahita sekely anao. Alay izany da omeo andreo mpamory hetry ho Ana da
ho anao."

## Chapter 18

1 Tamiany fotoagny izany avao da av tamin'i Jesosy ireo mpianany sady nizaka hoe: "Ia e tena zakabe agny amin'e
fanjakan'e lagnitry?" 2 Jesosy nangaiky zaza ho eo aminazy, nagnapetraky anazy teo amindreo, 3 sady nizaka hoe:
"Zakaiko marigny aminareo, fa raha tsy miova akô gne zaza anareo, da tsy hisy hevitry gne hidiranareo agny amin'e
fanjakagn'e lagnitry. 4 Noho izany, ndre ia ndre ia manetry tegna akô gne zaza da tena zakabe izy agny amin'e fanjakan'e
lanitry. 5 Ndre ia ndre ia mandray gne zaza da akô iao amign'agnarako da manadray anà. 6 Fa dre ia ndre ia mahavy gne
raiky amin'ireto zaza ireto mino anà hanota, da tsara tokotry ho anazy gne hiantonan'e ikosoham-bary zakabe amin'e
vozony, da hahitsiky agny amin'e ranomasigny laligny izy. 7 Loza ho an'izao tontolo izao nohon'e fotoagny
fanafitohinagny! Fa ilaigny gne ahatongavan'izany fotoagny izany, nefa loza hoan'e olo niavian'izany fotoagny izany! 8 Rà
miteraky fanafitohigny ho anao gne tagnanao, tapahy izany sady alay eo aminao. Tsara tokotry ho anao gne miditry
kilemaigny na mandringa agny amin'e fiainagny mandrakizay noho gne ho very agny amin'e afo tsy mety maty amin'e
fanangagny tagnà roy na tongotry roy 9 Ra miteraky fanafitohinagny ho e masonao raiky, hongoty izany sady alay
eoaminao. Tsara tokotry ho anao gne miditry agny amin'e fiainagny mandrakizay miaraky amin'e maso ila noho gne ho
very agny amin'e afo tsy mety maty miaraky amin'e maso roy. 10 Tandremo tsy hagnano tsinotsinogny gne zaza madiniky
anareo. Fa magnambara aminareo Iao fa agny an-dagnitry ireo anjeliny da magnty avao gn'endriky Raiko izay agny an-
dagnitry. 11 [Fagnamarihagny: Gne dika-teny taloha tena tsara da tsy ahitagny gne fehezateny izay miboaky akô gne V. 11.
hoe: "Fa gne Zanak'olo da avy mba hamonjy zay very."] 12 Ino gn'eritreritrareo? Ra misy managny ondry zato, da nandeha
ame lalagny diso e raiky amindreo, da tsy hamela gne sivy amby svifolo eo ame havoana me izy da andeha itadia e raiky
nandeha amin'e lalan-diso? 13 Ra hitany izany, da zakaiko marigny aminareo, fa mifaly amizany mihotry noho ireo sivy

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

amby sivifolo izay tsy nandeha amin'e lalan-diso izy. [14] Da akô iazany avakoa, tsy sitraky gne Rainareo agny an-dagnitry
gne hahavery e raiky amin'ireo madiniky ireo. [15] Raha manota aminao gne rahalahinao, mandehana sady ambaray anazy
gne hadisoany, aminao sy izy raika avao. Raha miteno anao izy, da hifankahazo amin'e rahalahinao indraiky anao. [16]
Kanefa tsy miteno anao izy, da mangalà raiky na roy hafa miaraky aminao, amizany da amin'e vavan'ireo
vavolombelogny roy na telo gne ahafahagny magnamarigny gne zaka agnaby. [17] Sady ra tsy magneky gne hiteno andreo
izy, da ambaray amin'e fiangonagny gne zavatry mitranga. Ra ts magneky hiteno gne fiangonagny avakoa izy, da avelay
izy ho akô gne Jentilisa sy gne mpamory hetry. [18] Zaaiko marigny aminareo, na ino na ino avelanareo eto an-tany da ho
voavela agny an-dagnitry. [19] Da mbola ambarako aminareo indraiky hoe: "Raha misy roy aminareo mifagneky eto an-tany
gn'amizay agnaby angatahan-dreo, da ho anigny ho andreo izany amign'alalan'e Raiko izay agny an-dagnitry. [20] Fa ndre
aia misy roy ma telo miara-mivory amign'Agnarako, da eo antegnategnan-dreo Iao. " [21] Avy eo nagnantogny Petera sady
nizaka tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, impiry hanota aminà gne rahalahiko da hamela anazy iao? Hatramin'e im-pito me?" [22]
Jesosy nizaka anazy hoe: " Tsy mizaka aminao Iao ho im-pito, fa hatramin'e fitopolo im-pito. [23] Noho izany gne fanjakagn'e
lagnitry a mitovy amin'e mpanjaka raiky ta hifandamigny ar-bola miaraky amin'ireo mpanompony. [24] Raha vao
manomboky gne fandaminagny izy, da nisy mpanompo raiky nentiny taminazy nanagny talenta ray aligny. [25] Nefa tsy
nanagny fomba handovagny izany izy, da nandidy gne hamarotagny anazy e tompony miaraky amin'e vadiny sy ireo
zanagny sady izay hanagnany agnaby, da ho vita gne fandoava-trosa. [26] Noho izany, da niondriky e mpanompo, sady
niankohoky teo alohany, sady nizaka hoe: "Tompo, managna faharetagny aminà, da haloako aminao gne raha agnaby". [27]
Noho izany gne tompon'izany mpanompo izany, da nalahelo, da nagnafaky anazysady namela gne trosa taminazy. [28] Fa
nijitso io mpanompo io da nahita gne raiky tamin'ireo mpiara-manompo aminazy, izay nanagnany denaria zato.
Nosamboriny izy, nalainy tamin'e vonjigny, sady nizaka hoe: "Aloavy aminà izay notrosainao." [29] Nefa niondriky io
mpiara-manompo aminazy io sady nifaona taminazy, nagnano hoe: "Managna faharetagny aminà, da haloako aminao
indraiky [30] Kanefa tsy nagneky e mpanopo voalohany. Mifanohitry amizay, nandeha izy sady naniny tagny am-pigadragny
e mpiara-manompo aminazy mandram-pandoany aminazy gne trosa. [31] Refa nahita izay niboaky ireo mpiaa-manompo
aminaz, da nalahelo tokotry indreo. Nandeha sady nizaka tamin'e tompony rehetra niboaky indreo. [32] Avy eo nangaiky
anazy gne tompon'io mpanompo io, sady nizaka hoe: "Anao ry mpanompo ratsy fagnahy, nagnavela gne trosa rehetra
taminao iao satria anao da nifona taminà. [33] Tsy tokony hanagny famindram-po amin'e mpiara-manompo taminao? [34]
Vignitry e tompony sady ninday anazy tagny amin'ireo mpampijaly andrmpandohany izay rehetra notrosaigny. [35] Da akô
izany avakoa gne ho an'e Raiko agny an-dagnitry aminareo, raha tsy mamela gne rahalahigny amin'e fony e
tsikiraikiraiky aby aminareo. "

Chapter 19

[1] Sady refa nahavita ireo zaka ireo Jesosy, niala tagny Galilia Izy, sady nandeha amin'e faritr'i Jodia izay tagny eregnilan'e
reniranon'e Jordana. [2] Fonkonolo maro gne nagnarsky Anazy, da magnasitragny andreo tagny Izy. [3] Nagnantogny Anazy
gne Fariseo, nitsapa Anazy, nizaka taminazy hoe: "Ara-dalàgny ho an'e lelà me gne misaraky ame vadiny noho izay mety
ho antony agnaby?" [4] Jesosy namaly sady nizaka hoe: " Tsy novakinareo me fa Izy izay nagnano andreo tamin'e vôlohany
da tsy nagnano andreo ho lahy na vavy? [5] Izy Izay nagnano andreo da nizaka avakoa hoe: ' Fa noho izany antony izany da
hiala gne rainy sy reniny gne lelà da hikambagny ame vadiny, sady ho lasa nofitry raiky izy roy?' Da tsy ho roy koa
indreo, fa ho nofotry raiky. [6] Da izay natambatr'Andriamanitry, aoky tsy hisy hagnasaraky." [7] Hoy indreo taminazy hoe:
"Nagnino i Mosesy gne mandidy anay hagnome taratasy fagnamarnam-pisarahagny sady avy eo hampody anazy?" [8] Hoy
Izy tamindreo hoe: " Fa gne hamafisam-ponareo gne namelan'i Mosesy anareo hisaraky ame vzdinareo, fa tamin'e
vôlohany da tsy izany gne fomba. [9] Zakaiko anareo, ndre ia ndre ia misaraky ame vadiny, afa-tsy nohon'e fijangajangagny,
da manambady hafa, da magnitsakitsa-bady; sady gne lelà manambady viavy izay efa nisara-bady danmijangajanga." [10]
Ireo mpianatry nizaka tamin'i Jesosy hoe: "Râ izany toetran'e lelà ame vadiny, da tsy tsara gne manambady." [11] Fa Jesosy
nizaka tamin'ireo hoe: "Tsy gn'olo agnaby gn'afaky magneky izany fampiaragny izany, fa ireo izay navela hagneky izay
avao. [12] Fa misy ireo ioniko izay efa akô izany nanomboky an-kibon-drenin-dreo, sady misy ireo ionoko izah magano
gn'aindreo ho ionoko nohon'e fanjakan'e lagnitry. Izy izay afaky mandray izany fampiaragny izany, aoky izy handrzy
izany." [13] Avy eo nisy zaza madiniky sanasanany nindesigny taminazy mba hametrahagny tagnà amindreo da hivavaky, fa
nizaka mafy andreo gne mpianatry. [14] Fa hoy Jesosy hoe: "Avelay gne zaza madiniky, sady ka raragny indreo hagnantogny
Anà, satria gne fanjakan'e lagnitry da an'e akô andreo." [15] Napetrakiny tamindreo zaza gne tegnany, sady avy eo niala teo
Izy. [16] Indro, nisy lelà nagnantogny an'i Jesosy sady nizaka hoe: "Mpampianatry, Ino gne zavatry tsara tsy maintsy aniko
mba hahazoako gne fiainagny mandrakizay?" [17] Jesosy nizaka taminazy hoe: " Nagnino anao magnontany izay tsara
aminà? Raiky avao gne tsara, fa râ ta-hiditry agny ame fiainagny anao, da tandremo ireo didy." [18] Hoy gne lelà taminazy
hoe: "Didy ino?" Da hoy Jesosy hoe: "Ka mamano olo, a mijangajanga, ka mangalatry, ka jety vavolombelogny diso, [19] hajay
iabanao izy ame reninao, sady tiavongne mpiara-belogny aminao akô gne tegnanao." [20] Gne korao nizaka taminazy hoe:
"Efa nekeko avakoa izany agnaby. Ino gne mbola tadidiaviko?" [21] Jesosy nizaka taminazy hoe: " Râ magniry gne ho avy
lafatry anao, da mandehana, avidio izay anagnanao, sady ome gne sahiragny, da hanagny haregny agny an-dagnitry
anao; sady agia, magnaraha Anà." [22] Fa refa nahare izany nozakain'i Jesosy gne korao, da niala tamign'alahelo izy, satria
nanagny fanagnagny maro. [23] Hoy Jesosy tamindreo mpianatry hoe: "Zakaiko marigny aminareo, sarotry ho an'e

mpanakaregny gne hiditry e fanjakan'e lagnitry. [24] Sady mbola zakaiko aminareo indraiky, mora tokôtry ho an'e rameva e miditry vodin'e filo noho gn'idiran'e mpanakaregny ao amin'e fanjakan'Andriamanitra." [25] Refa nahare izany ireo mpianatry, da tena gaga tokôtry da nizaka hoe: "Ia gn'afaky ho vonjegny?" [26] Nagnety andreo Jesosy sady nizaka hoe: "Amign'olo da tsy hay atao izany, fa amin'Andriamanitry gne raha agnaby da azo atao." [27] Avy eo Petera namaly sady nizaka hoe: " Indro, navelznaybgne raha agnaby sady nagniraky Anao iay. Ino gne ho azonay?" [28] Jesosy nizaka andreo hoe: "Zakaiko marigny aminareo, ame vanim-potoagny vaovao refa mipetraky eo amin'e seza fiandrianan'e voninahitriny gne Zanak'olo, da hipetraky eo ame seza fiandrianagny roy ambiny folo avao anareo izay magnaraky Anà, hitsara gne foko roy ambiny folon'Israely. [29] Gn'olo agnaby izay niala tragno, ralà, anakavy, aba, reny, zanaky, na tagny nohogn'agnarako, da handray ambony zato heny sady handova fiainagny mandrakizay. [30] Fa maro ireo izay vôlohany ho lasa farany, sady gne farany ho vôlohany.

Chapter 20

[1] Fa gne fanjakan'e lagnitry da akô gne tompon-tany izay nandeha vao mandraigny be hagnakarama nge mpiasa ho an'e tanim-boalobokiny. [2] Refa avy nifagnarsky tamindreo mpiasa izy fanhk denaria raiky isanan'asro gne karamandreo, da nalefany tagny amin'e tanim-boalobokiny indreo. [3] Nijotso indraiky izy tamin'e lera fahatelo sady nahita mpiasa hafa nitsangagny ta-bazary. [4] Hoy izy tamindreo ho: "Anareo koa, mandehana agny amin'e tanim-boaloboky, sady izay an-keviny marigny da ho omeko anareo.' Da nandeha niasa indreo. [5] Mbola nijotso indraiky izy tamin'e lera fahahenigny sady koa tame fahasivy, sady nagnano akô izany avao. [6] Tame lera faharaiky ambiny folo da nijotso indraiky koa izy sady nahita mpiasa hafa nitsangagny. Hoy izy tamindreo hoe: 'Nagnino anareo mitsangagny etoa mandritry gne tontolo andro?' Hoy indreo taminazy hoe: 'Tsy misy olo nagnakarama iay.' [7] Hoy izy tamindreo hoe: 'Anareo avakoa mandehana agny ame tanim-boaloboky.' [8] Refa avy gne hariva, da nizaka tame mpitandrin-draharahany gne tompon'e tanim-boaloboky hoe: 'Angeo ireo mpiasa ireo da meo e karamandreo, manomboky ame farany izay vao mandeha ame vôlohany.' [9] Refa avy ireo mpiasa izay nampody tame lera fiharaiky amby folo, da nahazo denaria raiky gne tsikiraikiraiky aby indreo. [10] Refa avy ireo mpiasa vôlohany, da nihevitry fa hahazo mihôtry indreo, kanefa indreo avakoa da nahazo denaria raiky aby gne tsikiraikiraiky. [11] Refa nahazo gne karamandreo, da nataraigny momba e tompon-tany indreo. [12] Hoy indreo: 'Ireo mpiasa farany ireo da niasa lera raiky avao, nefa da nampitovisiny taminay indreo, iay izay ninday gne vesatry e tontolo andro sy niharitry hain'andro.' [13] Fa namaly gne tompon-tany da nizaka e raiky tamindreo hoe: ' Ry namagny, tsy magnano izay tsy mety aminao iao. Tsy denaria raiky me gne nifagnarahanao taminà? [14] Raiso izay anao sady zory gne lalagninao. Iao da nifady gne hagnome ho an'ireo mpiasa nokaramaigny farany akô gn'anao avakoa. [15] Tsy manan-jo ame tiako anigny amin'e gnanà me iao? Sa mialogny me anareo satria malala-tagna iao?' [16] Da gne farany da ho vôlohany, sady gne vôlohany ho farany. " [ Fagnamarihagny: Gne fandikan-teny taloha tena tsara da mangalaky gne hoe: " Maro gne nangegny fa kidy gne voafidy."] [17] Râ hiala ho agny Jerosalema Jesosy, da nangalaky gne roy amby folo lahy Izy, sady tegny an-dalagny Izy nizaka tamindreo hoe: [18] "Indro, hiakatry ho agny Jerosalema isika, sady gne Zanak'Olo da hatolotry eo ame lohan'e mpisorogny izy ame mpanora-dalàgny. Indreo da hagnameloky Anazy ho faty [19] sady hanolotry Anazy aminareo Jentilisa da hiomehezahny, ho vangohigny, sady hofantsiagny Anazy ame kakazofijaliagny. Fa amign'andro fahatelo dz hitsangagny indraiky Izy." [20] Avy eo gne renin'e zanaky lahin'i Zebedio nagnatogny an'i Jesosy niaraky tame zanany lelà. Niankohoky teo agnantrehany izy sady nangataky zavatry avy Aminazy. [21] Hoy Jesosy taminazy hoe: " Ino gn'irinao?" Hoy izy taminazy hoe: "Mandidia mba himpetrahan'ireto zanako lelà roy ireto, gne raiky an-tagnanao ankavanagny sady gne raiky an-tagnanao ankavia, ao ame fanjakano." [22] Fa Jesosy namaly sady nizaka hoe: "Tsy fantatrareo gne raha angatahinareo. Afaky gne hindrano e kapoaky izay hindranomako me anareo?" Namaly indreo hoe: " Afaky iay." [23] Ho Izy tamindreo hoe: " Hindrano ame kapoakiko tokôtry anareo. Fa gne hipetraky eo an-tagnako anankavanako sy ankaviako da tsy anjarako gne magnome, fa an'ireo izay efa nomagnin'e Raiko." [24] Refa nahare izany ireo mpianatry folo lahy hafa, da vignitry mafy tamindreo mpiralà roy. [25] Fa Jesosy nangahiky andreo andeha aminazy sady nizaka hoe: " Fantatrareo fa ireo mpanapak'ireo Jentilisa da hangeja andreo, sady ireo lelà manan-danjan-dreo da hampianatry gne fahefagny gn'amindreo. [26] Fa tsy tokony ho akô izany gn'aminareo. Mifanohitry amizany, ndre ia ndre ia magniry gne ho lasa zakabe inareo da tsy maintsy ho mpanomponareo, [27] sady ndre ia ndre ia magniry gne ho vôlohany aminareo da tsy maintsy mpanomponareo, [28] akô gne Zanak'Olo tsy avy ho tompoigny, fa hanompo, sady hagnome gn'ainy mba ho vidim-panavotagny ho an'e maro." [29] Râ nibôky avy agny Jeriko indreo, da fonkonolo maro gne nagnaraky Anazy. [30] Nisy lelà jamba roy nidoboky tamoron-dalagny. Refa nahare fa nandalo Jesosy, da nitoreho mafy indreo hoe: "Tompo, zanak'i Davida, mamindra fo aminay". [31] Vignitry andreo gne fonkonolo, nizaka andreo mba hisigny, kanefa vao maiky indreo nangahiky mafy hoe: "Tompo zanak'i Davida, mamindra fo aminay." [32] Aveo Jesosy nijanogny sady nangahiky andreo nizaka joe: "Ino gn'irinareo ho aniko aminareo?" [33] Hoy indreo taminazy hoe: "Tompo, mba hahita gne masonay" [34] Aveo Jesosy, nangoeaky, da nikitiky gne mason-dreo. Tonga da nahita indreo sady nagnaraky Anazy.

Chapter 21

[1] Raha nagnatogny an'i Jerosalema Jesosy izy ame mpianatrinyka negnagny Betifaga, agny ame vohitr'i Oliva, da nandefa mpianatry roy jesosy, [2] nizaka tamindreo hoe: "Mandehana ao amizay vohitry magnaraky ao, fa akekikeky eo anareo da

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

ahita boriky mifehy da zanaboriky raiky miaraky amin'azy. Tatay indreo da hindeso aty Aminà. 3 Raha misy mizaka
anareo momba an'izany,da zakay hoe: 'Misy ilan'i Tompo andreo,' sady da tonga da alefany indreo miaraky aminareo.'' 4
Sady niboky izany mba hahatanteraky izay nambara tame gn'alalan'e mpaminany. Hoy izy hoe: 5 ''Hizakay gne zanak'i
Ziona viavy hoe: 'Indro, gne mpanjakanao magnatogny anao, maganajetsy tegna sady mitikigny boriky- zanaboriky.''' 6
Avy eo da lasa gne mpianatry sady nagnano arak'izay nandidian'i Jesosy andreo. 7 Nindesindreo gn'apondra izy ame
zanaboriky sady nametraky gne lambandreo teo amin'azy, ka nipetraky teo ame lamba Jesosy. 8 Gne ankamaroan'e
fokon'olo da namelatry gne lambany tame tany, sady gne hafa nanapaky sampa-kazo sady nagnaparitaky an'izany tame
lalagny. 9 Avy eo gne fokon,'olo nandeha talohan'i Jesosy izy amizay nagnaraky an'Azy nitabataba hoe: "hosana ho an'e
zanak'i Davida! Isaoragny gne avy latame agnaran'e Tompo! Hosana agny ame ambony indrindra!" 10 Refa niditry tao
Jerosalema Jesosy, da naresaky gne raiky tanagny ka nagnano hoe: "Ia me io?" 11 Gne fokon'olo namaly hoe: "Izy gne
Jesosy e mpaminany latagny Nazareta agny Galilia." 12 Avy eo niditry tam-pengonagny Jesosy. Noroahiny agnaby gne
mpividy izy ame mpivarotry tam-pengonagny, sady navadikiny gne latabatr'e mpanakalo vola izy ame fipetrahan'e
mpivarotry voromamanga. 13 Hoy Izy tamindreo hoe: "Efa voasoratry hoe": 'Gne tragnoko da ho antsovagny hoe tragno
fivavahagny,' kanefa aninareo zohy fisitrihan'e mpangalatry. " 14 Refa avy teo da nisy jamba da mandringa nagnatogny
an'Azy tam-pengonagny, ka nisitragniny indreo 15 Refa nahita gne raha mahagaga namboariny gne lehiben'e mpisorogny
izy ame mpanora-dalagny, sady refa regnindreo gne zaza madiniky nitabataba tam-pengonagny hoe: "Hosana ho an'e
zanak'i Davida," da vignitry be indreo. 16 Hoy indreo tamin'Azy hoe: "Regninareo avao me zakain'io olo io izany?" Namaly
andreo Jesosy hoe: "Eka! fa mbola tsy novakinareo mihitsy me gne hoe: 'Avy ame vavan-daza madiniky izy ame zaza
minono gn'agnamboaragny fideragny tsara?" 17 Avy eo niala andreo Jesosy ka nandeha tagny ame tanagnin'inBetania sady
nandry tao gn'aligny. 18 Sady refa maraigny raha niverigny tagny an-tanagny Izy da mosaregny. 19 Nahita aviavy tegny ame
sisin-dalagny, da nagnatogny tegny Izy ka tsy nahita ndre ino ndre ino afa tsy gne raviny. Hoy Izy tamin'azy hoe : "Aoky
tsy hanagny hisiky koa anao mandrakizay," da niaraky tamizay da maigny igny aviavay igny. 20 Refa hitan'e mpianatry
izany, da gaga indreo sady nizaka hoe: "Akôgnaia gne nahamaigny avy hatrany an'ity aviavy ity?" 21 Namaly Jesosy sady
nizaka andreo hoe: "Zakaiko marigny aminareo, raha manam-pinoagny ka tsisy fisalasalagny anareo, da tsy izay nanigny
tamin'io aviavy io avao gne ho aninareo, fa ndre da hizaka amity vohitry ity aza hoe: "miombota teo da mitreboaha agny
an-dranomasigny agny', da ho vita izany. 22 Ndre ino ndre ino angatahinareo ame vavaky, misy finoagny, da ho azonareo."
23 Refa niditry tam-pengonagny Jesosy, da nagnatogny an'Azy gne lehiben'e mpisorogny izy ame lonaky raha nampianatry
Izy sady nizaka hoe: "Fahefagny lataia me gn'agnamboaranao an'io raha io, sady ia gne nagnonme anao an'izany
fahefagny izany?" 24 Namaly Jesosy sady nizaka tamindreo hoe: "Iao koa hagnapetraky fagnotaniagny raiky aminareo.
Raha zakainareo Aminà, da ho zakaiko aminareo gne fahefagny agnamboarako an'io raha io. 25 Gne batisan'i Jaona- lataia
gne neviany? Lata an-dagnitry sa lata ame olombelogny?" Niady hevitry indreo, nagnano hoe: "Raha mizaka atsika hoe:
'Avy tagny an-dagnitry,' Da hizaka amintsika Izy hoe: 'Fa nagnino izany anareo tsy nino an'azy?' 26 Fa raha mizaka atsika
hoe: 'Lata ame olombelogny,' matahotry gne fokon'olo atsika , satria izy agnaby da mino an'i Jaona ho mpaminanay". Ka
namaly an'i Jesosy indreo da nizaka hoe : "Tsy lalanay." 27 Da hoy avakoa Izy tamindreo hoe: "Iao avakoa da tsy hizaka
aminareo hoe avy aiza gne fahefagny agnamboarako an'io raha io. 28 Fa akognaia gne hevitrareo? Nisy lelà raiky nanagny
zanaky roy. Nandeha negnagny ame voalohany izy sady nagnano hoe: 'Zanako, mandehana miasa agny ame tanin-
boaloboky androany.' 29 Gne zanany lahy namaly an'azy hoe: "Tsy ho agny iao," fa avy eo izy da niova hevitry ka nandeha
avao. 30 Avy eo da negn'ame faharoy izy sady nizaka akô izany avakoa. Namaly izy ka nizaka hoe: "Ho agny iao,tompoko,'
nefa tsy nandeha izy. 31 Ia tame zanany roy io gne nagnano gne sitapon'e rainy?" Da hoy indreo hoe: "Gne voalohany."
Jesosy nizaka andreo hoe: "zakaiko marigny aminareo, gne mpamory hetra izy ame mpivaro-tegna da hiditry gne
Fanjakan'Andriamanitry alohanareo. 32 Fa Jaona nagnatogny anareo tame fahamarinagny, fa tsy nino an'azy anareo. Fa
gne mpamory hetra izy ame mpivaro-tegna gne nino an'azy. Fa anareo , ndre da nahita an'izany aza, da tsy nibebaky sady
tsy nino an'azy. 33 Tenomy ity fagnoharagny raiky hafa ity. Nisy lelà raiky, tompona tany. Nagnano tanim-boaloboky izy,
nasiany vala izany, nasiany lavaky famiazagny tao agnatiny, nananganany tilikambo, sady nampagnofainy tame
mpamboly voaloboky. Avy teo da negn'agny ame tanagny hafa izy. 34 Refa nagnakeky gne taom-pahavokaragny, da
nagniraky gne sasany tame mpanompo izy ho agny ame mpamboly voaloboky hangala gne vokatriny. 35 Fa nosamborin'e
mpamboly voaloboky gne mpanompony, novangoiny gne raiky, novonoigny gne hafa. 36 Sady mbola, nandefa
mpanompony hafa indraiky gne tompo-tany, maro nohon'e tame voalohany, fa nanindreo akô izany avakoa. 37
Tafaran'izany, da nagniraky gne zanany lahitokagny tagny ame tompon-tany, nizaka hoe: 'Hagnaja gne zanako indreo.' 38
Fa refa nahita gne zanaky lahy gne mpamboly voaloboky, da nifampiresaky indreo hoe: 'Ity gne mpandova. Andeha, ho
vonoitsika izy sady ho alaitsika gne lova .' 39 Noho izany da nosamborindreo izy, natsipy tao agnatin'e tanimboaloboky
sady novonoigny. 40 sady refa avy gne tompon'e tanimboaloboky, ino gne ho aniny ame mpamboly volaloboky?" 41 Hoy
indreo tamin'Azy hoe: "Ho foagnany amizay fomba mafy indrindra io olo mandoza io, sady avy eo hampagnofainy ame
mpamboly voaloboky hafa gne tanim-boaloboky, olo hagnome an'azy gn'anjara voliny ame fotoam-pahavokaragny." 42
Jesosy nizaka tamindreo hoe: "Tsy mbola namaky gne Soratry Masigny mihitsy me anareo hoe: 'Gne vato tsy nilain'e
mpagnano tragno gne nanigny vato fehizoro. Avy tamin'i Tompo izany, sady mahagaga eo agnatrehatsika'? 43 Noho izany
zakaiko aminareo, hesorigny aminareo gne fanjakan'Andriamanitry sady homegny gne firenegny izay mamokatry gne
voany. 44 Ndre ia ndre ia ho lavon'io vato io da ho potipotiky. Fa izay hilavoany kosa da ho botrabotraky." 45 Refa

naharegny an'io fagnoharagny io gne lehiben'e mpisorogny izy ame Fariseo, da azondreo fa mahakasiky andreo gne
nozakaigny. [46] Nikasa gne hisambotry an'Azy, f'izy natahotry gne fokon'olo indreo, satria nataon'olo ho mpaminany Izy.

Chapter 22

[1] nizaka tame fagnoharagny tamindreo indraiky Jesosy, nagnano hoe: [2] "Gne fanjakan'e lagnitry da mitovy ame mpanjaka
izay nagnomagny fagnasagny ame fanambadian'e zanany lahy. [3] Nagniraky gne mpanompony hagnantso an'izay nahazo
fagnasagny hagnatriky gne feti-panambadiagny izy, fa tsy ho avy indreo. [4] Nandefa gne mpanompony hafa indraiky gne
mpanjaka, magnano hoe: 'zakay izay nasaigny hoe: "hiteo, efa nokarakaraiko gne sakafoko. Efa novonoigny gn'aomby izy
ame zanak'aomby mifahako, sady efa vonogny gne raha agnaby. Mevia ao ame feti-panambadiagny." [5] f'izy tsy
nirahahraha indreo sady lasa nandeha, gne raiky namonjy gne fiompiany, gne hafa tame varotry . [6] Gne sasany
nisambotry gne mpanompon'e mpanjaka, nangala baraka andreo, sady namono andreo. [7] Vignitry gne mpanjaka ka
nagniraky gne miaramilany, sady hamono gne mpamono olo indreo, sady nagnoro gne tanagniny. [8] Avy eo nizaka tame
mpanompony izy hoe: 'Efa vonogny gne fampekaram-bady, fa izay nasaigny gne tsy mendriky. [9] Noho izany mandehana
egny ame sampakan-dalagny da magnasa olo maro araky izay hitanareo ho ao ame feti-mpapekaram-bady.' [10] Nandeha
nijotso tagny ame lalam-be gne mpanompo sady nanambatry gn'olo agnaby izay hitandreo, ndre gne tsara ndre gne ratsy.
Noho izany da feno vahiny gne efitry zakabe nisy gne fampekaram-bady. [11] Fa refa niditry gne mpanjaka mba hagnety
gne vahiny, da nahita lela tsy nitafy akanjo findesigny ame fampekaram-bady izy. [12] Nizaka tamin'azy gne mpanjaka hoe:
'Ô namako, akôgnaia gn'idiranao ato tsy miaraky ame fisikinagny findesigny ame fapekaram-bady?' Fa tsy nahazaka igny
lela igny. [13] Avy eo nizaka tame mpanompony gne mpanjaka hoe: 'fihezo gne tagnany izy ame tombok'ity lela ity, sady
atsipizo agny ame mizigny agny ambadiky izy, agny gne misy fitomagniagny izy ame fihidiambazagny.' [14] Fa olo maro
gn'antsovagny, nefa vitsy gne ho voafidy. [15] Avy eo nandeha gne fariseo sady nagnomagnygne fomba hamandrihagny an'i
jesosy amizay nozakainy. [16] Avy eo nirahindreo andeha amin'Azy gne mpianatrindreo, niaraky tame Herodiana. Nizaka
tam'i Jesosy indreo hoe: "O mpampianatry, lalanay fa marigny Anao, sady mampianatry gne lalan'Andriamanitry ame
marigny. Tsy miraharaha gne hevitrin'e hafa Anao, sady tsy magnety mitongilagny. [17] Noho izany zakay aminay, ino gne
hevitrao ? Ara-dalagny me gne fandoavagny hetra agny am'i Kaisara sa akognaia?" [18] Nefa lalan'i Jesosy gne
faharatsiandreo da nizaka hoe: "Nagnino da mitsapa Anà anareo, RY mpihatsaravelatsihy? [19] Aboahy Anà gne farantsa
ame hetra ." Avy eo nitondra denariateo amin'Azy indreo. [20] Hoy i Jesosy tamindreo hoe: "An'ia ity sary izy ame gn'agnara
ity?" [21] Nizaka tamin'Azy indreo hoe: "an'i Kaisara." Avy eo Jesosy nizaka andreo hoe: "Omeo an'i Kaisara izay an'i Kaisara,
sady an'Andriamanitry izay an'Andriamanitry." [22] Refa naharegny an'izany indreo, da gaga. Sady niala teo amin'Azy
indreo da nandeha. [23] Tamizay andro izay avao gne sadoseo sasany, izay nizaka fa tsisy fitsanganagny ame maty,
nagnatogny an'Azy. Nagnotany an'Azy indreo, [24] nagnano hoe: "Ô mpampianatry, Mosesy nizaka hoe: 'Raha maty gn'olo,
tsy managny anaky, da tokony hanambady gne vadiny gne rahalany sady hanagny anaky ho an'e rahalany. [25] Nisy
mpirahala fito. Nanambady gne voalohany da maty avy eo. Lasa tsy namela anaky, navelany hoan'e rahalany gne vadiny.
[26] Avy eo nagnano raha mitovy amizay gne faharoy, avy eo gne fahatelo, akô izany fezay hatragny ame rahala fahafito. [27]
Tafaran'izy agnaby io, da maty igny viavy igny. [28] Sady ame fitsanganan'e maty, ho vadin'ia ame mpirahala fito izy? F'efa
nanambady an'azy izy agnaby io." [29] Fa namaly jesosy sady nizaka andreo hoe: "Diso anareo, satria tsy mahalala gne
Soratry masigny na gne herin'andriamanitry. [30] Fa ame fitsanganan'e maty da sady tsy hanambady indreo sady tsy
omegny ampekarigny. F'izy, mitovy ame gn'anjely agny an-dagnitry. [31] fa mahakasiky gne fitsanganan'e maty, mbola tsy
novakinareo me izay nozakain'Andriamanitry taminareo, magnano hoe: [32] 'Iao gn'Andriamanitr'i Abrahama,
Andriamanitr'Isaka, sady Andriamanitr'i Jakoba'? Andriamanitry da tsy Andiamanitry gne maty, fa an'e velogny. " [33] Refa
naharegny an'izany gne fokon'olo, da gaga tame fampianarany. [34] Fa refa regnin'e Fariseo gne nampanginan'i Jesosy gne
Sadoseo, da nitambatry indreo. [35] Gne raiky tamindreo, mpahay lalagny, nametraky fagnotaniagny tamin'Azy, nangala
fagnahy an'Azy hoe: [36] "Ô mpampianatry, ia gne zakabe indrindra ame didy ao ame lalàgny?" [37] Nizaka tamin'azy i Jesosy
hoe: "Tiavo ame fonareo agnaby, ame fagnahinareo agnaby, sady ame saigninareo agnaby gne tompo Andriamanitrareo.'
[38] Izany gne didy zakabe izy ame voalohany. [39] Sady gne didy faharoy da ako izany avao: 'Tiavo gne mpiara-belogny
aminareo akô gne tegnanareo.' [40] Am'io didy roy io gne iankinan'e lalàgny agnaby izy ame mpaminany." [41] sady raha
mbola nitambatry igne Fariseo, da nametraky fagnotaniagny andreo Jesosy. [42] Hoy Izy hoe: "Ino gn'eritreritrareo momba
an'i Kristy? Zanaka lahin'ia Izy?" Nizaka tamin'Azy indreo hoe: "zank'i Davida." [43] Hoy Jesosy tamindreo hoe: "Nagnino
avao i Davida mipetraky ao ame Fagnahy gne magnatso an'Azy hoe Tompo, magnano hoe: [44] ' Gne Tompo nizaka tame
Tompoko hoe: "Mipetraha eo ame tagnako akavana, mandra-pagnamboarako gne fahavalonao ho fipetrhan'e tombokao?'
[45] Raha Davida aza magnatso an'i Kristy hoe: 'Tompo,' Da akôgnaia gne maha-zanak'i Davida an'Azy?" [46] Tsy nisy nahavaly
an'Azy tame zaka, sady tsy nisy olo sahy nametraky fagnotaniagny hafa koa nanomboky tamizany andro izany.

Chapter 23

[1] Sady Jesosy nizaka tamindreo fonkonolo sy ireo mpianatriny. [2] Hoy Izy hoe: "Gne mpanora-dalàgny sy Fariseo da
nidoboky ame fidobohan'i Mosesy.' [3] Noho izany ndre ino ndre ino handidian-dreo anareo ho anigny, da amboaro io
zavatry da mitandrema andreo. Ka mangalataky gn'asandreo, satria indreo da nizaka Raha nefa aveo indreo tsy
magnano avao. [4] Eia, fehezindreo gn'enta-mavesatry izay sarotry entigny, sady aveo da apetrak'indreo ame soriky gn'olo.

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

Fa tsy agnetsiky gne tagnany raiky avakoa indreo mba hinday andreo. [5] Magnano gn'asany agnaby indreo mba ho
hitan'olo. Fa amindreo malalaky gne filakiterany, sady itarin-dreo gne moron'akanjony. [6] Tiandreo gne toeragny manan-
kaja agny ame fahaseagny izy ame toeragny zakabe ame synagoga, [7] izy ame fiharabagny miavaky egny bazary, sady mba
ho angen'olo hoe: 'Raby'. [8] Fa anareo tsy azo angegny hoe: 'Raby', fa raiky avao gne mpampianatry, sady mpiralà anareo
agnaby. [9] Sady ka mangaiky gn'olo ety an-tany hoe iabanareo, fa raiky avao gne Iabanareo, sady Izy da agny an-dagnitry. [10]
Anareo ka magneky angegny hoe: ' Mpampianatry', fa raiky avao gne mpampianatrareo, da i Kristy. [11] Fa gne tena zakabe
aminareo gne ho mpanomponareo. [12] Ndre ia ndre iamanandra-tegna da ahetry, sady ndre ia ndre ia manetry tegna da
hasandratry. [13] Fa lozanareo, ry mpanora-dalàgny sy fariseo, mpiatsaram-belatsihy! Fa arindragnonareo amign'olo gne
fanjakan'e lagnitry. Fa anareo tsy mampiditry gne tegnareo, sady tsy avelanareo izay tsy mitadia niditry. [14] [
Fagnamarinagny: Gn'antotan-taratasy taloha da tsy ahita gne fehezanteny hoe: 'Fa lozanareo, ry mpanora-dalàgny izy
ame fariseo , mpiatsaram-belatsihy! Sady magnano vavaky lava anareo. Noho izany da hahazo fagnamelohagny zakabe
anareo.'] [15] Lozanareo, ry mpiatsaram-belatsihy! Fa Mandehana mitety gne ranomasigny izy ame tany anareo mba
hampiova to gn'olo raiky, sady refa miova izy, da aninareo gne zanaky gne helo ambony roy egny mihôtry noho anareo
izy. [16] Lozanareo, ry mpitariky Jamba, anareo izay mizaka hoe: 'Ndre ia ndre ia mitangegny ame tempoly, da tsy misy
dikany izany. Fa ndre ia ndre ia mitangegny ame volamenan'e tempoly, da voafehiny gne fitangenany izy.' [17] Anareo rô
Jamba mola! Ia gne zakabe tokôtry, gne volamena sa gne tempoly izay magnano gne volamena ho masigny? [18] Sady, 'Ndre
ia ndre ia mitangegny amign'alitara, da tsy misy dikany izay. Fa ndre ia ndre ia mitangegny amin'e fagnatitry izay
ambon'izany da voafatotry gne fitangenany izy.' [19] Anareo gn'olo Jamba! ia gne zakabe, gne fagnatitry sa gn'alitara izay
magnano gne fagnatitry ho masigny? [20] Noho izany, izay mitangegny amign'alitara, da mitangegny amin'izany sy
amenraha agnaby eo amboniny. [21] Gne raiky izay mitangegny ame tempoly, da mitangegny amin'izay mimpetraky
aminazy, [22] sady gne raiky izay mitangegny ame lagnitry, da mitangegny ame seza fiandrianagn'Andriamanitry sy am'izay
mipetraky ambonin'izany. [23] Lozanareo, ry mpanora-dalàgny sy fariseo, mpiatsaram-belatsihy! Fa mndoa gne fahafolon'e
solila izy ame aneta sady komigny anareo, fa anareo da tsy nagneky gne raharaha tena mavesa-danja and lalàgny- da gne
rariny izy ame famindram-po sady gne finoagny. Fa gne tokony naninareo sady tsy tokony navelanareo ho tsy vitangne
raiky hafa. [24] Anareo ry mpitariky jamba, anareo izay manivagny gn'alitara nefa miteligny rameva! [25] Loza ho anareo, ry
mpanora-dalàgny sy fariseo, mpiatsaram-belatsihy! Fa sasainareo gn'ambadik'e kapoaky izy ame lasety, nefa gn'agnatiny
da feno fitsiriritagny sy filagny. [26] Anareo ry fariseo jamba! Sasaynheky gn'agnantin'e kapoaky izy ame lasety, mba ho lasa
madio avakoa gn'ambadiky. [27] Loza ho anareo, ry mpanora-dalàgny sy fariseo, mpiatsaram-belatsihy! Fa anareo da akô
gne kôbory voalalotry fotsy; izay tsara amgadiky, fa gn'agnatiny da feno gne taolam-paty Izy ame logo agnaby. [28] Da akô
izany avakoa, aty amgadiky anareo mibôky ho marigny amign'olo, nefa gn'agnatinareo da feno fihatsaram-belatsihy sy
heloky. [29] Loza ho anareo, ry mpanora-dalàgny sy fariseo, mpiatsaram-belatsihy! Fa magnorigny gne kôborin'e
mpaminagny anareo sady magnengo e kôborin'e gn'olo marigny. [30] Hoy anareo hoe: Rà niaigny tamign'andron'e
razambetsikabisika, da tsy ho nandray anjara niaraky tamindreo tamin'e fandatsahagny gne ràn'e mpaminagny isika'. [31]
Noho izany da mijoro vavolombelogny ame tegnanareo anareo fanzanak'reo izay namono gne mpaminagny. [32] Anareo
avakoa da nahafeno gne fahotan'ireo razambenareo [33] Anareo rybibilava, anareo ry taranak'e gne menaragny, ankognaià
gne hilefasanareo e fagnamelohagny ho agny ame helo? [34] Noho izany, indro, nagniraky mpaminagny sy olo-manakagnà
sady mpanora-dalàgny ho anareo Iao. Gne Zanany amindreo da ho vonoinareo sy hofantsianareo; sady gne sanany ho
kapohinareo ame synagoganareo sady handroaky anazy hiala so an-tànagny. [35] Gne vokatr'izany da hanody anareo gne rà
marigny agnaby izay nalatsaky tetoa an-tany, nanomboky tame ràn'i Abela marigny, da hatrame ràn'i Zakaria zanak'i
Barakia, izay novonoinareo tagn'elalan'e fidobohagny masigny izy ame gn'alitara. [36] Zakaiko marigny aminareo, fa gne
raha agnaby da ho avy amin'ity taranaky ity. [37] Ry Jerosalema, ry Jerosalema, anao zay mamono e mpaminany sy mitora-
bato zay irahigny! Impiry Aho no magniry gne hagnangogny e zanakao miaraky, manahak'e akoho vavy raiky
magnangogny e akohoidy ao ambany elany, nefa tsy nety anareo! [38] Indro, e tragnonareo no avela ho lao ho anareo. [39] Fa
zakaiko aminareo, hatramin'izao, tsy hahita Anaha tokôtry anareo mandra-pizakanareo ho e: "Isaoragn'anie zay avy ame
agnaran'e Tompo."'

Chapter 24

[1] Nijotso gne fiangonagny Jesosy sady lasa nandeha, Nagnantogny Anazy ireo mpianatriny mba hagnambaragny Anazy
gne rafitry gne fiangonagny. [2] Nefa namaly Izy sady nizaka tamindreo hoe: "Tsy hitanareo me ireo raha ireo agnaby?
Zakaiko marigny aminareo, tsy hisy vato ho sisa ame raiky hafa izay tsy ho ravàgny." [3] Râ nidoboky ta ten-
drombohitr'Oliva Izy, da nagnotany anazy mangingigny ireo mpianatriny sady nizaka hoe: "Ambaray anay, ovia ireo
zavatry ireo agnaby gne hibôky? Ino gne famataragny e fahatongavanao izy ame faran'andro?" [4] Namaly Jesosy sady
nizaka andreo hoe: "Mitandrema tsy hisy hamitaky anareo". [5] Fa ho maro gne ho avy amign'agnarako. Sady nizaka indreo
hoe: 'Iao gne Kristy,' sady maro gne ho vôfitaky. [6] Hahare ady sy tatitr'ady anareo. Mitandrema mba tsy hisy hitebiteby
anareo, fa tsy maintsy hibôky izany raha izany agnaby; nefa tsy mbola avy gne farany. [7] Fa hisy firenegny hitsangagny
hanohitry firenegny, sady fanjakagny hanohitry fanjakagny. Hisy mosary sy horohoron-tany ame toeragny samihafa. [8]
Nefa izany raha izany agnaby da fiandohan'e fanaintainagny fiterahagny avao. [9] Ka ho atolotr'indreo ho ame fahoriagny
anareo da ho vonoigny. Ho halan'e firenegny aby anareo nohogn'e agnarako. [10] Sady maro e ho tafitohigny, da hifamadiky


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

sy hifankalaigny e tsiraidraiky. [11] Mpaminagny sandoky maro no hitsangagny ka hamitaky ologny maro. [12] Satria the fahafatesagny da hitombo, sady hihamangatseky gne fitiavan'e msro. [13] Fa gne raiky izay miharitry hatramin'e farany da ho voavonjy. [14] Ity filazantsaran'e fanjakagny ity da ho toriagny erak'izao tontolo izao ho vavolombelogny ame firenegny agnaby. Aveo da ho avay gne farany. [15] Noho izany, râ mahita gne fahavetavetan'e fandravagny anareo, izay nozakain'i Daniela mpaminagny, da hitsangagny ame toeragny masigny anareo" (aoky gne mpamaky hahataiatry), [16] Aoky ireo izay agny Jodia hailefa ho agny an-tendrombohitry, [17] aoky izay ambonin'e tragno tsy hidigny hangalaky zavatry an-dragnony, [18] sady aoky izay agny ame saha tsy himpody hangalaky gne lambany. [19] Fa loza ho an'ireo bevôky sy mampinono amizany andro izany! [20] Mivavaha mba tsy ho ame rirignigny na Sabata gne hibôky gne file fasanareo. [21] Fa hisy fahoriagny zakabe, izay tsy mbola nisy akô izany fehizay am-panombohan'izao tontolo izao mandrak'androany, tsia sady tsy hisy esanaky. [22] Râ tsy atohezigny ireo aandro ireo, da tsy hisy nofotry ho vonjena. Fa nohon'e olom-boafidy, da hafohezigny ireo andro ireo. [23] Fa râ misy olo mizaka anareo hoe: 'Indro, ity I Kristy' na, 'iry i Kristy' da ka mino izany. [24] Fa gne Kristy sandoky izy ame mpaminagny sandoky da ho avy sady hampibôky fahantragny zakabe sy zava-mahagaga, mba hamitaky, râ azo atao, eka fa ndre ireo olom-boafidy azaky. [25] Indro, efa nizakaiko anareo mialohagn'e fotoagny. [26] Noho izany, râ mizaka anareo indreo hoe: 'indro, agny agn'efitry izy,' da ka mandeha agn'efitry. Na hoe: 'indro, agny agnefitaragnonao izy' da ka mijomizany. [27] Fa akô gne varatry mihelatry avy agny antsignanagny da mazava hatra ame andrefagny, da akô izany gne fihavian'e Zanak'Olo. [28] Ndre aia ndre aia misy high maty, da agny gne hilagnonan'e volotora. [29] Sady râ vao afaky gne fahoriagny amin'ireo andro ireo danho mizigny gne masoandro, tsy nagnome gne hazavagny e volagny, hilatsaky avy agny an-dagnitry gne kintagny, sady hihozongozogny gne herin'e lagnitry. [30] Aveo da hibôky egny ame lagnitry gne famantaran'e Zanak'Olo, sady gne foko agnaby ambonin'e tany handala. Hahita miaraky ame hery sy voninahitry zakabe Izy ireo. [31] Handefa ireo anjeliny Izy miaraky ame feo trompetry mafy, sady hangorigny gn'olom-boafidiny avy agny amin'e vazan-tany efatry indreo, nanomboky amin'e faravodilagnitry da hatragny amin'e hafa. [32] Mianara gne lesognh avg ame aviavy, Râ vantany vao matoy gne sampany sadg mamoaky gne raviny, da fantatrareo fa magnakaiky gne fahavaratry. [33] Da akô izany avakoa, râ mahita izany zavatry izany agnaby anareo, da tokony jo fantatrareo f'sfa akaiky Izy, eo amin'ireo vavahady mihitsy. [34] Zakaiko marigny aminareo, fa tsy ho lany ity taranaky ity mandra-piboahn'izany raha aby izany. [35] Tsy hisy sanaky gne lagnitry izy ame tany, fa gne zakako da tsy mba ho levogny mandrakizay. [36] Kanefa gne mahakasiky izany andro sy ora zany da tsy misy mahalala, na gn'anjelin'e lagnitra aza, na gne Zanaky làhy, fa gne Ray avao. [37] Akô tamign'e androny Noa, da akoizany avakoa gne fihavian'e Zanak'ologny. [38] Fa akô gne tamin'ireo andro mialohan'e safo-drano da nihinagny sady nisotro indreo, nanambady sady nampakarigny mandra-piviagny andro nideran'i Noa tao agnatin'e Sambo fiara, [39] da tsy nahafantatry ndre ino ndre ino indreo mandra-piavin'e safo-drano da nadringagny anazy rehetra- da akôizany gne fihavian'e Zanak'Olo. [40] Aveo hisy lehilà roy egny an-tsaha- gne raiky ho raisigny, da gne raiky ho apetraky. [41] Viavy roy no handisa vary- gne raiky ho raisigny, da gne raiky ho apetraky. [42] Noho izany da miambena, fa tsy fantatrareo izay andro hevian'e Tomponareo. [43] Fa fantatro izao, Raha fantatry gne tompon-trano hoe amin'e firy aligny gne hevian'e mpangalatry, da honiambigny izy da nametraky gne tragnony ho vaky. [44] Noho izany da tsy maintsy mivonogny avakoa anareo, fa ho avy gne Zanak'Olo amin'e lera tsy ampoizinareo. [45] Koa ia me e mpanompo mahatoky sady hendry izay notondroin'e tompony hanapaky gn'ankohonany mba hagnomezandreo gne hanin-dreo amin'e fotoagny mety?
[46] Sambatry izay mpanompo izany izay hitan'e Tompony fa magnano izany refa avy izy. [47] Zakaiko marina aminareo fa e tompony gne hanapaky anazy ho ambonin'e raha rehetra anagnany. [48] Fa raha misy mpanompo ratsy mizaka ao ame fony hoe: "Ela fiavy gne Tompoko", [49] Da manomboky mamono ireo manompo namany, sy mihinagny da misotro miaraky amin'ireo mpimamo; [50] da ho avy gne tompon'e mpanompo amin'e fotôgny izay tsy ampoizigny sady amin'e lera izay tsy vantany. [51] Da ho tapatapain'e tompony izy sady ho ataony akô gne andreo mpihatsaravelatsy gne anjarany, izay hisy gne fitomaniagny izy ame fikitroha-nify.

Chapter 25

[1] Gne fanjakan'e lagnitry da ho akô gne virijiny folo izay nangala gne jirony da nandeha nifagnotriky tamin'e mpampkatry. [2] Mola gne dimy tamin-dreo fa gne dimy kosa manakagna. [3] Da rehefa ninday gne jiro indreo virijiny mola, da tsy ninday soliky niaraky taminazy. [4] Fa indreo virijiny manakagna kosa da ninday fanikenagny soliky niaraky tame jirony. [5] Da rehefa tara gne mpampkatry, da rendremagny Izy aby da natory. [6] Fa tamin'e sasak'aligny da nisy nangaiky mafy hoe: "Indro, gne mpampkatry! mijotsoa mba hifankahita aminazy." [7] Avy eo niharigny indreo virijiny aby da nikarakara gne jiro. [8] Hoy gne mola tamin'e manakagna hoe: "Mba omeo ampahany amin'e solikareo iay fa efa ho faty gne jironay. [9] Fa namaly gne manakagna da nizaka hoe: "Sao da tsy ho ampy ho anay sy ho anareo, fa mandana agny amin'e mpivarotry da mividiana ho an'e tegnanareo." [10] Raha nandea nividy indreo , da avy gne mpampkatry, da gne efa vonogny da niaraky nandeha taminazy ho ame fanasam-panambadiagny, ka nihidy gne vavahady. [11] Rehefa afaky izany da avy avakoa gne virijiny sasany da nizaka hoe: "Tompoko, Tompoko, mba voay iay.' [12] Fa namaly Izy da nizaka hoe: "Zakaiko Marina aminareo, tsy mahafantatry anareo iao.' [13] Ka nohonizany mihambena, fa tsy fantatrareo gn'andro na gne lera. [14] Fa izany da akô gne lelà izay handea ho agny amin'e firenegny hafa. Mangaiky gne mpanompony Izy da nampitantagny andreo gne harenany. [15] Gne raiky tamindreo moment talents dimy, gne raiky hafa moment roy, da gne raiky hafa koa moment talents raiky. Gne tsiraidraiky da samby nandray talenta arak'izay fahezany aby, da nandeha


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tamin'e diany izany lelà zany. [16] Gne raiky izay naharay talenta dimy da nandeha teo noho eo da nampiasa andreo sady
nahazo talenta dimy hafa. [17] Akoizany avakoa e raiky izay naharay talenta Roy da nahazo Roy hafa izy. [18] F'izy e
mpanompo izay naharay talenta raiky, nandeha da nangady lavaky tamin'e tany, da nandevigny gne volan'e tompony. [19]
Da tafaran'e fotoagny ela da nipody gne tompon'ireo mpanompo reo sady nandamigny raharaha tamindreo. [20] Niditry e
mpanompo izay naharay talenta dimy gne sady ninday talenta dimy hafa. Hoy Izy hoe: "Tompoko, nomenao talenta dimy
iao." Indro, nagnantombo talenta dimy hafa iao." [21] Hoy gne tompony taminy hoe: "Tsara izany, ry mpanompo tsara sady
mahatoky! Mahatoky tame raha vitsivitsy anao. Iao hampihandraikitry anao ame raha maro. Midira amin'e fifaliagny
tomponao." [22] Gne mpanompo izay naharay talenta roy da nagnantogny sady nizaka hoe: "Tompoko, nomenao talenta Roy
iao, indro, nagnantombo talenta roy hafa iao". [23] Nizaka anazy gne tompony hoe: 'Tsara izany, ry mpanompo tsara sady
mahatoky! Mahatoky tame raha vitsivitsy anao. Iao ampihandraikitry anao ame raha maro. Midira amin'e Fifalian'e
tomponao.' [24] Avy teo igny mpanompo navôray talenta raiky igny nagnantogny sady nizaka hoe: "Tompoko, fantako fa lelà
hentitry anao. Mihilà egny amin'e tsy namafazanao anao, sady mangorogny vokatry egny am'izay tsy nambolenao. [25]
Nalia iao, da nandeha sady naminy gne talentanao tao agnatin'e tany. Iteo, indro izay Anao." [26] Da namaly anazy gne
tompony da nizaka taminazy hoe: 'Anao gne mpanompo ratsy sady malaigny, tantanao fa iao da mihila egny am'izay tsy
namafazako sady mangorogny vokatry egny am'izay tsy namboleko. [27] Noho izany da tokony nomenao gne mpanjana-
bola gne volako, da rehefa niverigny iao da nandray gn'anà miaraky amin'e tombony. [28] Noho izany alay aminazy agny e
talenta da omeo an'e mpanompo managny talenta folo igny. [29] Fa izay rehetry managny da homegny zakabe mihôtry
lavitry aza. F'izy hoandreo izay tsy managny ndre ino ndre ino , ndre gne hanagnany aza da ho alaigny aminazy. [30] Ario
ame mizigny ivelany agny gne mpanompo tsy mendriky, agny e misy e fitomagniagny sy gne fikitroha-nify. [31] ka rehefa
avy ame voninahitriny gne Zanak'Olo sy gn'anjely rehetra miaraky Aminazy, da hidoboky eo amin'e seza fiandrianan'e
voninahiny Izy. [32] Da gne firenegny rehetra da hangonigny eo anatrehany, da hagnavaky gne olo raiky amin'e raiky hafa
Izy, akô gne mpiambigny ondry magnavaky gne ondry amin'e osy. [33] Hametraky gne ondry ho eo ankavanany Izy, fa gne
osy ame gn'akaviany. [34] Da gne mpanjaka hizaka amindreo amign'an-kavanany hoe: 'Avia, anareo izay notarihin'ny Abako,
mandovà gne fanjakany izay efa voahomagny ho anareo hatramizay nagnorenagny am'izao tontolo izao. [35] Fa mosaregny
Iao da nomenareo hanigny; mangetaheta Iao da nomenareo ho sotroigny; nivahiny Iao da nampandrosoinareo; [36] nikojy
iao da nampisikininareo; narary Iao da nokarakarainareo; da tagny am-pigadragny Iao da nandeha taminà anareo.' [37] Da
indreo marigny da namaly sady izaka hoe: 'Tompo, ovia me anay gne nahita Anao mosaregny ka namahagny Anao? Na
mangetaheta ka nampisotroinay? [38] Ovia Anao gne hitanay nivahiny ka nampandrosoinay? Na nikojy ka nampitafianay? [39]
Ovia me anay gne nahita Anao narary na t'ampigadragny ka nandeha taminao? [40] Da namaly gne Mpanjaka da nizaka
hoe: 'Zakaiko Marina aminareo, gne naninareo tamin'e rahalàko tena madiniky aby io, da naninareo taminà.' [41] Ary izy
nizaka tamin'e gn'olo aby t'ankaviany hoe: 'Misità anà, Anareo izay voahozogny, ho ame gn'afo mirehitry mandrakizay
izay efa voahomagny hoan'e devoly sy ireo anjely, [42] satria mosaregny Iao, f'izy tsy nomenareo hanigny; mangetaheta Iao,
f'izy tsy nomenareo hosotroigny; [43] nivahiny Iao, f'izy tsy nampandrosoinareo; nikojy Iao, f'izy tsy nampitafianareo;
narary sady tagpm-pigadragny Iao, fa tsy nokarakarainareo.' [44] Da hamaly avakoa indreo da hizaka hoe: 'Tompo! Ovia
anay gne nahita Anao mosaregny, na mangetaheta, na nivahiny, na nikojy, na narary, na tam-pigadragny, ka tsy nanompo
Anao? [45] Da hamaly andreo Izy da izaka hoe: 'Zakaiko Marina aminareo, fa gne raha tsy naninareo tame raiky tamindreo
madiniky io, da tsy naninareo taminà.' [46] Indreo da halefa ho ao ame fagnasaziagny mandrakizay f'izy indreo marigny da
ame fiaignany mandrakizay."

## Chapter 26

[1] Rehefa vitan'i Jesosy izany zaka marobe zany, da nizaka tamin'gne mpianatriny Izy hoe: [2] Fantatrinareo fa afaky roy
andro da ho avy gne Paska, da atolotry hofatsiagny amin'gne hazofijaliagny gne Zanak'olo." [3] Aveo gne lehiben'e
mpisorogny sy gne olombe niara-nivory tamin'gne lapan'gne mpisorona-be, izay nantsovagny hoe Kaiafa. [4] Niaraky
nagnano tetiky indreo mba hisamboragny mangigny an'i Jesosy sady hamono Anazy. [5] Fa hoy indreo hoe: "tsy amin'gne
fety, mba tsy hisian'gne korotagny amin'e olo." [6] Jesosy rehefa ta Betania tan-dragnon'i Simona boka, [7] ra nipetraky
nihinagny tamin'gne latabatry, da nisy viavy raiky nanagny tavoara alabastara feno menaky lafo vidy nagnatogny Anazy,
da nandraraky anizany tamin'e lohany. [8] Fa ra hitan'gne mpianatriny izany, da vignitry indreo da nagnao hoe: "Ino gne
anton'izao fandaniagny izao? [9] Afaky navidy lafo sady nomegny gne mahantra io." [10] Fa Jesosy, nahafantatry anizany,
nizaka andreo hoe: "Nagnino anareo gne manahiran-tsaigny an'i raviavy? Fa ra tsara gne naniny tamina. [11] Eo aminareo
mandrakariva gne sahiragny, fa Iao da tsy ho eo aminareo mandrakariva. [12] Ra nandraraky izany menaky magnitry izany
tamin'gne tegnako izy, da naninyo an'gne fandevenagny Ana izany. [13] Zakaiko marina aminareo, ndre ia ndre iahitoriagny
gne filazantsara amin'izao tontolo rehetra izao, izay nanin'ity viavy ityda ho zakaigny avokoa ho fahatsiarovagny anazy."
[14] Aveo raiky tamin'gne roy ambinifolo, gne angiagny hoe Jodasy Iskariota, nandea tamin'gne lehiben'e mpisorigny [15] da
nagnano hoe: "Omenareo ohatrino iao hanolorako Anazy aminareo?" Nandanja volafotsy madiniky telopolo indreo ho
anazy. [16] Tamin'izany fotoagny izany da nitadia fahafahagny izy mba hanolorany Anazyamin-dreo. [17] Tamign'andro
voalohan'gne mofo tsy misy lalivay da nagnotany an'i Jesosy gne mpianatry da nizaka hoe: "Aia gne tianao
hagnomananay ho anao hihinagny gne sakafon'e paska?" [18] Namaly Izy hoe: "Midira an-tanagny misy lelah raiky da zakay
izy hoe: 'Hoy gne mpampianatry hoe: "Efa akeky gne fotoako. An-dragnonao atoa Iao gne hagnano paska miaraky

amin'gne mpianatriko.''''' [19] Nanin'gne mpianatry ako izay nandidian'i Jesosy izany, da nanomagny gne sakafo paska
indreo. [20] Ra tonga gne hariva, da nipetraky nihinagny niaraka tamin'gne mpianatry roa ambin'ny folo Izy. [21] Rehefa
nihinagny indreo, da hoy Izy hoe: "Zakaiko marina aminareo fa hisy raiky aminareo hamadiky Ana." [22] Nalahelo indreo
da nanomboky nagnotany Anazy gne kiraikiraiky hoe: "Tsy ho iao mihitsy, ry Tompo?" [23] Namaly Izy hoe: "E niaraky
nagnatsoboky gne tagnany tamina tagnaty lovia gne raiky hamadiky Ana. [24] Handea gne Zanak'olo araky gn'efa
voasoratry momba Anazy. Nefa loza an'gne olo izay hamadiky e Zanak'olo! Tena tsara ho an'izany olo izany gne tsy teraky
mihitsy. " [25] Jodasy , gne hamadiky Anazy nizaka hoe: "Iao me izany, Raby?" Hoy izy taminazy hoe: "Volazanao." [26] Ra
mbola nihinagny indreo, da nangala gne mofo Jesosy, nizaotry, sady nanapaky anizany. Nomeny gne mpianatry izany da
nizaka hoe: "Reso, hano, Ity gne vatako." [27] Nangala gne kapoky Izy da nizaotry, sady nagnome izany andreo da nizaka
hoe: "Anareo marobe, sotry ity. [28] Fa itiky gne ràn'gne fagnekem-pihavanagny arotsaky ho an'gne maro ho famelan-keloky.
[29] Fa zakaiko aminareo, fa tsy hisotro gne vokatr'e voaloboky esanaky Iao, mandra-pihavian'gne fisotroagny vaovao
hiarako aminareo amin'gne fanjakan'e Raiko." [30] Rehefa nihira hira fideragny indre, da nandea tamin'e tendrombohitr'i
Oliva. [31] Aveo hoy Jesosy tamin-dreo hoe: "Anareo marobe da hiala Ana nohon'gne amina androany ariva, fa voasoratry
hoe: 'Hamely gne mpiandry ondry Iao da hiparitaky gne ondry.' [32] Fa hafaran'gne fitsanganako amin'gne maty, da hialoa
lalagny anareo a Galilia." [33] Fa Petera nagnano taminazy hoe: "Ndre da handao nohon'e aminao aza gne marobe, iao tsy
mba handao mihitsy." [34] Hoy Jesosy taminazy hoe: " Zakaiko marina aminao, fa androany ariva ndre mbola tsy magneno
gn'akoho, da handà Ana intelo anao. " [35] Petera nizaka taminazy hoe: "Ndre tsy maintsy ho faty miaraky aminao aza iao,
da tsy handà anao. "Ako izany aby gne nizakain'gne mpianatry hafa. [36] Da Jesosy nandeha niaraky tamin-dreo nandeha
amin'e toeragny antsoigny hoe Getsemane sady nizaka tamin'e mpianatriny hoe: "Midoboa etoa raha mbola handeha ery
hivavaky Iao." [37] Ninday an'i Petera miaraky amin'e zanak'i Zebedio roy là Izy sady nanomboky nalahelo sady ory. [38] Avy
teo hoy Izy tamin-dreo hoe: "Mampalahelo gne fagnahiko, akô efa ho faty. Mipetraha etoa da mihambena miaraky
aminà." [39] Nisitaky kidikidy Izy, niankohoky da nivavaky. Hoy Izy hoe: "Ry Raiko, raha azo atao, da aoka esorigny aminà
ity kapôky ity. F'izy, aoka tsy araky gne sitrapoko, fa gne sitraponao." [40] Nagnotany andreo mpianatry Izy da nahita andreo
azon-tory, da hoy Izy tamin'i Petera hoe: "Ino, tsy mahavita miambigny miaraky aminà ndre da lera raiky fotsiny me
anareo? [41] Miambena sady mivavaha mba tsy ho azon'e fakam-pagmahy anareo. Mety avao gne fagnahy, fa gne nofotry e
malemy." [42] Mbola nandeha fagnin-droiny Izy da nivavaky. Hoy Izy hoe: "Abako ô, raha tsy azo alaigny aminà ity Raha tsy
misotro Iao, da ho anigny anie gne sitraponao." [43] Niverigny indraiky Izy da mbola nahita andreo natory, fa navesatry gne
mason-dreo . [44] Da niala andreo indraiky Izy, lasa sady nivavaky fanintelony, nizaka an'io teny io avao. [45] Avy teo Jesosy
nagnatogny andreo mpianatry da nizaka tamindreo hoe: "Mbola matory sady miala sasatry me anareo? Iteo, efa mariny
gne lera, da gne zanak'Olo da hatolotry eo an-tagnan-dreo mpanota. [46] Mitsangàna, andaska isika. Iteo, efa mariny gne
hamadiky Anà." [47] Igny Izy mbola nizaka igny, da avy I Jodasy, raiky amindreo roy ambin'ny folo. Nisy vahoaky maro avy
niaraky taminazy avy ame lehiben'e mpisorogny miaraky amindreo lohologny. Avy niaraky tame sabatry da langilangy
indreo. [48] Da nagnome famataragny andreo gne lelà hamadiky an'i Jesosy, nizaka hoe: "Gne horofako, gne Izy. Sambory
Izy." [49] Teo no eo avao da nagnantogny an'i Jesosy izy da nizaka hoe: "Finaritry, Raby!" Da nagnoroky Anazy izy. [50] Hoy
Jesosy taminazy hoe: "Ry sakaiza, anio gne nandehananao tetoa." Avy teo tonga indreo, nagnampatry gne tagnany tamin'i
Jesosy, da nisambotry Anazy. [51] Indro, raiky tamindreo niaraky tamin'i Jesosy nagnampatry gne tagnany, nagnatsoaky gne
sabatriny, namira gne mpanompon'e mpisoronabe, sady nahafaky gne sofiny. [52] Avy teo hoy Jesosy taminazy hoe:
"Averegno ame plasiny gne sabatratrao, fa indreo izay mitazogny da ho vonoigny ame sabatry. [53] Mieritreritry me anareo
fa tsy afaky mangaiky any Abako Iao, sady Izy da afaky mandefa ho Anà tafik'anjely mihoatry noho gne roy ambin'ny
folo? [54] Fa anigny akognaia izany gne ahatanteraky gne Soratry Masigny, izay mizaka fa tsy maintsy hitranga izany?" [55]
Tam'izany andro zany Jesosy nizaka tamin'e fokonolo hoe: "Avy miaraky ame Sabatry da langilangy nisambotry Anà akô
dahalo me anareo? Isanandro da nidoboky nampianatry tamin'e tempoly teo Iao, fa tsy nosamborinareo. [56] Fa izany raha
aby zany da nibôky mba hahatanteraky izay voasoratin-dreo mpaminany." Avy teo da niala Anazy indreo mpianatry aby
ka nilefa. [57] Nindesindreo nisambotry Anazy tam'i Kaiafa mpisoronabe Jesosy, gne nivorian-dreo mpanora-dalàgny sy
loholo. [58] Fa Petera nagnaraky Anazy avy talavitry nandea tame tokotanin'e mpisoronabe. Niditry tagnatiny tao izy da
nidoboky niaraky tamin-dreo mpiambigny raharaha mba hahita izay hiafarany. [59] Da indreo leben'e mpisorogny sy
indreo Synedriona marobe da nitadia fitoriagny tsy marigny manohitry an'i Jesosy, mba mety ahafahan-dreo mamono
Anazy. [60] Tsy nahita nahita ndre ino ndre ino indreo, ndre da nisy mpijoro vavolombelogny maro tsy marigny avy aza
tamigneo. Da vetivety teo da nisy roy avy nagnantogny teo [61] da nizaka hoe: "Io lelà io da nizaka hoe: 'Afaky mandrava
gne Tempolin'Andriamanitry Iao da manangagny anizany indraiky afaky tell andro." [62] Nitsangagny e mpisoronabe da
nizaka taminazy hoe: "Tsy manan-kavaky me Anao? Ino zany hitorian-dreo Anao zany? [63] Fa nangigny Jesosy. Hoy gne
mpisoronabe taminazy hoe: "Mandidy Anao and gn'alalan'Andriamanitry velogny iao, zakay aminay raha Anao e Kristy,
Zanak'Andriamanitry." [64] Jesosy namaly anazy hoe: "Vôzakanao. Fa zakaiko aminareo, manombok'izao da ho hitanareo
gne Zanak'Olo hidoboky ame tagna-kavanan'e Hery, da ho avy eo ame rahon'e lanitry." [65] Avy eo gne mpisoronabe
nandrovitry gn'akanjony da nizaka hoe: "Nizaka ratsy Izy! Nagnino me isika e mbola mila mpijoro vavolombelogny?
Indro, renareo gne fizakan-dratsy izao. [66] Ino gne hevitry nareo?" Namaly indreo da nagnano hoe: "Mendriky gne ho faty
Izy." [67] Avy teo indreo nandrora gne tareny sady namango Anazy, sady nandraratefaky Anazy, [68] da nagnano hoe:
"Maminania aminay, rô Kristy. Ia gne namango Anao?" [69] Da nidoboky ivelan'e tokotany Petera, da nisy mpanompo viavy
avy nagnantogny anazy nizaka hoe: "Anao avakoa da niaraky tam'i Jesosin'ny Galilia." [70] Fa nandà anizany tamason-dreo

izy, magnano hoe: "Tsy fantako gne raha zakainareo." 71 Rehefa nivoaky gne vavahady izy, da nisy mpanompo viavy hafa
nahita anazy da nizaka tamindreo teo hoe: "Ity lelà ty avako da niaraky tam'i Jesosy lat'e Nazareta." 72 Mbola nandà
indraiky izy niaraky tame fitangegny hoe: "Tsy fantako zany lelà zany!" 73 Rehefa afaky kidikidy da nagnatogny andreo
izay nitsangagny teo sady nizaka tamin'i Petera hoe: "Anao avakoa da tena raiky tamindreo, fa gne fomba firesahanao da
mitory Anao." 74 Avy teo izy nanomboky nagnozogny sady nitangeggny da nizaka hoe: "Tsy fantako izany lelà zany." Da
teo no eo da nagneni gn'akoho. 75 Tadidin'i Petera gne zaka nambaran'i Jesosy hoe: "Mbola tsy magneno akoho da handà
Ana intelo Anao." Avy eo Izy nivoaky sady nitomagny fatratry.

Chapter 27

1 Da rehefa avy gne mandraigny, da nitetiky hanohitry an'i Jesosy mba hamono Anazy gne lehiben'e mpisorogny sy gne
loholo aby. 2 Indreo namatotry Anazy, mitariky Anazy tagny ivelany, sady hanolotry Anazy tamin'i Pilato governora. 3 Da
Jodasy, gne hamadiky Anazy, rehefa nahita fa voaheloky Jesosy, da nibebaky Izy sady namerigny ireo volafotsy telopolo
tamin-dreo lehiben'e mpisorogny sy indreo loholo, 4 sady nizaka hoe: "Magnota iao tame namadiako rà tsy manan-tsiny."
Fa indreo nizaka hoe: "Aninay ino? Anao zany." 5 Da natsipiny tagnatin'e tempoly tao gne volafotsy aby io, da niala, sady
nijotso ary nagnantogny gne tegnany Izy. 6 Indreo lehiben'e mpisorogny nangala gne volafotsy aby da nizaka hoe: "Tsy
ara-dalàgny gne mametraky an'ity ame fagnegnegnam-bola, satria ity da vidin-drà." 7 Niaraky niresaky gn'olo indreo sady
nividy gne sahan'e mpambôtry vilagny tanimanga izay handevenagny ireo vahiny tamin'e vola aby io. 8 Da izay gne
antony nangnangiagny an'izany saha zany hoe: "Sahan'e Rà" mandrak'ankehitriny. 9 Ary da tanteraky gne vozaka
tamin'ny mpaminany Jeremia, magnano hoe: "Nangala gne volafotsy telopolo indreo, vidy nagnombagn'e
fokonolon'Israely Anazy, 10 sady indreo nagnome anizany ho an'e sahan'e mpambôtry vilagny tanimanga, arak'e
nambaran'e Tompo anà." 11 Ary Jesosy nitsangagny talohan'e governora teo, da gne governora nagnotany Anazy hoe,
"Anao me gne mpanjakan-dreo Jiosy?" Jesosy namaly anazy hoe: "Voalazanao ." 12 Fa rehefa nitorin-dreo lehiben'e
mpisorogny sy gne loholo Izy, da tsy namaly ndre ino ndre ini,. 13 Da nizaka taminy Pilato hoe: "Tsy regninareo me gne
fitoriagny aby atao aminao?" 14 Fa tsy namaly ndre da zaka raiky Izy, gaga tokôtry noho izany gne governora. 15 Sady
isakin'e firavoravoagny da fomban'e governora gne mamotsotry gadra raiky voafidin'e fokonolo. 16 Tamin'io fotôgny io,
nanagny gadra malaza ratsy antsovagny hoe Barabasy indreo. 17 Noho izany refa niara-nivory indreo, da hoy Pilato tamin-
dreo hoe:"Ia gne tianareo halefako ho anareo? Barabasy, sa Jesosy izay antsovagny hoe Kristy?" 18 Fantany fa nohon'e
fialonagny gne nanoloran-dreo an'i Jesosy tamin'azy. 19 Raha nipetraky tamin'e seza fitsaragny izy, da nandefa zaka
tamin'azy gne vandiny da nagnano hoe:"Tsy managny na ino na ino hanigny amin'ity lelà tsy manan-tsigny ty iao. Fa
mataotry lôtry iao androany nohon'e nofy azoko momba an'Azy." 20 Da gne lehiben'e mpisorogny izy ame lohologny
nandresy lahatry gne fokonolo mba hangataky an'i Barabasy, da hampamono an'i Jesosy. 21 Nagnotany andreo gne
Governora hoe:" Ia amin-dreo roy gne tianareo halefako ho anareo?" Hoy indreo hoe:" Barabasy." 22 Pilato nizaka
tamindreo hoe:" Ino gne tokony ataoko amin'i Jesosy izay antsovagny hoe Kristy?" Izy aby namaly hoe:" fantsiho amin'e
hazofijaliagny Izy." 23 Da hoy Izy hoe:" Nagnino, ino gne heloky namboariny?" Fa vô maiky indreo nizaka mafy hoe:"
Fantsiho amin'e hazofijaliagny Izy." 24 Fa refa hitan'i Pilato fa tsy afaky hagnano na ino na ino izy, kanefa efa nanomboky
gne resandresaky, da nangala rano izy, nanasa gne tagnany tamason'e fokonolo, sady nagnano hoe:" Tsy manan-tsigny
amin'e ràn'ity lelà tsy manan-tsigny ty iao.Fa asanareo zany." 25 Gne olo aby nizaka hoe:" Ho aminay Izy ame zanakay anie
gne ràny." 26 Da nalefany ho andreo Barabasy, fa nively karavasy an'i Jesosy izy da nanolotry Anazy ho fantsihigny. 27 Aveo
gne miaramilan'e governora nangala an'i Jesosy ho agny an-dapa sady nandagno gne vondrogny miaramila agnaby. 28
Nangala gne fitsikinany indreo da nampagnano lamba jaky Anazy. 29 Nagnambôtry satro-boninahitry fantsy indreo da
nametraky an'izany tan-dohany, da nametraky angira tamin'e tagnany ankavagny. Nandohaliky tagnatrehany indreo sady
nagnabarabara Anazy, nagnano hoe:" Akôriaby, ry mpanjakan'e Jiosy!" 30 Nandroran-dreo Izy, sady nalain-dreo gne angira
da namango Anazy in-maro be tamin'e lohany. 31 Refa avy nagnabarabara Anazy indreo, da nangala gne lambany sady
nampitafy Anazy gne lambany, da ninday Anazy nijotso mba hamantsiky Anazy amin'e hazofijaliagny. 32 Refa nijotso
indreo, da nahita lelà raiky avy agny Syrena natsovagny hoe Simona, izay noteren-dreo hiaraky amindreo mba
hampijongaigny gne hazofijaliagny. 33 Negnagny amin'e toeragny antsovagny hoe Golgota indreo, izay midika hoe "
Toeran'e Karandoha." 34 Nomen-dreo divay mifangaro amin'e afero Izy mba ho nominy. Fa refa nandramany zany, da tsy
ninagny Izy. 35 Refa nofantsihan-dreo tamin'e hazofijaliagny Izy, da nataon-dreo loka gne fizaragny gne fitsikinany, 36 da
nipetraky indreo da nijanogny niambigny Anazy. 37 Tambonin'e lohany gne nametrahan-dreo soratry mizaka gne
nagnamelohagny Anazy, izay mivaky hoe:" Ity gne Jesosy, mpanjakan'e Jiosy." 38 Nisy dahalo Roy nofantsihagny niaraky
taminazy, gne raiky takavanany da gne raiky t'ankaviany. 39 Gne nandalo da nanevateva an'Azy, nagnifikifiky gne
lohandreo 40 sady nagnano hoe: "Anao izay handrava gne fengonagny sady hagnamboatry an'izany indraiky agnatin'e telo
andro, vonjeo gne tegnanao! raha Anao gne Zanak'Andriamanitry, midigna tegny ame hazofijaliagny!" 41 Ako izany koa
gne zakaben'e mpisorogny nagneso an'Azy, niaraky tam'ireo mpanora-dalagny izy am'ireo lohologny, sady nizaka hoe: 42
"Nagnavotry gne hafa Izy, fa tsy afaky magnavotry gne tegnany. Izy gne mpanjakan'Israely. Avelay Izy hidigny egny ame
hazofijaliagny, da hino an'Azy atsika. 43 Natoky an'andriamanitry Izy, avelay Andriamanitry hamonjy an'Azy izao, raha
mankasitraky gne hagnafaky an'Azy Andriamanitry. Fa ndre Izy aza da nizaka hoe: 'Iao gne Zanak'Andriamanitry.'" 44 Akô
izany koa ireo dahalo izay nofantsihagny niaraky tamin'Azy nizaka fanevatevagny tamin'Azy avakoa. 45 Sady nanomboky

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tame lera faha enina da nandrakotry gne tany agnaby gne mizigny ka hatrame lera fahasivy. 46 Teo ame lera fahasivy, da
nitoreo tame feo mafy i Jesosy sady nagnano hoe: "Ely, Ely,lamà sabaktani?" Izay midika hoe: "Andriamanitriko,
Andriamanitriko, nagnino Anao da niala Anà?" 47 Refa regnin'e sasany tam'ireo izay nitsangagny teo izany, da hoy indreo:
"Magnantso an'i Elia Izy." 48 Teo no eo da nihazakazaky gne raiky tamindreo sady nangala epônjy, da nolemany tame
vinegra izany, nohonizany tame bararata izany, da nomeny an'Azy ho ndranominy. 49 Gne sasany tamindreo nizaka hoe:
"Avelay Izy. hohitatsika eo Raha ho avy hamonjy an'Azy i Elia." 50 Da nitoreo tame feo mafy indraiky I Jesosy sady
nanolotry gne fagnahiny. 51 Indro, gne lamban'e fengonagny rivatry nizara roy latambony ka hatra ambany, sady
nihorohoro gne tany, sady vaky sasaky gne vatolampy. 52 Nivoha gne kobory, sady gne fatin'e olon'Andriamanitry maro da
nitsangagny agnaby. 53 Indreo da nijotso avy tao ame kobory tafaran'e fitsanganagny tame maty, niditry gne tanàgny
masigny. sady nibôky tame maro. 54 Sady gne kapiteny izy am'ireo izay nagnety an'i Jesosy refa nahita gne horohoron-tany
izy am'ireo raha nibôky, da lasa natahotry mafy sady nagnano hoe: "Zanak'Andriamanitry marigny ity." 55 Nisy viavy
maro izay nagnaraky an'i Jesosy hatragny Galilia mba hikarakara an'Azy teo nagnety egny alavitry. 56 Tamindreo Maria
Magdalena,Maria endrin'i Jakoba izy am'i Josefa, da iendrin'ireo zanak'i Zabedio lelà. 57 Refa aligny gn'andro, da nisy lelà
raiky manan-dra avy agny Arimatia avy, antsovagny hoe Josefa, izay mpianatr'i Jesosy avakoa. 58 Nagnatogny an'i Pilato
izy sady nangataky gne fatin'i Jesosy. Da nobekoin'i Pilato omegny an'azy izany. 59 Nangala gne faty Josefa, nofognosiny
tame lamba rongony madio, 60 sady napatoriany tame kobory vaovao izay nolavahany tame vatolampy. Da
namaringarigny gne vato be nandrakotry gne varangaran'e kobory izy da nijotso. 61 Maria Magdalena izy am'ireo Maria
hafa da teo, nipetraky tagnilan'e kobory. 62 Gn'andro magnaraky, izay andro afaran'e fagnomagnagny, da niara nilagno
tamin'i Pilato ireo lehiben'e mpisorogny izy am'ireo Fariseo. 63 Hoy indreo hoe: "Tompoko, tadidinay fa tame
favelognin'igny mpamitaky igny, da hoy Izy hoe: 'Afaran'e telo andro,da hitsangagny indraiky Iao.' 64 Ka noho izany,
mandidia mba ho ambenagny gne kobory hatrame gn'andro fahatelo, Raha tsy izany ireo mpianatriny mety ho avy da
hangalatry an'Azy da hizaka amign'olo hoe: 'Nitsangagny tame maty Izy', sady gne fitaky farany da ho ratsy nohon'e tame
voalohany." Teo no eo da nihazakazaky gne raiky tamindreo sady nangala epônjy, da nolemany tame vinegra izany,
nohonizany tame bararata izany, da nomeny an'Azy ho ndranominy. Gne sasany tamindreo nizaka hoe: "Avelay Izy.
hohitatsika eo Raha ho avy hamonjy an'Azy i Elia."

Chapter 28

1 Avy tame gn'alalan'e Sabata, Raha vatany vô nanomboky mangiran-dratsy gn'andri voalohagny ame gn'herignandro, da
dila nandeha nagnety e kobory Maria Magdalena miaraky amin'i Maria raiky hafa. 2 Indro, nisy horhoron-tany be, fa
gn'anjelin'e Tompo e nidigny avy lat'andangitry, avy sady namaringarigny e vato, da nidoboky t'ambonin'izany. 3
Gn'endrikiny da ak9 gne tselatry, da gn'akanjony da fotsy akô oram-panala. 4 Nalia indreo mpiambigny da nivadiky akô
lelà maty. 5 Niresaky tamin-dreo viavy igny anjely igny da nizaka tamindreo hoe: "ka Malia, fantako fa nitadia an'i Jesosy
anareo, gne nofantsihagny tame hazofijaliagny. 6 Tsy atoa Izy, fa efa nitsangagny, araky gn'efa nozakainy. Avia iteo gne
toeragny izay natorian'e Tompo. 7 Mandehana malaky da zakay gne mpianatriny hoe: "Nitsangagny tame maty Izy". Indro,
efa nandeha nitariky anareo aloha e Galilea Izy. Agny gne hahitanareo Anazy.' Indro, efa nizakaiko taminareo." 8 Niala
nalaky gne kobory tame tahotry sady tame hafaliagny zakabe indreo viavy, sady nihazakazaky mba hizaka gne
mpianatriny. 9 Indro, nifanepaky tamindreo Jesosy da nizaka hoe: "Arahaba!" Nagnatogny andreo viavy, mitazogny gne
tongotriny sady nidera Anazy. 10 Da avy eo Jesosy nizaka tamindreo hoe: "Ka malia. Mandehana mizaka amindreo ralàko
e Galilia. Agny gn'ahitandreo Anà." 11 Da igny indreo viavy mbola nandea igny, indro, gne sasany tamindreo mpiambigny
nandea tame tanàgny zakabe da nizaka tame lohan'e mpisorogny gne raha aby nibôky. Rehefa 12 nifanepaky tamin-dreo
loholo gne mpisorogny da nikoragny mikasiky gn'olo tamindreo, da nagnome vola be andreo miaramila indreo da 13
nizaka andreo hoe: " zakay ame gn'afa hoe: 'Avy tame gn'andro aligny e mpianatr'i Jesosy da nangalatry gne vatany raha
mbola natory iay.' 14 Raha avy agny ame governora izany tatitry izany, da handresy lahatry anazy isika sady angala gne
tebiteby aminareo. 15 Sady da nalain'e miaramila mgne vola da nagnano arak'izay efa nozakaigny anazy indreo. Da izany
tatitry izany da nieli-patragny tamin'e Jiosy da mitohy mandrak'ankehitriny aza. 16 Fa nandea e Galilea indreo mpianatry
raiky ambin'ny folo, tame tendrombohitr'y izay efa nambaran'i Jesosy andreo. 17 Rehefa nahita Anazy indreo, da nidera
anazy, fa gne sasany kosa nisalasala. 18 Nagnantogny andreo Jesosy da nikoragny tamindreo da nizaka hoe: "Efa nomegny
fahefagny aby agny an-dagnitry sy ety an-tany. 19 Koa mandehana da anio tonga mpianatriko gne firenegny aby io. Anivo
batisa indreo ame gn'agnaran'e Ray, gne Zanaky, da gne Fagnahy Masigny. 20 ampianaro indreo hagneky gne raha aby izay
nandidiako anareo. Indro, miaraky aminareo fezay Iao, ndre hatramin'e fitaperan'izao tontolo izao aza."

# Mark

Chapter 1

1 Ity gne fiandohan'e filazantsaran'i Jesosy Kristy, e zanak'Andriamanitry. 2 Arak'e voasoratry amign'Isaia mpaminany hoe:
"Itoa, iao magniraky e irako ialoha Anao, e raiky agnamboatry e lalagninao. 3 Misy feo regny mangaiky mafy latagny ame
tany fôgny hoe: "Amboaro vonogny e lalagn'e Tompo; mahitsy e lalagn'ombany.'" 4 Avy Jaona, nagnano batisa tagny ame
tany fôgny sady nitory gne batisan'e fibebahagny ho amin'e famelan-keloky gne ota. 5 Gne tanin'e Jodia agnaby sy gne

fokonolo ao Jerosalema da avy nagnatogny an'azy. Naniny batisa tam'e ranon'i Jordana indreo, refa nagneky gne
fahotany. [6] Nisikigny akanjo volon-drameva i Jaona ary nagnano etry hoditry tamin'e vaniany, sady valala sy titely remby
gne noaniny. [7] Nagnambara izy hoe: "Misy raiky ho avy magnarak'anà zay mahery amboniko, ndre iao da tsy mendriky
gne angalaky gne tadin'ny gne kapany azaky. [8] Iao nagnano batisa anareo tamin'e rano, fa Izy hagnano batisa anareo
amin'e Fanahy Masina." [9] Tamign'e andro niavian'i Jesosy lata Nazareta ta Galilia gne niboan'izany. Sady nanin'i Jaona
batisa tamin'e ranon'i Jordana Izy. [10] Raha niboaky gne rano Jesosy, da hitany nivoha gne lagnitry da nidigny tamin'Azy
ako voromamanga gne Fagnahy. [11] Da nisy feo latan-dagnitry nagnano hoe: "Anao gne zanako malalako. Ekeko Anao." [12]
Aveo da nindesin'gne Fagnahy tagny am'e tany fôgny Jesosy. [13] Efapolo andro Izy gne tagny am'e tany fôgny, nalaigny e
devoly fagnahy. Niaigny niaraky tame bibidia Izy, ary nanompo an'Azy aby gne anjely. [14] Refa vôsambotry i Jaona, da
tonga ta Galilia Jesosy nitory gne filazan-tsaran' Andriamanitry. [15] da nizaka hoe: "Efa avy gne fotoagny, da efa akaiky gne
fanjakan'Andriamanitry. Mibebaha da minoa gne filazantsara." [16] Refa nandeha tamoron-dranomasin'i Galilia Izy, da
nahita an'i Simona sy Andrea rahalahin'i Simona nagnarato, satria pagnarato indreo. [17] Hoy Jesosy tamin-dreo hoe: "Avia,
magnaraha Anà, fa avadiko ho pagnarato olo anareo." [18] Tonga da nagnapetraky gne arato indreo da nagnaraky an'Azy. [19]
Refa nandeha lavidavitry i Jesosy, da nahita an'i Jakoba zanak'i Zebedio sy Jaona ralàhany; izay t'ambony lakagny
nagnambotry gne arato. [20] Nangaiky andreo Izy ka avy da nilozany t'ambony lakagny i Zebedio iabany niaraky tam'e
mpiasa, ka nagnaraky an'Azy indreo. [21] Aveo da avy ta Kapernaomy tao indreo, ary tamign'andro Sabata, da nitsofoky
tam'e synagoga Jesosy, da nampianatry. [22] Gaga tame fampianarany indreo satria nampianatry andreo akô gn'olo
managny fahefagny Izy fa tsy akô gne panora-dalàgny. [23] Avy eo da nisy lelà raiky tam'e synagogan-dreo zay nanagny
fagnahy maloto nizaka mafy, [24] nagnano hoe: "Ino gne ifandraisanay aminao, ry Jesosy lata Nazareta? Avy hamotika anay
me Anao? Lalako hoe ia Anao. Anao e Masin'andriamanitry!" [25] Nizaka mafy gne demonia Jesosy hoe: "Mangigny da melà
amin'azy!" [26] Da nandavo sy niala tamin'azy gne fagnahy maloto ka nimenimenigny tamin'e feo mahery. [27] Gaga agnaby
gne fokonolo, ka nifagnotany hoe: "Ino ty? Fampianaragny vaovao misy fahefagny? Bekoiny ndre da gne fagnahy maloto
azaky da magneky an'Azy indreo!" [28] Gne vaovao mikasiky an'Azy da niparitaky tam' e faritr'e Galilia raiky manontolo. [29]
Refa nijotso gne synagoga, da avy tan-dragnon'i Simona sy Andrea indreo, niaraka tamin'i Jakoba sy Jaona. [30] Sady gne
rafozam-bavin'i Simona da natory nararin'gne tazo, da nozakain-dreo an'i Jesosy gne mikasikan'azy. [31] Da nagnatogna Izy
da nitagna an'azy tam'e tagnany, sady nagnarigny an'azy; tonga da nisinda gne tazony. Da nanomboky nanompo an'azy
izy. [32] Tamin'io sondrognadro io, tafarany gne filetehany gne masoandro, da nindesin-dreo tamin'azy aby gne marary na
gne misy tromba. [33] Tafalagnogny tam-barangaragny gne tanàgny raiky; manontolo. [34] Nagnasitragny olo maro
nararin'gne aretigny maro karazany Izy da nandroaky demonia maro fa tsy napetrany ijaka gne demonia satria
nahafantatry an'Azy indreo. [35] nifoha nandraigny be Izy, la mbola mijigny gne andro; nenga teo Izy ka nandeha tagny ame
toeragny mitokagny da teo Izy gne nivavaky. [36] Nitady an'Azy i Simona sy indreo ze niaraky tamin'azy. [37] Nahita an'Azy
indreo da nizaka tamin'azy hoe: "Mitady Anao aby gn'olo." [38] Da hoy Izy hoe: "Andao itsika ho agny ame toeran-kafa, agny
ambadiky ame tanagny magnodidigny, mba ahafahako mitory teny agny avao koa. Fa izany gne antony nijotsoako taty." [39]
Da nitety an'i Galilia aby Izy, nitory teny tame sinagogan-dreo sady nandroaky demonia maro. [40] Nisy boka raiky avy
tamin'azy. Nandadilady tamin'azy izy; nandohalika tamin'Azy da nizaka tamin'Azy hoe: "La ekenao, da afaky magnadio
anahy Anao. [41] Nafiraigny an'azy, da nagnapatry gne tagnany Jesosy da nikasika an'azy, nizaka tamin'azy hoe: "Ekeko.
Madiova anao." [42] Tonga da nenga tamin'azy gne habokagny, da nadio izy. [43] Nampitandrigny mafy an'azy Jesosy da
nandefa an'azy. [44] Hoy Izy tamin'azy hoe: "Tandremo tsy hijaka ndre ino ndre ino ndre amin'ia ndre amin'ia anao, fa
mandiana, aboahy ame pisorogny e tegnanao da magnamboara fagnatitry tame fagnadiovagny anao araky gne
nandidian'i Mosesy, mba ho fijoroagny vavolombelogny ho andreo." [45] Fa nijotso izy da nanomboky nizaka tame fokonolo
da nagnaparitaky gne zaka da tsy afaky gne niditry an-kahalalagny tame tanàgny sanaky koa Jesosy. Ka nandea tame
toeragny mitokagny Izy da nagnatogny an'Azy gn'olo avy ame toeragny maro.

## Chapter 2

[1] 1 Refa nipody tà kapernaomy izy tafarafara taty, da re fa t'andragno izy. [2] 2Maro be gnolo nitangorogny tao da lasa tsy
nisy nipetrahagny koa, ndre gne tambarangara aza, sady nagnambara tamindreo gne zaka Jesosy. [3] Da nisy lelà
maromaro nagnatogny Anazy izay ninday lelà malemy raiky; izay nobatain'olo efa-dàhy. [4] Refa tsy afaky nagnatogny Azy
akaiky indreo nohon'e hamarozan'e fokonolo, da nalaindreo gne tafotragno t'ambonin'i Jesosy,sady refa voasokatr'indreo,
da nampidignin-dreo e fandria izay natorian'e lelà malemy. [5] 5Laha nahita ny finoandreo izy, da hoy Jesosy tame lelà
malemy hoe: "Anaka,voavela gne helokao." [6] Sady nisy sasany tamindreo mpanora-dalàgny nimpetraky eo, da
nimenimenina tame fondreo hoe: [7] "Akognaia no ahafan'io lelà io mizaka ako izany? Mizaka ratsy izy! Fa tsy
Andriamanitra raiky avao me e afaky mamela heloka?" [8] Fa Jesosy nahafantatry lahateo ame fagnahiny e râ
noeritreretin-dreo. Sady hoy izy tamindreo hoe: "Nagnino anareo mieritreritra izany ao am-ponareo? [9] Ino gne moramora
amin'azy mizaka e lelà malemy hoe:'Voavela gne helokao' sa gne hoe:'Mitsangàna, indeso ny fandrianao, ka mandehana'?
[10] Fa ahafantaran-dreo fa managny fahefagny hamela heloka etoa an-tany zanak'olo," hoy Izy tamin'e malemy hoe: [11]
"Zakaiko aminao, mitsangàna, indeso gne fandrianao, da nandeha agn ame tragnono". [12] Da nitsangagny izy ninday e
fandriany avy hatrany, sady nijotso e tragno anatrehan'olo agnaby, da gaga gn'olo agnaby ary nagnome voninahitry
an'Andriamanitra, sady hoy indreo hoe: "Tsy mbola nahita râ ako ity ahay." [13] Avy eo ninjotso tagny amoron-dranomasina

indraiky Izy, sady nanantona anazy gne fokonolona, ka nampianarigny indreo. [14] Sady refa nandalo Izy da nahita an'i
Levi zanak'i Alfeo nidoboko tamin'e toeragny fanangonana hetra, da hoy Izy tamin'azy hoe: "Magnara anà. "Da
nitsangana izy ka nagnaraky Anazy. [15] Nihinagny tame tragnony Levy Jesosy miaraky ame mpandagno hetra sady gn'olo
mpanota maro e niara-nihinagny tamin'azy miaraky ame mpianatriny, fa maro indreo tagny nagnaraky Anazy. [16] Sady
indreo mpanora-dalàgny, e Fariseo,refa nahita an'i Jesosy niaraky nihinagny tamindreo gn'olo mpanota miaraky tame
mpandagno hetra, da nagnotany e mpianatriny hoe: "Nagnino Izy miaraky mihinagny ame mpandagno hetra sady gn'olo
mpanota?" [17] Refa nahare izany Jesosy da hoy Izy tamin-dreo hoe: "Tsy gne salama e mitadia mpitsabo; fa izay marary
raiky avao e mitadia anazy. Tsy avy angaiky gn'olo marigny Iao,fa gn'olo mpanota." [18] Sady nifady hanigny indreo
mpianatr'i Jaona miaraky ame Fariseo. Lelà maromaro e nagnatogny Anazy da nizaka hoe: "Nagnino gne mpianatr'i
Jaona izy ame mpianatr'indreo Fariseo gne mifady hanigny, fa gne mifady hanigny, fa gne mpianatrao koa tsy mba
mifady hanigny?" [19] Da hoy Jesosy tamindreo hoe: "Afaky mifady hanigny gne mpanatriky e fampakaragny raha mbola eo
gne mpampkatry, da tsy afaky mifady hanigny indreo. [20] Ho avy gn'andro angalagny mpampakatry amindreo, da
amin'zay andro zay, gne hifady hanigny indreo. 21 Tsy misy manampigny lamba tota ame lamba vaovao, raha tsy izany
da hiala ame tapa-damba, gne vaovao hiala ame taloha, sady vao maiky ratsy gne faharovitany. [22] Da tsy misy olo magnisy
divay vaovao agnatiny siny hoditra efa tota, raha tsy izany da ho lasa ho rivotry e divay gne hoditra ka samy ho very ny
divay sy gne siny hoditra.Fa izy divay vaovao atao anaty siny vaovao." [23] Tamign'andro sabata Jesosy nandeha tagny ame
tanimbary maromaro, sady nanomboka nihila salohimbary gne mpianatriny. [24] Da hoy gne Fariseo tamin'azy: "Taragno,
nagnino indreo magnano raha tsy araky ny lalan'e gn' andro sabata?" [25] Da hoy Izy tamindreo hoe: "Mbola tsy
novakianareo kaikay e nataon'i Davida tame tsy fahampiagny sy gne mosary igny- sady e lelà niaraky tamin'azy- [26] Ino ny
fomba idiragny ame tragnon'Andriamanitry ame andron'Iabitara mpisoronabe, da nihinagny mofonigny ho
fanatrehagny, zay tsy ara-dalàna na iza na iza mihinagny anazy afa-tsy gne mpisorona avao, sady mbola nagnomezagny
maro e niaraky tamine aza?" [27] Jesosy nizaka hoe: " Gne Sabata da namboarina hoan' ny zanak'olombelogny, fa tsy ny
zanak'olombelogny hoan'ny Sabata. [28] Nohon'izany, e Zanak'Olo gne Tompo, na da ame Sabata aza."

Chapter 3

[1] Da nandeha tamé synagoga i Jesosy sady nahita lelà maty tàgnagny tao. [2] Nagnety mariny an'Azy e olo sasantsasany mba
hahita e hagnasitragnagny an'azy amin'e Sabata Izy mba ahazoandreo magnameloky an'Azy. [3] Hoy jesosy tamin'ity lelà
maty tagnagny ity hoe: "Mitsangàna da mijoroa etoa ategnategnan'olo agnaby etoa." [4] Da nizaka tamin'e olo izy hoe: "Ara-
dàlagny me e magnano tsara amin'e andro sabata sa e magnano ratsy; e magnavotr'aigny, sa e mahafaty?" Ndre indreo
tsy nahavagno nizaka. [5] Nagnety andreo tamin-kavigniragny i Jesosy, sady nalahelo Izy nohon'e hamafin'e fo ndreo, da
nizaka tamin'ity lelà ity izy hoe: "Ampahitsio e tagnanao." Da namparin'ity lelà ity e tagnany da sitragny. [6] Nijotso e fariseo
sady nivitsikitsiky nalaky niaraky tamin'e Herodiana hitady e fomba hamonoagny an'Azy. [7] Avy teo Jesosy, niaraky tamin'e
mpianatriny, nandeha an-dranomasigny, sady nisy fokonolo maro nagnaraky avy tagny Galilia sy Jodia [8] da avy tagny
Jerosalema sy Edoma da nahatratry e ranon'i Jordana sy e magnodidigny an'i Tyra sy Sidona. Refa naharegny e momba e
raha namboarindreo, da nisy fokonolona maro nagnatogny Azy. [9] Da nampitady lakagny e mpianatriny Jesosy ho an'Azy
nohon'e hamaroan'e olo teo, mba tsy hampifapisisiky e olo Izy. [10] Noho Izy nagnasitragny gne olo maro, da nifarombaky
nagnatogny an'Azy e olo agnaby e nanagny aretigny mba hikasiky an'Azy. [11] Isaky e mahita an'Azy e devoly, da nandoaliky
alohany teo sady nitoreo, da hoy indreo se: "Anao e zanak'Andriamanitry." [12] Nozakaniny mafy indreo mba tsy
hampahafantatry an'Azy. [13] Niakatry tagny ambonin'e vohitra Izy, da nangaiky andreo tiany, da nandeha amin'Azy indreo.
[14] Nanendry andreo roa ambinifolo lahy (izay nangiany hoe Apostoly), Mba hahafahandreo miaraky aminy sy
hahafahany mandefa andreo hitory ny hafatriny, [15] sady hanagna-ndreo fahefagny handroaky e devoly. [16] Avy teo da
nanendry andreo roa ambinifolo Izy; Simona, e nomegny agnarana hoe Petera; [17] Jakoba zanak'i Zebedio sy i Jaona
rahalany, e nomegny e agnaragny hoe Baonarijesy, e midika, zana-baratra; [18] da i Andrea, filipo, Baritolomeo, Matio,
Tomasy, Jakoba zanak'i Alfeo, simona zelota, [19] da Jodasy Iskariota, e hamadiky an'Azy. [20] Da nody tandragno Izy, da
niaraky avy indraiky e fokonolo, hagny ka tsy afaky nihinagny etsana indreo. [21] Refa naregny e momban' izany gne
havany, da nijotso indreo hangala an'Azy,satria nozakan'indreo hoe: "Mola Izy." [22] Da e mpanora-dalana nidigny tagny
Jerosalema da nizaka fa: "Ipetrahan'i Belzaboba Izy", da "amignalalan'e devoly gn'androahany e devoly." [23] Da nangian'i
Jesosy handeha amin'Azy indreo da nizaka andreo tamin'e alalan'e fagnoharany hoe: "Akôry e hahafahan'e satana
mandroaky an'e Satana? [24] Raha misy fanjakagny miady andragno, da ho rava izany. [25] Da raha misy tokan-tragno miady
andragno, da tsy haharitry izany tokan-tragno izany. [26] Raha nitsangagny nanohitry gne tegnany e Satana sady nisaraky,
da tsy haharitry, da hifaragny. [27] Fa tsisy mahazo miditra andragnon'e lelà raiky matanjaky sady mangalatry e fanagnany
raha tsy mavoafehy e matanjaky aloha, zay vao mamaky e tragnony izy avy eo. [28] Zakaiko marina aminareo, ho vôvela
gne otan'e zanak'olombelogny, izy ame zaka ratsy agnamby avoakin'e vavany, [29] fa gne mizaka ratsy e Fagnahy Masigny
kosa, da tsy ho voavela heloky mihitsy, fa ratsy mandrakizay." [30] Nagnambara izany i Jesosy nohon'e fizakandreo:
"Managny Fagnahy ratsy Izy." [31] Avy eo da avy i endriny izy ame rahalàny da nitsangagny t'atàny. Nandefa olo
nampafantatry an'Azy indreo, da nampangaiky an'Azy. [32] Nipetraky magnodidigny an'Azy e fokonolo da hoy indreo
tamin'Azy hoe: "I endrinao izy ame rahalànao da atàny gnao, sady mitady Anao indreo." [33] Namaly Izy hoe: "Ia me i
endriko izy ame rahalàko?" [34] Sady nagnety olo magnodidigny an'Azy Izy da hoy izy hoe: "Iteo, itoa i endriko sy e

rahalàko! [35] Ndre ia ndre ia e magnano e sitrapon'Andriamanitry, da izany olo izany e ralahàko, da anakaviko, da i endriko."

Chapter 4

[1] Da nanomboky nampianatry t'amoron-dranomasigny indraiky Izy, da nisy fokonolo marobe nitangorogny nagnodidigny an'Azy. Niditry tagnatiny e lakagny izay t'andranomasigny Izy, da nidoboky tao Izy. E fokonolo agnaby avakoa da nijanogny t'amoron-dranomasigny. [2] Nampianatry andreo raha maro tamign'alalan' e fagnoharagny Izy, sady tamin'e fampianaragny, da ity e nozakainy tamindreo. [3] "Tenomy, nisy mpamafy handeha hamafy voa. [4] Da raha namafy izy, da nisy voa sasany niraraky tame lalàgny, da avy e vorogny sady nihinagny an'azy. [5] E voa sasany niraraky tame tany feno vatovato, izay tsisy tany lotry. Avy da nitsimoky indreo, satria tsy laligny e tany nisy an'azy. [6] Fa refa niboaky e masoandro, da nalazo indreo, satria tsisy vatriny indreo, da maigny. [7] E voa hafa niraraky tame tany feneo fatsy. Da nitsimoky nezakabe io fatsy io da nangejagny an'azy, da tsy namoa voa. [8] Gne voa hafa niraraky tame tany tsara da namokatry t'am-pitomboagny da nemaro, da gne sasany nanagny isiky telopolo agny, e sasany enimpolo, da e sasany zato. " [9] Avy eo da nizaka izy hoe: "Izay managny tadigny afaky hitenomagny, da aleo izy hiteno!". [10] Refa raiky igny i jesosy, da nagnontany an'Azy momba an'io fagnoharagny io indreo takeky an'Azy miaraky ame pianatriny roambinifolo. [11] Hoy Izy tamindreo hoe: " Ho anareo e nagnomezagny e raha mifiny ame fanjakan' Andriamanitry. Fa ho andreo ambadiky agny da fagnoharagny agnaby izany, [12] mba ame fotoagny hagnitendreo, da agnety indreo, fa tsy ahita, sady ame fotoagny hitenomandreo, da ahare indreo,fa tsy hahafantatry izany, ndre hiodigny indreo da hamindra fo amindreo Andriamanitry ". [13] Da hoy izy tamindreo se: "Tsy hazonareo me izany fagnoharagny izany? da akoignaia izany gne hahazoanareo e ohatry maro hafa sa? [14] E mpamboly mamafy e voa da ilay tokagny izay mamafy e zaka. [15] da akoitoa e niraraky tame lalagny, izay namafazagny e zaka, fa vatany vo rendreo izay da avy e Satana da angalatry gne zaka izay voafafy tamindreo. [16] Itoa e voafafy tame tany be vatovato, izay, refa nahare gne teny da avy da nandray izany tame fifaliagny. [17] Tsy misy vatriny ao amindreo, fa maharitry fotoagny kidikidy avao. Da avy gne fahoriagny na gne fagnenjehagny avy ame zaka, da avy da lavo indreo. [18] Gne hafa ankohatry gne voafafy tame tany feno fatsy. Rendreo gne zaka, [19] fa gne fagnahin'izao tontolo izao, gne famitahany gnaregny, sy gne filagny gne raha hafa da tafiditry ka manempotry gne zaka,da tsy mamoha vokatry izany. [20] Fa ireo voafafy tame tany tsara da izay nahare e zaka ary nitazogny an'azy. ka namoa vokatry indreo_ telopolo, enimpolo na avo zato agnin'izay nafafy." [21] I Jesosy nizaka tamindreo hoe: "Gne jiro me k'indesinareo andragno mba hoaninareo ambany sobiky? na ambany farafara? Indesinao miditry izany da apetrakinao ame fidobohan'e jiro. [22] Fa tsisy raha mifiny tsy ho fantatry, da tsisy avakoa gne tsiambaratelo tsy hiboaky. [23] Raha misy mana tadigny afaky hitenomagny, da aleo izy hiteno!" [24] Da hoy izy tamindreo hoe: " mitandrema ame teny izay renareo, fa arakaraky gne ohatry agnoharanareo avao, gne hagnoharagny anareo, da ho tovanagny aminareo izany. [25] Satria ndre ia ndre ia managny, da omegny zakabe kokoa izy, fa ndre ia ndre ia tsy managny, ndre gne izay anagnany aza da alaigny gne amin'azy." [26] Da nizaka avakoa izy hoe: "gne fanjakan' Andriamanitry da ako gne olo raiky mamafy gne voany ame tany. [27] Matory izy ame gnaligny, da mifoa izy ame mandraigny, ka gne voa da mitsimoky ka maniry, fa tsy lalany hoe akognaia. [28] Gne tany da mamoa ame tegnany avao: voalahany da gne rantsany, aveo gne tahony, avy eo gne isiky antitry ame tahony. [29] Da refa antitry gne isiky da avy hatragny izy da handefa fihilagny, fa efa avy gne fotogny fihilagny." [30] Da nizaka indraiky izy hoe: "ino gne azon tsika ampitahagny ame fanjakan' Andriamanitry, na ino e fagnoharagny ampesahintsika hagnazavagny an'izany? [31] Izany da ako gne voatsinapy izay, refa hafafy, da izy gne voa faran'e kidy ame voa agnaby ambonin'e tany. [32] Nefa raha voafafy izany, da mitsimoky ka lasa zakabe mihoatry e kakazo agnaby da mamoa rantsagny zakabe, ka azon'e vorogny agnamboaragny gne tragnony ame alokalokiny." [33] Da fagnoharagny maro akoizany e nagnambarany gne zaka tamindreo, araky izay fahazahoandreo an'azy, [34] da tsy nizaka tamindreo afa tsy tamin'e fagnoharagny izy. Fa refa izy raiky igny, da nazavainy tamindreo mpianatriny manokagny gne raha agnaby. [35] Tamin'izany andro izany, refa avy gnaligny, da hoy izy tamindreo hoe: "Atsik'antsika hitsaky agnilany eriky." [36] ka niala tame fokonolo indreo, ninday an' i Jesosy niaraky tamindreo, igny izy tagnatiny e lakagny igny. Nisy lakagny hafa nandeha niaraky taminazy. [37] Avy teo da nanomboky nisy tafio-drivotry be da gne onjan-drano nanafotry gne lakagny ka saiky ho difotry gne rano gne lakagny. [38] Da i Jesosy raiky avao e natory tame vodin-dakagny, tambonin'e ondagny. Da nifohaz'indreo Izy nagnano hoe: "Mpampianatry ô , tsy mampagnino anao me raha hofaty etoa antsika?" [39] da nifoha Izy, da nizaka mafy tame rivotry, da nizaka tame ranomasigny hoe: "mijanona! milamigna!" Da nijanogny e rivotry, da nisy filaminagny be. [40] Da hoy izy tamindreo hoe: "Nagnino me anareo raha matahotry? mbola tsy manam pinoagny avao me anareo?" [41] Nivady fo be indreo ka nifampizaka hoe: "Ia me ity, fa ndre gne rivotry ame ranomasigny aza da magneky an'Azy?"

Chapter 5

[1] Avy teragnilan'e ranomasigny indreo, tamign'e faritr'i Gerasena. [2] Refa niala lat'amin'e lakagny Jesosy, tonga da nisy lelà raiky nidiran'e devoly nagnatogny Anazy lat'ame kobory. [3] Nidoboky tamin'e kobory ity lelà ty. Tsy vôtagny sanaky izy, ndre da tamin'e rojo vy. [4] Matetiky vôfe tamin'e gadra vy izy ame rojo vy izy. Nitapahany aby gne rojo da potika gne gadra vy. Tsy nisy olo natagny anazy. [5] Isan'andro isak'aligny gname kobory izy ame vohitry, da nitorotoreo izy sady nandratry gne tegnany tamin'e vato marangitry. [6] Refa nahita an'i Jesosy mbola lavitry izy, da niezakazaky negnaminazy sady

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

nandoaliky tagniloany. [7] Sady Nizaka tamin'e feo mafy be izy hoe: "Ino me gne ifandraisako aminao, Jesosy, zanak'Andriamanitra Ambony indrindra? Miangavy anao amign'agnaran'Andriamanita raiky iao, k'ampijaligny iao." [8] Fa izy nizaka taminazy hoe: "Melà an'io lelà io anao, devoly" [9] Da nagnotany anazy izy hoe: " Ia gne agnaranao?" Da nivaliny hoe: "Legiona gne agnarako, satria marobe iay." [10] Sady niangavy mafy anazy avao izy tsy handrôky andreo ambadike faritry. [11] Da nisy lambo maromaro nihinagny tame vohitry tegny, [12] sady niangavy taminazy indreo, nagnano hoe: "Alefaso amin'io lambo io iay, apetray iay hiditry amindreo ao." [13] Da napetrany indreo; da niala aby gne devoly sady niditry tamine lambo aby, avy eo da nipitsiky negname ranomasigny indreo, lambo teo ame roa arivo teo gne maty an-dranomasigny. [14] Nandeha nilefa indreo mpamahagny lambo sady nitantara gne rà-hitany tà-tanagny izy ame tambanivolo tagny, da olo maro gne nijotso nagnety gne rà-nisy. [15] Avy eo indreo nagnantogny an'i Jesosy da hitandreo teo igny lelà nipetrane demonia igny, igny raiky nipetran'ny legiona igny, nidoboky teo, nisiky sady feno fagnà; da nalia indreo. [16] Indreo izay nahita gne rà-nisy tamin'igny lelà nipetrane demonia igny da nitantara tamindreo gne momba anizany tamine antsipirihany, sady nitantara tamindreo agnaby avakoa gne momban'e lambo. [17] Da nanomboky niangavy Anazy indreo mba hialany amin'e faritrindreo. [18] Refa hitikigny an-dakagny Izy, da niangavy Anazy igny lelà nipetrane devoly igny mba hiaraky aminazy. [19] Saingy tsy nagnome Anazy i Jesosy, fa nagnano taminazy hoe: "Mandehana mody amin'e tragnonao izy ame fianakavianao da tanatarao andreo zay nanin'ny Tompo taminao, izy ame nandikany fo taminao!" [20] Da lasa nody Izy sady nanomboko nagnambara gne rà-zakabe izay nanin'i Jesosy taminazy tà Dekapolisy, da gaga aby gn'olo. [21] Refa nandeha teragnilany indraiky Jesosy, tamin'e lakagny, da io nisy fokonolo maro be nilagno nagnodidigny Anazy, raha tamoron-dranomasigny igny Izy. [22] Avy eo da avy gne raiky tamindreo mpitariky gne Synagoga, atao hoe Jairo, ndreky vô nahita Anazy, da niondriky tamin'e tombokiny. [23] Nandadilady koa Izy, nagnano hoe: "Marary mafy efa ho faty gne zanako viavy. Milela-paladia aminao iao, avia da apetraho aminazy gne tagnanao mba ho sitragny sady ho velogny Izy." [24] Nandeha niaraky taminazy Izy, da fokonolo maro be gne nagnaraky sady namalavala nagnodidigny Anazy. [25] Nisy viavy raiky nandeha rà-lava nandritry gne roambinifolo taogny. [26] Nijaly tokôtry Izy da nagnatogny mpitsabo maro Izy sady nandany gne fanagnany agnaby,nefa tsy nahita fahasitragnagny fa vô maiky neratsy.
[27] Refa nahare gne tatitry momban'i Jesosy Izy, da nandeha tafarany tagnatine fokonolo tao Izy sady nikitiky gne raisikiny.
[28] Satria ho izy hoe: "Raha mahavôkasiky gne lambany fotsiny iao, da ho sitragny." [29] Refa nikasiky Anazy Izy, da nijanogny gne rà-very, sady tsarony lat'agnatiny fa sitragny tamin'e aretigny Izy. [30] Fantatr'i Jesosy niaraky tam'zay fa nisy hery niala lat'Aminazy. Nitodiky tamin'e fokonolo Izy sady nizaka hoe: "Ia gne nikasiky gne raisikiko?" [31] Da namaly Anazy indreo mpianatriny hoe: "Hitanao io fokonolo marobe mifanisiky amnao io, da mbola agnotanianao hoe: "Ia gne nikasiky anao."
[32] Da nagnety gne magnodidigny Anazy Jesosy mba hahitany izay nagnano anizany. [33] Igny viavy, nahalala gne ra nisy taminazy igny, da nalia sady nangitakitaky. Nandeha Izy sady nandadilady tagnoloan'I Jesosy da nizaka taminazy gne marina agnaby. [34] Da hoy Jesosy taminazy hoe: "Anaky, gne finoanao gne nahasitragny anao. Mandehana amin'e fiadagnagny da sitràgna amign' aretinao." [35] Raha mbola nizaka Izy, da avy gne olo sasany lat'amin'e mpitariky an'i Synagoga, nagnano hoe: "Efa maty gne zanakao. Nagnino gne mbola manahiragny gne mpampianatry avao?". [36] Da refa naharegny gne ra nizakaindreo i Jesosy, da hoy Izy tamin'igny mpitariky an'i Synagoga igny hoe: "Ka malia. Minoa avao."
[37] Sady tsy nisy navelany hiaraky amin'azy, afa-tsy Petera, Jakoba, da i Jaona, rahalahin'i Jakoba. [38] Avy andragnon'igny mpitariky an'i Synagoga igny indreo da nahita olo naresaky be Izy; nitomagny sady nibabababa mafy indreo. [39] Refa niditry e tragno Izy, da hoy Izy tamindreo hoe: "Nagnino anareo maresaky sady mitomagny? Tsy maty gne zaza fa matory." [40] Niomehy Anazy indreo. Nefa najotsony tatany aby indreo sady nangalaky an'ny aba am'iendrin'igny zaza igny izy amin'e olo niaraky taminazy, sady niditry tamin'e efitry nisy anigny zaza igny. [41] Nalainy gne tagnan'igny zaza igny da nizaka taminazy hoe: "Talita,Komy!" raha avadiky hoe: "Razazaviavy, mizaka aminao iao, mitsangàna." [42] Avy da nitsangagny razazaviavy sady nandeha (satria roa ambin'ny folo taogny Izy). Gaga agnaby indreo. [43] Noraràgny mafy indreo mba tsy hisy hahalala na ia na ia gne momba anio. Avy eo da nampagnomeziny hanigny razazaviavy.

Chapter 6

[1] Niala an'io toeragny io Izy da nipody t'an-tanindrazany, da nagnaraky an'Azy gne mpianatriny. [2] Da refa avy gn'andro sabata, da nampianatry tame synagoga Izy. Maro e olo naharegny an'Azy ka da gaga. Hoy indreo se: "Lataia gne nazahoany izany fampianaragny izany sa?" "Ino koa io fahendregny nomeny an'Azy io?" "Ino aby ity fahagagagny namboarigny tame tagnany ity?" [3] "Tsy gne mpandrafitry igny me io, gne zanak'i Maria ary rahalàhin'i Jakoba izy am'i Josesy, Jodasy da Simona? Tsy gn'anakaviny avao koa gn'amitsika etoa io?" Vignitry tam'i Jesosy indreo. [4] Da hoy i Jesosy tamin-dreo: "Ts'isy mpaminany tsy omegny haja, afa tsy ame tanindrazany sy ame gn'havany akeky an'azy sady ame ankohonagny manokagny avao." [5] Tsy afaky nagnano asa mahagaga Izy, afa tsy gne fametrahany tagna ame marary mahalagny da magnasitragny andreo. [6] Gaga nohon'gne tsy finoan-dreo Izy. Aveo da nandeha nagnodidigny gne tanagny Izy hampianatry. [7] Aveo da nangaiky andreo roa ambin'ny folo lahy Izy da nanomboky nagniraky andreo tsiroiroy, sady nomeny fahefagny tame fagnahy maloto indreo, [8] da nandidy andreo tsy hinday vatsy ame lalagny andianany, na mofo, natakepaky, na vola amign'etrin-dreo_ afa tsy angira avao_ [9] fa agnano kapa, da ts'hagnano akanjo roy. [10] Hoy Izy tamindreo: "Ndre ovia ndre ovia anareo miditry an-dragnon'olo raiky da midoboa ao mandra-pelanareo agny. [11] Sady raha misy tanagny tsy mandray anareo na miteno anareo, ka miala teo anareo da popozy gne vovoky ame tongotrareo mba ho fijoroagny vavolombelogny amin-dreo." [12] Da nandeha indreo da nitory fa gn'olo da tokony hibebaky ame


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

fahotagny. [13] Nandroaky demonia maro indreo, da nagnosotry marary maro tame menaky ka nagnasitragny an'azy. [14] Regnin'i Heroda mpanjaka zany, satria da lasa nalaza gn'agnaran'i Jesosy. Gne sasany nizaka nagnano hoe: "Nitsangana tame maty i Jaona mpagnano batisa da noho izany da gn'heriny gne miasa agnatiny io." [15] Da hoy koa gne sasany hoe: "Elia Izy." Gne sasany mbola mizaka nagnano hoe: "Mpaminagny Izy, akô gne mpaminagny taloha agnaby io." [16] Fa refa naregny an'izany Heroda da hoy izy nagnano hoe: "Jaona, e notapaiko loha, gne hitsangana tame maty." [17] Fa Heroda e nampanambotry an'i Jaona da nandefa an'azy tam-pigadragny nony gne resaky momba gne Herodiasy (vadin'i Filipo rahalahiny), satria niaraky tamin'azy izy. [18] Fa Jaona nizaka an'i Heroda hoe: "Tsy nagnaraky gne lalagny gne hanambadiananao gne vadin'e rehalahinao." [19] Fa vignitry tamin'azy Herodiasy ka nitady zay hamonoagny an'azy, kanefa tsy afaky, [20] noho gne fatahoran'i Heroda an'i Jaona; Lalany fa olo marigny sy feno fahamasinagny izy, da niaro an'azy izy. Nanahiran-tsaigny an'azy gne fitenomagny an'azy, kanefa da mbola niteno an'azy tame hafaliagny izy. [21] aveo da nisy iriky tamign'e fitsingerenan'e taogny nahateran'i Heroda ka nagnano fagnasagny ho an'e manam-pahefagny tao Galilia izy. [22] Da niditry gn'efitragno fagnasagny e zanaka vavin'i Herodiasy sady nandihy ho andreo, da nafinaritry an'i Heroda izy ame vahiny nasaigny izy. Da hoy gne mpanjaka tamin'i razazavavy nagnano hoe: "Angatay aminà zay tianao aby da ameko anao zany." [23] Da nitangegny tamin'azy izy hoe: "Ndre ino ndre ino angatahinao aminà, da omeko anao, ndre gn'asasakigne fanjakako." [24] Da nijotso izy da nizaka tamin'i endriny nagnano hoe: "Ino gne raha angatahiko amin'azy?" Da hoy i endriny nagnano tamin'azy hoe: "Gne lohan'i Jaona mpagnano batisa." [25] Avy da nipody tame mpanjaka izy, ka nagataky, nagnano hoe: "Ataovy ambony lasety gne lohan'i Jaona mpagnano batisa da omeo anà." [26] Ndre da nampalahelo be gne mpanjaka izany, da tsy afaky nanda gne hatakany izy nony gne tangegny nataony sy noho gne vahiny nasaigny tame fisakafoanagny. [27] Fa nodidiagny gne miaramila raiky tame mpiambigny an'e mpanjaka mba inday gne lohan'i Jaona ho amin'azy. Da nandeha igny mpiambigny igny nanapaky gne lohany tampigadragny. [28] Da nentiny an-dasety gne lohany ary da nomeny an'igny zazaviavy igny, da nomeny an'i endriny izany. [29] Refa naregny an'izany gne mpianatriny, da tonga nangalaky e fatiny ka nandevogny an' izany t'an-kobory. [30] Nipody tagny am'i Jesosy gne apôstôly da nitantara tamin'azy gne raha vitan-dreo sy gne nampianarin-dreo. [31] Da hoy Izy tamin-dreo nagnano hoe: "Andatsika itsika ho agny ame tany fôgny da hiala valaky kidikidy." Fa maro gn'olo mivezivezy, sady tsy managny fotoagny ihinanagny indreo. [32] Da nandeha lakagny indreo ho agny ame tany fôgny. [33] Fa indreo nahita andreo nandeha sady maro gne nahafantatry andreo, da niaraky nezakazaky an-tomboky avy tamin'e tanagny aby indreo, sady tonga teo talohan-dreo. [34] Refa avy tegny ame sisiny indreo, da nahita fokonolo Izy da firaigny andreo Izy satria d'akô gn'ondry ts'isy mpiambigny indreo. Ka nanomboky nampianatry raha maro Izy. [35] Sady raha ariva gn'andro, da nagnatogny an'Azy gne mpianatriny da nizaka nagnano hoe: "Toeragny fôgny ty ary gn'andro efa ho aligny. [36] Alefaso indreo mba andeha ame vohitry sy tanàgny magnodidigny hividy hanigny ho an' gne tegnan-dreo." [37] Fa namaly Izy tamin-dreo nagnano hoe: "Omenareo raha hoanigny indreo." Da hoy indreo tamin'Azy: "Afaky mandeha mividy gne mofo azon'e denaria roanjato iay da hagnome an'izany andreo hoanigny?" [38] Da hoy Izy tamin-dreo: "Firy gne mofo anagnanareo? Mandehana da taragno." Refa itany, da hoy indreo hoe: "Mofo dimy sy laokandrano roy." [39] Da nandidy gn'olo aby mba hidoboky tsitikotoko tame ahitry metso Izy. [40] Da nidoboky nitsitokotoko indreo; toko zato sy dimampolo. [41] Nangala gne mofo dimy sy laokandrano roy Izy, da nagnety gne lagnitry da nisaotry ka nizarazara gne mofo ary nagnome izany tame mpianatry mba omegny gn'olo. Nozarainy koa gne laokandrano roy ho an'azy agnaby. [42] Da nihinagny agnaby izy aby mandra-pahavoky andreo. [43] Nalain-dreo gne sisan'e mofo da nahafeno roy ambin'ny folo harogny milongolongo, ary koa gne sisan'e laokandrano. [44] Nisy dimy arivo gne lelà nihinagny e mofo. [45] Teo no ho eo da napekeriny tame lakagny gne mpianatriny mba hitsaky alohany egny agnilany, ho agny Betsaida, refa nandefa gne fokonolo Izy. [46] Refa lasa indreo, da nandeha nivavaky t'an-tedrombohitry Izy. [47] Aligny e andro, sady efa tategnategnan'e ranomasigny gne lakagny, fa izy raiky avao gne tambositry. [48] Ary hitany fa sairagny mafy indreo nivehy gne lakagny, satria nanohitry mafy andreo gne rivotry. Teo ho eo ame ora fiambenagny fahefatry gne aligny da nagnatogny andreo Izy, nandeha tambonign' e ranomasigny, ary ta handalo t'amin-dreo Izy. [49] Fa refa nahita an'Azy nandeha tambonign'e ranomasigny indreo, da nanin-dreo ho angatry Izy da nitoreo agnaby indreo, [50] satria nahita an'Azy indreo da nalia. Teo no ho eo da nizaka tamin-dreo Izy ka nagnano tamin-dreo hoe: "Matokisa! Iao avao tiky! Aza matahotry!" [51] Ary nitikigny lakagny niaraky tamin-dreo Izy, da nisigny gne rivotry. Da gaga tanteraky indreo. [52] Sady tsy takatry gne sain-dreo gne dikan'e mofo. F'izy, nemafy gne fon-dreo. [53] Refa tafita indreo, da avy ta Genesareta indreo da nitody. [54] Ary raha nijotso gne lakagny indreo, da lalan'olo tao Izy, [55] da nezakazaky agnaby indreo nagneragny gne tanàgny da nanomboky ninday gne marary tamin'e fandriany ndre t'aia ndre t'aia gne toeragny regnin-dreo nisy an'Azy. [56] Ndre t'aia ndre t'aia nandehanany na an-tanàgny na tanàm-be, na t'ambanivolo, da napetrakindreo tame bazagny gne marary. Nengavy an'Azy indreo mba hikasian-dreo ndre da gne ravin'akanjony avao, da ze nikasiky an'Azy da sitragny.

Chapter 7

[1] E fariseo izy ame mpanoradalagny sasany izay avy tà Jerosalema da avy nivory nagnodidigny Anazy. [2] Sady hitandreo gne mpianatriny sasany nihinagny mofo tamin'e tagnà maloto,izany hoe,tsy voasasa. [3] (Fa gne Fariseo izy ame Jiosy agnaby da tsy mba mihinagny raha tsy efa nanasa gne tagnandreo, satria magnaraky gne fombafombandreo loholona.) [4] Refa mipody avy lat'abazary indreo Fariseo, da tsy mihinagny indreo raha tsy avy mandro, sady mitandrigny fomba maro hafa fatratry indreo, ako gne fanasagny gne kapoaky, izy ame famoaragny, da fanaky varagny, sady gne fandria izay

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

ihinanandreo.) 5 Indreo Fariseo izy ame mpanora-dalàgny nagnontany an'i Jesosy hoe: "Nagnino gne mpianatrinao tsy
mandeha araky gne fombafombandreo loholona, fa mihinagny gne mofondreo amin'e tagnà tsy voasasa?" 6 Nefa hoy Izy
tamindreo: " Isaia naminagny tsara momba anareo mpihatsaravelatsihy. Nosoratany hoe: 'Ity fokonolo ity Magnaja Ana
am'e molotriny, fa gne fony da lavitry Ana. 7 Foagny gne fivavahagny omen-dreo Ana, raha mampianatry gne
fitsipik'olombelogny ho fampianaran-dreo.' 8 Afoinareo gne didin'Andriamanitry da tananareo mafy gne fomban'olo." 9 Da
hoy koa Izy tamindreo: "Akognaia gne fagnarianareo gne didin'Andriamanitra mba hitandremanareo gne
fombandrazanareo! 10 Hoy Mosesy se: "Magnajà an'ny abanao izy amin'ny endrinao, sady, Izay mizaka ratsy an'ny abany
na i endriny da ho faty tokôtry." 11 Kanefa anareo mizaka hoe: "Raha misy lelà raiky mizaka an'i abany na i endriny hoe:
'Ndre ino ndre ino tianao ho azo tamina da efa korbana,' (izany hoe: 'Nomegny an'Andriamanitry') 12 --da tsy avelanareo
hagnano ndre ino ndre ino amin'ny abany izy amin'ny endriny koa izy. 13 Magnafoagny gne zakan'Andriamanitry anareo
noho gne fomban-drazanareo izay notazominareo." 14 Da nangeky gne fokonolo indraiky Izy da nizaka tamindreo hoe:
"Mitenoma Ana, agnaby anareo, da fantaro. 15 Tsy misy raha avy ambadiky izay miditry agnatin'olo ka afaky mandoto
anazy refa miditry amin'azy. Fa izay mijotso avy agnatin'olo gne mandoto anazy." 16 [Gne fandikagny tsara indrindra da
tsy magnisy gn'andininy faha 16: "Raha misy manan-tsofigny hitenomagny, aoka Izy hiteno.] 17 Refa niala tamin'e fokonolo
Jesosy da niditry tan-dragno, gne mpianatriny nagnontany Anazy momba gne fagnoharagny. 18 Hoy Jesosy tamin'azy:
"Anareo koa zany mbola tsy managny fahalalagny? Tsy hitanareo me fa izay rehetra miditry agnatin'e olo avy ambadiky
da tsy mampaloto Anazy, 19 satria tsy afa-miditry ame fony izany, fa ame trokiny avao da mijotso agny amin'e
fivoahagny?" Tamin'izany fagnambaragny izany da nahavy gne hanigny agnaby ho madio i Jesosy. 20 hoy Izy: "Gne mijotso
avy amin' olo gne mandoto anazy. 21 Fa avy agnatin' olo, avy amin'e fony, gne ijotsoan'e sain-dratsy, gne fahavetavetagny,
gne halatry, gne famonoagn'olo, 22 gne fijangajangagny, gne fagniriagny, gne haratsiam-pagnà, gne fitaky, gne
fijejojejoagny, gne fialognagny, gne fagnobiragny vandy, gne avognavogny, gne hadalagny. 23 Izany raha ratsy izany agnaby
gne mijotso avy agnatin'olo, sady io gne mandoto anazy." 24 Niala teo Izy da lasa nandeha tamin'e faritry Tyro sy Sidona.
Niditry tan-dragno raiky Izy sady tsy tiany ho fantatrin'iza na iza fa tao Izy, kanefa tsy afaky nifiny. 25 F'izy, niaraky
tamin'izay da nisy viavy raiky, izay nisy devoly raiky gne zanany viavy mbola madiniky, naregny gn'amin'azy, avy, da
nandadilady tamin'e tombokiny. 26 Sady Grika gne viavy, Syro-foinika gne niaviany. Niangavy tamin'azy Izy mba
handroaka gne demony hiala amin'e zanany viavy. 27 Hoy Izy tamin'azy: "Aleo homegny hanigny eky e zaza. Satria tsy
mety gne mangalaky gne mofon-jaza ka hagnary anazy ho any gn'amboa." 28 Nefa namaly Izy da nizaka tamin'azy hoe:
"Eka, Tompo, fa na gn' amboa ambany latabatry ao aza da mba mihinagny gne sombintsombin'e amin'e mofon-jaza." 29 Da
hoy izy tamin'azy :"Noho izany zakanao izany, afaky mandeha anao. Efa afaky tame zanakao viavy e demony." 30 Raha
nipody t'an-dragnony raviavy da nahita e zaza natory t'ambony fandria, sady efa niala e demony. 31 Da i Jesosy nijotso
indraiky niala e faritr'i Tyro, da namaky an'i Sidona negname ranomasin'ny Galilia sady niakatry e faritr'i Dekapolisy. 32
Da nentindreo tamin'azy teo gne lelà raiky maregny sady moagny, sady nangataky tamin'azy indreo mba hametraky
tagna amin'azy. 33 Nentiny nitokagny niala e fokonolo maro be igny lelà igny, da nametraky gne ratsan-tagnany tagnaty
sofiny izy, da raha avy nandrora, da mikasiky e lelany. 34 Da nagnety e lagnitry izy, da nihatsatsaky da nizaka tamin'azy
hoe:"Efata", izany hoe, "Maladia!" 35 Da tsela teo e sofiny da nahare, sady namatotry e lelany da potiky sady afaky nizaka
mazava tsara izy. 36 Da Jesosy nandrara andreo tsy hizakazaka ndre amin'ia ndre amin'ia. Kanefa ndre da noraragny
indreo, da vomaiky nampiparitaky an'izany misimisy. 37 Da gaga tanteraky gn'olo, da nizaka hoe:"Naniny tsara agnaby e
raha agnaby. Naniny mandre e maregny sady mizaka gne moagny."

Chapter 8

1 Tamin'izany andro izany, da nisy fokonolo maro indraiky koa, tsy nanan-kohanigny indreo. Da nangaiky e mpianatriny i
Jesosy da nizaka tamin-dreo hoe: 2 "Mampalahelo ana itoa fokonolo toa, efa telo andro indreo e nagnaraky ana sady tsy
nanankohanigny. 3 Raha alefako mody andragnondreo tsy mihinagny indreo, da mety himiagny andalagny. E sasany
amindreo da avy lavitry." 4 Namaly an'Azy e mpianatriny hoe: "Aia gne ahitantsika mofo ampy amokisagny an'itoa
fokonolo toa ety ame tany tsisy raha ty?"
5 Nagnontany andreo Izy hoe: "Firy e mofo anagnanareo?" Hoy indreo hoe: "Fito" 6 Nandidy gne fokonolo hidoboky ame
tany Izy. Nalainy gne mofo fito, da nisaotry Izy, da nanapaky an'izany. Natolotriny ho an'e mpianatriny izany mba ho
zaraindreo ame fokonolo, da napetrak'indreo talohany e fokonolo izany. 7 Da mbola nanagny laoky an-drano kidy
vitsivitsy avakoa indreo, da refa avy nisaotry an'izany Izy, da nandidy gne mpianatriny hagnome an'izany avakoa Izy. 8 Da
nihinagny indreo ka voky, da nalaindreo gne sisa tavela, da mbola nahafeno sobiky fito zakabe. 9 Tokony ho efatr'arivo eo
ho eo gn'olo tamin' io fotoagny io. Avy teo da nalefany nody indreo. 10 Avy da niakatry tame lakagny niaraky tame
mpianatriny Izy, da nandeha ame faritr' i Dalmanota indreo. 11 Da nizotso agnaby e fariseo ary nanomboky nifamaly
tamin'Azy. Nitadia famantaragny avy an_dagnitry tamin'Azy indreo, hitsapagny an'Azy. 12 Netsatsaky sady
nagnerignerigny tame fagnahiny Izy da nizaka hoe: "Nagnino kaiky raha mitadia famantaragny ity taranaky ity? Nefa
zakaiko marigny aminareo, fa tsy misy famantaragny omegny an'ity taranaky ity izany." 13 Avy teo da nisitaky andreo Izy,
niakatry tame lakagny indraiky, da nisitaky lavitra ho egny agnilany. 14 Da adignon'e mpianatry gne ninday mofo niaraky
tamindreo. Tsy nanagny mihoatry gne raiky indreo tagnatin'e sambo. 15 Da nampitandrigny andreo Izy da nizaka hoe:
"Membena sady mitandrema ame masirasirandreo fariseho sy gne masirasiran' i Heroda." 16 Da nifagnontany tegna gne

mpianatry hoe: "Avy amintsika tsy managny mofo izany." [17] Fantatr' i Jesosy izany, da hoy Izy tamindreo hoe: " Nagnino raha ame tsy fanagnagny mofo gn'eritreritrinareo? Mbola tsy takatrinareo me? Nanjary mafy me gne fonareo? [18] Managny maso me anareo, fa tsy mahita ? Managny sofy me anareo fa tsy maregny ? Tsy tadidinareo me? [19] Refa nanapaky gne mofo dimy ho an'olo dimy arivo Iao, da sobika firy feno hambiny e mofo nangoninareo? Hoy indreo tamin'Azy hoe: "Roambinifolo." [20] Refa nanapaky gne mofo fito ho an'olo efatr' arivo Iao, firy sobika gnambiny nangoninareo? Hoy indreo tamin'Azy hoe: "Fito." [21] Da nizaka Izy hoe: " Mbola tsy takatrinareo avao me? " [22] Avy tagny Betsaida indreo. Da nisy jamba raiky nindesin' olo tamin'Azy da niangaviandreo i Jesosy mba hikasiky an'azy. [23] Nindesin' i Jesosy tame tagnany gne jamba, da nitariky an'azy nivoaky e tanagny. Refa nandrora tame masony Izy sady nametraky gne tagnany tamin'azy, da nagnontany an'azy Izy hoe: " Mahita raha anao sa? " [24] Da niandra izy, da nizaka hoe: "Mahita olo akô kakazo mandende iao." [25] Napetrak' i Jesosy tame masony koa gne tagnany, da nahiratr'igny lelà igny e masony, da nipody tame tena izy gne fahitany, da nahita mazava tsara gne raha agnaby izy. [26] Da nalefan' i Jesosy nody izy da nozakainy hoe: "Ka miditry an-tanagny." [27] Nandeha nizotso i Jesosy sy gne mpianatriny nandeha ame tanin' i Kaisaria Filipo. Tegny an-dalagny da nagnontany an'e mpianatriny Izy hoe: " Hanin' olo ho Ia me iao?" [28] Namaly an'Azy indreo ka nizaka hoe: "Jaona mpagnano batisa. Gn' afa mizaka hoe: 'Elia', ary gn'afa koa nizaka hoe:' Gne raiky ame mpaminany ireo."' [29] Nagnontany andreo izy hoe: " Fa anareo magnano Anà ho Ia?" Da namaly an'Azy i Petera nagnano hoe: "Anao gne Kristy." [30] Nampitandrigny andreo i Jesosy tsy hizaka gne momba an'Azy ndre amin'ia ndre amin'ia. [31] Nanomboky nampianatry andreo Izy fa tsy maintsy hijaly e Zanak' Olo, da ho laviny gn'olom-be ame tanagny sy gne lohan'e mpisorogny Izy ame mpanora-dalàgny, ho vonoigny, da hitsangagny ame maty afaky telo andro. [32] Nozakainy mazava tsara izany. Avy teo da nangian'i Petera mangingigny i jesosy da nanomboky nizaka mafy an'Azy. [33] Nefa nitodiky i Jesosy da nagnety e mpianany da avy eo nizaka mafy an' i Petera ka nagnano hoe: "Melà lavitry Anà, anao Satana! Tsy mba misaigny gne rahan' Andriamanitry anao,fa gne rahan'olo." [34] Avy teo da nangaiky e fokonolo izy ame mpianatriny niaraky Izy, da hoy Izy tamindreo hoe:" Ra misy te-hagnaraky Anà, da tsy maintsy mandà gne tegnany izy, mangala gne hazo fijaliany, da magnaraky Anà. [35] Ndre ia ndre ia te_hamonjy gnainy da ahavery izany, fa izay mahavery gnainy noho gnaminà izy ame filazantsara, da hahavonjy izany. [36] Fa ino me gne tombotsoa azon'olo raiky, raha mahazo izao tontolo izao,sady avy teo da very gnainy? [37] Ino me gnafaky omen' olo raiky ho takalon' ny gnainy? [38] Ndre ia ndre ia megnatry Anà sy gne zakako amity taranaky mijangajanga sy mpanota ity, da ho megnatry anazy avakoa gne Zanak' Olo refa avy ame voninahitry e Rainy miaraky ame gn'anjely masigny Izy."

Chapter 9

[1] Hoy Izy tamin-dreo se: "Zakaiko aminareo marigny tokôtry, fa aminareo ze mitsangagny etoa gne tsy hagnandragny zany fahafatesagny zany meloha gne ahitan-dreo gne fanjakan'Andriamanitra ze ho avy ame hery zakabe." [2] Ary enina andro tafara, da nindesin'Jesosy niaraky tamin'azy Petera sy Jakôba da i Jaona tegny ame vohitry ankabôgny ary indreo avao e tagny. Da niova tarehy tagnatrehan-dreo Izy. [3] Gne lambany ambany da lasa namirapiratry da nazava, fotsy be avao koa, fotsy mihôtry gne zavatry nampamotsiagny tetoa ambonin'e tany. [4] Aveo Elia sy Mosesy da niseho tamin-dreo, ary niresaky tamin'i Jesosy indreo. [5] Petera namaly da nizaka tamin'i Jesosy hoe: "Raby ô, mety raha magnano tragno talatala telo tsika, gne raiky anao, gne raiky an' i Mosesy, da gne raiky an'i Elia." [6] (Tsy lalany gne raha tokony zakainy, satria nalia be indreo.) [7] Nisy rahogny avy da nadrakotry andreo. Da nisy zaka nivôky tamigne rahogny hoe: "Ty gne zanako malalako. Mitenoma an'Azy." [8] Avy teo, da nagnety gne magnodidingy indreo, da tsy nahita ninonino koa, raha tsy Jesosy avao. [9] Raha nidigny tame vohitry indreo, da nagnafatry mafy mba tsy izaka na amin'ia na amin'ia gne raha itan-ndreo, raha tsy mitsangagny ame maty gne zanak'Olona. [10] Sady da nitanan-dreo ho an'azy zany zaka zany, sady nifagnotany indreo amin'e mety ho dikan'izany" Fitsanganagny ame maty" zany. [11] Nagnontany an'Azy indreo hoe: "Nagnino ireo panora-dalàgny gne Nagnambara fa tsy mentsy avy meloha i Elia?" [12] Da hoy Izy tamin-dreo hoe: "Efa tonga taloha Elia agnarigny e raha aby. Sady nagnino gne vosoratry fa gne zanak'Olona da hijaly be ame raha maro da ataon'olo tsy misy dikany? [13] Nefa zakaiko aminareo f'efa tonga Elia, da nataon'olo tamin'azy ze sitraky gne fony, araky gne voalaza ame Soratra Masina mikasika an'azy." [14] Aveo da niverigny teo ame mpianatry indreo, da nahita olo maro be nagnodidigna andreo da gne mpanora-dalàgny niady hevitry tamin'azy. [15] Raha vô nahita an'i Jesosy indreo, da gaga agnaby gn' olo maro be da nezakazaky nagnatogny da nagnotsafa an'Azy. [16] Nagnontany ireo mpianatriny Izy hoe: "Momba gn'ino me gn'iadianareo hevitry amindreo." [17] Ary nisy raiky tame vahoaky namaly an'Azy hoe: "Mpampianatra ô, nindesiko etoa aminao gne zanako lahy. Misy fagnahy ratsy tsy mampizaka an'azy izy. [18] Manambotry an'azy io da mandavo an'azy sady da mandoa vory izy, midi-vazagny, da lasa mihenjagny izy. Nangataky tamireo mpianatrao iao mba hamôky an'izany amin'azy, da tsy vitan-dreo izany." [19] Namaly an- dreo Izy hoe: "Ry taranaka tsy mino, mandra-pahovia gne ipetrahako aminareo etoa? Mandra-pahovia gn'andeferako aminareo? Eto aty aminà izy." [20] Da nindesigny tamin'azy gne zaza lehilà, ary raha vô nahita an'i Jesosy gne fagnahy ratsy, da nampifanintosintogny an'azy zany. Lavo tame tany gne zaza lelà da feno vory gne vavany. [21] Jesosy nagnontany an'iabany nagnano hoe: "Nanomboky ovia nahavoa an'azy an'io?" Da hoy iabany nagnano hoe: "Nanomboky an'azy kidikidy." [22] Indraindraiky gne fagnahy ratsy io da nandavo an'azy tagnaty gne afo na tagnaty rano nagnandragny hamotiky an'azy. Raha mahay gne raha aby anao, da iantrao ro iay sady ampio iay." [23] Jesosy nizaka an'azy nagnano hoe: '"Raha mahay anao? [24] Gne raha aby da hain'e mino." Niaraky tamizay iaban'e zaza da nikiaky mafy nagnano hoe: ''Mino iao! tahio iao ame tsy finoako!" [25] Refa itan'i Jesosy gne

vahoaky nezakazaky nagnatogny an-dreo, Da nizaka mafy gne fagnahy maloto sady nagnano hoe: "Ry fagnahy môgny sy
maregny; mandidy anao iao, mela amin'azy, aza mipody miditry amin'azy koa." 26 Nikiaky mafy izany ka
nampifanintogny be gne zaza lelà da niala tamin'azy aveo. Nanahak'e olo maty gne zaza lelà, da maro gne nizaka hoe:
"Maty izy." 27 Jesosy nandray gne tagnany da nagnarigny an'azy, da nitsangagny e zaza lelà. 28 Refa niditra t'an-dragno
Jesosy, da nagnontany an'azy manakagny gne mpianatrany nagnano hoe: "Nagnino iay raha tsy ahavôrôky gne fagnahy
ratsy?" 29 Da hoy izy tamin-dreo nagnano hoe: "Gne karazan'igny da tsy afaky roasigny raha tsy ame alalan'e vavaky." 30
Niala teo indreo da nandalo ta Galilia. Tsy tiany ho fantatr'ia na ia hoe taia indreo, 31 fa nampianatry ireo mpianatriny Izy.
Hoy izy tamin-dreo nagnano hoe: "Gne zanak'Olona da atolotry antagnan'olo, ka hovonoin-dreo izy, da hitsangagny ame
maty koa afaky telo andro." 32 Fa tsy takatry ndreo io fagnambaragny io, sady da natahotry indreo hagnotany an'azy. 33
Aveo da tonga ta kapernaomy indreo. Refa avy niditry tan-dragno izy da nagnontany andreo agnano hoe: "Ino e raha
nifampiresahanareo tan-dala?" 34 Fa nangigny indreo. Satria efa niady hevitry tan-dala indreo gne amizay lehibe
indrindra. 35 Nidoboky, da mangaiky gne roa ambin'ny folo lahy niaraky izy sady nizaka tamin-dreo nagnao hoe: "Raha
misy te ho voalohany, da tsy maintsy farany amin'izy aby izy sady da ho mpanompon'izy aby." 36 Nangala zaza raiky izy da
nataony tagnivon-dreo. Notrotroiny tame sandriny izy da nizaka tamin-dreo nagnano hoe: 37 "Na ia na ia mandray zaza
akoizao amign'agnarako, da mandray Anà koa, sady raha misy mandray Anà, da tsy mandray Anà raiky izy, fa e
nagniraky Anà koa." 38 Hoy i Jaona tamin'azy nagnano hoe: "Mpampianatry ô, Nahita olo namoaky demonia
tamign'agnaranao iay da noraranay izy satria tsy magnaraky antsika." 39 Fa Jesosy nagnano hoe: "Aza mandrara an'azy, fa
tsy misy olo hagnano asa zakabe ame agnarako nefa tselatsela afaran'izay da hizaka raha ratsy mikasiky Anà. 40 Na ia na
ia tsy manohitry antsika da momba antsika. 41 Na ia na ia magnome rano anao eran'e kôpy ho sotroigny satria an'i Kristy
anao, da zakaiko aminao marigny tokôtry, fa tsy ho very gne valim- pitiany. 42 Fa na ia na ia manafitoigny gne raiky amin'e
madiniky mino Anà, da mety amin'azy raha agnatognagny vatobe fikosoham-bary mifatotry ame vozony da atsipy an-
dranomasy. 43 Raha gne tagnanao gne mahatonga anao ho tafitoigny, tapay izy. Fa tsara ho anao gne miditry kilemaigny
ame fiainagny toy izay manatagna roa ka andeha ame helo, agny ame afo tsy mety ho vonoigny. 44 [ Fanamarihagny: Gne
fandikana tsara indrindra da gne tsy magnisy fehezanteny ame andinigny faha 44 sy 46 hoe: '"Izay tsy maty mintsy gne
kankan-dreo ary gne afo tsy ho faty mandrakizay.'"] 45 Raha gne tombokao gne manafitohigny anao, tapay izy. Tsara lôtry
aminao gne miditry mitongaitry ame fiainagny noho gne managny tomboky roy aveo ariagny ame helo. 46 [ Jereo gne
fanamarihagny eo ame andinigny faha 44] 47 Raha gne masonao gne manafitoigny anao, alay iala izy. Tsara aminao gne
miditry ame fanjakan'Andriamanitry miaraky ame maso raiky to zay maso roy da ariagny ame helo, 48 agny ame toeragny
zay tsy mahafaty gne kankan-dreo, ary gne afo da tsy mety ho vonoigny. 49 Fa gn'olo aby da samby ho voasira ame afo. 50
Tsara gne sira, fa raha gne sira gne tonga matsatso, akogn'aia gn'aninao ahasiran'azy koa sa? Asio sira gn'aminareo, da
mihavagna ame tsirairaiky aby."

## Chapter 10

1 Niala tamin' io tany io Jesosy da nande tame faritrin' i Jodia sady tame moron-dranon' i Jordana, da nagnantogny an'Azy
teo e fokonolo . Araky e faniny, da nampianatry andreo indraiky Izy. 2 Da nagnantogny an'Azy e fariseo hitsapa an'Azy da
nagnontany: "Ara-dalàgny ho an'e lelà me e misaraky ame vadiny?" 3 Namaly Izy: "Ino me e nandidian' i Mosesy anareo? 4
Da hoy indreo se: "Mosesy da namela raiky e lelà hanoratry taratasy fagnamarinagny e fisaraham-panambadiagny sady
mandefa an'azy avy eo." 5 Da hoy i Jesosy tamindreo: "Nohon' e di- dohanareo avao e nanoratany an'izany lalàgny izany". 6
"Fa tame voalohany e famorognagny, Andriamanitry nagnamboatry andreo ho lelà da viavy." 7 Noho izay antony izany da
hiala an' i abany amy endriny gne lelà, da hikambagny ame vadiny, da anjary nofotry raiky indreo roy". 8 Tsy ho roy
sanaky indreo fa ho nofotry raiky avao. 9 Ka izay natambatr'Andriamanitry, da aoky tsy ho sarahin' olombelogny ." 10 Da
rehefa avy tandragno indreo, d mbola nagnontany mikasiky an' izany avao e mpianatry. 11 Da hoy Izy tamindreo se: "Ndre
ia ndre ia lelà misaraky ame vadiny, ka avy eo magnakatry viavy hafa koa da mijangajanga. 12 Ra misaraky ame vadiny e
viavy ka mbola miakatry ame lelà hafa, da mijangajanga izy." 13 Avy teo indreoda ninday e zanan-dreo tamin' azy mba
hametrany tagna, f'izy novigniran' e mpianatry indreo. 14 Fa refa kendrin' i Jesosy izany, da vignitry be Izy sady nizaka
tamindreo hoe: "Avelay e zaza hagnantogny Anà, fa ka raràgny indreo, fa e fanjakan'Andriamanitry da an' e olo ako
indreo io. 15 Da zakaiko marina aminareo lateo, ndre ia ndre ia tsy mandray e fanjakan'Andriamanitry ako e zaza io da tsy
hiditry amin' izany mihintsy. 16 Avy teo da notrotrognony io zaza io da notsofiny rano sady nametrahany tagna. 17 Da refa
nanomboky e diany Izy, da nisy lelà niazakazaky nandoaliky tamin' Azy, sady nagnontany hoe: "ô mpampianatry tsara ,
ino e tsy maintsy aniko mba handovàko e fiainagny mandrakizay?" 18 Da hoy i Jesosy se: "Nagnino me raha aninao tsara
Iao? tsy misy tsara, afa-ts'Andriamanitry raiky avao. 19 Fantatrao e didy hoe: "ka mamono olo, ka mijangajanga, ka
mangalatry, ka mijoro ho vavolombelo tsy marigny, ka mamitaky, hajay i abanao izy am'endrinao". 20 Da hoy igny lelà igny
se: "Mpampianatry ô! efa naniko nanomboky tame fahatanorako agnaby an'io raha zakainao io". 21 Nagnety an'azy i
Jesosy da tia an'azy. Da hoy izy tamin' azy se: 'Misy raha raiky banga gn'aminao. Tsy maintsy avidinao agnaby e
fanagnanao, da omenao e mahantra izany, da zay anao vô hanan-karegny an-dagnitry agny. Avy teo da magnaraha Anà."
22 Noho izany filazagny izany da nalahelo izy sady vaivay, satria da nanandrà tokôtry izy. 23 Nagnety gne magnodidigny
an'Azy i Jesosy sady nizaka tame mpianatriny hoe: "Tena sarotry ho an' e manandrà be e miditry ame Fanjakan'
Andriamanitry". 24 Da gaga tame zakany e mpianatry. Fa hoy i Jesosy indraiky tamindreo: " Zanako! sarotry e fidiragny

ame Fanjakn' Andriamanitry! 25 Mora ame rameva e miditry ame vody filo, toy izay e hidiran' e mpanandrà ame
Fanjakan' Andriamanitry." 26 Da mbola gaga avao e mpianatry sady nifagnontany indreo hoe: "Ia zany e ho afaky ho
vohavonjy?" 27 Nagnety andreo i Jesosy da hoy Izy: "Tsy vitan' olo izany, fa vitan' Andriamanitry. Satria hain'
Andriamanitry e magnambotry e raha agnaby." 28 Da nanomboky nizaka tamin'Azy i Petera hoe; "Iteo, Iay toa da nahafoy
e raha agnaby, sady da nagnaraky anao." 29 Da hoy i Jesosy: "Zakaiko marina aminareo, tsy misy olo niala e tragnony, na e
rahalàny, na e rahavaviny, na i endriny, na i abany, na e zanany, na e taniny noho gne aminà, izy ame filazantsara, 30 ka
tsy nitombo in-jaton'e teo aloha amin'izao taonjato amin'izao fotoagny izao: da tragno, rahalà, rahavavy, reny, zanaky,
tany, miaraky ame fagnenjehagny, sady ame taon-jato ho avy, da e fiainagny mandrakizay. 31 Fa maro gne voalohany ho
lasa farany, ary e farany ho lasa voalohany". 32 Tegny an-dalagny indreo, hiakatry ho an' i Jerosalema, da nandeha
talohandreo i Jesosy. Gaga e mpianatry, da e olo nagnaraky an'Azy tafara, da natahotry. Nangian' i Jesosy indraiky koa
indreo roy ambinifolo, da nanomboky nizaka e raha mety ho avy amin'Azy tsy ho ela Izy. 33 Iteo, miakatry an'i Jerosolema
itsika izao, da hatolotry e mpisoragny be izy ame mpanoradalàgny e Zanak' Olo. Hovonoindreo ho maty Izy da
homendreo e Jentilisa. 34 Harabindreo Izy, handrorandreo, hovangoindreo, homatindreo Izy. F' izy, telo andro afaran'izany
ahafatesany izany da hitsangagny ame maty Izy." 35 Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio, nagnatogny an'Azy sady nizaka
tamin'Azy hoe : " Ô mpampianatry e! da tianay raha mba aninao izay raha angatahinay aminao agnaby". 36 Da hoy Izy
tamindreo se: "Ino izany e tianareo haniko ho anareo?" 37 Da hoy indreo: "Apetray iay hiaraky hipetraky aminao ao ame
voninahitry misy Anao, da gne raiky ame tagnanao ankavanagny da gne raiky ame gn'ankavianao." 38 Fa i Jesosy namaly
andreo hoe: "Da tsy lalanareo e raha angatahinareo. Anareo izany ho afaky hindrano ame kapoaky hindranomako na
hiaritry ho anigny batisa ame hamboaragny batisa Anà?" 39 Da hoy indreo koa se: "Vitanay izany". Da nizaka koa i Jesosy
tamindreo: "Gne kapoaky hindranomako, da hindranomanareo,sady amin'izay hamboaragny Batisa Anà, e hamboaragny
batisa anareo avakoa. 40 Fa izay hipetraky eo an-tagnako ankavanako na do ankaviako da tsy miankigny aminà izany, fa
izany da ho an'izay nagnomagny an'izany." 41 Refa naharegny an'izany e mpianatry folo hafa da nanomboky vignitry mafy
an'i Jakoba izy amin'i Jaona. 42 Nangian'i Jesosy ho eo aminy indreo da nizakany hoe: "Fantatrareo me! fa gn'olo zay
anigny ho mpanapaky e Jentilisa da mampanompo andreo, da e mpifehy andreo da e magnampatry fahefagny amindreo.
43 Fa tsy tokony ako izany gn'aminareo. Fa ndre ia ndre ia magniry ho zakabe aminareo da aleo izy ho mpanomponareo. 44
Sady ndre ia ndre ia te ho voalohany aminareo da aleo izy ho andevonareo. 45 Fa e Zanak'Olo tsy avy mba ho tompoigny,
fa mba hanompo,sy hanolotry gn'ainy ho takalon'aigny ho an'e maro." 46 Avy tao Jeriko indreo. Refa nizotso e tanàgny
niaraky tame mpianatriny Izy ame fokonolo Izy, e zanak' i Timeo, Bartolomeo, izay mpangataky sady jamba, nidoboky
t'amoron-dalagny. 47 Refa naharegny izy fa i Jesosy lata Nazareta e mandalo izany, da nanomboky nikiakiaky mafy sady
nizaka hoe: "Ô Jesosy, Zanak'i Davida, mamindrà fo aminà rô!" 48 Maro e nizaka mafy an'igny jamba igny, nizaka an'azy
mba hisigny. F'izy voamaiky izy nikiakiaky mafy be: "ô Zanak'i Davida ah!mamindrà fo aminà rô!" 49 Nijanogny i Jesosy da
nampangaiky an'azy.Natsovandreo izy, da nozakaindreo hoe: " Mahereza! Mitsangàna! fa mangaiky anao Izy." 50 Nariany
e lambany da nitsangagny, ka nagnantogny an'i Jesosy izy. 51 Da namaly an'azy i Jesosy sady nizaka an'azy hoe: "Ino me
gne raha tianao aniko aminao ? Da hoy igny jamba igny se: "Raby ô, te hahita iao." 52 Da hoy i Jesosy tamin' azy:
"Mandiana. Gne finoanao gne nahavonjy anao." Da nahita niaraky tamin'izay e masony, sady nagnaraky an'i Jesosy
t'andalagny tegny izy.

Chapter 11

1 Sady raha nande tagny Jerosalema indreo, da nagnakeky an' i Betifaga sy Betania, agny ame tendrombohitry Oliva, da i
Jesosy nagniraky gne roy tame mpianatriny 2 da nizaka tamindreo hoe: "Mandiana amiry tanagny kidy aloantsika iry. Ra
tafiditry amignao anareo, da ahita zana-boriky raiky mbola tsy nitikinan' olo. Tatay izy da indeso aminà aty. 3 Ra misy olo
mizaka aminareo hoe: "Nagnino anareo magnano anio? Da zakay izy hoe: Misy ilan' i Tompo an'azy da hapodigny malaky
aty izy." 4 Nandeha nizotso indreo da nahita zana-boriky raiky mifiny t' ambadik'e tragno agnilan'e varangaragny raiky
amoron-dalagny, da nitatàndreo gne tadiny. 5 Nisy olo sasany nitsangagny teo da nizaka tamindreo hoe: "ino me
gnaninareo, manataky anio zana-boriky io?" 6 Da nozakainy andreo gne zakan' i Jesosy tamindreo, da napetran'olo
handeha ame lalany hombany indreo. 7 Da nindesin'e mpianatry roy lahy tamin'i Jesosy gne zana-boriky da naniny
tambonin' igny gne lambandreo ka afaky nitikigny tamin'azy i Jesosy. 8 Maro gn'olo namelatry e lambany tame lalagny,
sady gne sasany koa, da namelatry rantsan-kazo izay notapàtapàny avy t'agnatin'ala. 9 Da indreo nandeha talohany
miaraky ame gn'olo nagnaraky an'Azy nangaiky hoe: "Hosana! deraigny izay raiky avy ame gn'agnaran'i Tompo. 10
Deraigny e fanjakagny ho avin'i Davida abatsika ! Hosana agny ame gn'ambony indrindra!" 11 Avy teo Jesosy niditry an'i
Jerosalema da niditry ampengonagny da nagnetignety raha marobe. Da, efa ne-hariva gnandro, da nandeha ta Betania
Izy miaraky ame roambinifolo lahy. 12 Gn' andro magnaraky, raha nipody avy ta betania indreo, da nosaregny Izy. 13 Da
nahita hazon' aviavy raiky nidoroboky lavidavitry tery, da nagnantogny Izy hagnety sao da misy hisikiny tamin'azy, sady
refa nagnantogny amin'izany Izy, da tsy nahita ndre ino ndre ino afa tsy gne ravigny fotsiny, fa tsy mbola fotoan'e
famohazany gn'aviavy tamin' io. 14 Da nizaka izy tamizany hoe: "Tsy hisy hihinagny gne isikinao sanaky mandrakizay." Da
naharegny an'izany gne mpianatriny. 15 Nandeha ta jerosalema indreo, da niditry tampiangonagny Izy da nanomboky
nandroaky gne mpivarotry izy ame mpividy marobe tao. Nalavony gne latabatry gne mpanakalo vola izy ame sezany gne
mpivarotry voromamanga. 16 Ndre ia ndre ia tsy nekeny hitondra varotry agnaty fiangonagny. 17 Da nampianatry andreo

Izy da nizaka hoe: "Tsy efa voasoratry me hoe: 'Gne tragnoko da anigny hoe tragno fivavagny ho an'e firenegny agnaby?
Nefa naninareo toeragny fisitrihan' e mpangalatry. [18] Regnindreo Lohan'e mpisorona izy ame mpanoradalàgny e raha
nozakainy, da nitady fomba hamonoagny an'Azy indreo. Fa nataotry an'Azy indreo satria gne fokonolo agnaby da gaga
tamin'e fampianarany. [19] Refa hariva igny gn'andro, da niala gne tanagny indreo. [20] Da raha nandeha indreo gne
mandraigny, da nahita gne kakazony gne aviavy nalazo hatrame vatriny. [21] Nahatadidy i Petera da nizaka hoe: "Raby ô,
hiteo! Nalazo gne aviavy nozogninao." [22] Jesosy namaly andreo hoe: "Manàgna finoagny an' Andriamanitry. [23] Zakaiko
marina aminareo fa ndre ia ndre ia mizaka am' ity vohitry ity hoe: "Mitsangàna ka milavoa an-dranomasigny,' ka raha tsy
misy fisalasalagny gn'ampony fa mino fa hitranga amin'azy izay nozakainy da akoizany gne hanin' Andriamanitry. [24]
Noho izany da mizaka aminao Iao hoe: "Gne raha agnaby hivavahanareo sady angatahanareo, minoa fa nandray an'izany
anareo,da ho azonareo izany. [25] Refa mitsangagny sady mivavaky anareo, da tsy maintsy mamela gn'alahelo anagnanareo
agnaby ndre amin' ia ndre amin' ia anareo, mba havelan' i Abanareo Izay agny an-dagnitry agny avakoa gne fahotanareo.
[26] [Fagnamarihagny: Gne fandikagny tena tsara da tsy magnisy hoe (Iteo ame Matio 16:15) Mk. 11: 26 "Fa raha tsy mamela
heloky anareo, da tsy hamela gne fahotanareo mihitsy koa i Abanareo Izay agny an-dagnitry." ] [27] Da niakatry ho agny
Jerosalema indraiky indreo.Sady raha nandendeha tam-piangonagny i Jesosy, da nagnantogny an'Azy gne lohandohan' e
mpisorogny, gne mpanoradalàgny, da gne olom-be ame tanagny. [28] Da hoy indreo tamin'Azy hoe: "Fahefagny lat'aia gne
hagnamboaranao an'itoa raha agnaby toa, da ia gne nagnome fahefagny Anao hagnano anio?" lol [29] Nizaka tamindreo
Jesosy hoe: "Hametraky fagnontaniagny raiky aminareo Iao. Zakay Aminà da ho zakaiko anareo hoe fahefagny avy taia
me gnagnamboarako anio raha agnaby io. [30] Gne batisan' i Jaona lat' an-dagnitry izany sa lat'amin'olo? Valio Iao." [31]
Nifampidiniky miaraky indreo sady nifamaly sy nizaka hoe: 'Raha mamaly itsika hoe: 'lat'an-dagnitry,' da hizaka Izy hoe:
Nagnino anareo tsy mino an'azy? [32] Fa raha mamaly koa itsika: 'Avy amin'olo,'..." Nataotry gn'olo indreo, satria resy
lahatry gn'olo agnaby fa i Jaona da mpaminany tokôtry. [33] Avy eo namaly an' i Jesosy indreo ka nizaka hoe: "Tsy lalanay."
Da hoy i Jesosy tamindreo: "Iao avakoa tsy hizaka aminareo hoe fahefagny avy lat'aia gne hagnamboarako an'itoa raha
toa."

Chapter 12

[1] Nanomboky nampianatry andreo tame alalany gne fagnoharagny i Jesosy. Hoy Izy: "Nisy lelà nagnano tanim-bôloboky,
nagnisy vala magnodidigny an'izany, ary nandavaky famiazagny. Nanangagny tilikambo da avy eo nampagnofagny igny
tanim-bôloboky igny tame mpamboly vôloboky. Da niala nandeha lavitry izy aveo. [2] Tame fotoagny mety, da nagniraky
mpiasa andeha amin'igny mpamboly vôlobok'igny izy mba hangalaky amin-dreo gne sasany tokony ho anjarany ame
vokatry gne tanim-bôloboky. [3] Fa nosamborin-dreo izy, novangoiny, ary noroasiny tsy hitondra na ino na ino. [4] Nagniraky
mpiasa raiky ho agny indraiky izy, da noratrain-dreo tame lohany ary nalaim-baraka. [5] Da mbola nandefa hafa avao izy,
ary novonoin-dreo io raiky io. Nanin-dreo akoizany aby e tafara, novangoiny gne sasany da novonoiny gn'hafa. [6] Mbola
nanagny olo raiky hafa hirahigny izy, da e zanaky malala. Izy e farany nalefany tamin-dreo tagny. Hoy izy se: "Mba
hagnaja gne zanako lahy indreo." [7] Nefa nifampizaka indreo mpamboly vôloboky hoe: "Inty e mpadova. Avia aska
hovonointsika izy, da ho lasantsika gne lova." [8] Nosamborin-dreo izy, da novonoiny, ary natsipiny tambadiky gne tanim-
bôloboky. [9] ka ino gn'ataon'e tompon'e tanim-bôloboky? Ho avy izy da agnafôgny andreo mpamboly sady hagnome tanim-
bôloboky gne hafa. [10] Tsy novakinareo kaiky itiky Soratry Masina itiky? 'Gne vato izay tsy tian'e mpamboatry trano, gne
nagnamboaragny andri-tragno. [11] Avy tame Tompo zany, sady da mahagaga ankatrefatsika.'" [12] Nitady gne isamboragny
an'i Jesosy indreo, saingy nalia gne fokonolo, satria lalan-dreo fa hanoheragny andreo gne nizakany an'izany
fanoharagny izany. Ka da navelan-dreo Izy ary lasa nandeha indreo. [13] Da nagniraky gne Fariseo sy Herodiagny sasany ho
agny amin'Azy mba hamandriky an'Azy ame zaka indreo. [14] Refa avy indreo, da hoy indreo tamin' azy se: "Mpampianatry
ô, lalanay gne hevitry gne olo anao, ary tsy magnabôky fagnavakavahagny amin'olo. Mampianatry marigny gne
lalan'Andriamanitry Anao. Ara-dalagny zany sa tsia gne magnefa hetra amin'i Kaisara? Tokony hagnefa hetra zany iay sa
tsia?" [15] Fa lalan'i Jesosy gne fiatsarambelatsihin-dreo ka nizaka andreo hoe: "Magnino anareo mitsapa anà? Indeso
denaria raiky iao mba itaragnako an'azy." [16] Da nindesan-dreo vola raiky i Jesosy. Hoy Izy tamin-dreo nagnano hoe:
"Endrik'ia ity sary sy soratry ity?" Hoy indreo se: "An'i Kaisara." [17] Hoy Jesosy hoe: "Omeo an'i Kaisara gn'an'i Kaisara, ary
omeo an'Andriamanitry gn' Andriamanitry." Da gaga tamin'azy indreo. [18] Aveo gne Sadoseo, zay mizaka fa tsy misy gne
fitsanganagny ame maty, da avy tamin'azy teo. Nagnontany an'azy indreo, nangnano hoe: [19] "Mpampianatry ô, nanoratry
izao ho anay i Mosesy hoe: 'Raha maty gne rahalahin'e Lehilà raiky nametraky vady izy, nefa tsy mba nanagny anaky, da
tokony manam-bady gne vadin-drahalahiny e lelà, ka hanagny taranaky ho an'e rahalahiny.' [20] Nisy fito mirahalahy;
nanam-bady e voalohany da maty, tsy nametraky taranaky. [21] Aveo nangalaky an'azy gne faharoy da maty, tsy nametraky
taranaky, da akoizany koa gne fahatelo. [22] Tsy nisy nametraky taranaky izy fito. Gne tena farany, da maty koa raviavy. [23]
Ame fitsanganagny ame maty, refa hitsangagny koa indreo, da ho vadin'ia izy? satria samby manambady an'azy aby
indreo fito mirahalahy." [24] Da hoy i jesosy se: "Tsy izany me gne antony mahadiso hevitry anareo, satria tsy lalanareo ndre
da gne Soratra Masina ndre gne herin'Andriamanitry? [25] Satria refa mitsangagny ame maty indreo, da tsy hanambady na
hatolotry ame fanambadiagny, fa akô gne anjely agny an-dagnitry. [26] Fa mahakasiky gne ame fitsanganagny ame maty, tsy
novakinareo me gne tao ame bokin'i Mosesy, ao ame andalagny momba e voaroy, gne niresahan'Andriamanitry
tamin'azyka nizakany hoe: 'Iao gne Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba'? [27] Izy da

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tsy Andriamanitry gne maty, fa an'e velogny. Somary diso hevitry anareo." [28] Nisy raiky tame mpanora-dalagny avy sady
naregny gne resakandreo; Hitany fa novalian'i Jesosy tsara indreo. Ary nagnontany an'Azy izy hoe: "Ino gne didy zakabe
amin'izy aby?" [29] Jesosy namaly nagnano hoe: "Gne tena zakabe da gne hoe: 'Mihainoa, gne tompo Andriamanitsika, ry
Israely, raiky gne tompo. [30] Tsy mentsy mitia gne Tompo Andriamanitrinao ame fonao aby anao, ame fagnahinao aby, ame
saigninao aby, sy ame herinao aby.' [31] Ity gne didy faharoy: 'Tsy mentsy mitia gne namanao akô gne tegnanao anao.' Tsy
misy didy zakabe mandilatry an'io." [32] Hoy e mpanora-dalagny hoe: "Tsara izany, ry mpampianatry! Vôzakanao marigny
fa Andriamanitry da raiky, ary tsy misy afa tsy Izy. Ary gne mitia an'Azy ame fo aby, da ame saigny aby, [33] ary gne mitia
gne namagny akô gne tegna, da tsara lavitry mihôtry gne fagnatitry doragny sy gne sorogny aby." [34] Refa hitan'i Jesosy fa
nagnome valin-teny hendry Izy, da nizaka tamin'Azy izy hoe: "Tsy lavitry gne fanjakan'andriamanitry anao." Ary
tafaran'izany, da tsy nisy olo nasaky nametraky fagnontaniagny tamin'i Jesosy sanaky. [35] Namaly Jesosy, raha nampianatry
tao ame tempoly Izy; da hoy Izy:" Akognaia sa gne izakan'e mpanora-dalagny fa Kristy da zanak' i Davida? [36] Davida
tegnany, tamigne Fanahy Masina, nagnano hoe: 'Ny Tompo nizaka tame Tompoko hoe: mipetraha eo an-tanà ankavanako,
mandra-pagnamboarako gne fahavolonao ho fitoeran-tongotrao.' [37] Davida tegnany aza nangaiky an'azy hoe 'Tompo,' ka
akognaia gne maha zanaky Davida an'i Kristy?" Niteno an'azy tamign'hafaliagny gne fokonolo maro be. [38] Tame
fampianarany Jesosy da nizaka hoe: "Mitandrema amin-dreo mpanora-dalagny, zay tia mandendeha ame lamba lava ary
tian-dreo gne fiarahabagny azon-dreo abazary egny [39] ary tian-dreo gne mahazo seza vôlohany agny ame Synagoga sy gne
toeragny voalohagny agny ame fety. [40] Mandrobaky gne tragnon'e mpitondra tegna indreo, ary magnano vavaky lavabe
mba ho hitan'ny gne olo. Ireo lelahy ireo da handray fagnamelohagny zakabe tokôtry." [41] Aveo Jesosy da nipetraky
nifagnandrify gne vatan-drakitry tao ame faritry gne tempoly; nagnety e olo aby izay nandrotsaky vola tao ame vatan-
drakitry. Mpanankaregny maro gne nandatsaky vola be tao. [42] Da nisy viavy sahiragny mpivagnitry raiky avy
nandrotsaky farantsakely roy, izay kidy variroaventy oharigny ame iraimbilanja. [43] Da nantsovany ireo mpamimany da
hoy izy tamin-dreo hoe: "Zakaiko aminareo marigny tokôtry, fa ity viavy sahiragny mpivanitry ity gne nandrotsaky be
mihoatry ame zay nandrotsaky vola tao ame vatan-drakitry. [44] Satria gne olo aby da nagnome tame fanagnam-ben-dreo.
Fa ity mpivantitry ity kosa , tame fahantrany, da nandrotsaky gne vola izay tokony ivelomany tao."

Chapter 13

[1] Da raha niala gne fiangonagny Jesosy, da nizaka e raiky tamireo mpianatriny hoe: "ô Mpampianatry ô, iteo gn'hatsarany
gne vato izy ame hatsaran'e rafitry!" [2] Hoy izy se: "Itanao me gne rafitry zakabe toa? Ka avela hisy vato hifanongoa eo da
tsy ho ravagny." [3] Ary raha nipetraky tame vohitry Oliva takitsy e fiangonagny Izy, da nagnotany an'Azy mangingigny i
Petera, Jakoba, Jaona sy Andrea: [4] "Zakay aminay, ovia gne hitrangan'izany raha izany? Ino gne famantaragny refa
hitranga io raha io?" [5] Da Jesosy nanomboky nizaka tamin-dreo hoe: "Mitandrema mba tsy hisy olo hampivily lalagny
anareo. [6] Fa maro gne ho avy ame agnarako sy izaka hoe: 'Iao gn'izy,' sady da maro gne ho voafitakiny. [7] Refa maregny ady
sy resa-be mikasiky gne ady anareo, da ka magnàh; tsy mentsy hitranga ireo, fa tsy mbola izay gne faragny. [8] fa hisy
firenegny hitsangagny hamely firenegny, ary hisy fanjakagny hamely fanjakagny. Ary hisy horohon-tany ame toeragny
maro, sady hisy mosary. Izany gne voalohan'e fahoriagny fiterahagny. [9] Mitandrema anareo. Hatolotr'indreo ame
Synedriona anareo, da rabohigny ao ame Synagoga. Hitsangagny alohan'ireo mpanapaky sy ireo mpanjaka noho
gn'aminà anareo, ho vavolombelogny amindreo. [10] Fa gne Filazantsara da tsy maintsy toriagny ame firenena agnaby
aloha. [11] Refa manambotry sy manolotry anareo indreo, da ka magnà ame zay tokony ho zakainareo. Fa amin'igny lera
igny, da homegny anareo gne izay tokony ho zakainareo; tsy anareo gn'izaka, fa gne Fanahy Masina. [12] Gne rahalà
hanolotry gne rahalàny ho faty, sady gne iabany hanolotry gne zanany. E zanaky hanohitry gne iabany ame endriny ka
hahafaty andreo. [13] Ho halan'olo agnaby anareo nohon'e Agnarako. Fa ndre ia ndre ia maharitry hatramin'e farany, da
hovonjegny izany olo izany. [14] Fa raha hitanareo mitsangagny ame tsy tokony htsanganagny gne fahavetavetan'e
fandravagny (da tokony handiniky ze mamaky), da zay Avy agny jodia aby hilefa agny ame vohitry, [15] izay an-tafotragno
da tsy hidigny ao an-dragno na hamôky zavatry avy ao amin'izany, [16] da zay an-tanimboly aoky tsy hipody sanaka angala
gne lambany. [17] Lozan'ireo bevohoky sy mampinono am' zany andro zany! [18] Mivavaha anareo mba tsy ame ririnigny gne
hitrangan'izany. [19] Fa hisy fahoriagny be, izay mbola tsy nisy hatramy gne voalohagny, raha namorogny izao tontolo zao
Andriamanitry, ka hatram'izao, tsia, sady mandrakizay tsy hisy sanaky zany. [20] Raha tsy hoe nafohezin'i Tompo zany
andro zany, da tsy hisy vatagny ho voavonjy. Fa nohon'e olom- boafidy, izay nofinidiny, da nafoheziny gne isan'izany
andro izany. [21] Sady raha nisy olo mizaka aminao hoe: "Taragno, aty e Kristy!' na koa hoe: 'Eteo, ery Izy!' Da ka mino
an'izany. [22] Fa hisy Kristy sandoky sy mpaminany sandoky hibôky sady agnabôky famantaragny sy fahagagagny, mba
hamitahagny, ndre da gne olo vôfidy aza, raha azo atao. [23] Miambena! efa voazakako taminareo taloha gne fotoan'ireo
raha agnaby ireo. [24] Kanefa tafaran'ireo andro ireo, da hihamizigny e masoandro, gne volagny tsy hagnome hazavagny, [25]
gne kitagny hilatsaky avy ame lagnitry, ary ireo hery izay ao an-dagnitry ho hozongozonigny. [26] Ka ho hitan-dreo gne
zanak'Olona avy egny ame rahogny ame hery zakabe sy voninahitry. [27] Sady hagniraky gne anjeliny izy hamory miaraky
ame olo vôfidy avy ame vazan-tany efatry, avy agny ame farany gne tany hatrame farane lanitry. [28] Mangalà lesogny avy
ame kakazon'e aviavy. Raha vô mamelagny sy mandravigny gne rantsany, da fantatrareo fa ho avy gne lohataogny. [29]
Akoizany koa, raha vô hitanareo mibôky zany raha aby zany, da fantatrareo fa efa ho avy avao koa Izy, magnarivo gne
vavahady. [30] Zakaiko aminareo,marigny tokôtry, ty taranaky ty da tsy ho ritry mandra- pitrangan'izany raha aby zany. [31]

Ho levogny e lagnitry sy gne tany, fa e zakako kosa tsy holevogny mandrakizay. 32 Fa gne mahakasiky gne andro na gne
lera zany, da tsy misy mahafantatry, ndre da gne anjely agny an-dagnitry aza, na gne Zanaky, fa gne Ray avao. 33
Mitandrema! Miambena, satria tsy lalanareo gne fotoagny. (Fanamarihagny: Ireo fahefagny taloha da nagnano hoe:
Mitandrema! Miambena sady mivavaha, satria....) 34 Izany d'ako gne lehilà raiky handeha lavitry_nagnabela e tragnony
izy ka ireo mpanompony gne nataony niandraikitry e tragnony, samy ame asany aby, sady nandidy gne mpiambigny Izy
mba tsy hatory. 35 Koa miambena, satria tsy lalanareo hoe ovia gn'evian'e tompon-trano; Mety ame aligny zany; na ame
sasak'aligny, na magneno akoho, na mandraigny. 36 Fa raha avy tampoky Izy, da k'ampahitagny anareo matory Izy. 37 Izay
Zakaiko aminareo da zakaiko ame olo aby avao koa: Miambena!"

## Chapter 14

1 Roy andro talohan'e Paska sady fankalazagny e fihinanagny mofo matavay tam'izany. Nitady fomba hisamboragny an'i
Jesosy mangingigny e lohan'e mpisorogny izy ame mpanoradalagny mba hamonoagny anazy avy teo. 2 F'izy, hoy indreo:
"Aleo tsy amin'e andro fety amizay tsy mikorontagny e olo." 3 Raha tagny Betania t'andragnon'i Simona boka i Jesosy,
amin'Azy midoboky ambony latabatry eo igny, da nisy viavy raiky nagnatogny Anazy nitondra tavoara alabastara misy
menaky lafo vidy, io da narda tsy misy fangarony. Novakiny igny tavoara igny da nararakiny tame lohany izany. 4
Nahavignitry e olo sasany izany. Nifampizaka indreo hoe: "Ino me e dikan'ity fandanindaniagny fataniky ty? 5 Io menaky
magnitry io zao azo navidy lafo mihoatry e denaria telonjato, sady nomegny e mahantra." Da nivignitry an'igny viavy
igny indreo. 6 F'izy hoy i Jesosy se: "Apetray izy. Nagnino anareo magnano e raha mampalahelo anazy? Raha tsara e
naniny taminà. 7 E sahiragny da aminareo eo isan'andro, da sady afaky hagnano asa tsara ho andreo io fezay anareo ame
fotoagny agnaby, fa Iao anefa tsy hipetraky aminareo etoa isan'andro. 8 Nagnano e azony nanigny izy: nagnosotry e
Vatako ho ame fandevenagny izy. 9 Zakaiko marina aminareo, ndre aia ndre aia hitoriagny e Filazantsara eran'izao
tontolo izao, da hambara andreo e raha nanin'ity viavy ity, mba ahatadidizandreo anazy." 10 . Avy teo, i Jodasy Iskariota,
raiky tame roy ambin'ny folo lahy, nandea tame lohan'e mpisorona mba ahafahany manolotry Anazy amindreo. 11 Raha
ren'e lohan'e mpisorogny izany, da faly indreo sady nampagnategna hagnome vola anazy. Da nanomboky nitady hevitry
hagnambarany Anazy amindreo izy. 12 Tame andro voalohan'e fihinanagny mofo matavay, refa nagnano sorogny e
ondrin'e Paska indreo, da hoy e mpianatriny tamin'Azy se: "Aia e tianao hikarakaragny e hanigny sa? mba ihinanao e
hanignin'e Paska?" 13 Da nagniraky roy tame mpianatriny Izy sady nizaka tamindreo hoe: "Mandiana an-tanagny, da hisy
lelahy mitondra siny feno rano hifanepaky aminareo. Magnaraha Anazy. 14 Izay tragno idirany, da magnaraha anazy da
zakay e tompon-tragno hoe: "Hoy e Mpampianatry se: "aia e efitragno fandraisam-bahiny ahezako miara-minagny e
Paska ame mpianatriko?"' 15 Hagnaboaky tragno zakabe ambony rihagny efa misy fanaky efa vonogny tsara izy. Ao e
amboaranareo e fagnomagnagny ho antsika." 16 Da lasa e mpianatry nandeha amin'io tanàgny io. Fatandreo tam'izany fa
efa nozakainy e zava-drehetra, da nagnomagny e hanigny ame Paska indreo. 17 Raha hariva gn'andro, da niaraky avy
tame roy ambin'ny folo lahy Izy. 18 Rehefa nidoboky t'ambony latabatry nihinagny indreo, da hoy Jesosy: "Zakaiko marina
aminareo, fa e raiky aminareo miaraky mihinagny aminà etoa io da hamadiky Anà." 19 Nalahelo agnaby indreo, da nizaka
tamin'Azy tsiraidraiky: " Tsy iao lateo izany?" 20 Da namaly Jesosy da nizaka andreo hoe: "E raiky aminareo roy ambin'ny
folo lahy izany, da io miaraky magnatsoboky mofo Aminà agnaty lasety io zao." 21 Fa e Zanak'Olo da handeha ame lalagny
efa voazakan'e Soratry Masigny mikasiky Anazy. F'izy sa, loza ho an'izany lelahy hamadiky e Zanak'Olo izany. Tsara ho
anazy raha tsy teraky izy." 22 Amindreo mbola mihinagny igny, da nangala mofo i Jesosy, nisaotry, da nizarazara izany.
Natolotriny andreo izany sady nizaka Izy: "Raiso, Ity e vatako." 23 Da nangala kapoaky koa Izy, nisaotry, da nanolotry
an'izany tam'indreo, da nindrano an'igny indreo agnaby. 24 Da hoy izy: "Ity e ràn'e fagnekem-pihavanagny, rà izay alatsaky
ho an'e olo agnaby. 25 Zakaiko marina aminareo, tsy hindrano an'ity vokatr'e voaloboky ty sanaky Iao mandrapevian'e
andro indranomako izany indraiky ra avy ame Fanjakan'Andriamanitry." 26 Refa avy nihira fideragny indreo, da nandeha
t'antendrombohitr'Oliva. 27 Hoy Jesosy tamindreo: "Hiala Anà agnaby anareo aby, fa efa voasoratry hoe: "Hamango e
Mpiandry ondry Iao, da hilefa aby e ondry agnaby.' 28 Fa refa avy nitsangagny tame maty Iao, da handeha alohanareo a
Galilia." 29 Da hoy i Petera tamin'azy: "Ndre da hiala anao aby gn'olo agnaby, da iao tsy mba hiala Anao." 30 Da hoy i Jesosy
tamin'azy: "Zakaiko marina aminao, androany hariva, ndre mbola tsy magneno in-droy e akoho, da efa handà anà in-telo
anao." 31 Da hoy i Petera: "Ndre da tsy maintsy hiara-maty Aminao iao, da tsy handà Anao sanaky." Da samby
nampagnategna akoizany agnaby indreo. 32 Refa avy tame tany angiagny hoe Getsemane indreo, da hoy i Jesosy tame
mpianatriny: "Mijanogna etoa anareo mandra-pivavahako." 33 Nentiny niaraky tamin'Azy i Petera, da i Jakoba, da i Jaona,
sady efa nanomboky nalahelo sady ory. 34 Da hoy Izy tamindreo: "Mijaly lôtry e fagnàko, akô olo efa hofaty. Mipetràha
etoa da miambena." 35 Nisitaky lavidavitry kidikidy andreo i Jesosy, nandoaliky sady niondriky tame tany, da nivavaky,
nangataky, mba hiala amin'azy izany ora izany, 36 Da hoy Izy: "Aba, Aba! anao mahay magnano e raha agnaby, mba alay
aminà rô ity kapoaky ity. F'izy tsy gne sitrapoko e hanigny, fa e sitraponao." 37 Nipody izy da nahita andreo natory, da hoy
izy tamin'i Petera: "Simona, matory me anao? Tsy nahavita niambigny ndre lera raiky? 38 Miambena da mivavaha mba tsy
hidiran'e fakam-pagnàhy. E fagnàhy da mety mazoto tokôtry, fa e nofotry e malemy." 39 Da lasa koa izy nisitaky sady
nivavaky, da mbola namerigny e zaka naniny taloha igny avao. 40 Da nipody koa izy, da mbola nahita andreo natory, fa
navesatr'e torimaso e masondreo da tsy nahita raha ho zakaigny tamin'Azy. 41 Nagnatogny fanintelony izy da nizaka:
"Mbola matory sady mangalaky aigny avao me anareo ty? Ampy izay! efa avy e fotoagny. Iteo! e Zanak'olo hatolotry am-

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

pelatagnan'e mpanota. 42 Mitsangana! atsika andeha. Iteo! Efa akaiky e mpamadiky Anà." 43 Amin'i Jesosy mizaka eo igny,
da igny i Jodasy avy, raiky tame roy ambin'ny folo lahy, niaraky tame fokonolo maro izay nitondra sabatry izy ame
langilangy, avy ame lohan'e mpisorogny, mpanoradalàgny, da e olombe ame tanagny. 44 Da e mpamadiky nagnome
famantaragny andreo hoe:"Izay orofako, gn'izy. Sambory izy da embeno." 45 Refa avy i Jodasy, da tonga da nagnantogny
an'i Jesosy sady nizaka hoe: "Raby," sady nagnoroky anazy izy. 46 Avy eo da nosamborindreo i Jesosy. 47 Fa nisy raiky
tamindreo teo namoaky sabatry da namira e sofin'e mpanompon'e mpisoronabe. 48 Da hoy i Jesosy tamindreo: "Avy
hanambotry Anà anareo, da akò hanambotry dahalo, da miaraky ame sabatry izy ame langilangy anareo? 49 Tamina
hitanareo isan'andro sady nampianatry t'ampiangonagny, tsy nosamborinareo. Fizy nanigny izao mba hahatanteraky e
Soratry Masigny." 50 Da niala Anazy aby e namany niaraky tamin'i jesosy da tsy nitodiky sanaky. 51 Da nisy kiraolahy raiky,
tsy nitafy afa-tsy lamba harìry raiky avao. Nagnaraky an'i Jesosy. Refa nosamborin'olo izy 52 da nalany e lambany da lasa
nilefa izy. 53 Nentindreo tame Mpisoronabe i Jesosy. Nivory tamin'Azy teo agnaby e Mpisorona aby, gne olombe ame
tanagny, e mpanora-dalàna. 54 Da i Petera nagnaraky Anazy tame sisiny lavidavitry egny avao, hatrame bazagnin'e
tokotanin'y mpisoronabe. Nidoboky niaraky tame mpiambigny izy, izay namindro takeky e afo. 55 Da e lohan'e
mpisorogny sy Synedriona Jiosy da nitady vavolombelo hanohitry an'i Jesosy mba ahafahandreo hamono Anazy ho faty.
F'izy tsy nahita indreo. 56 Fa maro e nagnibitry vandy anazy, nefa e fagnobirandreo tsy mitombogny aby. 57 Nisy olo sasany
nitsangagny nagnibitry vandy Anazy; da hoy indreo se: 58 "Da renay izy nizaka hoe: "Ho ravako ity fiangonagny
namboarigny tagna ity, da agnatin'e telo andro iao da hanangagny raiky hafa tsy namboarigny tame tagna." 59 Fa mbola
tsy mifagnaraky avao moa e fagnobirandreo. 60 Da e mpisoronabe nitsangagny tamindreo teo da nagnotany an'i Jesosy
hoe: "Tsy misy havaly sanaky anao io me? Ino me e itorian'itoa olo toa Anao io?" 61 Fa nangigny avao izy fa tsy namaly
ndre kidikidy. Da mbola nagnotany anazy avao e Mpisoronabe hoe:"Anao zany i Kristy io? e Zanak'e vôtahy zany?" 62 Da
hoy i Jesosy: "Izaho no Izy, ho hitanareo moa e Zanak'Olo refa mipetraky an-tagnan-ankavanan'e herin'Andriamanitry
sady refa ambonin'e rahogn'e lagnitry." 63 Da e Mpisoronabe nandrivatry e sikiny sady nizaka hoe: "Mbola mila
vavolombelo avao atsika? 64 Efa renareo e vava ratsin'izany. Da ino e fanapaha-kevitrareo?" Indreo agnaby da samby
nagnameloky anazy Agnaby mba ho olo tokony hovonoigny. 65 E sasany efa nanomboky nandrora tamin'Azy, sady
nandrakotry e tarehiny, da namango anazy sady nizaka anazy hoe: "Maminania sa!" Da e manam-boninahitry moa
nangalaky sady nagnabonaky Anazy. 66 Da refa tame bazagny teo i Petera, da nagnatogny anazy e raiky tame mpanompo
vavin'e mpisoronabe. 67 Nahita an'i Petera nitsanga namindro tame afo izy, da nodinihiny akeky. Da hoy izy tamin'azy se:
"Anao koa niaraky tamin'igny Nazarena igny, i Jesosy" 68 Fa izy moa nandà an'izany, sady nizaka hoe: "Tsy lalako sady tsy
azoko e tianao zakaigny." Da avy teo lasa niala e bazagny izy. [Fagnamarihagny: E fandikagny sasany magnampy hoe: "Da
nagneno e akoho," fa e fandikagny taloha tsara indrindra da tsy misy anio zaka io.] 69 Da igny zaviavy nahita anazy teo
igny nanomboky nizaka tame olo nitsangagny nagnodidigny teo hoe: "Io lelà io da raiky amindreo!" 70 Fa da mbola nandà
an'izany avao moa izy. Avy teo da hoy e olo nitsangagny takeky an'i Petera teo hoe: "Da amindreo io mintsy anao ka, satria
anao Galiliana." 71 Fa efa nanomboky nagnozon-tegna sady nitangè izy hoe: "Tsy fatako an'izany lelà zakainareo zany!" 72
Da niaraky tamin'izany da nagneno fagnindroiny e akoho. Da avy teo da nahatadidy e zakan'i Jesosy tamin'azy igny i
Petera: "Ndre mbola tsy magneno fagnindroiny e akoho da handa Anà in-telo anao." Da nalahelo mafy sady nitomagny
izy.

## Chapter 15

1 Vô mandraigny be, da nivory indreo mpisoronabe niaraky tamindreo olom-be ame tanagny izy ame mpanora- dalàgny
da gne Synedriona jiosy agnaby. Nifiezindreo i Jesosy da nentindreo nijotso. Nomendreo an'i Pilato Izy. 2 Nagnotany Anazy
Pilato hoe: "Anao me gne Mpanjakan'ny jiosy?" Nivaliany hoe: "Vôzakanao". 3 Maro gne fagnobiragny nomendreo lohan'e
mpisorogny manohitry an'i Jesosy. 4 Nagnontany Anazy indraiky Pilato hoe: "tsy mana-kavaly Anao? hiteo gne
hamarozane fagnobiragny nentindreo manohitry Anao!" 5 Tsy namaly an'i Pilato zanaky Jesosy, da nahagaga Anazy zany.
6 Fa tamign'andro fety, da namotsotry gadra raiky ho andreo fezay Pilato, zay gadra angatahindreo. 7 Niaraky tamindreo
mpikonikony tam-pigadragny, tamindreo mpamono olo zay vôtazogny noho gne fandraisandreo anjara tamin'e
fikomiagny, da nisy lelà raiky i Barabasy gne egnarany. 8 Da negnam'i Pilato gne fokonolo sady nanomboky nangataky
taminazy mba hagnano ako e fanaovagny andreo taloha. 9 Nivaliny Pilato indreo hoe: "Tianareo me ra gne Mpanjakan'e
Jiosy gne halefako ho anareo?" 10 satria lalany fa fialognagny gne nanoloran'e lohan'e mpisorogny an'i Jesosy taminazy. 11
Fa nagnentagny gne fokonolo indreo lohan'e mpisorogny mba hioraky mafy fa tokony i Barabasy avao gne havotsotry. 12
Da namaly andreo indraiky Pilato hoe: "Ino zany gne tokony ho aniko amin'e Mpanjakan'e Jiosy?" 13 Da niorakoraky koa
indreo hoe: "Fatsio Izy!" 14 Hoy Pilato tamindreo hoe: "Ino gne ratsy naniny?" Fa nioraky mafy fezay fezay indreo hoe:
"Fatsio Izy!" 15 Te hagnano zay mahafa-po andreo Pilato, farany da nafahany ho andreo Barabasy. Nivangoigny Jesosy da
avy eo natolotriny mba ho fatsiagny. 16 Nindesin'e miaramila ho ame bajagny Izy (zay ivotoeram-panjakagny), da nangen-
dreo agnaby gne antoko miaramila manontolo 17 nampisikinin-dreo lamba voloparasy Jesosy, da nandrary fatsy indreo
sady nametaky anizany taminazy. 18 Da nanomboko nagnotsafa Anazy indreo sady nizaka hoe: "Akôraby sarô,
Mpanjakan'e Jiosy e!" 19 Nivangoindreo tamin'e volotara gne lohany sady nandrorandreo. Da nandohaliky tagnatrehany
indreo mody nidera Anazy. 20 Refa avy nagnabarabara Anazy indreo, da nendandreo taminazy gne lambany voloparasy
sady nampisikinin-dreo Anazy gne raisikiny manokagny, da netindreo nizotso Izy hanomboagny anazy. 21 Noteren-dreo

gne olo raiky avy lat'atonda hijoga gne hazofijalian'i Jesosy, lelà raiky atao hoe Simona Kyreniana aban'i Aleksandra izy
amin'i Rofosy. [22] Netin'e miaramila tagny amin'e toeragny anigny hoe Gologota Jesosy (zay midika hoe: "Toeran'e
karakandoha"). [23] Nomendreo divay nifangaro miora Izy, fa tsy nindrano Anizany Izy. [24] Da nifatsiandreo Izy sady
nifampizarandreo tamign'alalan'e ankitsapaky gne raisikiny mba hahalalany izay anjara azon'e miaramila tsirairaiky. [25]
Tamy telo Izy gne nifatsiandreo. [26] Da nosoratandreo tamin'e fafagny raiky gne fagnobiragny nanohitry Anazy hoe:
"Mpanjakan'e Jiosy." [27] Dahalo roy gne niaraky nifatsiandreo taminazy, gne raiky takavana da gne raiky koa takavia. [28]
[Fagnamarihagny: gne fandikagny tsara indrindra taloha da tsy magnisy gne Marka 15:28 hoe: "Da tanteraky gne Soratry
Masigny hoe: 'Natao ho agnatin'e mpanota Izy.' (Ampitovijo amy Lioka 22:35)] [29] Izay nandalo teo da tsy nagnisy dikany
Anazy, nagnifikifiky loha sady nagnano hoe: "Aha! Anao gne afaky mandrava gne fiangonagny sady magnorigny Anazy
agnatin'e telo andro, [30] vonjeo gne tegnanao sady midigna lat'amin'io hazofijaliagny io!" [31] Gne lohan'e mpisorogny avakoa
da nagnabarabara Anazy ako izany, niaraky tamindreo mpanora-dalàna, sady nizaka hoe: "Nagnavotry gne hafa Izy, nefa
tsy nahavotry gne tegnany. [32] Aoka i Kristy, gne Mpanjakan'Israely, hidigny lat'amin'e hazofijaliagny, mb ho hitanay sady
hinoanay," da indreo niaraky nifatsiagny taminazy igny da nagnabarabara Anazy avakoa. [33] Tamin'ny 6, da nivadiky
mizigny gne tanagny hatramin'ny 9. [34] Da mbola tamin'ny 9 io avao da nizaka tamin'e feo mafy be Jesosy hoe: "Eloy, Eloy,
lamà sabaktany?" Zay midika hoe: " Andriamanitry ô, Andriamanitry ô, nagnino da foinao lôtry Iao?" [35] Gne sasany
tamindreo zay naregny gne zakany da nizaka hoe: "Hiteo, mangaiky an'i Elia Izy." 36 Nisy olo raiky niezakazaky,
nagnasetry gne sipaonjy tagnatin'e divay marikivy, sady nametaky anizany tamin'e volotara, da nagnome anizany ho
sotroiny. Igny lelà nizaka hoe: "Eo gne ahitanay Anazy ho ampidignin'i Elia." 37 Avy eo Jesosy da nizaka tamin'e feo mafy
da maty. 38 Rota nizara roa lat'ambony ka hatr'ambany gne lamban'e fiangonagny. [39] Refa hitan'igny kapiteny izay
nitsangagny sady nifagnatriky tamin'i Jesosy fa maty tam'zany fomba zany Izy, da nizaka hoe: "Tena zanak'Andriamanitry
marina tokôtry io lelà io." [40] Da nisy viavy nagnety avakoa lavitry be tegny. Agnisan'izany i Maria Magdalena,
Maria(endrin'i Jakoba zandriny sy Josesy), da Salome [41] tamin'izy tà Galilia da nagnaraky Anazy sady nanompo Anazy
indreo. Da viavy maro hafa koa gne niara-nandeha taminazy tà Jerosalema. [42] Refa aligny gn'andro, satria andro
fiomagnagny, izany hoe, andro mialohan'e Sabata io, [43] da avy teo i Josefa lat'Arimatia. Mpikambagny hajaigny ao amin'ny
Synedriona izy, izay nandigny gne fanjakan'Andriamanitra. Nanagny fasahiagny Izy nandeha amin'i Pilato hangataky gne
fatin'i Jesosy. [44] Gaga Pilato hoe maty sahady Jesosy; da nangeny i kapiteny sady nagnotaniany raha maty Jesosy. [45] Refa
nahazo antoky tamin'igny kapiteny igny Izy fa maty Jesosy, da nomeny an'i Josefa gne vata mangatseky. [46] Da nividy
lamba fatatry Josefa. Nampidigny an'i Jesosy lat'ame hazofijaliagny izy, da namogno lamba fatatry Anazy, sady nametraky
Anazy tagnatin'e kobory izay nangadigny tamin'e vatolampy. Avy eo namaringarigny vato teo amin'e varavaram-pasagny
Izy. [47] Da hitan'i Maria Magdalena izy amy Maria endrin'i Jesosy gne toeragny nandevegnagny Anazy.

Chapter 16

[1] Refa vita gnandron'e Sabata, da nividy raha magnitry agnosoragny e fatin' i Jesosy Maria Magdalena miaraky amin'i
Maria endrin'i Jakoba, sady Salome nividy hanitry mba handeha hagnosorany e fatin'i Jesosy. [2] Mbola mandraigny be
tamin'e andro voalohany gne herign'andro, da nandeha ame kobory indreo refa nibôky gne masoandro. [3] Da
nifampiresaky indreo hoe: "Ia gne hanokatry e vato ame varavam-pasana amintsika?" [4] Refa niandra indreo, da hitany fa
nisokatry niala e vato, zay tena zakabe tokôtry. [5] Niditra ame kobory indreo da nahita kiraolà nisiky lamba fotsy,
nidoboky ame ankavanagny, sady gaga indreo. [6] Da hoy Izy tamindreo hoe: "Ka malia. Mitadia an'i Jesosy anareo, ilay
Nazarena, nofatsiagny. Nitsangagny Izy! Tsy etoa Izy. Taragno e nagnisianareo An'azy. [7] Fa mandàna, izakay e
mpianatriny miaraka amin'i Petera nandeha hialoha lalagny anareo agny Galilia Izy. Agny e ahitanareo An'azy. Araky e
nijakainy taminareo." [8] Nijotso indreo da niezakazaky niala tame kobory; nangitakitaky sady gaga indreo. Tsy nizaka
ndre ino ndre ino tamign'olo indreo satria nalia be. [9] [Fagnamarihagny: Gne fandikagny tsara indrindra da mangalaky e
Marky: 16:9-20] Vao mandraigny tame andro voalohany gne herin'andro, tafaran'e nitsanganany, da niboaky tamin'i
Maria Magdlena Izy, ilay nandroahany devoly fito. [10] Da lasa i Maria nizaka vaovao tamindreo miaraky tamin'i Jesosy,
raha mbola nalahelo sady nitomagny indreo. [11] Re-ndreo fa velogny Izy sady nahita An'azy Izy, saingy tsy nino indreo. [12]
[Gne fandikagny tsara indrindra da mangalaky e Marky:19:9-20] Tafaran'io ra io Jesosy da nibôky tamin' endriky hafa
tamin'e roy tamindreo, raha nandeha antanàgny indreo. [13] Da lasa indreo niala nizaka tame mpianatriny sisa, saingy tsy
nino indreo. [14] 14[Fagnamarihagny: Gne fandikagny teny tsara indrindra da mangalaky e Marky:16-9-20] Tafarafara kely
da nibôky tamin'e mpianatriny raiky ame roa ambiny folo là Jesosy, raha mbola nihinagny indreo, sady nizaka An'azy
indreo noho gne tsy finoandreo, miaraky ame hamafin'e fo-ndreo, satria tsy nino zay nahita An'azy tafaran'e
nitsanaganany tamin'e maty indreo. [15] Da hoy Izy tamindreo hoe: "Mandàna agny amin'izao tontolo izao, ambaray amin'e
gn'olo agnaby e Filazantsara. [16] Da gne mino izy ame vita batisa gne ho vonjegny, sady zay tsy mino kosa da ho helohigny.
[17] [Fagnamarihagny: Gne fandikagny taloha tsara indrindra da mangalaky Mariky:16:9-20] Itoa famataragny toa da
hagnaraka e mino: Amign'agnarako da avôky devoly. Hizaka amin'e zaka vaovao indreo. [18] Handray menaragny ame
tagna sady raha mindrano raha mahafaty indreo, da tsy ampagnino An'azy. Ametraky tagna ame marary indreo da ho
afaky io. [19] [Gne fandikagny tsara indrindra taloha da mangalaky Mariky:16:9-20] Refa avy nikoragny tamindreo e tompo,
da nampiakarigny agny andagnitry Izy, nidoboky ankavanan'Andriamanitra. [20] Da lasa e mpianatriny nagnambara e

zakany tamin'e olo agnaby sady e Tompo niaraky niasa tamindreo, da namafisiny e zakany tamign'alalan'e famantaragny niaraky tamindreo.

# Luke

Chapter 1

[1] Maro gne niezaky nanoratry tantara momba gne ra nitranga izay tanteraky tamitsika, [2] araka gn'efa nanoloran-dreo
anazy tamitsika, izay efa vavolombelogny nagnatriky masosy mpanompo gne zaka nanomboky tame voaloany. [3] Da
amina koa da ako mety - rehefa nagnotany tsara gne fandeanan'gne ra marobe hatrame valoany - gne hanoratry tatitry
araky gne filaharany ho anao, ndry Teofilo tena mendriky. [4] Izany da mba hahalalanao e marigny momba gne ra izay
nampianarigny anao. [5] Tame andron'i Heroda, mpanjakan'gne Jodia, da nisy raiky tame mpisorigny nangiagny hoe
Zakaria, avy ame antokon'i Abia. Gne vadiny da avy ame zanaky viavin'i Arona, da e agnarany da Elizabeta. [6] Samby
marina tagnatrehan'Andriamanitry indreo, da nankatoa gne didy marobe sy gne fitsipik'e Tompo. [7] Fa tsy nanagny
zanaky anefa indreo, satria tsy miteraky Elizabeta, sady efa tena antitry avakoa indreo roy tamizany fotoagny izany. [8] Da
izany da mahakasiky an'i Zakaria teo fagnatrehan'Andriamanitry, nagnatanteraky gne asan'e fisoragny arake
fifandimbiasan'gne isan-tokony. [9] Araky gne fomba fanin-dreo e ame fisafidianagny mpisorogny izay tokony hanompo, da
voafidin'e kodia kidy hiditry handoro gne emboky magnitry ampiangonan'e Tompo izy. [10] Tame lera nandoroagny gne
emboky magnitry da nivavaky ta ivelany gne fokonolo marobe. [11] Da nisy anjelin'e Tompo niboky taminazy da
nitsangagny takavanagn'e alitara nisy gne emboky magnitry. [12] Rehefa nahita anazy i Zakaria, da nataotry sady feno
taotry izy. [13] Fa hoy gne anjely taminazy: "Ka mataotry, ry Zakaria, efa notenomigny gne vavakinao. Hitoe-jaza lela aminao
Elizabeta vadinao. Jaona gnaninao agnarany. [14] Hanagny fifaliagny sy haravoagny anao, da maro koa gne ho faly ame
fahaterahany. [15] Satria ho zakabe izy imason'e Tompo. Tsy hisotry divay na toky mihitsy izy, sady ho feno Fanahy Masina
hatran-kibon'e endriny izy. [16] Maro ame fokinolon'Israely gne hitodiky ame Tompo Andriamanitrin-dreo. [17] Handea
alohan'gne tavan'e Tompo ame fanahy sy gne herin'Elia izy. Izany gnaniny da gne mba hitodian'e fon'e ray ame zanaky,
mba handianandreo izay tsy magnaky amin'gne lalan'e fahendren'e marina - mba hagnomanagny fokonolo efa vognona
ho ane Tompo nohomanigny ho Anazy." [18] Da Zakaria nizaka tame anjely hoe: "Akoignaia e halalako anizany? Fa iao efa
lela anitry da gne vadiko da tena efa mavozo." [19] Da hoy e anjely namaly sy nizaka taminazy: "Iao gne Gabriela, gne
mitsangagny anatrehan'Andriamanitry. Da vohiraky iao mba hagnambara aminao, hitondra izao vaovao tsara izao
aminao. [20] Da igny! Ho moa anao, da tsy hafaky hizaka, mandram-piavin'gne andro hisehoan'izany ra izany. Satria tsy
natokygne zakako anao, izay tanteraky ame fotoagny voafaritry." [21] Da gne fokonolo valaky nandigny an'i Zakaria. Gaga
tame nijanonany ela be tampiangonagny indreo. [22] Da rehefa nivoky izy, da tsy hafaky nikoragny tamindreo. Sady
fantatrin-dreo fa naita fahitagny izy tame tampioangonagny. Nagnano beko moa tamindreo izy sady nijanogny ho moa. [23]
Da rehefa tonga e andro natapitry gne fanompoany, da lasa nody tandragnony izy. [24] Tafaran'io andro io, da nitoe-jaza
Elizabeta da nifiny tagnatin'gne dimy volagny. Hoy izy hoe: [25] "Izao gnanin'e Tompo ho ana rehefa nitsinjo ana Izy mba
hangalany gne hegnatry agnatrehan'gne olo." [26] Tame faha enim-bolagny, da nagniraky gne anjely Gabriela
gn'Andriamanitry nandea tame tanagny raiky ta Galilia nagniagny hoe Nazareta, [27] ho ame virijiny raiky izay fofom-
badina le nangizagny hoe Josefa. Agnisan'gne taranak'i Davida izy, da e agnaran'e virijiny da Maria. [28] Nandea taminazy
izy da nizaka hoe: "Akoraby, e ilay nasoavagny indrindra! Ho ao aminao e Tompo." [29] Da tena very hevitry tame zakany izy
nagnotany tegna hoe fiarabagny akoignaia izany. [30] Hoy gn'anjely taminazy: "Ka mataotry Maria, fa efa nahita sitraky
tamin'Andriamanitry anao. [31] Indro, hitoe-jaza anao da hiteraky zaza lela. Da aninao 'Jesosy' gnagnarany. [32] Ho zakabe Izy
sady hanigny hoe Zanak'e Avo Indrindra. Gne Tompo Andriamanitry hagnome Anazy e seza fiandrianan'i Davida
razambeny. [33] Da hanjaka mandrakizay ame taranak'i Jakoba izy, da tsy hanagny fahataperagny gne fanjakany." [34] Hoy
Maria tame anjely: "Akoignaia gne hisehoan'izany, fa mbola tsy niaraky natory tame lela iao?" [35] Gne anjeky namaly sy
nizaka taminazy hoe: "Hirotsaky aminao gne Fanahy Masigny, da gne herin'e Avo Indrindra gne hoavy aminao. Da gne
masina ho teraky da ho hangiagny hoe Zanak'Andriamanitry. [36] Indro, Elizabeta havanao da hitoe-jaza lela avakoa ndre
da tame fahanterany aza. Efa enimbolagny izy izao, naninolo hoe momba. [37] Satria tsy misy ra tsy ho tanterahigny
amin'Andriamanitry." [38] Hoy Maria: "Indro, iao e mpanompovavin'e Tompo. Ho tanteraky amina izany araky gne
hafatrinao." Da niala taminazy gn'anjely. [39] Da tamizany andro izany Maria da niala da nandea nalaky tame tany ambony,
ame tanagnin'i Jodia. [40] Nandea ame tragnon'i Zakaria izy da niarahaba an'i Elizabeta. [41] Da ra naregny gne hotsafan'i
Maria i Elizabata, da nietsiky gne zaza takibony, sady feno Fanahy Masigny Elizabeta. [42] Nampiaka-peo sy nizaka mafy izy
hoe: "Nosoavigny noho gne viavy marobe anao, sady nosoavigny e naterak'e trokinao. [43] Nagnino izany e mitranga amina
fa gne endrin'e Tompo e tonga nagnatogny ana? [44] Da igne, rehefa tonga tame sofiko e fagnotsafanao, da faly gne zaza
tatrokiko. [45] Sambatra izy izay nino fa ho tanteraky gne ra izay nizakain'e Tompo taminazy." [46] Hoy i Maria: "Midera e
Tompo gne fagnako, [47] da gne fagnako nifaly tamin'Andriamanitry mpamonjiko. [48] Da nagnety gne fahantran'e mpanompo
vavy Izy. Da indro, manomboky amizao gne taranaky marobe hangaiky ana hoe sambatry. [49] Satria nagnano ra zakabe
tamina gne mahefa e ra marobe, sady masina e agnarany. [50] Da maharitry ho ane taranaky faramandimby izay matahotry
Anazy gne famindrampony. [51] Nagnambara gne heriny tame sandriny izy; da nagnaparitaky gne izay nirehareha tame
eritreritry e fon-dreo. [52] Naongany tame seza fiandrianagny e zanaky lelan'e mpanjaka da gne ambany nasandratriny. [53]
Naniny voky ra tsara gne mosare, fa gne manadra nampajariany tsy nanagny ndre ino ndre ino. [54] Nagnome fagnampia


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

an'Israely mpanompo Izy, mba hatsarovany hagnaboky famindram-po [55] (araky gne nizakainy tame abatsika) tamin'i Abrahama sy gne taranaky mandrakizay." [56] Nijanogny nipetraky tamin'i Elizabeta tokony ho telo volagny i Maria da aveo nipody nody tan-dragnony. [57] Da tonga gne fotoagny hiteran'i Elizabeta e zanany da niteraky zaza lela izy. [58] Naregny gne famindram-po zakabe nanin'e Tompo taminazy gne mpiray tanagny aminazy sy gne havany, da nifaly niaraky taminazy indreo. [59] Da tame andro faha valo da tonga hamora gne zaza indreo. Seky ho angiandreo hoe "Zakaria," araky gne agnaran'i abany izy. [60] Fa i endriny namaly da nizaka hoe: "Aeky. Jaona gnangizagny anazy." [61] Da hoy indreo taminazy: "Tsy misy ame havanao hangiagny amizany agnaragny izany." [62] Nagnano beko moa tamin'i abany indreo gname tiany hanigny gne agnarany. [63] Nangataky solaitry fanoratagny e abany da nanoratry hoe: "Jaona e agnarany." Da gaga tamizany gne marobe. [64] Da niaraky tamizany da nisokatry gne vavany sady nafahagny gne lelany. Nizaka izy da nidera an'Andriamanitry. [65] Nataotry gne olo nagnodidigny marobe andreo. Da niely eran'e tanagny avon'i Jodia e ra niseomarobe teo. [66] Da gne marobe naregny da nandray tam-pony, da nizaka hoe: "Ho lasa ino ity zaza ity?" Fa momba anazy gne tagnan'e Tompo. [67] Da feno Fanahy masina i Zakaria rainy da naminany, da nizaka hoe: [68] "Deraigny anie e Tompo, Andriamanitr'Israely, fa tonga nagnampy sy nagnatanteraky e fanafahagny ho ane fokonolo Izy. [69] Nasandratry ambony gne tandrom-panavotagny ho antsika an-dragnon'i Davida mpanompony Izy, [70] akô gne nambarany tame vavan-dreo mpaminany masina tame andro taloha tagny. [71] Hitondra famonjegny ame fahavalontsika sy ame tagnan'gne malaigny antsika Izy. [72] Haniny izany mba hagnambarany gne famindram-po ame abatsika sy hampatsiahivagny gne fanekem-pihavanagny Masina, [73] da gne fiainagny nizakainy tamin'i Abrahama abatsika. [74] Nianiagny gne hahazaoantsika, rehefa afaky tame tagnan'e fahavalontsika, manompo Anazy tsy mataotry, [75] am-pahamasinagny sy am-pahamarinagny agnatrehany ame androntsika marobe. [76] Eka, da anao, zaza, da ho angiagny hoe mpaminanin'e Avo Indrindra, da handea hialo gne tavan'e Tompo anao sady hagnambotry e lalany, mba hagnomagny e olo ame fiaviagny, [77] mba hagnome fahalalam-pamonjegny ho ane olo ame alalan'e famelagny e helokin-dreo [78] Izany e hiseho da nohon'e famindram-po masin'Andriamanitritsika, nohon'gnamizany e hiposahan'e masoandro avy ame avo mba ho avy agnampy antsika, [79] hagnazava an'gne mipetraky agnatin'e mizigny sy gne agnatin'e alokin'e fahafatesagny. Haniny izany mba hitarihagny gne tongotritsika ame lalam-piadanagny." [80] Da gne zaza da nitombo sady tonga nahery ame fagnahy, da tagny antany foagny izy mandra-piavian'e andro hisehoany ankarihary amin'Israely

Chapter 2

[1] Sady tamizany andro izany, da nandefa didy mibeko gne hagnisagny gn'olo miaigny eto amizao tontolo izao agnaby i Aogosto Kaisara. [2] Izany gne fagnisagny fokon'olo nanigny voalohany tamin'i Kyrenio mpanapaky tagny Syria. [3] Noho izany gn'olo agnaby da negnagny ame tanagny neviany aby mba hisoratry agnara ame fagnisagny fokon'olo. [4] Da nandeha niakatry avy tagny Galilia koa Josefa, avy tagny antanagnin'i Nazareta, ho agny Jodia, tanagnin'i Davida izay antsovagny hoe Betlehema, satria izy avy ame tragno izy ame fianakavian'i Davida. [5] Nandeha tagny izy mba hisoratry agnara niaraky tam'i Maria, izay fofom-badiny sady bevohoky. [6] Sady raha mbola tagny indreo, da avy gne fotoagny hiterahany gne zanany. [7] Niteraky zaza lelà izy, zanany voalohany, sady izy nandrakotry lamban-jaza an'Azy da nampatory an'Azy tame fihinanagny vilogny, satria tsisy toeragny ho andreo tao ame hotely. [8] Nisy mpiambigny ondry tamizany faritry izany izay nijanogny tagny antanimboly, niambigny gne andian'ondriny tame aligny. [9] Nisy anjelin'ny Tompo nibôky tamindreo, sady gne voninahitry gne Tompo namirapiratry magnodidigny an'azy, sady feno tahotry zakabe indreo. [10] Da nizaka tamindreo gn'anjely nagnano hoe: "Ka matahotry, fa hitondra vaovao tsara izay hinday hafaliagny zakabe ho ane gn'olo agnaby iao. [11] Androany da nisy mpagnavotry izay teraky ho anareo agny antanagnan'i Davida! Izy gne kristy Tompo! [12] Izao gne famataragny izay homegny anareo: Hahita zazamena mirakotry lamban-daza sady matory eo ame fihinanagny vilogny anareo." [13] Tampoky teo niaraky tame anjely, da nisy tafiky gne lagnitry marobe nidera an'Andriamanitry nagnano hoe: [14] "Voninahitry ho Andriamanitry agny ame ambony indrindra, da hisy fiadanagny anie eto ame tany eo ame gn'olo izay ankasitrahany." [15] Ary refa niala teo amindreo negn'andagnitry gne anjely, gne mpiambigny ondry nikoragny hoe: "Andeha atsika izao ho agny Betlehema, sady hagnety an'izany raha nibôky izany, izay nampafantarin'ny Tompo atsika izany. [16] Nandeha nalaky tagny indreo sady nahita an'i Maria izy am'i Josefa, sady nahita gne zazamena natory tame fihinanagny vilogny. [17] Tafaran'e nahitandreo an'Azy, da nampafantarindreo gne raha nozakaigny andreo momba an'io zaza io. [18] Izay naharegny an'izany da gaga agnaby gn'ame nozakain'e mpiambigny ondry tamindreo. [19] Fa i Maria kosa nanohy nieritreritry momba gne raha agnaby izay regniny, sady nitadidy an'zany tame fony. [20] Niverigny gne mpiambigny ondry, nagnome voninahitry da nankalaza an'Andriamanitry nohon'e raha agnaby izay regnindreo izy ame hitandreo, araky izay nozakaigny tamindreo. [21] Nony tapitry gn'andro fahavalo, refa noforàgny Izy, da nomegny agnara hoe Jesosy, e agnara nomen'e anjaly an'Azy talohan'e nametrahagny an'Azy tao ankibo [22] Sady refa lasa gn'isan'e andro notakiagny hidiovany, araky gne lalàn'i Mosesy. da ninday an'Azy niakatry ho agny ampengonagny tao jerosalema i Maria izy am'i Josefa mba hanolotry an' Azy eo am'i Tompo. [23] Araky izay voasoratry ao ame lalagnin'i Tompo hoe: "Gne lelà agnaby izay voalohanteraky da hatokagny ho an'i Tompo. [24] Noho izany da nanolotry sorogny araky izay voazaka ao ame gne lalàgnin'e Tompondreo, "Domohigny roy ndre Zanak'e voromamanga roy." [25] Sady indro, nisy lelà tagny Jerosalema, Simona gn'agnarany, sady izany lelà izany da marigny sady mafana fo. Nitady gne fampiononagny an'Israely izy, sady tao amin'azy gne Fanahy Masina. [26] Nambaran'e Fanahy Masina tamin'azy fa tsy ho faty izy mandrapahitany gne Kristin'e Tompo. [27] Notarihan'e Fagnahy, negn'ampengonagny i Simona. Refa nitondra an'i

Jesosy zazamena niditry i abany amendriny, mba hagnano an'Azy araky gne fomba ao ame lalàgny, [28] da notrotroiny Izy
sady nidera an'Andriamanitry sady nagnano hoe: [29] "Amizao fotoagny izao avelay andeha am-piadanagny gne
moanomponao, ry Tompo, araky gne zakanao. [30] Fa gne masoko nahita gne famonjenao, [31] izay nomagninao tame
fagnatrehan'olo agnaby: [32] Da fahazavagny ho fagnambaragny ho an'e Jentilisa sady voninahitry ho an'Israely olonao. " [33]
Iabany amendrin'e zaza da gaga tame raha nozakaigny mahakasiky an'Azy. [34] Namafy rano andreo Simona sady nizaka
tam'i Maria endriny hoe: "Indro, ity zaza ity da voatendry ho ame fandavoagny sady fanandratagny gne olon'Israely maro
sady ho famantaragny izay nolavigny- [35] sady nisy sabatry handoaky gne fagnahinao- mba ho voambara gne hevitrin'e fo
maro." [36] Nisy mpaminany vavy raiky antsovagny hoe Ana teo. zanak'i Fanoela viavy avy ame foko Asera izy. Tena antitry
izy. Nipetraky niaraky tame vadiny fito taogny tafaran'e naha virijiny an'azy izy, [37] sady mpitondra tena nandritran'e
efatry amby valopolo taogny. Tsy niala gne fengonagny mihitsy izy fa nanompo tame fifadiankanigny izy ame vavaky
andro aman'aligny. [38] Tamizany lera izany indrindra da nagnatogny akeky andreo izy sady nanomboky nagnome
fisaoragny an'Andriamanitry sady nizaka gne momban'e zaza tamign'olo agnaby izay nandigny fagnavotagny an'i
Jerosalema. [39] Refa nahavita gne raha agnaby nasaigny naniny araky gne lalàgnin'i Tompo indreo, da niverigny tagny
Galilia, agny ame tanagnindreo agny Nazareta. [40] Nitombo gne zaza sady nenatanjaky, nitombo fahendregny, sady gne
fahasoavan'Andriamanitry da tao amin'Azy. [41] Iabany amendriny da negna Jerosalema isantaogny hamonjy gne fetin'e
Paska. [42] Refa roy ambifolo taogny Izy, da nandeha negnagny araky gne fomba fanigny ame fety indraiky indreo. [43] Sady
refa avy nipetraky tagny nandritry gne andro fety manontolo indreo, da nanomboky niverigny nody indreo. Fa Jesosy
nijanogny tagny Jerosalema nefa tsy lalan'iabany amendriny izany. [44] Nanindreo fa niaraky tamign'olo niara dia
tamindreo Izy, da nandeha nandritry gn'andro raiky manontolo indreo. Sady avy eo da nanomboky nitady an'Azy tagny
ame havany izy ame namany indreo. [45] Refa tsy hitandreo Izy, da nipody tagny Jerosalema indreo ka nanomboky nitady
an'Azy tagny. [46] Nony afaky telo andro, da hitandreo tao ampengonagny Izy, nipetraky tategnategnan'e mpampianatry,
niteno andreo sady nametraky fagnotaniagny tamindreo. [47] Izay naharegny an'Azy agnaby da gaga tame fahalalany izy
ame valiteniny. [48] Refa nahita an'Azy indreo, da gaga. Iendriny nizaka tamin'Azy hoe: "Zanako, nagnino anao nagnano
akôn'izao anay sa? Tenomy, iay am'iabanao da nitady tamign'angoegnagny." [49] Nizaka tamindreo Izy hoe: "Ino gne
nitadiavanareo Anà sa? Tsy lalanareo me Iao fa tsy maintsy ho ao andragnon'Iabako?" [50] Fa tsy azondreo izay tiany ho
zakaigny tamizany zakany izany. [51] Da nody niaraky tamindreo tagny Nazareta Izy sady nankatò andreo. Iendriny da
nitadidy an'izany tam-pony. [52] Fa Jesosy nenitombo fahendregny sady nitombo tegna, da nitombo fitia
tamin'Andriamanitry izy amign'olo

Chapter 3

[1] Tame taogny faha dimy amby folo nanjakan'i Tiberie Kaisara- fony Pontio Pilato gne governeran'i Jodia, Heroda da
mpanapaky tao Galilia, Filipo rahalàny da mpanapaky tao ame faritry Itoria izy am'i Trakonitsy, sady Lysania da
mpanapak'i Abilena, [2] nandritry gne fisorognamben'i Aniasy izy am'i Kaiafa- da avy tam'i Jaona zanak'i Zakaria lelàtagny
ame tany fôgny gne zakan'Andriamanitry. [3] Nandeha tagny ame faritry magnodidigny an'i Jordana agnaby Izy, nitory gne
batisan'e fibebahagny ho famelagny gne heloky. [4] Araky gne voasoratry ao ame bokin'e zakan'Isaia mpaminany hoe: "Nisy
feo riky nangeky mafy avy agny ame tany fôgny hoe: 'Amboary vonogny gne lalagnin'i Tompo, amboaro mahitsy gne
lalagny handehanany. [5] Gne lohasaha agnaby hototofagny, sady gne tendrombohitry izy ame havoagny hajetsy, sady gne
lalagny miolakolaky da amboarigny mahitsy, sady gne tany mikitoatoagny da ho anigny lalagny, [6] sady gne nofotry
agnaby da ahita gne famonjen'Andriamanitry.'" [7] Da nizaka tamy fokon'olo ho aniny batisa i Jaona hoe: "Anareo taranak'e
menaragny! Ia gne nampitandrigny anareo mba hilefa gne fahavigniragny izay ho avy? [8] Noho izany, mamokara voa
mendriky gne fibebahagny, da ka mizaka ao agnatinareo hoe: 'Iay managny an'i Abrahamaho rainay,' fa mizaka anareo
iao fa Andriamanitry da afaky manangagny zanaky ho an'i Abrahama avy amireto vato ireto. [9] Amizao aza gne famaky da
mipetraky eo ame vodi-kazo. Ka izay kakazo tsy mamoa voa tsara agnaby da ho voatapaky sady hatsipy agny ame afo." [10]
Sady gne fokon'olo da nagnotany an'azy fezay, nizaka hoe: "Ino zany gn'aninay?" [11] Da hoy izy namaly andreo hoe: "Raha
misy olo managny akanjo lava roy, da tokony mijara an'izany amign'olo tsy managny izy, sady izay managny hanigny koa
da tokony hagnano akôn'izany. " [12] Gne mpamory hetra koa nda avy mba hanigny batisa, sady nizaka tamin'azy hoe: "Ô
mpampianatry eh, ino gne tsy maintsy hanìnay?" [13] Nizaka andreo izy hoe: "Ka mangala vola mihôtry gne nasaigny
halainareo." [14] Miaramila maromaro koa nagnatogny an'azy, nizaka hoe: "Akôgnaia gne momba anay? Ino gne tsy maintsy
anìnay?" Nizaka tamindreo izy hoe: "Ka mangala vola amin'olo an-keriny, sady ka miapanga vandy olo mifalia ame
karamanareo." [15] Sady raha nandigny fatratry gne fevisan'i Kristy gn'olo, da nagnotany tame fony gne mahakasiky an'i
Jaona gne tsiraidraiky, na mety ho izy na tsy ho izy gne Kristy. [16] Namaly tame fizakagny an'azy agnaby i Jaona hoe: "Raha
gn'aminà, da magnano batisa anareo ame rano iao, fa misy olo raiky ho avy izay mahery mihôtry anà, sady tsy mendriky
iao ndre gne hanataky gne tady kirarony aza. Hagnano batisa anareo ame Fanahy Masina izy ame afo Izy. [17] Ame tagnany
gne fikororoagny mba hagnadiovagny tsara gn'ao am-pamoloany izy ame handagnonagny gne vary ho agny ame
tragnambony. Fa ho dorany ame afo tsy mety vonoigny gn'akofa. " [18] Niaraky tame fagnanaragny maro hafa avakoa, Jaona
nitory vaovao tsara ho an'e fokon'olo. [19] Heroda mpanapaky refa nanarigny nohon'e fanambadiagny gne vadin'e rahalàny
Herodiasy, sady nohon'e raha ratsy hafa izay vitany agnaby, [20] da ho fagnampin'izany, da nidigny tagny am-pigadragny i
Jaona. [21] Sady, refa vita batisa aby gn'olo agnaby, da nanigny koa i Jesosy, da raha mbola nivavaky izy, da nivoha gne


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

lagnitry, [22] sady gne Fanahy Masina nangala endriky da nidigny teo amin'Azy akô voromamanga, sady nisy feo avy agny
andagnitry nagnano hoe: "Anao gne zanako, malalako. Faly Iao nohon'e aminao." [23] Refa nanomboky gn'asa fanompoagny
Jesosy, da teo ame telo polo taogny teo Izy. Izy gne zanak'i Josefa lahy (araky gne fiheveragny), zanak'i Hely, [24] zanak'i
Matata, zanak'i Levy, zanak'i Melky, zanak'i Janay, zanak'i Josefa. [25] Josefa da zanak'i Matitia, zanak'i Amosa, zanak'i
Nahoma, zanak'i Elsy, zanak'i Nagay, zanak'i Mata, [26] zanak'i Matatia, zanak'i Semey, zanak'i Joseka, zanak'i Joda. [27] Joda da
zanak'i Joanana, zanak'i Rase, zanak'i Zerobabela, zanak'i Sealtiela, zanak'i Nery, [28] zanak'i Melky, zanak'i Ady, zanak'i
Kosama, zanak'i Elmadama, zanak'i Era, [29] zanak'i Josoa, zanak'i Eliezera, zanak'i Joreima, zanak'i Matata, zanak'i Levy. [30]
Levy da zanak'i Simeona, zanak'i Joda, zanak'i Josefa, zanak'i Jonama, zanak'i Eliakima, [31] zanak'i Melea, zanak'i Mena,
zanak'i Matata, zanak'i Natana, zanak'i Davida, [32] zanak'i Jese, zanak'i Obeda, zanak'i Boaza, zanak'i Salmona, zanak'i
Nahasona. [33] Nahasona da zanak'i Aminadaba, zanak'i Adimina, zanak'i Arny, zanak'i Hezrona, zanak'i Fazera, zanak'i
Joda, [34] zanak'i Jakoba, zanak'i Isaka, zanak'i Abrahama, zanak'i Tera, zanak'i Nahora, [35] zanak'i Seroga, zanak'i Reo,
zanak'i Palega, zanak'i Ebera, zanak'i Sela. [36] Sela da zanak'i Kenana, zanak'i Arpaksada, zanak'i Sema, zanak'i Noa,
zanak'i Lameka, zanak'i [37] Metosela, zanak'i Enoka, zanak'i Jareda, zanak'i Mahalalila, zanak'i Kenana, [38] zanak'i Enosa,
zanak'i Seta, zanak'i Adama, Zanak'Andriamanitra.

## Chapter 4

[1] Tafaran'izany Jesosy, refa feno gne Fanahy Masina, da nipody avy tagny ame reniranon'i Jordana, sady nindesin'e
Fanahy Masina tagny ame tany fôgny [2] izay nangalan'e devoly fagnahy an'Azy nandritry gne efa-polo andro. Tsy
nihinagny ndre ino ndre ino Izy nadritry an'io andro io, sady tame fotoagny farany da mosaregny Izy. [3] Gne devoly nizaka
tamin'Azy hoe: "Raha zanak'Andriamanitry Anao, da didio ho lasa mofo io vato io." [4] Namaly an'azy i Jesosy hoe:
"voasoratry hoe: 'Tsy gne mofo avao gne mahavelogny gn'olo. "' [5] Avy eo da nindesin'e devoly tegny ame toeragny ambony
Jesosy sady nabôkiny an'Azy tselatsela aby gne fanjakan'izao tontolo izao agnaby. [6] Gne devoly nizaka tamin'Azy hoe:
"Homeko Anao gne fahefagny izy ame famirapiratagny agnaby, satria efa nomegny anàio, sady afaky omeko gn'olo izay
tiako omegny an'azy. [7] Noho izany, raha mandongaliky sady manompo anà Anao, da ho lasanao izany. " [8] Kanefa Jesosy
namaly ka nizaka an'azy hoe: "Voasoratry hoe: 'Hidera gne Tompo Andriamanitrao anao, sady Izy raiky avao gne ho
Tompoinao.'" [9] Avy eo gne devoly da ninday an'i Jesosy tagny Jerosalema sady napetrany tegny ame fara-tampon'e
Fengonagny, sady nizaka tamin'Azy hoe: "Raha zanak'Andriamanitry Anao, da milatsaha ambany agny Anao. [10] Satria efa
voasoratry hoe: 'Hibeko gn'anjeliny gn'aminao Izy, mba hiaro anao ame tagnany,' [11] sady, 'Indreo hanandratry anao ame
tagnany, mba tsy ho tafatoignin'e vato gne tombokao.'" [12] Namaly an'Azy, Jesosy nizaka hoe: "Efa nambara hoe: 'Ka
mangala fagnahy gne Tompo Andriamanitrao.'" [13] Refa vita gne fangalan'e devoly fagnahy an'i Jesosy, da lasa izy sady
niala an'Azy madra pevian'e fotoagny hafa. [14] Avy eo Jesosy nipody tagny Galilia tame herin'e Fanahy, sady gne vaovao
momba an'Azy da efa niparitaky nagneragny gne faritry magnodidigny agnaby. [15] Da nanomboky nampianatry tao ame
Synagogan-dreo Izy sady noderaindreo agnaby. [16] Nandeha tagny Nazareta Izy, e tanagny nahazakabe an'Azy, sady araky
gne fomba faniny, da niditry tao ame synagoga tame andro sabata Izy ka nitsangagny mba hamaky teny mafy. [17] Nomegny
an'Azy gne taratasin'Isaia mpaminany. Nosokafany e boky da hitany gne toeragny nanoratagny an'azy, [18] Gne Fanahin'ny
Tompo da ato aminà, satria Izy nanosotry Anà hizaka gne vaovao mahafaly ho an'e sahiragny. Izy gne nandefa anà
hagnambara fahafahagny ho an'e babo, sady hamerigna gne fahitagny ho an'e jamba, hagnafaky an'izay ampahoriagny, [19]
hagnambara gne taogny fankasitrahan'Andriamanitry." [20] Avy eo da navorongorony gne taratasy, napodiny tagny ame
mpitandrigny, sady nipetraky Izy. Gne masondreo tao ame synagoga agnaby da nagnety an'Azy. [21] Nanomboky nikoragny
tamindreo Izy hoe: "Androany ity Soratra Masina ity da tanteraky eo ampitenomanareo." [22] Indreo tao agnaby da nizaka
tsara gne momba an'Azy sady gaga tame zaka nisy fahasoavagny izay naloakin'e vavany indreo, sady nagnotany indreo
hoe: "Fa tsy e zanak'i Josefa me ity?" [23] Nizaka tamindreo Izy hoe: "Azo antoky fa hizaka an'ity ohabolagny ity aminà
anareo hoe: 'Dokotera, tsaboy gne tegnanao. Ndre ino ndre ino regninay fa naninao tao kapernaomy, da magnamboara
akô izany agny ame taninao."'
[24] Nefa nizaka Izy hoe: "Zakaiko marigny aminareo, tsisy mpaminany voaray ao ame taniny. [25] Kanefa zakaiko marigny
aminareo fa maro gne viavy mpitondra-tegna tagny Israely tamign'andron'i Elia, raha nihidy gne lagnitry nandritry gne
telo taogny sy enimbolagny, sady nisy mosary be tame tany agnaby. [26] Nefa i Elia tsy nalefa na tame raiky tamindreo aza,
fa tao Zerapata any Sidona avao, tagny ame mpivantotry izay nipetraky tagny. [27] Fa maro gne boka tao Israely
tamign'andron'i Elisa mpaminany, nefa tsy nisy ndre da raiky tamindreo aza sitragny afa tsy Namàna Syriana. " [28] Gn'olo
agnaby tao ame Synagoga da feno havigniragny refa naharegny an'io raha io. [29] Nitsangagny indreo, nanery an'Azy hiala
gne tanàgny, sady nandefa an'Azy tegny antampokavoagny izay nioregnan'e tanàgnindreo, mba handatsahagny an'Azy
ame hantsagny. [30] Nefa nandeha namakivaky teo antegnategnandreo Izy da lasa nandeha tagny ame toeragny hafa. [31] Avy
eo Izy da nidigny tagny Kapernaomy, tanagny raiky agny Galilia, sady nanomboky nampianatry andreo tame sabata Izy. [32]
Indreo da gaga be tame fampenaragny namboariny, satria nizaka tame fahefagny Izy [33] Sady tao ame synagoga da nisy
lelà izay nipetrahan'e fagnahy maloton'e demonia, sady izy da nitoreo tame feo mafy hoe: [34] "Ah! Ino gne hifandraisanao
aminao, ry Jesosy avy agny Nazareta? Avy mba hamotiky anay me Anao? Lalanao hoe ia Anao- Gne Raiky
Masin'Andriamanitry! " [35] Jesosy nizaka mafy e demony, ka nagnano hoe: "Misìgna sady mialà ao amin'azy!" Refa
nagnatsipy e lelà ho lavo tategntegnandreo gne demony, da niala tao amin'azy, sady tsy nandratry an'azy akory. [36] Gaga be

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

aby gn'olo agnaby, sady nanohy nikoragny gne momba an'izany. Nizaka indreo hoe: "Fa zaka akôgnaia lôtry izany?"
Bekoiny ame fahefagny izy ame hery gne fagnahy maloto da mijotso." [37] Noho izany da nanomboky niparitaky
nagneragny gne faritry magnodidigny gne lazany. [38] Da niala gne synagoga Jesosy sady niditry tao andragnon'i Simona.
Sady nampijalian'e tazo mahery gne rafozam-bavin'i Simona, sady nengavy tamin'azy ho an'azy indreo. [39] Da nijoro
talohany Izy sady nizaka mafy gne tazo da niala tamin'azy izany. Avy hatrany izy da nitsangagny sady nanomboky
nanompo an'azy indreo. [40] Refa niletiky gne masoandro, da ninday gn'olo agnaby nararin'e aretigny maro samihafa teo
am'i Jesosy gn'olo. Nametra-tagna tame tsiraidraiky tamindreo Izy ka nagnasitragny andreo. [41] Ireo demony avakoa da
niala tao ame maro tamindreo, nitoreo mafy sady nizaka hoe: "Anao gne Zanak'Andriamanitry!" Jesosy nizaka mafy gne
demonia ka tsy namela andreo nizaka, satria lalandreo fa Izy gne Kristy. [42] Vao mandraigny be, da nandeha tagny ame
toeragny mangingigny Izy. Fokon'olo maro be gne nitady an'Azy sady negame toeragny izay nisy an'Azy. mba tsy hiala eo
amindreo. [43] Fa Izy nizaka tamindreo hoe: "Tsy maintsy mitory gne vaovao mahafaly momba gne fanjakan'Andriamanitry
ame tanàgny maro hafa avakoa Iao, satria izany gne antony nagnirahagny Anà tety. [44] Avy eo Izy da nanohy nitory tao
ame synagoga magneragny an'i Jodia.

## Chapter 5

[1] Da izao gne nitranga, raha nitangorogny nagnodidigny an'i Jesosy e olo da niteno gne zakan'Andriamanitry, da
nitsangagny tamoron'gne farihin'i Genesareta Izy. [2] Nahita laka kidy roy nijanogny tamoron'e tarihy Izy. Efa nivoky tao
gne mpagnarato da nanasa gne haratony. [3] Niditry tame raiky tame laka Jesosy, izay an'i Simona, da nagnataky anazy mba
handefa izany ame rano lavidavitry gne tanety. Aveo da nidoboky Izy da nampianatry gne olo ta ivelan'e laka [4] Rehefa
nijanogny nizaka Izy, da nizaka tamin'i Simona Izy hoe: "Hoento ame lalaigny kokoa gne laka da halatsay gne
haratonareo mba ahazaonareo laokandrano." [5] Simona namaly Anazy da nizaka hoe: "Tompo o, efa niasa gne ariva
manotolo iay, fa tsy nahazo ndre ino ndre ino, fa nohn'gne zakanao, da ho halatsako gne harato." [6] Refa nanindreo izany,
da navoangogny laokandrano maro be indreo, da triatry gne haraton-dreo. [7] Da nagnano fietsiky tame namany izay
tagnaty laka raiky hafa indreo fa tokony hoavy hagnampy andreo. Da tonga indreo da nameno e laka roy, da nanomboky
nilentiky indreo. [8] Da Simona Petera, raha vo nahita anizany, da nandadilady tame tongotr'i Jesosy, nizaka hoe: "Mela
amina, fa lela mpanota iao." [9] Da gaga izy, sy gne marobe niaraky taminazy, nohon'gne haben'e laokandrano izy azon-
dreo. [10] Tagnatin'izany Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio, izay mpiara miasa amin'i Simona. Jesosy nizaka tamin'i Simona
hoe: "Ka mataotry, fa manomboky amizao da hagnarato olo anao." [11] Rehefa netin-dreo tamboitry gne lakan-dreo, da
nagnapetraky e ra marobe indreo da nagnaraky Anazy. [12] Da niboky izao raha mbola tame raiky tamin'gne tanagny Izy, da
nisy lela boka teo. Raha naita an'i Jesosy izy, da niankohoky Taminazy da niangavy anazy , nagnano hoe: "Tompo, raha
mazoto anao, da hafaky hagnadio ana." [13] Da nagnatatry e tagnany Jesosy da nikasiky anazy, nizaka hoe: "Mazoto iao.
Madiova." Teo noho eo da hafaky taminazy gne habokagny. [14] Noraragny izy mba tsy hizaka ndre amin'ia ndre amin'ia, fa
nizakaigny taminazy hoe: "Zory gne lalanao, moboa ame mpisorogny da magnomeza sorogny ho ane fagnadiovagny
anao, araky gne nandidian'i Mosesy, mba ho fijoroagny vavolombelogny amindreo." [15] F'izy gne tatitry momba Anazy da
niparitaky kokoa aza, da fokonolo maro be gne niaraky tonga mba hiteno Anazy nampianatry sady mba ho sitragny ame
aretindreo. [16] F'izy matetiky Izy da niala nandea ame tany foagny da nivavaky. [17] Da tame andro raiky tamin'gne andro
nampianariny, da nisy Fariseo sy mpampianatry lalagny nipetraky teo izay avy ame tanagny samby hafa ame faritry
Galilia sy Jodia, sady avakoa avy ame tanagnin'i Jerosarela. Gne herin'e Tompo e taminazy mba hagnasitragnany. [18] Da
nisy lela sasany tonga, nitondra lela raiky izay voan'e paralisisa tame fandriany, da indreo nitady fomba hitiondragny
anazy agnatiny mba hametragny anazy ho anoloan'i Jesosy. [19] Tsy naita fomba hampidiragny anazy tagnatiny nohon'gne
fokonolo, noho izany da nandea ame tampo-trano indreo da nampidigny e fandrian'e lela avy an-tafo tragno, tame
fandriagny, tategnategnan'olo, tatolan'i Jesosy. [20] Refa naita gne finoany indreo, da hoy Jesosy hoe: "Ralela, voavela gne
helokinao." [21] Nanomboky nagnotany gne mpanora-dalagny sy gne Fariseo' da nizaka hoe: "Ia me ity mizaka ratsy ity? Ia
gne hafaky mamela fahotagny afa-tsy Andriamanitry raiky avao? [22] Da Jesosy, nahafantatry gne noeritreretindreo,
namaly da nizaka indreo hoe: "Nagnino anareo e magnotany anizany am-ponareo? [23] Ino gne mora zakaigny: 'Voavela
gnelokinao' sa e mizaka hoe: 'Mitsangana da mandiana?' [24] Nefa mba hahafantaranareo fa e Zanak'olo da manam-
pahefagny hamela heloky an-tany etoa, da zakaiko aminao, mitsangana, ento gne fandrianao da mandiana an-
dragnoanao." [25] Teo no eo da nitsangagny teo aloandreo izy da nangala fandriagny izay natoriany. Aveo da niala nandea
andragnony izy, nagnome voninahitra an'Andriamanitry. [26] Gaga gne marobe da nagnome voninahitry an'Andriamanitry
indreo. Feno tahotry indreo, nizaka hoe: "Nahita ra nahagaga isika androany." [27] Tafaran'gne niboan'io ra io, da niala teo i
Jesosy da nahita mpamory hetra raiky izay nangiagny hoe Levy nipetraky teo ame tragno lain'e mpamory hetra. Nizaka
taminazy Izy hoe: "Magnara Ana." [28] Da nitsangagny i Levy da nagnaraky Anazy, da nagnapetraky gne ra marobe. [29] Da
nagnano fanasana zakabe tan-dragnony ho an'i Jesosy i Levy. Maro gne mpamory hetra sy gne olo hafa izay
nipetrakytame latabatry da nihinagny niaraky tamidreo. [30] F'izy gne Fariseo sy gne mpanora-dalagny da nitaraigny
tamindreo mpianatry , nizaka hoe: "Nagnino anao gne mihinagny sy misotro miaraky ame mpamory hetry sy olo
mpanota hafa?" [31] Namaly anazy Jesosy hoe: "Tsy mila dokotera eolo salama; fa gne marary avao. [32] Tsy tonga hangaiky e
olo-marina ho amin'e fibebahagny Iao, fa hangaiky e mpanota ho ame fibebahagny." [33] Da hoy indreo taminazy hoe: "Gne
mpianatr'i Jaona da matetiky mifady hanigny sy mivavaky, da gne mpianatrin'gne Fariseo da magnano ako izany koa.

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

F'izy e mpianatrinaoda mihinagny sy misotro." [34] Jesosy nizaka andreo hoe: "Misy olo mavita mampifady hanigny e
havan'gne mpampakatry raha toa ka mbola mipetraky amindreo gne mpampakatry me? [35] Da hoavy gne andro izay
hangalagny e mpampakatry amindreo, da aminizany andro izany da hifady hanigny indreo." [36] Da nagnao fagnoharagny
tamindreo koa Jesosy. "Tsy misy olo mandrovitry tapa-damba avy ame lamba vaovao da mampiasa izany mba
hagnamboarany e lamba tonta. Raha magnano anizany, da hanimba gne lamba vaovao, da gne tapa-damba avy ame
lamba vaovao da tsy hifagnaraky ame lamba tonta. [37] Tsy misy olo magnisy dovay vaovao agnatine siny hoditry tonta.
Raha magnano anizany izy, da hampitriatry e hoditry gne dovay vaovao, sady da ho raraky gne dovay, da ho simba gne
siny hoditry. [38] Fa gne dovay vaovao da tsy maintsy anigny agnatin'e siny hoditry vaovao. [39] Tsy misy olo avy nisotro e
dovay taloha ka hagniry e vaovao, fa hoy izy hoe: 'Gne taloa e tsara.'"

Chapter 6

[1] Sady tamin'e Sabata da nandeha negnà an-tanimbary Jesosy sady gne mpianatry nangalaky gne solohim-bary,
nagnakosiky izany tamin'e tagnan-dreo sady nihinagny e voa. [2] Fa gne sanany tamindreo Fariseo da nizaka hoe: "Nagnino
anareo e magnano raha tsy Ara-dalàgny gne magnano anazy amign'andro Sabata?" [3] Namaly andreo, Jesosy nizaka hoe:
"Mbola tsy novakinareo me izay nanan'i Davida refa mosaregny izy, izy ame lelà niaraky taminazy? [4] Nandeha negnà an-
dragnon'Andriamanitry izy, sady nandray e mofon'e fagnatrehagny sy nihinagny gn'ampahany tamizany, sady nomegny
ampahany koa gne lelà izay niaraky taminazy mba hihinagny, ndre da gne mpisorogny avao azaky araky gne lalàgny râ
hihinagny izany." [5] Avy eo Izy nizaka tamindreo hoe: "Gne Zanak'Olo da Tompon'e Sabata." [6] Da tame Sabata hafa da
nandeha tamin'e synagoga Izy da nampianatry e fonkonolo tao. Nisy lelà raiky maty tagna ankavanigny tao. [7] Nagnety
akaiky Anazy tsara gne mpanora-dalàgny izy ame Fariseo mba hahita râ hagnasitragnagn'olo ame Sabata Izy, mba
afahan-dreo mahita gnantony hagnambaragny Anazy. [8] F'izy fantatriny izay tao an-tsain'ireo sady nizaka tamin'e lelà izay
maty tagna Izy hoe: "Mitsangana, sady mandehana etoa ategnategnan'olo agnaby etoa." Da nitsangagny e lelà sady
nitsangagny teo. [9] Jesosy nizaka tamindreo hoe: "Magnontany anareo iao, ara-dalàgny ame Sabata me gne
fagnamboaragny e tsara sa gne fagnamboaragny e ratsy, e magnavotry gn'aigny sa gne mamotiky anazy?" [10] Sady nagnety
e magnodidigny anazy agnaby Izy da nizaka tamin'e lelà hoe: " Ataro e tagnanao." Nagnano izany Izy, sady nahafaky e
tagnany. [11] Nefa feno fahavigniragny indreo sady nifampikoragny momba izay mety ho hataon-dreo amin'i Jesosy. [12]
Tamin'izany andro zany da nandeha negnà an-tendrombohitry Izy mba hivavaky. Notohizany nandritry gn'aligny
manontolo e fivavahagny tamin'Andriamanitry. [13] Refa avy gn'andro, nangahiky gne mpianatriny ho eo aminazy Izy, sady
nifidy roy amby folo tamin'ireo Izy, izay nantsovagny avakoa hoe Apostoly. [14] Gn'agnaran'gne Apostoly da i Simona (izy
izay nantsovagny avakoa hoe Petera) sady gne rahalàny Andrea, Jakoba, Jaona, Filipo, Bartelemeo, [15] Matio, Tomasy,
Jakoba zanaky lahin'i Alfeo, Simona izay nantsovagny hoe Zelota, [16] Jodasy zanak'i Jakoba, sady Jodasy Iskariota, izay
tonga mpamadiky. [17] Avy eo Jesosy nidigny e tendrombohitry niaraky tamindreo da nitsangagny tame tany marigny
niaraky tamin'e mpianatriny maro izy ame fonkonolo maro avy agny Jodia sy Jerosalema sady sisin-tanin'e Tyro sy
Sidona. [18] Avy indreo mba hiteno Anazy sady mba ho sitragnigny amign'aretindreo. Nahafaky avakoa gne fonkonolo izay
korontanin'e fagnahy maloto. [19] Gn'olo agnaby tamin'gne fonkonolo da niezaky gne hikasiky Anazy fehizay satria nibôky
avy taminazy gne hery magnasitragny, sady nahafaky tokôtry izy agnaby. [20] Da nagnety e mpianatriny Izy, sady nizaka
hoe: "Sambatry anareo izay sahiragny, fa anareo e fanjakan'Andriamanitry. [21] Sambatry anareo izay mosaregny amizao, fa
ho voky anareo. Sambatry anareo izay mitomagny amizao, fa hiomehy anareo. [22] Sambatry anareo refa malaigny anareo
gn'olo sady refa ahilik'indreo sy haratsin'indreo anareo, nohon'e ame Zanak'Olo. [23] Mifalia amin'izany andro zany sady
mibitaha an-kafaliagny, satria azo antoky fa hahazo valisoa zakabe agny an-dagnitry anareo, fa mitovy amin'izany gne
nindesan'e razan-dreo an'gne mpaminagny. [24] Ra loza ho anareo izay manan-karegny, fa efa azonareo izay mahafa-po
anareo. [25] Loza ho anareo izay voky amizao, fa mbola ho mosaregny anareo agny afara agny. Loza ho anareo izay
mihomehy amizao, fa hisaogny sy hitomagny anareo agny afara agny. [26] Loza ho anareo, refa magnambara tsara momba
anareo gn'olo agnaby, fa mitovy amin'izany e nanin'e razan-dreo tamin'ireo mpaminagny sandoky. [27] Fa magnambara
aminareo izay miteny Iao, tiavo gne fahavalonareo sady magnamboara e tsara amin'izay malaigny anareo. [28] Tahio izay
magnozigny anareo sady mivavaha ho an'ireo izay magnano tsisy dikany anareo. [29] Râ manakapoky e fifinao ilany, da
omeo anazy koa gn'ilany. Râ misy olo mangalaky e lambanao, ka mitagny ndre da gn'ankanjonao azaky. [30] Omeo izay
rehetra mangataky aminao. Râ misy olo mangalaky e raha izay anao, ka mangataky gne hameregnagny izany aminao. [31]
Da akô izay tianao hanin'olo aminao, da tokony haninao amindreo avakoa. [32] Râ izay olo tia anao avao e tiavinao, ino gne
soa hazonao amin'izany? Fa gne mpanota azaky da tia an'izay tia anazy avakoa. [33] Râ amin'izany olo magnano soa anao
avao anao magnano soa, ino gne soa ho azonao amin'izany? Fa ndre gne mpanota azaky da magnano akô izany. [34] Râ tsy
mampindragny afa-tsy amin'izany olo diasagny fa agnapody izany aminao avao anao, ino gne soa ho azonao amin'izany?
Fa ndre da mpanota azaky mampindragny e mpanota, mba hahazoagny akô izany koa. [35] Fa tiavo e fahavalonareo sady
magnamboara e tsara ho anazy avao. Mampindrama da ka mandigny valiny sady ho zakabe gne valisoanareo sady ho
zanaky e tena Avo anareo, fa Izy da tena tsara fagnahy amin'izay tsy misaotry izy amign'olo ratsy fagnahy. [36] Managnà
famindram-po, akô e Rainareo mpamindra fo. [37] Ka mitsara, sady tsy ho tsaraigny anareo. Ka magnameloky, sady tsy ho
meloky anareo. Mamelà gne hafa, sady ho avela anareo. [38] Magnomeza, da omegny anareo izany. Fahafohizagny be - izay
atafotafo, miara-voahontsagny sady mitobaky - gne hararaky eo an-kameranao. Araky gne famaharanareo, gne

hamaharagny anareo akô izany avakoa." [39] Avy eo Izy nagnano fagnoheragny tamindreo koa. "Kaiky gn'olo jamba me
afaky mitariky olo jamba? Râ magnano izany izy, da mety hilatsaky agny ame kiady izy roy, sa tsia? [40] Gne mpianatry
raiky da tsy zakabe noho gne Mpampianatriny, fa izay agnaby nahatanteraky e fiofanagny da hitovy amin'e
Mpampianatriny. [41] Fa nagnino anao magnety e sombin-kakazo kidy izay ao agnaty mason'e rahalànao, f'izy tsy mahita
gne vatan-kakazo ao agnaty masonao? [42] Akognaià e izakananao e rahalànao hoe: 'Ry ralà, mamela anà hangalaky e
sombin-kakazo eo ame masonao eo io,' refa tsy hitanao esana e vatan-kakazo eo amin'e masonao? Ry mpiatsaram-
belatsihy! Alay eo amin'e masonao heky gne vatan-kakazo, avy eo da hahita tsara anao da afaky hangalaky e sombin-
kakazo eo amin'e mason'e rahalànao. [43] Fa tsy misy kakazo tsara hamokatry voankazo lo, ndre hoe kakazo lo hamokatry
voankazo tsara. [44] Fa e kakazo tsikiraikiraiky da fantatry amin'e karazam-boankazo izay vokariny. Fa tsy afaky gne hitohy
aviavy amin'e fatsy gn'olo, ndre hangalaky voaloboky ame hazona voaroy. [45] Gn'olo tsara mamokatry izay tsara avy ame
harenasoan'e fony, sady gn'olo ratsy mamokatry izay avy ame haren-dratsin'e fony. Fa izay aloaky e fony gne zakain'e
gavany. [46] Fa magnino anareo, e mangahiky Anà hoe: 'Tompo, Tompo,' kanefa anareo tsy magneky izay raha zakaiko? [47]
Gn'olo agnaby magnontany Anà sy mahare e zakako sady magneky izany, da ho zakaiko anareo hoe akô ino izy. [48] Da akô
gn'olo izay nanangagny tragno izy, izay nandavaky laligny tame tany sady nagnorigny e fototry gne tragno tambony
vatolampy. Refa avy e tondra-drano, da nandriaky nanohitry izany tragno zany e rano be, fa tsy nampihetsiky anazy,
satria tsara orina ilay izy. [49] Sady izay olo mahare e zakako nefa tsy magneky izany, da mitovy amign'olo izay nagnorigny
tragno tambonin'e tany da tsy nagnisy fototry. Refa nandriaky namely io tragno io e rano be, tonga da rebaky izany, sady
rava tanteraky izany tragno izany."

Chapter 7

[1] Refa nahavita nizaka gne raha agnaby teo agnatrehan'e fokon'olo Jesosy, da niditry tao Kapernaomy Izy. [2] Da nisy
kapiteny raiky nanagny mpanompo izay tena najainy, sady narary da efa akeky ho faty izy. [3] Refa naharegny gne momba
an'i Jesosy e kapiteny, da nagniraky oloben'e Jiosy ho agny amin'Azy izy, hangataky an'Azy mba ho avy sady hagnasitragny
gne mpanompony. [4] Sady refa avy teo am'i Jesosy indreo, da nangataky mafy tamin'Azy, nizaka hoe: "Mendriky gne
hagnamboaranao an'izany ho an'azy izy, [5] satria tiany gne firenenay, sady izy e nagnamboatry gne Synagoga ho anay." [6]
Ka da nanohy gne lalagniny niaraky tamindreo Jesosy. Fa raha mbola tsy lavitry gne tragno Izy, da nandefa namagny e
kapiteny nizaka tamin'Azy hoe: "Tompo o, ka manahiragny tegnanao Anao, satria tsy mendriky hidiranao ao ambanin'e
tafotragnoko Iao. [7] Noho izany da tsy nandiniky gne tegnako ho mendriky ho eo aminao iao, fa mizakà zaka raiky avao da
ho sitragny gne mpanompoko. [8] Satria iao koa da lelà izay ambany fahefagny, managny miaramila ao ambaniko koa. Hoy
iao am'ity raiky ity hoe: 'Mandehana,' da mandeha izy, sady ame raiky hafa: 'avia,' da avy izy, sady ame mpanopoko hoe:
'Amboary ity,' da amboariny izany." [9] Refa naharegny an'izany Jesosy, da gaga tamin'azy Izy, sady nitodiky tame fokon'olo
izay nagnaraky an'Azy da nagnano hoe: "Zakaiko aminareo, fa ndre da tagny Israely aza tsy nahitako finoagny akô izao."
[10] Refa niverigny tandragno gne nirahagny, da nahita fa salama tsara gne mpanompo. [11] Tafaran'izany kidikidy, da
nandeha tagny ame tanàgny antsovagny hoe Naina i Jesosy, sady niaraky tamin'Azy gne mpianatriny izy am'ireo fokon'olo
maro be. [12] Raha nagnakeky gne vavahadin'e tanàgny Izy, indro, nisy lelà raiky efa maty nindesigny nijotso, zanaky lahy
tokagnin'i endriny (izay mpivantotry), sady fokon'olo maro be avy ao ame tanàgny gne niaraky tamin'azy. [13] Nony nahita
an'azy i Tompo, da nafiraigny tanteraky an'azy da nagnano tamin'azy hoe: "Ka mitomagny." [14] Avy eo da niakatry Izy sady
nikasiky gne vata izay nitondrandreo gne razagny, sady nijanogny ireo nitondra an'izany. Hoy Izy hoe: "E koraolahy, hoy
Iao aminao, miarena." [15] Da niarigny gne maty ka nanomboky nizaka, sady Jesosy nagnome an'azy an'iendriny. [16]
Nandresy an'azy agnaby gne tahotry, da nanohy nidera an'Andriamanitry fezay indreo, nizaka hoe: "Mpaminany zakabe
gne natsangagny eto amitsika" sady "Andriamanitry nitsinjo gn'olony." [17] Ity vaovao momba an'i Jesosy ity da niparitaky
nagneragny an'i Jodia izy am'ireo faritry magnodidigny agnaby. [18] Gne mpianatrin'i Jaona nizaka tamin'azy gne momba
an'ireo raha ireo. [19] Da nangaiky roy tame mpianatriny i Jaona ka nagniraky andreo ho agny am'i Tompo mba hizaka hoe:
"Anao me e ho avy, sa tokony mbola hagnety hafa iay?" [20] Sady refa nagnatogny akeky an'i Jesosy indreo, da hoy ireo lelà
hoe: "Jaona mpagnano batisa gne nagniraky anay aty aminao hagnotany hoe: 'Anao me e ho avy, sa tokony mbola hagnety
hafa iay?'" [21] Sady tam'izany lera izany da nahasitragny olo maro tamign'aretigny izy ame fahoriagny sady fanaintanagny
avy ame fagnahy ratsy Izy, da olo jamba maro gne nampahitàny. [22] Jesosy namaly ka nizaka tamindreo hoe: "Refa avy
nandeha tame lalagninareo anareo, da zakay am'i Jaona gne hitanareo ame regninareo. Nahita gne jamba, nandeha gne
malemy, nadio gne boka, naharegny gne maregnigny, nitsangagny velogny gne maty, sady nitoriagny filazantsara gn'olo
agnatin'e fahampiagny. [23] Sambatry gn'olo izay tsy mitsahatry gne mino Anà nohon'e ataoko." [24] Da nony lasa gne irak'i
Jaona, da nanomboky nizaka tame fokon'olo Jesosy gne momba an'i Jaona hoe: "Hagnety ino gne nijotsoanareo tagny ame
tany fôgny? Volotra nahetsiketsik'e rivotry? [25] Fa hagnety ino gne nijotsoanareo tagny? Lelà misikigny tsara ve? Hiteo, ireo
izay misikigny akanjo lafo vidy izy am'ireo miaigny ao ame fiainagny tsara da ao ame lapan'e mpanjaka. [26] Fa hagnety ino
gne nijotsoanareo tagny? Mpaminany ve? Eka, hoy Iao aminareo, sady mihôtry lavitry nohon'e mpaminany. [27] Izy gne
voasoratry hoe: 'Indro, alefako meloha anao gne mpinday gn'afatriko, izay hagnomagny gne làlanao meloha anao.' [28]
Zakaiko aminareo, fa aminareo izay naterak'e viavy da tsisy zakabe noho i Jaona. Nefa izay kidy indrindra ao ame
fanjakan'Andriamanitry da zakabe noho izy." [29] (Refa nagnabôky an'izany gn'olo agnaby, agnisan'izany gne mpamory
hetra, da nagnambara fa marigny Andriamanitry, satria nanigny batisa tame batisan'i Jaona indreo. [30] Fa gne Fariseo izy

am'ireo mpahay lalàgna Jiosy kosa nandà gne tanjogn'Andriamanitry ho an'e tegnandreo, satria tsy nanin'i Jaona batisa.)
[31] Ame ino, izany, gn'ahafahako mampitovy gn'olo am'ity taranaky ity? Akô gn'ino me indreo? [32] Akô gne zaza mihira a
bazary indreo, izay mipetraky da mifagnatso sady mizaka hoe: 'Nitsoky sodigny ho anareo da tsy nadihy anareo.
Nagnano hira fisaonagny ho anareo iay, da tsy nitomagny anareo.' [33] Fa Jaona mpagnano batisa avy tsy nihinagny mofo
sady tsy nihinagny divay, da hoy anareo hoe: 'Misy demonia izy.' [34] Gne Zanak'olo avy nihinagny sady nisotro, da hoy
anareo hoe: 'Hiteo, fa tenda-kanigny sady mpisotro Izy, naman'e mpamory hetra izy ame mpanota!" [35] Fa gne fahendregny
da voamarigny ame zanany agnaby." [36] Sady gne raiky tame Fariseo nagnasa an'i Jesosy hihinagny miaraky tamin'azy. Ka
rehefa avy niditry tandragnon'e Fariseho Jesosy, da nidoboky hihinagny teo ame latabatry. Igny, nisy viavy tantanàgny
izay mpanota. [37] Da refa nahatsikaritry izy fa nipetraky tame latabatry tandragnon'e Fariseo Izy, da ninday tavoara
alabastara feno menaky magnitry izy. [38] Da raha nitsangagny tafarany takekin'e tombokiny izy, da nitomagny, ka
nanomboky nandegny gne tombokiny tame ranomasony, ka da nofafany tame volony ireo sady nagnoroky gne
tombokiny sady nagnosotry an'ireo tame menaky magnitry. [39] Refa nahita an'izany e Fariseo nagnasa an'i Jesosy, da
nieritreritry, nizaka hoe: "Raha mpaminany tokôtry io lelà io, da tokony ho lalany hoe viavy magnano akôgnaia io
mikitiky an'Azy io, fa mpanota io." [40] Jesosy namaly ka nizaka tamin'azy hoe: "Simona, misy raha ho zakaiko aminao." Hoy
izy hoe: "Zakay izany, mpampianatry ô!" [41] Nizaka i Jesosy hoe: "Nisy mpampindram-bola nanagny mpitrosa roy lahy. Gne
raiky da tokony andoa diman-jato denaria, gne raiky dimam-polo. [42] Refa tsy afaky nagnefa an'izany tamin'azy indreo, da
samy navelany izy roy lahy. Noho izany, ia amin'izy roy lahy gne ho tia an'azy kokoa? " [43] Simona namaly an'Azy ka nizaka
hoe: "Heveriko fa gne namoizany be." Da hoy i Jesosy tamin'azy hoe: "Marigny gne fitsaranao." [44] Da i Jesosy nitodiky
tam'igny viavy igny ka nizaka tamin'i Simona hoe: "Hitanao io viavy io. Niditry tato andragnonao Iao. Tsy nagnome rano
hanasagny gne tomboko anao fa izy nahalegny gne tomboko tame ranomasony sady namafa an'azy tame volony. [45] Tsy
nagnoroky Anà anao, fa hatr'izay nidirako tato da tsy nijanogny nagnoroky gne tomboko izy. [46] Tsy nagnosotry menaky
gne lohako anao, fa izy nagnosotry gne tomboko tame menaky magnitry. [47] Noho izany da mizaka aminao Iao fa, gne
fahotany, izay maro, da voavela_ satria izy be fititavagny. Fa izay navela kidikidy, da tia kidikidy [48] Da hoy Izy tamin'azy
hoe: "Vovela gne fahotanao." [49] Ireo niara-nipetraky nihinagny teo da nanomboky nifampikoragny teo amindreo hoe: "Ia
moa ity gne mamela ireo heloky?" [50] Avy eo hoy i Jesosy tam'i raviavy hoe: "Gne finoanao gne nahavonjy anao.
Mandehana am-piadanagny."

Chapter 8

[1] Da tafaran'izany da nanomboky nandeha nitaty tanàgny izy ame vohitry samihafa Jesosy, nitory sy nagnambara gne
filazantsara mahakasiky gne fanjakan'Andriamanitry. Niaraky tamin'Azy gne roy ambifolo lahy, [2] da gne viavy sasany izay
sitragny tame fagnahy ratsy izy ame gn'aretigny: Maria izay natsovagny hoe Magdalena, izay efa namoahagny demonia
fito; [3] Johana, vadin'i Koza, izay mpitagny raharahan'i Heroda, da i Sosana; izy am'ireo hafa koa, izay, tame fanagnandreo,
da nagnome izay nilaindreo. [4] Raha mbola nisy fokon'olo maro nilagnona, da avy nagnatogny an'Azy ireo olo isak'e
tanàgny, Da nagnano fagnoharagny izy hoe: [5] "Nisy mpamboly nijotso mba hamafy gne voany. Raha izy namafy igny, da
voafafy tegny amoron-dalagny gne sasany sady da vôhitsakitsaky izany, da nohanin'e vorogny. [6] Gne sasany kosa vôfafy
tegny ame vatolampy, ka raha vô nitsiry, da nalazo izany, satria tsy nisy hamandoagny. [7] Da gne sasany da vôfafy teo ame
fantsy, da nitsiry tamin'azy gne fantsy ka nagnageja an'izany. [8] Gne sasany vôfafy tegny ame tany lonaky da namoa
vokatry izay tsara lavitry avo zato heny." Tafaran'i Jesosy nizaka an'io raha io, da nagnatso mafy Izy hoe: "Izay managny
tadigny hitenomagny, aoky izy hiteno." [9] Nagnotany an'Azy gne mpianatriny gn'ame tian'izany fagnoharagny izany
hambara. [10] Hoy Izy hoe: "Gne fahalalagny gne raha mifinin'e fanjakan'Andriamanitry da nomegny anareo, fa ho an'e hafa
da mizaka ame fagnoharagny Iao, mba tsy ahita indreo ndre da magnety aza, sady tsy ahalala ndre da maharegny aza." [11]
Da izao gne dikan'e fagnoharagny: gne voa da gne zakan'Andriamanitry. [12] Gne vôfafy tegny ame sisindalagny da gne
maharegny, f'izy avy eo da avy gne devoly ka mangala gne zaka tao ampony, mba tsy hino ka ho voavonjy indreo. [13] Da
gne teo ame vatolampy kosa da ireo izay, maharegny gne zaka, da mandray an'izany ame fifaliagny. Nefa tsy misy vahany
ireo; tselatsela fotsiny gne finoandreo, da ame fotoagny fitsapagny da lavo indreo. [14] Gne vôfafy tame fantsy da gne olo
maharegny gne zaka, fa refa mandeha ame lalagniny indreo, da vofehin'e fiahiagny izy ame gn'aregny da gne
fahafinaretagny amizao giainagny izao, ka tsy antitry gne voany. [15] Fa gne vôfafy tame tany tsara, da gne, naharegny gne
zaka tame fo marigny sy tsara, sady indreo mitagny an'azy tsara ka mamokatry am-paharetagny. [16] Sady, tsisy olo, refa
nampirehitry jiro, ka mandrakotry an'azy ame rakotriny na mametraky an'izany ao ambany fandriagny. F'izy, mametraky
an'azy eo ame fagnamboaran-jiro, mba ho hitan'olo agnaby izay miditry gne hazavagny. [17] Satria tsisy takogny izay tsy ho
lala sady hibôky eo ame hazavagny. [18] Da mitenoma tsara, izay managny, da mbola homegny bebe kokoa, fa ho an'izay tsy
managny kosa, na izay heveriny hanagnany aza da alaigny amin'azy." [19] Avy eo i endriny izy ame rahalàny nagnatogny
an'Azy, nefa tsy afaky nagnakeky an'Azy nohon'e fokon'olo. [20] Nisy nizaka tamin'Azy hoe: "Iendrinao izy ame rahalànao da
mijoro ao ambadiky, ta ahita anao." [21] Fa i Jesosy namaly sady nizaka tamindreo hoe: "Iendriko izy ame rahalàko da ireo
izay miteno gne zakan'Andriamanitry sady magnano an'izany." [22] Sady indraiky andro da nandeha andakagny Izy niaraky
tame mpianatriny, sady Izy nizaka tamindreo hoe: "Andeha atsika ho egny agnilan-drano." Da lasa indreo. [23] Fa raha
nandeha igny indreo da azo tory Jesosy. Da nisy tafio-drivotry tonga teo ame farihy, da feno rano gne sambo kely, sady
notadindomin-doza indreo. [24] Avy eo negn'amin'Azy ka namoha an'Azy gne mpianatr'i Jesosy, nagnano hoe: "Tompo o!


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

Tompo o! Ho faty atsika!" Sady nifoha Izy ka nizaka mafy gne rivotry izy ame rano magnojagny, sady nitsahatry ireo, da nisy fitoniagny teo. 25 Sady nizaka tamindreo Izy hoe: "Aia gne finoanareo?" sady natahotry mafy indreo. Da natahotry gne sady gaga avakoa indreo, sady nifampagnotany hoe: "Ia lôtry zalà ty, ndre gne rivotry izy ame rano gne didiany, da magneky an'Azy indreo?" 26 Indreo da nandalo gne faritr'i Gerasena, izay tandrifin'e farihin'i Galilea. 27 Sady refa niakatry ho egny ame tany Jesosy, da nifanepaky tame lelà raiky avy tao an-tanagny izay nisy demonia. Da efa ela izy gne tsy nisikigny, sady tsy nipetraky tao an-dragno fa tegny ame fasagny. 28 Refa nahita an'i Jesosy izy, da nitoreo mafy ka nandongaliky talohany da nizaka tame feo mafy hoe: "Ino gn'iresanao aminà, ry Jesosy, zanak'Andriamanitry ambony indrindra o? Mengavy Anao iao, ka mampijaly anà." 29 Fa Jesosy nandidy gne fagnahy maloto hiala tao ame lelà. F'efa nandritry gne fotoagny maro gne namehy an'azy izany, ndre da nofatoragny tame rojo izy ame gadra vy da nambenagny aza izy, da nopotehiny gne rojony sady nentin'e demonia tagny ame tany fôgny izy. 30 Jesosy nanontagny an'azy hoe: "Ia gn'agnaranao? Da hoy hoe: "Legiona," fa maro gne demonia izay efa niditry tao amin'azy. 31 Indreo nengavy an'Azy fezay mba tsy handefa an'azy ho agny ame lavaky tsy hita farany. 32 Da nisy kisoa maromaro nihinagny teo akekin'e havoagny. Ka nengavy an'Azy gne demonia mba hamela an'azy Izy. 33 Da nijotso tao ame lelà gne demonia sady nifindra tao ame kisoa, da nivaringarigny tagny ame hatsagny negn'ame farihy gne kisoa ka maty. 34 Da nohon'e nahita gne raha nibôky gne mpiambigny gne kisoa, da nihazakazaky ka nizaka an'izany tao an-tanàgny izy ame tagny antonda. 35 Noho izany da nijotso gne mponigny tao an-tanàgny, sady nagnatogny an'i Jesosy indreo ka nahita gne lelà izay nialan'e demonia. Da nipetraky tame tombok'i Jesosy izy, nisikigny sady vory saigny; da raiki-tahotry indreo. 36 Avy eo ireo izay nahita an'izany nizaka andreo gne fomba nahasitragny gne lelà nanjakan'e demonia. 37 Da gne fokon'olo agnaby teo ame faritanin'i Gerasena da nangataky an'i Jesosy mba hiala eo amindreo, satria feno gne tahotry mafy indreo. Noho izany da nandeha an-dakagny Izy mba afahandreo mipody. 38 Gne lelà nialan'e demony da nengavy tamin'Azy mba hamela an'azy handeha hiaraky amin'Azy, fa i Jesosy nandefa an'azy, nizaka hoe: 39 "Mipodia agny andragnonao da magnanaova tatitry feno momba izay nataon'Andriamanitry taminao." Da nandeha tame lalagniny igny lelà igny, da nagnambara magneragny gne tanagny agnaby izay nataon'i Jesosy tamin'azy. 40 Sady refa niverigny Jesosy, da nandray an'azy gne fokon'olo, fa indreo da efa nandigny an'Azy. 41 Indro, nisy lelà raiky antsovagny hoe Jairo, izay raiky tame mpitariky tao ame Synagoga, nagnatogny sady nandongaliky teo antombok'i Jesosy, da nengavy an'azy mba ho agny andragnony, 42 satria gne zanany viavy tokagny, izay zazaviavy teo ame roy ambifolo taogny teo ho eo, da eo ambavahaognin'e fahafatesagny. Raha nandeha tame lalagniny i Jesosy, da niaraky nifanisisisiky nagnodidigny an'Azy gne fokon'olo maro be. 43 Da nisy viavy raiky teo izay efa nandeha rà nandritry gne roy ambifolo taogny sady efa nandany gne volany agnaby, [Fagnamarihagny: Ireo manam-pahezagny da mizarazara hevitry raha tokony ampidirigny etoa gne hoe: "Nandany gne volany agnaby (izy)] sady tsisy nahasitragny an'azy ndre ia ndre ia. 44 Da nandeha tafaran'i Jesosy izy ka nikasiky gne molotr'e lambany, da nisigny tampoky teo gne ràny. 45 Nizaka i Jesosy hoe: "Ia gne nikasiky Anà teo?" Refa nandà indreo agnaby, da hoy i Petera hoe: "Tompo, magnodidigny Anao aby gn'olo sady magnapitsa Anao." 46 Fa Jesosy nizaka hoe: "Nisy nikasiky Iao, satria lalako fa nisy hery niala taminà tatoa." 47 Refa hitan'igny viavy igny fa tsy takogny izy, da nangovitry izy sady nandongaliky teo amin'Azy. Nambarany tagnatrehan'olo gn'antony nikasihany an'Azy, izy ame fomba nahasitragny an'azy teo no eo. 48 Da nizaka tamin'azy Izy hoe: "Ry zanako vavy, gne finoanao gne nahasitragny anao. Mandehana ame fiadanagny." 49 Avy eo raha mbola nizaka izy, da nisy olo raiky ame tragnon'e mpitariky gne synagoga, nagnano hoe: "Maty gne zanakao viavy. Ka manahiragny gne mpampianatry sanaky." 50 Fa refa regnin'i Jesosy izany, da namaly an'i Jairo Izy hoe: "Ka matahotry; minoa fotsiny avao, da ho sitragny izy." 51 Refa nandeha an-dragno Izy, da tsy navelany ndre da olo raiky aza hiara-hiditry amin'Azy, hafa tsy i Petera da i Jaona da i Jakoba, da gne i aban'e zaza izy am'i endriny. 52 Sady gn'olo agnaby da nisaogny sady nitomagny an'azy, 53 Fa nizaka Izy hoe: "Ka mitomagny koa, tsy maty izy fa matory." Da nihomehy an'Azy indreo, satria lalany fa maty io zazaviavy io 54 Fa noresiny tame tagna izy ka nagnatso mafy, nizaka hoe: "Zanako, mitsangàna!" 55 Da niverigny gne fagnahiny, ka niharigny teo no eo izy. Sady nibeko andreo Izy mba hagnome hanigny ho an'azy. 56 Da gaga iabany amendriny, fa Izy kosa nandrara andreo mba tsy hizaka ndre am'ia ndre ia gne raha nibôky.

Chapter 9

1 Nagnatso gne roy ambifolo lahy Izy sady nagnome andreo gne hery sady fahefagny ame demonia agnaby sady hahasitragny gn'aretigny. 2 Nalefany indreo hitory gne fanjakan'Andriamanitry izy ame hagnasitragny gne marary. 3 Hoy Izy tamindreo hoe: "Ka minday ndre ino ndre ino ame dianareo _ tsisy angira, tsisy kitapom-batsy, tsisy mofo, tsisy vola, sady tsisy akanjo fagnapiny. 4 Izay tragno idiranareo, da mijanogna ao mandra-pelanareo. 5 Ndre aia ndre aia tsy handresandreo anareo, refa miala an'izany tanàgny izany anareo, da popozy hiala ame tombokareo gne vovoky mba ho vavolombelogny anoheragny andreo." 6 Avy eo da lasa indreo sady namakivaky gne tanàgny, nitory gne filazantsara sady nagnasitragny tame nandehanandreo tegny aby. 7 Da regnin'i Heroda mpanapaky aby ireo izay nibôky agnaby, sady very hevitry izy, satria nozakain'e sasany fa i Jaona mpagnano batisa gne nitsangagny tame maty, 8 sady i Elia koa hoe sasany gne nibôky, gne sasany kosa mizaka fa raiky tame mpaminany taloha gne nitsangagny tame maty. 9 Hoy Heroda hoe: "Iao gne nanapaky gne lohan'i Jaona, ka ho ia indraiky izany olo izany?" Sady niezaky gne ahita an'Azy izy. 10 Refa nipody gn'apostoly, da nitantara tame raha vitandreo. Avy eo nindesiny niaraky tamin'azy indreo, sady nandeha nitokagny ho ame tanàgny antsovagny hoe Betsaida. 11 Fa vao naharegny gne momba an'izany gne fokon'olo, da nagnaraky an'Azy. Da

noraisiny indreo sady nambarany andreo gne momban'e fanjakan'Andriamanitry, sady nagnasitragny ireo izay nila fagnasitranagny Izy. [12] Da refa ho hariva gn'andro, da nagnatogny an'Azy ireo roy ambifolo lahy ka nizaka hoe: "Alefaso andeha gn'olo mba afahandreo mandeha agny ame tanàgny magnodidigny izy ame ambanivolo mba ahita fatoriagny izy ame hanigny, satria aty ame tany fôgny atsika." [13] Fa hoy Izy tamindreo hoe: "Omeonareo raha hohanigny indreo." Sady nizaka ireo hoe: "Tsy managny mihôtry gne mofo dimy da trondro roy iay_ raha tsy hoe mandeha iay sady mividy hanigny ho an'ireo olo agnaby ireo." [14] (Teo da nisy teo ame lelà dimy arivo teo ho eo). Da nizaka tame mpianatriny Izy hoe: "Apidoboy ho totokony dimampolo isan'isany indreo." [15] Da nanindreo izany, sady nampidoboky gn'olo. [16] Nandray gne mofo dimy izy ame trondro roy, da niandra negn'ame lagnitry Izy, nisaotry ireo sady nozarazarainy, da nomeny gne mpianatry izany mba homegny gn'olo. [17] Nihinagny izy agnaby ka voky, sady nalagno gne sisa tsy lany_ ka nisy potipotiny roy ambifolo harogny. [18] Sady refa nivavaky manokagny i Jesosy, da niaraky tamin'azy gne mpianatry. Da nagnotagny andreo Izy, nagnano hoe: "Anin'olo ho ia me Iao?" [19] Namaly indreo hoe: "Jaona mpagnano batisa. Fa gne sasany nizaka hoe i Elia, Da gne sasany mizaka fa nitsangagny tame maty gne raiky tame mpaminany taloha." [20] Da nizaka tamindreo Izy hoe: "Fa aninao ho ia me Iao?" Namaly Petera hoe: "E Kristin'Andriamanitry." [21] Fa noraràny mafy indreo tsy hizakazaka an'izany ndre amin'ia ndre ia, [22] nagnano hoe: "Gne zanak'olo da tsy maintsy hijaly ame raha maro sady tsy ho eken'e lohologny izy ame lohan'e mpisorogny da gne mpanora-dalàgny, ho vonoigny Izy sady ame gn'andro fahatelo da hatsangagny." [23] Da hoy Izy tamin'izy agnaby hoe: "Raha misy ta hagnaraky Anà, da tsy maintsy mandà gne tegnany izy sady minday gne hazofijaliany isan'andro da magnaraky Anà. [24] Ndre ia ndre ia te hagnavotry gn'ainy da hagnary an'izany, fa ndre ia ndre ia magnary gn'ainy nohon'e fitiavagny Anà da hagnavotry an'izany. [25] Ino gne tsara azon'olo ame fanagnagny an'izao tontolo izao, nefa magnary na mamotiky gn'ainy? [26] Fa ndre ia ndre ia megnatry Anà izy ame zakako, da ho megnatry an'azy koa gne Zanak'Olo refa avy ame voninahitriny izy ame voninahitrin'e Ray sady ireo anjely masigny Izy. [27] Fa zakaiko marigny aminareo, fa gne sasany amign'e izay mitsangagny eto da tsy hahita fahafatesagny mialohan'e ahitany gne fanjakan'Andriamanitry." [28] Da valo andro teo ho eo tafaran'e nizakan'i Jesosy ireo zaka ireo, da nindesiny niaraky tamin'Azy i Petera da i Jaona sady Jakoba ka niakatry gne tendrombohitry hivavaky. [29] Raha nivavaky igny Izy, da niova gne tarehiny, sady nivadiky fotsy manjelanjelatry gn'akanjony. [30] Indro, nisy roy lahy nikoragny tamin'Azy, Mosesy da i Elisa, [31] izay nibôky tame voninahitry mamirapiratry. Niresaky momba gne fialàny Izy, izay ho indesiny ho tanteraigny agny Jerosalema. [32] Sady i Petera izy am'ireo izay niaraky tamin'Azy da navesatrin'e torimaso, fa refa tena taitry tanteraky indreo, da nahita gne voninahitriny izy am'ireo lelà roy izay nitsangagny niaraky tamin'Azy. [33] Da refa niala nagnalavitry an'i Jesosy indreo, da hoy Petera tamin'Azy hoe: "Tompo, tsara amitsika gne mijanogny eto. Avelay iay hagnambôtry fialofagny telo, raiky ho Anao, raiky ho an'i Mosesy, da raiky ho an'i Elia." (Tsy lalany gne nozakainy.) [34] Teo ampizakagny an'izany izy, da nisy rahogny avy nandrakotry andreo, da natahotry indreo refa niditry tao ame rahogny. [35] Nisy feo nijotso avy tagny ame rahogny, nagnano hoe: "Ity gne zanako lahy, e Raiky izay voafidy; tenomy Izy." [36] Refa nizaka gne feo, da i Jesosy raiky gne hita teo. Da nisigny aby indreo sady tsy nizaka tamin'ia ndre ia tamin'izany andro izany gne momba an'izay hitandreo agnaby. [37] Da gn'andro magnaraky an'io, refa nidigny avy agny an-tendrombohitry indreo, da olo maro nifanepaky tamin'Azy. [38] Indro, nisy lelà raiky avy tao ame fokon'olo gne nitabataba mafy, nagnano hoe: "Ry mpampianatry o, magnano azafady aminao rô iao mba hagnety an'ity zanako lahy ity, fa zanako tokagny izy. [39] Hitanao, misy fagnahy mibeko an'azy da mitoreo tampoky izy; mampifanitogny an'azy izany ka mapamoaky ranivo fotsy gne vavany. Tsy miala amin'azy izany sady mandreraky an'azy tanteraky. [40] Nengavy mafy tame mpianatrao iao mba hangala an'izany fa tsy afakindreo." [41] Namaly i Jesosy ka nagnano hoe: "Anareo tsy mpino sady taranaky ratsy fitondran-tegna, mandrapahovia gne tsy maintsy hipetrako miaraky aminareo sady hiaretako miaraky aminareo? Hindeso aty gne zanakao lahy." [42] Refa nagnatogny igny zaza igny, da natsipin'e demonia tame tany izy sady nampifanitosintogny an'azy. Fa i Jesosy nizaka mafy gne fagnahy maloto sady nagnasitragny e zaza lahy, da namerigny an'azy tam'i abany. [43] Da avy eo da gaga aby izy agnaby nahita gne hazakaben'Andriamanitry. Raha tame raha agnaby naniny igny indreo, da hoy Izy tame mpianatriny hoe: [44] "Avelay ireto zaka ireto ho lasa laligny ao ame tadigninareo: gne Zanak'Olo da ho atolotry ho eo an-tagnan'olo." [45] Fa tsy azondreo izany fagnambaragny izany. Izany da nafiny tamindreo, noho izany da tsy azondreo gne dikan'izany, ary mbola natahotry indreo gne hagnotany gne momban'izany fagnambaragny izany. [46] Da avy eo da nisy fifamaliagny nanomboky teo amindreo gn'amizay ho lohany amindreo. [47] Fa Jesosy, nahalala gne fihevitry tagny ampondreo, da nangala zaza raiky da napetrakiny teo agnilany [48] sady nizaka tamindreo hoe: "Fa ndre ia mandray an'ity zaza ity ame gn'agnarako, da mandray Anà; Da ndre ia mandray Anà, da mandray gne raiky izay nagniraky Anà. fa gne kidy indrindra ao aminareo agnaby gne zakabe [49] Jaona namaly hoe: "Tompo o, nahita olo raiky iay nangala demonia tame gn'agnaranao da norarànay izy, satria izy tsy manara-dia miaraky aminay." [50] "Ka raràgny izy," hoy i Jesosy, "satria izay tsy manohitry anareo da miaraky aminareo." [51] Refa nagnakeky gn'andro ampiakaragny an'Azy, da nitodiky ho agny Jerosalema izy. [52] Nandefa mpinday hafatry Izy hialoha an'Azy, sady nandeha indreo ka niditry tao ame tanàgny Samaritana raiky mba hagnomagny gne raha agnaby ho an'Azy. [53] Fa gn'olo tao tsy nandray an'Azy, satria nitodiky ho agny Jerosalema Izy. [54] Refa nahita an'izany Jakoba izy am'i Jaona mpianatry, da hoy indreo hoe: "Tompoko, tianao me iay raha handefa afo milatsaky avy agny an-dagnitry mba hamotiky andreo?" [55] Fa nitodiky izy sady nizaka mafy tamindreo, [56] da lasa tagny ame tanàgny hafa indreo. [57] Da refa nandeha tegny an-dalagny indreo, da nisy olo raiky nagnano tamin'Azy hoe: "Hagnaraky Anao iao ndre ho aia ndre ho aia gn'andehananao." [58] Jesosy nizaka tamin'azy hoe: "Gn'amboadia manan-davaky, da gne vorogny managny gne songiny, fa gne Zanak'Olo tsy managny ndre gn'agnisiany gne lohany." [59] Da hoy Izy tame hafa hoe: "Magnaraha Anà." fa hoy izy hoe: "Tompoko avelay iao aloha

 

handeha handevigny an'iabako." [60] Fa hoy izy tamin'Azy hoe: "Avelay gne maty handevigny gne maty ao amin'azy. fa ho anao, mandehana da mitoria agny lavitry agny sady hitaro gne fanjakan'Andriamanitry." [61] Da nisy olo hafa nagnano hoe: "Hagnaraky Anao iao, Tompo, fa avelay iao aloha hagnano veloma gn'agny andragnoko." [62] Jesosy namaly an'azy hoe: "Tsisy olo mitagny angady sady miherika ho ao ame fanjakan'Andriamanitry."

Chapter 10

[1] Da tafaran'iregny raha iregny, da nifidy fitopolo lahy [Fagnamarihagny: Maro ame fandikagny taloha tsara indrindra gne mivaky hoe: "Fitopolo", fa gne sasany mivaky hoe: "roy ambifitopolo."] hafa gne Tompo, sady nandefa an'azi iregny tsiroidroy nialoha an'Azy tagny ame tanàgny agnaby izy ame toeragny izay efa handehanany. [2] Hoy Izy tamindreo hoe: "Be gne vokatry, fa tsy ampy gne mpiasa. Noho izany hangataho gne tompon'e vokatry mba handefa mpiasa mba ho egny ame vokatry.
[3] Mandehana ame lalagninareo. Hiteo, alefako akô gne zanak'ondry eo antegnategnany gn'amboadia anareo. [4] Ka minday fipetraham-bola, ndre gne fipetran'entagny, na kapa, sady ka miarahaba ndre ia ndre ia egny andalagny. [5] Izay tragno hidiranareo, da zakay ao aloha hoe: 'Fiadanagny anie ho am'ity tragno ity!' [6] Raha misy olon'e fiadanagny ao, da hipetraky amin'azy gne fiadanagny izay zakainareo, fa raha tsisy kosa, da hiverigny aminareo izany. [7] Mipetraha ao amin'io tragno io avao, mihinana da mindranoma izay homendreo, fa gne mpiasa da mendriky gne karamany. Ka mifindrafindra tragno.
[8] Fa am'izay tanàgny idiranareo, ka mandray anareo izy, da hano aby izay harosony anareo, [9] da sitragno gne marary izay ao. Zakay indreo hoe: 'Efa magnakeky anareo gne fanjakan'Andriamanitry.' [10] Na ovia na ovia anareo gne miditry tanàgny ka tsy mandray anareo indreo, da mijotsoa egny andalagny da zakay hoe: [11] 'Fandre da gne vovokin'e tanàgninareo izay mirekitry ame tombokay aza da ho fafanay hanohitry anareo! Aoky ho lalanareo nefa izao: 'Efa magnakeky gne fanjakan'Andriamanitry.' [12] Zakaiko aminareo fa ame andron'e fitsaragny da ho azo leferigny kokoa gn'an'i Sodoma noho gn'an'izany tanàgny izany. [13] Loza ho anao, ry Korazina! Loza ho anao, ry Betsaida! Fa raha gn'asa zakabe izay nanigny tao aminao gne nanigny tagny Tyro izy am'i Sydona, d'efa ela indreo gne nibebaky, nipetraky tame lamba fisaonagny izy ame lakevo. [14] Fa ho azo leferigny kokoa gn'an'i Tyro izy am'i Sidona ame fitsaragny noho gn'aminareo. [15] Anao, ry Kapernaomy, mieritreritry me anao fa ho asandratry agny an-dagnitry? Tsia, hindesigny midigny agny ame Hadesy anao.
[16] Izay miteno anareo da miteno Anà, da izay mandà anareo da mandà Anà, sady izay mandà Anà da mandà gne nagniraky Anà." [17] Nipody tame fifaliagny ireo fitopolo, ka nizaka hoe: "Tompo, ndre da gne demonia aza da nagneky anay tame gn'agnaranao." [18] Nizaka tamindreo i Jesosy hoe: "Nahita an'i Satana nilatsaky avy agny an-dagnitry akô tselatry Iao." [19] Hiteo, f'efa nomeko anareo gne fahefagny hagnitsaky gne menaragny, gne hala, sady ambonin'e herin'e fahavalo agnaby, da ndre ino ndre ino da tsisy handratry anareo agnaby. [20] Ndre da izany sa da ka mifaly fotsiny am'izany, hoe nagneky anareo gne fagnahy, fa mifalia kokoa hoe voasoratry agny an-dagnitry gn'agnaranareo." [21] Tamin'io fotoagny io abao da nifaly tokôtry tao ame Fanahy Masina Izy, sady nizaka hoe: "Midera Anao Iao, Ray, Tompon'e lagnitry izy ame tany, f'efa nafininao iregny raha iregny tame hendry izy ame mana-tsaigny, da nambara tam'ireo tsy manam-pahalalagny, akô gne zaza madiniky. Eka, Raiko, fa izany gn'ankasitrahagny tsara agnatrehanao." [22] Gne raha agnaby da nakinin'e Ray taminà, sady tsisy mahalala hoe ia gne Zanaky afa-tsy gne Ray, da tsisy mahalala hoe ia gne Ray afa-tsy gne Zanaky izy am'izay nosafidin'e Zanaky habôky an'Azy." [23] Avy eo da niodigny teo ame mpianatry Izy da nizaka moramora hoe: "Sambatry izay mahita ireo raha izay hitanareo. [24] Zakaiko aminareo, Mpaminany da mpanjaka maro gne nagniry gn'ahita izay raha hitanareo, fa tsy ho itandreo izany, sady aharegny ireo raha regninareo, fa tsy regnindreo izany." [25]
Indro, nisy mpampianatry lalàn'e Jiosy raiky nitsangagny mba hitsapa an'Azy, ka nizaka hoe: "Mpampianatry o, ino gne tsy maintsy hamboariko mba handova gne fiainagny mandrakizay?" [26] Jesosy nizaka tamin'azy hoe: "Ino gne voasoratry ao ame lalàgna? Akôgnaia gne famakianao an'izany?" [27] Namaly izy ka nizaka hoe: "Tiavo gne Tompo Andriamanitrao ame fonao agnaby, ame fagnahinao agnaby, ame herinao agnaby, sady ame fisaignanao agnaby, da gne namanao akô gne tegnanao." [28] Nizaka tamin'azy i Jesosy hoe: "Marigny gne navalinao. amboary izany, da ho velogny anao." [29] Fa gne mpampianatry, nagniry hagnamarigny gne tegnany, da nizaka tam'iJesosy hoe: "Ia me gne namako?" [30] Namaly an'azy Jesosy ka nizaka hoe: "Nisy lelà raiky nidigny avy agny Jerosalema ho agny Jeriko. Izy da azon'e mpagnendaky, da voaendaky gne fanagnany agnaby, sady vôdaroky izy, da tsy nijanogny indreo raha tsy efa ho faty izy. [31] Sendra nisy mpisorogny nandalo tam'izany lalagny izany, nony nahita an'azy izy, da nivily lalagny. [32] Akô izany koa gne Levita raiky, refa nandalo tame toeragny ka nahita an'azy, da nivily lalagny avakoa. [33] Fa nisy Samaritana raiky, refa nandeha tame nandehanany izy, da avy teo ame nisy an'azy. Refa nahita an'azy izy, da nalahelo an'azy. [34] Da nagnatogny an'azy izy ka namehy gne ratriny, da nagnisy menaky izy ame divay tam'izany. Napitikininy gne bibiny izy, ka nindesiny tagny ame tragnom-bahiny, da nokarakarainy. [35] Gn'omaraignin'igny da nangala denaria roy izy, da nomeny gne tompo-tragno, sady nagnano hoe: 'Karakaray izy, da ndre ôtrino ndre ôtrino gne laninao mihôtry, refa mipody iao, da efaiko.' [36] Ia am'izy telo io, araky gn'evitrao, gne naman'e voendaky?" [37] Namaly izy hoe: "Gne raiky nalahelo an'azy." Jesosy nizaka tamin'azy hoe: "Mandehana sady magnamboara akô izany koa." [38] Sady raha niara-nandeha indreo, da niditry tao ame tanàgny raiky Izy, da nisy viavy raiky antsovagny hoe Marta nampandroso an'Azy tandragnony. [39] Nanagny rahavavy atao hoe Maria izy, iay nipetraky teo ame tombokin'e Tompo sady niteno gne zakany. [40] Fa Marta sahiragny be tame fagnamboran-draha. Negn'am'i Jesosy izy, da nagnano hoe: "Tompo, tsy mampagnino Anao me gne mahita gne rahavaviko mamela anà hagnano raha raiky? Zakay rô izy hagnampy anà." [41] Fa namaly i Tompo ka nagnano tamin'azy hoe: "Marta, Marta, maro

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

lôtry gne raha mampagnahy anao, 42 f'izy raha raiky avao gne tena ilaigny. Maria da efa nifidy gne tsara indrindra, izay
tsy azo halaigny eo amin'azy."

Chapter 11

1 Da izao gne nibôky refa nivavaky tao ame toeragny raiky Jesosy, nisy raiky tame mpianatriny nizaka tamin'Azy hoe:
"Tompo, mba hampenaro mivavaky iay akô gne nampenaran'i Jaona gne mpianatriny." 2 Hoy i Jesosy tamindreo hoe:
"Refa mivavaky anareo da zakay hoe: 'Ray o, ho hamasignigny anie gn'agnaranao. Ho avy anie gne fanjakanao. 3 Omeo
anay gne haninay isan'andro. 4 Avelay gne fahotanay, akô gne namelanay izay meloky taminay. Ka minday anay hoa agny
ame fakam-panahy." 5 Jesosy nizaka tamindreo hoe: "Ia aminareo gne hanagny nama, sady handeha ho agny ame
misasakaligny, sady hagnano amin'azy hoe: "Ry akama, mba ampindramo mofo telo iao, 6 fa misy namako raiky vao avy
lavitry, sady tsy managny ndre ino ndre ino harosoko an'azy iao.' 7 Sady mety hamaly an'azy gnme raiky ao andragno hoe:
'Ka magnelingeligny anà koa rô.' Efa mihidy gne varangarako io, sady gne zanako efa matory, miaraky aminà. Tsy afaky
mitsangagny hagnome mofo ho anao koa iao.' 8 Mizaka aminareo Iao, fa ndre da tsy mitsangagny na magnome mofo
anareo aza izy satria namany anareo, da noho anareo mandetry avao tsisy hegnatry, da hitsangagny izy ka hagnome
anareo izay mofo ilainareo. 9 Mbola mizaka aminareo koa Iao, Mangataha, da homegny anareo izany; mitadiava, da
hahita anareo; dodomy, da ho vohagny anareo. 10 Fagn'olo izay mangataky agnaby da mahazo, sady izay mitady da
mahita, sady izay olo mandodona, da ho vohagny. 11 Ia aminareo raim-pianakaviagny iro gne, hangatahan'e zanakareo
trondro, ka bibilava gn'omenareo an'azy fa tsy trondro? [Fagnamarihagny: Gne fandikagny tsara indrindra misy vaki-
teny fohiky kokoa, gn'arahitsika eto. Gne fandikagny taloha sasany da misy vaki-teny lavalava kokoa, izay hita ao ame
Matio 7:9 avakoa: "Raim-pianakaviagny ia aminareo gn'angatahan'e zanany mofo, ka vato gn'omenareo an'azy? Na
trondro, ka hagnome an'azy bibilava?"] 12 Na raha mangataky atody izy, da homenareo hala me izy? 13 Noho izany, ndre
anareo ratsy fagnahy aza mahalala magnome raha tsara ho an'e zanakareo, samindraky gne Rainareo izay agny an-
dagnitry tsy hagnome anareo gne Fanahy Masina raha mangataky amin'Azy anareo?" 14 Da i Jesosy nandroaky demonia
môgny. Refa nivôky gne demonia, da lasa nahay izaka gne lelà izay môgny, da gaga gn'olo. 15 Fa gn'olo sasany nizaka fa:
"Ame gn'alalan'i Belzaboba, izay mpitariky gne demonia, gn'androahany demonia." 16 Gne sasany nitsapa an'Azy sady
nitady famantaragny avy agny an-dagnitry tamin'Azy. 17 Nefa lalan'i Jesosy izay tao ame saignindreo ka nizaka tamindreo
Izy hoe: "Gne fanjakagny agnaby izay mizarazara da ho rava, sady gne tragno izay mizarazara da hirodagny." 18 Koa raha
miady an-dragno izany i Satana, akôgnaia gn'ampaharitry gne fanjakany? Fa hoy anareo hoe mandrôky demonia ame
alalan'e Belzeboba Iao. 19 Fa raha mandrôky demonia ame alalan'i Belzeboba Iao amign'alalan'ia kosa gn'androahan'e
mpagnara-dia anareo an'azy? Noho izany, da indreo gne hitsara anareo. 20 Fa raha mandrôky gne demonia ame alalan'e
ratsa-tagnan'Andriamanitry Iao, da avy aminareo gne fanjakan'Andriamanitry. 21 Refa ampy fitaovagny tsara e lelà
mahery raiky miambigny e tragnony, da voaaro e harenany, 22 nefa râ mahery noho izy e lelà raiky da mandresy anazy, da
alain'e lelà mahery tokôtry amin'e lelà e fiadiagny, sady hendahigny fanagnan'e lelà. 23 Izay tsy miaraky aminà da
manohitry Anà, sady izay tsy mivory miaraky aminà da misaraky. 24 Refa miala amign'olo raiky e fagnahy ratsy, da lasa
izy mamakivaky toeragny tsy misy rano sady mitadia fitsaharagny. Sady refa tsy mahita, da hoy izy hoe: 'Andeha hipody
agny ame tragno nevisako iao.' 25 Refa tafapody, izy da mahita zany tragno zany voadio sy vôlamigny. 26 Avy eo da lasa izy
sady mangalaky fagnahy hafa ratsy mihôtry e tegnany miisa fito miaraky aminazy izy sady da miditry mba hipetraky ao
izy agnaby. Da ratsy tokôtry noho e vôlohany e fiafaragnany izany olo izany." 27 Sady rô nizaka ireo zavatry ireo Izy, da
nisy viavy raiky nanandratry e feony t'agnatin'e fokon'olo sady nagnano taminazy hoe: "Sambatry e troky izay niteraky
Anao izy ame nono izay ninononoanao." 28 Fa hoy Izy hoe: "Sambatry, tokôtry azaky, ireo izay miteno e
tenin'Andriamanitry sy mitazogny an'izany." 29 Sady rô mbola mitombo gn'olo, da nanomboky nizaka Jesosy hoe: "Ity
taranaky ity da taranaky ratsy. Mitadia famataragny izy, nefa tsy hisy famataragny abôky anazy afa-tsy gne famataran'i
Jona. 30 Fa akô gne nihavian'i Jona ho famataragny tamindreo Ninivita, akô izany avakoa gne da ho famataragny e
Zanak'olo amin'ity taranaky ity. 31 Gne Mpanjaka vavin'e Atsimo da hitsangagny amin'e fitsaragny miaraky amin'ireo lelà
amin'ity taranaky ity da hagnameloky andreo, fa avy ame faran'e tany izy mba hiteno e fahendren'i Solomona, sady
indro, etoa gn'olo zakabe mihôtry an'i Solomona. 32 Gne lehilahin'i Ninive da hiaraky hitsangagny amin'ity taranaky ity
ame fitsaragny sady hagnameloky anazy, satria nibebaky tamin'e nitorian'i Jaona indreo, sady indro, misy olo zakabe
noho Jona etoa. 33 Tsy misy olo raiky, rô nampirehitry jiro, da magnapetraky izay ame toeragny tokagny ndre ao
ambanin'e haro, fa anigny ame fipetrahan'e jiro, mba ho hitan'izay miditry gne hazavagny. 34 Gne masonao e jiron'e
vatagny. Refa tsara e masonao, da rakotry hazavagny gn'aigny agnaby. Fa rô tsy koa e masonao, da feno mizigny gn'ainao.
35 Noho izany, mitandrema anareo mba tsy ho mizigny e hazavagny aminareo. 36 Sady rô feno hazavagny sady e
tegnanareo agnaby, da tsy misy ampahan'izany agnatin'e haizigny, da ho akô gne jiro izay mampamirapiratry gne
hazavagny gn'aminao e tegnanareo manontolo. 37 Refa vita e korogniny, da nisy Fariseo nagnasa hiara-hisakafo aminazy
t'andragnony, da niditry Jesosy da nidoboky. 38 Gaga e Fariseo fa tsy nisasa alohan'e hihinagny Jesosy. 39 Fa hoy e Tompo
taminazy hoe: "Amizao, Anareo Fariseo, da manadio gn'ambak'e tasy izy ame lasety, nefa gn'agnatinareo da feno rombaky
sy faharatsiagny." 40 Anareo ry kidy saigny! Tsy nagnano izay agnatiny avakoa me izay nagnano gn'ambaky? 41 Omeo e
sahiragny izay ao agnatiny, da ho madio ho anareo e raha agnaby. 42 Fa loza ho anareo ry Fariseo, satira mandoha gne
ampahafolon'e solila izy ame rota sady kakazo hafa egny an-tanimbary anareo, nefa tsy norarahinareo gne

fahamarinagny izy ame fitiavan'Andriamanitry. Ilaigny e magnano e marigny sy mitia an'Andriamanitry, e sady tsy
magnadigno e magnano ireo raha hafa avakoa. 43 Loza ho anareo ry Fariseo, fa tianareo e toeragny vôlohany egny ame
synagoga izy ame fiarabagny feno fagnajagny anareo egny an-tsena. 44 Loza ho anareo, fa anardo da akô e kobôry tsy misy
famantragny izay hitsan'olo fa tsy fantatriny izany. 45 Gne raiky tamin'ireo mpampianatry lalàgny nizaka taminazy hoe:
"Mpampianatry o, izany zakainao zany da magnano tsy misy dikany koa." 46 Jesosy nizaka hoe: "Loza ho anareo, ry
mpampiana-dalàgny! Fa mampinday entagny mavesatry tsy zakan'olo anareo, nefa tsy mikasiky izany entagny mavesatry
zany avao ndre da gne rambon-tagnanareo raiky azaky. 47 Loza ho anareo, satria magnambotry kobôry ho an'ireo
mpaminagny anareo, nefa e razambenareo e namono andreo. 48 Da vavolombelogny sady magneky gn'asan'e razanareo
anareo, fa namomo andreo tokôtry indreo sady anareo e magnambôtry gne kobôry. 49 Noho izany avakoa, e
nagnambaran'e fahendren'Andriamanitry hoe: 'Andefa mpaminany sy apostoly amindreo Iao, sady indreo hamono sy
hagnegny e sanany amindreo." 50 Ity taranaky ity, izany, gne ho tomponan'andraikitry ame ràn'ireo mpaminagny agnaby
nilatsaky hatramin'e naharian'izao tontolo izao, 51 nanomboky tame ràn'i Abela da hatrame ràn'i Zakaria, izay novonoigny
t'agnelagnelan'e alitara izy ame fitoeragny masigny. Eka, zakaiko marina aminareo, fa ity taranaky ity gne ho
tompon'antoky. 52 Loza ho anareo ry mpampianatry gne lalàn'e Jiosy, satria nalainareo e fanalahidin'e fahalalagny; tsy
miditry ao e tegnanareo, sady sakananareo ireo izay miditry." 53 Tafaran'e nialan'i Jesosy teo, da nanohitry Anazy e
mpanora-dalànagny izy ame Fariseo sady niady hevitry tamin'e raha maro, 54 sady niezaky gne hamadiky Anazy tamin'e
zakany avao.

Chapter 12

1 Tamin'izany, refa niara-niangogny gne fokonolo an'arivony maro, maro loatry hagny ka nifanitsa-kitro indreo,
voalohany indrindra da nanomboky nizaka tamin'e mpianany Izy hoe: "Tandremo gne masimasin'e Fariseo, izay
fetsarambelatsihy." 2 Fa tsisy takogny izay ty niboky, sady tsisy miafigny izay tsy ho fantatry. 3 Ka ndre ino ndre
nozakaninareo tao ame haizigny da ho re ao ame fahazavagny, sady izay nozakainareo teo ame sofigny tagnatin'e
efitragno da hambara egny ambonin'e tragno. 4 Mizaka aminareo Iao rô namako, ka malia ireo izay mamono gne tegna,
sady afaran'izany da tsisy ndre ino ndre ino azony anigny esanaky. 5 Fa hampitandrigny anareo Iao gne amin'izay
hatahoragny. Maliava gne Raiky izay, refa mamono, da managny gne fahefagny gne hagnary anareo agny ame helo. Eny,
mizaka aminareo iao, maliava an'Azy. 6 Tsy amidy farantsa kidy roy me gne tsintsina dimy? F'izy tsisy raiky amin'iregny
izay adigno eo imason'Andriamanitry. 7 Fa ndre gne volon-dohanareo aza da voaisa agnaby. Ka malia. Fa manan-danja
mihôtry nohon'e tsintsina maro anareo. 8 Hoy Iao aminareo, izay olo agnaby magneky Anà eo agnatrehan'e olo, gne
Zanak'Olo avakoa da hagneky an'azy eo agnatrehan'e anjelin'Andriamanitry, 9 fa izay mandà Anà eo agnatrehan'e olo da
handagnako eo agnatrehan'e anjelin'Andriamanitry. 10 Izay olo agnaby mizaka manohitry gne Zanak'Olo, da ho avela
amin'azy izany, fa izay olo agnaby mizaka ratsy manohitry gne Fanahy Masina kosa, da tsy ho voavela izany. 11 Refa
minday anareo eo agnatrehan'e synagoga, gne mpanampaky, sy gne manam-pahefagny indreo, da ka magna gne
amin'izay ho fomba fizakanareo ho ferovan-tegnanareo, ndre izay ho zakainareo, 12 satria gne Fanahy Masina gne
hampianatry anareo izay tokony ho zakainareo amin'izany lera izany." 13 Avy eo nisy olo raiky avy tao amin'e fokonolo
nizaka tamin'Azy hoe: "Mpampianatry ô, zakano gne rahalako mba hizara gne lova aminà." 14 Jesosy nizaka tamin'azy
hoe: "Ralelà, ia gne nagnano Anà ho mpitsara na mpagnelagnelagny anareo?" 15 Hoy izy tamindreo hoe: "Miembena mba
hihazonanareo gne tegnanareo lavitry gne fagnirian-dratsy agnaby, satria gne fiaignan'olo raiky da tsy miankigny ame
fitobaky gne fanagnany." 16 Avy eo Jesosy nagnano fagnoharagny raiky tamindreo, nagnano hoe: "Namokatry be gne
tondan'e lelà mpanan-karena raiky, 17 sady nagnontany tegna izy, nizaka hoe: "Ino gne ho aniko, fa tsy managny toeragny
hagnopegny gne vokatriko iao?" 18 Hoy izy hoe: "Izao gne aniko. Halavoko gne tragno fipetram-bokatriko da hanangagny
zakabe kokoa iao, sady ao amin'ireo gne hagnangonako gne voako sy gne vokatry hafa. 19 Da hizaka ame fagnahiko iao
hoe: "Fagnahy ô, anao da managny vokatry marobe voahopy ho ame taogny maro. Mipetra tsara, mihinana, mindranoma,
mifalia." 20 Fa Andriamanitry nizaka tamin'azy hoe: "Ralelà mola, androany aligny gne fagnahinao gne halaigny aminao,
ka gne raha izay nomaninao, ho an'ia io?" 21 Izany gn'olo izay manangogny harena ho an'e tegnany sady tsy manan-karena
magnoloagny an'Andriamanitry." 22 Jesosy nizaka tamin'e mpianatriny hoe: "Noho izany da zakaiko aminareo, ka magna
gne ame ainareo _ izay hohaninareo, na gne momban'e tegnanareo _ izay ho sikininareo. 23 Fa gne aigny da mihôtry noho
gne hanigny, sady gne tegna da mihôtry noho gne fisikinagny. 24 Dinio gne goaiky, tsy mamafy iregny na mijinja. tsy
managny fipetram-bokatry iregny na tragno fagnopegny, f'izy omen'Andiamanitry hanigny iregny.Mitovy ame akôgnaia
gne fihoafanareo lanja mihôtry noho gne vorogny! 25 Ia aminareo gne afaky magnampy hakiho raiky gne andro iaignany
ame kirakanigny? 26 Koa raha izany raha kidy indrindra izany aza tsy ainareo anigny, nagnino anareo gne magna gne ame
sisa? 27 Dinio gne lilia _ magnano akôgnaia gne fagniriny. Tsy miasa izy iregny, na mamboly. F'izy zakaiko aminareo, ndre i
Solomona tame voninahiny magnome aza tsy nisikigny akô gne raiky tamin'iregny. 28 Raha tafian'Andriamanitry akô
izany gne hatry egny an-tonda, izay eo androany, sady gne omaray agnaty fatagny, akôgnaia gne hagnafiany anareo
mihôtry lavitry noho izany, anareo ry kidy finoagny ô! 29 Ka mitady izay hohaninareo sy izay ho dranominareo, sady ka
magna. 30 Fa gne firenegny agnaby etoa amin'izao tontolo izao ireo da mitady iregny raha iregny, sady fantatry gne
Rainareo fa mila iregny anareo. 31 Fa tadiavo gne fanjakany, da homegny ho fagnampiny ho anareo iregny. 32 Ka malia, ry
andian'ondry vitsy, satria gne Rainareo da tena faly gne hagnome anareo gne fanjakany. 33 Amidio gne fanagnanareo sady

omeo gne mahantra. Magnamboara fipetram-bola ho an'e tegnanareo izay tsy mety ho tonta _ harena agny an-dagnitry
izay tsy mety lany, izay tsisy mpangalatry magnakaiky, sady tsisy kalalao manimba. 34 Fa agny amin'izay hipetran'e
harenareo, da ho agny avakoa gne fonareo. 35 Aoky gne akanjo lavanareo ho hasikinareo gne valahanareo, sady aoky gne
jironareo hirehitry hatrany, 36 sady magnamboara akô gne olo izay mandigny gne tompony hipody avy agny ame
lanonam-pampakaram-bady, mba refa avy izy ka mandondogny, da ho afaky hagnapoa gne varavaragny ho an'azy avy
hatragny indreo. 37 Sambatry gne mpanompo, izay hitan'e tompony fa niambigny refa avy izay. Zakaniko marigny
aminareo, fa hisikigny gne lamba lavany ame valahany izy, sady hampipetraky andreo eo ame latabatry, ka ho avy izy
sady hanompo andreo. 38 Raha ho avy ame lera faharoy ame aligny gne tompo, ndre ame lera fahatelo azaky, ka mahita
andreo vonogny, da ho sambatry ireo mpanompo ireo. 39 Ho fagnampin'izany da fantaro izao, fa raha fantatry gne
tompon-tragno gne lera hevisan'e mpangalatry, da tsy nagnapetraky gne tragnony ho vakigny izy. 40 Mivonògna avakoa, fa
tsy fantatrinareo gne lera hiavian'e Zanak'Olo." 41 Petera nizaka hoe: "Tompo ô, aminay avao me gne izakananao izany
fagnoragny izany, sa ame olo agnaby avakoa?" 42 Gne Tompo nizaka hoe: "Ia izany gne mpitantagny mahatoky sy hendry
izay ho tondroin'e tompony ho ambonin'e mpanompony hafa mba hagnome andreo gne anjara hanindreo ame fotoagny
mety? 43 Sambatry izany mpanompo izany, izay hitan'e tompony magnano izany refa avy izy. 44 Zakaiko marigny aminareo
fa ho tondroigny hanapaky gne fanagnany agnaby izy. 45 Fa raha mizaka ao am-pony izany mpanompony izany hoe:
"Nahemotry gne tompoko gne fipodianany," ka manomboky mamono gne mpanompo laha sy vavy, sady mihinagny sy
mindrano, ka lasa mamo, 46 gne tompon'izany mpanompo izany da ho avy ame andro tsy ampoizigny, sady ame lera tsy
fantany, sady hanapatapaky an'azy ka hagnomagny toeragny ho an'azy miaraky amin'e tsy mahatoky. 47 Izany mpanompo
izany, nahafantatry gne sitrapon'e tompony, f'izy tsy niomagny na nagnano araky gne sitrapony, da ho vangosigny ame
famangoagny maro. 48 Fa izay tsy nahafantatry sady nagnano izay magneva ahazoagny daboky kosa, da ho vangosigny
ame famangosagny kidy. Fa ireo agnaby izay nomegny be, da ho be kokoa gne ho takiagny amin'azy, sady ireo izay
nagnankinagny be, da ho be lavitry aza gne hangatahigny amin'azy. 49 Avy Iao hanipy afo egny ambonin'e tany, sady
akôgnaia gne fagniriako mba hirehetan'izany sahady. 50 Fa managny fagnamboaram-batisa iao, sady akôgnaia gne
fahoriako mandra-pahatanterakan'izany! 51 Mihevitry me anareo fa avy Iao mba hinday fiadanagny etoa ambonin'e tany?
Tsia, mizaka aminareo iao, fa fampisaragny izany. 52 Manombok'izao da hisy dimy ao ame tragno raiky izay hisaratsaraky
_ olo telo manohitry gne roy,sady gne roy manohitry gne telo. 53 Hisaratsaraky indreo, gn'aba hanohitry gne zanaky laha,
sady gne zanaky laha hanohitry gne aba; i endry hanohitry gne zanaky viavy sady gne zanaky viavy hanohitry gne
endry; gne rafozam-bavy hanohitry gne vinanto vavy, sady gne vinanto vavy hanohitry gne rafozam-bavy." 54 Nizaka
tamin'e fokonolo koa Jesosy hoe: "Refa mahita rahogny miforogny egny andrefagny anareo, da hoy anareo avy hatrany
hoe: "Hisy rikandro ho avy," sady da mibôky izany. 55 Refa misy rivotry mifofo avy agny atsimo, da hoy anareo hoe: "Hisy
hafanagny be ho avy," sady mibôky izany. 56 Ry mpihatsaravelatsihy, hainareo gne mandika gne toetoetrin'e tany izy ame
lagnitry, fa akôgnaia gne tsy ahaizanareo mamantatry izao andro amin'izao fotoagny izao? 57 Nagnino anareo gne tsy
mitsara izay marigny ho an'e tegnanareo? 58 Fa refa mandeha miaraky ame mpifanandrigny aminareo eo agnatrehan'e
mpitsara ambony anareo, egny an-dàlagny da miezaha handamigny gne olo miaraky amin'azy mba tsy handehanany
handosotry anareo eo ame mpitsara, sady mba tsy hagnomezan'e mpitsara anareo agny ame mpamatotry, sady mba tsy
handefasan'e mpamatotry anareo agny am-ponja. 59 Hoy iao aminareo, tsy ho tafazotso ao mihitsy anareo mandra-
pandoavanareo gne vola farany izay madiniky indrindra."

## Chapter 13

1 Tam'izany andro zany, nisy olo sasany tamigneo nizaka taminazy gne momba gne Galiliana da gne ràn-dreo e
nafangaron'i Pilato tame sorogniny manokagny. 2 Namaly Jesosy sady nizaka tamindreo hoe: "Anareo me ko mieritreritry
fa indreo Galiliana aby io da mpanonta Mihoatry noho gne Galiliana hafa aby satria nijaly akoizany? 3 Tsia, Iao mizaka
anareo.Fa raha tsy mivavaka anareo, anareo aby da ho faty akoizany. 4 Ndre gn'olo valo ambin'ny folo ta Siloama e
nilatsahan'e tilikambo da nahafaty andreo, mieritreritry me anareo fa tena mpanota ratsy mihoatry andreo lelà hafa ta
Jerosalema igny? 5 Aha, hoy Iao. Fa anareo da tsy mivavaky, anareo agnaby avakoa da ho faty." 6 Jesosy nagnano izao
fagnoharagny izao hoe: "nisy olo nanagny kakazon'e gnaviavy raiky nambolegny tame tanim-bôlobokiny da avy izy sady
nagnety vôkazo taminazy f'izy tsy nahita ndre ino ndre ino. 7 Igny lelà igny da nizaka tamin'e mpambôtry zaridaigny hoe:
'Indro, avy tetoa iao nandritry gne telo taogny sady niezaky nitadia voa tam'ity kakazon'e gnaviavy ity f'izy tsy nahita
mihintsy. Tapay io. Nagnino io gn'avela manimba gne tany?' 8 Namaly gne mpambôtry zaridaigny da nizaka hoe: 'Avelay
eo eky io am'ity taogny ty mandra-pangadiako nagnodidigny anazy sady hagnasiako zeziky aminazy. 9 Raha mamo izy
ame taogny magnareky, tsara; fa Raha tsy zany, da tapay izy!'" 10 Da i Jesosy nampianatry tame raiky tamin'gne Synagoga
nandritry e Sabata. 11 Igny, nisy viavy raiky izay managny e Fagnahy ratsin'e fahalemegny nandritry e valo ambin'ny folo
taogny teo, sady izy da nivokoky sady tsy navita nitsanga tsara. 12 Nony nahita an'Azy Jesosy, da Magnantso an'Azy da
nizaka hoe: "Raviavy, afaky ame fahalemenao anao." 13 Napetrakiny teo ame tagnany, sady niaraky tamizay da nitraka
igny viavy igny sady nihoby an'Andriamanitry. 14 Saingy gne mpanapaky gne synagoga da vignitry nohon'e
fagnasitragnagny nanin'i Jesosy tame Sabata. noho izany da namaly e mpanapaky sady nizaka tamign'olo hoe: "Misy
enina andro izay tokony iasagny. Mevia da sitràgna, fa kosa tsy ame andro Sabata." 15 Gne Tompo namaly an'azy da nizaka
hoe: "Ry mpiatsaravelatsihy! Tsy samy manataky gne boriky na gn'aombiny ao ame valany anareo ka minday an'izany


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

hindrano ame Sabata? 16 Sady akô izany koa ity zanak'i Abrahama viavy i, izay voafatotr'i Satana nandritry gne valo
ambifolo taogny ity, tsy tokony mba ho vahagny me gne fatotriny ame gn'andro Sabata?" 17 Sady raha nizaka an'izany
raha agnaby izany Izy, da megnatry ireo agnaby izay nanohitry an'Azy, fa gne fokon'olo raiky agnaby da faly noho ireo
raha agnaby malaza namboariny. 18 Da nizaka i Jesosy hoe: "Akôgnaia gne fanjakan'Andriamanitry, sady akôgnaia
gn'afaky agnoharako an'izany?" 19 Izany da akô gne voatsinampy izay nalaigny da nafafin'e lelà raiky teo antokotaniny, da
lasa kakazo akabe raiky, da gne vorogny nagnambôtry gne singingy tame ratsagniny." 20 Mbola nizaka avao Izy hoe: "Ino
gn'afaky hampitoviko gne fanjakan'Andriamanitry? 21 Izany da akô gne masirasira izay nalain'e viavy raiky da
nafangarony tame koba in-telon'e famaragny mandra-piparitakiny ao agnatin'e koba agnaby." 22 Jesosy da nandeha nitety
gne tanàgny izy ame vohitry tsiraidraiky tegny an-dalagny megna Jerosalema sady nampianatry andreo. 23 Nisy raiky
nizaka tamin'Azy hoe: "Tompo, gn'olo ho vonjegny me ka ho vitsy? Da hoy izy tamindreo hoe: 24 "Miadia gne hihiditry gne
varangarapitsa anareo, satria mizaka aminareo Iao, maro gne te hisisiky, fa tsy ho afaky gne hihiditry. 25 Refa igny
nitsangagny gne tompo-tragno sady magnidy gne varangara, da hitsangagny ambadiky do anareo ka handondogny gne
varangara sady hizaka hoe: 'Tompo, Tompo, ampidiro iay.' Hamaly Izy ka hizaka aminareo hoe: 'Tsy lalako anareo na gne
tegnanareo.' 26 Da hizaka anareo hoe: 'Nihinagny da nindrano tagnatrehanao iay, sady Anao efa nampianatry tegny ame
lalambenay.' 27 Fa Izy da hamaly hoe: 'Mizaka aminareo Iao, tsy lalako gne fevianareo. Melà eto Aminà, anareo mpagnano
ratsy!' 28 Hisy fitomagniagny izy ame fihidiham-bazagny refa indro anareo mahita an'i Abrahama, Isaka, Jakoba, izy ame
mpaminany maro ao ame fanjakan'Andriamanitry, f'izy anareo voaroaky agny ambadiky. 29 Indreo da ho avy lata
antsignanagny, andrefagny, avaratry, da atsimo ka hipetraky eo ame latabatrin'e fanjakan'Andriamanitry. 30 Aoky ho
lalanao izao, ireo izay tsy da manan-danja gne ho voalohany, da ireo izay tena manan-danja gne ho farany." 31 Tafara
kidin'izany, nisy Fariseo sasany avy sady nizaka tamin'Azy hoe: "Mandehana elaygn'etoa satria i Heroda da ta-hamono
Anao." 32 Jesosy nizaka hoe: "Mandehana da zakay an'izany amboadia izany hoe: 'Indro, Iao mandrôky demonia sady
magnasitragny androany izy amign'omaray, da ame andro fahatelo ho tratriko gne tanjoko.' 33 Ndre ino ndre ino mibôky,
zava-dehibe Aminà gne manohy androany, omaray, da gn'andro amgnaraky, satria tsy azo ekegna gne famonoagny gne
mpaminany lavitry an'i Jerosalema. 34 Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono gne mpaminany sady mitora-bato ireo
izay nirahigny tagny aminareo. Impiry Iao gne magniry gne handagnogny gne Zanany ambany elatrany, f'izy tsy magniry
an'izany anareo. 35 Indro, nelagny gne tragnonareo. Iao da mizaka aminareo, tsy ho hitanareo Iao mandra-pizakanareo
hoe: "Sambatry izay avy ame gn'agnaran'e Tompo."'

Chapter 14

1 Sady Sabata indraiky, refa negnà ame tragnon'e raiky tamin'e mpitariky gne Fariseo hihinagny mofo Izy da nagnara-
maso an'Azy akeky indreo. 2 Indro, teo alohany nisy lelà raiky izay nampijalin' e edema. 3 Jesosy nagnontany gne manam-
pahaizagny ame lalàn'e Jiosy sy gne Fariseo hoe: "Azo anigny me gne magnasitragny ame andro Sabata, sa tsia?" 4 Fa
indreo da nangigny. Noho izany da nalain'i Jesosy izy, sady nositragniny, da nalefany handeha. 5 Hoy izy tamindreo hoe:
"Ia aminareo izay manan-janaky lelà na aomby tafalatsaky agnaty barika gne avy da tsy hisintogny an'azy ame andro
Sabata?" 6 Indreo da tsy nisy nahavita nagnome valiny an'ireo raha ireo. 7 Refa tsikaritr'i Jesosy gne fomba
fisafidianan'ireo izay nasaigny gne toeram-boninahitry, nagnano fagnoharagny izy, nizaka tamindreo hoe: 8 "Refa asaigny
ame lanonam-panambadiagny anareo, ka mipetraky eo ame toeram-boninahitry, satria mety nisy olo nasaigny mbola
manam-boninahitry noho anareo. 9 Refa avy gne olo izay nagnasa anareo, da hizaka anareo izy hoe: "Omeo an'ity olon-
kafa ity gne toeranao," sady am-pahamegnaragny gne andehananareo hamonjy gne toeragny ambany indrindra. 10 Fa refa
asaigny anareo, mandehana da mipetraha ame toeragny ambany indrindra, amin'izay refa mandalo eo gne nagnasa
anao, da mety hizaka anao hoe: "Namana ô, miakara ame ambonimbony." Sady avy eo da homem-boninahitry anareo eo
agnatrehan'ireo izay olo agnaby miaraky latabatry aminareo. 11 Fa ireo izay manandra-tegna da hahetry, sady izay
manetri-tegna da hasandratry." 12 Jesosy avakoa da nizaka tamin'e lelà nagnasa an'Azy hoe: "Refa magnome hanigny na
fagnasagny anao, da ka magnasa gne namanao ndre gne rahalànao ndre gne mariny anao ndre gne mpanakarena
magnodidigny anao, ame mety hagnasagny anao koa gne ho takalon'izany, sady da ho vovaly anao. 13 Fa refa magnano
fagnasagny anao, asao gne mahantra, gne kilemaigny, gne mandringa, sady gne jamba, 14 da ho sambatry anao, satria tsy
afaky hamaly anao indreo. Fa anao da ho vovaly ame fitsanganan'e marigny." 15 Refa naregny ireo raha ireo gne raiky
tamin'gne niaraky latabatry tamin'i Jesosy, da nizaka tamin'Azy hoe: "Sambatry izay mihinagny gne mofo ao ame
fanjakan'Andriamanitry!" 16 Fa Jesosy nizaka tamin'azy hoe: "Nisy lelà raiky nikarakara hanigny zakabe sady nagnasa olo
maro. 17 Refa vokarakara gne hanigny, da nagniraky gne mpanompony izy hizaka an'ireo izay nasaigny hoe: "Mandrosoa,
fa gne raha agnaby da efa vonogny." 18 Izy agnaby da nitovy saigny sady nanomboky nagnano fialan-tsigny. Gne
voalohany nizaka tamin'azy hoe: "Nividy tanim-boly iao, ka tokony hizotso iao sady agnety an'izany. Miala tsigny iao." 19
Gne raiky hafa nizaka hoe: "Nividy aomby folo iao, sady andeha hamantatry andreo. Miala tsigny iao." 20 Avy eo nisy lelà
raiky hafa nizaka hoe: "Vao avy nampiaka-bady iao, sady noho izany da tsy afaky gne ho avy iao." 21 Da avy gne
mpanompo sady nizaka tame tompony ireo raha ireo. Avy eo gne tompon-tragno vignitry tamin'e mpanompony hoe:
"Mandehana malaky agny amin'ireo lalam-be izy ame sapan-dalagny eto an-tanàgny da indeso aty gne mahantra, gne
mandringa, gne jamba, sady gne kilemaigny." 22 Nizaka gne mpanompony hoe: "Tompo, efa vita izay nobekoninao, fa
mbola misy toeragny mamalaky avao." 23 Hoy ity tompony tamin'e mpanompony hoe: "Mandehana egny amin'e lalam-be

izy ame sisim-boly sady alero indreo ho avy, amin'izay ho feno gne tragnoko. 24 Fa zakaniko aminareo, tsy hisy
hagnandragny gne haniko ireo lelà izay nasaigny." 25 Sady fokonolo maro gne nandeha niaraky tamin'azy, da nitodiky Izy
sady nizaka andreo hoe: 26 "Raha misy aminareo magnatogny Ana sady tsy malaigny an'i abany, an'i endriny, gne vadiny,
gne zanany, gne rahalàny sy gne rahavaviny, sady ndre gne fiaignany aza, da tsy afaky gne ho mpianatriko izy. 27 Ndre ia
ndre ai tsy madanja gne hazofijaliany sady magnaraky Ana da tsy afaky gne ho mpianatriko. 28 Fa ia aminareo, izay
magniry gne hanangagny tilikambo, gne tsy mipetraky aloha sady magnisa gne fandaniagny raha managny izay ilaigny
hamitagny an'azy izy? 29 Raha tsy izany, refa nametraky gne fototry izy nefa tsy havita an'izany avao, da hanomboky
hagnabarabara an'azy gn'olo agnaby izay mahita an'izany, 30 magnano hoe: "Io lelà io gne nanomboky nanangagny f'izy
tsy nahavita avao." 31 Na koa mpanjaka ino, raha handeha hifagnatriky ame mpanjaka hafa ame ady, gne tsy hidoboky
aloha sady hangala hevitry raha miaraky ame lelà raialigny da afaky hiady ame mpanjaka hafa izay avy manohitry
an'azy miaraky ame lelà roialigny? 32 Raha tsy izany, raha mbola lavitry gne tafiky hafa, da mandefa antoky izy sady
mangataky fepetra ho ame fihavanagny. 33 Ka noho izany, ndre ia ndre ia aminareo tsy mahafoy izay raha agnaby
hanagnany da tsy afaky gne ho mpianatriko izy 34 Tsara gne sira, fa raha very gne tsiron'e sira, akognaia gne hampimpody
an'azy hasira indraky? 35 Tsisy ilan'e tany an'azy ndre da gne zezi-tany azaky. Ariagny fotsiny izany. Izay managny tadigny
hidesi-miteno, aoky izy hiteno."

Chapter 15

1 Da gne mpamory hetry marobe sy gne mpanota sasany da nagnatogny an'i Jesosy mba hiteno Anazy. 2
Nifampimenomenogny gne Fariseo sy gne mpanora-dalagny, nizaka hoe: "Io lela io da mandray mpanota, sady miaraky
mihinagny amindreo mihitsy aza." 3 Jesosy nagnao izao fagnoharagny izao tamindreo, nizaka hoe: 4 "Ia aminareo, raha
managny ondry zato izy da aveo very gne raiky amindreo, gne tsy handao e sivy amy sivy folo an-tany efitry, da handeha
hitady gne raiky very mandra-pahitany anazy? 5 Da rehefa hitany izany, da apetrakiny ame sorokiny da mifaly izy. 6
Rehefa tonga andragno izy, da angiany aby gne namany sy gne mpiara-monigny aminazy, mizaka andreo hoe: 'Mifalia
miaraky amina, fa hitako gne ondriko very.' 7 Akô izany koa, mizaka aminareo Iao, fa hisy fifaliagny an-dagnitry nohon'e
mpanota raiky izay mibebaky, mihotry noho gne olo-marina sivy amby sivy folo izay tsy mila mibebaky. 8 Ndre ia e viavy
managny farantsa kidy folo, raha very gne farantsa raiky, gne tsy ampiretry e jiro, hamafa e trano, sady hitady amim-
pahazotoagny mandra-pahitany izany? 9 Rehefa hitany izany, da angiany avakoa gne namany sy gne mpiara-monina
aminazy, da hizaka hoe: 'Mifalia miaraky amina, fa itako gne farantsakidy izay very.' 10 Ako izany koa, Iao magnambara
aminareo, misy fifaliagny eo agnatrehan'e Anjelin'Andriamanitry ame mpanota raiky izay mibebaky." 11 Aveo Jesosy
nizaka hoe: "Nisy lela raiky nanagny zakay roy lahy, 12 da gne faralahy tamindreo nizaka tame rainy hoe: 'Aba o, omeo ana
gne anjara harena izay tokony ho ana.' Da nozarainy tamindreo gne fanagnany. 13 Tsy ela tafaran'izany, gne faralahy
nanangogny e anjarany marobe da nandeha tame firenegny raiky lavitry teo, da tagny izy e nandany fahatany gne
harenany marobe tame fiainany maditra. 14 Da rehefa laniny aby gne maro, da nisy mosary zakabe niboely tame firenena
io, da nanomboky tagnatin'e tsy fahampiagny izy. 15 Nandea izy sady nikarama tame raiky tamin'gne mponina tamin'io
firenena io, izay nandefa azy tagny ame sahany mba hamahagny kisoa. 16 Ta hinagny mafy gne sakafo fihinagny kisoa izy,
satria tsy nisy olo nagnome anazy ndre ino ndre ino. 17 Fa rehefa tonga saigny gne faralahy, da nizaka izy hoe: 'Firy ame
manompon'gne Abako e managny hanigny mihoatry gne sahaza, da ity iao, matin'e mosary! 18 Hilozako etoa da ho ame
Raiko iao, sa iao mizaka aminazy hoe: "Aba ô, efa nanota tame lagnitry iao, sy tamasonao. 19 Tsy mendriky gne angizagny
hoe zanakinao esanaky iao; an'io akô raiky amin'gne mpanomponao iao." 20 Noho izany nandea gne faralahy da
nagnatogny ame abany. Raha mbola lavitry izy, da hitagn'e abany, da tohigny nangoraky, da nihazakazaky, da nifihigniny
sy nagnoroky anazy. 21 Gne Zanany lahy nizaka hoe: 'Aba ô, efa nanota tame lagnitry sy tamasony iao. Tsy mendriky gne
angizagny hoe zanakinao iao.' 22 Gne raiky nizaka tame mpanompony hoe: 'Ento malaky gne akanjo tena tsara, da
ampagnisio anazy, da asio peratry e tagnany, sy kapane tongotriny. 23 Aveo ento gne zanak'aomby matavy da vonoy izany.
Atsika isika hankalaza ame fety! 24 Satria gne zanako lahy da maty, da am'izao velogny indraiky. Very izy, sady am'izao da
hita indraiky.' Aveo da nanomboky nikoragny indreo. 25 Da gne lahomatoany da tan-tonda. Rehefa nagnatogny e tragno
izy, da naregny hira sy dihy. 26 Nangaiky e raiky tame mpanompo izy da nagnotany anazy hoe mety ho ino izany râ izany.
27 Gne mpanompo nizaka taminazy hoe: 'Nody an-dragno e rahalanao da novonoin'i abanao gne zanak'aomby matavy,
satria tonga soa aman-tsara izy.' 28 Vignitry e lahimatoa, da nalay niditry, da nibôky iabany, da niangavy anazy. 29 F'izy
namaly e lahimatoa da nizaka tame rainy hoe: 'Iteo, efa ametaogny maro e nanompo Anao, da mbola tsy nandika gne
lalànao iao, da anao tsy mbola nagnome ndre da zana'osy nahafako nikoragny niaraky tame namako. 30 f'izy rehefa tonga
e zanakao lahy, izay nandany gne fanagnanoa tame mpivaro-tegna, da novoinao ho anazy gne zanak'aomby nafahy.' 31
Hoy iabany taminazy hoe: 'Zanako, anao da miaraky aminà fezay, da gne ra marobe ana da anao. 32 F'izy rariny ho antsika
e nikoragny sy mifaly, satria ity ralahinao da maty, da am'izao da velogny indraiky; very izy, da am'izao da hita indraiky."'

Chapter 16

1 Da hoy koa Jesosy tamin'e mpianany hoe: "Nisy lelà mpanan-karena raiky nanagny mpitantagny, sady notanterigny
tagny amin'azy fa io mpitantagny io gne nandany gne fanagnany agnaby. 2 Koa nampangiagny an'azy gne lelà mpanan-
karena sady nizaka tamin'azy hoe: "Ino izany regniko momba anao izany? Magnomeza tatitry momban'e asa

fitantagnanao, fa anao tsy ho afaky gne ho mpitandri-panagnagny esanaky." 3 Sady gne mpitandri-panagnagny nizaka
tagny agneritreritry hoe: "Ino izany gne tokony aniko, fa mangala ana ame asa tantagniko gne tompoko? Tsy manan-kery
hiasagny tany iao, sady megnatry gne hangataky iao. 4 Fantatriko gne ho aniko, mba refa alaigny ame asa fitantagnako
iao, da hampandroso anà ao andragnon'indreo gn'olo." 5 Avy eo gne mpitan-draharaha nangaiky gne tsiraindraiky tamin'e
mpitrosan'e tompony, sady da nagnontany gne voalohany izy hoe: "Otrino gne anagnan'e tompoko agny aminao? 6 Nizaka
izy hoe: "Menaky oliva zato litatry." Nizaka tamin'azy izy hoe: "Alay gne taratasinao, midoboa malaky, sady dimam-polo
soratagny." 7 Sady avy eo gne mpitantagny nizaka tame raiky hoe: "Otrino gne trosanao?" Nizaka izy hoe: "Vary zato
famarana." Nizaka tamin'azy izy hoe: "Alay gne taratasinao, sady soraty hoe valopolo." 8 Avy eo gne tompo nidera gne
mpitantagny tsy marigny satria niasa t'an-kafetsegny izy. Fa fetsy kokoa gne zanak'izao tontolo izao gne ame
fifagnarahagny amin'izy samy olo noho gne zanaky gne fahazavagny. 9 Mizaka aminareo iao, mitadiava namagny ame
alalan'e vola tsy marigny, amin'izay refa lany izany, da mety ho raisindreo ao ame fonenagny mandrakizay anareo. 10 Izay
mahatoky ame kidy indrindra da mahatoky ame be koa, sady izay tsy marigny ame kidy indrindra da tsy marigny ame be
koa. 11 Raha tsy mahatoky ame fampiasagny vola tsy marigny anareo, ia gne hatoky anareo ame harena marigny? 12 Raha
tsy mahatoky ame fampiasagny gne volan'e hafa anareo, ia gne hagnome vola anareo manokagny? 13 Tsisy mpanompo
afaky manompo tompo roy, fa ndre izy halaigny gne raiky da ho tia gne raiky, na koa izy hanolo-tegna ho an'e raiky da
hagnano tsinontsinogny gne raiky hafa. Tsy afaky manompo an'Andrimanitry izy ame haregny anareo." 14 Sady gne
Fariseo, izay tia vola, refa naregny an'izany raha agnaby izany, da nagnamavo an'Azy indreo. 15 Nizaka tamindreo Izy hoe:
"Anareo da magnamarigny gne tegnanareo eo imason'olo, fa Andriamanitry mahalala gne fonareo. Fa izay hasandratry
eo amin'olo da hankahalaigny eo imason'Andriamanitry. 16 Gne lalàgny izy ame mpaminany da nisy mandra-pevisan'i
Jaona. Efa hatramin'izany fotoagny izany, gn'efa nitoriagny gne filazantsaran'e fanjakan'Andriamanitry, sady gne
tsiraindraiky da niezaky nagnitsy gne lalany ho amin'izany. 17 Fa moramora kokoa gne hahafoagny gne lagnitry izy ame
tany noho gne soratry kidy indrindra ao ame lalàgny ho lasa tsy mantazaky. 18 Izay misaraky ame vadiny ka mampiakatry
viavy hafa da minjangajanga, sady izay mampiakatry viavy izay efa nisara-bady da mijangajanga. 19 Sady nisy mpanan-
karena raiky izay nisikigny voloparasy sy rongony manify sady nankamamy isan'andro gne harem-beny. 20 Nisy
mpangataky raiky angiagny hoe Lazarosy nipetraky teo ame vavahadiny, rakotry fery, 21 sady nagniry mba hihinagny izay
latsaky avy eo ambony latabatr'e lelà mpanan-karena. Fa ndre gne amboa azaky avy sady nilelatry gne bainy. 22 Sady
indro maty gne mpangataky ka nentin'e anjely ho eo agnilan'i Abrahama. Maty avakoa gne mpanan-karena ka nalevigny,
23 sady tao ame fahaverezagny, raha nampijaliagny, da nanandratry gne masony izy sady nahita an'i Abrahama tegny
alavitry sady i Lazarosy teo agnilany. 24 Koa nikiaky mafy izy sady nizaka hoe: "Abrahama Ray, mamindrà fo aminà sady
alefaso Lazarosy, mba hagnatsobohany gne tendron'e rantsan-tagnany ao agnaty rano sady hampangatsetseky gne lelako,
fa atoa agnatin'e fangirifiriagny mafy agnatin'ity afo ity iao." 25 Fa Abrahama nizaka hoe: "Anaky, tadidio fa tame androm-
piainanao da nahazo raha tsara anao, sady gne an'i Lazarosy kosa raha ratsy. Fa amin'izao fotoagny izao izy aty da
voatambitamby, sady anao ao ame fangirifiriagny. 26 Ankoatr'izany raha agnaby izany, da nisy hantsagny zakabe
napetraky, mba tsy ho afaky hempita izay te-hempita avy ety megn'aminareo, sady tsisy afaky hempita avy egny ho egny
ety aminay." 27 Gne lelà mpanan-karena nizaka hoe: "Miangavy anao iao, Abrahama Ray ô, mba hagnirahanao an'azy ho
agny andragnon'i abako _ 28 fa managny rahalà dimy iao _ mba afahany mampitandrigny andreo, nohon'e tahotry gne
hiavisandreo aty amin'ity toeran'e fijaliagny ity avakoa." 29 Fa Abrahama nizaka hoe: "Managny an'i Mosesy sy gne
mpaminany indreo; apetray indreo hiteno andreo." 30 Sady namaly gne lelà mpanan-karena hoe: "tsia, Abrahama Ray ô, fa
raha misy avy ame maty megn'amindreo, da hibebaky indreo." 31 Fa Abrahama kosa nizaka tamin'azy hoe: "Raha tsy
miteno an'i Mosesy sy gne mpaminany indreo, da tsy ho resy lahatry mihitsy ndre misy olo mitsangagny ame maty
azaky."

Chapter 17

1 Jesosy nizaka tamin'e mpianany hoe: "Azo antoky fa hisy raha afaky hanosiky antsika hanota, fa loza ho an'e olo izay
hiavian'izany! 2 Tsara ho an'azy kokoa raha asiagny vato be eo ame vozogny ka atsipy agny an-dranomasigny, akô izay
hahatafintohigny gne raiky amin'e madiniky io. 3 Mitandrema anareo. Raha manota gne rahalahinareo, zakano mafy izy,
sady raha mifona izy, mamela an'azy. 4 Raha manota aminao impito ao agnatin'e andro raiky izy, ka impito mipody
aminao izy, mizaka hoe: "Mifona iao, da tsy maintsy mamela an'azy anao!" 5 Gne apostoly nizaka tame Tompo hoe:
"Ampitomboy gne finoanay." 6 Gne Tompo nizaka hoe: "Raha managny finoagny ohatr'e voatsinampy anareo, da afaky
mizaka amin'io voroihazo io hoe: "Miongota, sady mambolea agny an-dranomasigny, "da hagneky anareo izy. 7 Fa ia
aminareo, gne managny mpanompo miasa tany ndre miandry ondry, ka hizaka amin'azy refa avy lata-tonda izy hoe:
'avia malaky ka midoboa mba hihinagny'? 8 Fa tsy hizaka amin'azy me izy hoe: 'Hikarakarao raha hohaniko iao, da asio
hetry magnodidigny gne akanjonao da manompoa anà mandrapahalanin'e haniko izy ame findranomako. Da avy eo anao
mihinagny sy mindranoma?' 9 Tsy misaotry gne mpanompo izy satria nagnano gne izay nibekoagny an'azy izy, sa
misaotry me izy? 10 Ndre da anareo koa azaky, refa nahavita gne raha izay nandidiagny anareo anareo, da tokony hizaka
hoe: "Iay da mpanompo tsy magneva. Izay tokony naninay avao gne naninay." 11 Sady raha nandeha ho agny Jerosalema
Izy, da nandeha teo ame sisin-tany teo agnelagnelan'e Samaria sy Galilia. 12 Refa niditry tao ame tanàgny raiky izy, da nisy
boka folo lahy nifankahita tamin'Azy etao. Nitsangagny lavitry an'Azy indreo 13 sady nanandratry ambony gne feondreo,

nizaka hoe: "Jesosy, Tompo ô, mamindrà fo aminay." 14 Refa nahita andreo Izy, da nizaka tamindreo hoe: "Mandehana da
aboay amin'e mpisorogny gne tegnanareo." Raha igny lasa igny indreo da nadio. 15 Refa nahita gne raiky tamindreo fa
sitragny izy, da niverigny, niaraky tame feo mafy nankalaza an'Andriamanitry. 16 Nadadilady teo an-tongotr'i Jesosy izy,
nagnome fisaoragny ho an'Azy izy. Izy da Samaritana. 17 Sady Jesosy nizaka hoe: "Tsy efa vôdio me izy folo? Fa aia gne
sivy? 18 Tsy nisy hafa nipody hagnome voninahitry an'Andriamanitry me, afa-tsy ity vahiny ity? 19 Sady hoy Izy tamin'azy:
"Mitsangàna, da mandehana. Gne finoanao gne nahatsitragny anao." 20 Raha nagnontanian'e Fariseo hoe mety hovia gne
fanjakan'Andriamanitry gne ho avy, da namaly andreo Jesosy ka nizaka hoe: "Tsy hita-maso gne fiavian'e
fanjakan'Andriamanitry. 21 Tsy hizaka koa indreo hoe: "Iteo, Inty gn'izy! na hoe: 'Iry gn'izy!' Fa indro, gne
fanjakan'Andriamanitry da ao agnatinareo." 22 Hoy izy tamin'e mpianatry: "Avy gne andro hagnirianareo gne hahita gne
raiky ame andron'e Zanak'Olo, fa tsy hahita izany anareo. 23 Sady indreo da hizaka aminareo hoe: "Iteo, ery! Iteo, ety!" Fa
ka mizotso ndre magnegny andreo, 24 fa akô gne tselatry mamiratry mazava refa mitaratry avy agny ame ilan'e lagnitry
ka hatragny ame ilany raiky, da akô izany koa gne Zanak'Olo ame androny. 25 Fa voalohany da tsy maintsy hijaly ame raha
maro Izy sady ho andagnan'ity taranak'ity. 26 Akô gne raha nibôky tame andron'i Noa, gne hibôky koa ame andron'e
Zanak'Olo. 27 Nihinagny indreo, nindrano, nanambady, nagnomegny ho ampakarigny, mandra-pevisan'e andro izay
nidiran'i Noa tame sambofiara _ sady avy gne Safo-drano ka nandringagny an'azy agnaby. 28 Akô gne raha nibôky tame
andron'i Lota _ nihinagny sady nindrano indreo, nividy sady nivarotry, namboly sady nagnano tragno. 29 Fa tame andro
izay nizotsohan'i Lota avy tao Sodoma, da afo sy solifara gne nilatsaky avy tagny an-dagnitry ka nandringagny an'azy
agnaby. 30 Da akô izany koa gne ame andro hiboan'e Zanak'Olo. 31 Amin'izany andro izany, ka apetraky hidigny hangala
gne entany ho egny ambadik'e tragno izay egny ame tampon-tragno; sady ka apetraky hipody izay agny an-tonda. 32
Tadidio gne vadin'i Lota. 33 Ndre ia ndre ia mitady hamonjy gne ainy hahavery an'azy, fa ndre ia ndre ia hahavery gne
ainy da hamonjy an'azy. 34 Mizaka aminareo iao, fa amin'izany aligny izany da hisy olo roy eo ambonin'e fandriagny raiky.
Gne raiky da horaisigny, sady gne raiky ho apetraky. 35 Sady hisy roy vavy miara-madisa vary. Gne raiky ho raisigny, sady
gne raiky ho apetraky." 36 [Fagnamarihagny: gne fandikagny taloha tsara indrindra da mangala gne andininy faha 36 hoe:
"Hisy roy laha agny an-tonda; gne raiky ho raisigny, sady gne raiky ho apetraky."] 37 Nagnontany an'Azy indreo hoe: "Aia,
Tompo?" sady Izy nizaka tamindreo hoe: "Izay hipetran'e faty, da agny koa gne hisy votoro hiara-miangogny."

Chapter 18

1 Avy eo Izy nizaka fagnoharagny tamindreo gne momba gne tokony hivavahandreo mandrakariva, sady tsy ho kivy, 2
nizaka hoe: "Tao ame tanàgny raiky da nisy mpitsara izay tsy natahotry an'Andriamanitry sady tsy nagnaja olo. 3 Sady
nisy mpitondra-tegna raiky tao amin'io tanàgny io, sady izy negnamin'azy matetiky, nizaka hoe: "Ampio iao mba
hahazoako rariny magnoloagny gne fahavaloko." 4 Fa efa elabe izy gne tsy vonogny gne hagnampy an'azy, fa tafara
kelin'izany da nizaka tame tegnany izy hoe: "Ndre da tsy matahotry an'Andriamanitry azaky iao ndre magnaja olo, 5 koa
satria manahiragny anà ity mpitondra-tegna ity, da hagnampy an'azy iao mba hahazoany rariny, mba tsy havalaky anà
nohon'e fiveziveny lava aty esanaky izy." 6 Avy eo nizaka gne Tompo hoe: "Tenomo izay ambaran'e mpitsara tsy marigny. 7
Sady tsy hinday rariny ho an'izay voafidy mangaiky mafy an'Azy isan'andro isa-kaligny koa me Andriamanitry?
Hangatak'andro lava amindreo me izy? 8 Zakaiko aminareo fa hinday rariny malaky amindreo izy. Akô izany koa refa avy
gne Zanak'Olo, hahita finoagny ety an-tany tokôtry me Izy?" 9 Avy eo koa Izy nizaka izao fagnoharagny izao tame sasany
izay nahatoky gne tegnandreo fa hoe marigny sy izay magnevateva ireo olo hafa: 10 "Nisy roy laha niakatry tao am-
piangonagny mba hivavaky _ gne raiky da Fariseo sady gne raiky hafa da mpamory hetra." 11 Gne Fariseo nitsangagny
sady nivavaky ireto raha momban'e tegnany ireto hoe: "Andriamanitry ô, misaotry Anao iao fa tsy mitovy ame olo hafa _
mpangalatry, olo tsy marigny, mpijangajanga _ ndre da akô ity mpamory hetra ity aza. 12 Mifady hanigny indroy isan-
kerignandro iao. Magnome gne ampahafolon'izay azoko agnaby iao." 13 Fa gne mpamory hetra, nitsangagny tegny lavitry
tegny, tsy nagneky nampihiratry gne masony tegny ame lagnitry mihitsy, fa niteha-tratra, nizaka hoe: "Andriamanitry ô,
mamindrà fo aminà, mpanota." 14 Mizaka aminareo Iao, io lelà io da niverigny nidigny tagny andragnony voamarigny
noho gne raiky, satria izay olo agnaby manandra-tegna da hahetry, fa izay olo agnaby manetri-tegna gne hasandratry." 15
Gne olo koa da ninday gne zanany mbola kidy teo amin'Azy, mba hikasihany andreo, fa refa nahita izany ireo mpianatry,
da nizaka mafy andreo. 16 Fa Jesosy nangaiky andreo hagnatogny an'Azy, nizaka hoe: "Apetray gne zaza hagnatogny Anà,
sady ka raragny indreo. Fa nanigny ho akô andreo gne fanjakan'Andriamanitry. 17 Zakaiko marigny aminareo, ndre ia
ndre ia tsy handray gne fanjakan'Andriamanitry akô gne zaza da tsy hiditry ao amin'izany mihitsy." 18 Sady nisy
mpanapaky raiky nagnontany an'Azy, nagnano hoe: "Mpampianatry ô, ino gne raha tsy maintsy anìko mba handovako
gne fiainagny mandrakizay?" 19 Jesosy nizaka tamin'azy hoe: "Nagnino Iao gne antsovanao hoe tsara? Tsisy olo tsara, afa-
tsy Andriamanitry raiky avao. 20 Fantatrinao ireo didy _ Ka mijangajanga, ka mamono olo, ka mangalatry, ka mitsangagny
vavolombelogny mavandy, magnajà an'i abanao izy amin'i endrinao." 21 Nizaka gne mpanapaky hoe: "Izany raha agnaby
izany da efa nekeko nanombok'iao mbola tanora." 22 Refa naregny an'izany Jesosy, da nizaka tamin'Azy hoe: "Raha raiky
gne tsy ampy aminao. Tsy maintsy mivarotry izay raha agnaby anagnanao anao sady mizara izany ame sahiragny, da
hanagny harena agny an-dagnitry anao _ da avia, magnara Anà." 23 Fa refa naregny ireo raha ireo gne mpanapaky, da
nanjary nalahelo lôtry, fa nanan-karena be izy. 24 Sady Jesosy, nahita an'azy, nanjary nalahelo mafy [Fagnamarihagny:
Ireo manam-pahaizagny da misara-kevitry raha tokony ho ampidirigny etoa gne zaka hoe: [Izy] da nanjary nalahelo

mafy. Ampitoviso gne And 23] sady nizaka hoe: "Magnano akôgnaia gne fahasarotan'e fidiragny ao ame
fanjakan'Andriamanitry ho an'ireo izay mpanan-karena! [25] Fa moramora kokoa ho an'e rameva gne hiditry ame vodim-
panjaitry, nohon'e hidiran'e olo mpanan-karena raiky ao ame fanjakan'Andriamanitry." [26] Ireo izay naregny izany da
nizaka hoe: "Ia izany gn'afaky ho vonjegny?" [27] Jesosy namaly hoe: "Ireo raha izay tsy hain'olombelogny da
hain'Andriamanitry." [28] Petera nizaka hoe; "Indro, niala gne raha agnaby izay any iay sady nagnaraky Anao." [29] Da Jesosy
nizaka tamindreo hoe: "Zakaiko marigny aminareo, fa tsisy olo izay nahafohy tragno, na vady, na rahalà, na ray aman-
dreny, na zanaky, nohon'e fanjakan'Andriamanitry, [30] izay tsy hahazo bebe kokoa amin'ity izao tontolo izao ity, sady ame
andro ho avy, da fiainagny mandrakizay." [31] Refa avy nandagno gne roy ambin'e folo laha teo amin'Azy Izy, da hoy izy
tamindreo hoe: "Indro, miakatry ho agny Jerosalema atsika, ka gne raha agnaby izay voasoratr'e mpaminany mombon'e
Zanak'Olo da ho tanteraky. [32] Fa homegny eo amin'gne Jentilisa Izy, ka hihomehezagny, sy halaigny baraka, sady ho
roràgny. [33] Afaran'e handaboandreo an'Azy, da ho vonoindreo Izy sady ame andro fahatelo da hitsangagny indraiky Izy." [34]
Tsy nahatakatry ndre ino ndre ino tamin'ireo raha ireo indreo, sady nafinigny tamindreo izany zaka izany, sady koa tsy
azondreo gne raha izay voazaka. [35] Sady raha nagnakaiky an'i Jeriko i Jesosy, da nisy lelà jamba raiky nipetraky teo an-
tsisin-dàlagny nangataky, [36] sady raha naregny gne fokonolo nihôtry, da nagnontany izay raha nibôky izy. [37] Nizaka
tamin'azy indreo hoe nihôtry teo Jesosy avy agny Nazareta. [38] Da nangaiky mafy gne lelà jamba, nagnano hoe: "Jesosy,
Zanak'i Davida, mamindrà fo aminà." [39] Fa ireo izay nandeha taloha da nizaka mafy an'e lelà jamba, ka nizaka tamin'azy
mba hisigny. Fa izy vômaiky nangaigaiky mafy hoe: "Ry Zanak'i Davida, mamindrà fo aminà." [40] Jesosy nijanogny sady
nandidy gne mba hidesagny gne lelà ho eo amin'azy. Sady refa teo akeky gne lelà jamba, da nagnontany an'azy Jesosy
hoe: [41] "Ino gne tianao haniko ho anao?" Nizaka izy hoe: "Tompo, te-hahita iao." [42] Jesosy nizaka tamin'azy hoe: "Mahità.
Gne finoanao gne nahasitragny anao." [43] Teo noho eo da nahita izy sady nagnaraky an'Azy, nagnome voninahitry
an'Andriamanitry. Gne olo agnaby, refa nahita an'izany, da nagnome fideragny ho an'Andriamanitry.

Chapter 19

[1] Niditry Jesosy sady nandalo an'i Jeriko. [2] Indro, nisy lelà izay nangiagny hoe Zakaiosy teo. Izy da zakaben'e mpamory
hetra sady nanan-karena. [3] Niezaky gne hahity izy hoe ia Jesosy, f'izy tsy afaky nahita tao agnaty fokonolo, satria botry
izy. [4] Koa nihazakazaky negnalohan'gne olo izy sady nanganiky tame kakazon'aviavy raiky mba hahita an'Azy, satria
handalo amin'izany lalagny izany Jesosy. [5] Refa avy teo ame toeragny teo Jesosy, da niandrandra Izy ka nizaka tamin'azy
hoe: "E Zakaiosy, midigna malaky, fa androany da tsy maintsy hijanogny ao andragnonao Iao." [6] Da nidigny malaky izy
sady nangala an'Azy tam-pifaliagny. [7] Refa nahita izany gn'olo agnaby, da nitoreo agnaby, nizaka hoe: "Niditry hamangy
lelà izay mpanota Izy." [8] Nitsangagny Zakaiosy ka nizaka tame Tompo hoe: "Iteo, Tompo ô, gne atsasaky gne fanagnako da
omeko ho an'e sahiragny, sady raha toa ka nisy raha nagnambakako olo, da honerako inefatry egny." [9] Jesosy nizaka
tamin'azy hoe: "Androany gne famonjegny da avy atoa amin'ity tokantragno ity, satria izy koa da zanak'i Abrahama. [10] Fa
gne Zanak'Olo da avy mba hitady sy hamonjy ireo olo izay very." [11] Raha naregny an'izany raha izany indreo, da nanohy
nizaka Izy sady nagnano fagnoharagny raiky, satria teo akekin'i Jerosalema Izy, sady indreo nieritreritry fa hibôky teo
noho eo gne fanjakan'Andriamanitry. [12] Noho izany Izy da nizaka hoe: "Nisy tandapa raiky nandeha ta-tany lavitry mba
hahazo fanjakagny ho an'e tegnany sady hipody avy eo. [13] Nangaiky folo laha tamin'e mpanompony izy, da nagnome
farantsa folo andreo, sady nizaka tamindreo hoe: "Magnamboara raharam-barotry mandra-pipodianako." [14] F'izy gne
olony tsy nankatia an'azy sady nandefa solontegna nagnaraky an'azy, nizaka hoe: "tsy ilainay gne hanjakan'io lelà io etoa
aminay." [15] Sady refa nipody indraiky izy, avy nangala gne fanjakagny, da nandidy gne mpanompony izay nomegny vola
mba ho eo amin'azy izy, mba hahafatarany izay tombony azondreo tame fagnamboaragny raharam-barotry. [16] Avy teo
agnolohany gne voalohany, nizaka hoe: "Tompo, gne farantsanao da nahazo tombony farantsa folo mihotry." [17] Nizaka
an'azy gne tandapa hoe: "Tsara izany, rô mpanompo tsara. Noho anao nahatoky tame tena kidy kidy, da hanam-
pahefagny ame tanàgny folo anao." [18] Avy gne faharoy, nizaka hoe: "Gne farantsanao, tompo, da nahavita farantsa dimy."
[19] Sady nizaka tamin'azy gne tandapa hoe: "Hiandraikitry tanàgny dimy anao." [20] Avy gne raiky hafa, nizaka hoe: "Tompo,
indro gne farantsanao, izay nakeniko tsara tao agnaty lamba, [21] fa natahotry anao iao, satria lelà maseky anao. Ka
mangala izay tsy napetrakao, sady mijinja izay tsy nafafinao." [22] Nizaka tamin'azy gne tandapa hoe: "Ame zakanao
manokagny gne hitsarako anao, anao rô mpanompo ratsy Fagnahy. Fantatriko fa iao da lelà maseky, mangala izay tsy
napetrako, sady mijinja izay tsy nafafiko. [23] Koa nagnino da tsy napetrakao tagny ame mpitahiry vola gne volako, ka refa
nipody iao da hangala an'izany niaraky tame zanany?" [24] Gne tandapa nizaka tamin'ireo izay tsy nitsangagny teo akeky
teo hoe: "Alay amin'azy gne farantsa, sady omeo an'e managny gne farantsa folo." [25] Sady hoy indreo tamin'azy hoe:
"Tompo, managny farantsa folo izy." [26] Iao mizaka aminareo, fa izay olo agnaby managny da homegny mihôtry, fa izay tsy
managny, ndre da izay anagnany aza da ho alaigny. [27] Fa gne fahavaloko, ireo izay tsy nagniry Anà hanjaka eo amindreo,
ideso aty indreo sady vonoy etoa agnoloako." [28] Refa avy nizaka an'ireo raha ireo izy, da nandeha nialoha, niakatry ho
agny Jerosalema. [29] Sady nony avy teo akekin'i Betifaga sy Betania Izy, teo ame tendrombohitry angiagny hoe Oliva, da
nagniraky gne roy tamin'e mpianany Izy, [30] nizaka hoe: "Mandehana agny ame tanagny magnaraky. Refa miditry anareo,
da hahita zana-boriky raiky mbola tsy nitikinan'olo mihitsy. Tatay izany da indeso Aminà aty. [31] Raha misy magnontany
anareo hoe: "Nagnino da tatanareo io?" da zakano hoe: "Misy ilan'e Tompo an'azy." [32] Ireo izay nirahigny da nandeha sady
nahita gne zana-boriky araky gne nizakanin'i Jesosy tamindreo. [33] Raha teo am-panatagny gne zana-boriky indreo, da hoy

ireo tompony tamindreo hoe: "Nagnino da tatanareo gne zana-boriky?" 34 Nizaka indreo hoe: "Misy ilan'e Tompo an'azy." 35
Nindesindreo tagny amin'i Jesosy izany, sady napetrakindreo teo ambonin'e zana-boriky gne lambany sady nametraky
an'i Jesosy teo amboniny. 36 Raha nandeha igny Izy, da navelatrindreo teo ame lalagny gne lambandreo. 37 Sady refa
nagnakaiky an'e toeragny fidignagny ame Tendrombohitr'Oliva Izy, da nanomboky nifaly gne mpianatriny maro be sady
nidera an'Andriamanitry tame feo mafy nohon'e asa zakabe agnaby izay hitandreo, 38 nizaka hoe: "Deraigny anie gne
mpanjaka izay avy ame agnaran'e Tompo! Fiadanagny agny an-dagnitry sady voninahitry agny ame ambony indrindra!"
39 Gne Fariseo sasany teo ame olo maro da nizaka tamin'Azy hoe: "Mpampianatry ô, zakano mafy ireo mpianatrinao. " 40
Namaly Jesosy ka nagnano hoe: "Zakaiko aminareo, fa raha mangigny ireo, da hizaka gne vato." 41 Refa nagnatogny gne
tanàgny Jesosy, da nitomany tegna, 42 nizaka hoe: "Raha mba fantatrao mantsy amin'izao andro izao, eka anao, ireo raha
izay mitondra fiadanagny ho anao! Nefa amin'izao iregny da mifiny ame masonao. 43 Fa ho avy aminao ireo andro, izay
hananganan'e fahavalonao manda magnodidigny anao, da hagnodidigny anao, sady hadetry anao ame lefogny agnaby. 44
Indreo da hampandavo anao ame tany miaraky ame zanakao. Tsy hametraky ndre da vato raiky mifapitikigny aza
indreo, satria anao tsy nahafantatry izany tamin'Andriamanitry mbola niezaky gne hamonjy anao." 45 Niditry tao am-
piangonagny Jesosy sady nanomboky nandroaky ireo izay nivarotry, 46 nizaka tamindreo hoe: "Efa voasoratry hoe: "Gne
tragniko da nanigny tragno fivavahagny," fa anareo kosa nagnano izany ho toeragny fifinian'e dahalo." 47 Koa da
nampianatry isan'andro tao am-piangonagny Jesosy. Ireo lohan'e mpisorogny sy gne mpanora-dalàgny sady gne
mpitariky gne fokonolo da nitady hamono an'azy, 48 fa tsy nahita fomba hagnamboaragny izany indreo, satria nazoto
niteno an'Azy gne fokonolo agnaby.

Chapter 20

1 Sady indraiky andro, raha nampianatry gn'olo tao ame fiangonagny Jesosy sady nitory gne filazantsara, da nagnantogny
an'Azy gne lohan'e mpisorogny izy ame mpanora-dalàgny niaraky tamin'e loholona. 2 Nizaka tamin'Azy indreo, nagnano
hoe: "Zakano anay hoe ame fahefagny ino gne hagnamboaranao ireo raha ireo? Na koa ia gne nagnome anao izao
fahefagny izao?" 3 Namaly Izy sady nizaka andreo hoe: "Iao koa da hametraky fagnontaniagny aminareo. Zakano Anà gne
mahakasiky 4 gne batisan'i Jaona. Avy agny an-dagnitry me izany sa avy amin'olombelogny?" 5 Niady hevitry indreo,
nizaka hoe: "Raha hamaly atsika hoe: "Avy agny an-dagnitry" da hizaka Izy hoe: "ka nagnino anareo gne tsy nino an'Azy?"
6 Fa raha mizaka atsika hoe: "Avy ame olombelogny," da hitora-bato antsika gn'olo agnaby, satria indreo da resy lahatry fa
Jaona da mpaminany." 7 Noho izany da namaly indreo fa tsy fantatrindreo izay niaviny. 8 Jesosy nizaka tamindreo hoe:
"Iao koa tsy hizaka aminareo izay fahefagny hagnamboarako izao raha agnaby izao." 9 Nozakaniny tame fokonolo izao
fagnoharagny izao: "Nisy lelà raiky nagnano tanim-boaloboky, nampagnofa izany tame mpamboly voaloboky, sady
nandeha tagny ame firenegny hafa nanditra gne fotoagny maharitry. 10 Tame lera voatondro da nandefa mpanompo izy
ho agny amin'ireo mpamboly voaloboky, fa tokony hagnome an'azy gne voankazon'e tanim-boaloboky indreo.
Novangohin'ireo mpamboly anefa izy, sady nalefany nipody tagnam-polo. 11 Avy eo da nandefa mpanompo hafa indraiky
izy sady da novangohindreo avakoa, nalainy baraka, sady nalefandreo tagnam-polo. 12 Mbola nandefa fagnintelony izy da
noratraindreo koa izany, sady norohasiny. 13 Noho izany da nizaka gne tompon'e tanim-boaloboky hoe: "Ino gne ho anìko
sa? Halefako agny gne zanako lahy malalako. Mety mba ho hajaindreo izy." 14 Fa refa tsijon'gne mpamboly voaloboky izy,
da nifampiresaky indreo, nizaka hoe; "Io gne mpandova. Atsika ho vonointsika izy, mba ho lasantsika gne lova." 15
Noroahindreo niala gne tanim-boaloboky izy sady novonoindreo. Ino izany gne ho anin'e tompon'e tanim-boaloboky
amindreo? 16 Ho avy izy sady hamotiky ireo mpamboly voaloboky, da hagnome gne tanim-boaloboky ho an'e hafa." Refa
naregny izany indreo da nizaka hoe: "Sagnatria amin'Andriamanitry!" 17 Fa nagnety andreo Jesosy, nizaka hoe: "Ino gne
hevitr'e voasoratry hoe: "Gne vato izay nandagnan'e mpagnambotry tragno gne lasa vato fehizoro? 18 Gne tsiraindraiky
izay lavo eo amin'io vato io da ho torotoro. Fa ndre ia ndre ia ho lavo, da ho potiky." 19 Koa nitady hanambotry an'azy
amin'io lera io ireo mpanora-dalàgny sy gne mpisorogny, fa fantatrindreo fa nozakaigny io fagnoharagny io hanohitry
andreo. F'izy natahotry gne fokonolo indreo. 20 Teo am-pandinihagny an'Azy tsara, da nandefa mpitsikilo mody ho
marigny indreo, mba afahandreo mahita tsigny ame raha zakainy, ka hagnome an'Azy eo ame fanapahagny izy ame
fahefan'e governora. 21 Nagnontany an'Azy indreo, nizaka hoe: "Mpampianatry ô, fantatray Anao fa mizaka sy
mampianatry am-pahamarinagny, sady tsy resy lahatry gne hevitrin'ia ndre ia, fa anao da mampianatry gne
fahamarinagny momban'e lalan'Andriamanitry. 22 Ara-dalàgny ho anay me gne magnefa hetra amin'i Kaisara, sa tsia?" 23
Fa Jesosy da nahatakatry gne hafetsendreo, sady nizaka tamindreo hoe: 24 "Magnamboha denaria raiky Aminà. An'ia io
sary sy agnaragny eo amin'azy io?" Nizaka indreo hoe: "An'i Kaisara." 25 Hoy Izy tamindreo hoe: "Noho izany omeo an'i
Kaisara gne raha izay an'i Kaisara, sady an'Andriamanitry, ireo raha izay an'Andriamanitry." 26 Tsy nahita tsigny
tamin'izay nizakainy teo agnatrehan'e fokonolo indreo, fa da angoagny tame valin'e raha nozakainy ka nisigny. 27 Refa avy
teo amin'Azy gne sasany tamin'ireo Sadoseo, ireo izay nizaka fa, tsisy gne fitsanganagny ame maty, 28 nagnontany an'Azy
indreo hoe: "Mpampianatry ô, Mosesy da nanoratry ho antsika fa raha maty gne rahalan'e lelà raiky, manam-bady, sady
tsy manan-janaky, da tokony hangala vady an'e vadin-drahalany gne lelà, sady hagnome zanaky ho an'e rahalany. 29 Nisy
mpirahala fito da gne voalohany nanambady, sady maty tsy nanan-janaky, 30 da akô izany koa gne faharoy. 31 Nampakatry
an'azy gne fahatelo, da akô izany avakoa izy fito samy tsy nanan-janaky, sady maty. 32 Tafaran'izany da maty koa gne
viavy. 33 Ame fitsanganagny ame maty, ho vadin'ia izany izy? Fa samy efa nanambady an'azy aby izy fito." 34 Jesosy nizaka

tamindreo hoe: "Ireo zanak'izao tontolo izao da mampaka-bady sady ampakarigny. 35 Fa ireo izay hita amin'izao andro
izao fa magneva gne hangala gne fitsanganagny ame maty da tsy fampaka-bady na hampiakarigny. 36 Tsy ho faty esanaky
indreo, satria mitovy amin'e anjely sy gne zanak'Andriamanitry, izay zanaky gne fitsanganagny ame maty. 37 Fa gne maty
da natsangagny, ndre i Mosesy azaky da magnabôky, teo amin'e toeragny izay nisy gne voaroy, izay nangiany gne Tompo
ho Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka da Andriamanitr'i Jakoba. 38 Sady Izy da tsy Andriamanitry gne maty,
fa an' e velogny, satria gn'olo agnaby da velogny ao amin'Azy." 39 Gne sasany tamin'e mpanora-dalàgny namaly hoe:
"Mpampianatry ô, namaly tsara Anao." 40 Satria tsy nasà nametraky fagnontaniagny hafa tamin'Azy esanaky indreo. 41
Jesosy nizaka andreo hoe: "Akôgnaià gne izakandreo fa kristy da zanaky lahin'i Davida? 42 Fa Davida tegnany gne nizaka
tame bokin'i Salamo hoe: "Gne Tompo nizaka tame Tompoko hoe: "midoboa eo an-tagnakavanako, 43 mandra-
pagnamboarako gne fahavalonao ho fagniseko tongotry." 44 Noho izany Davida da nangaiky an'i Kristy hoe: "Tompo, da
akôgnaià gne mahazanak'i Davida an'Azy?" 45 Teo agnatrehan'e olo agnaby da nizaka tamin'gne mpianatriny Izy hoe: 46
"Mitandrema ame mpanora-dalàgny, izay magniry handeha miaraky ame akanjo lava, izy ame seza voalohany ao agnaty
synagoga, sady ame toeragny voalohany agny ame fasagny. 47 Indreo koa da mandany gne tragnon'e mpitondra-tegna,
sady magnano vavaky lavaregny ho fisehosehoagny. Gne lelà akô izany da hahazo fagnamelohagny zakabe kokoa."

Chapter 21

1 Jesosy nanipy maso ka nahita gne lelà manan-karena izay nandrotsaky gne fagnatitrindreo tao ame fandatsahan-
drakitry. 2 Nahita mpitondra-tegna mahantra raiky nandrotsaky farantsa roy tao Izy. 3 Ka hoy Izy hoe: "Zakaniko marigny
aminareo, ity mpitondra-tegna mahantra ity da nandrotsaky marobe noho izy agnaby. 4 Io raha agnaby io da nagnome
fagnatitry araky gne hazakaben'e hareny. Fa ity mpitondra-tegna ity, tame fahantrany, da nandrotsaky gne fivelomany
agnaby." 5 Raha nisy maro niresaky momba gne fiangonagny, fa voaravaky vato tsara tarehy sy fagnatitry izany, da hoy
Izy hoe: 6 "Fa amin'e raha hitanareo io, mbola ho avy gne andro izay tsy hisy ndre vato raiky azaky hijanogny ame hafa ka
tsy ho ravaigny." 7 Koa nagnontany an'Azy indreo, nagnano hoe: "mpampianatry ô, mety hovia io raha io gne hibôky? Ino
gne famantaragny refa hibôky io raha io? 8 Jesosy namaly hoe: 'Mitandrema mba tsy ho voafitaky anareo. Fa maro gne ho
avy ame agnarako, hagnano hoe: "Iao gne izy," sady, "Efa mariny gne fotoagny." Ka magnaraky andreo. 9 Refa maregny
ady sy fikomiana anareo, da ka mihorohoro, fa io raha io da tsy maintsy hibôky aloha, fa gne farany da tsy hibôky eo
noho eo." 10 Sady hoy Izy tamindreo hoe: "Gne firenegny da hitsangagny hanohitry firenegny, sady gne fanjakagny
hanohitry fanjakagny. 11 Hisy horohoron-tany zakabe, sady mosary sy areti-mandringagny agny ame toeragny samifaha.
Hisy tranga mampatahotry sady famantaragny zakabe avy agny an-dagnitry. 12 Fa mialohan'e raha agnaby io, da
hisambotry anareo indreo sady hagnenjiky anareo, hagnome anareo ao ame synagoga izy ame figadragny, hinday anareo
eo hagnatrehan'e mpanjaka sy gne mpanapaky nohon'e agnarako. 13 Izany da hagnome fahafahagny ho ame fijoroanareo
vavolombelogny. 14 Noho izany da manapaha hevitry ao am-ponareo mba tsy hagnomagny gne fiarovanareo mialohan'e
fotoagny, 15 fa Iao hagnome zaka sy fahendregny anareo, izay tsy afaky toherigny sy andagnan'e mpanohitry anareo. 16 Fa
anareo koa da homen'i abany amin'i endriny, gne rahala, gne havagny sy gne namagny, sady indreo da hamono ho faty
gne sasany aminareo. 17 Ho halan'e tsiraindraiky noho gne agnarako anareo. 18 Fa tsy hisy ho very ndre da singam'bolo
raiky eo ame lohanareo azaky. 19 Ame faharetanareo gne hamonjenareo gne fagnahinareo. 20 Refa hitanareo voadidigny
gne miaramila i Jerosalema, da fantaro fa efa mariny gne faharavagny. 21 Da apetray gne izay agny Jodia handositry agny
an-tendrombohitry, sady apetray gne izay agny ategnategnan'e tanàgny hiala, sady ka apetraky hiditry ao gne izay agny
ambanivolo. 22 Fa io gne andron'e valifaty, mba ho tanteraky io raha agnaby efa voasoratry io. 23 Loza ho an'izay bevoky sy
ho an'e mampinono amin'izany andro izany! Fa hisy fahoriagny zakabe eo ame tany, sady havigniragny amin'io fokonolo
io. 24 Ho lavon'e sabatry indreo sady ho entigny ho babo agny ame firenegny agnaby, sady Jerosalema da ho
voahosihosin'e Jentilisa, mandrapa-tanteraky gne andron'e Jentilisa. 25 Hisy famantaragny egny ame masoandro, egny
ame volagny, sy egny ame kintagny, sady etoa ambonin'e tany. Ho tra-pahoriagny gne firenegny, hitaintaigny nohon'e
feon-dranomasigny sy gne onjany. 26 Hisy lelà ho toragnin'e tahotry izy ame fendrasagny io raha izay ho avy etoa
ambonin'e tany io. Fa ho voahozongozogny gne herin'e lagnitry. 27 Avy eo da ho hitandreo gne Zanak'Olo avy egny ame
rahogny miaraky ame hery sy voninahitry zakabe. 28 Refa manomboky mibôky io raha io, da mintsangàna sady
hasandrato gne lohanareo, satria efa mariny gne fagnafahagny anareo." 29 Nagnano fagnoharagny tamindreo Jesosy hoe:
"Iteo gne kakazon'aviavy, sy gne kakazo agnaby. 30 Refa mamela io, da ho hitanareo manokagny fa efa mariny gne
lohataogny. 31 Akô izany avakoa, refa hitanareo mibôky io raha io, da fantatrinareo fa efa mariny gne
fanjakan'Andriamanitry. 32 Zakaniko aminareo, marigny tokôtry, ity taranaky ity da tsy ho faty mandrampibohan'io raha
io. 33 Gne lagnitry izy ame tany da ho levogny, fa gne zakako da tsy ho levogny mandrakizay. 34 Fa mitandrema ame
tegnanareo, mba tsy ho vesarin'e vokatry gne findranomagny izy ame fahamamoagny gne fonareo, sy gne ahiahin'e
fiainagny, ka avy eo da hihidy tampoky aminareo akô gne fandriky izany andro izany. 35 Fa izany da ho avy ame
tsiraindraiky izay miaigny magneran-tany. 36 Fa ame fotoagny agnaby mba mailo, mivava mba ho ampy hery anareo
hilefa ireo raha agnaby izay hibôky, sady hitsangagny agnoloan'e Zanak'Olo." 37 koa nandritra gn'andro da nampianatry
tame fiangonagny Izy, sady gn'aligny da nandeha nijotso Izy sady nipetraky tame tendrombohitr'Oliva. 38 Gne fonkonolo
agnaby da avy mazava ratsy agnaby mba hiteno an'Azy tame fiangonagny.

Chapter 22

1 Sady efa mariny gne Fifalifaliagny ame Mofo tsisy masimasy, izay angiagny hoe Paska. 2 Niady hevitry gne lohan'e
mpisorogny sy gne mpanora-dalàgny gne ame fomba afahandreo mamono an'i Jesosy, satria natahotry gn'olo indreo. 3
Avy eo Satana niditry tamin'i Jodasy Iskariota, izay raiky tamin'e roy ambin'e folo. 4 Jodasy nandeha nankegny amin'gne
lohan'e mpisorogny sy gne kapiteny sady niady hevitry tamindreo gne ame fomba hamadihagny an'i Jesosy eo amindreo.
5 Faly indreo, sady magneky gne hagnome vola an'azy. 6 Nagneky izy, sady nitady hevitry mba hagnomezany an'Azy eo
amindreo lavitry gne fokonolo. 7 Avy gne andron'e mofo tsisy masimasy, izay tsy maintsy hagnamboaragny sorogny gne
zanak'ondrin'e Paska. 8 Jesosy nagniraky an'i Petera sy Jaona, nagnano hoe: "Mandehana sady homagno ho antsika gne
hanignin'e Paska, mba afahantsika mihinagny an'izany." 9 Indreo nagnontany an'Azy hoe: "Aia gne tianao
hagnamboaragny gne fagnomanagny?" 10 Namaly andreo Izy hoe: "Tenomo, refa miditry gne tanàgny anareo, da hisy lelà
raiky minday sinin-drano hifanepaky aminareo. Magnaraha an'azy agny amin'izay tragno idirany. 11 Da zakano gne
tompon-tragno hoe: "Gne Mpampianatry mizaka aminao hoe: "Aia gne efi-tragno fandraisam-bahiny, izay hinanako gne
hanignin'e Paska miaraky amin'e mpianatriko?" 12 Izy hagnabôky anareo efitragno ambony rihagny zakabe misy fanaky.
Amboaro ao gne fagnomanagny." 13 Ka da nandeha indreo, sady nahita gne raha agnaby araky izay nozakainy tamindreo.
Sady nagnomagny gne hanignin'e Paska indreo. 14 Refa avy gne fotoagny, da nipetraky niaraky tamindreo apostoly Izy. 15
Da nizaka tamindreo Izy hoe: "Nagniry mafy gne hihinagny ity Paska ity miaraky aminareo Iao mialohan'e fijaliako. 16 Fa
zakaiko aminareo, tsy hihinagny ity esanaky iao, mandra-pahatanterak'izany agny ame fanjakan'Andriamanitry." 17 Da
nandray kapoaky i Jesosy, sady refa nisaotry Izy, da nagnano hoe: "Alay ity, sady zaray aminareo. 18 Fa zakaiko aminareo,
tsy hindrano gne vokatry gne voaloboky esanaky Iao, mandra-pevisan'e fanjakan'Andriamanitry." 19 Da nangala gne mofo
Izy, da refa nisaotry, da notapahiny izany, sady nomegny andreo, ka nizaka hoe: "Ity gne vatako izay omegny ho anareo.
Amboaro izao ho fahatsiarovagny Anà." 20 Nalainy akô izany koa gne kapoaky refa vita gne hanigny, da hoy izy hoe: "Ity
kapoaky ity da gne fagnekegny vaovao ame ràko, izay nalatsaky ho anareo. 21 Fa mitandrema. Gne raiky izay hamadiky
Anà da miaraky Aminà etoa ame latabatry etoa. 22 Fa gne Zanak'Olo da mandeha tokôtry araky izay voatondro. Fa loza ho
an'izany lelà izay hamadiky an'Azy izany!" 23 Nanomboky nifapagnontany indreo gne ame raiky amindreo izay mety
hagnano izany. 24 Da nisy fifandiragny nibôky koa t'amindreo momba izay heverigny ho zakabe indrindra amindreo. 25
Nizaka tamindreo Izy hoe: "Gne mpanjakan'e Jentilisa da tompondreo, sady ireo izay managny fahefagny amindreo da
anigny ho akô ireo izay magnano tsara ho an'e fokonolo. 26 Fa tsy akô izany mihitsy gne aminareo. Mifanohitry amin'izany,
apetray izay zakabe indrindra aminareo ho lasa akô gne kidy indrindra, sady aoky izay manan-danja indrindra ho lasa
akô izay manompo. 27 Fa ia gne zakabe kokoa, izay mipetraky ame latabatry, sa izay manompo? Tsy izay mipetraky eo
ame latabatry me? F'izy Iao etoa aminareo etoa akô gne raiky izay manompo. 28 Fa anareo gne olo izay nanohy niaraky
taminà tao ame fakam-pagnahy niantra taminà. 29 Omeko fanjakagny anareo, akô gne Raiko koa izay nagnome
fanjakagny ho Anà, 30 mba ho afaky hihinagny sy hindrano eo ambonin'e latabatriko agny ame fanjakako anareo, sady
hipetraky eo ame seza fiandrianagny hitsara gne fokon'e Israely roy ambin'e folo anareo. 31 Simona, Simona, mitandrema
anao, mitady gne hahazo anareo gne Satana, mba afahany manivagny anareo akô gne vary. 32 Fa nivavaky ho anao Iao,
mba tsy ho faty gne finoanao. Afaran'e hipodiananao indraiky, da ampaherezo gne rahalanao." 33 Petera nizaka tamin'Azy
hoe: "Tompo, vonogny hiaraky Aminao iao ndre agny am-ponja ndre ho agny ame fahafatesagny." 34 Jesosy namaly hoe:
"Zakaiko aminao, Petera ô, tsy mbola hagneno gne akoho amin'izay andro izay, mialohan'e handagnanao Ana intelo hoe
mahafantatry Ana anao." 35 Da nizaka tamindreo Jesosy hoe: "Refa nandefa anareo tsy niaraky tame fipetram-bola,
kitapom-batsy, na kiraro Iao, nisy raha tsy ampy anareo me?" Namaly indreo hoe: "Tsy nisy." 36 Da nizaka tamindreo izy
hoe: "Fa izao, izay managny fipetram-bola, apetray izy hangala izany, ndre gne kitapom-batsy avakoa. Izay tsy managny
sabatry da tokony hivarotry gne lambany sady hividy raiky. 37 Fa Iao gne mizaka aminareo, izay voasoratry momba Ana
da tsy maintsy tanteraky: "Izy da nalaigny akô gne raiky amin'e tsy magnara-dalàgny." Fa izay nizakaigny mialoha
momba Ana da efa ho tanteraky." 38 Da nizaka indreo hoe: "Tompo, iteo! Itoa misy sabatry roy." Izy nizaka tamindreo hoe:
"Ampy izay." 39 Tafaran'e hanigny, da nandeha Jesosy, akô gne faniny matetiky, tagny an-tendrombohitr'Oliva, sady
nagnaraky an'Azy gne mpianatry. 40 Refa avy indreo, da hoy Izy tamindreo se: "Mivava mba tsy hidiranareo ame fakam-
pagnahy." 41 Niala teo amindreo teo ho eo ame mitora-bato indraiky Izy, da nandohaliky Izy sady nivavaky, 42 nagnano
hoe: "Ray ô, raha tianao iao, da alay aminà ity kapoaky ity. Ndre izany azaky tsy gne tiako, fa gne Anao gne ho
tanteraigny." 43 Da nisy anjely avy agny an-dagnitry nibôky tamin'Azy, nampahery an'Azy. 44 Tao agnatin'e fangirifiriagny,
nivavaky tan-kafanam-po mafy kokoa Izy, sady gne hatsembohany da lasa akô gne rà nitete tame tany. 45 Sady refa
nitsangagny avy nivavaky Izy, da nandeha ame mpianatry, sady nahita andreo natory nohon'e alahelondreo, 46 ka
nagnontany andreo hoe: "Nagnino da matory anareo sa? Mintsangàna sady mivava, mba tsy hidiranareo ame fakan-
pagnahy." 47 Raha mboa nizaka Izy, indro, nisy fokonolo nibôky, niaraky tamin'i Jodasy, raiky amin'e roy ambin'e folo laha,
nitariky andreo. Nagnakaiky an'i Jesosy izy mba hagnoroky an'Azy, 48 fa Jesosy nizaka tamin'azy hoe: "Jodasy, mamadiky
gne Zanak'Olo ame alalan'e oroky me anao?" 49 Refa nahita gne raha niboky izay gne nagnodidigny an'i Jesosy, da nizaka
indreo hoe: "Tompo, tsy tokony hamango ame sabatry me iay? 50 Avy eo gne raiky tamindreo namango gne mpanompon'e
mpisorognibe, sady nanapaky gne sofiny havanagny. 51 Jesosy nizaka hoe: "Ampy izay!" Notanany gne sofiny, sady
nositragniny izy. 52 Jesosy nizaka tame lohan'e mpisorogny, tamin'gne kapitenin'e fiangonagny, sady tamin'gne loholona
izay avy hanohitry an'Azy hoe: "Avy akô gne hanambotry mpangalatry me anareo, miaraky ame sabatry sy langilangy
aby? 53 Taminà niaraky taminareo isan'andro tao am-piangonagny, tsy nisambotry Ana anareo. Fa izao gne leranareo, izy

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

ame fahefan'e haizigny." 54 Teo am-pisamboragny an'Azy, da notaritindreo Izy, sady nentindreo tagny andragnon'e
mpisorignibe. Fa Petera nagnaraky lavidavitry tegny. 55 Refa avy nampiretry afo teo an-tegnategnan'e tokontany sady
niara-nidoboky indreo, da nidoboky teo an-tegnategnandreo i Petera. 56 Nisy mpanompo vavy raiky nahita an'azy raha
nidoboky teo ame fahazavan'e afo izy, sady nagnety mahitsy an'azy da nizaka hoe: "Ity lelà ity koa niaraky tamin'Azy." 57
Fa nandà anizany Petera, nizaka hoe: "E raviavy, tsy fantako Izy." 58 Afaky kidikidy da nisy olo hafa nahita an'azy, sady
nizaka hoe: "Anao koa raiky amindreo." Fa Petera nizaka hoe: "E ralelà, tsy izy iao." 59 Refa afaky adiny raiky teo ho eo da
nisy lelà hafa nagnizingizigny sy nizaka hoe: "Marigny fa niaraky tamin'Azy koa ity lelà ity, fa izy da Galiliana." 60 Fa
Petera nizaka hoe: "E ralelà tsy fantako izay zakainao." Teo noho eo, raha mbola nizaka izy, da nisy akoho nagneno. 61
Niheriky, gne Tompo nagnety an'i Petera, sady Petera nahatadidy gne zakan'e Tompo, tame nizakanagny tamin'azy hoe:
"Alohan'e hagnenoan'e akoho androany da handa Ana intelo anao." 62 Nizotso tagny ambadiky i Petera sady nitomagny
mafy. 63 Sady ghe lelà niambigny an'i Jesosy da nagnabarabara sady namango an'Azy. 64 Nasiandreo sarogny Izy sady
nagnontany an'Azy indreo hoe: "Maminania! Ia gne olo izay mamango Anao?" 65 Nizaka raha hafa maro hanohitry an'i
Jesosy indreo, nizaka ratsy an'Azy. 66 Raha vao nazava gne andro, da niara-niangogny gne loholona, gne lohan'e
mpisorogny izy ame mpanora-dalàgny. Nentindreo tagny ame Synedriona Izy 67 sady nizaka hoe: "Raha Anao gne Kristy,
da zakano aminay." Fa Izy nizaka tamindreo hoe: "Raha ho zakaiko aminareo, da tsy hino anareo", 68 sady raha
hagnontany anareo Iao, da tsy hamaly anareo. 69 Fa manomboky izao, gne Zanak'Olo da hipetraky eo an-tagna akavanan'e
herin'Andriamanitry." 70 Izy agnaby nizaka hoe: "Da Zanak'Andriamanitry izany Anao?" Jesosy nizaka tamindreo hoe:
"Voazakanareo fa Iao no Izy." 71 Indreo nizaka hoe: "Nagnino da mbola mitady vavolombelogny itsika? Fa itsika mihitsy
gne naregny avy tame vavany."

Chapter 23

1 Nitsangagny agnaby gn'olo teo, da ninday an'i Jesosy tamin'i Pilato. 2 Nanomboky nagnibitry an'Azy indreo, da nizaka
hoe: "Hitanay ity lelà ity nametaveta e firenenay, nandrara gne hagnomezagny hetra ho an'i Kaisara, sady nizaka fa Izy
tegnany mihitsy i Kristy, mpanjaka." 3 Da nagnontany an'Azy i Pilato hoe: "Anao me e mpanjakan'e Jiosy?" Da namaly
Jesosy hoe: "Vôzakanao." 4 Da nizaka tame lohan'e mpisorogny izy ame fokonolo i Pilato hoe: 5 "Tsy mahita fahadisoagny
amin'ity lelà ity iao." Fa mbola nidridriky avao indreo nagnano hoe: "Magnakorontagny fokonolo io, mampianatry
magneragny an'i Jodia agnaby, manomboky e Galilia da hatrety amin'ity toeragny ity." 6 Refa regnin'i Pilato izany, da
nagnontany izy raha Galiliana io lelà io. 7 Refa hitany fa t'ambany fahefan'i Heroda Izy, da nalefany tamin'i Heroda tagny i
Jesosy, i Heroda izay tagny Jerosalema avakoa tamin'izany andro izany. 8 Rehefa hitan'i Heroda Jesosy da tena ravoravo
izy, satria efa elabe izy te-ahita an'Azy. Naharegny gne momba an'Azy sady nagnantegna hahita fahagagagny maro
naniny. 9 Maro e fagnontaniagny napetrak'i Heroda tamin'i Jesosy, f'izy i Jesosy tsy namaly ndre ino ndre ino an'azy. 10
Nitsangagny e lohan'e mpisorogny izy ame mpanora-dalàgny, nagnibitry mafy an'Azy. 11 Heroda izy ame miaramilany
nanevateva an'i Jesosy sady nagnesoeso an'Azy. Avy teo da nampitafindreo lamba tsara tarehy Izy da napodindreo tamin'i
Pilato. 12 Fa i Heroda Izy am'i Pilato da lasa mpinamagny tamin'io andro io (talohan'io indreo da mpifahavalo). 13 Aveo i
Pilato da nangaiky e lohan'e mpisorigny izy ame mpanapaky sady gne fokonolo maro niaraky, 14 sady nizaka tamindreo
hoe: "nidesinareo taminà ity lelà ity akô gne lelà izay mitariky gn'olo hagnano ratsy, sady iteo, iao, raha nametra-
pagnotaniagny tamin'Azy tagnatrehanareo, da tsy mahita fahadisoagny amin'ity lelà ity mahakasiky gne raha izay
hagnobiranareo an'Azy. 15 Tsia, ndre da Heroda azaky, satria nalefany nipody taty amintsika Izy, sady iteo, tsisy ndre ino
ndre ino izay magneva fahafatesagny vitany. 16 Noho izany da ho vignirako Izy, sady ho havosotriko izy." 17
[Fagnamarihagny: Gne fandikagny tsara indrindra da tsy magnisy gne andininy faha 17 hoe: Sady Pilato da voatery
namosotry gadra raiky ho an'e Jiosy tamin'e andro firavoravoagny.] 18 Fa niara-nitireo mafy indreo, nagnano hoe: "Indeso
agny io lelà io, sady avotsory ho anay i Barabasy!" 19 Barabasy da lelà raiky izay naiditry am-ponja nohon'e fikomiagny
maro t'an-tanàgny izy ame famonoagn'olo. 20 Sady nizaka tamindreo indraiky i Pilato, nagniry gne hamosotry an'i Jesosy. 21
F'izy naresaky mafy indreo, nizaka hoe: "Fatsio Izy e, fatsio Izy e." 22 Nizaka tamindreo fagnitelony izy hoe: "nagnino, fa
ino gne ratsy vitan'ity lelà ity? tsy nahita ndre ino ndre ino izay magneva sazy famonoagny tamin'Azy iao. Noho izany
refa avy magnafay an'Azy, da hamotsotry an'Azy iao." 23 Fa indreo nagnizingizigny tamin'e feo mafy, nangataky an'Azy
mba hofatsiagny. Gne feondreo da nandresy lahatry an'i Pilato. 24 Ka da nanapa-kevitry gne hagneky gne fangatahandreo i
Pilato. 25 Navotsotriny gne raiky nangatahindreo izay nalefa tagny am-ponja nohon'e fikomiagny sy famonoagn'olo. Fa
nomeny ho ame sitrapondreo i Jesosy. 26 Sady t'am-pidesagny an'Azy indreo, da nizaka an'i Simona avy agny Syrenia, izay
avy agny ambanivolo, sady napetrikindreo tamin'Azy gne hazofijaliagny mba hidesiny, nagnaraky an'i Jesosy. 27 Maro
tamin'e fokonolo, izy amin'e viavy izay nalahelo mafy sy nisaogny an'Azy, gne nagnaraky an'Azy. 28 Fa refa nitodiky tagny
amindreo i Jesosy, da nizaka hoe: "Ry zanakavavin'i Jerosalema, ka mitomagny Anà, fa mitomagnia gne tegnanareo izy
ame zanakareo. 29 Fa indro, ho avy gne andro izay hizakanandreo hoe: "Sambatry gne momba izy ame troky izay tsy
niteraky, sady gne nono izy tsy nampinono zaza." 30 Sady da hanomboky hizaka amin'e tendrombohitry indreo hoe:
"Milatsa aminay," sady ame havoagny hoe: "Mandrakòfa anay." 31 Fa raha magnano an'izany raha izany indreo raha
mbola maitso gne kakazo, ino gne hibôky refa maigny izany?" 32 Nisy lelà roy hafa, olon-dratsy, nindesigny niaraky
tamin'Azy mba ho vonoigny. 33 Refa avy tamin'e toeragny raiky izay angiagny hoe "IKarandoha" indreo, da teo gne
namatsiandreo an'Azy, izy ame olon-dratsy_ gne raiky tamin'e ankavanany da gne raiky koa tamin'e ankaviany. 34 Jesosy

nizaka hoe: "Ray ô, mamela andreo, fa tsy fantatr'indreo izay anindreo." Avy eo da niloka indreo, nizarazara gne
fisikinany. [35] Da nitsangagny nagnety teo gn'olo raha mbola nagnabarabara an'Azy koa gne mpanapaky, nizaka hoe:
"Nagnavotry gne hafa Izy. Apetray Izy hagnavotry gne tegnany, raha Izy gne Kristin'Andriamanitry, gne raiky voafidy." [36]
Gne miaramila avakoa da nangalabaraka an'Azy, nagnatogny an'Azy, nagnome an'Azy vinaingitra, [37] sady nizaka hoe:
"Raha Anao gne mpanjakan'e Jiosy, vonjeo gne tegnanao." [38] Nisy famantaragny avakoa tamboniny hoe: "Ity gne
mpanjakan'e Jiosy." [39] Gne raiky tamin'e olon-dratsy izay nihantogny teo gne nagnano tsisy dikany an'Azy tamin'e
nizakany hoe: "Tsy anao me gne Kristy? Vonjeo gne tegnanao da anay avakoa." [40] Fa gne raiky nizaka mafy an'azy,
nagnano hoe: "Tsy mba matohotry an'Andriamanitry me anao, raha samy ambanin'e fagnameloagny mitovy avao? [41]
Itsika etoa da ara-drariny tokôtry, satria mandray gne valiny gn'asantsika itsika. Fa ity lelà ity tsy nagnano raha ratsy." [42]
Avy eo izy nizaka hoe: "Jesosy ô, tadidio iao refa avy agny ame fanjakanao anao." [43] Jesosy nizaka tamin'azy hoe: "Zakaiko
marigny aminao, fa androany anao da hiaraky Aminà agny ame paradisa." [44] Sady tame lera faha-enina teo ho eo
tamin'izany, da gne aizigny avy da nandrakotry gne tany agnaby hatramin'e lera fahasivy [45] raha nemaizigny gne
hazavan'e masoandro. Avy eo gne lamban'e fiangonagny da trivatry t'ategnategnany teo. [46] Nitoreo mafy Jesosy, ka nizaka
hoe: "Ray ô, andragnonao gne ametrahako gne fagnahiko." Refa avy nizaka izany Izy, da maty. [47] Refa hitan'e kapiteny gne
raha nibôky, da nagnome voninahitry an'Andriamanitry izy, nizaka hoe: "Azo antoky tokôtry fa olo-marigny ity lelà ity." [48]
Refa hitan'e fokonolo agnaby izay niarak'avy ho vavolombelogny nahita maso gne raha nibôky io, da nipody niteha-tratra
indreo. [49] Fa gn'olo agnaby izay nahafantatry an'Azy, izy amin'e viavy izay nagnaraky an'Azy avy agny Galilia, da
nitsangagny tegny alavidavitry tegny, nagnety izany raha izany. [50] Sady indro, nisy lelà raiky angiagny hoe Josefa, izay
mpikambagny tamin'e Synedriona. Olo tsara sady marigny izy. [51] Io lelà io da tsy nagneky gne fanapahan-kevitry gne
Synedriona izy ame asandreo. Avy agny ame tanàgnin'e Jodiana tagny Armatia izy; sady izy da nitady gne
fanjakan'Andriamanitry. [52] Io lelà io, raha nagnatogny an'i Pilato, da nangataky gne vatan'i Jesosy. [53] Nidesiny nidigny
izany, norakofany hariry madiniky, sady napetrany t'agnaty kibory raiky izay novakiagny tame vatolampy, izay tsy mbola
nisy olo nalevigny mihitsy. [54] Andron'e Fiomanagny tamin'izany, sady mbola nazava ratsy gne Sabata. [55] Gne viavy, izay
niaraky tamin'i Jesosy niala tao Galilia, da nagnaraky avy ao afarany sady nahita gne kibory izy ame fomba
nametrahagny gne fatiny. [56] Nipody indreo, sady nagnomagny raha ma-magnitry sy menaky magnitry. Sady tame sabata
da nizanogny indreo araky gne didy.

## Chapter 24

[1] Vao mandraigny be tame andro voalohan'e herignandro, da nandeha ame kibory indreo, ninday raha magnitry izay
nokarakaraindreo. [2] Hitandreo nikisaky lavitry e fasagny e vato. [3] Niditry tao indreo, F'izy tsy nahita gne vatan'e Tompo
Jesosy. [4] Da, raha mbola sahiran-tsaigny amin'izany indreo, tampotapoky teo, da nisy lelà roy nagnano fitafiagny
mamirapiratry nitsangagny t'agnilandreo. [5] Sady refa nalia be ireo viavy ireo da nandohaliky? Tame tany, mizaka
tamin'io viavy io indreo hoe: "Nagnino anareo raha mitady e velogny ame misy e maty aty? [6] Tsy atoa izy, fa efa
natsangagny! Tadidio gne raha nizakàniny anareo tamin'Azy mbola tagny Galilia, [7] nagnambara fa e Zanak'Olo da tsy
maintsy homegny ho eo an-tagnan'e olo mpanota da hofantsihagny ame hazo fijaliagny, sady ame andro fahatelo da
hitsangagny indraiky." [8] Io viavy io da nahatadidy e zakany, [9] da lasa nipody avy lat'ame kibory sady nizaka an'izany raha
agnaby izany hitandreo tamin'e raiky ambin'e folo izy ame ambiny agnaby. [10] Sady Mary Magdalena, Johana, Mary
endrin'i Jakoba, da e viavy hafa niaraky tamin'azy da samby nitantara an'izany raha hitandreo zany tamin'e apostoly. [11] Fa
izany hafatry izany da akô e tsy nisy dikany tamin'e apostoly, ka tsy nino e zakan'io viavy io indreo. [12] F'izy nitsangagny
Petera, da nihazakazaky nandeha tame kibory tagny, sady niondriky sy nagnety tao izy, da nahita e lambam-paty
nitokagny. Da lasa Petera nody t'andragnony, nagnotany tegna tame raha nibôky. [13] Tamin'io andro io, e roy tamindreo
nandeha ho ame tanàgny angiagny hoe Emaosy, izay enimpolo stadio miala an'i Jerosalema. [14] Indreo da nikoragny
mikasiky e raha agnaby izay nibôky. [15] Sady, raha niara-nikoragny sy niara-nametra-pagnontaniagny indreo, da
nagnatogny sady nandeha niaraky tamindreo Jesosy. [16] Fa e masondreo da nosakanagny mba tsy hahafantatry an'Azy. [17]
Jesosy nizaka tamindreo hoe: "Ino e koragninareo roy an-dalagny ety sa?" Da nijanogny indreo sady nalahelo endriky.
[19] Jesosy nizaka tamindreo hoe: "Ino izany Raha izany sa?" Da novaliandreo hoe: "E raha mikasiky an'i Jesosy gne
Nazarena, izay mpaminany, nahery tame asa sy gne zaka teo agnatrehan'Andriamanitry izy ame olo agnaby, [20] sady gne
fomba nagnoloran'e lohan'e mpisorogny sy gne mpanapaky an'Azy mba ho vonoigny ho faty izy ame namantsihagny
an'Azy tame hazo fijaliagny. [21] F'izy iay nagnantegna fa Izy e hagnafaky an'Israely. Eka, da ankoatran'izany raha agnaby
izany, telo andro androany izao e nampisy an'izany raha agnaby izany. [22] Nefa koa, e viavy sasany tame namanay da
nahagaga anay, izay tagny ame kibory tagny vo-mandraigny. [23] Refa tsy nahita e vatany indreo, da avy da, nizaka fa
indreo koa da nahita fahitagny anjely izay nizaka fa velogny Izy. [24] Da gne lelà sasany izay niaraky taminay da nandeha
tagny ame kibory tagny, sady nahita an'izany araky izay nozakain'e viavy io avakoa. F'izy tsy nahita an'Azy indreo." [25]
Jesosy nizaka tamindreo: "E lelà mola sady votsa saigny tsy mino e voazakan'e mpaminany! [26] Tsy nilaigny ho an'i Kristy
me gne nijaly tamin'iregny raha iregny, ka hiditry agny ame voninahitriny?" [27] Sady nanomboky tamin'i Mosesy
hatramin'e mpaminany agnaby, gne nadikan'i Jesosy ao ame Soratry Masigny e momba e Tegnany tamindreo. [28] Da refa
nagnakaiky e tanàgny izay nandianandreo indreo, da magnabôky akô gne hoe handeha lavidavitry Jesosy. [29] Fa nandetry
an'Azy indreo, nizaka hoe: "Mijanogna aminay etoa eky, fa efa ho hariva sady efa hifaragny gn'andro." Ka niditry, mba

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

hijanogny niaraky tamindreo teo Jesosy. 30 Sady, refa nipetraky mba hiaraky hihinagny tamindreo Izy, da nangala mofo,
nisaotry, sady nanapakan'izany, sady nagnome an'izany andreo. 31 Avy eo nisokatry e masondreo, ka nahafantatry an'Azy,
sady nanjavogny t'amasondreo teo Izy. 32 Nifampizaka indreo hoe: "Raha nizaka tamintsika t'andalagny tegny Izy, sady
raha nanokatry e Soratry Masigny tamintsika Izy, tsy niredareda tamintsika me gne fotsika?" 33 Nitsangagny indreo
tamin'io lera io, da nipody ta Jerosalema. Nahita e raiky amby folo niara-nivory indreo, izy ame olo niaraky tamindreo, 34
nizaka hoe: "Da nitsangagny tokôtry e Tompo, sady nobôky tamin'i Simona." 35 Da nozakaindreo e raha nisy t'an-dalagny,
izy ame fomba nibôhan'i Jesosy tamindreo tame fanapahagny e mofo. 36 Raha nizaka izany raha izany indreo, da
nitsangagny t'antegnategnandreo teo Jesosy vatany, da nizaka tamindreo hoe: "Fiadanagny anie ho anareo." 37 F'izy taitry
sady angoaigny indreo, da nieritreritry sao de fagnahy e hitandreo. 38 Da hoy i Jesosy tamindreo: "Nagnino anareo da
malia sa? Nagnino da misy fagnontaniagny am-ponareo? 39 Iteo gne tagnako izy ame tongotriko, fa Iao tokôtry ity. Kasiho
Iao da iteo. Fa gne fagnahy tsy managny nofotry izy ame tola, araky gne ahitanareo Anà hoe managny. 40 Refa nizaka
an'izany Izy, da nabôkiny tamindreo e tagnany izy ame tongotriny. 41 Mbola tsy nino an'izany indreo nohon'e hafaliagny,
sady gaga indreo. Da nizaka andreo Jesosy hoe: "Managny raha hohanigny me anareo?" 42 Nomendreo laok'andrano
voatono izy, 43 da nalainy izany sady nohaniny t'amasondreo teo. 44 Da nizaka tamindreo Izy hoe: "Taminà niaraky
taminareo, da nizaka taminareo fa izay voasoratry tame lalàn'i Mosesy sy gne mpaminany sady gne Salamo da tsy
maintsy ho tanteraky." 45 Da nosokany e saindreo, mba hazaoandreo e Soratry Masigny. 46 Nizaka andreo Izy hoe: "Izao e
voasoratry, fa i Kristy da hijaly, da hitsangagny ame maty indraiky ame andro fahatelo. 47 Fibebahagny izy ame famelan-
keloky e tokony ho torigny ame agnarany agny ame firenena agnaby, manomboky ao Jerosalema. 48 Anareo gne
vavolombelon'iregny raha iregny. 49 Indro, halefako aminareo izay nampagnantegnain'i Abako. F'izy mipetrà ao an-
tanàgny mandra-panagnanareo hery avy latagny ambony." 50 Da Jesosy nitariky andreo mandra-piavisandreo tagny
Betania. Nasandratriny e tagnany, da notahiany indreo. 51 Sady, refa nitso-drano andreo Izy, da niala andreo Izy sady lasa
nakarigny tagny an-dagnitry. 52 Da nidera an'Azy indreo, sady nipody tagny Jerosalema tam-pifaliam-be. 53 Nitohy
nankagny ame fiangonagny indreo, nankalaza an'Andriamanitry.

# John

Chapter 1

1 Tame voalohany gne zaka, sady gne zaka tsamin'Andriamanitra, gne zaka da Andriamanitra. 2 Izany da tamin'
Andriamanitra tame voalohany. 3 Gne raha agnaby da avy amin'Azy aby, sady raha tsy nohony gn'Aminazy da tsy misy
ndre ino ndre ino. 4 Noho ny gn'Aminazy gne nisian'e fiainagny, sady io fiainagny io gne fahazavan'e gn'olo marobe. 5 Gne
hazavagny da mamiratry agnatin'e mizy, da gne mizy tsy nandresy anazy. 6 Nisy lelelà raiky nirahin' Andriamanitra,
Jaona gnagnarany. 7 Tonga izy mba ho vavolombelogny nagnambara the momba gne fahasoavagny, mba hinoan' e
marobe ame gn'alalany. 8 Tsy Jaona gne vahazavagny, f'izy Tonga nagnambara e momba gne vahazavagny izy. Gne
vahazavagny marigny, gne magnome fahazavan' olo maro, da avy am'izao tontolo izao. 10 Teto amin'izao tontolo Izy. sady
izy gne nahariagny am'izao tontolo izao, sady izao tontolo izao tsy hahafantatry an'Azy. 11 Avy tame gn'olony Izy, da
gn'olony tsy nandray an'Azy. 12 Fa gne maro nandray an'Azy, gne natoky gn'agnarany, da moment fahefagny ho Tonga ho
zanak'Andriamanitra. 13 Indreo da tsy nateraky tame rà, na gne sitrapon' e mofo, na gne sitrapon' olo, fa
gn'Anandriamanitra. 14 Da gne zaka Tonga nofotry ka nonigny tamitsika. Hitanay gne voninahitriny, voninahitry nitovy
tame Raiky sy tokagny izay tonga avy tame Ray, feno fahasoavagny sy fagnamarinagny. 15 Jaona nagnambara the momba
an'Azy ka nikiaky mafy, hagnano hoe: "Izy gne raiky nizakaiko hoe: "Izy gne Tonga hafarako da zakabe noho iao, satria
talohako Izy." 16 Fa avy ame fahafenoagny gne nazahoantsika marobe fahasoavagny hagnampy fahasoavagny. 17 Fa gne
lalàgny da nomeny tamy gn'alalan'i Mosesy. Gne fahasoavagny sy fahamarinagny da avy tamy gn' alalan' i Jesosy Kristy. 18
Tsy nisy nahita an'Anandriamanitra na ovia na ovia na ovia. fa gn'Andriamanitra iray saady tokagny, iao eo an-
tratran'ilay Ray, gne nampafantatry an'Azy. 19 Da izao gne fagnambaran'i Jaona rehefa nagniraky gne mpisorona sy Levita
ta Jerosalema handea amin' indreo Jiosy mba hagnontany anazy hoe: "Ia me anao?" 20 Nizaka tsotra izy, sady tsy nandà, fa
Namaly hoe: "Tsy Kristy iao." 21 Da nagnontany andreo hoe: "Ino zany anao? Elia me anao?" Nizaka izy hoe: "Tsy izy iao"
hoy indreo hoe: "Tsia". 22 Avy eo indreo nizaka taminazy hoe: "Ia anao, mba ahafahanay magnome valin-teny an-dreo
nagniraky anay? Ino gn'ambaranao momba gne tegnanao? 23 Hoy izy hoe: "Iao gne feo,mangaiky mafy agn'efitry hoe:
"Anio mahitsy gne lalan'e Tompo, araky gne nozakain'Isaia mpaminany." 24 Da nisy iraky sasany avy amindreo fariseo
nalefa, 25 da nagnontany anazy indreo da nizaka taminazy hoe: "Nagnino me anao magnano batisa raha tsy Kristy anao
no sady tsy Elia sady tsy e mpaminany?" 26 I Jaona namaly an-dreo, nagnano hoe: "Mambôtry batisa ame rano iao. Fa
ategnategnanareo eo da misy olo raiky mitsangagny izay tsy fantatrareo. 27 Izy e raiky avy afarako, sady tsy mendriky ana
gne hanataky gne tady kapany." 28 E raha marobe zany da natao ta Betania andafin'i Jordana, sady nagnamboaran'i Jaona
Batisa. 29 Gn'omarain'igny I Jaona nahita an'i Jesosy hagnantogny anazy da nizaka hoe: "Hiteo, ity gne
zanak'ondrin'Andriamanitra izay nangala gne fahotan' izao tontontolo izao! 30 Ity gne Raiky nizakaiko hoe: 'Gne raiky
Tonga avy tafarako da zakabe noho iao, satria talohako Izy.' 31 Sady iao tsy tsy nahafantatry an'Azy, fa mba hambarany
ame gn'Isiraely izy gne niaviako hambôtry batisa ame rano." 32 Jaona nagnambara, magnano hoe: "Nahita gne Fagnahy
nidigny avy t' andanitra akô gne voromamanga iao, sady nidoboky tamboniny izany. 33 Tsy mahalala Anazy iao, fa Izy izay
nagniraky ana hambôtry batisa amin'e rano nizaka taminà hoe: 'Ambonin' e raha hitanao hidignan'e Fanahy sy

hipetrahany amin'azy, Izy e raiky izay mambôtry batisa ame Fanahy Masigny.' [34] Nahita iao sady nagnambara fa Izy e
Zanak'Andriamanitra." [35] Gn'omaray, koa, raha nitsangagny niaraky tame roy tamin'e mpianatriny Jaona, [36] da nahita an'i
Jesosy nandeha indreo, da hoy I Jaona hoe: "Iteo, ilay Zanak'Andriamanitra!" [37] Naharegny sady nizaka an'izany gne
mpianatriny roy da nagnaraky an' I Jesosy indreo. [38] Avy eo Jesosy da mitodiky ka nahita andreo nagnaraky Anazy da
nizaka anazy hoe: "Ino gne ilainareo?" [39] Namaly anazy indreo hoe: "Raby (izay midika hoe mpampianatra), aia anao
nipetraky?" Namaly anazy indreo hoe: "Magnantogna da Iteo." Da nagnantogny indreo da nahita gne toeragny izay
nipetrahany; nipetraky niaraky taminazy tao indreo tamin'io andro io, fa tokony efa ho ora fahafolo tam'izay. [40] Raiky
tamin-dreo mpianatry roy naregny an'i Jaona nizaka da nagnaraky an'i Jesosy avy teo da I Andre, ralahin'i Simona Petera.
[41] Nitadia an'i Simona ralahiny eky izy sady nizaka taminazy hoe: "Hitanay e Mesia"(izay adika hoe Kristy) [42] Ninday anazy
tam'i Jesosy da nizaka hoe: "Anao da Simona zanak'i Jaona, anao da hangiagny hoe Kefasy" (izay midika hoe: Petera). [43]
Gn'omaray, Raha te-hiala ho e Galilia Jesosy, da nahita an'i Filipo Izy da nizaka taminazy hoe: "Magnaraha anà." [44] Filipo
da tonga ta betsahida, tanànan'i Andrea sy Petera. [45] Nahita an'i Natanaela i Filipo da nizaka taminazy hoe: "Izy izay
nosorata 'i Mosesy tame lalàgniny,da indreo mpaminany, Hitanay Izy, da Jesosy zanak'i Josefa, avy te Nazareta." [46]
Natanaela nizaka taminazy hoe: "Izy io me ko hisy Raha tsara avy a Nazareta?" Filipo nizaka taminazy hoe:
"Magnantogna da Hiteo." [47] Jesosy nahita an'i Natanaela nagnantogny anazy da nizaka e raha mombamomba anazy hoe:
"Iteo, izany e tena isiraelita, izay tsy misy fitaky gn'aminazy!" [48] Natanaela nizaka Taminazy hoe: "Akognaia gnafantaranao
ana?" Jesosy namaly da nizaka taminazy hoe: "Taloahan'ny nagnangihan'i Filipo anao, Raha tambanin'ny kakazon' e
aviavy anao, ta tazako." [49] Natanaela namaly hoe: "Raby, Anao e zanak'Andriamanitra! Anao e mpanjakan'Isiraely!" [50]
Jesosy namaly da nizaka hoe: "Satria me Iao nizaka taminao hoe: 'Nahita anao tame kakazony gne aviavy Iao,' me
hinoanao? Nahita raha tsara mihoatry an'izany anao." [51] Avy teo Izy nizaka hoe: "Zakaiko aminareo, marigny, da marigny
tokôtry, fa nahita gne lagnitry hisokatry anareo, da gn'anjelin'Andriamanitra hiakatry sy nidigny ambonin'e Zanak'olo."

Chapter 2

[1] Telo andro tafara taty, da nisy fampakaram-bady ta Kanà a Galilia, da tao i endriny Jesosy. [2] Jesosy miaraky amindreo
pianatriny da nasaigny tame fampakaram-bady. [3] Rehefa lany e divay, da nizaka tamin'azy i endriny Jesosy hoe: "Tsy
managny divay indreo. [4] Da nanamaly anazy i Jesosy hoe: "Raviavy, nagnino me anao raha mande amina aty? Mbola tsy
avy e fotoako." [5] Da hoy i endriny tamindreo mpanompo hoe: "Ndre da ino ndre da ino zakainy aminareo, da anio izany." [6]
Da nisy siny vato enina tami-gneo izay fampesaigny ame gn'andro fisasan'ny Jiosy, mahavy roy hatramin' e telo metatry
agnaby. [7] Hoy Jesosy tamindreo hoe: "Fenoy rano gne siny." Da nofenoin-dreo hatramin'e molotrony. [8] Avy teo da hoy Izy
tamindreo mpanompo hoe: "Manovoza amin'zany da indeso ame tompon'andraikitrin' e fikarakaragny." da notanterain-
dreo zany. [9] Nandraman'e tompon'andraikitrin' e fikarakaragny e rano nivadiky divay, f'izy tsy nahafantatry e
niavian'zany izy (fa gne mpanompo nanovo e rano da nahafantatry). Avy teo da nangaiky e mpampakatry Izy da nizaka
tamin'azy hoe: "Gne olo agnaby [10] da manolotry gne divay tsara aloa zay vô gne divay moramora rehefa mamo indreo. Fa
anareo kosa nitahiry gne divay tsara mandrak'ankehitriny." [11] Izany gne famantaragny voloany nanin'i Jesosy ta Kanà a
Galilia, da nagnabôky gne voninahitriny Izy, da nino A'nazy indreo mpianany. Tafaran'izay da nidigny ande a
kapernaomy Jesosy, i endriny, indreo rahalahiny miaraky ame mpianatriny da nijanogny tami-gnao andro vitsivitsy
indreo. [13] Da efa mariny gne Pasky gne Jiosy, da niakatry ta Jerosalema Jesosy. [14] Nahita mpivarotry aomby, ondry da
voromailala tagnatin'e tempoly Izy, da nidoboky tao avakoa indreo mpanakalo vola. [15] Noho izany da nambôtry karavasy
izy da nandrôky andreo hizotso gne tempoly, na gn'ondry na aomby. Nandraraky gne volan-dreo mpanakalo vola Izy sady
nagnongagny gne latabatrin-dreo. [16] Da nizaka izy tamindreo mpivarotry voromamanga hoe: "Indeso lavitry an'ity
toeragny ity e raha aby io. Aoka zay gne fagnamboaranareo toeragny fivarotagny gne tragnon'i Abako." [17] Da tadidin'e
mpianatriny fa vôsoratry hoe: "Gne firehetako gn'ame tragnonao gn'andevogny ana." [18] Avy teo da namaly indreo
lohandohan'e mpisorogny Jiosy ka nizaka tamin'Azy hoe: "Ino gne famantaragny abôkinao anay, mahavy anao magnano
anio raha io? [19] Jesosy namaly hoe: "Arodagny ity tempoly ity,fa ho atsangako agnatin'e telo andro avao izany. [20] Da hoy
gne mpanapaky jiosy hoe: "Enina amby efapolo taona gne nagnorenagny an'ity tempoly ity, da anao gne hahatsangagny
an'azy agnatin'e telo andro? [21] kanefa, momba gne tempolin'e tegnany gne niresahiny. [22] Tafaran'e nitsanganany tame
maty, da tadidin' e mpianatriny fa nizaka an'izany izy, da nino gne Soratra Masina sy gne teny nozakain'i Jesosy indreo . [23]
Da rehefa ta Jerosalema Izy tamign'andro firavoravoan'e Paska, da maro gne nino gn'agnarany rehefa nahita gne
famantaragny maro nataony. [24] F'izy i Jesosy da tsy nahatoky andreo noho Izy nahafantatry tsara an'azy agnaby, [25] satria
tsy nila na ia na ia hagnambara amin'e momba gn'olo Izy, noho Izy nahafantatry gne agnatin'olo.

Chapter 3

[1] Nisy fariseo raiky angiagny hoe Nikodemosy,mpitariky Jiosy. [2] Nagnantogny an'i Jesosy tamign'andro hariva io lelà io da
nizaka taminazy hoe: "Raby, lalanay fa mpampianatry izay avy amin'Andriamanitra Anao,satria tsy misy mahavita e
famantaragny marobe aninao io Raha tsy miaraky amin'Andriamanitra." [3] Da Namaly anazy Jesosy nagnano hoe:
"Zakaiko aminao marina, da marina tokôtry, fa Raha tsy hateraky indraiky gn'olo, da tsy nahita gne
fanjakan'Andriamanitra izy." [4] Nikodemosy nizaka taminazy hoe: "Ame fomba Akognaia gne hahateraky gne olo raiky
Raha efa antitry izy? Tsy afaky hitsofiky fagnindroiny antrokin'i endriny izy da hateraky, sa afaky avao?" [5] Namaly Jesosy


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

hoe: "Zakaiko aminao marina,da marina tokôtry, fa Raha tsy hateraky tame rano sy gne Fagnahy e zanak'olo, da tsy afaky hiditry ame fanjakan'Andriamanitra izy. [6] Izay aterak'e nofo da nofo, da izay aterak'e Fagnahy da fagnahy. [7] Ka Gaga ame raha nozakaiko anao hoe: 'Tsy maintsy hateraky indraiky anareo.' [8] Gne rivotry mitsoky ndre aia andehanany; regninao e feony, fa tsy lalanao e nevisany na gnandehanany. Akô izany avakoa gnaterak'e Fagnahy." [9] Namaly Nikodemosy da nizaka taminazy hoe: "Akognaia gne fomba hahatanterahan'izany Raha izany?" [10] Jesosy namaly da nizaka taminazy hoe: "Mpampianatry an'Israely me anao, da mbola tsy azonao avao izany Raha zany? [11] Zakaiko aminao, marina, da marina tokôtry, fa e raha lalanay gne resahanay, sady anay magnambara gne momba e raha Hitanay. F'izy mbola tsy magneky e fagnambaranay anareo. [12] Raha nagnambara taminareo e raha tety an-tany Iao da tsy hinoanareo, ame fomba akognaia gne hatokianareo Ana raha hitantara aminareo gne raha misy an-dagnitry agny Iao? [13] Tsy nisy niakatry an-dagnitry afa-tsy Ilay nizoso avy tagny, da Gne zanak'Olo izany. [14] Da akô e nanandratan'i Mosesy e bibilava tame tany foagny, gne, gne tsy maintsy hanandratagny gne Zanak'olo, [15] mba hanagny fiainagny mandrakizay gne rehetra mino Anazy. [16] Fa Tena tian'Andriamanitra izao tontolo izao, da nomeny e Zanany lahy tokagny, mba tsy ho very izay rehetry mino Anazy fa hanagny fiainagny mandrakizay. [17] Fa Andriamanitra tsy nagniraky gne Zanany lelà ho am'izao tontolo izao mba hagnameloky izao tontolo izao, fa hamonjy izao tontolo izao amign'alalany. [18] Gne mino Anazy da tsy heloigny, fa gne tsy mino kosa da efa voaheloky sahady satria tsy mino gn'agnaran' e zanaky là raiky sy tokan'Andriamanitra. [19] Izao gn'antony gne fitsaràgny: Tonga teto amin'izao tontolo izao gne vahazavagny, f'izy naleony gne olombelo gne hizigny toy izay gne mazava [20] satria ratsy gne asa nataony. Fa gne olo magnano ratsy da mankahala gne mazava sady tsy magnantogny an'izany mba tsy ho hita miharihary gne asany. [21] F'izy, gne magnano e marigny da magnantogny gne mazava mba ho hita tsara fa gne asany da natao arakin'Andriamanitra. [22] Tafaran'izay, da nandeha te Jodia Jesosy miaraky amin-dreo mpianatriny. Nipetraky fotoagny vitsy tao niaraky tamindreo Izy da nambôtry batisa. [23] Da I Jaona avakoa nagnano batisa ta Ainona akekin'i Saleima satria maro gne rano tagny. Nagnantogny anazy e fokonolo da naigny batisa, [24] fa tsy mbola nalefa t'andragno mizigny Jaona. [25] Avy teo da nisy fifamaliagny tamin'e sasany amin'e mpianatr'i Jaona sy Jiosy raiky momba gne andro fisasagny. [26] Nagnantogny an'i Jaona indreo da nizaka taminazy hoe: "Raby, Gne raiky niaraky taminao t'ampitan'e ranon'i Joridana, e nambaranao, indro, magnano batisa izy, da magnantogny anazy avakoa indreo aby." [27] Da namaly I Jaona hoe: "Tsy afaky mandray ndre ino ndre ino gne olo raiky Raha tsy nomegny anazy avy t'an-dangnitry izany. [28] Anareo avao da efa afaky gne vavolombelogny ame Zakaiko hoe: 'Tsy Ilay Kristy iao,' f'izy: ' Nirahigny talohany.' [29] Gne ampekarigny da an'e mpgnakatry. Da gne sakezan'e mpagnakatry, izay mitsangagny da miteno anazy, da mifaly be nohon'e gn'aminy faharegnesany gne feon'e mpampakatry. Izany, ary, gne mameno gn'afaliako. [30] Tsy maintsy mitombo Izy, fa iao kosa tsy maintsy mihegny. [31] Izy izay avy agny amboniny da ambonin'e raha marobe. Izy izay avy eto an-tany da avy eto an-tany da miresaky momba gn'eto an-tany. Ze avy an-dagnitry da ambonin'e raha marobe. [32] Izy da magnambara gne momba gne raha hitany sady reny, f'izy da tsy misy mandray gne fagnambarany. [33] Ze nandray gne fagnambarany kosa da nagnamafy fa marigny Andriamanitra. [34] Fa gne raiky nirahin'Andriamanitry da nizaka gne gne zakan'Andriamanitry. Satria tsy nasiany fetry gne fagnomezagny gne Fagnahy. [35] Gne Ray tia gne zanaky lahy tokagny sady nametraky gne raha agnaby tam-pelatagnany. [36] Izay mino gne zanaky lahy da managny fiainagny mandrakizay, fa izay tsy mankato gne zanaky lahy kosa da tsy hahita fiainagny, fa hipetrahan'e havigniran'Andriamanitry."

Chapter 4

[1] Da ra fantatr'i Jesosy hoe regnin'e Fariseo fa nahazo sy nagnano batisa mpianatry maro noho Jaona [2] Izy (ndre tsy Jesosy tegnany gne nagnano batisa, fa gne mpianatriny), [3] da niala ta Jodia Izy da niverigny nandea ta Galilia indraiky. [4] Fa ilainy gne mamakivaky an'i Samaria. [5] Da Tonga tame tanàgny raiky ta Samaria Izy, hangiagny hoe Sykara, mariny an'ilay ampahan-tany izay nimen'i Jakoba an'i Josefa zanany. [6] Teo gne fangalan-dranon'i Jakoba. Natsiaro valaky tame diany Jesosy da nidoboky tame fangalan-drano. Tokony tme gn'ora fahaenina teo. [7] Nisy viavy Samaritans raiky Tonga angala rano, da hoy Jesosy taminazy hoe: "Mba agnomezo rano Iao ho sotroiko." [8] Fa gne mpianatriny efa dila t'an-tanàgny mba hividy hanigny. [9] Avy teo hoy igny viavy samaritana igny taminazy hoe: "Akognaia anao, izay Jiosy, gne mangataka aminà, iao viavy samaritana ty, rano ho sotroigny?" Fa indreo Jiosy tsy misy hifandraisagny ame samaritana. [10] Fa Jesosy namaly da nizaka taminazy hoe: "Raha lalanao gne fagnomezan'Andriamanitry, da gne mizaka aminao hoe: 'omeo iao hosotroiko,' da anao avakoa gne nangataky taminazy, da omeny rano velogny." [11] Hoy igny viavy igny taminazy hoe: "Tompoko, Anao da tsy managny fanovozagny sady gne fangalan-drano da laligny. Da Akognaia gne hahazaoanao rano velogny? [12] Anao da tsy zakabe, sa, noho Jakoba razambentsika, izay magnome anay gne fangalan-drano sy nisotro tam'izany gne tegnany, akô gne nanin-dreo zanany miaraky amin'e biby?" [13] Jesosy namaly da nizaka taminazy hoe: " Izay mindrano am'ity rano ity da mbola hangetaheta indraiky, [14] fa ndre ia ndre ia misotro ame rano homeko anazy da tsy hangetaheta mandrakizay. F'izy, gne rano izay omeko anazy da hanjary loharano miboiboiky agnatiny, izay mitondra amin'e fiainagny mandrakizay." [15] Hoy raviavy taminazy hoe: "Tompoko, omeo an'izany Rani izany iao mba tsy hangetaheta sady ho avy angala rano eto koa." [16] Hoy Jesosy tamin-draviavy hoe: "Mandiana, angio gne vadinao, da miviregna aty." [17] Namaly igny viavy igny da nizaka taminazy hoe: "Tsy manambady iao." Namaly Jesosy hoe: 'Marigny e zakanao hoe: 'Tsy manambady anao,' [18] f'izy efa manambady indimy anao, da gne raiky hipetrahanao amizao da tsy mbola vadinao. Marina gne raha zakaina." [19] Hoy raviavy taminazy hoe: "Tompoko, itako fa mpaminany Anao. [20] Indreo


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

razantsika nivavaky tamin'ity tendrombohitry ity tendrombohitry ity, f'izy anareo magnambara fa Jerosalema gne toeragny tokony hivavahan'olo." [21] Hoy Jesosy taminazy hoe: "Minoa Anà, raviavy, fa ho avy gn'andro hideranareo gne Ray da tsy am'ity an-tendrombohitry ty gne tsy a Jerosalema. [22] Fa anareo mandoaliky amin'izay fantanareo. Fa Iay da mandoaliky am'izay fantanay, satria gne famonjegny da avy am'e Jiosy. [23] F'izy, ho avy gn'andro, da tonga amizao, raha hidera gne Ray amin'e fagnahy sy fahamarinagny indreo tena mpivavaky, satria e Ray da mitady olo akô izany ho mpidera Anazy. [24] Andriamanitra da Fagnahy, da gne olo izay midera Anazy da tsy maintsy midera amin'e fagnahy sy fahamarinagny." [25] Hoy igny viavy igny taminazy hoe: "Fantako fa ho avy gne Mesia (gn'antsovagny hoe Kristy). Da ra avy Izy, da hagnazava amintsika gne raha aby." [26] Hoy Jesosy taminazy hoe: "Iao izay mikoragny aminao, gne Izy." [27] Tamin'izany fotoagny izany da nipody gne mpianatriny. Da nagnontany tegna indreo hoe nagnino Izy gne miresaky ame viavy, fa tsy nisy nizaka hoe: "Ino gne tadiavinao?" na hoe: "Nagnino Anao rà miresaky amin'azy?" [28] Noho izany da namela gne sininy raviavy, da nandea nipody ta tanàgny, sady nizaka tamign'olo hoe: [29] "Aska, agnety gne lelà nizaka gne raha namboariko marobe. Tsy ho Kristy izany, sa Izy?" [30] Da niala tame tanàgny indreo da nandea taminazy. [31] Nandritry an'izany, namporisiky Anazy indreo mpianatry, magnano hoe: "Raby, mihinàna." [32] Fa hoy Izy tamin-dreo hoe: "Iao da managny hanigny afaky hoanigny izay tsy fantatrareo." [33] Da nifampizaka indreo mpianatry hoe: "Tsy nisy olo ninday Raha ho hanigny ho anazy, sa nisy?" [34] Hoy Jesosy tamindreo hoe: "Gne hanigny da gne magnano gne sitrapon'Ilay nagniraky Ana sady magnano gn'asany. [35] Anao me tsy mizaka hoe: "Efa-bolagny sisa da ho avy gne fararano?' Zakaiko aminareo, hatsipizo gne masonareo da iteo gne an-tanimboly, fa efa masaky sady ho hilaigny indreo! [36] Izay mihila da mandray karama sady manangogny vokatry ho ame fiainagny mandrakizay, ka hiaraky faly gne mpamafy miaraky ame mpihila. [37] Fa amin'izany da marigny e zaka magnano hoe: 'Gne raiky mamafy, da gne raiky mihila,' [38] Nagniraky anareo hihila gne tsy nisasaranareo Iao. Indreo hafa gne nisasatry, da anareo gne niditry tamin'izany nisasarany." [39] Maro tamindreo samaritana tamin'izany tanàgny zany gne nino Anazy nohon'e tatitrin'igny viavy nizaka hoe: " Nozakainy taminà aby e raha nataomk aby io." [40] Da rehefa nagnantogny Anazy indreo samaritana, da nangataky nAnazy mba hijanogny hiaraky amindreo, da nijanogny tamignao roy andro Izy. [41] Maro gne nino nohon'e Zanany. [42] Hoy indreo tamin-draviavy hoe: "Tsy noho gne raha nozakainao gne hinoanay, fa anay minsy gn'efa nahare, da fantanay fa Izy tokôtry gne Mpamonjy am'izao tontolo izao." [43] Tafaran'e Roy andro io, da niala avy tao Izy handea a Galilia. [44] Fa Jesosy mihintsy gne nagnambara fa gne mpaminany da tsy manan-danja ame taniny nanokagny. [45] Rehefa avy ta Galilia Izy, da nandray Anazy indreo Galilia. Indreo da nahita gne raha aby naniny ta Jerosalema tamign'andro firavoravoagny, satria nandeha tamin'e andro firavoravoagny avakoa indreo. [46] Da avy te Kana a Galilia indraiky Izy, gne toeragny namadiany gne rano ho divay. Nisy tandapa raiky zay nanagny zanaky là marary ta Kapernaomy. [47] Rehefa regniny fa avy ta Jodia ande a Galilia Jesosy, da nagnantogny tam'i Jesosy Izy sad nangataky taminazy mba nidigny mba hagnasitragny gne zanany là, izay efa ho faty. [48] Avy teo Jesosy nizaka taminazy hoe: "Raha tsy mahita famantaragny sy fahagagagny anareo, tsy mba hino minsy." [49] Hoy e tandapa taminazy hoe: "Tompoko, midigna alohan'e fahafatesan'e zanako." [50] Hoy I Jesosy taminazy hoe: "Mandiana. Velogny e zanakao." Nino gne zakan'i Jesosy ra lelà, da dila izy. [51] Raha igny izy nidigny igny, da nitsena anazy indreo mpanompony, nizaka fa velogny gne zanany. [52] Da nagnontany andreo gne lera nagnaretagny izy. Namaly anazy indreo hoe: "Omaly tamin'e lera fafafito gne nelan'e tazo taminazy. [53] Fantatr'i abany avy teo fa tamin'io lera io e nizakan'i Jesosy anazy hoe: "Velogny e zanakao." Da nino gne tegnany miaraky amin'e fianakaviany marobe. [54] Izany gne famantaragny faharoy nanin'i Jesosy tamin'Izy niala ta Jodia ho a Galilia.

## Chapter 5

[1] Tafaran'izany da nisy firavoravoan'e Jiosy, da niakatry ho a Jerosalema Jesosy. [2] Da ta Jerosalema akekin'e vavahadin'ondry, da nisy farihy, izay nangiagny tamin'e Hebreo hoe Betesda, da misy fialofagny dimy izany. [3] Maro gn'olo marary, jamba, malemy, na tsy afa-mihetsiky natory tao. (Fagnamarihagny: Gne antotan-taratasy taloha tena tsara da magnala gne fehezanteny hoe: "Mandigny gne fihetsehan'e rano") [4] (Fagnamarihagny: Gne antotan-taratasy taloha tena tsara da magnala gne and. 4 hoe: "Fa nisy anjelin'e Tompo raiky nidigny da nampihetsiky gne rano indraindraiky sady ndre is ndre ia nandroso tamignao rehefa nihetsiky gne Rani da sitragny taminy gn'aretigny namparary anazy ndre ino ndre ino.") [5] Da nisy lelà raiky teo izay efa narary valo amby telo-polo taogny. [6] Rehefa hitan'i Jesosy natory tamigneo izy, sady tafany gne nahatsapany fa efa an-taogny maro izy e teo, da hoy Izy taminazy hoe: "ta-ho sitragny me anao?" [7] Namaly igny lelà marary igny hoe: "Tompoko, tsy managny ndre ia ndre ia iao handroboky ana agnaty farihy rehefa nihetsiky gne rano, Rehefa mande iao, da misy misosoky aloahako." [8] Hoy Jesosy taminazy hoe: "Mitsangàna, ndeso gne fandrianao, da mandehana." [9] Tonga da sitragny gne lelà, da nalainy gne fandriany da nandea izy. Sady Sabata gn'andro tamin'io. [10] Da hoy indreo Jiosy tame sitragny hoe: "Sabata gn'andro da tsy mahazo minday gne fandrianao anao". [11] Namaly izy hoe: "Gne hagnasitragny ana gne nizaka hoe: 'Ndeso gne fandrianao da mandiàna.'" [12] Da nagnontany anazy indreo hoe: "Ia e lelà nizaka taminao hoe: 'Ndeso gne fandrianao da madiàna'?" [13] F'izy, igny olo sitragny igny tsy nahafantatry an'Azy satria nisitaky moramora Jesosy fa nisy fokonolo tamigneo. [14] Avy teo, hitan'i Jesosy t'an-tempoly izy da hoy Izy taminazy hoe: "Indro, sitragny anao! ka manota sanaky, mba tsy hiseo aminao gne Raha ratsy amboniny e teo." [15] Avy teo da dila ralelà da nitatitry tamin-dreo Jiosy fa Jesosy gne hagnasitragny anazy. [16] Noho io Raha maro be ireo da nagnenjiky an'i Jesosy indreo Jiosy, satria nagnano gne raha aby io tamign'andro Sabata Izy. [17] Da namaly andreo Jesosy hoe: "I Abako da miasa egny ndre am'izao aza, da Iao, avakoa, da miasa." [18] Noho izany, da vômaiky mitady hamono

Anazy indreo Jiosy tsy nohon'e fagnamboarany tsisy dikany gne Sabata avao, fa gne nagnangihany an'Andriamanitry
avakoa hoe Iabany nanokagny, magnano gne tegnany ho nitovy amin'Andriamanitra. 19 Da Jesosy namaly andreo hoe
:"Zakaiko aminareo marina, da marina tokôtry, fa gne zanaky da tsy afaky magnano ndre ino ndre ino ho anazy, afa-tsy
gne hitany anin' I Abany avao, fa ndre ino ndre ino amboarin'e Ray, da amboarin'e Zanaky avakoa izany raha aby zany. 20
Fa gne Ray tia gne Zanaky ka magnambara anazy gne raha marobe izay namboarin'e tegnany, sadyhampiseo anazy raha
zakabe mihoatry gne raha maro be io Izy mba ho gaga anareo. 21 Fa akô gne Aba manangagny sady mamelogny gne maty,
da akô izany avakoa gne ameloman'e Zanaky izay tiany. 22 Fa gne Aba tia da tsy mitsara ndre ia ndre ia, fa nomeny e
Zanaky gne fisaragny aby 23 mba hagnajan'e olo aby gne zanaky akô gne hagnajàn-dreo gne Aba. Izay tsy magnaja gne
Zanaky da tsy magnaja gne Ray nagniraky Anazy. 24 Zakaiko aminareo marina, da marina tokôtry, fa ze maregny gne
zakako sady mino any gne nagniraky Ana da managny gne fiainagny mandrakizay da tsy ho heloigny, fa niala tamin'e
fahafatesagny ho amin'e fiainagny izy. 25 Zakaiko aminareo marina, da marina tokôtry, fa avy gne lera, sady tonga izany
am'izao fotoagny izao, raha naregny gne feon'e Zanak'Andriamanitry gne maty, da ho velogny idreo izay maregny. 26 Da
akô gne Ray managny fiainagny Aminazy ao, gne nagnomezagny gne Zanaky avakoa mba hanagnany fiainagny Aminazy
ao, 27 sady nomen'ny Ray fahefagny hitsara gne Zanaky noho Izy Zanak'olo. 28 Ka gaga amizany, fa Tonga gn'andro
haregnesan'olo an-kobory gne feony 29 da hibôky: idreo nagnano gne tsara da ho ame fitsanganagny ho amin'e fiainagny,
fa indreo izay nagnano gne ratsy kosa da ho agny ame fitsanganagny ho ame fitsaragny. 30 Tsy afaky magnano ndre ino
ndre ino raha Iao avao. Araky e regniko, gne itsarako, da gne fitsarako da marigny satria tsy mitady gne sitrapoko
nanokagny Iao fa gne sitrapon'Izy nagniraky Anà. 31 Raha tokony hagnambara e momba gne tegnako Iao, da tsy marigny e
fagnambarako. 32 Misy raiky hafa nagnambara gne momba Anà, sady fantako fa marigny gne fagnambaragny Nozakainy
momba Anà. 33 Nirahigny nande tamin'i Jaona anareo, sady nagnambara gne marigny izy. 34 F'izy gne fagnambaragny izay
tazomiko da tsy avy amin'olo. Mizaka an'izany raha zany Iao mba mety ho voavonjy anareo. 35 Jaona da jiro nirehitry sady
magnazava, sady anareo nagniry gne hifaly selasela tamin'e fahazavagny. 36 F'izy gne fagnambarako da mbola lehibe
noho gne an'i Jaona, fa gne asa maro nomen'ny Ray ho tanterahiko, gne asa maro aniko aby io, gne magnambara gne
momba Anà fa nirahin'ny Ray Iao. 37 Gne Ray Izay nagniraky Ana minsy gne nagnambara Anà. Tsy mbola naregny gne
feony na nahita gne tarehiny anareo. 38 Sady gne zakany tsy mba mipetrky agnatinareo, satria tsy mino gne nirahiny
anareo. 39 Mitadia gne Soratry Masigny anareo satria heverinareo fa amin'io iaha io gne anagnanareo fiainagny
mandrakizay, sady gne Soratry Masigny aby io avao gne magnambara momba Anà, 40 F'izy tsy vonogny gne hagnantogny
Anà anareo mba hanagnanareo fiainagny. 41 Tsy mandray laza avy ame gn'olo Iao, 42 satria fantako fa tsy misy fitiavagny
an'Andriamanitry agnatinareo. 43 Avy amin' e agnaran'ny Raiko Iao, f'izy tsy raisinareo. Raha misy hafa tonga
amign'agnarany manokagny, da ho raisinareo izy. 44 Akognaia gne hinoanareo, anareo izay mandray laza avy amin'olo
hafa f'izy tsy mitadia gne laza avy amin'Andriamanitra tokagny? 45 Ka mieritreritry hoe Iao gne hitory anareo amason'e
Ray. Gne raihy hitory anareo da I Mosesy, izay nametrahanareo gne fagnantenanareo. 46 Raha nino an'i Mosesy anareo da
tokony hino Anà, satria nanoratry gne momba Anà izy. 47 Raha tsy mino gne raha aby nosoratany anareo da akognaia gne
hino gne zakako?

Chapter 6

1 Tafaran'e Raha maro be io, da nandeha nitsaky gne ranomasin'i Galilia Jesosy, angiagny avakoa hoe ranomasin'i
Tiberiasy. Nisy fokonolo marobe 2 nagnaraky Anazy satria hitandreo gne famantaragny izay naniny tamign'e marary. 3
Niakatry tamin'e tendrombohitry I Jesosy da nidoboky tegny niaraky tamindreo mpianatriny Izy. 4 (Da gne Paska, gne
andro firavoravoan'e Jiosy, da efa akeky.) 5 Da nagnety t'akabôgny Jesosy da nahita fokonolo marobe nagnantogny Anazy,
Da hoy Izy tamin'i Filipo hoe: "Aia gne hividianan-tsika mofo mba hafandreo nihinagny?" 6 (Fa Jesosy nizaka an'izany mba
hitsapagny an'i Filipo, fa efa fantany gne ho aniny.) 7 I Filipo Namaly Anazy hoe: "Ndre da mofo roanjato dinaria aza tsy
ho amoy ho an'e tsiraidraiky ndre da kidy agnaby aza. 8 "Raiky tame mpianatry, Andrea, ralàhin'i Simona Petera, nizaka
tamin'i Jesosy hoe: 9 "Misy lelà raiky etoa managny mofo dimy da laok'andrano riy, fa ino ireo agnatrehan'olo marobe
toa?" 10 Da Jesosy nizaka hoe: "Ampidoboy gne olo" (sady feno ahitry tamin'e toeragny.) da nidoboky gne olo, akevikeviny
ho dimy arivo teo gne isany. 11 Avy teo Jesosy nangala an'e mofo maro io da rehefa avy nisaotry, da nizara an'izany
tamindreo nidoboky teo. Akô izany avakoa gne naniny tamin'igny laoky an-drano igny, da maro gne nilain-dreo. 12 Rehefa
voky gne olo, da hoy Izy tamin'e mpianatriny hoe: "Aorogny gne sisa tavela, mba tsy hisy ho very." 13 Da nahorin-dreo
izany da nahafeno harogny roy ambin'ny folo ne sisasisan'e mofo dimy sisa navelan-dreo nihinagny. 14 Avy teo, Raha
nahita an'izany famantaragny naniny izany gn'olo, da hoy indreo hoe: "Ity marina gne mpaminany izay tonga amin'izao
tontolo izao." 15 Rehefa hitan'i Jesosy fa hoavy indreo nangala Anazy sady hanandratry Anazy an-keriny ho mpanjaka, da
niverigny ta tendrombohitry raiky indraiky koa Izy. 16 Rehefa aligny gn'andro, da nidigny tame ranomasigny gne
mpianatriny. Niditry tagnatin'e sambokidy 17 indreo, da nitsaky gne ranomasigny ande e Kapernaomy. Efa mizigny
tam'izay, sady Jesosy mbola tsy avy tamin-dreo avakoa. 18 Nisy rivotry nifofofofo mafy, sady niha-nahery gne
ranomasigny. 19 Rehefa nivoezin-dreo tokony ho dimy amby roapolo stadio teo, da nahita an'i Jesosy nandeha tamin'e
ranomasigny sady nagnakeky gne sambokidy, da nalia indreo. 20 Fa hoy Izy tamin-dreo hoe: "Iao avao ity! Ka malia." 21 Avy
teo da vonogny gne handray Anazy tamin'e sambokidy indreo, da tampoky teo da avy ame toeragny andehanan-dreo gne
sambokidy. 22 Gn'omaray, hitan'e fokonolo izay nitsangagny t'ampitan'e ranomasigny fa tsy nisy sambokidy hafa tamigneo


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

afa-tsy gne raiky igny avao, da Jesosy tsy niditry tao niaraky tamindreo mpianatriny fa nandeha raiky indreo
mpianatriny. [23] F'izy nisy sambokidy maromaro avy ta Tiberiasy takekin'e toeragny nihinanan-dreo gne mofo rehefa avy
nisaotry gne Tompo. [24] Raha hitan'e fokonolo fa tsy teo fa tsy teo na I Jesosy na indreo mpianatriny, da niditry tagnatin'e
sambokidy indreo da nande ta Kapernaomy hitadia an'i Jesosy. [25] Rehefa hitan-dreo t'ampitan'e renirano Izy, da hoy
indreo taminazy hoe: "Raby, ovia anao avy tetoa?" [26] Jesosy namaly andreo, nagnano hoe: "Zakaiko aminareo marina, da
marina tokôtry, fa mitadia Ana anareo, tsy nohon'e nahitanareo famantaragny, fa nohon'e nihinananareo gne mofo da
voky. [27] Ka miasa ho an'e hanigny mety levogny, fa miasà ho an'e hanigny izay maharitry hi an'e fiainagny mandrakizay
izay homen'e Zanak'Olo anareo, satria Andriamanitra Ray gne nagnisy tombo-kase taminazy." [28] Avy teo da hoy indreo
taminazy hoe: "Ino e tsy maintsy haninay, mba nagnamboaranay ireo asan'Andriamanitra?" [29] Jesosy namaly da nizaka
tamin-dreo hoe: "Izao gne asan'Andriamanitra: da gne hinoanareo gne raiky nirahiny." [30] Ka hoy indreo taminazy hoe:
"Ino gne famantaragny haninao, mba hahitanay sy hinoanay anao? Ino gne ho ataonao? [31] Gne ababenay nihinagny gne
mana tame tany foagny, arak'e voasoratry hoe: ' Nomeny mofo avy t'an-dangnitry indreo hoanigny."' [32] Avy teo Jesosy
namaly andreo hoe: "Zakaiko aminareo marigny, da marigny tokôtry, fa tsy Mosesy e magnome anareo gne mofo avy
t'andagnitry, fa i Abako gne nagnome anareo gne Tena mofo avy t'andagnitry. [33] Satria gne mofon'Andiamanitry da gne
nidigny latan-dagnitry da magnome fiainagny ho an'izao tontolo izao." [34] Da hoy indreo taminazy hoe:"Tompoko, omeo
anay isanandro gne mofo zany." [35] Da hoy Jesosy tamindreo hoe: "Iao gne mofon'e fiainagny; gne magnantogny Ana tsy
mba ho mosaregny koa, da gne olo mino Ana tsy hangetaheta koa. [36] F'izy efa nizakaiko taminareo fa nahita Ana avao
anareo, f'izy tsy mino. [37] Gne olo aby izay omen'e Raiko Ana da hagnantogny Anà, sady gne magnantogny Ana da tsy mba
ho ariako. [38] Fa nizoso avy t'andagnitry Iao, tsy mba hagnano gne sitrapoko manokagny, fa gne sitrapon'Izy izay nagniraky
Ana. [39] Da akô izao gne sitrapon'Izy izay nagniraky Ana, da gne tsy hagnariako gne raha aby nomeny Ana, fa hanangagny
andreo ame gn'andro farany. [40] Satria akô izao gne sitrapon'e Raiko, da gne mba ahazahoan'e maro izay mahita gne
Zanaky sady mino Anazy gne fiainagny mandrakizay sady ho hatsangako amign'andro farany izy. [41] Avy teo da
nimenomenogny Anazy indreo Jiosy satria Izy nizaka hoe: "Iao gne mofo nidigny avy t'andagnitry." [42] Da hoy indreo hoe:
"Tsy gne Jesosy Zanak'i Josefa me io, izay fahotantsika gne ray aman-dreniny? Akognaia me gne izakany hoe: 'Nidigny avy
t'andagnitry Iao'?" [43] Jesosy namaly da nizaka tamin-dreo hoe: "Ajanogny gne fimenomenogny misy aminareo. [44] Tsy misy
olo afaky magnantogny Ana raha tsy gne Ray izay nagniraky Ana gne mitaogny Anazy, da ho hatsangako izy amign'andro
farany. [45] Izany da vôsoratry ame bokin'ny mpaminany hoe: 'Hampianarin'Andriamanitry indreo aby.' Gne olo aby
naregny sady nianatry tame Ray gne magnantogny Ana. [46] Tsy nisy nahita gne Ray, afa-tsy gne avy amin'Andriamanitra,
izy gne nahita gne Ray.
[47] Zakaiko aminareo marina, da marina tokôtry, fa izay mino gne managny fiainagny mandrakizay. [48] Iao gne mofon'e
fiainagny. [49] Gne Abanareo nihinagny gne mana tame tany foagny, da maty indreo. [50] Ity gne mofo nidigny avy
t'andagnitry, mba tsy ho faty gne mihinagny am'izay. [51] Iao gne mofo velogny nidigny avy t'andagnitry. Raha misy olo
mihinagny am'ity mofo ity, da ho velogny mandrakizay izy. Gne mofo homeko gne nofotriko ho an'e fiainan'izao tontolo
izao." [52] Ne-vignitry indreo Jiosy da nanomboky niady hevitry, nagnano hoe: " Akognaia gne afahan'io lelà io magnome
antsika gne nofotriny hoanigny?" Da hoy I Jesosy tamindreo hoe: [53] "Zakaiko aminareo marina, da marina tokôtry, fa Raha
tsy minagny gne mofon'e Zanak'olo anareo sady misotro gne ràny, da tsy hanagny fiainagny ao anareo. [56] [54] Ndre ia ndre ia
mihinagny gne nofotriko sady misotro gne ràko da managny fiainagny mandrakizay, sady hatsangako izy ame gn'andro
rany. [55] Fa gne nofotriko e tena fihinagny, da gne ràko gne tena fisotro. [56] Gne olo mihinagny gne nofotriko sady misotro
gne ràko gne mipetraky Aminà ao, sady Iao aminazy ao. [57] Akô e nagnirahan'e Ray velogny Anà, sady akô gne hivelomako
nohon'e Ray, izay mihinagny Anà, da ho velogny avakoa nohon'e Aminà. [58] Ity gne mofo nidigny avy t'andagnitry, tsy akô
gne Ababe nihinagny da maty. Gne olo mihinagny ity mofo ity da ho velogny mandrakizay." [59] Fa Jesosy nizaka gne raha
marobe io t'agnatin'e synagoga rehefa nampianatry ta Kapernaomy Izy. [60] Sady maro tamin'e mpianatriny naregny
anizany gne nizaka hoe: "Fampianaragny sarotry izany; ia gne afaky agneky an'izany?" [61] Jesosy, noho Izy nahafantatry
ntaminazy tao fa nimenomenogny tam'izany indreo mpianatriny, nizaka andreo hoe: "Manafitohignh anareo me izany? [62]
Akognaia raha tokony hahita gne Zanak'Olo miakatry ame nidoboan'e taloha anareo? [63] Gne Fagnahy e magnome
fiainagny; gne nofo tsy ahazaoagny ndre ino ndre ino. Gne zaka marobe nizakaiko taminareo da fagnahy, sady fiainagny.
[64] Mbola misy sasany aminareo tsy mino. "Fa Jesosy efa nahafantatry hatramin'e voaloany gne tsy hino da gne hamadiky
Anazy. [65] Hoy Izy hoe: "Avy amizany e nizakako taminareo fa tsy misy olo afaky magnantogny Anà raha tsy nomen'e Ray
Anazy izany." [66] Nohonizany, maro tamin'e mpianatriny gne lasa sady tsy niara-dia taminazy sanaky. [67] Da hoy Jesosy
tamindreo roa ambin'ny folo hoe: "Tsy te-andeha [68] sanaky me anareo, sa Tsia?" Sady Simona Petera namaly Anazy hoe:
"Tompo, hande amin'ia me anay? Anao gne managny e zakan'e fiainagny mandrakizay, [69] sady mino anay ka
magnantogny mba hafantatry fa Anao gne Masignin'Andriamanitry." [70] Hoy Jesosy tamindreo hoe: "Tsy Iao me gne nifidy
anareo, roy ambin'ny folo, da gne raiky aminareo da devoly? [71] Da Jodasy Zanak'I Simona Iskariota gne resahiny, satria
Izy, e raiky amin'izy roy ambin'ny folo, izay hamadiky an'i Jesosy.

## Chapter 7

[1] Tafarany e raha marobe io Jesosy da nandeha ta Galilia, fa ts te-ho a Jodia anefa Izy noho indreo Jiosy mitady hamono
Anazy. [2] Da efa mariny gne andro firavoravoan'e Jiosy e tabernakely. [3] Noho izany indreo ralàny nizaka taminazy hoe:

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

"Mialà am'ity toeragny ity da mandehàna a Jodia, mba hafahan-dreo mpianatrinao mahita gne asa maro aninao avakoa. 4
Tsy misy olo magnano raha mifiny zany raha Izy tegnany sady te-ho fantatry ampahibemaso. Raha magnano an'io Raha
marobe io Anao, da miboà am'izao tontolo izao." 5 Fa ndre indreo ralàny aza tsy nino Anazy. 6 Noho izany Jesosy nizaka
andreo hoe: "Mbola tsy avy gne fotoagniko, f'izy gne fotoagninareo da vonogny lalandava. 7 Tsy afaky gne hankahala
anareo izao tontolo izao, fa Iao gne halany satria magnambara fa ratsy gne asany. 8 Anareo mekara amin'e
firavoravoagny; f'izy Iao tsy nandeha am'izany satria tsy mbola avy gne fotoagniko." 9 Tafaran'e nizakany gne raha io
andreo, da nijanogny ta Galilia Izy. 10 Fa rehefa niakatry tame firavoravoagny indreo ralàny, da niakatry tagny avakoa Izy
avy teo, tsy nisehoseo fa nifiny. 11 Nitadia anazy tame firavoravoagny indreo Jiosy sady nizaka hoe: "Aia Izy?" 12 Nisy
koragny marobe momba Anazy tamin'e fokonolo. Gne sasany mizaka fa: "Lelà tsara Izy." Gn'afa mizaka hoe: "Aha,
mitaogny gne fokonolo ho ame fahaverezagny Izy." 13 Da tsy nisy nasahy nizaka amaso amaso momba Anazy nohon'e
fatahoran-dreo Jiosy. 14 Rehefa nisasaky gne firavoravoagny, da niakatry tame tempoly Jesosy da nanomboky
nampianatry. 15 Avy teo da Gaga indreo Jiosy, magnano hoe: "Akognaia gne nahezan'io lelà io an'izany raha marobe izany?
Izy tsy mba nandalo fenaragny mihintsy." 16 Jesosy namaly andreo da nagnano hoe: "Tsy Anà gne fampianarako, fa avy
amin'Izy nagniraky Ana. 17 Raha misy olo magniry hagnano e sitrapony, da nahafantatry momban'io fampianaragny io
Izy, na avy amin'Andriamanitra izany, ndre Iao gne mizaka avy ame tegnako. 18 Ndre ia ndre ia mizaka avy ame tegnany
da nitadia voninahitriny gne tegnany manokagny, fa ndre ia ndre ia mitadia voninahitr'e nagniraky anazy, da io olo io e
marigny, da tsy misy tsy fahamarinagny aminazy ao. 19 Tsy nimen'i Mosesy anareo me gne lalàgny? F'izy tsy misy
aminareo mitandrigny gne lalàgny. Nohoa anareo gne mitady hamono Ana? 20 Namaly gne fokonolo hoe: "Anao da misy
demonia. Ia koa gne mitady hamono anao?" 21 Jesosy namaly da nizaka andreo hoe: "Asa raiky avao gne aniko, sady da
Gaga noho izany avakoa anareo. 22 Nomen'i Mosesy gne famoràgny anareo (tsy hoe Avy amin'i Mosesy izany, fa avy amin-
dreo razagny), da amin'e Sabata da mamora olo anareo. 23 Raha amin'e Sabata gne amoràgny gne olo mba tsy ho voadika
gne lalàn'i Mosesy, da nagnino anareo vignitry aminà Raha hagnasitragny tanteraky olo raiky tamin'e Sabata Iao? 24 Ka
mitsara amign'endriky ivelany, fa mitsarà am-pahamarinagny." 25 Gne sasany tamindreo avy a Jerosalema nizaka hoe:
"Tsy ity me gne tadiavindreo ho vonoigny?" 26 Iteo, miresaky mibaribary Izy, sady tsy misy mizaka ndre ino ndre ino
Anazy indreo. Da ho fantatrin'e mpitondta tokôtry me fa Izy e Kristy, sa akognaia? 27 Efa fantatsika hoe avy aia io lelà io.
Fa rehefa avy e Kristy, da tsy hisy hahafantatry hoe Avy aia Izy." 28 Avy teo nihiaky mafy Jesosy t'an-tempoly, nampianatry
sady nizaka hoe: "Anareo da samby mahafantatry e tegnako sady mahalala gne fiaviko. Tsy avy nohon'e tegnako
manokagny Iao, Fa gne nagniraky Ana da marigny, sady tsy fantatrareo Izy. 29 Fantatr'i Izy satria Iao da avy aminazy sady
Izy gne nagniraky Ana". 30 Niezaky gne nisambotry Anazy indreo, fa tsy nisy naninji-tanagny taminazy satria tsy mbola
avy gne fotoagny. 31 F'izy maro tame fokonolo gne nino Anazy, da hoy indreo hoe: "Rehefa avy e Kristy, hagnano
famantaragny maro noho e vitan'io lelà io me Izy?" 32 Naregny gne fokonolo nivitsikitsiky gne raha momban'i Jesosy
indreo Fariseo, da gne lohan'e mpisorogno sy indreo Fariseo da nagniraky mpiandry raharaha nisambotry Anazy. 33 Hoy
Jesosy avy teo hoe: "kidy sisa gne fotoagny heresako aminareo, da handea ho ame nagniraky Ana Iao. 34 Hitady Ana
anareo fa tsy hahita Ana; Gne handianako, tsy ho azonareo andeanagny." 35 Noho izany indreo Jiosy da nifampiresaky
hoe: "Fa handea hoegnaia io lelà io gne tsy ho vitantsika gne nitadia anazy? Handea ho amin'indreo niparitaky nandea
amin'e Grika da hagnanatry indreo Grika me? 36 Da ino gne dikan'e teny nozakainay hoe: 'Hitadia Ana anareo fa tsy
hahita Ana; gne handeanako, tsy ho azonareo andeanagny'?" 37 Da tamin'e farany, andro zakabe amin'e firavoravoagny, da
nitsangagny Jesosy sady nizaka mafy, magnano hoe: "Raha misy mangetaheta, Avelay izy hagnantogny Anà da hisotro. 38
Gne mino Anà, araky e vôzakan'e Soratry Masigny, da hikoriagny avy an-trokiny gne onin'e rano velogny." 39 Fa akô izao
gn'ambarany e momban'e Fagnahy, indreo nino Anazy gne handray; gne Fagnahy da tsy mbola nomeny satria tsy mbola
nahazo voninahitry Jesosy. 40 Gne sasany tamindreo fokonolo, rehefa naregny gne zaka marobe io, da nizaka hoe: "Ity
tokôtry gne mpaminany." 41 Indreo hafa nizaka hoe: "Ity gne Kristy." Fa gne sasany nizaka hoe: "I Kristy me ko avy e
Galilia? 42 Tsy vôzakakan'e Soratry Masigny me fa Kristy da ho avy ame taranak'i Davida sady avy a Betlehema, gne
tanàgny nisy an'i Davida?" 43 lasa nisy fizaragny tamin'e fokonolo noho Izy. 44 Gne sasany tamindreo te-hisambotry Anazy,
fa tsy nisy nagnampatry tagna taminazy. 45 Avy teo indreo mpiambigny raharaha niverigny tamindreo lohan'e
mpisorogny sy indreo Fariseo, e nizaka tamin-dreo hoe: "Nahoa me anareo raha tsy ninday Anazy?" 46 Namaly indreo
mpiambigny raharaha hoe: "Tsy mbola nisy nikoragny akô izany mihintsy." 47 Noho izany indreo Fariseo namaly andreo
hoe: "Voafitaky avakoa me anareo? 48 Mba nisy tamindreo mpanapaky me mba nino Anazy, na tamindreo Fariseo? 49 Fa
indreo fokonolo da nahafantatry gne Lalàgny, voahozogny indreo." 50 Nikodemosy (raiky tamin'e Fariseo, e avy mialoha
taminazy), nizaka hoe: 51 "Gne lalàgnitsika me ko mitsara olo mialohan'e aregnesagny anazy ka ahafantatry gne naniny?"
52 Namaly indreo da nizaka taminazy hoe: "Avy e Galilia avakoa me anao? Mitadiava da iteo fa tsy misy mpaminany avy e
Galilia." 53 (Fagnamarihagny: Gne dikan-teny taloha tena tsara da tsy ahita gne Jaona 7:53-8: 11) [Avy teo gne tsiraidraiky
nande an-dragnony aby.

Chapter 8

1 (Fanamarihagny: Eteo gne fanamarihagny momban'i Jaona 7: 53-8: 11etsy ambony) nandeha an-tany agnabon'i Oliva
jesosy. 2 Vao nandraigny da nandeha an-tempoly koa Izy, sady e fokonolo agnaby da nagnatogny an'azy; nipetrakyIzy da
nampianatry andreo. 3 E mpanora-dalàgny sy indreo Fariseo da nitondra viavy raiky tratry nijangajanga. Nperakandreo

t'antegnantegna izy. 4 (Fanamarihagny: Jereo gne fagnamarihagny momban'i Jaona7: 53-8:11 etsy ambony) Aveo hoy
indreo tamin'azy: "Ry mpampiamatry ô, ity viavy ity da tratry teo am-pijangajangagny. 5 Sady ao ame lalàgny, Mosesy
nibaiko anay mba hitora-bato gne olo akô zany; ino gne ambaranao momba an'azy?" 6 Nozakain-dreo hamandrihagny
an'Azy fotsiny anefa zany mba ahafandreo magnameloky an'Azy, fa Jesosy kosa niondriky sady nanoratry tame tany tame
rantsan-tanany. 7 (Fnamarihagny: Eteo gne fanamarihagny momban'i Jaona 7 53-8: 11 etsy ambony) Refa nametraky
fanontaniagny tamin'Azy fezay indreo, da nitsangagny Izy ka nizaka andreo hoe: "Izay tsy nanota taminareo, aoka izy
hitora-bato an'azy voalohany." 8 Da niondriky koa Izy, sady nanoratry tame tany tame rantsan-tanany. 9 ( Fanamarihagny:
Eteo gne fanamarihagny momban'i Jaona 7: 53-8: 11 etsy ambony) Refa naregny zany indreo, da niala tsikiraikiraiky,
nanomboky tame zokiny indrindra. Sady e farany da Jesosy raiky avao e sisa tabela teo, niaraky tame viavy zay
t'antegnantegnany. 10 Ntsangagny Jesosy ka nizaka tamin'azy hoe: "Raviavy, fa lasa aia e mpagnameloky anao? Tsy misy
manameloky anao ve? " 11 Hoy izy hoe: " Tsy misy tompoko." Ary hoy Jesosy hoe: "Tsy manameloky anao iao. Mandehana
da aza manonta koa."] 12 Nizaka tamindreo koa Jesosy, nagnano hoe: "Izaho no fahazavan'zao tontolo zao; zay magnaraky
Anah da tsy andeha ame haizigny fa hanagny fiainagny. " 13 Hoy indreo Fariseo tamin'Azy hoe: " Anao da magnambara e
tegnanao; tsy marigny e fagnambaranao." 14 Jesosy namaly tamindreo hoe: "Na da magnambara gne tegnako aza iao, da
marigny e fagnambarako. Lalako e nihaviako da gne lalagny andehanako, fa anareo kosa da tsy mahafantatry zay
nihaviako na zay andehanako. 15 Anareo da mitsara arak'e nofo; fa Iao tsy mitsara ndre ia ndre ia. 16 Ndre da mitsara aza
iao; da marigny e fitsarako satria tsy raiky iao, fa miaraky ame Ray zay nagniraky Anah. 17 Eka, sady ao ame lalànareo da
voasoratry fa marigny gne fijoroan'e olon-droy vavlombelogny. 18 Iao gne magnambara gne tegnako, sady gne Ray zay
nagniraky Anah avakoa da magnambara Anah." 19 Hoy indreo tamin'Azy hoe: "Aia e iabanao?" Jesosy namaly hoe: " Tsy
fantatrareo ndre Iao ndre e Raiko; raha mahafantatry Anah anareo, da mahafantatry e Raiko avakoa." 20 Teo akaikin'e
fandatsahan-drakitry Izy e nizaka zany teny zany raha igny Izy nampianatry teo ame tempoly igny, sady tsy nisy
nanambotry an'Azy satria mbola tsy tonga e lerany. 21 Da hoy koa izy tamindreo hoe: "Andeha iao; hitady Anah anareo
sady ho faty ame fahotanareo. Zay andehanako, da tsy ho azonareo andehanagny." 22 Hoy e Jiosy hoe: "Hamono tegna ve
Izy? zany ve antony nizakany hoe: 'Zay andehanako,tsy azonareo andehanagny'?" 23 Hoy i Jesosy tamindreo hoe: "Avy ety
ambany anareo; Iao kosa avy ambony. Avy amin'zao tontolo zao anareo; fa Iao tsy avy amin' zao tontolo izao. 24 Noho
zany, nambarako taminareo fa ho faty ao ame fahotanareo anareo. Fa raha tsy mino anareo fa IZAHO E IZY, da ho faty
ame fahotanareo anareo. " 25 Noho zany da hoy indreo tamin'Azy: "Ia me anao?" Hoy i Jesosy tamindreo hoe: "Arak'e
voazakako taminareo hatrany am-boalohany. 26 Managny raha marobe ho zakaigny sady hitsaràgny anareo Iao. Kanefa,
Izy zay nagniraky Anah da marigny; sady e raha zay regniko avy tamin'azy, da ambarako am'zao tontolo zao." 27 Tsy
azondreo anefa fa Izy da niresaky tamindreo momba gne Ray. 28 Hoy Jesosy hoe: "Refa asandratrareo gne Zanak'Olona, da
ho fantatrareo fa iao e Izy, ary tsy magnano ndre ino ndre ino ho Anah Iao. Araky gne nampianarin'ny Ray Anah, gne
hizakako ireo raha ireo. 29 Izy zay nagniraky Anah da miaraky aminah, ary tsy hamela Anah ho raiky Izy, noho Iao
magnano zay ankasitrahany mandrakariva." 30 Raha nizaka ireo raha ireo Jesosy, da maro gne nino an'Azy. 31 Jesosy nizaka
tamin'ireo Jiosy zay nino an'Azy hoe: "Raha mipetraky ame zakako anareo, da ho tena mpianatriko; 32 Ary ho fantareo gne
marigny, ary gne marigny hanafaky anareo." 33 Ary izy ireo namaly an'Azy hoe:" Taranak'i Abrahama iay sady tsy mbola
nandevozin'ia ndre ia hatramizay; koa ahoagny gne hizakanao hoe: 'Ho afaky anareo'?" 34 Jesosy namaly andreo hoe:
"Zakaiko aminareo, marigny, da marigny tokôtry, fa indreo zay manota da andevon'e ota. 35 Gne andevo da tsy mipetraky
an-dragno mandrakizay. 36 Noho zany, raha gne Zanaka e manafaky anareo, da ho afaky tokôtry anareo. 37 Lalako fa
taranak'i Abrahama anareo; mitady zay hahafaty anah satria tsy managny toeragny ao aminareo gne teniko. 38 Mizaka
zay hitako niaraky tame Raiko iao, sady anareo koa magnano zay regninareo tame rainareo. " 39 Namaly indreo ka nizaka
tamin'Azy hoe: "Abrahama e rainay." Jesosy nizaka andreo hoe: "Raha zanak'i Abrahama anareo, da hagnano gne asan'i
Abrahama. 40 Kanefa, ankehitriny anareo mitady hamono anah, zay lelà nizaka taminareo gne marigny zay regniko
tamin'Andriamanitry. Abrahama tsy nagnano zany. 41 Anareo da magnano gne asan'e rainareo." Hoy indreo tamin'Azy
hoe: "Tsy teraky tame fijangajangagny iay; raiky avao gne iabanay: da Andriamanitry. " 42 Jesosy nizaka andreo hoe: "Raha
Andriamanitry gne rainareo, da tokony ho tia Anah anareo, satria avy tamin'Andriamanitry gne nibohàko da
nandehanako aty; fa tsy tonga ho azy iao, fa Izy e nagniraky Anah. 43 Nahoagny gne tsy azonareo gne zakako? Zany da
satria tsy afaky hagneky gne zakako anareo. 44 Avy ame rainareo anareo, e devoly, ary gne tianareo atao da gne filàgny
zay namboarin'e rainareo. Mpamono ologny hatramin'zay izy sady tsy mijoro ame fahamarinagny satria tsy misy
marigny ao amin'azy. Refa mivandy izy, da gne toetry famboariny avao gne zakainy satria mpivandy Izy sady rain'e
vandy. 45 Kanefa, satria mizaka gne marigny iao, da tsy mino Anah anareo. 46 Ia aminareo e manameloky Anah ame
fahotagny? Raha mizaka gne marigny iao, nahoagny gne tsy hinoanareo? 47 Zay avy amin'Andriamanitry; tsy maregny
zany anareo satria tsy avy amin'Andriamanitry." 48 Namaly e Jiosy ka nizaka tamin'Azy hoe: "Moa ve tsy mizaka gne
marigny iay fa Samaritana Anao ary misy demonia?" 49 Jesosy namaly hoe: " Tsy misy demonia iao, fa magnome
voninahitry e Raiko, ary anareo tsy magnome voninahitry Anah. 50 Tsy mitady gne voninahitro Iao; misy raiky mitady
sady mitsara. 51 Zakaiko aminareo, marigny, da marigny tokôtry, fa raha misy mitandrigny gne zakako, da tsy hahita
fahafatesagny mandrakizay izy." 52 Hoy indreo Jiosy tamin'Azy hoe: "Amizao fotoagny zao lalanay fa managny demonia
anao. Efa maty Abrahama da ireo mpaminany; Kanefa anao mizaka hoe: 'Rah misy mitandrigny gne zakako, da tsy hahita
fahafatesagny mandrakizay izy.' 53 Tsy zakabe noho gne rainay Abrahama zay Efa maty Anao, sa ve zakabe? Indreo
mpaminany avakoa da maty. Magnano gne tagnanao ho iza me Anao?" 54 Jesosy namaly hoe: "Raha mankalaza gne


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tegnako Iao, da ho tsinotsinogny gne voninahitro; gne Raiko zay ataonareo ho Andriamanitry gne mankalaza Anah. 55 Tsy lalanareo Izy, fa Iao mahalala an'Azy. Raha mizaka Iao hoe: ' tsy mahalala an'Azy Iao,' da akô anareo, mpivandy. Kanefa, lalako Izy ka mitandrigny gne zakany Iao. 56 Gne rainareo da nifaly nahita gne androko; nahita an'zany izy da faly." 57 Hoy indreo Jiosy tamin'Azy hoe: "Mbola tsy misy dimampolo taogny aby anao, ka da efa nahita an'i Abrahama ve? 58 Ary hoy Jesosy tamindreo hoe: "Zakaiko aminareo, marigny, da marigny tokôtry, talohan'e naterahan'i Abrahama, da Iao e Izy." 59 Aveo da nangalaky vato hatoraky an'Azy indreo, fa Jesosy kosa niafigny ka nijotso gne tempoly.

Chapter 9

1 Ary raha nandalo Jesosy, da nahita lelà jamba hatramin'izy vô teraky. 2 Nanontany an'Azy e mpaminany hoe: "Raby, ia rô e nanota, io lehilahy io sa e ray aman-dreniny, no da teraky jamba akô zao izy?" 3 Jesosy namaly hoe: " Tsy io lelà io gne nanota, na e ray aman-dreniny, fa nanigny izao mba hanehoagny amin'azy gn'asan'Andriamanitry. 4 Tsy manao e asan'izay Anà isika raha mbola mazava. Fa ho avy gn'aligny zay tsy ahafahan'ia ndre ia miasa esanaky. 5 Râ mbola eto am'zao tontolo zao Iao, Da Iao gne fahazavan'zao tontolo zao." 6 Refa avy nizaka an'zany Jesosy, da nandrora tame tany, sady nganano feta tame rora, ka nagnosotry gne fotaky tame mason'e lelà. 7 Hoy izy tamin'azy hoe: "Mandehana, sasao egny ame ranon'e Siloama (zay adika hoe: nirahina) gne masonao." Ka lasa ralelà, nanasa an'zany, da nipody nahiratry. 8 Ary nifampanontagny ireo ologny mpiray voy rindrigny tamin-dralelà da ireo zay nahita an'azy nangataky taloha nagnano hoe: "Tsy ty ve e lelá nipetraky nangataky teto?" 9 Gny sasany nagnano hoe: "Izy io." Da e hafa nizaka hoe: "Tsia, fa mitovy amin'azy avao izy." Fa izy kosa nagnano hoe: "iao ty." 10 Hoy indreo tamin'azy hoe: "Koa ahoagny ary e nahiratan'e masonao?" 11 Namaly izy hoe: "Ilay lelà antsovagny hoe Jesosy gne nagnano feta da nagnosotry an'zany tame masoko ka nizaka taminah hoe: 'Mandihana agny Siloama da sasao e masonao.' Da nandeha iao sady nanasa an'zany, ka nahiratry." 12 Hoy indreo tamin'azy hoe: "Aia Izy?" Da novaliany hoe: "Tsy fantatro." 13 Nentindreo tame Fariseo e lelà zay jamba taloha. 14 Tame andro sabata moa gne nagnamboaran'i Jesosy gne feta da nampahiratany gne masony. 15 Ary nanontagny an'azy koa indreo Fariseo gne ame fomba nahiratany. Hoy tamindreo hoe: "Nasiany feta gne masoko, nosasako, ka mahita iao zao." 16 Gne sasany tamindreo fariseo nizaka hoe: "Tsy avy amin'Andriamanitry ty lelà ty satria tsy mba nagnaja gne andro Sabata." Gne hafa nagnano hoe: " Ahoagny gne afahan'e ologny mpanota magnano famantaragny zakabe akô zao?" Ka da nisy fizarazaragny teo amindreo. 17 Ka da nipody nanontagny e lelà jamba koa indreo hoe: "Ino gne ambaranao momba an'Azy, hatramin'e nampahiratany gne masonao?" Hoy e lelà jamba hoe: "Mpaminany Izy." 18 Ary mbola tsy nino gne momba an'azy avao ireo Jiosy hoe izy da efa jamba ka nahiratry raha tsy nangaiky gne ray aman-drenin'e lelà nahiratry indreo. 19 Nagnontany e ray aman-dreny indreo hoe: "Ty ve e zanakareo zay zakainareo fa hoe teraky jamba? Koa ahoagny ary e nahitany zao?" 20 Ary da novaliany hoe: "Lalanay fa zanakay io sady teraky jamba izy. 21 Saigny gne ame nahitany, tsy lalanay, sady zay nampahiratry gne masony, tsy lalanay. Anontanio an'azy, efa zakabe izy. Afaky mizaka ho an'e tegnany izy." 22 Nizaka an'zany e ray aman-dreniny, satria natahotry andreo Jiosy indreo. Satria efa nifagneky indreo Jiosy fa raha misy magneky an'Azy ho Kristy, da ho roahigny hiala ao ame synagoga izy. 23 Nohon'e amin'zany, gne nizakandreo ray aman-dreniny hoe: "Efa zakabe izy, izy gne agnontanio." 24 Da nangaiky e lelà jamba taloha fagnindroany koa indreo da nizaka tamin'azy hoe: "Omeo voninahitry Andriamanitry. Lalanay fa mpanota zany lelà zany." 25 Aveo da namaly e lelà hoe:" Tsy lalako aloha raha mpanota Izy. Ny hany lalako dia zao: efa jamba iao taloha, fa amizao iao mahita." 26 Aveo da hoy indreo tamin'azy hoe: "Fa ino gne namboariny taminao? Ahoana gne fomba nampahiratany gne masonao?" 27 Da namaly izy hoe: "Efa nambarako taminareo, fa tsy niteno anareo! Ka nahoana ianareo gne te- hiteno zany koa? Te ho isan'ny mpianany koa ve anareo, sa sa tsy zany?" 28 Nagneso an'azy indreo ka nizaka hoe: "Anao gne mpianany, fa iay mpianatr'i mosesy. 29 Lalanay fa efa niresaky tamin'i Mosesy Andriamanitry, fa raha zany lelà zany da tsy lalanay zay nihaviany." 30 Da namaly e lelà ka nagnano tamindreo hoe: "Mahagaga zany, tsy lalanareo izay nihaviany, kanefa nampahiratry gne masoko Izy. 31 Lalatsika fa tsy miteno gne mpanota Andriamanitry, fa raha misy mazoto mivavaky da magnano gne sitrapony, da miteno an'azy izy. 32 Hatramin'e niatombohan'zao tontolo zao da tsy mbola regny mihintsy hoe nisy nampahiratry gne mason'zay teraky jamba. 33 Koa raha tsy avy amin'Andriamanitry zany lelà zany, da tsy mahefa ndre ino ndre ino." 34 Sady namaly indreo ka nagnano hoe: "Tena teraka tame ota anao, da anao koa ve gn'ampianatry anay?" Aveo da noroahindreo hijotso izy. 35 Regnin'i Jesosy fa noroahindreo tao ame Synagoga izy. Ary Izy nahita azy da nizaka hoe: "Mino gne Zanak'Olona ve ianao?" 36 Namaly izy hoe: "Iza me gne Izy?" 37 Jesosy nagnano tamin'azy hoe: "Efa nahita an'Azy anao, sady e raiky zay miresaky aminao zao zany." 38 Hoy e lelà hoe: "Tompo, mino aho." sady nidera an'Azy izy. 39 Jesosy nizaka hoe: "Fa fitsaragny gne nahatongavako eto amin'zao tontolo zao mba hahiratry indreo zay jamba sady mba ho tonga jamba indreo zay mahiratry." 40 Naregny an'zany gne sasany tamin'e Fariseo zay niaraky tamin'azy ka nagnontany hoe: "Ary iay avakoa ve jamba?" 41 Fa Jesosy nizaka tamindreo hoe: " Raha jamba anareo, da tsy nanan-keloky, fa anareo kosa amizao fotoagny zao mizka hoe: 'Mahiratry iay,' da mbola mipetraky gne helokanareo."

Chapter 10

1 "Zakaiko aminareo, marina, da marina tokôtry, fa ze tsy miditry gne vavahady ho ame valan'ondry, fa magnaniky lalagny hafa, da mpagnakatry sady mpandroba Izy. 2 Fa izay miditry e vavahady da mpiandry ondry tsara. 3 Izy e vahan'e mpiandry vavahady. Mahare gne feony gne ondry, da izy nagnanso gne ondriny manokagny ame gn'agnarany da

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

mitondra anazy mijotso. [4] Rehefa namoaky gn'anazy aby manontolo izy, da nialo nitariky gne lalan-dreo, sady nagnaraky anazy gne ondriny, satria mahafantatry gne feony. [5] Da tsy hagnaraky vahiny indreo fa hilefa anazy, satria tsy fantany gne feon'e vahiny." [6] Jesosy nizaka an'izany fagnoharagny zany tamindreo, f'izy tsy azondreo mintsy gne raha nizakainy tamindreo. [7] Da nizaka indraiky koa Jesosy tamindreo hoe: "Zakaiko aminareo, marina, da marina tokôtry, fa Iao gne vavahadin' e ondry. [8] Gne rehetra avy taloako da mpangalatry sady mpandroba, satria tsy niteno andreo gne ondry. [9] Iao gne vavahady. Raha misy miditry ao amin'e gn'alalako, da ho voavonjy izy; hiditry sady hijotso izy da hahita gne fihinanagny. [10] Fa gne mpangalatry tsy avy raha tsy hangalatry sady hamono da handrava. F'izy Iao avy mba hanagnan-dreo fiainagny sady hanagny an'izany maro da maro. [11] Iao gne mpiambigny tsara. Gne mpiambigny tsara da manolotry gn'ainy hagnavotagny gne ondriny. [12] Gne mpikarama da tsy mpiambigny sady tsy tompon'e ondry. Raha nahita amboadia magnantogny Izy da hiaka gne ondry da hilefa, da gn'amboadia misambotry sady mampiparitaky andreo. [13] Milefa izy satria mpikarama ka tsy miraharaha gne ondry. [14] Iao gne mpiambigny ondry tsara, da fantako gn' Anà, da fantany Iao. [15] Gne Ray mahafantatry Ana, da Iao mahafantatry e Ray, da manolotry gn'aiko ho an'e ondry Iao. [16] Managny ondry hafa tsy agnatin'ity vala ity Iao. Tsy maintsy hindesiko avakoa ireny, da indreo naregny gne feoko mba hatonga andininy raiky [17] Izao gn'antony hitiavan'e Ray Ana: mahafoy manolotry gne vatako Iao mba hazahoako an'izany indraiky. [18] Tsy misy mangala an'izany aminà, fa gne tegnako avao e manolotry an'izany. Managny fahefagny honolotry an'izany Iao, sady managny fahefagny nangala an'izany indraiky. Izany didy izany da azoko avy tamin'i Abako." [19] Nisy fizarazaragny indraiky koa tamindreo Jiosy noho ireo teny ireo. [20] Maro tamindreo gne nizaka hoe: "Managny demonia Izy sady very Saigny. Nagnino me anareo raha miteno Anazy?" [21] Gne sasany nizaka hoe: "Tsy fizakàn'olo misy demonia izany. Gne demonia me ko afaky mampahiratry gne Mason's jamba?" [22] Avy teo da avy gne fetin'e fanokanagny ta Jerosalema. [23] Rirignigny tam'izay, da Jesosy nitsangagny tame kianjan'ny tempoly tame fialofan'i Solomona. [24] Avy teo notangorognan-dreo Jiosy Izy sady nizaka taminazy hoe: "Mandrapa-hovia gne hampisalasalanao anay? Raha Anao e Kristy, da hambarao mibaribary aminay." [25] Da Jesosy namaly andreo hoe: "Efa nagnamba anareo iao, fa tsy mino anareo. Gne asa maro aniko amign'agnaran'e Raiko, ireo gne magnambara gne mahakasiky Ana. [26] F'izy anareo tsy mino satria tsy mba ondriko. [27] Mahare gne feoko gne ondriko; fantako indreo, sady nagnaraky Ana. [28] Omeko andreo gne fiainagny mandrakizay; ka tsy ho faty mandrakizay indreo, da tsy hisy handrobaky anazy eo am-pelantagnako. [29] E Raiko, gne nagnome anio Ana, da lebe noho gne hafa aby, sady tsy misy mahavita mandrobaky andreo eo am-pelatagnan'e Ray. [30] Iao Izy amin'i Abako da raika avao." [31] Avy teo nangala vato indraiky indreo Jiosy mba hitora-bato Anazy. [32] Da Jesosy namaly andreo hoe: "Maro gne asa tsara nabôkiko anareo avy tame Ray. Ino tamin'e asa aby aby io gne hitorahanareo vato Ana?" [33] Namaly andreo Jiosy hoe: "Tsy gn'asa tsara gne hitorahanay vato anao, fa gne zaka ratsy, satria anay, olombelo, da magnano gne tegnanao ho Andriamanitr." [34] Namaly andreo Jesosy hoe: "Tsy efa voasoratry agnatin'e lalàgninareo me hoe: 'Hoy Iao hoe: "Andriamanitry anareo"'? [35] Raha mangaiky ireny ho Andriamanitra izy, da ho an'ia izany gne niavian'e zanak'Andriamanitry ( sady gne Soratry Masina da tsy azo foagnagny), [36] gne nohamasinin'e Ray sy nihiraniny amin'izao tontolo izao gne aninaareo hoe: "Mizaka ratsy Anao; noho Iao nizaka hoe: "Iao gne Zanak'Andriamanitry'? [37] Raha tsy magnano gne asany Abako Iao, da ka mino Ana. [38] Fa raha magnano an'io Iao, ndre da tsy mino Ana aza anareo, da mino gn'asako mba ahafantaranareo sy ahazahoanareo fa e Ray da aminà atoa sady Iao amin'e Ray." [39] Mbola nikinia gne nisambotry Anazy indraiky indreo, fa nilefa Izy. [40] Da nandeha an-dafin'e Jordana indraiky Izy ho amin'e toeragny izay nagnamboaran'i Jaona Batisa voalohany, sady nipetrak teo. [41] Maro gne olo nagnantogny Anazy da hoy indreo hoe: "Jaona tsy nagnano famantaragny, fa gne raha marobe nozakain'i Jaona momba anio lelà io da marina." [42] Maro gne olo nino Anazy teo.

## Chapter 11

[1] Da nisy lelà raiky narary anigny hoe Lazarosy. Avy ao Betania izy, tanàgnan'e Maria da Marta rahavaviny. [2] Maria e nagnositry menaky magnitry e Tompo da nagnadio e tognotriny take volony, da Lazarosy anadahiny e narary. [3] Da reo mpirahavavy nagniraky ologny ho agny amin'i Jesosy, nizaka se: "Tompo, jereo, fa marary ilay tianao." [4] Raha regnin'i Jesosy zany, da hoy Izy se: " tsy fahafatesagny iafaragny ty armetigny ty, fa kosa hanehoagny e vininahitr'Andriamanitry mba hanandratagny e Zanak'Andriamanitry ame alaln'izany." [5] I Jesosy da Tia an'i Marta sy e rahavaviny da Lazarosy. [6] Da raha naharegny Jesosy fa marary Lazarosy, da nijanogny roa andro tao ame toeragny nisy anazy Izy. [7] da tafaran'izay, da nizaka tamireo mpianatry Izy se: "Andeha isika ho agny Jodia ndraiky." [8] Hoy reo mpianatry taminy se: "Raby, am'izao da mikasa hitoraky vato Anao reo Jiosy, ka mbola ho agny avao se Anao?" [9] Da namaly Jesosy hoe: "Tsy roa ambign'e folo ora ve e fahazavagn'e andro? Raha misy ologny mandeha ame andro mazava, da tsy ho tafitohigny Izy, satria mahita efahazavan'izao tontolo izao. [10] Kanefa, raha mandeha ame aligny izy, da ho tafitohigny satria tsy aminazy e fahazavagny." [11] Nizaka zany raha zany Izy, ary tafaran'izay raha zany, da hoy Izy tamindreo se: " Resin-tory Lazarosy akamantsika, da handeha Aho mba hahafahako mamoha anazy ame torimasogny [12] Da hoy gne mpianatry taminy se: "Tompo, Raha resitory izy, da ho tsara." [13] Kanefa Jesosy nizaky e fahafatesagny, nefa neverindreo fa fangalagny vizaky ame torimaso e nizakagny. [14] Avy eo Jesosy nizaka tsotry tamindreo hoe: "Maty Lazarosy. [15] Faly aho, nohogny aminareo, fa tgny Aho mba hahatonga anareo hino. Andao atsika ho agny aminazy." [16] Tomasy, zay nangihagny hoe Didymo, da nizaka tamireo mpianatry akamany hoe: "Andao avakoa sika mba niaraky maty amin'i Jesosy." [17] Raha tongy Jesosy, da hitaogny fa efa nalevigny efatr'andro tao am-pasagny Lazarosy. [18] Da Betania da efa akaiky an'i Jerosalema, eo ame dimy

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

ambin'e folo stdadio eo gne elagnelagny. [19] Be reo Jiosy tongy tao ame Marta da Maria, mba hampahery andreo nohogn'e fahafatesagny anadahindreo. [20] Avy eo Marta, raha naharegny fa tonga Jesosy, da nandehy nitsegny an'Azy, da Maria kosa nipetraky t'andragno [21] Da nizaka tamin'i Jesosy Marta hoe: "Tompo, Raha teto Anao, da tsy maty gn'anadahiko. [22] Nefa na de zao ankehitriny zao aza, da fantatro fa ndre ino ndre ino angatahinao amin'Andriamanitra, da homeny Anao zany." [23] Da hoy Jesosy taminazy se: "E anadahinao da hitsangan-ko velogny indmray." [24] Marta nizaka taminazy hoe: "Fantatriko fa hitsangagny avao izy ame fitsnganagny maty ame andro faragny." [25] Da hoy Jesosy taminazy se: "Iao gne fananganagny e maty sady fianagny; zay mino Anaha, ndre da maty aza Izy, da ho velogny; [26] ndre ia ndre ia vologny ka mino Anaha da tsy ho faty mandrakizay. Mino zany ve Anao?" [27] Hoy Izy taminy se: "Aie, Tompo, mino iao fa Anao e Kristy, Zanak'Andriamanitra, ilay ho amin'izao tontolo izao." [28] Raha voazakagny zany, da lasa Izy nagnentso mangingigny an'i Maria rahavaviny. Hoy Izy se: "Tonga e Mpampianatry ka mangaiky anao Izy." [29] Raha regnin'i Maria zany, da nitsangagny malaky Izy da nandeha aminazy. [30] Da Jesosy tsy mbola Tonga tao an-tànagny fa mbola teo ame toeragny nihaonagn'i Marta taminazy avakoa. [31] Noho izany reo Jiosy, zay niaraky taminy tao an-tragno da nampahery anazy, Raha nahita an'i Maria nitsangagny malaky da lasa Niboaky, da nagnaraky anazy, nihevitry fa handeha hitomagny ame fasagny izy. [32] Raha Tonga take toeragny nisy an'i Jesosy Maria ka nahita an'Azy, da niankohoky Izy da nizaka taminazy hoe: "Tompo, raha teto anao, da tsy maty gn'anadahiko." [33] Raha nahita anazy nitomagny Jesosy, da reo Jiosy niaraky taminy koa nitomagny, da vonto gne fagnahigny da tora-kovitry Izy; [34] da hoy Izy se: "Taza gne nandevognanareo anazy?" Da hoy ndreo taminy se: "Tompo, avia ary hinteo." [35] Nitomagny Jesosy. [36] Avy eo da hoy reo Jiosy hoe: "Hinteo gne hazakabegn'e fitiavagny an'i Lazarosy!" [37] Fa e sasagny tamindreo nizaka hoe: "Tsy hain'ity lehilahy ity me, zay nampahiratry e mason'ilay jamba, e magnano zay tsy ho nahafaty ity lehilahy ity koa?" [38] Avy eo ndraiky Jesosy, raha mbola vonto gne fagnahigny, da nandeha ame kobory. Ary zohy zany, da misy vato magnarogny anazy. [39] Hoy Jesosy hoe: "Alay hiala e vato." Marta, anabavin'i Lazarosy, lay maty, nizaka tamin'i Jesosy se: "Tompo, efa maimbo e vatagnany raha amin'izao fotoagny zao." [40] Da Jesosy nizaka taminy se: "Tsy efa niakaiko anao be fa, Raha nino anao, da ho hitanao e voninahitr'Andriamanitry?" [41] Da nalaindreo gne vato. Jesosy nanandratry e masony ka nizaka hoe: "Ray ô, misaotry Anao Aho satria niteno Anaha Anao. [42] Fantatriko fa miteno Anaha mandrakariva Anao, fa nohogn'e vahoaky mijoroagnodidigny Anaha no nilazako zany, mba hafahan'izy ireo mino fa Anao no nagniraky Anaha [43] Rehefa avy nizaka zany Izy, da nangaiky tame feo mafy hoe: "Lazarosy, Miboaha!" [44] Niboaky e lelà maty; nisy fehim-paty e tognotriny sy e tagnany, ary voafehy lamba koa gne vatagnagny. Hoy Jesosy tamindreo hoe: "vahao izy da avelay handeha." [45] Avy eo maro tamin'ireo Jiosy zay Tonga tao amin'i Maria sy nahita gne nataon'i Jesosy, no nino Anazy; [46] Fa e sanagny tamindreo kosa lasa nandeha nankagny ame Fariseo ary nizaka tamindreo gne raha nataon'i Jesosy. [47] Avy eo e lohagn'e mpisorogny sy e Fariseo namory e Synendriona niaraky da agnano hoe: "Inona no hataontsika? Ity lelà ity da magnano famataragny maro. [48] Raha avelantsika amin'izao Izy, da hino Anazy gny rehetra; da ho avy e Romana hangalaky e Tanagnàntsika sy gne firenentsika [49] Kanefa, nisy lelà raiky tamindreo, Kaifa, zay mpisorona be tamin'izany taona izany, nizaka tamindreo hoe: "Aanareo da tsy mahafantatry ndre ino ndre ino. [50] Tsy mieritreritry akory anareo fa tsara ho anareo raha lelà raiky no maty ho an'ny ologny toy zay e firenegny manontolo no ringagny." [51] Ary zay nozakainy da tsy nataony ho anazy avao. Fa kosa, noho izy mpisoronabe tamin'io taona io, da naminagny fa tokony ho faty ho an'ny firenegny Jesosy; [52] da tsy ho an'ny firenegny fotsiny avao, fa mba hampiraiky ny Zanak'Andriamanitra zay niparitaky koa. [53] Ka nanomboky tamin'io andro io da Nagnano tetiky e fomba hamonoagny an'i Jesosy indreo. [54] Ary Jesosy tsy nandeha niharihary tegny amin'ireo Jiosy koa, fa niala teo Izy nankagny ame tany akaikin'ny efitry ho any an-tanàgny atao hoe Efraima. Da nipetraky tao Izy sy reo mpianatry. [55] Ary efa akaiky e Pasky gne Jiosy, ary maro tamindreo tagny ivelagn'e tanàgny no niakatry tao Jerosalema mialohagn'e paska mba hagnadio e tegnanareo. [56] tady an'i Jesosy indreo, da nijoro teo ame tempoly nifampiresaky hoe: "Inona no eritreretinareo? Hoe tsy ho tonga ame andro firavoravoagny ve Izy?" [57] Ary efa nagnome baiko e lohagn'e mpisorogny sy e Fariseo fa Raha misy mahalala ny misy an'i Jesosy, da tokony mizaka izy mba hisamborin'izy reo Azy.

## Chapter 12

[1] Enin'andro alohan'e paska, da avy tao Betania Jesosy, izay nisy an'i Lazarosy, Gn'efa natsangan'i Jesosy tame maty igny. [2] Ka nagnano hanigny ho an' Azy indreo, sady i Marta gne nandroso andreo, fa i Lazarosy kosa da agnisan'e niara-nipetraky tamin'i Jesosy teo ame latabatry. [3] Avy eo Maria nangala menaky magnitry litatry raiky izay vita tame narda lafo vidy, da nagnosotry gne tombok'i Jesosy tamizany, sady namafa gne tombokiny tame volony. Feno gn'agnitr'e menaky gne tragno. [4] Da i Jodasy Iskariota ,. raiky tame mpianatriny, izay hamadiky an'Azy, nagnano hoe: [5] "Nagnino io menaky io tsy avidy 300 dinaria agny da nomegny gne sahiragny?" [6] Sady izy mizaka an'izany, tsy hoe ta hagnampy e sahiragny izy, fa satria mpangalatry izy: taminazy gne kitapom-bola sady ho nangalariny izay nanigny tao. [7] Jesosy nagnano hoe: "Avelao izy mba hitagny gn'anagnany ho ame gn'andro handevenagny Anà. [8] Ho eo aminareo fezay gne sahiragny, fa Iao kosa tsy ho eo aminareo fezay." [9] Sady nisy fokon'olo maro tame jiosy nahalala fa teo Jesosy, ka nagnatogny indreo, tsy ho an'i Jesosy raiky avao, fa mba hahita an'i Lazarosy avao koa, gne natsangn'i Jesosy tame maty igny. [10] Gne lohan'e mpisorogny da nitetiky niaraky mba hahafahandreo manosiky an'i Lazarosy ame fahafatesagny avakoa; [11] satria noho Izy gne nahatonga gn'ankamaroan'e Jiosy andeha sady nino an'i Jesosy. [12] Gn'omaraignin'igny da fokon'olo maro gn'avy tame andro fety. Refa regnindreo fa ho avy ao Jerosalema Jesosy, [13] da nangala sampan-drofia indreo sady nijotso ka nitsena

an'Azy tame feo mafy hoe: "Hosanna! Sambatra anie gn'avy ame agnaran'i Tompo, Gne mpanjakan'Israely igny." [14] sady
Jesosy nahita zan-boriky raiky da nitikigny tamboniny; [15] Araky gne voasoratry hoe: "Ka matahotry, ro zanakavavin'i
Ziona, hiteo , indro avy gne Mpanjakanareo, izay mitikigny eo ambonin'e zana-boriky." [16] Tsy nahazo an'io raha io gne
mpianatry tame voalohany; fa refa nomem-boninahitry Jesosy, da tadidindreo fa voasoratry momba an'Azy io raha io
sady efa nataondreo tanin'Azy izany. [17] Sady gne fokon'olo izay niaraky tamin'Azy tame nagnatsovany an'i Lazarosy
hijotso gne kobory izy ame nanangagny an'azy tame maty da samy nijoro vavolombelogny aby. [18] Noho izany antony
izany avao koa gne nahatonga gne fokon'olo hitsena an'Azy, satria regnindreo fa nagnano an'izany famantaragny izany
Izy. [19] Gne fariseo noho izany nifampiresaky hoe: "Hiteo, tsy afaky magnano ndre ino ndre ino anareo; indro, magnaraky
an'Azy aby izao tontolo izao." [20] Sady nisy grika vitsivitsy tamireo izay niakatry hidera agny ame fety. [21] Negn'amin'i Filipo
indreo, izay avy agny Betsaida agny Galilia, sady nagnotany an'azy, magnano hoe: "Tompoko, mba ta-hahita an'i Jesosy
iay." [22] Da lasa Filipo ka nizaka tamin'i Andrea niaraky tamin'i Filipo, sady nizaka an'i Jesosy indreo. [23] Jesosy namaly
andreo ka nagnano hoe: "Efa avy gne fotoagny hagnomezagny voninahitry gne Zanak'Olo. [24] Zakaiko aminareo, marigny,
da marigny tokotry, fa raha latsaky ame tany gne akotry ka maty , da mipetraky ame tegnany raiky izany; fa raha maty
izany, da hamokatry be. [25] Izay tia gne fiainagny da hagnary an'izany; fa izay malaigny gne fiainagny eto amizao tontolo
izao kosa da hitagny an'izany ho agny ame fiainagny mandrakizay. [26] Raha misy manompo Anà, aok'izy hagnaraky Anà;
sady izay hipetrako, da ao avakoa gn'ipetrahan'e mpanompoko. Raha misy manompo Anà, da hagnome voninahitra
an'azy gne Ray. [27] Amizao fotoagny izao mangorohoro gne fagnahiko sady ino gne tokony ho zakaiko? 'Ray o, vonjeo amity
lera ity Iao'? Kanefa noho izany antony izany gne neviako amizao fotoagny izao. [28] Ray o, hankalazay gn'agnaranao.'' Avy
eo nisy feo nanako avy agny an-dagnitry nagnano hoe: "Efa nankalazaiko izany sady mbola ho hankalazaiko indraiky." [29]
sady gne fokon'olo nitsangagny teo da naharegny an'izany ka nizaka fa nisy kotroky teo. Gne sasany nizaka hoe: "Nisy
anjely niresaky tamin'Azy." [30] Jesosy namaly sady nizaka hoe: "Izany feo izany da tsy avy ho Anà, fa ho anareo. [31] Avy
amizao fotoagny izao gne fitsaragny an'izao tontolo :sady da roahigny gne mpanapaky an'izao tontolo izao. [32] Refa
hasandratry hiala ame tany Iao, da hitaogny gne tsiraidraiky hagnaraky Anà." [33] nozakainy izany mba hanehoagny hoe
karazagny fahafatesagny akô ino gne hafatesany. [34] Gne fokon'olo namaly an'Azy hoe: "Regninay tame lalagny fa Kristy da
hijanogny mandrakizay. Akognaia gn'afahanao mizaka hoe: 'Gne Zanak'olo da tsy maintsy hasandratry'? Iza izany
Zanak'olo izany?" [35] Avy eo Jesosy nizaka andreo ho: "Gne hazavagny da mbola hiaraky aminareo mandritry gne fotoagny
foiky. Mandehana dieny mbola managny hazavagny, mba tsy hafahan'e hizigny mialoha anareo. Izay mandeha ame
hizigny da tsy mahalala gne lalagny andehanany. [36] Raha mbola managny gn'hazavagny anareo, da minoa an'izany mba
ho zanak'e hazavagny anareo. ''Jesosy nizaka an'io raha io sady avy eo da tsy hita sady nifiny andreo [37] Ndre da nagnano
famantaragny maro teo agnatrehandreo aza Jesosy, da tsy ninoandreo [38] mba ho tanteraky gne zakan' Isaia mpaminany,
izay izakany hoe: "Tompo, ia gne nino gne tatitray, sady ia gne nagnaboahagny gne sandrin'i Tompo?" [39] Noho izany
antony izany da tsy nino indreo, araky gne vozakan'Isaia avao hoe: [40] "Nohajambaigny gne masondreo, sady
nohamafisigny gne fondreo; mifanohitry amizany indreo da tahita ame masondreo ary hahazo ame fondreo, ka hitodiky,
da Iao hagnasitragny andreo." [41] Isaia nizaka io raha io aby satria hitany gne voninahitr'i Jesosy ka niresaky momba
an'azy. [42] Kanefa ndre izany aza, da maro tamireo mpanapaky gne nino an'i Jesosy; fa nohon' e fariseo, da tsy niaiky
an'izany indreo mbatsy ho voasakagny ho ao ame synagoga. [43] Tiandreo kokoa gne fideragny avy amin'olo noho gne
fideragny avy amin'Andriamanitry. [44] Jesosy nagnatso mafy ka nizaka hoe:"Izay raiky mino Anà, k'aza mino Anà raiky
avao fa koa Izy izay nagniraky Anà, [45] sady izay raiky mahita Anà da mahita an'azy izay nagniraky Anà. [46] Iao da avy akô
gne hazavagny teto amizao tontolo izao, mba tsy hipetraky agnatin'e mizigny izay mino Anà. [47] Raha misy maharegny gne
zakako nefa tsy mitandrigny an'izany, da tsy hitsara an'azy Iao; satria Iao tsy avy hitsara an'izao tontolo izao , fa
hagnavotry an'izao tontolo izao. [48] Izay manda Anà izy ame tsy mandray gne zakako, da managny raiky izay mitsara
an'azy. Gne zaka izay nozakaiko gne hitsara an'azy ame andro farany. [49] Fa Iao tsy mizaka ho Anà, fa e raiky izay
nagniraky Anà, izay nagnome Anà gne didy amin'izay ho lazaigny izy ame ho zakaigny. [50] Lalako fa gne didiny da
fiainagny mandrakizay, koa izay zakaiko- da zakaiko arak'izay nozakain'e Raiko taminà."

Chapter 13

[1] Da andro mialohan'e firavoravoan'e Paska izao. Tantan'i Jesosy fa avy gne lera hialany eto amin'izao tontolo ity izao ka
handeha ame Ray. Reha nitia gne mpiara-dia taminazy tam'ity zao tontolo izao ity Izy, da nitia andreo hatram'e farany. [2]
Da gne devoly da efa nametraky izao tam'e saignin'i Jodasy Iskariota Zanak'i Simona, da gne hamadiky an'i Jesosy. [3] Izy da
nahafantatry gne fa raha marobe da efa napetrak'e Ray tam-pelatagnany ary Izy da avy amin'Andriamanitry da niverigny
amin'Andriamanitry. [4] Nitsangagny Izy tame nisakafo da nangalaky gn'akanjony ivelany. Ave teo Izy nangala lamba da
nisafotry anizany. [5] Avy teo da nandraraky rano tagnatin'e siny Izy da nanomboky nanasa gne tongotrin' e mpianatry da
namafa andreo tamin'e lamba nirakofany. [6] Nagnantogny an'i Simona Petera Izy, da hoy I Petera taminazy hoe: "Tompo,
hanasa gne tongotriko me Anao?" [7] Jesosy namaly Anazy da nizaka taminazy hoe: "Gne raha aniko da mbola tsy hoazonao
am'izao e dikany, fa ho azonao avao izany afara agny." [8] Hoy I Petera taminazy hoe: "Tsy anasa gne tongotriko mihintsy
Anao." Jesosy namaly Anazy hoe: "Raha tsy manasa gne tongotrinao Iao, da tsy managny anjara aminà atoa anao." [9] Hoy I
Simona Petera taminazy hoe: "Tompo, ka gne tongotriko avao gne sasagny, fa gne tegnako sy gne lohako avakoa." [10] Hoy
Jesosy taminazy hoe: "Gne efa avy nandro da tsy mila izany, afa-tsy gne manasa tongotry avao, fa izy da efa madio


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tanteraky; Anao da madio, fa tsy gne marobe anefa." 11 (Satria efa fantatrin'e Jesosy hoe Ia gne hamadiky Anazy; izany
gn'antony e nizakany hoe: "Tsy anareo aby gne madio.") 12 Ka rehefa avy nanasa gne tongotrin-dreo Jesosy sy nangala gne
lambany da nipetraky indraiky, da hoy Izy tamindreo hoe: "Fantatrinareo me gne naniko hoa anareo? 13 Angianareo Iao
hoe 'mpampianatry' sy 'Tompo' da marigny gne nizakainareo, satria izany marina Iao. 14 F'izy ra Iao,sady Tompo no
Mpampianatry,no nanasa gne tongotry nareo, anareo avokoa da tokony hifanasa gne tongotry nareo. 15 Satria efa
nagnome ohatry ho anareo Iao da mba tokony hagnano akô izay naniko ho anareo avokoa anareo. 16 Zakaiko aminareo,
marina, da marina tokôtry, fa gne mpanompo da tsy lehibe mihoatrin'e tompony; na koa gne mpitondra hafatry da tsy
lehibe mihoatr'e nagniraky anazy. 17 Raha fantanareo io raha maro io, da ho tahigny anareo raha magnatanteraky
an'izany. 18 Tsy anareo aby gne zakaiko; fantako indreo nofidiko- fa izany da mba hahateraky gne Soratry Masigny hoe:
'Izay mihinagny gne mofoko da nanandratry gne vodi-tongotriny hamadiky Anazy.' 19 Zakaiko aminareo am'izao izany
mialohan'e hiboahany mba rehefa mibôky izany, da mety hino anareo fa Iao gne Izy. 20 Zakaiko aminareo, marina, da
marina tokôtry, fa gne mandray e nirahiko, da mandray Anà, da izay mandray Anà, da mandray Anazy izay nagniraky
Anà." 21 Rehefa nizaka an'izany Jesosy, da nangitakitaky gne fagnahiny. Nagnambara Izy sady nizaka hoe: "Zakaiko
aminareo, marina, da marina tokôtry fa hisy raiky aminareo hamadiky Anà." 22 Nifagnety indreo mpianatriny,
nagnontany tegna hoe ia izany nozakainy zany. 23 Nisy raiky tamin-dreo mpianatriny, izay tian'i Jesosy, nidoboky tamin'e
latabatry ampitan'i Jesosy. 24 Nagnantogny an'io mpianatry io Simona Petera da nizaka hoe: "Agnontanio Anazy hoe ia
izany zakainy izany." 25 Da niverigny niankigny tamin'i Jesosy izy da nizaka taminazy hoe: " Tompo, ia izany?" 26 Aveo
Jesosy namaly hoe: "Gne raiky izay handonako sy homeko ity mofo ity izany." Ka rehefa nolomany gne mofo, da nomeny
an'i Jodasy zanak'i Simona Iskariota izany. 27 Da tafaran'gne mofo da niditry taminazy Satana, da hoy Jesosy taminazy hoe:
"Gne haninao, anio malaky izany." 28 Taminizany indreo teo an-databatry tsy nisy nahalala gne antony nizakan'i Jesosy
anazy izany. 29 Gne sasany nieritreritry hoe, satria Jodasy gne nitazogny gne kitapom-bola, gne nizakan'i Jesosy taminazy
hoe: "Vidio gne ra marobe ilaintsika amin'gne andro firavoravoagny," na hoe tokony hagnome ra anin'gne mahantra izy. 30
Ra vo avy nangala gne mofo Jodasy, da lasa nivoky nalaky izy 31 Rehefa dila Jodasy, da hoy Jesosy hoe: "Ankehitriny da
omem-boninahitry gne Zanak'Olo, sady Andriamanitry da omem-boninahitry aminazy ao. 32 Andriamanitry da nagnome
voninahitry Anazy ame tegnany, da Izy hagnome voninahitry Anazy avy hatrany. 33 Ô zaza madiniky, fotoagny kidy e sisa
gne hiarahako aminareo, sady araky e Raha nozakaiko tamin'e Jiosy hoe: 'Izay andehanako, tsy azonareo handeanagny.'
Sady zakaiko aminareo avakoa izany Ankehitriny. 34 Didy vaovao gne omeko anareo, da gne ifankatiavanareo; akô gne
fitiavako anareo, gne tokony hifankatiavanareo avakoa. 35 Amin'izany gne hahafantaran'e maro fa mpianatriko anareo,
raha mifankatia anareo." 36 Hoy Simona Petera taminazy hoe: "Tompo, fa andeha ho aia Anao?" Namaly Jesosy hoe: "Izay
andehanako, da tsy afaky hagnarahanareo Anà am'izao, fa hagnaraky anareo afara agny." 37 Da hoy I Petera taminazy
hoe: "Tompo, nagnino me Iao tsy afaky nagnaraky Anao am'izao? Hafoiko ho Anao gne tegnako." 38 Da namaly Jesosy hoe:
"Hafoinao ho Anà me gn'ainao? Zakaiko aminao, marina, da marina tokôtry, fa mbola tsy hagneni mintsy gn'akoho da efa
handà Anà in-telo anao."

Chapter 14

1 K'avela hangorohoro gne fonareo. Minoa an'Andriamanitry anareo, da mino Ana avakoa. 2 Misy efitry maro ao
andragnon'e Raiko. Raha ohatry ka tsy izany, d'efa nizaka taminareo Iao, fa hagnomagny toeragny ho anareo. 3 Raha
handeha Iao sady hagnomagny toeragny ho anareo, da hipody indraiky Iao sady handray anareo ato aminà, da izay misy
Anà da hisy anareo avakoa. 4 Anareo mahalala izay handehanako." 5 Hoy i Tomasy tamin'i Jesosy hoe: " Tompo, tsy
fantatray izay andehananao, akôgnaia gne hahafantaranay gne lalagny? " 6 Hoy i Jesosy tamin'azy hoe: " Iao gne lalagny,
fahamarinagny, sady fiainagny; tsy misy magnatogny gne Ray raha tsy ame alalako. 7 Raha nalala Anà anareo, da tokony
nahalala gne Raiko avakoa. Manombok'izao da lalanareo Izy sady efa hitanareo." 8 Hoy i Filipo tamin'i Jesosy hoe:
"Tompo, aboahy anay gne Ray da ampy ho anay izany. " 9 Hoy i Jesosy tamin'azy hoe: " Efa hatriny gn' ela gne niarahako
taminareo da mbola tsy lalanareo avao me Iao, ô rô Filipo? Ndre ia ndre ia nahita Anà da nahita gne Ray. da akôgnaia koa
gne hizakananao hoe : 'Aboahy anay gne Ray'? 10 Tsy mino me anareo fa ao ame Ray Iao sady gne Ray ato aminà? Gne
zaka izay nozakaiko aminareoda tsy zakaiko avy ame fahefàko manokagny, fa gne Ray velogny ato agnatiko gne magnano
gn'asany . 11 Minoa Anà fa Iao da ao ame Ray, sady gne Raiko ato Aminà, raha tsy izany da minoa nohon'e asa manokagny.
12 Zakaiko aminareo, marigny da marigny tokôtry, izay mino Anà da hagnano gn'asa izay amboariko, sady hagnano asa
zakabe mihôtry noho an'izany izy satria ho agny ame Ray Iao. 13 Ndre ino ndre ino angatahinareo ame gn'egnarako, da
tanteiraiko izany mba hagnomezagny voninahitry gne Ray ao ame Zanaky. 14 Raha mangataky raha ame gn'agnarako
anareo, da ho tanteraiko izany. 15 Raha tia Anà anareo, da hitandrigny gne didiko, 16 sady hivavaky ame Ray Iao, da
lhagnome anareo mpampaheryh afa Izy mba ho eo aminareo mandrakizay Izy- 17 gne Fagnahin'e fahamarinagny. Tsy
afaky mandray an'Azy izao tontolo izao satria tsy mahita na mahafantatry an'Azy. Fa anareo avaogne mahalala an'Azy,
satria mipetraky miaraky aminareo Izy sady ao agnatinareo. 18 Tsy hagnavela anreo ho raiky Iao; mbola hipody aty
aminareo aty Iao. 19 Afaky fotoagny kidikidy da tsy hahita Anà koa iao tontolo izao, fa anareo mahita Anà. Satria ? velogny
Iao, da ho velogny avakoa anareo. 20 Sady amizay andro izay da ho lalanareo fa ao ame Raiko Iao, sady anareo ato aminà,
ary Iao ao aminareo 21 Izay managny gne didiko ka mitandrigny an'izany da izy gne tia Anà da ho tiavin'e Raiko avako,
sady Iao hitia an'azysady hiboaky aminareo." 22 Hoy i Jodasy(tsy Iskariota) tamin'i Jesosy hoe: " Tompo, nagnino Anao gne

hiboaky aminay fa tsy amizao tontolo izao? " [23] Jesosy namaly da nizaka tamin'azy hoe: "Raha misy olo tia Anà, da
hitandrigny gne zakako izy. hitia an'azy gne Raiko, sady ho avy amin'azy Iay sady hagnamboatry gne fipetrahanay
miaraky amin'azy. [24] Fa izay tsy tia Anà da tsy mitandrigny gne zakako. Gne zaka izay regninareo da tsy avy Aminà fa avy
ame Ray izay nagniraky Anà [25] Efa nozakaiko taminareo io raha io, raha mbola nijanogny niaraky taminareo Iao. [26]
Kanefa , e mpampahery- e Fanahy Masina, izay hirahin'e Ray ame agnarako- izy gne hampianatry anareo gne raha
agnaby izy ame hampatsiaro izay nozakaiko taminareo agnaby. [27] Fiadanagny gn'avelako ho anareo, omeko anareo gne
fiadanako. Tsy omeko akô gne fagnomezan'izao tontolo izao izany. K'avela hangorohoro gne fonareo, sady ka mataotry. [28]
Efa regninareo Iao nizaka taminareo hoe: 'Andeha Iao, da hipody agny aminareo indraiky.' Raha nitia Anà anareo, da
tokony hifalifaly satrie ho egn'agny ame Ray Iao, satria gne Ray da zakabe tokôtry noho Iao. [29] Sady nozakaiko anareo
dieny mbola tsy niboaky izany. [30] Tsy hizaka maro aminareo koa Iao, fa efa ho avy gne mpanapaky an'izao tontolo izao.
Tsy managny fahefagny Aminà izy, [31] fa mba hahafantaran'izao tontolo izao fa tiako gne Ray, da amboariko akô gne
nandifian'e Ray Anà. Andeha hitsangagny atsika sady hiala ety."

Chapter 15

[1] Iao gne tena voaloboky, da gne Raiko gne mpamboly. [2] Alainy ato Aminà gne sampagny izay tsy mamoa voakazo agnaby,
sady amboariny gne sampagny izay mamokatry mba hamoa voakazo bebe kokoa izany. [3] Efa madio anareo nohon'e
hafatry nozakaiko taminareo. [4] Mipetraha ato Aminà, sady Iao ao aminareo. Akô gne sampagny tsy afaky mamokatry
voakazo ame tegnany raha tsy mipetraky ame voaloboky izany, da akô izany koa anareo , raha tsy mipetraky ao Aminà. [5]
Iao gne voaloboky, anareo gne sampagny. Izay mipetraky ato Aminà sady Iao ao amin'azy, da mamokatry be izy, fa raha
tsisy Anà da tsy mahefa ndre ino ndre ino anareo. [6] Raha misy olo tsy mipetraky ao Aminà, da ho ariagny akô gne
sampagny izy sady halazo, sady indreo mandangogny gne sampagny sady magnary an'izany agny ame afo, sady may
indreo. [7] Raha mipetraky ao Aminà anareo, sady raha mipetraky ao aminareo agnaby gne zakako, angatay ndre ino ndre
ino irianareo, da honanigny aminareo izany [8] Gne Raiko da omegny voninahitrynamizao, da gne hamokaranareo
voakazo bebe kokoa da ho porofo fa mpianatriko anareo. [9] Akô gne nitiavan'i Ray Anà, gne nitiavako anareo. Mitoera ao
ame fitiavako. [10] Raha mitandrigny gne didiko anareo, da hipetraky ao ame fitiavako, akô gne nitandremako gne didin'e
Raiko izy ame nipetrako tao ame fitiavany. [11] Nizaka an'io raha io Iao mba ho ao aminareo gne fifaliako sady mba ho feno
gne fifalianareo. [12] Izao gne didiko , da gne hifankatiavanareo akô gne nitiavako anareo. [13] Tsisy manam-pitiavagny
zakabe mihoatry noho izao, da gne manolotry gn'ainy ho an'e sakezany. [14] Namako anareo raha magnano io raha
andidiako anareo io. [15] Tsy hagnatso anareo hoe mpanopoko koa Iao, satria gne mpanompoko da tsy mahalala izay
ataon'e tompony. nantsovako hoe namako anareo, satria gne raha agnaby izay regniko tame Raiko, da nampahafantariko
anareo. [16] Tsy nifidy Anà anareo, fa Iao gne nifidy anareo sady nanondro anareo mba andeha ka hamokatry, sady mba
tokony hipetraky gne vokatrareo. Nanigny izany mba ndre ino ndre ino angatahinareo ame Ray ame gn'Agnarako, da
homeny anareo izany. [17] Io raha io gne andifiako anareo mba hifankatiavanareo. [18] Raha malaigny anareo izao tontolo
izao, da fantaro fa nalaigny Anà izy talohan'e nalaignany anareo. [19] Raha avy amizao tontolo anareo, da ho tian'izao
tontolo izao akô gn'an'azy anareo. Fa satria tsy an'izao tontolo izao anareo sady nofidiko hiala amizao tontolo izao, noho
izany da halan'izao tontolo izao anareo [20] Tadidio gne zaka nozakaiko taminareo hoe: 'Gne mpanompo da tsy zakabe noho
e tompony.' Raha nagnenjiky Anà indreo, da hagnenjiky anareo avakoa; sady raha nitandrigny gne zakako indreo, da
hitandrigny gn'anareo avakoa. [21] Hagnano an'io raha agnaby io aminareo indreo noho gn'Agnarako, satria tsy lalandreo
Izy izay nagniraky Anà. [22] Raha tsy avy da nizaka tamindreo Iao, da tsy ho nanota indreo, fa amizao fotoagny izao tsy afa-
miala ame fahotany indreo. [23] Izay malaigny Anà da malaigny gne Raiko avao koa. [24] Raha tsy nahavita gne asa izay tsy
nataon'olo-kafa teo amindreo Iao, da tsy ho nanan-keloky indreo, fa amizao fotoagny izaoefa sady hitany kla halany
Iaoizy ame Raiko. [25] Fa izany da mba hahatanteraky gne zaka izay voasoratry ao ame lalagnin-dreo hoe: 'Malaigny Anà
ame tsisy dikany indreo.' [26] Refa ho avy e Mpampahery - izay hirahiko aminareo avy ame Ray, Gne, Fagnahin'e
Fahamarinagny, izay mivoaky avy ame Ray- da hagnambara gne momba Anà Izy. [27] Anareo avao koa da mijoro
vavolombelogny satria efa niaraky tamina hatragny amboalohany anareo.

Chapter 16

[1] "Nozakaiko taminareo izany raha aby zany mba tsy ho solafaky anareo. [2] Ho roahindreo ao ame synagoga anareo. Fa
avy gn'andro refa hihevitry izay raha mamono anareo fa indreo da manolotry raha tsara ho an'Andriamanitry. [3] Ho
anīndreo izany satria tsy mahalala gne Ray na gne Tegnako indreo. [4] Nozakaiko anareo io raha io mba refa avy gne
lerandreo, da ho tadidinareo f'efa nozakaiko taminareo gne momba andreo. Tsy nambarako taminareo gne raha tagny
am-piamdohagny, satria mbola teo aminareo Iao. [5] Fa amizao fotoagny izao ho agny ame nagniraky Anà Iao, nefa tsy
mbola nisy nagnotany Anà anareo hoe: "Handeha ho aia moa moa Anao?" [6] Fa satria nozakaiko taminareo io raha io, da
alahelo gne nameno gne fonareo. [7] Fa zakaiko marigny aminareo, tena tsara ho anareo gne handehanako. Satria raha tsy
mandeha Iao, da tsy ho avy aminareo gne Mpampahery, fa raha mandeha Iao, da handefa an'azy ho aminareo. [8] Refa avy
izy, da hagnaporofo amizao tontolo izao ho diso momban'e fahotagny, gne fahamarinagny, da gne momban'e fitsaragny- [9]
momban'e fahotagny gne mpampahery, satria tsy mino Anà indreo; [10] momban'e fahamarinagny, satria hody agny ame
Ray Iao, da tsy ho hitanareo sanaky; [11] sady momban'e fitsaragny, satria ny mpanapaka izao tontolo izao da notsaraigny. [12]

Managny raha maro hambara aminareo Iao, fa tsy azonareo gne hevitr'izany izao. 13 Kanefa, refa avy izy, Fagnahin'e
Fahamarinagny, da hitariky anareo ho ame fahamarinagny agnaby, satria tsy hizaka avy ame tegnany izy. Fa hizaka izay
raha raha regniny izy, sady hizaka aminareo gne raha izay ho avy. 14 Hagnome voninahitry Anà izy, satria gne avy
amign'Anà avao gn'hambarany aminareo. 15 Izay raha anagnan'e Ray da Anà. Noho izany, nizaka Iao fa e fagnahy
hangalaky amin'izay Anà sady hizaka an'izany aminareo. 16 Afaky fotoagny foiky da tsy hahita Anà sanaky anareo, sady
afaky fotoagny foiky hafa da hahita Anà indraiky anareo." 17 Avy eo gne sasany tame mpianatriny nifampiresaky hoe: "Ino
gne raha zakainy atsika izany hoe: 'Afaky fotoagny foiky da tsy hahita Anà sanaky anareo da afaky fotoagny foiky hafa da
hahita Anà indraiky anareo,' sy hoe: 'Satria ho agny ame Ray Iao'?" 18 Noho izany da hoy indreo hoe: 'afaky fotoagny
foiky'?Tsy lalanay gne tiany hambara." 19 hitan'i Jesosy fa te-hagnotany an'Azy indreo, da hoy Izy tamindreo hoe: "Izao me
gne hagnotanianareo tegna, da gne tiako hambara ame fizakagny hoe: 'Fotoagny foiky izy ame tsy ahita Anà sanaky
anareo , sady afaky fotoagny foiky indraiky nefa da hahita Anà anareo'? 20 zakaiko aminareo marigny da marigny tokotry,
fa hitomagny anareo sady hitaraigny, fa izao tontolo izao kosa hifaly. Ho feno alahelo anareo, f'izy ho lasa hafaliagny
izany halahelonareo izany. 21 Refa magnifatry gne viavy bevoky raiky da malahelo satria avy gne fotoagny,fa refa teraky
kosa e zaza, da tsy tadidiny sanaky gne halahelony nohon'e hafaliany fa nisy zaza teraky eo amizao tontolo izao. 22 Ka
malahelo anareo amizao fotoagny izao, f'izy Iao mbola hiaogny aminareo indraiky, sady ho faly gne fonareo, da tsy hisy
hangalaky an'izany hafalianareo izany aminareo. 23 Amizany andro izany da tsy hangataky Aminà ndre ino ndre ino
anareo. Zakaiko aminareo marigny, da marigny tokôtry, raha mangataky ndre ino ndre ino ame Ray ame gn'agnarako
anareo, da homeny anareo izany. 24 Hatramizao anefa tsy mbola nangataky ndre ino ndre ino tame agnarako anareo.
Mangataha, da homegny anareo mba ho feno gne fifalianareo. 25 Efa nozakaiko taminareo tame fagnoharagny io raha io,
fa avy gne lera refa tsy hizaka aminareo ame fagnoharagny sanaky Iao, f'izy hizaka aminareo mazava gne momban'e Ray.
26 Amizany andro izany da hangataky ame gn'agnarako anareo sady tsy hizaka anareo Iao hoe hivavaky ame Ray ho
anareo, 27 fa gne Ray mihitsy gne tia anareo satria nitia Anà anareo sady nino fa avy agny ame Ray Iao. 28 Avy ame Ray Iao,
ary avy teto an-tany. Fa handalo izao tontolo izao Iao sady ho agny ame Ray." 29 Hoy gne mpianatriny tamin'Azy hoe:
"hiteo amizao fotoagny izao Anao mizaka mazava tsara sady tsy mampiasa fagnoharagny. 30 Lalanay amizao fotoagny izao
fa mahalala gne raha agnaby Anao, sady tsisy tianao hametraky fagnotaniagny aminao. Noho izany, da mino Iay fa avy
amin'Andriamanitry Anao." 31 Namaly andreo Jesosy ho: "Mino amizay zany anareo? 32 Indro, avy izao gne lera, eka, avy
tokôtry, refa hiparitaky anareo, gne tsiraidraiky samby agny ame tragnony aby manokagny, da havelanareo raiky Iao.
F'izy tsy raiky Iao satria miaraky Aminà gne Ray. 33 Efa nozakaiko taminareo io raha io mba hanagny fiadagnagny ato
Aminà anareo. Mangn'olagny anareo eto amizao tontolo izao, nefa mahereza: efa nandresy an'izao tontolo izao Iao."

Chapter 17

1 Refa avy nizaka ireo raha ireo Jesosy, da nanandratry gne masony ho ame lagnitry Izy ka nagnano hoe: "Ray ô, tonga
gne fotoagny, mankalazà gne Zanakao mba hankalazan'e Zanaka anao_ 2 akô gne nagnomezanao An'Azy fahefagny
ambonin'e nofo agnaby mba hanomezany fiainagny mandrakizay ho an'zay marobe nomenao Azy . 3 Iao e fianagny
mandrakizay: da gne ahafantarandreo Anao, e Andriamanitry tokagny sady marigny, sady Izy zay nirahinao, da Jesosy
Kristy. 4 Nankalaza Anao iao teto an-tany. Efa vitako gne asa zay nomenao Anah ho amboariko. 5 amizao fotoagny zao, ry
Ray, hankalazao miaraky ame tegnanao Iao ame voninahitry zay nanagnako niaraky taminao talohan'e nahariagny zao
tontolo zao. 6 Nampahafantatry gne agnaranao tame ologny zay nomenao Anah avy amizao tontolo Iao. Anao ireny, sady
nomenao Anah, ary notandremany gne zakanao. 7 Amizao fotoagny zao lalandreo fa gne raha aby zay nomenao Anah da
avy aminao, 8 satria nomeko andreo aby gne teny zay nomenao Anah. Noraisindreo ireny sady lalany marigny tokôtry fa
avy taminao Iao, sady nino indreo fa Anao ne nagniraky Anah. 9 Mivavaky ho andreo Iao. Tsy mivavaky ho an'e zao
tontolo izao Iao fa ho andreo zay nomenao Anah, noho indreo anao. 10 Gne raha aby zay Anah da Anao, sady izay Anao da
Anah, sady hankalazaigny amin'ireny Iao. 11 Tsy amizao tontolo zao koa Iao, fa ireo ologny ireo da eto amizao tontolo zao,
sady magnatogny anareo Iao. Ray Masina ô, tano ame agnaranao zay nomenao Anah indreo mba hitambatry ho raiky,
akô gne maha raiky atsika. 12 Raha mbola tamindreo Iao, da nitàgny andreo tame agnaranao, zay nomenao Anah. Niaro
andreo Iao ary tsy nisy very dre da raiky aza, afa-tsy gne Zanaky gne fahaverezagny avao, mba ho tanteraky gne Soratra
Masina. 13 Sady ho agny aminao Iao, fa mizaka ireo raha ireo amizao tontolo zao Iao mba hahatanteraky gne hafaliako ao
amindreo. 14 Efa nomeko andreo gne zakanao, sady nankahalain'zao tontolo zao indreo satria tsy avy amizao tontolo zao,
akô Anah tsy an'zao tontolo zao. 17 15 o da tsy mangataky Aminao gne hangalanao andreo am'zao tontolo zao, fa mba
hiarovanao andreo ame ratsy. 16 Indreo da tsy an'zao tontolo zao, akô Anah tsy an'zao tontolo zao. 17 Hamasino ame
fahamarinagny indreo. Fa zakanao gne fahamarinagny. 18 Akô gne nagnirahanao Anah ho am'zao tontolo zao,gne
nagnirahako andreo ho am'zao tontolo zao avakoa. 19 Fa nohon'e fitiavako andreo gne nagnamasinako gne tegnako, mba
hanamasinagny gne tegnandreo ame fahamarinagny avakoa. 20 Iao da tsy mivavaky ho andreo fotsiny, fa ho andreo zay
hino Anah ame alalan'e zakandreo koa 21 mba ho raiky avao izy agnaby, akô anao, Ray, ato aminah, sady Iao ao aminao.
Mivavaky iao mba ho ao amitsika avakoa indreo mba hinoan'zao tontolo zao fa nagniraky Anah Anao. 22 Gne
voninahitr'Andriamanitry zay nomenao Anah, da nomeko andreo, mba ho raiky indreo, akô gne maha raiky atsika. 23 Iao
amindreo, sady anao ato aminah-ka ho tegna raiky tanteraky tokoa indreo, mba ho lalan'zao tontolo zao fa nagniraky
Anah Anao, sady nitia andreo akô gne nitiavanao Anah. 24 Ray ô, ireo zay nomenao Anah da teko mba hagnaraky Anah

ndre aia ndre aia misy Anah, sady hahita gne voninahitry zay nomenao Anah satria nitia Anah Anao talohan'e
nahariagny zao tontolo zao. 25 Ray marigny ô, tsy nahalala Anao zao tontolo zao, fa Iao mahalala Anao; sady indreo
mahalala fa nagniraky Anah Anao. 26 Nampalalàko andreo gne agnaranao, sady mbola ho hampalalàko zany mba ho ao
amindreo gne fitiavanao Anah, sady Iao ho ao a! indreo."

Chapter 18

1 Tafaran'e nizakan'i jesosy ireo zaka ireo, da nijotso niaraky tame mpianatriny Izy ho eny ampita egny ame lohasan-drika
an'i Kidrona, zay nisy saha nidirany da ireo mpianatriny. 2 Sady Jodasy, zay hamadiky an'i Jesosy, nahafantatry gne
toeragny koa, satria nandeha matetiky tegny Jesosy da ireo mpianatriny. 3 Aveo Jodasy, nitariky ireo vondrogny miaramila
da ireo mpiandry raharaha sasany avy amin'ireo lohan'e mpisorogny da Fariseo, nandeha tagny niaraky tame fanilo,
fanala da fitaovam-piadiagny. 4 Aveo Jesosy, zay efa nahalala gne raha marobe hitranga Amin'azy, nandroso teo aloha
sady nagnontany andreo hoe: "Ia gne tadiavinareo?" 5 Namaly An'azy indreo hoe: "Jesosy avy any nazareta." Sady hoy
Jesosy tamindreo hoe : "Iao e Izy." Jodasy,zay namadiky an'Azy, da nitsangagny niaraky tamin'ireo miaramila avakoa. 6 Ka
refa nizaka tamindreo Izy hoe: "Iao e Izy", da nihemotry indreo ka lavo tame tany. 7 Aveo koa da nagnontany andreo Izy
hoe: "Ia gne tadiavinareo?" Sady nizaka koa indreo hoe: "Jesosy avy agny Nazareta." 8 Jesosy namaly hoe: "Nizaka anareo
Iao fa Iao e Izy. Noho zany raha mitady Anah anareo, da avelao itoa handeha." 9 Zany da mba hahatanteraky gne zaka
nozakainy hoe: "Aminareo zay nomenao Anah, tsy nasiko very ndre raiky aza." 10 Aveo Simona Petera, izay nanagny
sabatry, namoaky an'zany sady namely e mpanompon'e mpisorogny be ka nahakapa gne sofiny ankavanagny. Sady Malko
gne agnaran'e mpanompo. 11 Hoy i Jesosy tamin'i Petera hoe: "Averegno ao ame tragnony gne sabatrinao. Tsy tokony
hosotro gne kapoaky zay nomen'e Ray Anah me Iao?" 12 Noho zany ireo vondrogny miaramila da gne kapiteny, sady ireo
mpiandry raharahan'ireo Jiosy, da nisambotry an'i Jesosy sady namatotry an'Azy. 13 Nentin'ireo tagny Anasy Izy aloha,
satria izy da rafozan-dahin'i Kaiafa, zay mpisorogny be tamin'io taogny io. 14 Sady Kaiafa da e nagnome hevitry e Jiosy fa
tsara kokoa raha misy ologny raiky maty ho an'e fokonolo. 15 Nagnaraky an'i Jesosy Simona Petera, sady nagnano akô zany
avakoa gne mpianatry raiky hafa. Sady lalan'e mpisorogny be zany mpianatry zany, sady niditry niaraky tamin'i Jesosy
tao ame kianjan'e mpisorogny be izy; 16 fa Petera da nijoro tao ambadik'e vavahady. Noho zany e mpianatry hafa, zay
lalan'e mpisorogny be, da nijotso ka niresaky tame mpanompo vavy zay mpiambigny gne vavahady sady nitondra an'i
petera hiditry. 17 Avy eo e mpanompo viavy, mpiambigny gne vavahady, nizaka tamin'i Petera hoe: "Anao koa me tsy raiky
ame mpanatrin'io lelà io?" Hoy izy hoe: "Tsy izy iao." 18 Sady nijoro teo ireo mpanompo da ireo mpiandry raharaha, sady
nandrehitra afon'arigny indreo, satria nangatsiaky gne andro; ka nagnafana gne vatan-dreo. Petera koa niaraky
tamindreo, nijoro teo sady nanafagny e vatagnany 19 Nagnontany an'i Jesosy momba ireo mpianatriny da gne
fampianarany gne mpisoronabe. 20 Jesosy namaly an'azy hoe: "Nizaka ampahibemaso tamizao tontolo zao Iao.
Nampianatry mandrakariva tao ame Synagoga da tao ame tempoly Iao zay nifampitaonan'e Jiosy rehetra. Tsy nisy
nozakaiko tame takogny. 21 Nahoagny anao gne magnotany Anah? Agnontanio an-dreo zay naregny Anah momba zay
nozakaiko. Eteo, ireo ologny ireo da mahalala zay nozakaiko." 22 Refa avy nizaka zany Jesosy, da nisy raiky tamin'ireo
mpiandry raharaha nijoro teo namelaky tehamaigny an'i Jesosy sady nizaka hoe: "Zany ve gne fomba hamalianao gne
mpisorogny be?" 23 Jesosy namaly an'azy hoe: "Raha nizaka raha diso Iao, mijoroa vavolombelogny amin'zany diso zany,
fa raha marigny, nahoagny anao mamely Anah?" 24 Aveo Anasy nandefa an'Azy mifatotry nandeha amin'i Kaiafa e
mpisorogny be. 25 Sady nitsangagny Petera ka nanafagny gne tegnany. Aveo hoy ireo ologny tamin'Azy: "Anao koa me tsy
raiky amin'ireo mpianatriny?" Nanda zany izy sady nizaka hoe: "Tsy izy iao." 26 Raiky tamin'ireo mpisoronabe, zay
havan'e lelà nokapain 'i Petera gne sofigny , nizaka hoe: "Tsy hitako niaraky tamin'Azy tao ame saha me anao?" 27 Avy eo
Petera nandà koa, sady avy da nagneno gn'akoho. 28 Aveo nindesin-dreo tao ame Kaiafa ho agny agnaty rova Jesosy. Mbola
mandraigny be gne andro tamin'zany, sady indreo da tsy niditry tso agnaty rova mba tsyho voaloto fa efa nihinagny gne
paska. 29 Ka nijotso teo amindreo i Pilato ka nizaka hoe: "Ino gne fiampangagny indesinareo manohitry ty lelà ty?" 30
Namaly indreo sady nizaka hoe: "Raha tsy mpanao ratsy io lelà, da tsy natolotranay anao." 31 Noho zany Pilato nizaka
tamin-dreo hoe: "Hindesinareo Izy, sady tsarao araky gne lalànareo." Hoy ireo Jiosy tamin'Azy hoe: "Tsy ara-dalàgny ho
anay gne manolotry ologny ho ho faty." 32 Nizaka zany indreo mba hahatanteraky gne zakan'i Jesosy zay nozakainy mba
hizakàny hoe karazagny fahafatesagny akô ino gne hahafatesany. 33 Aveo niditry tao agnaty rova koa Pilato ka nangaiky
an'i Jesosy sady nizaka hoe: "Anao me gne mpajakan'e Jiosy?" 34 Jesosy namaly hoe: Magnontany avy ame tegnanao me
anao, sa nisy hafa nizaka anao momba Anah?" 35 Pilato namaly: "Tsy Jiosy iao, sa tsy zany" Gne fokonolonao da ireo
lohan'e mpisorogny gne natolotry anao taminà. Ino gne nataonao?" 36 Jesosy namaly hoe: "Gne fanjakako da tsy avy eto
ami'zao tontolo zao. Fa raha mba ao agnatin'zao tontolo zao gne fanjakako, da hiady ireo mpanompoko mba tsy
hanoloragny Anah amin'ireo Jiosy. Fa amin'zao fotoagny zao gne fanjakako da tsy avy ety." 37 Aveo Pilato nizaka tamin'Azy
hoe: "Mpanjaka sady me zany Anao?" Jesosy namaly hoe: "Voalazanao fa mpanjaka Iao. Fa ho amin'zany tanjogny zany
gne nahaterahako, sady ho am'zany antony zany gne niaviako eto amin'zao tontolo zao, mba hijoroako vavolombelogny
ame fahamarinagny. Ireo agnaby zay an'e fahamarinagny da miteno gne feoko." 38 Pilato nizaka tamin' Azy hoe: " Ino gne
atao hoe marigny?" Refa avy nizaka zany izy, da nijotso koa sady nizaka tamin'ireo Jiosy hoe: "tsy mahita heloky amin'ty
lelà ty iao. 39 Fa managny fomba zay hagnafahako ologny raiky ho aminareo ame paska. Noho zany tianareo me gne

hagnafahako aminareo gne mpanjakan'e Jiosy?" 40 Aveo nikiaky mafy koa indreo sady nizaka hoe: "Tsy io lelà io fa
Barabasy." Sady Barabasy da mpangalatry.

Chapter 19

1 Avy eo nentin'i Pilato Jesosy da novangoiny. 2 Nandrary satroky fantsy gne miaramila. Napetrakindreo tame lohan'i
Jesosy izany sady nampisikigny lamba voloparasy an'Azy indreo. 3 Nagnotany an'Azy indreo sady nizaka hoe: "Arabaigny ,
ro mpanjakan'e Jiosy!" sady namango an'Azy indreo. 4 Avy eo nijotso indraiky Pilato da nizaka tamindreo hoe: "Indro,
indesiko aminareo eto ambadiky Izy hahalalanareo fa tsy mahita heloky amin'Azy iao. 5 Da nijotso i Jesosy, nagnisy e
feloha fantsy izy ame lamba voloparasy. Hoy i Pilato tamindreo: "Indro, ity e lelà!" 6 Refa hitan'e lohan'e mpisorogny izy
ame manamboninahitry i Jesosy, da nikoiky mafy indreo da nizaka hoe: "Fantsio Izy, fantsio Izy!" Da hoy i Pilato
tamindreo hoe: "Alainareo Izy da fantsio agny, fa iao tsy mahita heloky amin'Azy." 7 Namaly an'azy e Jiosy hoe: "Managny
lalagny atsika, sady arak'e lalagny da tokony ho faty Izy satria mitogno tegna ho Zanak'Andriamanitry." 8 Refa regnin'i
Pilato izany fagnambaragny izany, da nianatahotry izy 9 sady niditry tao ame lapam-panjakagny indraiky izy da nizaka
tamin'i Jesosy hoe: "Avy aia gne fiavianao?" Kanefa tsy nagnome valiny an'azy i Jesosy. 10 Avy eo Pilato nizaka tamin'Azy
hoe: "Tsy managny ambara aminà izany anao? Tsy lalanao me fa managny fahefagny hagnafaky Anao iao, sady fahefagny
hantsiky Anao?" 11 Namaly an'azy Jesosy hoe: "Tsy managny fahefagny aminà anao raha tsy nomegny anao avy agny
ambony izany. Noho izany, izay nanoltry Anà taminao da managny heloky tena zakabe." 12 Tamizany valin'e zaka izany, da
niezaky gne hagnafaky an''Azy Pilato, ga nikoiky mafy gne Jiosy, nagnano hoe: "Raha afahanao io lela io, da tsynaman'i
Kaisara anao. Izay olo agnaby magnano gne tegnany ho mpanjaka da manohitry an'i Kaisara. 13 Refa regnin'i Pilato io
zaka io da nentiny nijotsoJesosy sady napetrakiny tame seza fitsaragny izay antsovagny hoe:"lampivato", fa ame zaka
hebreo da hoe "Gabata." 14 Sady avy gn'andro fagnoamagnagny gne paska, teo ame lera faha enina teo. Hoy Pilato tame
Jiosy hoe: "Indro ity gne mpanajakanareo!" 15 Nikoiky mafy indreo hoe: "Apetrao Izy, apetrao Izy, Fantsio Izy!" Hoy Pilato
tamindreo hoe: "Tokony hamantsiky gne mpanjakanareo izany iao?" Namaly gne lohan'e mpisorogny hoe: "Tsy managny
mpanjaka hafa tsy i Kaisara iay. 16 Avy eo da natolotr'i Pilato andreo ho fantsiagny i Jesosy. 17 Avy eo nalaindreo Jesosy,
sady nandeha nijotso izy, nibata gne hazo fijaliagny, ho agny ame toeragny antsovagny hoe "toeran'e karandoha,"izay
antsovagny ame hebreo hoe "Golgota." 18 Nofantsindreo tagny Jesosy, sady nisy lelà roy hafa niaraky tamin'Azy, raiky
isak'e ilany , da i jesosy gne t'ategnategnany. 19 Nanoratry famantaragny avakoa i Pilato da nametraky an'izany tame hajo
fijaliagny. Izao gne vosorstry teo : JESOSY LAT'A NAZARETA, E MPANJAKAN'E JIOSY. 20 Maro tamindreo jiosy gne namaky
an'izany famantaragny izany satria tsy lavitry gne tanagny gne misy gne toeragny namatsiagny an'i Jesosy. E
famantaragny da nosoratagny tame Hebreo, Latina, da Grika . 21 Avy eo hoy gne lohan'e mpisorogn'e Jiosy tamin'i Pilato
hoe: "Ka soratagny hoe : "Mpanjakan'e Jiosy , fa aleo hoe: 'ity raiky ity da nizaka hoe: "Iao gne mpanjakan'e Jiosy."'"" 22 Da
namaly i Pilato hoe: "Izay voasoratriko da voasoratriko." 23 Refa nofantsian'e miaramila Jesosy, da nendahandreo gne
lambany, da nozaraindreo efatry, da samby managny raiky agnaby indreo, sady e gn'akanjo avakoa. Sady tsisy rirany e
gn'akanjo, fa jaitry raiky avao. Avy eo nikoragny indreo hoe: "Aleo tsy trivatitsika 24 ity, fa aleo agnamboaragny loka
ahitagny gne mahazo an'azy." Niboky izany mba hahatanteraky gne vozakan'e soratry masigny izay mizaka hoe: "
Nifampizarandreo gne lambako sady nagnamboarandreo loka gne fitafiako." Izany gne nataon'e miaramila. 25 Sady
nitsangagny takaikin'e hajo fijalian'i Jesosy gne reniny, gne ravavindreniny, Maria vadin'i Klopa, sady Maria Magdalena. 26
Refa nahita gne reniny izy ame pianatry izay tiany nitsangagny takaiky teo Jesosy, da nizaka tamin'endriny Izy hoe:
"Raviavy indro, gne zanakao lahy!" 27 Avy eo hoy Izy tama pianatry hoe: "Indro, gne reninareo!" Sady tamizany lera izany
da nalain'e mpianatryho agny amin'azy izy. 28 Tafaran'izany, refa nahafantatry fa vita gne raha agnaby da mba ho
tanteraky gne soratry masigny, da hoy Jesosy hoe: "Te hinondrano iao." 29 Sady nisy tavoara feno divay masigny nipetraky
teo amin'io toeragny io,da nsiandreo divay masigny gne eponjy da notohizany tame hysopa sady napetapetany tame
vavan. 30 Refa ninagny e vinegra Jesosy da hoy Izy hoe: "Efa vita." Nohondrikiny gne lohanysady niala gne fagnahiny. 31
Satria andron'e fihomanagny tamizany, da mba tsy hijanogny eo ame hazofijaliagny mandritry gne sabata (Satria gne
sabata da andro manan-daja manokagny) gne faty, da nangataky tamin'i Pilato e jiosy aveo, gne mba hanapahagny gne
tpmbokindreo sady hangalagny andreo. 32 Avy eo nagnatogny gne miaramila da nanapaky gne tombok'e lela voalohany
izy ame lela faharoy izay nofantsiagny niaraky tamin'i Jesosy. 33 Refa nagnatogny an'i Jesosy indreo, da nahita f'efa maty
Izy, da tsy notapahindreo gne tombokiny. 34 Kanefa, nisy miaramila raiky nanindrogny gne vavoninytame lefogny, sady
tonga da nisy ra da rano niraraky. 35 E raiky izay nahita izany da nijoro vavolombelogny, sady marigny gne fagnambarany.
Fantatry fa marigny izay nozakainy mba hinoanareo avakoa. 36 Fa io raha agnaby io gne niboky mba ahatanteraky gne
soratry masigny hoe: "Tsy hisy ho tapaky ndre da raiky ame tolagniny aza". 37 Sady mbola, misy soratry masigny hafa
mizaka ho: "Indreo da hagnety an'Azy izay nolefognindreo." 38 Tafaran'io raha io, Josefa lat'agny Arimatia, hatram'e naha -
pianatr'i Jesosy an'azy( fa tao ame mangingigny nohon'e fatahoragny gne Jiosy), nagnotany an'i Pilato raha afaky
mangalaky gne vatan'i Jesosy izy.Nomen'i Pilato alalagny izy. Da avy Josefa sady nangala gne vatany. 39 Avy tagny avakoa
Nikedemosy, izy izay avy voalohany hagnety an'i Jesosy gne harivan'igny. Sady ninday menaky magnitry da vahogny izy,
teo ame zato litatry teo gne fatrany 40 Da nalaindreo gne vatan'i Jesosy sady namosogny an'izany tame lambam-paty da
raha magnitry. arak'e fomba fandevenagny Jiosy. 41 Sady teo ame toeragny namatsiagny an'Azy da nisy saha ; sady teo ame

saha nisy kobory vaovao izay mbola tsy nandevegnan'olo. [42] Satria andron'e fiomagnan'e Jiosy tamizany sady satria
akaiky gne kobory, da nalevindreo tao Jesosy.

Chapter 20

[1] Raha vao mandraigny gn'andro voalohany amign'erign'andro, raha mbola mizigny igny, da nandeha ame kobory Maria
Magdalena sady nahita e vato efa niala lavitry gne kobory izy. [2] Noho izany da niazakazaky izy sady nagnatogny an'i
Simona Petera izy ame mpianatry hafa izay tian' i Jesosy da hoy izy tamindreo hoe: "Nalaindreo tao ame kobory gne
Tompo, sady tsy lalanay e nagnasiandreo an'Azy." [3] Avy eo nandeha nijotso Petera izy ame mpianatry hafa, sady nandeha
amekobory indreo. [4] Samby niazakazaky indreo, sady nihoafan'e mpianatry hafa nalaky i Petera da izy gn'avy voalohany
tegny ame kobory. [5] Avy eo niondriky izy, sady nahita e lamba-paty nipetraky teo, fa tsy mbola niditra tao agnatiny izy. [6]
Avy tafarany i Simona Petera daniditry tame kobory. Hitany nipetraky teo e lamba-paty [7] izy ame lamba nanigny tame
lohany. tsy niara-nipetraky tame lamba-paty izy fa nifogno ho azy teo tame toerany. [8] Avy eo gne mpianatry hafa raiky
gn'avy voalohany tame kobory, niditry t'agnatiny avakoa sady nahita da nino izy. [9] Fa hatramin'io fotoagny io indreo da
tsy mbola nahalala gne soratry masigny avao fa izy da tsy maintsy hitsangagny ame maty. [10] Da nandeha nody t'andragno
indraiky e mpianatry. [11] Fa Maria da nitsangagny nitomagny tambadik'e kobory. raha izy nitomagny igny, da niondriky
tame kobory. [12] Nahita anjely roy misikigny lamba fotsy nidoboky izy, gne raiky tame lohany, sady gne raiky tame
tombokiny tame toeragny nagnisiagn'e vatan'i Jesosy. [13] Hoy indreo tamin'azy hoe: "E raviavy , nagnino anao mitomagny?"
Hoy izy tamindreo hoe : "Satria nentindreo gne Tompoko, sady tsy lalako izay nagnisiandreo an'Azy." [14] Refa avy nizaka
an'izany izy, da nitodiky sady nahita an'i Jesosy nitsangagny teo, fa tsy lalany anefa hoe i Jesosy. [15] Hoy Jesosy tamin'azy
hoe: "Ra viavy, Nagnino anao mitomagny sa? Fa ia gne hitenao? Noheveriny fa gne mpiambigny anefa Izy, da hoy izy
tamin'Azy hoe: "Tompoko , raha Anao gne nangalaky an'Azy, da ambaray ana gne nagnasihanao an'Azy, fa ho alaiko agny
Izy." [16] hoy i Jesosy tamin'azy hoe: "Maria." NItodiky izy, sady nizaka tamin'Azy tame zaka hebreo hoe: "Rabony" (izay
midika hoe: "Mpampianatry.") [17] Hoy i Jesosy tamin'azy hoe: "Ka mikasiky Ana , fa tsy mbola niakatry agny ame Ray iao, fa
mandehana agny ame rahalako sady zakay amindreo fa hiakatry agny ame raiko izy ame rainareo Iao, sady
gn'Andriamanitriko, da Andriamanitrareo." [18] Nandeha Maria Magdalena da nizaka gne mpianatry hoe: "Nahita gne
Tompo iao", sady io raha agnaby io gne nozakainy tamin'azy. [19] Sady hariva tamizay, tamin'io andro io, gn'andro
voalohany ame gn'erignandro, sady varangaragny izay nisygne mpianatry, da nihidy nohon'e fatahoragny gne jiosy,
Nagnatogny Jesosy sady nitsangagny teo ategnategnandreo da nizaka andreo hoe: "Fiadanagny ho anareo." [20] Refa avy
nizaka an'izany Izy, da nambarany andreo gne tagnany izy ame rarafony.Faly gne mpianatry refa nahita gne Tompo. [21]
Avy eo Jesosy nizaka andreohoe: "Fiadanagny ho anareo. Ako gne nagnirahan'e Ray Ana, gne agnirahako anareo avakoa"
[22] Refa avy nizaka an'izany Jesosy, da nitsoka gne fofon'aigny tamindreo sady nizaka andreo hoe: "Raiso gne Fanahy
Masina. [23] Ndre helok'ia ndre helok'ia gn'avelanareo, da ho voavela indreo; sady ndre ia ndre ia tsy avelanareo, da tsy
voavela indreo," [24] Tomasy, raiky tame roambifolo, nantsoigny hoe Didymo, da tsy niaraky tamindreo refa tonga Jesosy. [25]
Gne mpianatry hafa avy eo nizaka tamin'azy hoe: "Hitanay gne Tompo." Hoy izy tamindreo hoe: "Raha tsy hitako egny
ame tagnany gne loakin'e fantsiky, sady mametraky gny rambon-tagnako ao agnatin'e loakin'e fantsiky iao, sady
maganapetraky e tagnako gne tagnako eo ame rarafony , da tsy hino iao." [26] Valo andro taty afara da tao indraiky gne
mpianatriny sady niaraky tamindreo Tomasy. Nagnatog Jesosy raha nihidy e varangara, sady nitsangagny niaraky teo
amindreo sady nizaka hoe: "Fiadanagny ho anareo." [27] Avy eo nizaka an'i Tomasy Izy hoe: "Magnatogna aty miaraky ame
tagnanao sady apetray eto ame rarafoko izany. Ka kidy finoagny, fa minoa ." [28] Tomasy namaly da nizaka an'Azy hoe:
"Tompoko da Andriamanitriko." [29] Hoy i Jesosy tamin'azy hoe: "Satria nahita Ana anao, da nino. Sambatry gne tsy nahita,
nefa mino.' [30] Amizao fotoagny izao Jesosy da nagnano famantaragny maro hafa teo agnatrehan'e mpianatriny,
famantaragny izay tsy voasoratry tao agnton'ity boky ity, [31] fa izany da voasoratry mba hahalalanareo mino fa Jesosy, gne
Kristy, gne Zanak'Andriamanitry, sady refa mino an'Azy anareo, da hahazo gne fiainagny ame gn'agnarany.

Chapter 21

[1] Tafaran'io raha io i Jesosy da nibôky tamireo mpianatry indraiky teo ame ranomasign'i Tiberiasy. Akô izao gne fomba
niboahany : [2] Simona Petera da niaraky tamin'i Tomasy izay antsovagny hoe Didymo, Natanaela avy agny Kana agny
Galilia, gne zanak'i Zebedio, da gne mpianatr'i Jesosy roy hafa. [3] Hoy i Simona Petera tamindreohoe: "Handeha hagnarato
iao." Da hoy indreo tamin'azy hoe : "Iay, koa, handeha hagnaraky anao." Da lasa indreo sady niditry tao an-dakagny raiky,
fa tsy nahazo ndre ino ndre ino indreo nandritry gn'aligny.
[5] Da hoy i Jesosy tamindreo hoe : "E Koraolà, tsy manakoanigny me anareo?" Namaly an'Azy indreo hoe: "tsisy." [6] Hoy izy
tamindreo hoe: "Atsipazo eo ame sisiny ankavanan'e lakagny gne haratonareo, da hahazo anareo." Da natsipindreo gne
haratondreo sady tsy nahavita nampiakatry an'izany tao nohon'e hamaroan'e laoky andrano . [7] Avy eo hoy e mpianatry
izay tian'i Jesosy tamin'i Petera hoe: "Gne Tompo io." Refa regnin'i Simona Petera fa gne Tompo io, da nampiditry
gn'ambonin'e lambany izy(satria tsy nisikigny izy), da nitsambikigny tagnatin'e ranomasigny. [8] Gne mpianatry hafa
niditry an-dakagny(satria indreo tsy lavitry gne tanàgny, teo amin'e roan-jato hakiho teo), sady nisintogny gne harato
feno laoky an-drano. [9] Refa tafakatry an-tanàgny indreo, da nahita afo foroagny tegny sady laoky an-drano teo amboniny,
miaraky ame mofo. [10] Hoy Jesosy tamindreo hoe: "Mindesa laoky an-drano maromaro ame vao azonareo teo." [11] Da

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

niakatry Simona Petera sady nisintogny ambohitry gne harato , izay feno laoky an-drano zakabe;153. Tena maro be,
kanefa tsy rivatry gne harato. [12] Hoy Jesosy tamindreo hoe: "Avia hinagny mandraigny." Tsy nisy tamindreo mpianatry
nasàky nagnotany an'Azy hoe: "Ia me Anao? " Lalandreo fa gne Tompo io. [13] Nagnatogny Jesosy, nangalaky gne mofo, sady
nagnome an'izany andreo, akô izany koa gne laoky andrano. [14] Fagnitelony amin'io gne niboahan'i Jesosy tame mpianatry
tafaran'e nitsanganany tame . [15] Refa avy ninagny e hanigny mandraigny indreo, da hoy i Jesosy tamin'i Simona Petera
hoe: "Simona zanak'i Jaona, tia Anà mihôtry andreo me anao?" Hoy i Petera tamin'Azy hoe: "Eka rô Tompo, lalanao fa tia
Anao iao." Hoy i Jesosy tamin'azy hoe: "Fahano gne ondriko." [16] Nizaka tamin'azy fagnindroany indraiky Izy hoe: "Simona
zanak'i Jaona , tia Anà me anao?" Hoy i Petera tamin'Azy: "Eka rô Tompo , lalanao fa tiako Anao." Hoy i Jesosy tamin'azy
hoe: "Karakaray gn'ondriko." [17] Nizaka tamin'azy fagnitelony Izy hoe: "Simona, zanak'i Jaona, tia Anà me anao?" Da
nalahelo i Petera satria jesosy nagnano intelo tamin'azy hoe: "Tia Anà me anao?" Da hoy izy tamin'azy hoe: "Tompo, Anao
mahalala gne raha agnaby ,lalanao fa tiako Anao." Hoy i Jesosy tamin'azy hoe: "Fahano gn'ondriko." [18] Zakaiko aminao
marigny da marigny tokôtry, Tame anao mbola tanora, da zatry nampiditry raiky gne lambanao sady nandeha tamizay
tianao, fa refa ne-antitry anao, da hagnatatry gne tagnanao, sady olo-kafa gn'ampisikigny anao izy ame hinday anao
amizay tsy tianao andehanagny." [19] Sady Jesosy nizaka an'izany mba hahalalagny hoe ame karazagny fahafatesagny akô
ino gne hagnomezan'i Petera voninahitry an'Andriamanitry. Refa avy nizaka an'izany Izy, da hoy Izy tamin'i Petera hoe:
"Magnaraha Anà." [20] Nitodiky Petera da nahita e mpianatry izay tian'i Jesosy nagnaraky andreo, e raiky izay niakigny
agnilan'i Jesosy avakoa da tao ame fihinanagny sady nagnano hoe: "Tompo, iza e raiky hamadiky Anao?" [21] Nahita an'azy
petera da hoy izy avy eo tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, ino gne ho anin'io lela io?" [22] Hoy i Jesosy tamin'azy hoe: "Raha tiako
hipetraky izy mandra- peviako, da midika ino aminao izany? Magnaraha Anà." [23] Da niparitaky teo ame mpirahala izany
zaka izany, fa tsy ho faty io mpianatry io. Nefa i Jesosy tsy nizaka tamin'i Petera fa tsy ho faty e mpianatry hafa, fa hoe:
"Raha tiako hipetraky izy mandra-peviako , da midika ino aminao izany?" [24] Izy e mpianatry izay nijoro vavolombelogny
momba io raha io , izy ame e nanoratry io raha io , ary lalatsika fa marigny gne fagnambarany. [25] Misy raha maro hafa
koa izay namboarin'i Jesosy. Raha voasoratry tsiraidraiky aby izany, da heveriko fa ndre da izao tontolo izao aza tsy
homby gne boky izay ho soratagny.

# Acts

## Chapter 1

[1] ne boky nosoratako taloha, rô teofilo, da magnambara gne raha natombok'i Jesosy izy ame nampenariny agnaby, [2]
hatrame andro nampiakaragny an'Azy,avy eo da nandidy gn'Apostoly izay nofidiny tame alalan'e Fanahy Masina Izy. [3]
Tafaran'e nijaliany, da nagnabôky gne tegnany velogny tamindreo Izy niaraky tame porofo mandresy lahatry maro.
Nibôky tamindreo Izy nandritry gne andro efapolo andro, sady niresaky momban'e fanjakan'Andriamanitry. [4] Refa
nihaogny niaraky tamindreo Izy, da nandidy andreo tsy hiala ao jerosalema, fa handigny gne fampagnategnan'e Ray
momban'izay, nozakainy hoe: "Naharegny taminà anareo [5] fa nagnano batisa tame rano tokôtry i Jaona, fa anareo da
tokony hanīgny batisa ame Fanahy Masina ao antin'e andro vitsy". [6] Refa tafavory niaraky indreo da nagnotany an'Azy
indeo hoe: "Tompo, izao me gne fotoagny hameregnanao gne fanjakagny ho an'Israely? " [7] Hoy Izy tamindreo hoe: " Tsy
anareo gne hahalalagne fotoagny ndre gne vanin'andro izay notendren'e Ray tme fahefagny manokagny. [8] Fa refa avy
kosa gne Fanahy Masina da hahazo hery anareo, ka ho lasa vavolombeloko eran'e Jerosalema izy am'i Jodia raiky
manontolo sady Samaria, da hatragny ame faran'e tany. " [9] Refa nizaka an'izany raha izany i Jesosy Tompo, da
niandrandra indreo, nakarigny Izy, sady gne rahogny nanakotry an'Azy tamasondreo. [10] Raha mbola nihandra igny indreo
tame nandehanany, tampoky teo, nisy roy lahy nisikigny fotsy nitsangagny tagnilandreo. [11] Nizaka indreo hoe: "Ralelà avy
agny Galilia, magnino anareo mitsangagny eto magnety gne lagnitry? Igny Jesosy nalaigny taminareo izay nampiakarigny
agny andagnitry igny, da hiverigny akô gne nahitanareo an'Azy niakatry agny an-dagnitry teo igny. [12] Avy eo indreo da
niverigny tagny Jerosalema avy tao ame vohitry Oliva, izay eo akaikin'i Jerosalema, mitovy ame dia andro sabata raiky. [13]
Refa avy indreo, da niakatry tao ame efitry ambony rihagny, izay nipetrahandreo. Indreo da i Petera, Jaona, Jakoba,
Andrea, Filipo, Tomasy, Bartolomeo, Matio, Jakoba zanak'i Alfeo, Simona Zelota, da i Jodasy zanak,i Jakoba. [14] Nitambatry
ho raiky izy agnaby, sady nazoto nivavaky. tagnatin'izany gne viavy, Maria endrin'i Jesosy, izy amireo rahalany. [15]
Tamizany andro izany i Petera da nitsangagny tategnategnan'e rahalany, eo ame gn'olo120 eo, sady nizaka hoe [16] : "O
rahala, tena nilaigny gne fahatanterahan'e Soratry Masigny, izay nambaran'e Fanahy Masina meloha tame vavan'i Davida
momba an'i Jodasy, izay ninday gn'olo nisambotry an'i Jesosy." [17] Fa agnosan'e raiky amitsika izy sady nahazo gn'anjarany
tamizao fanompoagny izao." [18] (Amizao fotoagny izao io lela io da nividy tanim-boly tame vola azony tame faharatsiagny
izy, sady lavo nitrosogny teo izy, da nisokatry sady nipoky gne vatany, sady nivoraky aby gn'olokiny. [19] Gn'olo agnaby tao
Jerosalema da naharegny gne momba an'izany, sady nagnatso an'io tanim-boly io tame fizakandreo hoe: "Akeldama",
izany hoe: "Tanim-bolin-dRa") [20] F'efa voasoratry ao ame Bokin'e Salamo hoe: "Avelay ho fogny gne tanim-boliny, sady
k'avela ndre da olo raiky aza hipetraky ao'; Avelay ho azon'olo-kafa gn'andraikitriny." [21] Noho izany, da ilaigny, gne raiky
ame lela niaraky tamitsika nandritry gne fotoagny agnaby nidiran'i Jesosy Tompo izy ame nialany teto amitsika, [22]
hatrame batisan'i Jaona ka hatrame andro nekarany teo amitsika, da tsy maintsy vavolombelogny miaraky amintsika
ame fitsanganany." [23] Sady nametraky roy lahy indreo, da i Josefa natsoigny hoe Barsabasy, na koa ho Josto, da i Matia [24]
Nivavaky indreo sady nizaka hoe: "Anao, Tompo o, gne mahalala gne fon'olo agnaby, ka ambaray izay hofidinao amizy

roy lahy 25 mba handray gne toeragny ato amizao fanompoagny izao izy ame maha Apostoly nohon'e fandikagny lalagny
izay namboarin'i Jodasy handeha ho agny ame toeragny manokagny. 26 Indreo da niloka ho andreo, sady nilatsaky tam'i
Matia gne filokagny, sady voisa ho Apostoly raiky ambin'ny folo izy.

Chapter 2

1 Rehefa avy gne andron'e Pantekosta, nivory tame toeragny raiky indreo aby. 2 Tampoky teo lat'andagnitry nisy feo akô
rivotry mafy nifofofofo, da nameno gne tragno manontolo izay nipetrahan-dreo izany. 3 Nisy afo akô lela maro izay
nizarazara, da nipetraky t'ambonin-dreo kiraidraiky aby. 4 Indreo aby da feno gne Fagnahy Masigny da nanomboky
nizaka tamin'e fizaka maro samy hafa, araky gne nomen'e Fagnahy Masigny hizakan-dreo. 5 Da nisy Jiosy izay nipetraky
ta Jerosalema, olon'Andriamanitry, avy ame firenegny maro ambanin'e lanitry. 6 Rehefa nandre anizany feo zany, da avy
niaraky gne vahoaky sady sahiragny e saigny satria gne kiraidraiky da samy naharegny andreo nizaka tamin'e fizakany
aby. 7 Indreo da talanjogny sady gaga; nizaka hoe: "Marina, fa tsy gne olo aby mizaka io me gne Galileanina? 8 Nagnino
gne naharegny andreo asika, ame fizakantsika tsiraikiraiky aby izay naha zakabe antsika? Partianina sy Medianina 9 da
Elemita , da indreo mipetraky agny Mesopotamia, agny Jodia da Kapadokia, agny Ponto da Asia, 10 Frygia da Pamfylia,
agny Egypta da Libya hatrany amin'e Kyrena, da indreo mpitsidiky avy e Roma, 11 Jiosy sy Proselyta, Kreatana sy Arabo,
da regnitsika mikoragny ame fizakantsika momba gne asa zakabe anin'Andriamanitry. " 12 Indreo da gaga sady sahiran-
tsaigny; da nifampiresaky indreo hoe: "Ino e dikan'izany?" 13 Fa gne sasany nagneso sady nizaka hoe: "Indreo da mamon'e
divay vaovao." 14 Fa i Petera nitsangagny niaraky tamin-dreo raik'ambin'ny folo, nampiakatry gne feony, sady nizaka
tamin-dreo hoe: "9 lelàn'i Jodeo sy anareo aby mipetraky eto Jerosalema, Aoka ho fantanarei izao, tandreo gne zakako aby
io. 15 Ho an'e olo tsy mamo araky gne heverinareo, fa vatany vô ora fahatelo amin'e andro izao. 16 Fa izao gne vôzaka
tamin'i Joela mpamimany: 17 'Amin'e andro farany,' Andriamanitry mizaka hoe: 'Halatsakiko amin'e olo aby gne
Fagnahiko. Indreo zanakareo là sy gne zanakareo viavy da haminany, gne zatovonareo da hahita fahitagny, da gne lelà
antitrinareo hagnonofy nofy. 18 Akô izany avakoa gne amin-dreo mpanompoko viavy am'ireo andro ireo. Halatsakiko gne
Fagnahiko, da indreo da naminagny. 19 Iao da hampiseho raha mahagaga egny ame lagnitry ambony da famantaragny
egny ame tany ambany, rà, afo, da enton-tsetroky. 20 Gne masoandro da ho lasa hizigny da gne volagny ho lasa rà, mialoha
gn'andro zakabe sady miavaky hiavian'e Tompo. 21 Da gne olo aby izay mangaiky gn'agnaran'Andriamanitry da ho
voavonjy. 22 Ry olon'Israely, tenomy izao zaka zao: Jesosy lat'e Nazareta, gne olo nampisehoagny anareo tamin'e
gn'alalan'Andriamanitry mba ho marigny amin'e gn'asa lebe aby, da gne famantaragny aby izay nanin'Andriamanitry
taminazy antegnategnanareo, araky gne fantatrin'e tegnanareo. 23 Io lelà io da natolotry gne drafitr'Andriamanitry izay
efa nomanigny mialoha sy gne fahalalany, da gne tagnan'e mpadika lalàgny da anareo, namono anazy tame
famantsihagny anazy tamin'e hazo fijaliagny. 24 Fa Andriamanitry nanangagny Anazy, nagnafaky Anazy tamin'ireo
fanaintaignan'e fahafatesagny, satria sarotry ho Anazy e niala tam'izany. 25 Fa i Davida mizaka momba anazay hoe,
"Nahita gne Tompo teo anoloako isan'andro iao, fa eto an-tagnak'avanako Izy ka tsy tokony hangozohozo iao. 26 Da tena
faly gne foko sady niravoravo gne lelako. sady koa, gne nofitriko hivelogny amin'e fahatokiagny. 27 Fa tsy nilôzanao ho
agny amin'e Fiainagny tsy hita gne Fagnahiko sady tsy hamela gne Raiky Masigninao ho lo anao. 28 Nampahafantatry anà
gne lalan'e fiainagny Anao; Anao da hameno fifaliagny anà amin'e gn'endrikiko. ' 29 Ry ralà, afaky mikoragny aminareo
am-pitokiagny momba an'i Davida Patriarika iao: efa maty izy gne nalevigny, da gne koboriny da eto amintsika
mandrak'androany. 30 Noho izany, mpaminany izy sady fantany fa efa nitangegny tamin'Andriamanitry, fa gne taranakiny
gne ho eo amin'e seza fiandrianagny. 31 Efa hitany izany da nikoragny momba gne fitsanganan'i Kristy tame fahafatesagny,
'sady izy tsy navela tam'e fiainagny tsy hita, sady tsy nagnano gne nofotriny hontratrin'e fahaloavagny. ' 32 Io Jesosy io-
Andriamanitry gne nanangagny Anazy, vavolombelogny amin'izany anay aby,. 33 Noho izany rehefa nasandratry gne
tagnak'avanan'Andriamanitry Izy da nandray gne Fagnahy Masigny nampagnantegnainy avy tamin'e Ray, efa narotsakiny
izany, izay hitanareo sady regninareo. 34 Fa i Davida da tsy niakatry t'andagnitry, fa izy nizaka hoe: 'Gne Tompo nizaka
tamin'e Tomoo, "midoboa eto ame tagnako ankavanako, 35 mandra-pagnamboarako gne fahavalonao ho fipetrahan'e
tongotrao. "' 36 Noho izany, aoka ho fantatr'e rehetra indrindra gne tragnon'Israely fa Andriamanitry gne nagnano Anazy
ho Tompo sady Kristy, gne Jesosy izay nombohanareo. " 37 Rehefa naharegny anizany indreo, voatsindrogny gne fon-dreo,
da nizaka tamin'i Petera sy ireo apostoly ambiny hoe: "Ralà, ino gne tokony ho aninay?" 38 Avy eo petera nizaka tamin-
dreo hoe: "Mibebaha magnamboara batisa, anareo tsiraidraiky aby, amin'e gnagnaran'i Jesosy Kristy ho famelagny gne
fahotanareo, sady handresanareo gne fagnomezan'e Fagnahy Masigny. 39 Fa gne fampangnantenagny da ho anareo sy gne
zanakareo da indreo aby izay lavitry, ka ho maro gne olo izay ho angian'e Tompo Andriamanitsika. " 40 Niaraky tame zaka
maro hafa gne nijoroany ho vavolombelogny sady nandrisihany andreo; nizaka izy hoe, "Vonjeo gne tegnanao am'ity
taranaky ratsy fagnahy ity. " 41 Da indreo nandray gne zakany da nanigny batisa, da tokony fagnahin'olo teo amin'e telo
arivo teo ho eo gne nampiagny tamin'io andro io. 42 Nanohy sady niharitry gn'asa fitoriagny gn'apostoly indreo, teo ame
fanapahagny gne mofo sy gne fivavahagny. 43 Avy tamin'e fagnahin'e tsiraidraiky gne tahotry, sady fahagagagny da
famantaragny maro gne vita tamin'e gn'alalan' e apostoly. 44 Indreo aby nino da nivory sady nanagny raha nitovy, 45 sady
indreo da nivarotry gne taniny sy gne fanagnany da nizara izany tamin-dreo aby, araky gne nilainy aby. 46 Da isan'andro
isan'andro da nitohy nanompo tamin'e fomba fagnitegny mitovy tao ame tempoly indreo, sady nanapaky gne mofo

t'andragno, da nizara hanigny tame fifaliagny sy fo feno fanetren-tegna; [47] Nidera an'Andriamanitry sady nahazo
fankasitrahagny tamin'e gn'olo aby. Isan'andro gne Tompo da nagnampy gne isan-dreo voavonjy.

Chapter 3

[1] Da Petera sy i Jaona niakatry tame fiangonagny tamin'e lera fivavahagny, gne lera faha sivy. [2] Da nisy lela raiky nalemy
hatramin'gne nahateraky anazy netigny isan'andro tame Vavahady Tsaran'endriky e fiangonagny, mba hangataky
fagnomezagny ara-bola amin'gne olo izay mandea am-piangonagny. [3] Rehefa naita an'i Petera sy Jaona izay handeha
hiditry gne fiangonagny, da nangataky fagnomezagny ara-bola tamindreo izy. [4] Nagnety gne masony niaraky tamin'i
Jaona i Petera da nizaka hoe: "Iteo iay" . [5] E lela malemy nagnety andreo, nagnategna gne ahazo avy amindreo. [6] Nefa i
Petera nizaka hoe: "Volafotsy sy Volamena gne tsy hanagnako, nefa gnanagnako, gne homeko anao. Amin'gne
agnaran'Jesosy Kristy avy a Nazareta, mandiana." [7] Nandray anazy tame tagnany hakavanagny, i Petera nanagnagny
anazy, tonga da lasa natanjaky gne tongotrin'e lela sy gne kitrokeliny. [8] Nitsambikigny, e lela malemy da nitsangagny da
nanomboky nandea; sady niaraky niditry tamin'i Petera sy i Jaona tam-piangonagny izy, nandea, nitsambikigny, sady
nidera an'Andriamanitry. [9] Gne olo marobe da nahita anazy nandea sy nidera an'Andriamanitry. [10] Tsikaritrin-dreo fa izy e
lela nangataky fagnomezagny ara-bola tamin'olo tame Vavahady Tsaran'gne fiangonagny; da tena gaga sy talanjgny
indreo nohon'gne ra nitranga taminazy. [11] Da noho izy nitazogny an'i Petera sy Jaona gneolo marobe da nitarodrotry
nagnatogny andreo tame fialofagny izay nantsoigny hoe fialofan'i Solomona gne olo marobe, sady tena gaga. [12] Rehefa
naita anizany i Petera da namaly gn'olo hoe: "Anareo vahoakan'Israely, nagnino ra gaga anareo? Nagnino gne masonareo
ra mandiniky anay, ako hoe herinay na fahamasinanay manokangny gne nampandeha anazy? [13] Gne Andriamanitry
Abrahama, sy an'Isaka, da an'i Jakoba, gne Andriamanitrin'gne raintsika, nagnome voninahitry an'i Jesosy mpanompony.
Izy gne natolotrinareo sy nolavinareo tanoloan'i Pilato, tamin'izy nanapa-kevitrygne handefa anazy. [14] Nolavinareo gne
raiky izay Masina sy Maria da naleonareo nangataky gne mpamono olo mba ho alefa ho anareo. [15] Novonoinareo gne
Mpagnorigny e fiainagny, izay natsangan'Andriamanitry tame maty_da vavolombelon'izany iay. [16] Amizao, nohon'gne
finoagny amin'gne agnarany_ gne lela izay hitanareo sy fantatrinareo_igny agnaragny igny avao gne nahatonga anazy
hahery. Gne finoagny avy amin'i Jesosy gne nagnome izao fagnasitragnana feno izao ho anazy agnatrehanareo marobe. [17]
Amizao, ralah, fantariko fa nagnano izany anareo nohon'gne tsy fahalalanareo, ako gne nanin'gne mpitondraanareo
avakoa. [18] Fa gne ra izay nozakain'Andriamanitry mialoa tame vavan'gne mpaminany marobe, hoe tokony hojaly e Kristy,
da efa tanteraky aminizao. [19] Mibeba, noho izany, da miveregna, mba ho vofafa gne fahotanareo, mba ho tonga gne
fotoagny mahavelombelogny anatrehan'gne Tompo; [20] da handefa an'e Kristy izay voatendry ho anao izy, da i Jesosy. [21] Izy
gne tsy mentsy ho resin'gne lagnitry ambara-pahatongavan'gne lera fameregnana ame loany gne ra marobe, momban'gne
ra nizakain'Andriamanitry taloa tame vavan'gne mpaminany masina. [22] Nizaka marina i Mosesy hoe: 'Gne Tompo
Andriamanitry da hanagnagny mpaminany ako ana avy amin'gne rahalanareo. Anareo hiteno gne ra marobe izay ho
zakainy aminareo. [23] Hitranga gne hoe gne olo marobe tsy miteno izany mpaminany izany da ho ringagny tanteraky tsy
ho ao amin'olo.' [24] Eka, da gne mpaminany marobe nanomboky tamin'i Samoela sy gne zay tonga tafarany, da nizaka mafy
sy nagnambara gne andro. [25] Anareo gne zanakin'gne mpaminany sy gne fagnekegny izay nanin'Andriamanitry tamin'gne
razambe, araky gne nozakainy tamin'i Abrahama hoe: 'Ame tarankinao da ho tahigny gne fianakaviagny marobe eran-
tany.' [26] Tafaran'gne nananganan'Andriamanitry gne mpanompony, da nandefa anazy ho anareo aloha izy, mba hita
anareo ame fialanareo amin'gne faharatsianareo."

Chapter 4

[1] Raha nikoragny tamin'gne fokonolo i Petera sy Jaona, da tonga gne mpisorogny sy gne lehiben'gne mpiambigny e
fiangonagny da gne Sadoseo. [2] Vignitry be indre noho i Petera sy Jaona nampianatry gne fokonolo sy nitory gne
fitsanganagny ame maty tamin'gne alalan'i Jesosy. [3] Nosamborigny indreo da nihiditry tam-ponja mandrapahatongan'gne
marina, satria efa hariva gn'andro tamin'izany. [4] F'izy maro tamin'olo naharegny gne hafatry e nino; da gne isan'e lela
izay nino da dimy arivo teo ho eo. [5] Da omarain'igny da niotriky ta Jerosalema gne mpanapakin-dreo, olombe da gne
mpanora-dalagny. [6] Teo i Anasy mpisoronabe, Kaiafa, Jaona, sy Aleksandro sy gne marobe havan'gne mpisoronabe. [7] Ra
nalefa tategnategnany i Petera sy Jaona, da nagnotany andreo hoe: "Aminin'gne hery ino, na amin'gne agnaragny ino, gne
nagnamboaranareo anizany?" [8] Aveo i Petera, feno gne Fagnahy Masina, da nizaka andreo hoe: "Anao mpanjaka e
fokonolo, sy gne lohologny, [9] raha nagnotaniagny momban'gne asa soa naninay tamin'io lela narary io iay tamin'io andro
io_tame fomba akoignaia gne nahasitragny io lela io? [10] Da aoky ho fantatry nareo marobe da gne fokonolon'Israely maro,
fa tamin'e agnaran'i Jesosy Kristy avy agny Nazareta, izay nifantsianareo, gne natsangan'Andriamanitry tame
maty_tamin'e alalany gne ijoroan'ity lela ity amasonareo etoa.' [11] Jesosy Kristy da vato izay naninareo mpanagnatragno
tsinotsinona f'izy efa nanigy ho loahan'gne vato fehizoro. [12] Da tsy misy famonjegny avy ame hafa, fa tsy misy agnaragny
hafa ambanin'gne lagnitry nomen'e olo izay tsy maintsy havovonjy antsika". [13] Da rehefa nahita gne fasahian'i Petera sy
Jaona indreo, da natsapa fa olo tsotry, olo tsy nianatry, da gaga indreo, nahafantatry fa niaraky tamin'i Jesosy i Petera sy
Jaona. [14] Satria indreo naita e lela izay sitragny nitsanga niaraky tamindreo, da tsy naita ho zakaigny hanoheragny izany
indreo. [15] Fa rehefa avy nandidt gneapostoly hiala gne fivorian'gne filan-kevitry indreo, da nifampikoragny indreo. [16] Hoy
indreo hoe: "Ino gne tokony ho anigny am'itoa lela toa? Nohon'gne fahagagagny vita tamn'gne alalan-dreo da


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

fantatrin'gne olo maro mipetraky Jerosalema etoa, da tsy hafaky manda anizany isika. [17] Fa mba tsy hiparitahan'izany
amin'gne fokonolo, da hatsika isika hampitandrigny andreo mba tsy hizakan-dreo izany agnaragny izany esanaky. [18]
Nangiagny hiditry Petera sy Jaona da nizakainy indreo tsy nizaka sy tsy hampianatry amin'gne agnaran'i Jesosy esanaky.
[19] F'izy namaly andreo i Petera sy Jaona nizaka hoe: "Raha marigny anatrehan'Andriamanitry gne magneky anareo
mihoatry Anazy, da anareo gne mitsara. [20] Tsy hafaka gne hijanogny tsy hizaka gne momba e ra hitanay st regninay iay." [21]
Tafaranin'gne fampitandremagny an'i Petera sy Jaona, da napetraky nandea indreo. Fa tsy nahita ra hagnasaziagny
andreo indreo, satria nidera an'Andriamanitry gne fokonolo nohon'gne ra vitany. [22] E lela niagny gne fahagagagny sy
fagnasitranagny da nihotry gne efa-polo taogny. [23] Tafaran'gne nagnafahagny andreo, da tonga tame fokonolo i Petera sy
Jaona da notaterigny andreo gne ra nizakain'gne lohan'e mpisorogny sy gne lohologny tamin-dreo. [24] Rehefa regnin-dreo
izany, da niaraky nanandratry gne feon-dreo ho an'Andriamanitry indreo da nizaka hoe: "Tompo, anao gne nagnano e
lagnitry sy e tany sy gne ranomasigny, sady gne ra marobe aminazy. [25] Nizaka tame alalan'gne Fagnahy Masina tamin'gne
vavan'e mpanomponao, gne raintsika Davida Anao hoe: 'Nagnino vignitry gne firenena Jentilisa, sy gne olo mieritreritry
ra tsy misy ilagny anazy?' [26] Anareo mizaka hoe: Gne Mpanjakan'gne tany da nitambatry, da gne mpanapaky da
nivondrogny hanihitry e Tompo, sy hanohitry gne Kristianina.' [27] Fa efa i Heroda sy Pontsy Pilato, izay niaraky tamin'gne
jentilisa sy gne fokonolon'i Israely, gne nivory tatanagny hanohitry an'i Jesosy mpanomponareo, izay nosoranareo. [28]
Niaraky nivory indreo mba hagnano gne ra maro nanin'gne tagnanareo sy gne drafitry nareo izay izay efa notahin-dreo
ho anigny mialoha. [29] Amizao, Tompo, iteo gne fampitandreman-dreo da omeo gne mpanomponao mba hizakany e
zakanao ame fasahiagny tanteraky. [30] Amparo gne tagnanao mba hagnasitragny, da hagnome gne famantragny sy
fahagagagny ame alalan'e agnaran'i Jesosy mpanomponao masina." [31] Rehefa avy nivavaky indreo, da nihozongozogny
gne toeragny nivorian-dreo, da feno gne Fgnahy Masina indreo marobe da nizaka tame zakan'Andriamanitry ame
fasahiagny. [32] Da raiky fo sy fagna gne olo marobe izay nino. Tsy nisy nizaka fa gne ra izay azony da anazy raiky, fa ra
niarahan-dreo nanagny. [33] Niaraky tame hery zakabe gne nagnambaran'gne apostoly e fijoroan-dreo vavolombelogny
momba gne fitsanganan'i Jesosy Tompo tame maty, sady fahasoavagny zakabe gne tamindreo marobe. [34] Tsy nisy olo
sahiragny tamin-dreo, fa izay nanagny tany na tragno da navidy sady nitondra gne volon'e ra lafo. [35] Da napetraky tame
tongotrin'e apostoly, sady nozaraigny tame olo kiraikiraiky arakin'gne ilain-dreo [36] Josefa, Levita raiky, lela avy ta Sipra
izay natsovan'e apostoly hoe Barnabasy (izay midika hoe Zanaky lelan'gne Fampaherezagny), [37] nivarotry tany sy
nitondra gne vola da nametraky anazy tame tongotrin'gne apostoly.

## Chapter 5

[1] Fa nisy lelà raiky nantsovagny hoe Ananiasy, niaraky tamin'i Safira vadiny, nivarotry anjara tany, [2] da notazomigny e
sasany tamin'e vola vidiny (gne vadiny avakoa nahalala an'izany), sady ninday gn'ampahany hafa tamin'izany da
nametraky anazy teo ame tongotrin'e apostoly. [3] Fa Petera nizaka hoe: "Ananiasy, nagnino da nofenon'i Satana vandy gne
fonao havandy amin'e Fanahy Masigny, da hitagna gn'ampahany tamin'e vidin-tany? [4] Raha mbola tsy lafo izany, tsy
nijanogny ho fanagnanao manokagny me zany, da refa lafo izany, tsy tamin'e fahefanao me izany? Akôgnaia gne
nieritreretanao an'izany ra zany tamin'e fonao? Tsy navandy tamign'olo anao, fa tamin'Andriamanitry." [5] Raha naharegny
io zaka io, da lavo tamin'e tany Ananiasy da afaky gn'aigny, da tahotry zakabe gne tamin'izany rehetra naregny an'izany. [6]
Da ireo tovolà da niroso da namosagny lamba anazy, da nintindreo nijotso izy da nalevigny. [7] Tafaran'e lera telo teo ho eo,
da niditry gne vadiny, mbola tsy nahafantatry izay niseho. [8] Petera nizaka tamin'azy hoe: "Zakay anà Raha izany gne
namarotanareo e tany." da hoy izy: "Eka, noho izany." [9] Aveo i Petera nizaka an'azy hoe: "Nagnino anareo nagneky hiara-
hitsapa gne gne Fagnahin'e Tompo? Indro, gne tongotrin'e olo izay nandevigny gne vadinao da eo ame varangara, da
hagnajotso anao indreo. [10] Da lavo teo noho eo tamin'e tongotriny izy da afaky gn'aigny. Refa niditry tao ireo tovolà, da
nahita an'azy maty, da ninday anazy nijotso sady nandevigny anazy tagnilan'e vadiny. [11] Raiki-tahotry gne fiangonagny
manontolo, izy ame rehetra izay naharegny an'izany raha zany. [12] Famantaragny sady fahagagagny maro gne nibôky
tamin'e fokonolo tamin'e alalan'e tagnan-reo Apostoly. Niaraky tamin'e fialofan'i Solomon's indreo. [13] Fa tsy nisy olo hafa
nanagny fahasahiagny hiaraky amindreo; kanefa, e vahoky da nanandratry fankasitrahagny ambony andreo. [14] Da
vômaiky nihamaro gne mpino izay nagnampy isa ny Tompo, andian-delà sy viavy, [15] da nentin-dreo tegny ame lalagny
hatramin'e marary da nampatorian-dreo tambony fandria sy farafara, da mba refa mandalo i Petera da mety hanaloky e
sasany amin-dreo gne alokiny. [16] Teo avakoa da maro gne vahoaky gne niaraky tonga avy ao ame tanàgny magnodidigny
an'ny Jerosalema, ninday gne marary izy am'izay nampahoriagn'e fagnà maloto, sady da sitragny izy rehetra. [17] Fa
nitsangagny gne mpisorogny be, izy amn'izay niaraky tamin'azy (izay sekta an-dreo sadoseo); sady feno fialognany indreo
da [18] nisambotry an-kery ireo apostoly, da nampiditry andreo tagny ame tragno mizigny. [19] Da nadritrin'e aligny da nisy
anjelin'e Tompo nanokatry gne varangaragn'e figandragny sady nagnajotso andreo tao, sady nizaka hoe: [20] "Mandàna,
mitsangana ao amin'e fiangonagny da mitsangana amin'e olo gne zaka rehetrn'ity fiainana ity." [21] Refa naregny an'izany
indreo, da niditry tao amin'e fiangonagny indreo Raha vô mandraigny gn'andro da nampianatry. Fa avy gne mpisorogny
be, izy am'izay niaraky tamin'azy, da nangaiky gne filan-kevitry rehetra, gne lohologny rehetra e vahoakn'Israely, da
nalefa tagny ame fikadragny mba hamoaky ireo apostoly. [22] Fa nony avy e mpiandry raharaha da tsy nahita andreo tao
ame figadragny, da nipody indreo da nitatitry hoe: [23] "Nahita gne tragno mizigny nihidy tsara iay da gne mpiambigny da
nitsngagny nandigny tame varavaragny, fa refa novahanay zany, tsy nahita olo tagnatiny iay. [24] Da refa naharegny

an'izany gne lehiben'e mpiambigny e fiangonagny izy ame mpisorogny be, da very hevitry tanteraky indreo nahakasiky
gne raha mety hitranga. [25] Fa nisy olo avy da nizaka tamin-ndreo nagnano hoe: "Ireo lelà izay naninareo tao ame tragno
mizigny da nitsangagny ao amin'e fiangonagny sady nampianatry gne vahoaky. [26] Da lasa gne lehiben'e mpiambigny
niaraky tamin'ireo mpiandry raharaha, da ninday andreo nipody, fa tsy tamin'e herisetra, satria natahotry gne vahoky
indreo sao da ho torahagny vato. [27] Refa ninday andreo indreo, da mandefa andreo tagnatrehan'e filan-kevitry.
Nagnadihady andreo gne mpisorogny be, [28] nizaka hoe: "Noraranay mafy anareo mba tsy hampianatry amin'io agnara io,
kanefa, nofenoanareo e fampianaranareo i Jero salema ho topmon'andraikitry amin'e ran'io lelà io iay." [29] Fa i Petera izy
ame apostoly namaly hoe: "Iay da tokony hagneky an'Andriamanitry noho g e olo. [30] Gne Andriamanitry razanay
nanangagny an'i Jesosy izay novonoinareo !tamin'e fagnatognagny an'Azy tamin'e hazo. [31] Andriamanitry nanandratry
an'Azy tamin'e tagnan-kavanagny mba ho Tompo sy Mpamojy, mba hagnome fibebahagny ho an'Israely, sady hamelagny
gne heloky. [32] Iay da vavolombelogny gne amin'izany raha zany, sady avakoa gne Fanahy Masina, izay
nomen'Andriamanitry ho andreo magneky an'Azy [33] Raha naregny an'izany indreo tao amin'e filan-kevitry, da vignitry
indreo da nitady hamono ireo apostoly. [34] Fa sy Fariseo raiky natsovagny hoe Gamaliela, mpampianatry lalàgny, izay
nanjain'e olo aby, nitsangagny da nandidy gne apostoly mba ho alaigny avoaky tsela agny ivelany. [35] Da izy nizaka
tamindreo hoe: "Lelà Israely, tandremo tsara gn'amin'e raha izay ho haninareo miaraky amin'ireo olo reo. [36] Fa taloha
tagny, Teodasy nizaka gne tegnany ho raha, sady vondron'olo, tokony ho efa-jato, nagnaraky an'azy. Novinigny izy, da gne
rehetra izay nagneky an'azy da niparitaky sady lasa tsinotsinogny. [37] Aveo io lelà io, Jodasy avy agny Galilia da
nitsangagny tamin'e andron'e fagnisagny da nitogny olo maromaro hagnaraky anazy. Izy avakoa da novinigny, da indreo
rehetra izay nagneky an'azy da nipetraky. [38] Da am'izao da zakaiko aminareo, magnalavira an'ireo lelà reo da apetray
raiky indreo, fa raha avy amin'e olo io drafitry na io asa io, da ho fôgny izany. [39] Fa ra ho avy amin'Andriamanitry kosa, da
tsy hoazonareo foagnagny ireo; mety ho hitanareo azaky fa miady amin'Andriamanitry anareo." Da resy lahatry indreo. [40]
Da nangaiky an'ireo apostoly indreo da namango sady nandindy andreo tsy hizaka amin'e agnaran'i Jesosy, da nametraky
andreo handeha. [41] Indreo da niala gne filan-kevitry tame fifaliagny satria mendriky gne hinday fahafam-baraka ho
an'Ilay Agnara. [42] Tafaran'izay isan'andro, tsy nitsahatry nampianatryady nitory an'i Jesosy ho Kristy indreo, teo ame baza
malalakin'e fiangonagny sady tamin'e tragno maro.

Chapter 6

[1] Da tamin'izany andro izany, rehefa nitomby gne isan'e mpianatry, da nanomboky nisy fitaraignana nataon'gne Jiosy
mizaka Grika hanoheragny gne Hebreo, satria nanin-dreo tsinotsino gne mpivanitry tame fizaragny hanigny isan'andro. [2]
Gne roy ambin'ny folo da nangaiky gne mpianatry marobe ho amin-dreo sady nizaka hoe: "Tsy mety antsika raha miala
gne zakan'Andriamanitry mba hikarakara gne latabatry. [3] Noho izany anareo anareo da tokony mifidy, e ralah, fito
aminareo, lela tsara laza, feno gne Fagna sy fahendregny, mba ho fidinay hikarakara izany raharaha izany. [4] Raha
gnaminay, da hanohy fezay ame fivavahagny sy ame fampianaragny gne zaka iay." [5] Nafinaritry ane olo maro gne zaka
nanin-dreo. Da nifidy an'i Stefana indreo, lela feno finoagny sy Fagna Masina, da i Filipo, Prokoro, Nikanora, Timona,
Parmena da Nikoleo, proselyta avy ta Antiokia. [6] Gne mpino da nitondra gne lela tagnatrehan'gne Apostoly, gne nivavaky
sy nametraky gne tagnany tamin-dreo. [7] Da niparitaky gne zakan'Andriamanitry, da gne isan'e mpianatry ta Jerosalema
da nitombo be, sady mpisorogny maro be koa gne lasa magneky e finoagny. [8] Da i Stefana, feno fahasoavagny sy hery, da
nagnano fahagagagny sy famataragny zakabe tame fokonolo. [9] Da nisy fokonolo sasany nitsangagny izay an'gne synagoga
izat anigny hoe gne Synagogan'e Libertina, sy an'e Kyreniana sy Aleksandriana, da gne sasany avy a Kilikia sy Asia. Ireo
olo ireo da niady hevitry tamin'i Stefana. [10] Indreo da tsy nahatohitry gne fahendregny sy gne Fagna izay nizakany i
Stefana. [11] Aveo da nisy olo nagnamboaran-dreo kolikoly mba hizaka hoe: "Efa regninay i Stefana nizaka ratsy momban'i
Mosesy sy Andriamanitry." [12] Nanaitry gn'olo indreo, gne olombe, sy gne mpanora-dalagny, da nagnatogny amin'i Stefana
indreo sady nisambotry anazy sy nitondra anazy tanatrehan'gne mpanolotsaigny. [13] Da indreo da nitondra fijoroagny
vavolombelogny diso, da nizaka hoe: "Ity lela ity da tsy mijanogny mizaka ratsy anity toeragny masigny ity sy gne lalàgny.
[14] Fa iay da naharegny anazy nizaka fa io Jesosy avy a Nazareta io da handrava anitiky toeragny itiky sy hagnova gne
fomba izay natolotr'i Mosesy antsika." [15] Gne maro izay mipetraky tamin'gne toeran'e mpanolontsaigny da nandiniky
anazy ka nahita fa ako gn'anjely e tareny.

Chapter 7

[1] Gne mpisorognibe nizaka hoe: "Marigny me izany rehetra izany?" [2] Stefana nizaka hoe: "Ry ralà sy ry aba, tenomy iao:
"Gn'Andriamanitrin'e voninahitry nibôky tamin'e abantsika Abrahama tamin'izy te Mesopotamia, talohan'e nipetrahany
ta Harana; [3] nizaka taminazy Izy hoe: "Mialà amin'e taninao anao miaraky amindreo fianakavianao, da mandehana agny
ame tany izay abôkiko anao. " [4] Avy teo niala gne tanin'ny Kaldeana izy sady nipetrky te Harana; nanomboky teo,
tafaran'e nahafatesan'e abany, nindesin'Andriamanitry tagny amin'io tany io izy, izay ipetrahanao izao. [5] Tsy nomeny ho
lova teo izy, tsia, tsy ampy hametrahagny tongotry minsy. Fa nagnome toky izy_ ndre da mbola tsy nanan-janaky aza i
Abrahama fa_izy da hagnome gne tany anazy ho fanagnany sy ho an-dreo taranakiny afara agny. [6] Andriamanitry da
nikoragny taminazy akô izao, fa indreo taranakiny da hipetraky maharitry agny ame tanin'e firenegny hafa, sady indreo
mponigny amignao da hinday andreo amin'e fagnandevozagny sy fampahoriagny mandritry gne efa-jato taogny. [7] 'F'izy


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

ho tsaraiko gne firenegny izay tompon-dreo, ' hoy Andriamanitry, 'da afaran'izany da hagnantogny sady hidera Anà eo
amin'io toergny io indreo. 8 Avy eo nomen'Andriamanitry an'i Abrahama gne fagnekegny amin'e famoragny, ka i Arahama
da lasa aban'Isaka ary namora anazy tamign'andro fahavalo; Isaka da lasa aban'i Jakoba, ary Jakoba lasa aban'ireo
patriarika roy ambin'ny folo. 9 Satrio indreo patriarika da nialogny an'i Josefa, ka navidindreo tany Egypta izy; fa
Andriamanitry da niaraky taminazy 10 sady namonjy anazy tamin'e olagniny aby. I Josefa da nomeny fankasitrahagny sy
fahendregny tamason'i Farao, mpanjakan'Egypta, izay nametraky anazy ho governora manapaky an'Egypta sy ambonin'e
fanagnany aby. 11 Da avy gne mosary nagneniky an'Egypta sy Kana, sady fijaliagny zakabe, ary indreo razantsika da tsy
nahita sakafo. 12 Fa rehefa naharegny i Jakoba fa nisy vary tao Egypta, nandefa andreo razantsika tamin'e dian-dreo
voalohany izy. 13 Tame dian-dreo faharoy i Josefa nampahafantatry gne tegnany tamin-dreo ralàny, da gne fianakavian'i
Josefa da lasa fantatrin'i Farao. 14 Josefa da nagniraky andreo ralàny hizaka an'i Jakoba abany mba hoavy agny Egypta,
niaraky amindreo rahavaviny aby, teo amin'ny dimy ambin'ny fitopolo olo raha atambatry. 15 Noho izany i Jakoba da
nidigny tao Egypta, da maty izy, izy miaraky ame razantsika. 16 Nolanjaigny ho e Sekema indreo da nalevigny tame koboro
izay novidian'i Abrahama tamin'e volafotsy tamin'ireo zanak'i Hamora ta Sekema. 17 Rehefa nagnakeky gne fotoane
fampangnantenagny, gne fampianaragny nanin'Andriamanitry tamin'ny Abrahama, da nihamaro sady nitombo gne olo ta
Egypta, 18 mandra-pitsanganan'e mpanjaka hafa tao Egypta, mpanjaka izay tsy nahafantatry gne momba an'i Josefa. 19 Io
mpanjaka io avao gne namitaky gne fokonolontsika sady nampahory andreo razantsika, indreo da nanery gne razantsika
hiala gne zanany ambavan'e loza mba tsy ho velogny. 20 Tam'izany fotoagny izany i Mosesy e teraky; izy da tsara teo
agnatrehan'Andriamanitry sady notezaigny telo volagny t'andragnon'i Abany. 21 Rehefa najotso ta ivelany izy, da gne
zanaky viavin'i Farao gne nanangagny sady niteza azy akô gne zanany là. 22 I Mosesy da nampianarigny gne fahendregny
aby nanagnan'ny Egyptiana, sady izy da nahery tame zakany sy gn'asany. 23 Ka rehefa ho efapolo taogny izy, avy tagnatin'e
fony gne hitsidiky e ralàny, zanak'Israely. 24 Nahita israelita raiky izay nampahoriagny ka niaro anazy i Mosesy sady
namaly gne nampahory anazy tame famonoagny ilay Egyptianina: 25 Nihevitry izy fa ho azon-dreo ralàny fa tamin'e
gnalalan'e tagnany Andriamanitry e nagnavotry andreo, f'izy da tsy azon-dreo izany. 26 Gn'andro magnaraky da avy
tamin-dreo Israelita sasany izy raha indreo nifanditry,; nagnandragny e nampitony gne tsiraikiraiky aby izy, nizaka hoe:
"Ry lelà, anareo da mpirahalà, magnino me anareo raha mifandratry?" 27 Fa gne raiky nagnano e tsy nety tame namany
nanosiky anazy, da nizaka hoe: " Ia gne nanendry anao ho mpanapaky sady hitsara anay? 28 Tianao me gne hamino anà,
akô gne namonoanao gne Egyptiana omaly? " 29 Nilefa i Mosesy rehefa naregny an'izany; lasa mpiavy izy tame tanin'e
Midiana, e niterahany gne zanany roy lahy. 30 Rehefa dila gn'efapolo taogny, nisy anjely raiky nibôky tame tany foagnh
tegny tame tendrombohitry Sinay, teo ame lalafon'e voaroy nirehitry. 31 Rehefa tsinjon'i Mosesy gn'afo, talanjogny izy
tame fahitagny; da rehefa nagnantogny izy ka nagnety ilay izy, indro avy agny nisy feon'e Tompo nizaka hoe: 32 "Iao
gn'Andriamanitry gne razagninao, Andriamanitr'Abrahama, da Isaka, ary Jakoba. " Nangovitry i Mosesy sady tsy nasahy
nagnety. 33 Gne Tompo nizaka taminazy hoe: "Alay gne kapa ame tongotrinao, fa io toeragny izay hitsangananao io da tany
masigny. 34 Efa hitako tokôtry gne fijalian'e fokonolo izao ao Egypta, regniko gne fitaraignan-dreo, da efa nidigny
nagnavotry andreo Iao; ka ankehitrinh, alefako ho agny Egypta anao. " 35 Io e Mosesy gne tsy neken-dreo, rehefa nizaka
indreo hoe: "Ia gne nanendry anao ho mpanapaky sady ho mpitsara?" Izy e tokagny izay nalefan'Andriamanitry sady ho
mpanapaky no mpagnavotry. Andriamanitry nandefa anazy tamign'alalan'e tagnan'e gnanjely izay nipoitry tamin'i
Mosesy tegny ame voaroy. 36 Nitariky andreo hiala ta Egypta i Mosesy, rehefa avy nagnano fahagagagny sy nandea tame
ranomasigny mena, sady tegny agn'efitry nandritry gn'efapolo taogny. 37 Io avao ilay Mosesy e nizaka tamin'e
fokonolon'Israely hoe: "Andriamanitry da hanangagny mpaminany ho anareo ame ralànareo, mpaminagny akô ana. "' 38
Izy gne lelà izay tagnatin'e fiangonagny tao agn'efitry niaraky tame gn'anjely izay nizaka tame fizaka amin'e
tendrombohitr'i Sinay. Izy gne lelà niaraky tamine zanantsika; izy gne lelà nandray gne zaka velogny zaraigny ho antsika.
39 Izy gne lelà izay tsy nankasitrahan-dreo razantsika; natosikin-dreo lavitry andreo izy, sady ame fondreo da niverigny
tany Egypta indreo. 40 Tamin'io fotoagny io nizaka tamin'i Arona indreo hoe: "Hagnamboary Andriamanitry anay hitariky
anay, akô i Mosesy, izay nitariky antsika hivoaky an'ny Egypta, tsy fantantsika izay niseho taminazy. " 41 Da namb9try
aomby là kidy indreo tamin'izany andro izany sady ninday fagnatitry teo amin'ilay sampy, da nifaly tame gn'asan'e
tagnany indreo. 42 Nitodiky Andriamanitry da namela andreo mba ho fideragny gne kintagny egny an-dagnitry, arak'e
voasoratry ta ame bokin'e mpaminany: "Anareo me nanolotry anà biby maty sy fagnatitry nandritry gne efapolo taogny
tao agn'efitry, tragnon'e Israely? Nekenareo gne tabernakelin'i Moloka da gne kintagnin'Andriamanitry Refana, da gne
sary maro izay aninareo hideragny anazy, da izpao hinday anareo any ankotran'Babylona. " 44 Gne razantsika da nanagny
tabernakidin'e fijoroagny vavolombelogny tame tany foagny, arak'e baikon'Andriamanitry rehefa nizakaka tamin'i
Mosesy Izy, izay tokony naniny nitovy tame fomba efa hitany. 45 Io e tragnolay izay nalain'e razantsika, da nindesigny tao
ame tany niaraky tam'i Josoa, t'agnatrehan'e razantsika, gne fanagnan'e firenegny izay nandroahan'Andriamanitry gne
tany izay noraisin-dreo ho fanagnan-dreo manokagny, Ilay tragnolay da nitoetry tao ame tany nandritry gne andron'i
Davida, 46 da izy nahazo fankasitrahagny tao ame fahitan'Andriamanitry sady nagnontany raha hahita toeragny
hipetrahagny ho an'Andriamanitr'i Jakoba. 47 Fa i Salomona gne magnamboatry gne tragno ho an'Andriamanitry. 48 Ndre
da izany aza, gn'Ambony indrindra da tsy nipetrky tagnatin'e tragno vita tamin'e tanagnagny, arak'e nozakain'e
mpaminany hoe: 49 "Gne lagnitry e seza fiandrianako, da gne tany e fidoboan'e tongotriko. Trano akô ino gne afaky
hamboarinao ho anà? hoy gne Tompo, na toeragny akô ino gne hijanognako? 50 Tsy tagnako me gne nambôtry anio raha
marobe io? 51 Gne olo aby mahery hatoky sady tsy voafora agnaty fo sy sofigny, anareo da nanohitry fezay gne Fagnahy

Masigny; anareo da magnano akô gne nanin'e razanareo. [52] Ia tamin'e razagninareo gne tsy magnenjiky mpaminany? Nivonin-drei gne mpaminany izay nibôky talohan'e fevisan'e Fahamarinagny, da aminizao anareo da lasa mpamadiky sady mpamono anazy avakoa, [53] anareo fokonolo izay nandray gne lalàgny napetrakin-dreo anjely, f'izy tsy notananareo izany. " [54] Da rehefa naharegny gne raha aby io gne mpikambagny ame filan-kevitry, tohigny gne fondreo, da nihidy vazagny indreo tamin'ny Stefana. [55] Fa izy, izay feno Fanahy Masigny, nagnety tsara gne lagnitry da nahita gne voninahitr'Andriamanitry, da nahita an'i Jesosy nitsangagny t'ankavanan'Andriamanitry. [56] Stefana nizaka hoe: "Iteo, itako misokatry gne lanitry, da gne zanak'olo mitsangagny ankavanan'Andriamanitry. " [57] Tamin'izany da nofopegnan-dreo mpikambagny ao ame filan-kevitry gne sofin-dreo, da nikiakiaky niaraky tame feo ambony, nihazakazaky indreo nandeha taminazy. [58] Notaritin-dreo ivelan'e tanàgny izy da nanomboky nitoray vato anazy indreo, da indreo vavolombelogny da nametraky gn'akanjony tame tongotr'ilay zaza là nangiagny hoe Saoly. [59] Raha nitoraky vato an'i Stefana igny indreo, nangaiky mafy gne Tompo izy sady nizaka hoe: "Tompo Jesosy, raiso gne fagnahiko." [60] Nandohaliky izy sady nangaiky tame feo mahery hoe: "Tompo, ka tazomigny izao ota izao hanoheragny andreo." Rehefa avy nizaka izany izy da resitory.

Chapter 8

[1] Nagneky gne fahafatesany i Saoly. da nanomboky tamio andro io gne fagnejeagny zakabe hanoheragny gne fiangonagny izay tao Jerosalema, sady gne mpino agnaby da niparitaky nagneragny gne faritry jodia izy ami Samaria, ankotrin'e Apostoly . [2] Gne lelà matahotry an'Andriamanitry da nandevigny an'i Stefana sady nagnano hira fisaonagny an'azy. [3] Fa Saoly da nanimba tanteraky gne fengonagny; nitety tragno izy sady nangala gne lelà izy ame viavy, sady nandefa andreo tagny am-pigadragny. [4] Fa gne mpino izay niparitaky da nandeha nitory gne zaka. [5] Filipo da nidigny tagny ame tanam-ben'i Samaria sady nitory an'i Kristy tamindreo. [6] Refa naharegny sady nahita gne famataragny izay namboarin'i Filipo gne fokon' olo maro, da nifantoky tsara tamizay nozakainy indreo. [7] Gne fagnahy maloto da nijotso tame maro izay nidirany, nitoreo mafy, sady maro tame malemy izy ame kilemaigny gne sitragny. [8] Noho izany da nisy fifaliagny zakabe tao ame tanam-be. [9] Fa nisy lelà raiky natsovagny hoe Simona tao ame tanam-be , izay vao tselatsela gne nihira aody; matetiky nagnano raha mahagaga gne fokon'olo tao Samaria izy, refa magnambara fa izy da olo manan-danja. [10] Gne Samaritana agnaby, manomboky ame kidy indrindra ka hatrame zakabe indrindra, da niteno tsara an'azy; da hoy indreo hoe: "Io lelà io da e fahefan'Andriamanitry izay antsovagny hoe Zakabe." [11] Indreo da niteno an'azy, satria izy da nahagaga andreo efa nandritry gne fotoagny ela tame gn'aodiny. [12] Fa refa nino an'i Filipo indreo noho izy nitory gne filazantsara momban'e fanjakan'Andriamanitry izy ame gn'agnaran'i Jesosy Kristy, da nanigny batisa indreo, ndre gne lela ndre gne viavy. [13] Na i Simona aza da nino, sady tafaran'e nagnamboaragny batisa an'azy da nijanogny niaraky tamin'i Filipo fezay izy. Refa nahita gne famantaragny izy ame asa zakabe izay niboaky izy, da gaga. [14] Sady refa regnin'e Apostoly ao Jerosalema fa nandray gne zakan'Andriamanitry i Samaria, da nalefandreo tagny amindreo i Petera izy am'i Jaona. [15] Refa nidigny indreo, da nivavaky ho andreo indreo, mba mety handresandreo gne Fanahy Masina. [16] Fa nandrapaha avy an'izany fotoagny izany, da mbola tsy nisy nilatsahan'e Fanahy Masina indreo; fa vita batisa tame gn'agnaran'i Tompo Jesosy fotsiny avao. [17] Avy eo i Petera izy am'i Jaona da nametraky gne tagnany teo amindreo, sady da nandray gne Fanahy Masina indreo. [18] Sady refa hitan'i Simona fa gne Fanahy Masina da natolotry teo an-tagnan'e apostoly tame gn'alalan'e fametrahagny tagna, da nomeny vola indreo. [19] Hoy izy hoe: "Omeo anà avakoa izany fahefagny izany, ka izay ametrahako tagna agnaby da mety handray gne Fanahy Masina." [20] fa hoy i Petera tamin'azy hoe: "Ho levogny miaraky aminao agny gne volafotsinao, satria anao nieritreritry gne hahazo gne fagnomezan'Andriamanitry ame gn'alalan'e vola. [21] Anao da tsy managny anjara na ampahany amizany raha izany, satria gne fonao da tsy marigny amin'Andriamanitry . [22] Noho izany mibebaha ame faharatsianao, sady mivavaha am'i Tompo, sao mba mety hamela gne fagnirian'e fonao Izy. [23] Fa iao mahita fa anao da vôpoizignin'e lolom-po izy ame vôfatotrin'e fahotagny anao." [24] Simona namaly sady nizaka hoe: "Mivavaha am'i Tompo ho anà, mba tsy hisy hiboky aminà gne raha nozakainao." [25] Refa nijoro vavolombelogny sady nagnambara gne zakan'i Tompo indro, da nipody tagny Jerosalema i Petera izy am'i Jaona, nitory gne filazantsara tame tanagny maro ao Samaritana. [26] Sady nisy anjelin'i Tompo nizaka tam'i Filipo sady nizaka hoe: "Mitsangana sady mandehana megnatsimon'e lalagny midigny avy agny Jerosalema megn'agny Gaza." (Io lalagny io da da agny ame tany fogny.) [27] Da nitsangagny izy sady nandeha . Indro, nisy lela avy agny Etiopia, tandapan'i Kandasy, mpanjaka vavin'e Etiopiana. Izy gne nendraikitry gne haregny agnaby. Avy tagny Jerosalema izy mba hidera. [28] Sady nody izy ka nipetraky teo ame saretiny, sady namaky gne zakan'Isaia mpaminany. [29] Sady gne fagnahy nizaka tam'i Filipo hoe: "Mandehana sady k'aza miala lavitry an'io sarety io." [30] Ka da nihazakazaky nagnatogny an'azy izy, sady naharegny an'azy namaky gne zaka tao amin'Isaia mpaminany, sady nizaka hoe: "Azonao me io vakinao io?" [31] Nizaka gn'Etiopiana nagnano hoe: "Akôgnaia gne hahalalako, raha tsisy olo mitari-dalagny anà?" Nengavy an'i Filipo izy mba hagnatogny gne sarety sady hipetraky hiaraky amin'azy. [32] Sady gne andalan-tsoratra masigny isay novakiny gne Etiopiana da nagnano hoe: "noetigny ho vonoigny akô gn'ondry izy ,sady akô gne zanak'ondry môgny eo aloan'e mpamono an'azy, noho izany da tsy nahazaka izy. [33] Fa tame fangala-baraka an'azy da nesorigny tamin'azy gne rariny. Ia gne afaky hamaritry tanteraky gne taranakiny? Nohon'e gn'aigniny nesorigny teto an-tany." [34] Noho izany da nagnotany an'e Tandapa i Filipo, nagnano hoe: "Magnotany anao iao, ia gne zakain'io mpaminany io, gne tegnany avao me, sa olo hafa?" [35] Nanomboky nizaka i Filipo, sady nanomboky tamizany soratra masina izany gne nitoriany gne filazantsara momba an'i Jesosy tamin'azy. [36] Refa nandeha


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tegny an-dalagny indreo, da nagnatogny tegny amizay nisy rano indreo sady hoy gne tandapa hoe: "Io , misy rano eto. Ino
gne manakagny anà tsy ho anigny batisa?" 37 (Fagnamarijhagny: Hoy i Filipo hoe: "Raha mino ame fonao agnaby anao, da
afaky anigny batisa." Gne Etiopiana namaly hoe:"Mino iao fa Jesosy Kristy gne Zanak'Andriamanitry.") 38 Ka nasain'e
Etiopiana najanogny gne sarety. Nidigny negn'agny ame rano indreo, i Filipo izy ame tandapa, sady nanin'i Filipo batisa
izy. 39 Refa niala gne rano indreo, da nentin'e Fagnahin'i Tompo i Filipo, ka tsy hitan'igny tandapa igny sanaky izy, fa
nandeha tame fifaliagny tegny ame lalagniny. 40 Fa i Filipo da nibôky tagny Azota sady nitety an'io faritry io izy, nitory gne
filazantsara magneragn'e tanam-be agnaby mandra-pahaviny tagny Kaisaria.

Chapter 9

1 Fa i Saoly, da mbola nizaka fandrahonagny fezay eka fa ndre hatrame famonoagny manohitry gne mpianatrin'i Tompo
azaky, nandeha tagny ame mpisoronabe 2 sady nagnotany andreo gne taratasy ho an'e synagoga tao Damaskosy, ka raha
mahita ndre ia ndre ia eo ame lalagniny izy, ndre lela ndre viavy, da indesiny hifatotry agny Jerosalema indreo. 3 raha
mbola nandeha izy, da izao gne niboky refa avy teo akekin'i Damaskosy izy, tampoky teo da nisy hazavagny
namirapiratry nagnodidigny an'azy avy agny an-dagnitry; 4 sady lavo tame tany izy ka naharegny feo nizaka tamin'azy
hoe:"Saoly, Saoly, nagnino anao da magnenjiky Anà?" 5 Saoly namaly hoe: "Ia anao, Tompo?" Hoy Gne Tompo: "Iao gne
Jesosy izay enjehinao,
6 fa mitsangàna, midira ao ame tanagny, sady hozakaigny aminao izay tsy maintsy ho amboarinao." 7 Gne lelà izay
niara'dia tam'i Saoly da nitsangagny tsy nahazaka, naharegny gne feo, fa tsy nahita ndre ia ndre ia. 8 Nitsangagny avhy
tame tany i Saoly, sady refa nanokatry gne masony izy, da tsy afaky nahita ndre ino ndre ino izy; ka notatagnandreo tame
tagnany izy sady nentigny tagny Damaskosy. 9 Tsy nahita izy nandritry gne telo andro, sady tsy nihinagny izy gne sady tsy
nindrano. 10 Sady nisy mpianatry tao Damaskosy antsovagny hoe Ananiasy. Nizaka tamin'azy tame fahitagny gne tompo:
"Ananiasy!" Hoy izy: "Indro, ity iao, Tompo." 11 Nizaka tamin'azy gne Tompo: "Mitsangàna, sady mandehana agny ame
lalagny izay anTsovagny hoe Mahitsy, da refa ao an-dragnon'i Jodasy da mangataha ame lelà avy agny Tarsosy
antsovagany hoe Saoly, fa mivavaky izy. 12 Efa nahita tame fahitagny gne fevian'e gn'olo antsovagny hoe Ananiasy sady
hametraky gne tagnany eo amin'azy, ka mety hahita indraiky izy. " 13 Fa namaly i Ananiasy hoe: "Tompo, efa nandre tame
maro momba an'io olo io Iao, mahakasiky gne ratsy naniny tame olonao masigny tao Jerosalema. 14 Nanagny fahefagny
tame lohan'e mpisorogny izy mba hisambotry izay olo agnaby magnatso gn'agnaranao eto." 15 Fa gne Tompo nizaka
tamin'azy hoe: "Mandehana, fa izy da fitaovagny nofidiko, mba hinday gn'agnarako eo alohan'e jentilisa izy ame
mpanjaka sady gne zanak'Israely; 16 fa ho abôkiko an'azy hoe akôgnaia gne fijaliany noho gn'ame gn'agnarako." 17 Ka lasa i
Ananiasy, sady niditry tao ame tragno . nametraky gne tagnany teo amin'azy, da nizaka izy hoe: "Rahalà Saoly, gne Tompo
Jesosy, izay nibôky taminao tegny an-dalagny refa negn'aty anao, gne nandefa anà taty mba mety hahitan'e masonao sady
ho fenon'e Fanahy Masina." 18 teo no eo da raha akô sisik'ena trondro gne niendaky tame mason'i saoly, sady nahita izy;
nitsangagny izy sady nanigny batisa; 19 sady nihinagny izy ka nahazo hery. Nipetraky niaraky tame mpianatry tao
Damaskosy nandritry gn'andro maro izy. 20 Avy da nagnambara an'i Jesosy tao ame synagoga izy, nizaka fa Izy gne
Zanak'Andriamanitry. 21 Gn'olo agnaby naharegny an'azy da gaga sady nizaka hoe: "Tsy io me gn'olo namono olo izay
nagnatso tam'io agnara io tagny jerosalema igny? avy tetoa izy mba hangala andreo ho fatoragny ho agny ame
mpisoronabe." 22 Fa lasa nihanahery i saoly, sady nampahery gne Jiosy izay nipetraky tao Damaskosy ka nagnaporofo fa
Jesosy gne Kristy. 23 Tafaran'e gn'andro maromaro, niray saigny mba hamono an'azy gne Jiosy. 24 Fa lasa lalan'i Saoly gne
tetikindreo. Sady gne vavahady andro aman'aligny mba hamono an'azy indreo. 25 Fa nangala an'azy tame gn'aligny gne
mpianatriny sady namela an'azy hidigny tame rindrigny, nampidigny an'azy tao agnaty harogny. 26 Refa avy teo
Jerosalema izy, da Nagnandragny gne hagnatogny gne mpianatry i Saoly, nefa natahotry an'azy agnaby indreo, tsy nino fa
mpianatry izy. 27 Fa nangala an'azy i Barnabasy sady ninday an'azy teo ame Apostoly, sady nizaka tamindreo izy hoe
akôgnaia gne nahitan'i Saoly gne Tompo tegny an-dalagny izy ame nizakanan'i Tompo tamin'azy, sady akôgnaia gne
nitorian'i Saoly ame fahasahiagny tame gn'agnaran'i Jesosy tao Damaskosy. 28 Nihaogny tamindreo izy refa niditry sady
niala an'i Jerosalema. Nizaka tame fahasahiagny tame gn'agnaran'i Jesosy Tompo izy 29 sady niady hevitry niaraky tame
Jiosy Grika; nefa mbola niezaky gne hamono an'azy avao indreo. 30 Refa lalan'e rahalà izany, da nentindreo nidigny tagny
Kaisaria izy sady nalefany ho agny Tarsosy izy. 31 Sady avy eo , gne fengonagny nagneragny an'i Jodia agnaby, Galilia,da i
Samaria nanagny fiadanagny sady voaorigny; da nandeha tame fatahoragny an'i Tompo izy ame fampiononan'e Fanahy
Masina, ka nitombo isa gne fiangoanagny. 32 Da avy izany amizao, raha nandeha nagneragny gne faritry agnaby i Petera,
da nandeha nidigny tagny ame mpino izay nipetraky tao ame tanagnin'i Lyda avako izy. 33 Nahita olo antsovagny hoe
Aenasy tao izy, izay efa teo ame fandriany nandritry gne valo taogny,satria nalemy izy. 34 Petera nizaka tamin'azy hoe :
"Aenasy, magnasitragny anao Jesosy Kristy. Mitsangàna da amboaro gne fandrianao," sady niaraky tamizay da
nitsangagny izy. 35 Fa izay nipetraky tao Lyda izy ame tao Sarona agnaby da nahita gne lelà ka nitodiky tamin'i Tompo
indreo. 36 Sady nisy mpianatry raiky natsovagny hoe Tabita tao Jopa, izay adika hoe "Dorkasy." Nagnano asa soa maro io
viavy io sady nagnano fagnapiagny feno asa fiantragny izay nataony ho an'e sahiragny. 37 Tamio andro io da narary izy ka
maty; refa napandro an'azy indreo, da napetrakindreo tao ame efitry ambony izy. 38 Satria efa nagnakeky an'i Lyda i Jopa,
sady naharegny gne mpianatry fa tao Petera, da nandefa olo roy tagny amin'azy indreo, niangavy an'azy: "Mevia aminay
agny rô amizao koa amizao." 39 Nitsangagny Petera sady nandeha niaraky tamindreo. Refa avy izy, da nitondra an'azy tao

ame efitry ambony indreo, sady gne mpitondrategna agnaby nitsangagny teo agnilany nitomagny, nagnabôky an'azy
gn'akanjo izy ame lamba nozarain'i Dorkasy tame fahavelogniny niaraky tamindreo. [40] Nalefan'i Petera tagny ambadikiny
gn'efitry izy agnaby,nandohaliky ,sady nivavaky; avy eo, nitodiky tame gne faty, nizaka izy hoe: "Tabita, mitsangàna." Da
nanokatry gne masony izy avy eo, sady nahita an'i Petera izy da niarigny. [41] Avy eo nagnatatry gne tagnany tamin'azy i
Petera sady nampitsangagny an'azy; da refa nagnatso gne mpino izy ame mpitondrategna izy, da nabôkiny tamindreo gne
fahavelomany. [42] Lasa niparitaky nagneragny an'i Jopa agnaby izany raha izany, sady olo maro gne nino an'i Tompo. [43]
Tamizany Petera da nipetraky andro maromaro niaraky tame lelà raiky antsovagny hoe Simona tao Jopa, izay mpandoko
hoditry.

Chapter 10

[1] Da nisy lela raiky tame tanagnan'gne Kaisaria, anigny hoe Kornelio, kapitenin'gne antoko Miaramila Italiana. [2] Lela
mpivavaky izy, gne raiky izay midera an'Andriamanitry miaraky amin'gne ankohonagny maro; nagnome vola maro an-
dreo izay tagnatin'e tsy fahampiagny izy, da nivavaky mandrakariva tamin'Andriamanitry. [3] Tokony tamin'gne sivy
mandraigny teo, nahita mazava tamin'gne fahitagny anjelin'Andriamanitry nagnatogny anazy izy. Gne anjely nizaka
taminazy hoe: "Ry Kornelio!" [4] Kornelio nagnety an'e anjely sady nataotry da nizaka hoe: "Ino ity, tompoko?" E anjely
nizaka taminazy hoe: "Gne vavakinao sy gne fagnomezanao ho an'e mahantra da tafakatry ho fanatitry fisaoragny
anatrehan'gn'Andriamanitry. [5] Da magnira lela raiky handea ame tanagnin'gne Jopa mba hangala e lela raiky anigny hoe
Simona izay antsovagny hoe Petera. [6] Mipetraky miaraky amin'ge mpandoko hoditry anigny hie Simona izy, amoron-
dranomasigny gne tragnony." [7] Rehafa nandea gne anjely izay nikoragny taminazy, da nangaiky e roy tame mpanompony
tan-dragno i Kornelio, da miaramila mpivavaky raiky tamin'gne nanompo anazy. [8] Kornelio nizaka tamin-dreo gne ra
nitranga da nadefa andreo ta Jopa. [9] Da gnomaray n'igny tokony tame lera faha enina teo, raha mbola tan-dalagny indreo
da nagnotany e tanàgny, da niakatry tambony tafon-tragno i Petera mba hivavaky. [10] Nanomboky mosaregny izy da nitady
ra noanigny, f'izy raha mbola tam-pandrahoagny sakafo gn'olo, da nahita fahitagny izy, [11] da nahita gne lagnitry nisokatry
izy sy fitahirizana raiky nidigny, ako gne lamba be midigny an-tany ety,ampidignina ame zorony efatry. [12] Tao gne nisy
karazan'e biby managny tongotry efatry sy re mandady marobe an-tany etoa, da gne voron'e lagnitry. [13] Da nisy feo nizaka
taminazy hoe: "Mitsangana, ryPetra, mamonao sady mihinana." [14] Fa i Petera nizaka hoe: "Aeky, Tompo; fa mbola tsy
nihinagny ra voarara sy tsy madio mihitsy iao." [15] F'izy tonga taminazy fagnindroiny gne feo hoe: "Gne
nodiavin'Andriamanitry, da tsy fady esanaky." [16] Niboky in-telo izany; da aveo gne fitahirizagny da nipody niakatry te no
eo tan-dagnitry. [17] Da rehefa very hevitry momba gne dikan'gne fahitagny izay hitany i Petera, da igny, gne lela izay
nalefan'i Kornelio nitsangagny tame vavahady, aveo indreo da nagnotany gne lalan-dreo miditry an-dreagno. [18] Da
nangaiky indreo da nagnotany an'i Simona, nangiagny koa hoe Petera, izay nijanogny teo. [19] Raha mbola nieritreritry
momba gne fahitagny i Petera, da nizaka taminazy e Fagna hoe: "Igny, lela telo e mitady anao. (Fagnamarinagny: Gne ame
dikan'e zaka taloa da hoe: "Lela ray gne mitady anao" na " misy lela sasany mitady anao.) [20] Mitsangana da midigna da
miaraha amindreo. Ka misalasala miaraky amindreo, satria iao gne nandefa andreo. [21] Nidigny nagnatogny an'gne lela i
Petera da nizaka hoe: "Iao gne tadiavinareo. Ino gne antony nahatongavanareo?" [22] Hoy indreo hoe: "E kapiteny
antsovagny hoe Kornelio, lela marigny sady olo izay midera an'Andriamanitry, sady tsara laza ame firenen'gne Jiosy
maro, izay nizakain'e anjely masin'Andriamanitry mba hampangala anao ho an-dragnony, noho izany da afaky miteno
gne hafatry avy aminao izy." [23] Da nagnasa andreo hiditry sy hijanogny hiaraky aminazy Petera. Gn'omaray
mandraign'igny da nitsangagny izy da niaraky tamindreo, sady gne sasany tamin'gne ralah avy ta Jopa da nagnaraky
anazy. [24] Gne andro magnaraky da tonga da Kaisaria indreo. Kornelio da nadigny andreo; nangiany niaraky gnehavany sy
gne namany akeky. [25] Da tamin'izany rehefa niditry Petera, nifankahita taminazy i Kornelio da niankohoky tame
tongotriny mba hidera anazy. [26] Fa Petera nagnampy anazy, nizaka hoe: "Mitsangana! Iao da olo avakoa. [27] Raha mbola
niresaka niaraka taminazy i Petera, da niditry izy da nahita olo maro be tafangogny tao. [28] Hoy izy tamindreo hoe: "Gne
tegnanareo mahafantary fa tsy radalagny ho ane Jiosy gne miara-miasa na mamangy olo avy ame firenena hafa. Fa
Andriamanitry nagnambara tamina fa tsy tokony hangaiky olo fady na tsy madio iao. [29] Izany gne antony nahatongavako
tsy nisy sakagny, rehefa nirahigny iao. Da magnotany anareo Iao hoe nagnino anareo gne magniraky ho ana." [30] Kornelio
nizaka ho: "Efatry andro taloan'izao lera izao, da nivavaky tan-dragnoko iaotame lera fahasivy; da nahita, lela raiky
nitsangagny tanoloako nagnano lamba namirapiratry. [31] Hoy izy hoe: 'Ry Karnelio, efa regnin'Andriamanitry gne
vavakinao, da gne fagnomezanao ho an'gne mahantra da mampatsiaro an'Andriamanitry gne momba anao. [32] Noho izany
da magniraha olo ho a Jopa, da angio mandea aminao gne lela anigny hoe Simona izay angiagny hoe Petera. Mipetraky
an-dragnon'i Simona mpandon-koditry atsoigny hoe: Simona izy, izay amoron-dranomasigny.' (Fagnamarinagny: Gne
dikan'e zaka taloa da magnampy hoe: "Rehefa tonga Izy, da hikoragny aminao.") [33] Da tonga da nalefako taminao. Tsara
gne fahatongavanao. Da aminizao, isika marobe tonga etoa imason'Andriamanaitry,mba hiteno gne ra nizakain'e Tompo
anareo gne zakay." (Fagnamariagny: "Raha tokony ho: "nozakain'e Tompo gne zakaigny" na eo, da gne dikany zaka taloa
da hoe: "nizakain'Andriamanitry gne zakaigny.") [34] Aveo da nanokatry gne vavant Petera da nizaka hoe: "Tena marina,
fantatriko fa Andriamanitry da tsy miandany ndre amin'ia ndre amin'ia. [35] F'izy, ame firenegny kiraikiraiky ndre ia ndre
ia gne midera sy magnano asa marina da ekegny avakoa. [36] Fantatrinareo gne hafatry izay nalefany ho ane olon'Israely,
rehefa nagnambara filazantsara momba gne fiadanagny avy ame alalan'iJesosy Kristy izy, izay Tompon'e maro- [37] Anareo

tegnanareo da mafantatry gne ra miseo, izay tena niseo tame toeragny maro ta Jodia, nanomboky ta Galilia, tafaran'gne
batisa izay nambaran'i Jaona; [38] gne ra niseo mikasiky an'i Jesosin'e Nazareta, gne fomba nanoratan'Andriamanitry anazy
tame Fagna Masina sy tame hery. Nandeha nagnano soa izy sady nagnasitragny gne maro izay voafaotrin'gne devoly,
satria Andriamanitry da niaraky taminazy. [39] Isika da vavolombelon'gne zavatry vitan'i Jesosy maro be, tame tanin'gne
Jiosy sy ta Jerosalema. Novonoin-dreo izy tame alalan'gne fagnatognagny anazy tame hazo, [40] fa Andriamanitry
nanangagny anazy tame andro faha telo da nagnano izay ahitagny anazy, [41] tsy gne olo marobe, fa gne vavolombelogny
izay voafidin'Andriamanitry mialo- tamintsika izay nihinagny sy nisotro niaraky taminazy tafaranin'gne nitsanganany
tame maty. [42] Nandidy anazy izy mba hagnambara amin'gne olo sy hojor vavolombelogny fa izy gne raiky
nofidin'Andriamanitry ho Mpitsaran'gne velogny sy gne maty. [43] Ho anazy gne hijoran'gne mpaminany marobe
vavolombelogny, mba ho an'gne mino e handray famelan-keloky ame alalan'e agnarany. [44] Raha mbolanizaka anizany ra
izany i Petera, da nilatsaky tamindreo marobe niteno gne hafatriny gne Fagnahy Masina. [45] Gne niaraky tame
vondron'gne mpino voafora- gne marobe izay niaraky tamin'i Petera- da gaga, satria gne fagnomezan'e Fagnahy Masina
da narotsaky ho ane Jetilisa avakoa. [46] Fa regnin-dreo gne Jentilisa izay nizaka amin'e fizakagny hafa sy mankalaza
an'Andriamanitry. Da namaly Petera hoe: [47] Misy olo hafaky mitazogny rano me mba tsy hafaky hagnamboaragny batisa
andreo, gne olo nahazo gne Fagnahy Masina ako antsika avakoa? [48] Da nandidy andreo mba hanigny batisa amin'e
agnaran'i Jesosy Kristy izy. Da nangataky anazy indreo mba hitoetry hiaraky amin-dreo mandritry gne andro kidikidy.

## Chapter 11

[1] Sady ireo apostoly izy ame ralà izay tagny Jodia nahare fa ireo Jentilisa avakoa da nandray gne Tenin'Andriamanitry. [2]
Refa niakatry tagny Jerosalema i Petera, ireo izay tame antok'ireo voafora da nagnakiagny anazy; [3] hoy indreo hoe: "
Anao nikambagny niaraky tamin'ireo ralà tsy voafora sady nisakafo niaraky tamindreo!" [4] Fa Petera nanomboky
nagnazava gne raha nibôky tamindreo tamign'atsipiriany; hoy Izy hoe: [5] "Nivavaky tagny ame tanàgnin'e Jopa iao, sady
nahita fahitagny gn'amin'e fisian-draha raiky izay nidigny, akô gne lamba zakabe nalatsaky avy agny an-dagnitry
tamin'ireo zorony efatry iao. Nidigny taminà izany. [6] Nibanjigny an'izany iao sady nandinindiky momba izany. Nahita ireo
biby managny tongotry efatry e tany, gne biby da, gne biby mandady, sady ireo vorogny egny ame lagnitry iao. [7] Aveo iao
da nahare feo nizaka taminà hoe: "Mitsangàna, ry Petera; mamono sady mihinàgny." [8] Hoy iao hoe: "Tsia, ry Tompo; fa tsy
mbola nisy zavatry tsy masigny na maloto mihitsy niditry taty am-bavako." [9] Fa gne feo namaly avy agny an-dagnitry
indraiky hoe: " Izay nambaran'Andriamanitry fa madio, ka antsovagny hoe maloto." [10] Nibôky in-telo izany, sady aveo da
nalaigny nimpody niakatry tagny an-dagnitry gne raha agnaby. [11] Indro, tselatsela teo da nisy telo lahy nitsangany
tagnoloan'e tragno izay nisy anay; nalefa avy tagny Kaisaria negnanty aminà indreo. [12] Gne Fagnahy da nandidy anà
hiaraky amindreo, sady tsy tokony hagnisy fizahagny tarehy amindreo iao. Gne ralà enigny ireo da nandeha niaraky
taminà, sady nandeha negnà an-dragnon'e lelà iay. [13] Izy da nizaka taminay gne nahitany gn'anjely raiky nitsangagny tan-
dragnony sady nizaka hoe: "Magnirahà lelà agny Jopa sady indeso mimpody i Simona izay antsovagny hoe Petera. [14] Izy
da hizaka hafatry raiky aminao izay havoavonjy anao - anao izy ame ankohonananao agnaby." [15] Râ nanomboky nizaka
tamindreo iao, gne Fagnahy Masigny da avy tamindreo, akô gne nidignany taminay tagny ame vôlohany. [16] Tsarovako gne
zakan'e Tompo, gne nizakany hoe: "Jaona nagnano batisa tame rano tokôtry; fa anareo da mila hatao batisa ao ame
Fagnahy Masigny." [17] Da rà Andriamanitry nagnome andreo gne fagnomezagny mitovy am'izay nomegny antsika
tamin'isika nino an'e Tompo Jesosy Kristy, ia iao, gne ho afaky hanohitry an'Andriamanitry?" [18] Refa regnin-dreo izany
raha izany, tsy nizaka ndre ino ndre ino hoentigny hamaly indreo, fa nidera an'Andriamanitry avao indreo sady nizaka
hoe: "Sady Andriamanitry nagnome fibebahagny ho fiainagny ho an'ireo Jentilisa avakoa." [19] Sady ireo izay naparitaky
noho gne fagnenjehagny izay nanomboky tame fahafatesan'i Stefana da niely tagny Foinika, Kyprosy, sady Antioka, fa
indreo da nizaka gn'afatry momba an'i Jesosy tamin'ireo Jiosy raiky avao. [20] Fa gne sanany tamindreo, gne lelà avy agny
Kyprosy sy Kyrena, da nandeha tagny Antioka sady nikoragny tamindreo Grika avakoa, nizaka tamindreo gne
filazantsara momba gne Tompo Jesosy. [21] Gne tegnan'e Tompo da niaraky tamindreo; maro isa gne nino sady nitodiky
tamin'e Topmo. [22] Gne vaovao momba andreo da avy tame sofin'e fiangonagny tao Jerosalema, sady indreo nagniraky an'i
Barnabasy hatragny Antioka. [23] Refa avy izy da nahita gne fagnomezan'Andriamanitry, da ravoravo izy; sady izy
nampahery anazy agnaby mba hitoetry miarak'e ame Tompo amin'e fon-dreo agnaby. [24] Satria izy da lelà tsara sady feno
gne Fagnahy masigny izy ame finoagny, sady olo maro gne niampy an'e Topmo. [25] Da nandeha negnà Tarsosy i Barnabasy
mba nitadia an'i Saoly. [26] Refa hitany izy, da nentigny tagny Antoka. Sady nandritry gne taogny raiky nagninjitry indreo da
nivory niaraky tamin'e fiangonagny sady nampianatry olo maro. Gne mpianatry da nantsovagny vôlohany hoe kritiany
tao Antioka. [27] Sady tamin'izany andro izany da nisy mpaminagny maromaro nidigny avy tagny Jerosalema nankagny
Antioka. [28] Gne raiky tamindreo, i Agabo gn'agnantsovagny anazy, nitsangagny sady nambaran'e Fagnahy fa hisy mosary
zakabe hibôky magneragny izao tontolo izao. Nibôky tokôtry izany tamign'andron'i Klaodio. [29] Noho izany, ireo
mpianatriny, arak'e gne fahafahan'e tsikiraikiraiky aby, da nanapaky hevitry gne handefa fagnampiagny ho an'ireo ralà
tagny Jodia. [30] Nagnano izany indreo; nandefa vola hoan'ireo olombe tamin'e tanàgnin'i Barnabasy sy Saoly.

## Chapter 12

[1] Sady tamizany andro izany Heroda mpanjaka nisambotry gne sasany izay an'e fiangonagny mba hahafahany mampijaly


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

andreo. [2] Novonoigny tamin'e Sabata Jakoba ralàn'i Jaona. [3] Sady refa hitany fa nahafaly ireo Jiosy izany, da nagnano izay
hisamboragny an'i Petera koa izy. Izany da nandritry gn'andron'e mofo matavay. [4] Refa avy nosamborigny izy, da nataony
tagny am-ponja izy sady nanedry miaramila efatry toko hiambigny anazy, nikinia gne hinday anazy amign'olo afarn'e
Pska izy. [5] Noho izany da nanin'ireo izay tao am-piangonagny mafy tokôtry tamin'Andriamanitry ho anazy. [6] Gn'aligny
alohan'e hindesagn'i Heroda hotsraigny, Petera da natory teo agnelagnelan'e miaramila roy, voafehy tamerojo roy, ra
mbola nijanogny miambigny fonja gne mpiandry alohan'e varangaragny. [7] Indro, nisy anjelin'e Tompo teo akaikiny, sady
nisy hazavagny nazava tagn'atin'e gn'efitry e fonja. Nikapoky an'i Petera tamign'aligny izy sady namoha anazy da
nagnano hoe: "Mitsangana malaky", sady ireo rojony niala tame tagnany. [8] Gn'anjely nizaka hoe: "Mitafia ankanjo agny
anao sady tafio e kiraronao." Da nanin'i Petera araky izany. Gn'anjely nizaka taminazy hoe: "Tafio gn'akanjonao ambony
sady magnaraha Anà." [9] Da nagnaraky gn'anjely Petera sady nijotso. Tsy fanatany fa ireo izay nataon'e anjely da Tena izy.
Nihevitry izy fa nahita fahitagny. [10] Refa avy nandalo tame mpiambigny vôlohagny sy faharoy indreo, da avy tamin'e
vavahady vy minday megnà ame tanàgny; misokatry ho azy izany. Nijotso indreo sady nidigny tamin'e lalagny raiky, sady
gn'anjely avy da niala anazy. [11] Refa nipody tamin'e tegnany Petera, nizaka izy hoe: "Amizao da fantatriko marigny fa gne
Tompo e nandefa gn'anjely sady nagnafaky anà tame tagnan'i Heroda, sy tamin'e raha agnaby izay nandrasan'e Jiosy
hibôky. [12] Refa Tonga saigny tam'izany izy, da nengà ame tragnon'i Maria renin'i Jaona, antsoigny koa hoe Marka izay nisy
olo maro nivory sy nivavaky. [13] Refa nandondogny tam-bavahady izy, nisy mpanompo viavy raiky antsoigny hoe Roda avy
namaly. [14] Refa fantany gne feon'i Petera, gamign'afaliagny da tsy nahavita namoha gne varavaragny izy; f'izy, nandeha
nihazakazaky nengà an-dragno izy, notatefiny fa Petera nitsangagny tame varangara. [15] Da nizaka tamindreo hoe: "Mola
anao". Fa nanizingizigny izy fa izany gn'izy. Nizaka indreo hoe: "Gn'anjely izany." [16] Fa Petera nanohy nandondogny, sady
refa novohandreo gne varangara, da nahita anazy indreo sady gaga. [17] Petera nagnetsiky e tagnany tamindreo mba
hisigny, sady nozakainy tamindreo ireo gne fomba nindesan'e Tompo anazy nijotso gne fonja. Hoy izy hoe: "Tantero agny
amni Jakoba izy ame ralà izany Raha zany. Da niala izy sady nandeha agny ame toeragny hafa. [18] Sady refa nazava
gn'andro, da nisy fietagnam-po kidy tamindreo gn'amin'izay mibôky tamin'i Petera. [19] Refa avy nitadia anazy Heroda sady
tsy nahita anazy, da nagnadigny gne mpiandry izy sady nandidy andreo mba ho vonoigny. Da nidigny Jodia ngnà Kaisaria
izy sady nipetraky tagny. [20] Sady Heroda da vignitry mafy tame fokon'olon'i Tyra sy sidona. Niavaky negnà aminazy
indreo. Nandresy lahatry an'i Blasta indreo, gne mpanampin'e mpanjaka, mba hagnampy andreo. Da nangataky
fihavanagny indreo, satria gne tanagn'indreo da mandray gne sakafony avy ame mpanjakan'e tanagny. [21] Tamign'andro
voatendry Heroda da nampitafy gne tegnany ankanjo mpanjaka sady nipetraky tame seza fiandrianagny; nikabary
tamindreo izy. [22] Nagneky gne fokonolo: "Izany da feon'Andriamanitry, fa tsy an'olo!" [23] Tselatsela teo da nisy anjelin'e
Tompo namely anazy; satria tsy nagnome voninahitry an'Andriamanitry izy; nohanign'e kakagny izy da maty. [24] Fa gne
tenin'Andriamanitry nitombo sy nihamaro. [25] Da refa vitan'i Barnabasy sy Saoly gn'iraky nampamboarigny andreo, da
nipody avy tagny [Gne sasany amin'ireo dika soratry tranaigny nizaka indreo, ninday an'i Jaona niaraky tamindreo, izay
nantsoigny avakoa hoe Marka.

Chapter 13

[1] Da tao ame fiangonagny tao Antioky, da nisy mpaminany sy mpampianatry maro tamignao. Indreo da Barnabasy,
Simona (izay angiagny hoe Nigera)' Lisiosa avy amin'i Sirena, Manaena (gne rahalà izay niolonono tam'i Heroda
mpanapaky), ary Saoly. [2] Raha mbola nidera gne Tompo sy nifady hanigny indreo, gne Fagnahy Masigny nizaka hoe:
"Atokagny ho anà Barnabasy sy i Saoly, mba hambôtry gne asa izay nagnantsovako andreo. " [3] Tafaran'e nifadian-dreo
hanigny, sy nivavahany, ary nametrahan-dreo tagnagny tamy gne lelà aby ireo. [4] Da nagneky gne fagnahy Masigny i
Barnabasy sy i Saoly ka nandeha nidigny tagny Selosia,; avy tegny indreo da niantsambo ho agny ame nosin'ny Sipra. [5]
Rehefa tao ame tanàgnin'ny Salamina indreo, da nitory gne zakan'Andriamanitry tao ame synagogan-dreo Jiosy indreo.
Sady nanagny an'i Jaona, Marka avakoa indreo mba ho mpaminany andreo. [6] Da rehefa namakivaky gne nosy iray
manontolo mandeha Pafosy indreo, da nahita mbagnano ody, izay mpaminagny Jiosy sandoky, da gn'agnarany da Bara
Jesosy. [7] Mpagnano ody izay niaraky niasa tamindreo governora, Serjio Paolosy, izay lelà tena mahay. Nosamborin'io lelà
io Barnabasy sy i Saoly, satria te haregny gne zakan'Andriamanitry izy. [8] Fa Elimasy "mpagnano ody" (izany gne
nandikagny gn'agnarany) nanohitry andreo; sady niezaky gne hagnodignh e governora hiala amine finoagny izy. [9] Fa i
Saoly, gn'angiagny avakoa hoe Paoly, da femo gne Fagnahy Masigny, sady nandiniky anazy tsara. [10] Da nizaka hoe: "Anao
rô zanak'e Devoly, anao da feno e karazam-pitaky sy faharatsiagny aby io. Fahavalon'e rehetra marigny anao. Tsy
hijanogny gne hamily gne lala-mahitsin'e Tompo mihitsy anao, sa tsy izany? [11] Fa indro ankehitriny, gne tagnan'ny Tompo
aminao eo, da ho tonga jamba anao. Sady tsy hahita gne masoandro eky anao. "Teo no ho eo da hilatsaky tagnatin'i
Elimasy gne fahanjavognegny sy fahamizignagny; nanomboky nivezivezy sady nangataky tame gn'olo izy mba hitantagny
anzy ame tagnagny. [12] Rehefa avy nahita gne raha nibôky e governora, da nino izy, satria gaga tame fampenaragny
momba gne Tompo izy. [13] Ary i Paoly sy gne namany da dila niantsambo avy Pafosy nandea ame Perga e Pafilia. F'izy i
Jaona nisitaky andreo da hiverigny ta Jerosalema. [14] Paoly miaraky amin-dreo namany da nandeha avy ta Perga sady
nandea te Antiokan'i Pisidia. Ary tao da nandeha tao ame synagoga tame gn'andron'e Sabata indreo da nidoboky. [15]
Tafaran'e famakiagny gne lalàgny sy gne mpaminany, da nandefa hafatry tamindreo gne mpitariky gne Synagoga nizaka
hoe: "Ô ralà, raha managny hafatry fampaherezagny ho an'olo etoa anareo, da zakay izany. " [16] Da nitsangagny i Paoly


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

sady nagnano fihetsiky tame tagnany, nizaka hoe: "Ô olon'Israely ary anareo izay magnome voninahitry
an'Andriamanitry, mitenoma. 17 Gne Andriamanitry gn'olon'Israely da nisafidy gne abantsika sady nampitombo isa gne
olo rehefa nipetraky ntao ame tanin'ny Egypta, da tame fanandratagny gne sandriny e nitaritagny andreo hivoaka tao. 18
Da nandritry gn'efapolo taogny teo ho eo gne nandeferany andreo tagny ame tany foagny. (Fagnamarihagny: Gne dikan'e
teny taloha da mivaky akô izao: "Nandritry gn'efapolo taogny eo ho eo da nikarakara andreo tagny tame tany foagny izy.
") 19 Da rehefa avy nandrava firenegny fito tagny ame tany Kanana izy, da nomeny gne fokonolontsika gne tanin-dreo mba
ho lova. 20 Izany raha marobe nibôky izany da efa tamin'e faha dimampolo sy efa-jato taogny. Tafaran'izany raha aby
izany, Andriamanitry nagnome mpitsara andreo mandra-pevisan'i Samoela mpaminany. 21 Da nangataky mpanjaka gne
olo aveo, da Andriamanitry nagnome andreo an'i Saoly zanaky làn'i Kisa, lelà izay avy ame fokon'i Benjamina, mba ho
mpanjaka mandritry gne efapolo taogny. 22 Da avy eo Andriamanitry nangala anzy tame fanjakany, da nanandratry an'i
Davida mba ho mpanjaka n-dreo. Fa izany gne nozakain'Andriamanitry mikasiky an'i Davida hoe: "Efa nahita an'i Davida
zanak'i Jesea iao mba ho olon'e foko, izay hanbôtry gne raha aby tiako hanigny. 23 Fa avy ame taranak'io lelà io gne
hitondran'Andriamanitry mpagnavotry ho an'Israely, da i Jesosy, arak'izay efa nampagnantegnainy hanigny. 24
Nanomboky niseho izany, talohan'e nahatongavan'i Jesosy, Jaona nagnambara voalohany tame fokonolon'Israely aby
momba gne batisan'e fibebahagny. 25 Satria Jaona efa nahavita gn'asany, da hoy izy: "Ia gne hieritreretanareo anà!? Tsy
iao gne izy. Fa tenomy, da gne kirarin'e tongotriny da tsy hahamendriky ana gne hanataky anazy. 26 Ô ralà, zanaky avy
ame taranak'i Abrahama, sady izay midera an'Andriamanitry aby aminareo eo, ho antsika gne nandefasagny izany
hafatry momban'e famonjegny zany. 27 Fa idreo izay mipetraky e Jerosalema, sy gne mpitondran-dreo, da tsy
mahafantatry anazy, ka tanterak' indreo gne nozakain'ny mpaminany izay vakiagny isan-tsabata gne amin'e
fagnamelohagny anazy. 28 Ndre da tsy mahita antony tsara hamonoagny anazy aza indreo, da nangataky tamin'i Pilaty
avao mba hamono anazy. 29 Rehefa tanterakin-dreo gne raha aby izay voasoratry momba anazy, da nampidignin-deeo
tame kakazo Izy sady nampatoriany tagnatin'e koboro. 30 F'izy Andriamanitry nampitsangagny anazy tamin'e maty. 31 Da
hitan-dreo izay niaraky niakatry taminazy avy ts Galilia mandea e Jerosalema izy nandritry gn'andro maromaro. Da
amzao da ireo olo ireo gne vavolombelogny ho an'e olo. 32 Noho izany anay mizaka aminareo gne filazantsara izay
nampagnantegnain'Andriamanitry tamin'e abantsika izay efa tanterakiny ho antsika, 33 zanakin-dreo, namin'e
nananganany an'i Jesosy. Arak'izay efa voasoratry ao ame salamo faharoy hoe: 'Zanako anao, anio da ho tonga Rainao
iao.' 34 Gn'antony nananganagny anazy tame maty da gne mba tsy hahasimba mandrakizay gne vatany, Andriamanitry
nizaka akô izao: 'Homeko anareo gne fitahiagny masigny sy azo antoky nampanantenaigny an'i Davida. ' 35 Izany avakoa e
nahatonga anazy nizaka tame salamo hafa hoe: "Tsy hamela e Masigny hahita gne lo anao." 36 Satria rehefa
nagnatanteraky gne fagniriagny maron'Andriamantry ho an'e taranakinh i Davida da azo-tory izy, ka nampatoriagny
niaraky tamin-dreo abany izy sady gne vatagniny niharan'e fahaloavagny. 37 Fa izy izay natsangan'Andriamanitra da tsy
nisehoan'e faharavagny. 38 Ka aoka ho fantatrinareo izany, rô ralà, fa tamin'e gnalalan'io lelà io e nagnambaragny
taminareo gne famelagny e fahotagny. 39 Amin'e alalan'olo tsiraidraiky izay mino da voamarigny ame raha aby izay mety
tsy ho voamarignin'io lalàgnin'i Mosesy io. 40 Ka mitandrema mba tsy hibôky aminareo izany raha nozakain'e mpaminany
hoe: 41 "Indro, anareo rô mpagnano tsisy dikany, da ho gaga ary ho levogny. Fa Iao magnano asa ame gn'andronareo., Asa
izay tsy ninoanareo mihintsy, ndre da misy olo magnambara anizany aminareo aza. " 42 Rehefa dila i Barnabasy sy i Paoly,
da niangavy anazy gn'olo mba hitorian-dreo teny amign'andro sabata magnaraky avao. 43 Rehefa tapitry e fivoriagny tao
ame Synagoga, da maro tamin-dreo Jiosy sy inreo proselita mahafatra-po e nagnaraky an'i Paoly sy Barnabasy, izay
nikoragnh tamin-dreo sady nampirisiky anazy mba hanohy ao ame fahasoavan'Andriamanitry. 44 Tame Sabata
magnaraky, da gnakabeazan'e tanàgny manontolo e niaraky niangogny mba haregny gne zakan'ny Tompo. 45 Rehefa
nahita gne fokonolo e Jiosy, da feno fialognagny indreo da nizaka nanohitry gne raha izay nozakain'i Paoly sady nagneso
anazy. 46 Fa Paoly sy Barnabasy nizaka ame fasahiagny sady nizaka hoe: "Ilaigny ho voazaka aminareo mialoha gne
tamin'Andriamanitry. Fa rehefa manosiky anizany anareo sady mihevitry gne tegnanareo ho tsy mendriky gne fiainagny
mandrakizay, da indro, hiverigny agny ame Jentilisa anay. 47 Arak'e nandidian'ny Tompo anay, magnano hoe: "Napetrako
mba ho fahazavan'e Jentilisa anareo, izany e tokony hindesanareo famonjegny ho an-dreo izay agny ame fara-vazan'e
tany. " 48 Rehefa naregny anizany gne Jentilisa, da faly sady nidera gne tenin'ny Tompo. Da maro gne voatendry ho ame
finoagny gne fiainagny mandrakizay e nino. 49 Ary gne zakan'ny Tompo da niparitaky magneragny e faritry manontolo. 50
F'izy gne Jiosy da namporisiky andreo viavy mahafatra-po sady manan-danja, da indreo lelà mpitariky tame tanàgny.
Niteraky fagnenjehagny ho an'i Paoly sy Barnabasy izany ary nanipy andreo ho agny ivelan'e sisin-tanin'e tanàgny. 51 Fa
Paoly sy Barnabasy nagnintsagny gne vovoky tame tongotrin-dreo mba hanoheragny andreo,. Da avy eo indreo da
nandea tagny ame tanàgnin'i Ikoniama. 52 Da gne mpianatry da feno hafaliagny sy gne Fagnahy Masigny.

Chapter 14

1 Da tamin'izany ta Ikonioma Paoly sy Barnabasy niaraky niditry tame Synagogan'e jiosy da niresaky tam-pahavitriagny
da gne fokonolo maro be Jiosy sy Grika da nino. 2 Fa gne jiosy izay tsy nagneky da nagnakorotagny gne fisaignan'e
jentilisa da nahavy andreo hanohitry gne ralah. 3 Ka nipetraky ela teo indreo, nizaka am-pasahiagny niaraky tame herin'e
Tompo, tamin'e nagnomezany porofo mahakasiky gne gafatry gne amin'e fahasoavagny. Izy nagnano izany tame
alalan'gne famataragny sy fahagagagny izay naniny tame alalan'gne tagnan'i Paoly sy Barnabasy. 4 F'izy gn'akamaroan'gne

tanàgny da nizarazara: gne olo sasany nomba gne jiosy, da gne sasany niaraky tamin'gne apostoly. [5] Rehefa nagnandragny
nandresy lahatry gne mpitariky andreo gne Jentilisa sy gne Jiosy mba hamono sy hitoraky vato an'i Paoly sy Barnabasy, [6]
da nanjary nifiny indreo sady nilefa nalaky ta an-tanagnin'e Lykaonia, Lystra sy Derbe, da gne tanagny magnodidigny gne
faritry, [7] da tagny indreo e nagnambara gne filazantsara. [8] Nisy lela raiky nipetraky tao Lystra, maleny tongotry, hatran-
kibony endriny, izay efa nandea hatramin'izay. [9] Io lela io da naregny an'i Paoly nizaka. Paoly nagnasitragny anazy tzara
tame masony da nahita fa managny finoagny gne ho sitragny izy. [10] Da nizaka taminazy izy tamin'gne feo mafy hoe:
"Mitsangana ame tongotrinao." Noho aveo gne lela da nitsambikigny sady nandea tame magnodidigny. [11] Rehefa naita gne
nanin'i Paoly gne fokonolo maro da nanandratry gne feony indreo, nizaka tame fizakanin'gne Lykonia hoe: "Nidigny avy
an-dagnitry ho amitsika amin'gne endrik'olo gne andriamanitry.' [12] Nangaiky an'i Barabasy indreo hoe: "Jopitera" ,da
Paoly "Merkory", satria izy gne mpandahatry zaka. [13] Gne mpisoron'i Jopitera, izay e fiangonagny da ta ivelan'gne tanàgny,
da nitondra aomby sy fehiloha vy ta am-bavahady; izy sy gne fokonolo maro be nikasa hagnome sorogny. [14] Fa
gn'apostoly, Barnabasy sy Paoly, rehefa naharegny an'izany da nandrovitry gne fisikinany indreo ka nandea nalaky ho ao
agnatin'e fokonolo, nitaraigny sady nizaka hoe: [15] "Ô ralelà, nagnino me anareo fa magnano an'izao raha zao? Anay
avakoa da olombelogny mitovy fahatsapagny aminareo avao. Anay minday gne filazantsara ho anareo, mba hitodiky
anareo hiala amizao zava-poagny izao ha agny amin'Andriamanitry velogny, izay nagnano gne lagnitry, gne tany, da gne
ranomasigny miaraky ame raha marobe aminazy gnao. [16] Tame gn'andro taloa, Izy da namela gne firenegny aby nandeha
tame lalagny manokagny aby. [17] F'izy,Izy da tsy nagnapetraky gne tegnany tsy hisy vavolombelogny, tamizany da nagnano
gne tsara Izy sady nagnome anareo erikandro avy an-dgnitry sy vanim-potoagny mahavokatry, da hameno gne fonareo
ame sakafo sy firavoravoagny." [18] Fa ndre tamizany zaka izany aza, Paoly sy Barnabasy da tsy nijanogny nitazogny gne
fokonolo maro be tsy hagnano sorogny ho andreo [19] Fa gne Jiosy sasany avy a Antiokia sy Ikonioma da tonga sady
nandresy lahatry gne fokonolo. Indreo nitoraky vato an'i Paoly sy nitariky anazy hivoky e tanàgny, da nieritreritry fa
maty izy. [20] Da ra mbola nitsangagny nagnodidigny anazy teo gne mpianatry, da nitsangagny izy da niditry gne tanàgny.
Gn'omaray, da nandea ta Derbe niaraky tamin'i Barnabasy izy [21] Aveo indreo nagnambara gne filazantsara tamin'izany
tanàgny izany da nahazo mpianatry Maro, nipody tao Lystra indreo, ta Ikonioma, sy ta Antiokia. [22] Indreo da nitoy
nampahery gne fagnahin'gne mpianatry sady nandrisiky anazy hotoy ame finoagny, e sady nizaka fa: "Tsy mentsy ame
fahoriagny maro be gne hidirantsika ame fanjakan'Andriamanitry." [23] Rehefa nitendry olombe ho andreo tame isam-
piangonagny indreo, sy nivavaky tame fifadian-kanigny, da natolotrin-dreo ho an'e Tompo izany, gne natokisan-dreo. [24] Da
nandalo tamin'i Pisidia indreo da avy tao Panfilia. [25] Rehefa nagnambara gne zaka tao Perga indreo, da nandeha nidigny
Atalia. [26] Avy tagny indreo gne niditry agnaty sambo nidigny andea Antiokia, izay nahazoan-dreo gne
fahasoavan'Andriamanitry ho ane asa izay vitan-dreo aminizao. [27] Rehefa tonga tao Antioka indreo da nagnangogny
niaraky gne fiangonagny, da nitatitry gne ra marobe izy vitan'Andriamanitry tamin-dreo, sy hoe akoignaia gne
namoahany varangaran'e finoagny ho an'gne Jentilisa. [28] Da nijanogny fotoagny ela niaraky tame mpianatry indreo

## Chapter 15

[1] Gn'olo sanany da nidigny avy tagny Jodia hatragny Antiokia sady nampianatry ireo ralà, da nizaka hoe: " Râ tsy Vita
famoràgny arak'e fomba fanin'i Mosesy anareo, da tsy ho voavonjy anareo." [2] Izany da ninday an'i Paoly sy Barnabasy
tagn'agnantin'e fifamaliagny sy ady hevitry tamindreo. Noho izany i Paoly sy Barnabasy da voatendry niaraky tame
sanany hafa tamindreo hiakatry agny Jerosalema mba hihaogny amin'ireo apostoly izy am'olombe momba an'izany
fagnontaniagny izany [3] Noho izany indreo, da nalefan'e fiangonagny, da namakivaky an'i Foiniko sy Samaria sady
nagnamboara gne fiovam-pondreo Jentilisa. Indreo da ninday hafaliagny zakabe tamindreo ralà agnaby. [4] Refa avy tao
Jerosalema indreo, da neken'e fiangonagny izy ame apostoly sady indreo olombe, da nitantara gne raha izay
nataon'Andriamanitry tamindreo agnaby. [5] Nefa gn'olo sanany izay nino, izay tame tarik'ireo Fariseo, da nitsangagny sy
nizaka hoe: "Ilaigny e magnano famoràgny andreo izy ame mibaiko andreo hitandrigny gne lalàgnin'i Mosesy." [6] Noho
izany ireo apostoly izy am'olombe da niaraky nivory mba handiniky an' izany zavaty misy izany. [7] Tafaran'e ady hevitry
be, nitsangagny i Petera da nizaka hoe: "Ry ralà, fantatrao f'efa taloha ela be Andriamanitry gne nagnano safidy
taminareo, mba ho amign'alalan'e vavakiko da tokony hahare gne zakan'e filazantsara ireo Jentilisa, sady hino. [8]
Andriamanitry, izay mahafantatry e fo, vavolombelogny amindreo, nagnome gne Fagnahy Masigny andreo, da akô gne
naniny tamintsika; [9] sady tsy nagnano fagnavakavahagny tamintsika; sady tsy nagnano fagnavakavahagny tamintsika izy
am'idreo Izy, nagnadio gne fon-dreo tame finoagny. [10] Sady noho izany nagnino anareo mitsapa an'Andriamanitry, hoe
tokony hametrahanareo zoga and vozin'e mpianatry nefa na gne razantsika na isika azaky tsy mahavita mitakogny? [11]
Nefa mino isika fa ho voavonjy amign'alalan'e fahasoavan'i Tompo Jesosy, akô andreo avakoa." [12] Gn'olo agnaby da nisigny
nandritry gne nitenoman-dreo an' Barnabasy sy Paoly mitantara gne famantaragny izy ame fahagagagny
niasan'Andriamanitry izay niasa tamin'ireo Jentilisa tamign'alalan-dreo. [13] Refa tsy nikoragny indreo, da namaly Jakoba,
nizaka hoe: "Ry ralà, tenemo iao. [14] I Someone da efa nagnambara gne fomba nagnampian'Andriaminitry tame
fahasoavagny vôlohany ireo Jentilisa mba hangalaky amindreo gn'olo ho anign'agnarany. [15] Gne zakan'ireo mpaminagny
da momba izany, araky gne vôsoratry hoe: [16] 'Afaran'ireo zavatry ireo da himpody iao, sady hanangagny indraiky e tragno
lain'i Davida iao, izay efa lavo; Hagnamboatry sy hamerigny ame laoniny indraiky gne faharavagny iao, [17] da hitadia gne
Tompo gn'olo sisa tapetraky, agnantin'izany gne Jentilisa agnaby izay antsovagny amign'agnarako.' [18] Izao gne nozaikain'e

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

Tompo, ireo izay efa nagnano io raha io da efa fantatry tamin'ireo razambe taloha. (Fagnamarihagny: Ireo dikan-teny sanany taloha da mivaky akô iao: "Izao gne nozaikain'e Tompo, amin'ireo izay fantatry tamign'andro taloha agnaby gne sanany.) [19] Noho izany, gne hevitrikoda, tsy tokony hagnakorontagny ireo avy ame Jentilisa izay nitodiky tamin'Andriamanitry isika. [20] Fa isika da hanoratry ho andreo fa tsy maintsy miala ame fahalotoan'ireo sampy indreo, ame fahavetavetagny, sady amin'e henan'e biby voakenda, izy ame ràndreo. [21] Satria Mosesy da efa vômbara tamin'e isan-tanàgny tamign'andro taloha sady izy da vakigny amin'ireo synagoga isaky gne Sabata." [22] Da akô tsara tamin'ireo apostoly izy am'olombe, niaraky tame fiangonagny agnaby, gne nifidy an'i Joda izay antsovagny hoe Barnabasy, sy i Silasy, izay mpitariky gne fiangonagny, izy ame handefa andreo agny Antokia miaraky amin'i Paoly sy Barnabasy. [23] Indreo da nanoratry ity: "Hatragny amin'ireo apostoly izy am'olombe, gne ralànareo, hatramin'ireo ralà avy agny Jentily agny Antokia, Siria, sady Kilikia: Arahaba! [24] Isika da efa nahare fa gn'olo sanany da niala tamintsika, tsy nisy beko avy amintsika sady nagnelingeligny anreo tamin'ireo fampianaragny izay nampikorontagny gne fagnahinareo. [25] Izao gn'izy, iay agnaby da efa nagneky gne hifidy ireo lelà sy handefa andreo agny aminareo miaraky amin'i Barnabasy sy Paoly malalanay, [26] lelà izay nagnano gn'ainy tsy ho aigny ho gn' agnaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. [27] Noho izany iay da magniraky an'i Joda sy i Silasy, izay hizakagny aminareo io zavztry io avao ame zakan-dreo manokagny. [28] Da akô tsara amin'e Fagnahy Masigny sy aminay, gne tsy hampinday entagny zakabe noho ireo raha ireo tena ilaigny: [29] da hialanareo amin'ireo zavatry nataonareo ho fagnatitry amin'ireo sampy, rà, ireo zavatry vôkenda, sady avy ame fahavetavetagny. Râ mitandrigny gne tegnareo amin'izany anareo, da ho tsara aminareo izany. Veloma." [30] Noho izany indreo, refa voarôky, da nidigny tagny Antiokia; aveo indreo da namory gne fonkonolo niaraky, sady nanolotry gne taratasy indreo. [31] Refa voavakin'indreo izany, da nifaly indreo noho gne tampaherezagny. [32] Joda sy i Silasy, mpaminany avakoa, da nampahery ireo ralà tamin'e zaka maro sy nampahery andreo. [33] Refa avy nijanogny fotoagny kidikidy tao indreo, da nalefa am-piadanagny avy ame ralà ho agny amin'ireo izay nandefa anazy ireo indreo. [34] [Fagnamarihagny: Gne dikan-teny tena taloha da mangalaky gn'andininy faha34 (taragno gn'Asa 15: 40): "Nefa mbola tsifohin'i Silasy gne nijanogny teo."] [35] Fa i Paoly sy Barnabasy da nijanogny tagny Antiokia niaraky tamin'ireo maro hafa, izay nampianaragnan-dreo sy nagnambaran-dreo gne zakan'e Tompo. [36] Tafanign'andro kidy Paoly da nizaka tamin'i Barnabasy hoe: "Andao isika himpody am'izao sady hamangy ireo ralà agny ame tanàgny agnaby izay nagnambarantsika e zakan'e Tompo, sady hahita hoe magnano akôgnaià indreo." [37] I Barnabasy da ta hinday an'i Jaona avakoa izay nantsovagny hoe Marky hiaraky amindreo. [38] Nefa i Paoly nihevitry fa tsy tsara gne hinday an'i Marky, izay niala andreo tagny Panfilia sy tsy nonohy niaraky niasa taminindreo niasa. [39] Aveo da nisy fifandiragny mafy, da nisaraky indreo, sady i Barnabasy ninday an'i Marky niaraky taminazy sady nandeha sambo negnà Sipra. [40] Fa i Paoly nifidy an'i Silasy sady nandeha, tafaran'e nagnomezan'ireo ralà anazy andraikitry ho an'e fahasoavagn'e Tompo. [41] Aveo izy da nandeha namakivaky nan'i Syria sy i Kilikia, da nampatanjaky gne fiangonagny.

Chapter 16

[1] Avy tagnynDerbe sy Lystra avakoa Paoly, sady indro, teo gne mpianatry raiky antsoigny hoe Timoty, zanaky lelàn' e viavy Jiosy izay nino; Rrika iabany. [2] Izy da tsara laza tamin'ireo oalàn izay tagny Lystra sady Ikonioma. [3] Tian'i Paoly hiara-dia aminazy izy; da malaigny izy sady noforagnh noho ireo Jiosy izay tamin'ireo toeragny ireo, satria fantatr'izy agnaby fa Grika iabany. [4] Râ nandeha mamakivaky gne tanàgny maro indreo, da nanolotry toromariky ho an'ireo mpino mba hagneky gne fampianaragny, izay nosoratan'i Apostoly izy am'olombe tao Jerosalema. [5] Da niha-natanjaky tame finoagny gne fiangonagny sady nitombo isa isan'andro. [6] Nandeha namakivaky gne rafitry gne Frygia sy Galatia Paoly izy ame namany, satria noraran'e Fagnahy Masigny indreo hagnambara gne zaka agny ame faritr' Asia. [7] Refa niditry takaiky an'i Mysia, da ta handeha ho agny Biytania indreo, nefa nosakanan'e Fagnahin'i Jesosy indreo. [8] Da nandalo tmin'i Mysia, danandeha nidigny tagny ame tanàgny an'i Troasy indreo. [9] Nahita fahotagny i Paoly tamign'alihny: lelà raiky Makedonia nitsangagny teo, nangahiky anazy sady nizaka hoe: "Avia aty Makedonia sady vonjeo iay." [10] Refa avy nahita gne fahitagny inPaoly, da nandeha agny Makedonia avy hatragny iay, nahatsapa fa Andriamanitry gne nangahiky anay mba nitory gne filazantsara amindreo. [11] Niantsambo noho izany avy tagny Troasy, da nilahatry mahitsy ho agny Samatrakia iay, sady nihazo an'iNeapolia iay gn'andro magnaraky. [12] Aveo da nandeha agny Filipy iay,bizay isan'e tanàgny Makedonia, izay tanàgny tena manan-danja ame rafitry izy ame zana-tany Romanina, sady nijanogny tamin'izany tanàgny izany nandritry gn'andro maro iay. [13] Tamign'andro Sabata da nandeha tambadik'e vavahady akaiky e renirano iay, izay noeritreretinay fa misy toeram-pivavahagny. Nidobôky iay sady nikoragny tamin'ireo viavy izay niaraky avy teo. [14] Nisy viavy raiky atao hoe Lydia, mpivarotry lamba volomparasy avy agny ame tanàgnin'i Tyatira, izay nanaompo an'Andriamanitry, niteno anay. Nanokatry the fony e Tompo hitandrigny e zaka izay nozakain'i Paoly. [15] Refa bita batisa izy sy gne ankohonany, da namporisiky anay izy, nizaka hoe: "Râ nitsara anà ho mahatoky ame Tompo anareo, da midira sady mipetraha ao an-dragno," Sady nandresy lahatry anay izy. [16] Sady tamin'izany, râ negnà ame toeram-pivavahagny iay, da nisy zaviavy raiky izay managny Fagnahin'e sikidy nifakanepaky taminay. Ninday tombony hoan'e tompony tamign'alalan'e sikidy izy. [17] Nagnaraky anay sy Paoly avy agny afara io viavy io sady nangahiky mafy, nagnano hoe: "Ireo lelà ireo da mpanompon'Andriamanitry Ambony Indrindra. Magnambara aminareo gne lalam-pamojegny indreo." [18] Nagnano izany izany nandritry gn'andro maro izy. Fa i Paoly da nanomboky sorry taminazy da nitodiky sady nizaka tamin'e fagnahy hoe: " Mandidy anao amign'agnaran'i Jesosy Kristy iao mba hijotso ao aminazy." Sady nijotso avy hatragny izany. [19] Refa


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

hitan'ireo tompony fa lasa the fagnantegnagny gn'ame tombony ho andreo, da nosamborin'indreo i Paoly sy Silasy sady notaritiny indreo ho agny an-tsena agnoloan'ireo manam-pahefagny. [20] Refa ninday andreo tagnoloan'ireo mpitsara indreo, da nizaka hoe: " Magnakorontagny e tanagnintsika itoa lelà toa. Jiosy indreo. [21] Magnambara fomba izay tsy ara-dalàgny ho an'e Romanigny gne magneky e mampihatra anazy indreo." [22] Da nitsangagny e fonkonolo nanohitry an'i Paoly sy Silasy; nangalaky e lambandreo gne mpitsara sady nandidy andreo mba ho kapohigny ame kakazo. [23] Refa nokapohin'ireo mafy indreo, da nalefandreo agny an-tragnomizigny sady nandidy gne mpiambigny tragnomizigny mba hiambigny mafy andreo. [24] Refa nahazo izany didy izany gne mpiambigny, da nalefany tagny amin'e tena farany laligny ame fonja indreo sady nofeheziny tame kakazo e tongotr'indreo. [25] Nagnodidigny gne misasak'aligny da nivavaky i i Paoly sy Silasy sady nihira fideragny an'Andriamanitry, sady gadra hafa da niteno andreo. [26] Tampoky teo da nisy horohorontany zakabe, da nampihozongozogny gne fototry e fonja; sady nisokatry avy hatragny gne varangaragny agnaby, sady tataky gne fehin'olo agnaby. [27] Taitry tame torimaso gne mpiambigny gne tragnomizigny sady nahita gne varangaran'e fonja nipôky; nagnabôky gn'amesany izy da saiky hamono tagna, satria noeritreretiny fa nilefa ireo gadra. [28] Fa nangahiky tame feo mafy Paoly, nagnano hoe: "Ka mandratry gne tegnanao, satria atoa aganaby iay." [29] Nampiantso Jiro gne mpiambigny tagnomizigny sady niditry nalaky t'agnatiny, tora-kovitry nojo gne tahotry, nandohaliky tagnoloan'i Paoly sy Silasy, [30] sady ninday andreo nijotso sy nizaka hoe: "Tompoko, ino gne tsy maintsy aniko mba ho voavonjy?" [31] Hoy indreo hoe: "Minoa an'i Tompo Jesosy, da ho voavonjy anao, anao izy ame ankohonananao." [32] Nitory gne tenin'e Tompo taminazy indreo, niaraky tamign'olo agnaby tan-dragnony. [33] Aveo da nandray andreo tamign'aligny tamin'igny lera igny avao gne mpiandry gonna, sady nanasa gne ratrin-dreo, sady izy amin'dreo agnaby tame tragnony raiky manontolo da nanigny batisa tselatsela. [34] Aveo da nentigny niakatry tan-dragnony i Paoly sy Silasy sady nandroso sakafo tagnoloan-dreo, da nifaly tokôtry izy niaraky tamindreo izay tan-dragnony, f'efa nino an'Andriamanitry izy. [35] Sady refa mandraigny gn'andro, da nandefa zaka tamin'ireo mpiambigny ireo mpitsara, nizaka hoe: "Avelay Andeha ireo lelà ireo." [36] Niampatry izany zaka izany tamin'i Paoly gne mpiambigny, nizaka hoe: "Nampinday zaka anà gne mpitsara mba hamela anareo handeha: noho izany am'izao mibôha, sady mandehana am- piadanagny." [37] Fa nizaka tamindreo Paoly hoe: "Nikapoky anaynampahabemaso tsy nisy fitsaràgny indreo, ndre da mizàka gne zom-pirenegny Romanigny azaky iay_ sady nalefandreo tam-pigadragny. Am'izao da tiandreo ho alefa an-tsokotsoko me iay? Tsia! Aoky gne tegnanareo gne ho avy eto sy hitariky anay hijotso." [38] Niampatry izany zakanizanyntame mpisara gne mpiambigny, sady râ vak nahare indreo fa Romanigny i Paoly sy Silasy, da natahotry indreo. [39] Avy sy nialatsigny tamindreo gne mpitsara sady ninday andreo nijotso, nangataky andreo mba hiala tao an-tànagny. [40] Da niala tagny an-drangomizigny i Paoly sy Silasy sady negnà ame tragnon'i Lydia. Refa nahita ireo ralàbi Paoly sy Silasy, da nampahery andreo sady aveo da niala to an-tànagny indreo.

Chapter 17

[1] Da refa nandalo gne tanàgnan'e Anfipolia sy Apolonia indreo, da avy tao amin'e tanàgnin'i Tesaloniky indreo, izay nisy Synagoga n'e Jiosy. [2] Paoly, araky gne fomba famboariny da negnagn'amin-dreo, da niady hevitry niaraky tamindreo aby ao amin'e Soratra Masina gn'andro Sabata telo. [3] Nosokafagny gne Soratra Masina da nazavaigny fa nilain'i Kristy gne nijaly da nitsangagny indraiky amin'e maty. Hoy izy hoe :"Io Jesosy izay ambarako aminareo io gne Kristy." [4] Resy lahatry gne sanany tamindreo Jiosy da nagnaraky an'i Paoly sy Silasy, agnisan'izany gne mpivavaky Grika Maro agn'isa, da tsy vitsy gne viavy mpitariky. [5] Fa gne Jiosy tsy mpino nentin'e fialognagny da nangala gne olo ratsy fagnà avy ta-bezary, nandagno niaraky gne fokonolo, da namparesaky gne tanàgny.Nanafiky gne tragnon'i Jesona, te hinday an'i Paoly sy Silasy hiala gne fokonolo indreo. [6] Fa refa tsy hitany indreo, da notarihan-dreo I Jasona izy ame rahalà hafa sanany ho eo amason'e manam-pahefagnin'e tanàgny, nitomagny, "Itoa lelà izay nampitsimbadiky an'izao tontolo zao itoa da avy etoa avakoa. [7] Itoa lelà izay nampandrosoin'i Jasona toa da manohitry gne didin'i Kaisara; mizaka indreo fa misy mpanjaka hafa-da I Jesosy." [8] Vôelingeligny gne fokonolo izy ame manam-pahefagny tamin'e tanàgny refa naharegny an'izany raha zany. [9] Fa refa aveo gne manam-pahefagny nampandoa vola an'i Jasona izy ame ambiny mba ho antoky, aveo indreo nametraky andreo handeha indreo. [10] Nalefan'e rahalà tagny Beria gn'arivan'igny i Paoly sy Silasy. Refa avy tagny indreo , da hiditry tao amin'e Synagogan'e Jiosy. [11] Da ireo olo reo agny Tesalonika, fa nandray gne zaka tamin'e fahavognonan'e Saigny rehatra indreo, nandiniky gne Soratra Masina isan'andro mba hahita raha tena izany tokôtry ireo Raha reo. [12] Noho izany da maro tamindreo gne nino, tagnatin'izany gne viavy Grika manan-kaja sanany da lelà Maro. [13] Fa gne Jiosin'e Tesalonika refa naharegny fa i Paoly da nagnambara gne tenin'Andriamanitry tao Beria avakoa, da nandeha tegny indreo da namparesaky sady nampikorontagny gne fokonolo. [14] Da avy da, gne rahalà nandefa an'i Paoly ho agny ame ranomasigny, fa i Silasy da I Timoty nijanogny teo. [15] Indreo zay nitariky an'i Paoly ninday an'azy hatragny amin'e tanàgnin'i Atena. Raha nametraky an'i Paoly teo indreo, da nandray torolàlagny avy amin'azy ho an'e Silasy sy Timoty mba hohegnagny amin'azy malaky araky izay azo hanigny. [16] Da raha nandigny an'azy gne tagny Atena i Paoly, da avy vignitry tagnatiny gne fagnà feno sampy. [17] Da niady hevitry tao amin'e Synagoga niaraky tamindreo Jiosy Izy ame hafa izay nanompo an'Andriamanitry izy, akoizany koa gne tao amin'e toeran'e raharaham-barotry niaraky tamindreo izay teo. [18] Fa gne sanany tamindreo filozofa Epikoreana sy Stoika avakoa nifankahita taminazy. Gne sanany nizaka hie:"Da akô gne raiky izay mangaiky gne olo hagnaraky gne Andriamanitry hafahafa izy," satria nitory an'i Jesosy izy ame fitsanganagny amin'e maty izy. [19] Nangala an'i Paoly indreo da ninday an'azy tao amin'e Areopago, nizaka hoe: " Afaky

mamantatry an'izany Fampianaragny vaovao izay nozakainao zany me iay ? [20] Fa minday raha hafahafa tsy fahenon'e
sofinay anao. Noho izany, te hahafantatry gne dikan'izany raha zany iay." [21] ( Da gne Atenina rehatra izy ame vahiny
nipetraky da nandany gne fotôgniny tamin'e tsy nisy fa avakoa tamin'e filazagny na fitenomagny momban'e raha vaovao.)
[22] Da nitsangagny tategnategnan'e Areopago I Paoly da nizaka hoe: "Anareo lelàn'i Ateniana, hitako fa tena relijiozy amin'e
fomba rehetra anareo. [23] Fa raha niala iao da nandiniky gne tanjon'e fomba fanompoam-pivavahanareo, da nahita alitara
iao misy an'ity soratry ty hoe:" Ho an'Andriamanitry tsy fantatry. "Ino zany gne hivavahanareo ao amin'e tsy
fahafantaragny an'izany gne Zakaiko aminareo. [24] gn'Andriamanitry izay nagnano an'izao tontolo zao izy ame Raha
rehetra eo amin'azy, satria Tompon'e lagnitry izy and tany Izy, tsy mipetraky ao agnaty fiangonagny vôforigny tamin'e
tanàgny. [25] Ndre izy tsy notompoigny tamin'e tagnan'olo, akô gne nila Raha izy, satria izy tegnany gne magnome fiainagny
gne raha hafa rehetra. [26] Aveo amin'e olo raiky gne nagnamboaragny gne firenegny rehetra ho an'e olo mba hiaigny eo
ambonin'e tany, namaritry gne vanim-potoan-dreo sady nanendry gne toeragny fipetragny da gne andro iaignan-dreo, [27]
da mba tokony hitady an'Andriamanitry indreo, Raha ôtraky mety nahatratry sady hahita an'Azy indreo. Kanefa mbola
tsy lavitry antsika tsiraidraiky aby Izy. [28] Satria atsika da mivelogny sady mihetsiky da managny gne maha-izy antsika, akô
gne nozakain'e raiky amin'e mpagnano tononkalonareo manokagny hoe: "fa taranakiny avakoa atsika." [29] Noho izany,
satria Zanak'Andriamanitry atsika, atsika da tsy tokony hieritreritry fa gne hatsaran'e fombany da mitovy amin'e
volamena, na volafotsy,na sary-vongagny izay nogorognigny avy amin'e asa tagnà sy aingam-pagnahin'olombelogny. [30]
Noho izany da nohadignon'Andriamanitry gne fotôgnin'e tsy fahalalagny, fa amizao mandidy gne olo aby egny rehetra
egny mba hibebaky izy. [31] Izany gne izy satria nametraky andro izy hoe ovia gne hitsara an'izao tontolo zao amin'e
fahamarinagny amin'e alalan'e olo izay nofidianiny. Nognome porofon'io lelà io tamin'e olo tsiraidraiky tamin'gn'alalan'e
fananganagny an'azy tamin'e maty Andriamanitry. [32] Da refa naharegny gne fitsanganagny amin'e maty gne olon'i Atena,
da nagnabarabara an'i Paoly gne sanany; "Hiteno anao indraiky momba an'izany raha zany iay." [33] Tafaran'izay, niala
an'andreo i Paoly. [34] Fa gne sanany tamin'e olo nagnaraky an'azy da nino, tagnatin'izany I Dionysio Aeropagita, viavy
antsovagny hoe Damary, da gne sanany niaraky tamindreo.

Chapter 18

[1] Da tafaran'io ra io i Paoly da niala tao Atea da nandea Korinto. [2] Nifankaita tamina Jiosy nangiagny hoe Akoila ako izy,
tera-tany Ponto, izay vo tonga avy tagny Italia niaraky tamin'i Prisila vadiny, satria i Klaodio nandidy gne Jiosy marobe
hiala tao Roma. [3] Paoly nagnatogny andreo, satria varotry mitovy avao gne hesany, da niaraky nipetraky tamin-dreo izy
da niasa, fa gne magnao lay gne asan-dreo. [4] Da niady hevitry tame synagoga isakin'gne Sabata i Paoly. Nandresy lahatry
gne Jiosy sy Grika izy. [5] Fa ra nidigny avy ta Makedonia i Silasy sy Timoty, da noteren'e Fagnahy hagnabara amin'gne Jiosy
fa Jesosy e Kristy i Paoly. [6] Rehefa nanohitry sy nagneso anazy gne Jiosy, da nikopakopaky gnelambany tamin-dreo i Paoly
da nagnao hoe: "Enga anie mba ho ame lohanareo gne rànareo; tsy manan-tsigny iao. Fa manmboky izao da ho ame
Jentilisa iao." [7] Da niala teo izy aviteo da nandea tan-dragnon'i Titosy Josto, lela izay manompo an'Andriamanitry. Gne
tragnony da akekin'gne synagoga. [8] Krispo, mpitariky gne synagoga, natoky e Tompo, niaraky tamin-dreo maro izay
nipetraky tame tragnony; da maro tame Koritiana gne naregny momba izany e natoky sy nanigny batisa. [9] E Tompo
nizaka tamin'i Paoly tame fahitagny tamin'e ariva hoe: "Ka mataotry, da ka mangigny fa mizaka. [10] Fa Iao miaraky aminao,
da tsy misy olo hafaky hagnano ratsy anao, fa managny olo maro amin'ity tanàgny ity Iao." [11] Nipetraky tao heritaogny sy
enim-bolagny i Paoly sady nampianatry gne zakan'Andriamanitry tamin-dreo. [12] Da rehefa lasa governoran'gne Akaia i
Galio, da niaraky nitsangagny gne Jiosy hanohitry an'i Paoly da nitondra anazy tagnatrehan'ge fitsaragny; [13] nizaka indreo
hoe: "Io lela io da mandresy lahatry gne fokonolo mba hanompo an'Andriamanitry izay mifanohitry ame lalàgny." [14] Da
raha handea hizaka Paoly, da nizaka tame Jiosy u Galio hoe: "Anareo Jiosy, raha resaky ra ratsy na heloky izany, da mbola
azo eritreretigny gne fifampiraharahagny aminareo." [15] Fa hatramizay nisian'gne fagnotania momba gne zaka sy
agnaragny da lalàgninareo manokagny, alamignonareo izany. Iao tsy magniry gnevho mpitsara izany raharaha izany." [16]
Galio nangala andreo hiala tame sezam-pitsaragny. [17] Da nisambotry an'i Sostena izy marobe, gne mpanapaky e synagoga,
da nikapoky anazy tanoloan'gne toeram-pitsaragny. Da Galio tsy nandrara gne nanin-dreo. [18] Paoly, rehefa nipetraky tao
nandritry gne andro maromaro, da nagnapetraky gne ralah da niditry tagnaty sambo andea a Syria niaraky tmin'i Prisila
sy Akolia. Taloany nialany tame seranan-tsambo da nohetezany tao kenkrea gne volony noho gne voady izay naniny. [19]
Rehefa tonga ta Efesosy indreo, da napetrak'i Paoly teo i Prisila sy Akoila, fa izy vatany niditry tame synagoga da niady
hevitry tamin'gne Jiosy. [20] Rehefa nangataky an'i Paoly mba hijanognyelaela indreo, da tsy nagneky izy. [21] Da niala andreo
izy, nizaka hoe: "Mbola hipody aty iao raha sitrapon'Andriamanitry izany." Da niditry agnaty sambo niala ta efesosy izy
aveo. [22] Rehafa nitody ta kaisaria i Paoly, da niakatry izy da nagnotsafa gne fiangonan'e Jerosalema da nidigny nandea
Atioky aveo. [23] Rehefa avy nipetraky lera maromaro tao izy, da niala i Paoly da nitety gne faritr'i Galatia sy Frygia da
nankahery gne mpianatry marobe. [24] Da nisy Jiosy raiky nangiagny hoe Apolosy, teraky tagny Aleksandria, tonga ta
Efesosy. Izy da nahay nandahatry zaka sady nahalala tsara gne Soratry Masina. [25] Apolosy da nampianarigny tame
fampianaran'e Tompo. Mahafatra-po ame fagnahy, izy nizaka sy nampianatry marina gne ra mahakasiky an'i Jesosy, f'izy
e batisan'i Jaona avao gne fantany. [26] Apolosy nanomboky nizaka am-pasahiagny tame synagoga. Da rehefa naharegny
anazy i Prisila sy Akoila, da nangala anazy andea ame sisiny da nagnazava taminazy marina kokoa gne
lalan'Andriamanitry. [27] Rehafa nagniry hamakivaky an'i Akaia izy, da nampahery andreo ralah da nanoratry ho an'gne

mpianatry tao Akaia mba handray anazy. Rehefa tonga izy, da tena nagnampy gne nino tame fahasoavagny. [28] Apolosy
nanohitry mafy gne Jiosy tame ady hevitry ampahibemaso, nagnambara tamin'gne alalan'e Soratry Masina fa Jesosy e
Kristy.

Chapter 19

[1] Da raha tagny kointy i Apolosy, da nandalo tami'e firenegny ambony i Paoly da avy tao ame tanàgn'e Efesosy, da nahita
mpianatry sasany tao. [2] Hoy Paoly tamindreo hoe: "Nahazo gne fanahy Masigny zany anareo refa nino?" Hoy indreo
tamin'azy hoe: " Tsia, mbola tsy naregny momba Fanahy Masina mitsy iay. [3] Paoly nizaka hoe: "Tamign'ino zany sa gne
nagnamboaragny batisa anareo?" Namaly indreo hoe: "Tamin'e batisan'i Jaona." [4] Da namaly i Paoly hoe: "Jaona magnano
batisa ame batisan'e fibebahagny. Nizaka tamin'e vahoaky izy fa tokony hino e raiky ho avy afara indreo, izany da, ao
amin'i Jesosy." [5] efa naregny an'izany gn'olo, da nanigny batisa tamign'agnaran'e Tompo Jesosy indreo. [6] Aveo refa
nametraky gne tagnany tamin-dreo Paoly, da nilatsaky tamin-dreo gne fanahy Masigny da nzaka tamin'e fizakagny hafa
sady naminagny indreo. [7] Tamin'e roa ambin'e folo teo ho eo izy rehetra. [8] Niditry tao amin'e synagoga i Paoly da nizaka
ame fahasahiagny mandritry gne telo volagny, nadresy lahatry sady nampagneky andreo gne momba gne
fanjakan'Andriamanitry. [9] Fa refa mafy fo sady tsy nankàto gne Jiosy sasany, da nanomboky nizaka ratsy gne lalagny
talohan'e vahoky indreo. Da nelan'i Paoly indreo da nentiny gne mpianatry, nandresy lahatry andreo isan'andro tao
amin'e efitragno fampianaran'e Tiraniana. [10] Nitohy nandritry gne roy taogny zany, da izay rehetra nipetraky tao da
naregny zakan'e Tompo, da indreo Jiosy izy ame Grika. [11] Andriamanitry nagnano asa mahagaga tamign'alalan'e tagnan'i
Paoly, [12] ndre da gne mosoara sy aron'akanjo izay mikasky an'azy azaky da naniny tame marary da sitragny gn'aretidreo
da nijotso avy tamin-dreo gne fagnà ratsy. [13] Fa nisy Jiosy mpangala fagnà ratsy nandeha tegny ame toeragny. Nangaiky
gn'agnaran'e Tompo Jesosy indreo mba hanagnandreo hery hanoheragny gne fagnà ratsy refa nizaka indreo hoe:
"Amign'alalan'i Jesosy izay nambaran'i Paoly, mandindy anao iao mba hijotso." [14] Gne pisorogny be Jiosy minday
gn'agnaràny hoe Skeva da nanagny zanaky fito làhy gne nagnano an'izany. [15] Nisy fagnà ratsy namaly andreo hoe:
"Fantatriko Jesosy, da fantatriko Paoly; fa ia anareo?" [16] Gne fagnà ratsy tao amin'e lelàhy da niantsampy tame mpangala
deoly da nilefa tao amin'e tragno nitanjàky sady naratry. [17] Lasa fantatry gne rehetra izany, izy ame Jiosy da gne Jentilisa,
izay nipetraky tagny Efesosy. La natahotry mafy indreo, da gn'agnarany Tompo Jesosy da nomegny voninahitry. [18] Sady
koa, maro tamindreo mpino gne nagnatogny da nibebaky sady nagneky gne raha ratsy izay vitan-dreo. [19] Maro gne nihira
ody gne niaraky ninday gne bokin-dreo sady nandoro an'izany tamason'e tsiraikiraiky. Refa nagnisa e tombam-
bidin'iregny indreo, da farantsa volafotsy dimy aligny zany. [20] Da niparitaky tame fomba matanjaky gne tamin'e Tompo. [21]
Da refa nahavita gn'asa fanompoagny tagny Efesosy i Paoly, da nanapa-kevitry tame fagnà izy mba handalo agny
Makedonia da Akaia tegny andalagy mengagny Jerosalema, hoy izy: "Refa avy agny iao, da tsy maintsy mandeha agny
Roma avakoa. [22] Paoly nandefa roy tamin-dreo mpagnamy an'azy ho agny Makedonia, i Timoty da Erasto, izay nagnampy
an'azy, Fa izy tegnany nijanogny fotôgny fohy tagny Asia. [23] Tamin'izany fotôgny zany tagny Efesosy da nisy
fanelingelegnagny zakabe mikasiky gne làlagny. [24] Fa nisy mpanefy volafotsy raiky antsovagny hoe Demetrio, izay
nagnano gne sary sikotry volafotsn'i Diana, nampiditry vola be ho an-ndreo mpagnano asa tagnà. [25] Da nalagnony niaraky
ireo lelàhy miandraikitry an'io asa io da nizaka hoe: "Tompoko, fantatrao fa amin'ity raharaha ty da mahazo vola be iay. [26]
Hitanao sady regninao zany, tsy tagny Efesosy avao, fa saiky magneragny an'Asia raiky manontolo, io Paoly io da
nandresy lahatry sady nahataogny olo maro. Nizaka izy fa tsy Andriamanitry vita tamin'e tagnà. [27] Fa gne loza da tsy hoe
gne arotsika avao gne tsy ho ilaigny sanaky, fa gne fiangonan'e andriamanim-bavy zakabe Diana avakoa da azo
hevarigny ho tsy misy dikany. Da mety ho very voninahitry izy aveo, izy izay tompon'e Asia rehetra sy izao tontolo izao."
[28] Refa naregny an'izany indreo, da feno havigniragny indreo da nizaka mafy, nagnano hoe: "Zakabe i Diana an'i Efesosy. [29]
Feno fifanjevoagny tao amin'e tanàgny raiky manontolo, da niar-nifagnaretsaka ho ao amin'e tragno fagnamboara
fampisehoagny an-tsehatry gne vahoaky. Voasambotrn-dreo gne mpiara-dia tamin'i Paoly, Gario sy Aristarko, zay avy
agny Makedonia. [30] Tehiditry tao amin'ireo vahoaky maro i Paoly, fa nosakanan'ireo mpianatry izy. [31] Sady avakoa, gne
sasany tamindreo manam-pahefagny tao amin'e faritr'i Asia izay namany da nandefa hafatry nangataky an'azy mafy tsy
hiditry ao amin'e tragno fagnamboaragny fampisehoagny an-tsehatry. [32] Olo sasan-tsasagny gne nizaka raha raiky , da
gn'ane sasany hafa, satria tagnaty fifanjevoagny gne vahoaky. Gne ankamaroan-dreo azaky tsy nahafantatry mitsy hoe
nagnino indreo gne niarak'avy [33] Gne sasany tamin'e ahoaky gnevnampahafantatry an'i Alksadra, izay natosikin'e
vahoaky ho egny aloha, da nagnano fihetsiky tamin'e tagnany i Aleksandra, tagnome fagnazavagny ho an-dreo izay
nivory. [34] Fa refa nahafantatry indreo fa Jiosy izy, da nizaka mafy tamin'e feo raiky izy agnaby teo ho eo amin'e roy lera,
nagnano hoe: "Zakabe gn'Artemisin'e Efesosy. [35] fa nampangigny gne vahoaky gneblehiben'e tanàgny, da nizaka isy hoe:
"Anao olon'e Efesosy, olo ia gne teo da tsy nahafantatry fa gne tanagnin'e Efesianina da mpiambigny gne fiangonan'e
Diana zakabe izy ame sary izay nilatsaky avy agny ame lagnitry? [36] Sady hita aveo fa tsy azo lavigny ireo raha reo, da
tokony hngagny anareo da tsy hagnano ndre ino ndre ino tsy am-piheveragny. [37] Fa nentinareo ety amin'e fitsaragny ireo
lelàhy reo izay sady tsy mpandroba tempoly sady tsy mpizaka ratsy gne andramanimbavi-tsika. [38] Noho izany, raha
nanagny fitoriagny manohitry gne tsirairaiky i Demetrio izy ame mpagnano asa tagnà izay miaraky amin'izany, da
misokatry gne fitsaragny da misy solotegna ao. Apetray indreo hifampitory. [39] Fa raha mitady raha momba gn'olo hafa
anareo, da tokony ho hatsangagny amin'e fivoriagny ara-dalàgny zany. [40] Fa indrindra atsika da tandindomin-doza ho


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

voapanga mikasiky an'io andron'e tabataba io. Tsy misy antony zany fikorontanagny zany, da tsy ho afaky hagnazava
an'izany atsika. [41] Refa nizaka an'izany izy, da noravaigny efivoriagny.

Chapter 20

[1] Refa tapitry e naresaky, namory ireo mpianatry i Paoly sady aveo nampahery andreo, nagnano veloma izy sady lasa
handeha ho agny Makedonia. [2] Refa nandeha tegny amin'ireo faritry ireo sady nagnano teny fankaherezagny maro
andreo, da avy tagny Gresia izy. [3] Refa avy nijanogny tell volagny tao izy, nisy teti-dratry noforonin'ireo Jiosy
hanoheragny anazy efa izy handeha hiantsambo ho agny Syria igny, da nanapa-kevitry gne himpôdy ho agny Makedonia
izy. [4] Nagnaraky anazy hatragny Asia lavitry abjy i Sopaterera zanaky lahin'i Pyro avy agny Beria; Aristarko sy Sekondo,
samby avy amin'ireo mpino Tesalonika; Gayo avy agny Derbe; Timoty, sady Tykiko sy Trofimo avy agny Asia. [5] Fa ireo lelà
ireo efa nandeha alohanay sady nandigny anay tagny Troasy. [6] Niaraky tame sambo niala two Filipy iay tafaran'e andro
fihinanagny mofo matavay, sady tagnantin'e dimy andro da avy tagny amindreo Troasy iay. Sady nimpetraky tao iay
nandritry gne fito andro. [7] Tamign'andro vôlohan'e herigna'andro, refa nivory niaraky mba hanapaky gne mofo iay, da
nikoragny tamin'ireo mpino i Paoly. Izy da nikinia handeha gn'omarainigny, da tsy nanohy koragny hatrame sasakaligny
izy. [8] Nisy jiro maro tamign'efitry ambony izay nihavianay niaraky. [9] Tamin'e varangarankely gne nidobôky ity korao
nantsoigny hoe Eotika, izay tafalatsaky tagnantin'e torimaso laligny. Râ nikoragny elabe tokôtry i Paoly, io korao io, da
mbola natory avao, tafalatsaky agy egny ame rindrigny fahatelo sady nony narenigny izy da efa maty. [10] Fa i Paoly
nidigny, nagnampatry e tagnany taminazy, sady namihigny anazy. Aveo izy nizaka hoe: "Ka malahelo esanaky, fa velogny
izy." [11] Da aveo niakatry izy sady hanapaky gne mofo sy nihinagny. Refa avy nikoragny ela tamindreo hatrame mazava
ratsy andro izy, da nandeha. [12] Ninday an'igny korao igny efa velogny nimpody indreo sady tena ravo be da ravo be. [13]
Isika mihitsy gne nandeha alohan'i Paoly tame sabo sady niantsambo ho agny Aso, fa agny kaisanay handraisagny an'i
Paoly. Izany gne ragniriany atao amentegnany, satria nagniry andeha an-tanety izy. [14] Refa nifakahita taminay tagny Aso
izy, da nentinay tame sambo izy da negnà Mitylena. [15] Aveo niantsambo avy teo iay sady avy tamin'e tandrifin'e nosin' Kio
gne maraigny. Gn'andro magnaraky da niantsogny tamin'e nosin'e Samo iay, sady gne marihinigny da avy tame tanàgnin'i
Mileto. [16] Fa Paoly nanapa-kevitry gne hiantsambo nandalo an'i Efasosy, mba tsy handany fotoagny ela agny Asia izy;
satria izy da meky gne ho agny Jerosalema gn'andron'e Pentekosta, râ azony atao gne magnano izany. [17] Avy agny Mileto
gne nandefasagny lelà ho agny Efasosy sady nampangahiky gn'olombe fiangonagny hagnantogny aminazy. [18] Refa avy
taminazy indreo, da nizaka tamindreo izy hoe: "Anareo tegnanareo mahafantatry, hatramign'andro vôlohany
nagnitsahako an'i Asia, hoe akôgnaià gne nandanihako gne fagnontaniako niaraky taminareo. [19] Iao da nanompo hatrany
gne Tompo tame fanetre-tegna agnaby sy ranomaso, sady tagnantin'e fijaliagny gne nibôky taminà izany nohon'e teti-
dratsin'ireo Jiosy. [20] Anareo da mahafantatry fa tsy nitazogny fahanginagny tamin'e fagnambaragny taminareo agnaby
izay nilaigny iao, izy ame fomba nampianariko anareo tamasin'olo sady tame isa-tragno, [21] nijoaroako vavolombelogny
taminareo Jiosy izy ame Jentilisa momba gne fibebahagny amin-Andriamanitry izy ame finoagny ao amin'i Jesosy
Tompontsika. [22] Indro am'izao, ho agny Jerosalema iao, noteren'e Fagnahy Masigny da tsy mahalala izay hahazo anà agny,
[23] afa-tsy izay hampiandreman'e Fagnahy Masigny anà isaky gne tanàgny zakabe amin'ireo famatoragny sy gne fijaliagny
izay mandigny anà. [24] Fa iao da tsy mihevitry gne fiaignako hoe sarobidy and tegnako, râ tsy hahavita gne hazakazako izy
amign'asa fanompoko izay noraisiko avy amin'i Jesosy Tompo iao, hagnambara gne filazantsaran'e
fahasoavan'Andriamanitry. [25] Sady indro am'izao, fantatro fa anreo agnaby, izay nagnamboarako gne fanjakagny, gne tsy
hahita e tarehiko esanaky. [26] Noho izany ambarako aminareo amin'ity andro ity, fa iao da tsy manan-tsigny ame ràn'olo. [27]
Fa tsy nafiniko taminareo gne fagnambaragny gne sitrapon'Andriamanitry agnaby. [28] Noho izany tandremo gne momban'e
tegnanareo, izy ame momban'ireo ondry agnaby izay hampihandraketan'e Fagnahy Masigny anareo. Mitandrema ame
mpiambigny ondrin'e fiangonan'Andriamanitry, izay novidiany ame ràny manokagny. (Fagnamarinagny: râ ohatry ka
"Tamin'e ràny manokagny" gn'ame antontan-taratasy fahiny da mivaky hoe: "Tamin'e ràny zanaky lahiny manokagny.") [29]
Fantatro fanafaran'e fandehako, da ho avyminareo ireo amboadia maseky sady tsy hiantra an'ireo ondry. [30] Fantatro fa
ndre da avy aminareo azaky danhisy olo ho avy sady hagnova e marigny mba hitariky ireo mpianatry hagnaraky andreo.
[31] Da miambena. Tsarovy fa nandritry e telo taogny iao tsy nijanogny nampianatry gne tsikiraikiraiky aby aminareo
andro aman'aligny tame ranomaso. [32] Am'izao ankiniko amin'Andriamanitry sy ame tenin'e fahasoavagny anareo,izay
afaky manangagny sy magnome anareo gne lova eo amin'ireo agnaby izay nohamasinigny. [33] Tsy niregny bolafotsy,
volamena, na lamban'olo iao. [34] Anareo tegnanareo gne mahafantatry fa ireto tanagny ireto gns nanolotry izay ilaiko sady
ireo nilain'ireo izay niaraky taminà. [35] Tamin'e raha agnaby gne nagnomezako ohatry anareo gne fomba tokony
hagnampinareo e malemy amign'alalan'e asa, sady gne fomba hitadidinareo gne tenin'i Tompo Jesosy, zaka izay
nambarany izy tegnany hoe: "Mahasambatry tokôtry gne magnome noho gne mandray." [36] Refa avy nizaka akô izany izy,
da nandohaliky sady nivavaky niaraky tamin'izy agnaby. [37] Nisy fitomagniagny be teo sady namihigny an'i Paoly sady
nagnoroky anazy indreo. [38] Nalahelo gne maro tamindreo nohonizay nozakainy, hoe: indreo da tsy hahita gne tavany
esanaky. Aveo nagnatitry anazy tegny ame sambo indreo.

Chapter 21

[1] Refa niala tamindreo iay da nandeha sambo, da nandeha lala-mahitsy negn'agny ame tanagnin'i Kosy, negn'agny ame

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tangnin'i Rody gn'andro magnaraky, sady avy ao da negn'agny ame tanagnin'i Patara. [2] Refa nahita sambo niampita
negn'a Foinika iay, da niditry tao iay ka nandeha sambo. [3] Refa avy nahita an'i Kyprosy, da namela an'izany tegny
ampitan'e sambo ho agny Syria iayda nijanogny tao Tyro, tanagny izay namoahan'e mpitondra sambo gn'etagny tagnaty
sambo. [4] Raha vô nahita an'e mpianatry iay, da nijanogny tagny nandritry gne fito andro. tame gn'alalan'e Fagnahy da
nandresy lahatry an'i Paoly fezay indreo mba tsy handeha ho agny Jerosalema. [5] Refa tapitry gn'andronay tegny, da niala
tao iay ka nandeha tame lalagninay, sady izy agnaby, niaraky tame vady aman-janakiny, nagnaraky nivoky tao ame
tanagny. SAdy nandohaliky tegny amoron-dranomasigny da nivavaky [6] sady nifagnano veloma. da niditry tao ame sambo
iay, sady indreo niverigny tagny andragnony. [7] Refa vitanay gne dia tagny Tyro, da avy tagny Ptolemaisy iay. Tagny da
nifakahita tame rahala sady nijanogny andro raiky niaraky tamindreo. [8] Gn'omaraigny n'igny da niala tao iay sady
nandeha tagny Sezarea.Niditry gne tragnon'i Filipo atsika, evanjelita, izay raiky tame fito , sady nijanogny niaraky
tamin'azy iay. [9] Amizao io lela io da nanagn'anaky viavy virjiny efatry izay naminany. [10] Refa nijanogny tao nandritry
gn'andro maromaro iay, da nisy mpaminany raiky nidigny avi tagny jodia nantsovagny hoe Agabo. [11] Nagnatogny anay
sady nangala gne fehikibon'i Paoly izy. Tamin'igny gne namehezany gne tombokiny izy ame tagnany sady nizaka hoe:
"Hoy gne Fanahy Masina, 'da ako izao gne hamatoran'e Jiosy agny Jerosalema gne lela izay tompon'ity fehikibo ity, sady
hanolotry an'azy eo antagnan'e Jentilisa.'" [3] Fa refa nandagnogny kitay kakazo, sady nametraky an'izany teo ame gn'afo
Paoly, da nisy menaragny nijotso nohon'e hafanagny, sady nifamolitry tame tagnany. [4] Refa nahita gne biby nihantogny
tame tagnany gne tompo tanagny, da nifampiresaky indreo hoe: "Tena mpamono olo izay nilefa avy tagny an-
dranomasigny io lelà io, raha gne rariny da tsy tokony ho velogny izy." [15] Tafaran'io andro io, da ninday gne kitaponay iay
ka niakatry negn'agny Jerosalema. [16] Da nisy gne mpianatry sasany avakoa avy agny Sezarea nagnaraky anay. Ninday lela
raiky niaraky tamindreo izay nantsoigny hoe Menasona, lela avy agny Sipra, mpianatry mainty molaly, izay tokony
hiresanay mipetraky. [17] Refa avy tagny Jerosalema iay, da nandray anay am-pifaliagny gne rahala. [18] Gn'omaraignin'igny
da nagnaraky anay i Paoly ho agny am'i Jakoba, sady teo agnaby gne lohologny agnaby. Refa avy niarahaba andreo izy, da
nitatitry tsiraidraiky gne raha agnabyizay [19] Refa namboarin'Andriamanitry tame Jentilisa tame gn'alalan'e gn'asa
fanompoagny. [20] Refa naharegny an'izany indreo, da nidera an'Andriamanitry, sady nizaka tamin'azy hoe: "Hitanao, o
rahala, an'arivony firy gne nino tame Jiosy. Tapa-kevitry izy agnaby hitandrigny gne lalagna. [21] Efa nozakaindreo gne
momba anao, fa anao da mampianatry gne Jiosy agnaby izay mipetraky eo ame jentilisa hahafoy an'i mosesy, sady anao
mizaka andreo tsy hamora gne zanany, sady tsy hagnaraky gne fomba taloha. [22] Ino gne tokony hohanitsika? Ho regnin-
dreo tokôtry fa avy anao. [23] Ka amboary izay zakainay anao. Managny lelà efatry izay nagnano voady iay. [24] Ento ireo lelà
reo da diovy miaraky amin-dreo gne tegnanareo, da haloavy ghe fandanian-dreo, Da ho fantatry gne olo rehetra fa gne
raha izay nozakaigny momba anareo da diso. Ho fantatr'indreo fa anao da magnaraky lalàgny avakoa. [25] Fa mikasiky gne
Jentilisa izay nino, iay da nanoratry sady nagnome torolalagny fa tokony hitandrigny gne tegnany amin'e raha vita
sorogny ho an'e sampy indreo, avy amin'e rà, avy amin'izay nokendaigny, sady avy amin'e fijangajangagny. [26] Aveo da
nalain'i Paoly ireo lelà, da gne maraigny, izy nagnadio gne tegnany niaraky tamin-dreo, niditry tao ame fiangonagny,
nagnambara gne vanim-potoagnan'e andron'e fagnadiovagny, mandra-pagnatitry gne fagnatitry ho an'e olo tsiraidraiky
tamin-dreo. [27] Refa ho tapitry gne fito andro, gne Jiosy sasasasany avy agny Asia, nahita an'i Paoly tao ampengonagny,
nampikorontagny gne fokon'olo agnaby, sady nisambotry an'azy. [28] Nitabataba indreo hoe: "O olon'Israely ,ampio iay ". io
gne lela izay mampianatry gn'olo agnaby hatraiza ka hatraiza gne raha izay manohitry gn'olo, gne lalagna, da ity tanagny
ity. Fagnampin'izany, ninday Grika tao am-pengonagny avakoa izy da nandoto an'ity toeragny masigny ity. [29] " Fa indreo
taloha nahita an'i Trofima izay Efeziana niaraky tamin'azy tao an-tanagny, sady nieritreritry indreo fa iPaoly gne ninday
an'azy tao am-pengonagny. [30] Nifanaritaky gne tanagny manontolo, sady niaraky nihazakazaky da nisambotry an'i Paoly
gn'olo. Nisintogny an'azy hijotso ao ame fengonagny indreo, da nahidy teo noe eo gne varangara. [31] Raha teo
ampamonoagny an'azy indreo, da nisy vaovao avy tagny ame kapitenin'e mpiambigny fa mikorotagny agnaby Jerosalema
raiky manontolo. [32] Avy da nangala miaramila izy ame kapiteny izy sady nihazakazaky nidigny negn'agny ame fokon'olo,
da nijanogny namango an'i Paoly indreo. [33] Da nagnatogny gne kapiteny da nisambotry an'i Paoly, sady nasainy
nofatoragny tame rojo vy roy izy. Da nagnotany izy hoe ia izy da ino gne naniny. [34] Gne sasany tame fokon'olo nitabataba
raha raiky sady gne hafa sasany raha hafa. Satria tsy afaky nizaka ndre ino ndre ino gne kapiteny nohon'e tabataba
agnaby, da nasainy netigny ho agny ame rova i Paoly . [35] Refa avy teo ame tohatry izy, da nindesin'e miaramila izy nohon'e
herisetran'e fokon'olo. [36] Fa nagnaraky tafara gne fokon'olo maro sady nanohy nihorakoraky hoe: "Vonoy izy" [37] Raha igny
ho entigny tao ame rova igny i Paoly, da hoy izy tame kapiteny hoe: "Afaky mizaka raha aminao me iao?" Hoy gne
kapiteny hoe: " Mizaka Grika me anao?" [38] Tsy anao me gne Egyptiana, izay nitariky korotagny tagny aloha sady nitariky
gne efatrarivo lahy an'e 'mpamono olo' nijotso avy tagny an-tany fogny?" [39] I Paoly da nizaka hoe: "Iao da Jiosy, avy agny
ame tanagnin'i Tarsosy agny Kiliaka. Iao da olon'e firenen'e tanagny managny lanja. Mangataky aminao iao, avelay iao
hizaka ame gn'olo". [40] Refa namela an'azy hizaka gne kapiteny, da nitsangagny teo ame tohatry i Paoly sady nagnano
fihetsiky tame tagnany tame fokon'olo. Refa nisy fahanginagny laligny, da niresaky tamindreo tame fizakagny Hebreo izy.
Hoy izy.

Chapter 22

[1] " Ry ralà izy am'iaba, tenomy gne fiarovako izay haniko aminareo am'izao." [2] Refa nahare an'i Paoly nizaka tamin'e zaka

Hebreo gne fonkonolo, da lasa nisigny indreo. Hoy izy hoe: 3 "Jiosy iao, teraky tagny Tarsosy agny Kilikia, f'efa be tamin'ity tanàgny ity tamin'e tongotr'i Gamaliela. Nampianarigny araky gne fomba hetitry gne lalàgn'ireo razantsika iao. Tena mafana fo ho an'Andriamanitry iao, akô anareo agnaby amin'izao andro izao. 4 Nagnenjiky io Làlagny io ho ame fahafatesagny iao, nifehy sy nanolotry andreo ho atao an-dragno mizigny ndre viavy ndre lelà, 5 sady gne mpisorogny be izy amign' olombe agnaby afaky mijoro vavolombelogny. Nahazo taratasy avy agny amindreo iao ho an'ireoralà agny Damaskosy, sady nandeha negnagny ninday andreo nimpody mbola mifehy negnà Jerosalema mba hagnasaziagny andreo. 6 Da izao gne nibôky refa nandeha sady nagnakaiky an'i Damaskosy iao, sady tamin'e mitataovovonagny teo da nisy hazavagny zakabe avy agny an-dagnitry nanomboky nazava nagnodidigny anà. 7 Lavo tame tany iao sady nahare feo nizaka taminà hoe: 'Saoly, Saoly, nagnino anao gne magnejiky Anà?' 8 Namaly iao hoe: 'Ia me anao, Tompoko?' Nizaka taminà Izy hoe: 'Iao gne Jesosin'e Nazareta, izay enjehinao.' 9 Indreo izay niaraky taminà da nahita gne hazavagny, fa indreo tsy nahafantatry gne izay nozakainy taminà. 10 Hoy iao hoe: 'Ino e tokony aniko, Tompoko?' Gne Tompo nizaka taminà hoe: 'Mitsangàna sady midira agny Damaskosy; agny gne hagnambaragny anao gne raha agnaby izay tokony ho aninao.' 11 Tsy nahita nohon'e famirapiratan'izany fahazvagny izany iao, sady notantanan'ireo izay niaraky taminà, da avy tagny Damaskosy iao. 12 Nifankahita tame lelà raiky nantsoigny hoe Ananiasy tagny iao, lelà matahotry an'Andriamanitry nagnaraky gne lalàgny sady tsara laza tamin'ireo Jiosy agnaby izay nipetraky tao. 13 Nagnantogny anà izy, nijoro tagn'ilako, sady nizaka hoe: ' Ry Saoly, magniteha.' Tamin'izany lera izany da nahita anazy iao. 14 Sady nizaka izy hoe: 'Gn'Andrimanitr'ireo razantsika da nifidy anao mba hahalala the sitrapony, mba hahita gne Raiky Marigny, sady hahare gne feo aloaky gne vavany. 15 Fa ho vavolombelogny ho Anazy amign'olo agnaby momba izay hitanao sy regninao anao. 16 Sady magnino anao gne mandigny? Mitsangàna, aoky ho anigny batisa, sady sasay gne fahotanao, mangehà amign'agnarany." 17 Refa avy nimpody tagny Jerosalema iao, sady râ mbola nivavaky tame fiangonagny, da nahazo tsindrimandry iao. 18 Nahita Anazy iao nizaka taminà hoe: 'Malaky mialà an'i Jerosalema, satria indreo tsy hagneky gne fijoroagny vavolombelogny momba Anà.' 19 Hoy iao: 'Tompo, indreo tompon-tegna da mahafantatry fa iao nagnadra sy nikapoky ireo nino Anao tame synagoga agnaby. 20 Refa nalatsaky gne ràn'i Stefana vavolombelonao, iao koa da nitsangagny teo sy nagnakaiky, sady niambigny gne fitafian'ireo izay namono anazy iao.' 21 Fa nizaka taminà Izy hoe: ' Mandehana, satria halefako lavitry an'ireo Jentilisa anao."' 22 Niteno anazy indreo mandram-pizakany an'izany. Da nagneky mafy indreo sady nizaka hoe: "Vonoy hiala ame tany gne lelà akô io, satria tsy mendriky gne ho velogny izy." 23Râ naresaky indreo, nagnatoraky gn'ankajony, sady nagnatoraky vovoky tame rivotry, 24 gne lehiben'e Kapiteny da nandidy an'i Paoly mba indesigny agny ame lapa. Izy nandidy fa tokony hadinigny miaraky ame kapoaky izy, da izy avao d'efa hahalala hoe nagnino indreo gne nikohikohiky anazy akô izany. 25 Refa namehy anazy tamin'e taretry hoditry indreo, da hoy Paoly tamign'e kapiteny izay nitsangagny teo: "Ara-dalàgny ho anareo me gne magnakaravasy lelà izay Romanigny sy tsy mbola hotsaraigny avao? 26 Refa naharegny an'izany gne kapiteny, da negnà ame lehiben'e kapiteny izy da nizaka anazy, nizaka hoe: "Ino izao ataonao izao? Fa mponigny Romana io lelà io." 27 Nagnantogny gne lehiben'e kapiteny sady nizaka taminazy hoe: "Zakay aminà, mponigny Romana me anao?" Paoly namaly hoe: "Eka." 28 Sady namaly gne lehiben'e kapiteny hoe: " Tamin'e vola be avao gne nazahoako gne zom-pirenegny io. Fa Paoly nizaka hoe: " Nateraky ho mponigny Romana iao." 29 Sady niala anazy tselatsela teo gne lelà izay nametra-,pagnontaniagny anazy. Natahotry avakoa gne lehiben'e kapiteny, refa fantatriny fa mponigny Romana i Paoly, satria izy nifehy anazy. 30 Gne maraigny igny, ta hafantatry gne marigny momba ireo fanendrikendrehan'ireo Jiosy nanohitry an'i Paoly gne lehiben'e kapiteny. Da notatagny gne fehiny sady nibaiko ireo mpisorogny be izy ame filan-kevitry agnaby mba hivory izy. Sady ninday an'i Paoly nidigny izy sady nametraky anazy teo ategnategnan-dreo.

Chapter 23

1 I Petera da nagnety tagny amin'e mpikambagny tao amin'e filan-kevitry da nizaka hoe: "Ry ralà, Iao da efa niaigny t'agnatrehan'Andriamanitry tamin'e fieritreretagny tsara rehetra mandraka androany." 2 Gne mpisorombe Ananiasy da nibaiko indreo zay nitsangagny takaikiny mba hanangonagny gne vavany. 3 Aveo i Paoly nizaka an'azy hoe: "Andriamanitry da hamango anao, anao ry rindrigny vôlalitry fotsy. Anao zany da mipetraky hitsara anà amin'e lalàgny, nefa mandidy anà mba ho vangoigny, tsy araky gne lalàgny? 4 Indreo zay nitsangagny teo da nizaka hoe: "Io zany gne fomba hanevatevanao gne mpisoromben'Andriamanitry?" 5 I Paoly nizaka hoe: "Tsy nahafantatry iao, ry ralà, hoe izy e lehiben'e mpisorombe. Fa efa voasoratry hoe: tsy tokony hizaka ratsy gne mpinday gne vahoakanao anao." 6 Refa hitan'i Paoly fa gne sanany tamin'e filan-kevitry da Sadoseo da gne hafa Fariseo, da nizaka mafy tao amin'e filan-kevitry izy hoe: "Ry ralà,Iao da Fariseo, Zanaky lahin'e Fariseo. Izany gne izy satria iao da magnantegna tsara gne fitsanganan'e maty izay hitsara anà." 7 Refa nizaka an'izany izy, da nanomboky nisy fifandiragny tamin'e Fariseo izy ame Sadoseo, da gne fokonolo da nizara. 8 Fa gne Sadoseo da nizaka fa tsy misy gne fitsanganagny amin'e maty, tsy misy gn'anjely, da tsy misy gne fagnà, nefa gne Fariseo da nagneky an'izy agnaby reo 9 Noho izany da nisy faharetagny mafy nibôky, da gne sanany tamindreo mpanora-dalàgnin'ireo Fariseo da nitsangagny da niady hevitry, nizaka hoe: "Iay da tsy mahita diso amin'io lelà io. Akognaia raha gne fagnà na gne anjely gne niresaky taminazy?" 10 Azon'e nisy fifandiragny mafy teo, gne kapiteny mpitariky da natahotry sao da hifandrotehan-dreo I Paoly, noho izany izy da nandidy gne miaramila mba hidigny sady nangalaky an'azy an-keriny agny amin-dreo mpikambagny ao amin'e filan-kevitry, da hinday an'azy agny ame lapa. 11 Gn'aligny magnaraky gne Tompo da nitsangagny tagnilany da nizaka hoe: " Ka matahotry, fa akô gne nijoroanao

vavolombelogny momba anà tagny Jerosalema, gne tsy maintsy hijoroanao vavolombelogny agny Roma avakoa." [12] Refa
mandraigny gn'andro, gne Jiosy sanany da namorogny tetiky sady nagnozogny gne tegnan-dreo miaraky amin'e
fianianagny mba tsy hihinagny na hisotry na ino na ino mandra-pamonoan-dreo an'i Paoly. [13] Mihôtry gne efapolo olo
indreo izay namorogny io tetiky io. [14] Indreo da nandeha tagny amin-dreo mpisorombe izy ame olobe ame tanàgny da
nizaka hoe: " Iay da efa nagnano fagnozognagny zakabe tamin'e tegnanay, mba tsy hihinagny na ino na ino ambara-
pamonoagny an'i Paoly. [15] Amizao, noho izany, apetray gne filan-kevitry hizaka amin'e kapiteny mpitariky mba hinday
etoa aminareo, da anareo akô gne hoe hanapa-kevitry amin'e Raha misy momba an'azy Tena marina. Fa ho anay, iay da
vonogny gne hamono an'azy alohan'e fihaviany etoa." [16] Nefa gne zanaky lahin'e anakavin'i Paoly da naregny fa teo am-
pandignasagny gne hamonoagny an'azy indreo, noho izany izy da nandeha sady naditry the lapa da nizaka tamin'i Paoly.
[17] I Paoly da nangaiky gne raiky tamin-dreo kapiteny hoe: " Ento agny amin'e kapiteny mpitariky ity tanora làh ty, fa
managny raha zakaigny amin'azy Izy." [18] Noho izany e kapiteny da nandray e tanora làh da ninday an'azy tagny amin'e
kapiteny mpitariky da nizaka hoe: "I Paoly e gadra gne nangaiky anà mba hinday n'ity tanora làh ty ho etoa aminao.
Managny raha ho zakaigny aminao izy." [19] Gne kapiteny mpitariky da nangala 'azy tamin'e tagnany ho agny amin'e
toeragny mitokagny sady nagnontany anazy hoe: "Ino izany tokony ho zakainao aminà zany?" [20] Ilay tanora làh nizaka
hoe: "Gne Jiosy da efa nagneky gne hangataky aminao mba hinday an'i Paoly hidigny agny amin'e filan-kevitry
omaraigny, akô gne hoe indreo da nandeha hagnontany gne momba an'azy marina tokôtry. [21] Nefa ka magneky andreo,
satria nisy olo mihôtry gne efapolo izay efa vonogny gne hamono an'azy. Nangaiky ozogny ho an'e tegnany indreo, mba
tsy hihinagny na hisotro mandra-pamonoan-dreo an'azy. Fa ndre da izao azaky da efa vonogny indreo, mandigny
fagnekegny avy agny aminao." [22] Da napetrak'e kapiteny mpifehy handeha ilay tanora làh, tafaran'e nagnambarany an'azy
hoe: "Ka mizaka na amin'ia na amin'ia hoe nizaka an'ireo raha reo taminà anao." [23] Aveo izy da nangaiky ho eo amin'azy
the lera tamin'e kapiteny da nizaka hoe: "Alay gne miaramila roanjato izay vonogny gn'andeha agny Kaisara, da
mpitondra soavaly fitopolo avakoa, da mpitondra lefogny roanjato. Handeha anao amin'e lera fahatelon'e aligny." [24] Izy
avakoa da nandidy andreo mba hagnome biby izay afaky hitikinan'i Paoly, sady mba hinday an'azy soa aman-tsara agny
amin'i Feliksa e governora. [25] Aveo da nanoratry taratasy akoizao izy: [26] "Klaodio Lisia ho an'i Feliksa governora tena tsara,
akôraby. [27] Io lelà io da nosamborin'e Jiosy da saiky novonoin-dreo, refa avy tamin-dreo niaraky tamin'e miaramila iao da
nagnavotry an'azy, satria mahafantatry iao fa izy da olom-pirenena Romana. [28] Iao da te hahalala gn'antony nitorian-dreo
an'azy, noho izany da nentiko nidigny tao amin'e filan-kevitr'indreo izy. [29] Nahafantatry iao fa voatory tamin'e ady hevitry
mikasiky the lalàgn'indreo manokagny izy, nefa tsy nisy fitoriagny nanohitry an'azy izay mendriky fahafatesagny na
fagnagadragny. [30] Aveo da nampafantarigny anà fa nisy tetiky hanoheragny e lelà, noho izany da nandefa an'azy teo noho
eo tagny aminao iao, sady nagnafatry gne mpitory An'azy avakoa mba hinday gne fagnamelohan-dreo an'azy eo
agnatrehanao. Veloma." [31] Da noho izany gne miaramila da nankatò gne baikon-dreo. Nalain-dreo I Paoly da nentigny
tamin'e hariva tagny Antipatria. [32] Gne maraigny, gn'ankamaroan-dreo miaramila da niala gne mpitondra soavaly mba
handeha hiaraky amin'azy fa indreo da nipody tagny ame lapa. [33] Refa avy tagny Kaisara gne mpitondra soavaly da
manolotry gne taratasy hoan'e governora, da nanolotry an'i Paoly tamin'azy avakoa [34] Refa namaky gne taratasy gne
governora, da nagnontany gne faritany izay nevian'i Paoly izy. Ref fantany fa avy agny Kilikia izy, [35] da nizaka hoe: "Iao da
haregny tanteraky Anao refa avy etoa gne mpitory anao." Da nasainy notazomigny tao ao amin'e foiben'e fanjakan'i
Heroda izy.

## Chapter 24

[1] Tafaran'e dimy andro, Ananiasy ilay mpisorogny be, indreo loholo sasany, ary mpikabary angiagny hoe Tertylo da
nandeha tagny. Ireo lelà ireo da ninday fitoriagny an'i Paoly tankatrefan'e governora. [2] Rehefa nitsangagny tankatrefan'e
governora i Paoly, da nanomboky nitory anazy i Tertylo ka nizaka tamin'e governora hoe: "Noho anao da managny
fiadanagny zakabe anay, ary gne fahitanao da minday fagnovagny tsara amin'e firenegninay eo; [3] ka am-pankasitrahagny
tanteraky gn'andraisanay e raha aby izay aninao, rô Feliksa tsara indrindra. [4] Mba tsy hitazomako anareo ela lotry, da
nangataky fotoagny kidikidy aminareo iao mba hiteno anà am-pahatoniagny. [5] Fa io lelà io da hitanay fa
mpagnakorontagny ary raiky ame nitariky gne Jiosy aby magneragny an'izao tontolo izao hitokogny. Izy e mpitariky gne
sekta Nazareana. [6] Da izy avakoa e niezaky gne handoto e tempoly, ka dia nosamborinay izy. (Fagnamarihagny: Gne
antonta-tarstasy aby taloha da nagnampy hoe: "Tianay ho tsaraigny arak'e lalàgninay izy.") [7] (Fagnamarihagny: Gne
antonta-tarstasy taloha da ahitagny ao ame gnandininy faha 7 hoe: "Fa Lysia, mpiandraikitry, avy ary nangala anazy an-
keriny tame tanàgninay.") [8] Rehefa magnontany an'i Paoly mikasiky gne raha aby io anao, da ho fantanao gne mikasiky
gne fitoriagny naninay momba anzy aby io. " (Fagnamarihagny: Gne antonta-tarstasy taloha da nagnampy ao ame
andininy faha 8 hoe: "Nandefa anay teo aminao.") [9] Indreo Jiosy avakoa da nagnampy trotraky gne fitoriagny io, sady
nagnamafy fa marigny aby izany. [10] Fa rehefa nitondroin'e mpanapaky hizaka i Paoly, da namaly i Paoly hoe: "Fantanao fa
anao da efa avy mpitsara teto am'ity firenegny ity nandritry gne taogny maro, da faly gne tegnako magnazava aminao. [11]
Ho fantanao fa tsy mbola nihoatry gne roy ambin'ny folo andro izay e neresako nidera ta Jerosalema. [12] Rehefa hitan-dreo
tao an-tempoly iao, da tsy niady hevitry ndre taminia ndre taminia iao, sady tsy namporisiky gne vahoaky, ndre tamine
Synagoga, na t'antanàgny. [13] Tsy afaky magnaporofo aminareo fitoriagny izay aniny amina amizao indreo. [14] F'izy iao
magneky izao aminao, araky gne Fampianaragny izay angian-dreo hoe sekta, da akô izany avakoa gne hanompoako gne

Andriamanitry gne razambetsika. Iao da mahatoky amin'e gn'olo aby izay ao ame lalàgny sy gne voasoratrin-dreo mpaminany. [15] Managny e fahatokiagny an'Andriamanitry akô ireo olo ireo iao, fa hisy gne fitsanganan'e marigny sy gne ratsy fagnahy ame maty. [16] Noho izany iao da miezaky mandrakariva mba hanagny fisaignagny madio eo agnatrehan'Andriamanitry sy gn'olombelogny. [17] Da tafaran'e taogny maro da avy iao hinday fagnampiagny ho an'e fireneko sy fagnomezagny ara-bola. [18] Rehefa vitako izany, nisy jiolahy vitsivitsy avy agny Asia nahita anà tame fetin'e fagnadiovagny tao ame tempoly, tsy niaraky tame fokonolo na tabataba. [19] Ireo olonireo da tokony ho eo ankatrefanareo amin'izao da izaka izay hitorian-dreo anà, La managny raha indreo. [20] Na koa, io olo maro io avao gne tsy tokony hizaka gne raha hitan-dreo tsy mety aty aminà rehefa nitsangagny teo ankatrefan'e filan-kevitrin'e Jiosy iao, [21] raha tsy hoe momba gne raha raiky izay nihikiako rehefa nijoro tategnategnan-dreo iao: 'Izany da mikasiky gne fitsanganan'e maty izay hitsaragny anà eto ankatrefanareo androany. ' [22] Ary Feliksa, izay nampafantarigny tsara momba gne Fampianaragny. Izy da nizaka hoe: 'Rehefa midigny avy e Jerosalema i Lysia mpandidy, da nanapa-kevitry gn'amin'e raharahanao iao." [23] Avy eo izy nandidy e kapiteny fa i Paoly da tokony hembenagny, fa mba hisy fahafahagny da tsy hisy amindreo namany ho sakagny ame fagnampiagny izay raha ilainy. [24] Andro vitsivitsy tafaran'izay, da niverigny niaraky tamin'i Drosila vadiny i Feliksa, izay viavy Jiosy, da nalefa ho an'i Paoly izy sady naregny taminazy momba gne finoagny ao amin'i Kristy Jesosy. [25] Fa rehefa niady hevitry niaraky tamin'i Paoly momba gne fahamarinagny, fahononan-tegna, sy gne fitsaragny ho avy, da lasa nalia i Feliksa da nizaka hoe: "Mandeana manomboka izao. Fa rehefa managny fahafahagny iao afara ao, da handefa ho anao. " [26] Nandritry an'izany fotoagny zany avao, da nagnantegna izy fa hagnome vola anazy i Paoly, nohonizany da nandefa ho anazy matetiky izy sady nikoragny taminazy. [27] Fa rehefa afaky roy taogny, da lasa governora nandimby an'i Feliksa i Porsio Festosy, f'izy Feliksa te ahazo sitraky tame Jiosy, da navelany ho hembenagny avao i Paoly.

Chapter 25

[1] Am'izao fotoagny zao, Festony niditry tame faritany, da telo andro tafara taty, da niakatry avy te Kaisaria izy ho e Jerosalema. [2] Gne lohan'e mpisorogny sy indreo Jiosy manan-kaja da nitondra fagnamelohagny hitory an'i Paoly, ka namporisiky anazy sady [3] nangataky tamindreo mba hampiditry loza an'i Paoly_ka mety hampangaiky an'i Paoly ho e Jerosalema Festosy mba afahan-dreo mamono anazy an-dalagny egny. [4] F'izy Festosy namaly fa gadra e Kaisaria Paoly, sady izy vatategnany da hipody agny tsy ho ela. [5] "Nohonizany, indreo izay afaky," hoy izy: "da tokony handeha hiaraky aminay agny. Raha nagnano raha tsy nety e lelà igny, da tokony hitory anazy anareo. " [6] Festosy da tsy hijanogny nihoatry gne valo na folo andro sady aveo nidigny nandea a Kaisaria, da gn'andro magnaraky da nipetraky teo ame toeran'e fitsaragny izy da nandidy an'i Paoly mba indesigny aminazy. [7] Rehefa avy izy, da nipetraky t'akeky teo indreo Jiosy avy te Jerosalema, da nitondra fitoriagny zakabe maro indreo izay tsy afaky noporofoin-dreo. [8] Niaro-tegna Paoly da nizaka hoe: "Tsy nagnano raha ratsy manohitry gne lalàgni'ny Jiosy iao na manohitry gne tempoly na manohitry an'i Kaisara. " [9] F'izy nitady izay ahazahoany gne fankasitrahan-dreo Jiosy i Festosy, ary noho izany da namaly an'i Paoly izy da nizaka hoe: "Te hiakatry ho e Jerosalema me anao sady ho tsaraiko momba gne raha tagny aby? [10] Hoy Paoly hoe: " Mitsangana eto ankatrefan'i Kaisara anao izay tsy maintsy hitsaragny anà. Tsy nagnano ratsy gne Jiosy iao, araky gn'efa fantatrinao tsara. [11] F'izy raha nagnano ratsy iao sady raha nagnano izay mendriky gne fahafatesagny, da tsy mandà gne ho faty. Fa raha tsy misy gne fitoriagn'andreo, da tsy misy olo afaky minday anà ho amin-dreo. Nangataky an'i Kaisara iao. " [12] Rehefa avy nikoragny tamin'e filan-kevitry Festosy, da namaly izy hoe: " Nangataky an'i Kaisara anao. Agny am'i Kaisara gne handehananao. [13] Da tafarany gn'andro vitsivitsy, da avy tagny am'i Kaisaria i Agripa mpanjaka sy Berenika mba hamangy an'i Festosy. [14] Tafaran'e naha tao anazy nandritry gn'andro maro, da natolotr'i Festosy teo ame mpanjaka gne raharahan'i Paoly; nizaka izy hoe: "Nisy lelà raiky navelan'i Felix aty akô gadra. [15] Rehefa te Jerosalema iao, da ninday fitoriagny ity lelà ty taminà taty gne loholon'e Jiosy, da nangataky zaka fagnamelohagny ho anazy indreo. [16] Namaly andreo iao fa tsy fomban-dreo Romana gne manolotry olo mialohan'e hihatrehany andreo mpitory anazy sy hanagnany fahafahagny hiaro-tegna amin'e fiampangagny aby io. [17] Noho izany, rehefa niaraky avy teto indreo, da tsy nandigny iao, fa gn'andro magnaraky da nidoboky tame sezan'e fitsaragny iao sady nibaiko gne gn'ampidiragny an'igny lelà igny. [18] Rehefa mitsangagny indreo mpiampanga ka nagnameloky anazy, da neveriko fa tsy nisy zakabe gne fitoriagny nindesin-dreo ho anazy. [19] F'izy, nifamaly indreo mahakasiky gne fivavahan-dreo manokagny sy momba anizany Jesosy izay maty izany, gne nambaran'i Paoly fa velogny. [20] Tsy azoko antoky gne fomba hagnadihadiagny ity tranga ity, ary noho izany da nagnontaniako izy raha vonogny gne ho e Jerosalema mba ho tsaraigny ane mikasiky gne fitoriagny. [21] Fa rehefa nangataky gne hijanogny agnatin'e figadragny mba handigny gne fanapahan-kevitry gne Amperora i Paoly, da nandidy anazy iao mba ho tazomogny am-pigadragny ao izy mandra-pandefasako anazy agny ame Kaisara. " [22] Agripa nikoragny tamin'i Festosy hoe: " Te haregny ity lelà ty avakoa iao. "Omaray," hoy Festosy: "Haregny anazy anao." [23] Ka gn'andro magnaraky, da avy niaraky tame lagnonagny marobe Agripa sy Berenika; niditry tame gn'efitragno zakabe niaraky tamin-dreo miaramila mpifehy sy indreo lelà manan-kaja tame tanàgny indreo. Rehefa nizaka gne didy Festosy, da nindesin-dreo i Paoly. [24] Hoy Festosy hoe: "Agripa mpanjaka, sy anareo lelà aby izay miaraky aminay etoa, itanareo ity lelà ity; indreo fokonolon'e Jiosy aby nifagnaraky taminà te Jerosalema sy etoa avakoa, da nitaraigny taminà indreo fa tsy tokony ho velogny koa izy. [25] Fantako fa tsy nagnano ndre ino ndre ino mendriky gne fahafatesagny izy; fa satria nangataky gn'Amperora izy, da nanapa-kevitry iao gn'andefa anazy. [26] F'izy tsy misy raha manan-danjan ho soratako ame

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

gn'Amperora. Noho izany antony izany, da nindesiko taminareo izy, indrindra aminao, Agripa Mpanjaka, mba ahafahako
managny raha ho soratagny zakabe kokoa mikasiky gne raharaha igny. [27] Satria akôra tsy mety aminà gne mandefa gadra
sady tsy mizaka gne hitoriagny anazy avakoa.

Chapter 26

[1] Noho izany Agripa nizaka tam'i Paoly hoe: "Afaky mizaka ho an'e tegnanao anao." Da nagnatatry gne tagnany Paoly sady
nagnano gne ferova-tegnany. [2] "Magnabôky gne tegnako akô gne faly iao, ry Agripa mpanjaka, mba hitondra gne raha
mahazo anà eto alohanao androany manohitry gne fiampangan'e Jiosy agnaby; [3] indrindra, satria anao efa za-draharaha
ame fomba amam-panao izy ame fagnotanian'e Jiosy agnaby. Noho izany da mangataky anao iao haharitry hiteno anà. [4]
Marigny fa, gne Jiosy agnaby da mahalala gne fomba fiainako hatrame fahatanorako tagny ame fireneko manokagny izy
ame tao Jerosalema. [5] Indreo da nahalala anà hatrany amboalohany sady tokony hagneky indreo fa Fariseo fiainagny iao,
gne matotry indrindra ame antokon'e fivavahatsika. [6] Sady mitsangagny eto iao mba ho tsaraigny satria mitady gne
fampagnatenagny izay nataon'Andriamanitry tame razantsika iao. [7] Fa ity gne fampagnatenagny nantegnain'e fokontsika
roambinifolo ho resigny raha nanompo an'Andriamanitry andro aman'aligny tokôtry indreo. Ho an'izany fagnatenagny
izany, ry Agripa mpanjaka, gne hiampangan'e Jiosy anà. [8] Nagnino anareo gne mihevitry fa tsy azo inoagny fa
manangagny gne maty Andriamanitry? [9] Nisy fotoagny iao nihevitry tame tegnako fa tokony hagnano raha maro
manohitry gn'agnaran'i Jesosy lat'agny Nazareta iao. [10] Nagnano an'izany tagny Jerosalema iao. Nagnidy maro tame
mpino tagny am-pigadragny tame fahefagny noresiko avy tame lohan'e mpisorogny iao, sady refa voavono indreo, da
nandatsaky gne vatoko hanohitry andreo iao. [11] Nosaziko imarobe indreo tagny ame syngoga agnaby sady niezaky gne
hampirisiky andreo mba hizaka ratsy iao. Vignitry mafy tamindreo iao sady nagnihagny andreo ndre tagny ame tanagny
agny ambadiky aza. [12] Raha mbola nagnano an'izany iao, da nandeha tagny Damaskosy niaraky tame fahefagny izy ame
didy avy ame lohan'e mpisorogny; [13] sady tegny an-dalagny negn'agny, tame mitataovovognagny, ry mpanjaka, da nahita
hazavagny avy egny an-dagnitry iao izay mamiratry nohon'e masoandro sady izany da namiratry nagnodidigny anà izy
ame lelà izay niara-dia taminà. [14] Refa lavo tame tany iay agnaby, da naharegny feo nizaka taminà iao izay nizaka tame
zaka hebreo hoe: 'Saoly, Saoly, nagnino anao gne magnenjiky Anà? Sarotry ho anao gne handaka fanindrognagny.' [15] Avy
eo nizaka iao hoe: 'Ia anao, Tompo me io?' Gne Tompo namaly hoe: 'Iao gne Jesosy izay enjehinao. [16] miarena da
mitsangana ame tombokao amizao; satria noho izao antony izao gne niboahako taminao, mba hanendry anao ho
mpanompo da ho vavolonbelogny mahakasik'e raha izay lalanao momba Anà amizao sady gne raha izay ho aboakiko
anao ao afara kely; [17] sady hagnavotry anao ao ame fokon'olo izy ame Jentilisa izay hagnirahako anao Iao, [18] mba
hanokatry gne masondreo sady hampitodiky andreo hiala ame mizigny hoegn'agny ame fahazavagny sady ame herin'i
Satana hoegn'amin'Andriamanitry, mba hafahandreo mandray avy amin'Andriamanitry gne famelan-kelokin'e fahotagny
izy ame lova izay omeko andreo izay nohamasignigny tame finoagny Anà.' [19] Noho izany , ry Agripa mpanjaka , nankato
gne fahitagny avy tagny an-dagnitry iao; [20] fa, gne an'izay tagny Damaskosy aloha, sady avy eo tagny Jerosalema,da
nagneragn'e tanin'i Jodia agnaby, sady koa tame jentilisa, nagnome andreo gne hafatry iao fa tokony hibebaky sady
hitodiky amin'Andriamanitry indreo, hagnano gne asa mendriky gne fibebahagny. [21] Noho izany antony izany gne
nisamboran'e Jiosy anà tao am-pengonagny sady niezaky hamono anà. [22] Nagnampy anà hatramizao Andriamanitry, noho
izany da mitsangagny iao sady mijoro vavolombelogny ame olo tsotry izy ame mana-kaja tsy hizaka ndre ino ndre ino
mihôtry an'izay nozakain'e mpaminany izy am'i Mosesy fa hiboaky; [23] fa tsy maintsy hijaly Kristy, sady Izy gne voalohany
hitsangagny ame maty mba hitsangagny ka hitory fahazavagny ho an'e fokon'olo Jiosy izy ame jentilisa." [24] Raha vitan'i
Paoly gne fiarova-tegnany, da nizaka tame feo mafy Festosy hoe: "Paoly, very saigny anao; gne fenaranao be lôtry gne
naha very saigny anao." [25] Fa hoy i Paoly hoe: "Tsy very saigny iao, ry Festosy tsara indrindra; fa ame fahasahiagny iao
mizaka zakan'e fahamarinagny izy ame fahamatoragny. [26] Fa gne mpanjaka mahalala momba an'izany raha izany; sady
noho izany, mizaka amin'azy malalaky iao, fa resy lahatry fa tsy nisy tamizany nafiny tamin'azy; satria tsy namboarigny
tagny ame takogny izany. [27] Mino gne mpaminany me anao, ry Agripa mpanjaka? Lalako fa mino anao." [28] Agripa nizaka
tam'i Paoly hoe: "Ao agnatin'e fotoagny foiky me gne handresehanao lahatry anà sady hagnamboaranao anà ho
kristiana?" [29] Hoy i Paoly hoe: "Mivavaky amin'Andriamanitry iao, mba ndre ho ao agnatin'e fotoagny foiky ndre fotoagny
lava, tsy anao avao, fa ndre gne maharegny anà androany avakoa, da hitovy aminà, fa tsy miaraky amiregny rojo iregny."
[30] Avy eo nitsangagny gne mpanjaka , izy ame governora, da gne Berenika avakoa, sady ndre gne nipetraky niaraky
tamindreo; [31] refa niala gne tragno fivoriagny indreo, da nifampiresaky sady nizaka hoe: "Ity lelà ity tsy magnano raha
mendriky gne fahafatesagny na famatoragny." [32] Hoy i Agripa tam'i Festosy hoe: "Ity lelà ity da afaky nalefa raha tsy
natsovagny tagny am'i Kaisara izy."

Chapter 27

[1] Refa tapaky fa tokony handeha sambo ho agny Italia iay, da napetrakindreo i Paoly izy ame gadra hafa ho eo ambany
fitatagnan'e kapiteny raiky antsovagny hoe Jolio izay an'e rezimantan'e amperora. [2] Niditry tagnaty sambo raiky avy agny
Adramytena iay, izay hiondragny magnaraky gne sisin-tanin'i Asia. ka da nandeha an-dranomasigny iay. Aristarko avy
agny Tesalonika agny makedonia da nandeha niaraky taminay. [3] Gn'andro magnaraky da avy tao ame tanagnin'i Sidona
iay, izay nitondran'i Jolio an'i Paoly tame hatsaram-pagnahy sady namela an'azy handeha ho agny ame namany handray

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

gne fikarakarandreo. [4] Avy tagny iay gne nandeha an-dranomasigny sady niondragny sambo nagnaraky gne moron'i
kyprosy, nagnakeky gne nosy, satria nanohitry anay gne rivotry. [5] Avy eo niondragny sambo namakivaky gne sisin'e
tanin'i Kilikia izy am'i Pamfilia, avy tao Myra iay, tanagnin'i Lykia. [6] Tagny, gne kapiteny da nahita sambo raiky avy agny
Aleksandria izay hiondragny sambo ho agny Italia. Napetrakiny tao amizany iay. [7] Refa niondragny sambo niadagny
nandritry gn'andro maro iay sady gne farany da avy tame fahasahiragnagny teo akekin'i Kinido, da tsy namela anay
andeha tamizany lalagny izany sanaky gne rivotry, ka da niondragny sambo nagnaraky gne takon-drivotry gne Kreta iay,
mifanandrify ame Salmona. [8] Nagnara-morogny tame fahasahiragnagny iay, mandra-pevianay tagny ame toeragny raiky
hoe Tsara- fitodian-tsambo, izay akekin'e tanagnin'i Lasea. [9] Sady nandany fotoagny maro iay, efa lasa avakoa gne
fotoagny fifadia-kanin'e jiosy, sady lasa nampidi-doza gne mitikigny sambo. Ka da nampitandrigny andreo Paoly, [10] sady
nizaka hoe: " Ô lelà, hitako fa ity da izay ho amboaritsika ity da hisy faharatragny izy ame fatiantoky maro, tsy ho an'e
entagny izy ame sambo avao, fa ho an'e aignitsika koa." [11] Fa gne kapiteny nagnome lanja kokoa gne mpinday izy ame
tompon'e sambo nohon'e raha izay vozakan'i Paoly. [12] Satria ao ame seragnana da tsy mora raha hijanognagny mandritry
gne rirignigny, da maro tame mpiondragny sambo gne nagnome hevitry gne hiondragny hiala teo, fa sao mba afaky
mandalo gne tanagnin'i Foiniksa ame fomba maro iay, mba hipetraky agny mandritry gne rirignigny. Foiniksa da
seragnana any Kreta, sady magnatriky gne megn'avaratry andrefagny izany. [13] Refa nanomboky nitsoky moramora gne
rivotry avy agny atsimo, da nihevitry gne mpitondra sambo fa nanagny izay nilaindreo. Ka da nampiakatry gne vato
fantsiky sady niondragny nagnaraky an'i Kreta indreo, nagnakeky gne moron-dranomasigny. [14] Fa afaky fotoagny foiky da
nisy tafio-drivotry mafy, nantsoigny hoe Eoraklydona, nanomboky namely mafy avy agny ame nosy. [15] Refa tratry gne
tafiotry gne sambo sady tsy afaky nanohitry gne rivotry sanaky, da tsy maintsy nagnome lalagny gne tafiotry iay sady
navengivengin'e rivotry tegny. [16] Nandeha sambo nagnaraky gne moron'e nosy kidy raiky antsovagny hoe Kaoda iay, sady
tame fahasahiragnagny gne nahafahanay niaro gne lakagny famonjegny aigny. [17] Refa nampekarindreo gne lakagny
famonjegny aigny, da nampesaindreo gne tadin'izany mba hamiezagny gne vatan'e sambo. Natahotry indreo fa tokony
handeha ambonin'e fasiky mandrevon'i Syrtiso, ka da nalatsakindreo gne vatofantsiky gne ranomasigny sady nandeha ho
azy tegny. [18] Tratrin'e famelezagny mafin'e tafiaotry iay hagny ka ndre gne andro magnarakan'io da nanomboky nagnary
entagny tagny ambadik'e sambo indreo. [19] Tame ando fahatelo gne mpitondra sambo da nagnatsipy gn'entan'e sambo
tagny ambadik'e sambotame tagnandreomanokagny. [20] Refa tsy namiratry taminay nandritry gn'andro maro gne
masoandro izy ame kintagny, sady mbola namely gne tafiotry zakabe, da very aby gne fagnategnagny gne hahavoavonjy
anay. [21] Refa lasa lavitry tsy nisy hanigny indreo, da nitsangagny teo ame pitondra sambo Paoly avy eo da nizaka hoe: "Ô
lelà, tokony niteno anà anareo, sady tst niondragny avy tagny Kreta, ho tratran'izao faharatrana izy ame fatiantoky izao.
[22] Amizao da mampirisiky anareo iao mba hahery, fa tsy hisy fahaverezan'aigny eo aminareo, fahaverezan'e sambo
fotsiny avo. [23] Fa tame aligny da nisy anjelin'Andriamanitry izay tompoko, izay tompoiko avakoa_ nitsangagnyteo agnilako
gne anjeliny [24] sady nizaka hoe: 'Ka matahotry, ry Paoly. Tsy maintsy hitsangagny eo agnatrehan'i Kaisara anao , sady
indro, Andriamanitry ao ame hatsaram-pagnahiny gne magnome anao gne miondragny sambo miaraky aminao agnaby.'
[25] Noho izany mionogna, ry lela! Fa mahatoky an'Andriamanitry iao fa hiboky araky izay voazaka tamina izany. [26] F'izy tsy
maintsy hidofotry ame nosy maromaro atsika." [27] Refa avy gn'aligny faha efatry ambin'ny folo, raha navengivengy tetsy
da teroa tao ame ranomasin'i Adrea iay, tokony ho tame sasak'aligny da nihevitry gne mpitondra sambo fa nagnakeky
tany indreo. [28] Da nangala halalin'e rano indreo sady nahita fa efa-polo metatry gne halaliny; tafara kelin'izany, da mbola
nangala refin'e rano avao indreo sady nahita fa telopolo metatry gn'alaliny. [29] Natahotry indreo sao hidofotry ame vato
iay, ka da nandatsaky vatofantsiky efatry avy ao afara indreo sady nivavaky mba hevian'e mandrainga tsy ho ela. [30] Gne
mpitondra sambo da nitady fomba hialagny gne sambo sady nandatsaky gne lakagny famonjegny aigny tagny an-
dranomasigny, sady nody nandatsaky gne vatofantsiky avy teo an-dohan'e sambo indreo. [31] Fa Paoly nizaka tame kapiteny
izy ame miaramila hoe: "Raha tsy mijanogny agnaty sambo io lela io, tsy ho voavonjy anareo." [32] Avy eo gne miaramila
nanapaky gne tadin'e lakagny ka dia namela an'izanyho lentiky. [33] Refa nanomboky nihanazava gn'andro, da namporisiky
an'azy agnaby Paoly mba hangala hanigny maromaro. Hoy izy hoe: "Ity andro ity gn'andro faha efatry ambinifolo izay
handignasanareo sady tsy hinananareo; tsy nihinagny ndre ino ndre ino anareo. [34] Noho izany da mamporisiky anareo
iao mba hizara sakafo, fa ilaigny izany mba hahavelogny anareo. Fa tsy hisy ndre raiky aminareo izay ho very ndre da
gne singam-bolony raiky aza." [35] Refa avy nizaka an'izany izy, da nangala mofo da nisaotry an'Andriamanitry teo
amason'izy agnaby. Avy eo izy nizarazara gne mofo sady nanomboky nihinagny. [36] Avy eo da nahery izy agnaby sady
nangala hanigny avakoa. [37] Olo 276 iay no tao agnaty sambo. [38] Refa nihinagny tsara indreo da nohamevagnindreo gne
sambo tame nagnariandreo vary tagnaty ranomasigny. [39] Refa avy gn'andro, da tsy lalandreo gne tany, fa nahita tagnan-
drano raiky nisy tora-pasiky indreo, sady nifandiniky indreo raha afaky hinday gne sambo tegny. [40] Ka da notapahindreo
gne vatofantsiky sady navelandreo tagny andranomasigny. Niaraky tamizay da nalatsakindreo gne tady teo ame
familiagny sady natsangany gne lay ho eo ame rivotry; sady da niroso negn'ame tora-pasiky indreo. [41] Fa avy teo ame
toeragny raiky izay nisy ranomasigny nifanapaky indreo, ka nidofotry tame tany gne sambo. sady gne lohan'e sambo da
rekitry teo da nijanogny tsy afaky nihetsiky, fa gne vodin'e sambo kosa nanomboky vaky nohon'e hamafy ben'e onjagny. [42]
Gne tetik'e miaramila da gn'hamono gne gadra mba tsy hisy amindreo ho afaky andeha hilomagno ka hilefa. [43] Fa e
kapiteny ta hamonjy an'i Paoly, ka da najanogniny gne tetikindreo; sady nagnome beko gne mahay milomagno mba hiala
gne sambo aloha da ho egny ame tany. [44] Avy eo tokony hagnaraky gn'ambin'e lelà , gne sasany ambony kakazo fisaky, da

gne sasany ambony raha hafa avy tao ame sambo. Akô izany gne nitranga ka iay agnaby da avy soa aman-tsara tegny ame tany.

Chapter 28

[1] Refa avy soa aman-tsara iay, da lalanay fa gne tany da natsovagny hoe Malta. [2] Gne tompo tanagny da tsy nagnome hatsaram-pagnahy tsotry taminay fotsiny, fa nampirehitry afo indreo sady nampandroso anay agnaby, nohon'e eriky be izy ame hatseky. [3] Fa refa nandagnogny kitay kakazo, sady nametraky an'izany teo ame gn'afo Paoly, da nisy menaragny nijotso nohon'e hafanagny, sady nifamolitry tame tagnany. [4] Refa nahita gne biby nihantogny tame tagnany gne tompo tanagny, da nifampiresaky indreo hoe: "Tena mpamono olo izay nilefa avy tagny an-dranomasigny io lelà io, raha gne rariny da tsy tokony ho velogny izy." [5] Fa avy eo nagnifikifiky gne biby ho agnatin'e afo izy nefa tsy naratry akory. [6] Nandigny an'azy mba ho voan'e tazo na ho faty tampoky indreo. Fa refa avy nagnety an'azy ela be indreo sady nahita fa tsy nisy raha tsy mahazatry nahazo an'azy, da niova hevitry indreo sady nizaka fa izy da andriamanitry. [7] sady tame tanagny akeky teo nisy gne tany izay an'e lelà lehiben'e nosy, lelà antsoigny hoe Poplio. Nandray anay izy sady nagnome hanigny anay tame hatsaram-pagnahy nandritry gne telo andro. [8] Gne rain,i Poplio da nararin'e tazo izy ame fivalagnan-drà. Refa negna'amin'azy i Paoly, da nivavaky izy, nametraky gne tagnany teo amin'azy, sady nagnasitragny an'azy. [9] Tafaran'e niboahan'izany, da nagnatogny an'azy avakoa gn'ambin'e fokon'olo agnaby izay narary teo ame gne nosy da sitragny. [10] Gne fokon'olo avakoa da nagnome voninahitry anay tame voninahitry maro. sady refa niomagny andeha sambo iay, da nagnome anay izay nilainay indreo. [11] afaka telo volagny iay da nandeha niondragny tame sambo izay nijanogny tao ame gne nosy nandritry gne rirignigny, sambon'i aleksandria, misy "' sarikambagnin'andriamanitry" eo alohan'e sambo. [12] sady refa avy tame gne tanagnin'i Sirakosa iay, da nipetraky tao nandritry gne telo andro. [13] Niala avy teo iay gne niondragny sambo ka avy tagny ame tanagnin'i Regioma. Sady refa afaky andro raiky da nisy rivotry nitsoky avy agny atsimo, ka roy andro iay da avy tao ame tanagnin'i Potioly. [14] Tao gne nahitanay gne rahalà sasany sady nanasa anay mba hijanogny hiaraky amindreo mandritry gne fito andro. Tame gn'alalan'izany gne nevianay tagny Roma. [15] Avy tegny gne rahalà, tafaran'e naregnesandreo gne momba anay, da avy nitsena anay hatragny ame Tsenan'i Apio izy ame tragnom-bahiny telo. Refa nahita gne rahalà Paoly, da nisaotry an'Andriamanitry izy sady nahazo hery. [16] Refa niditry tao Roma iay, da nahazo alalagny hiaraky iaigny ame miaramila niambigny an'azy Paoly. [17] Sady refa afaky telo andro tafaran'izay da nampagnantso niaraky gne lelà izay mpitariky teo ame Jiosy i Paoly. Refa niaraky avy indreo, da nizaka tamindreo izy hoe: "Ô rahalà, ndre da tsy nagnano raha ratsy tame gn'olo ndre gne fomban'e razatsika aza iao, da natolotry ho voagadra tagny Jerosalema teo antagnan'e Romana. [18] Refa avy nagnadihady anà indreo, da nagniry gne hagnafaky anà, satria tsy nisy antony tokony hagnamelohagny anà ho faty. [19] Fa refa nanohitry gne fagniriandreo gne Jiosy, da voatery iao nampagnatso an'i Kaisara, ndre da tsy akô gne hoe ninday fiampangagny hanohitry gne fireneko aza. [20] Nohon'e antsoko, da, nangataky gne hahita anareoizy ame hizaka aminareo iao. Izany da nohon'e fahatokisan'e Israely momba gne hamatoragny ana amity rojo ity." [21] Avy eo da nizaka tamindreo hoe: "Tsy mbola navoray gne taratasy momba anao avy agny Jodia iay, na rahala avy sady nitatitry na nizaka raha ratsy momba anao. [22] Fa tianay ho regny aminao gne eritreritrinao momba an'izany sekta izany, satria lalanay fa efa ratsy laza eran'e tanagny izany. [23] Refa nifidy andro ho an'azy indreo da maro kokoa gn 'olo nagnatogny an'azy tagny ame tragno nivahiniagnany. Nampahafantatry gne raharaha tamindreo izy, sady nijoro vavolombelogny momban'e fanjakan'Andriamanitry. Niezaky nandresy lahatry andreo gne momba an'i Jesosy izy, na tame gn'alalan'i Mosesy izany na tame gn'alalan'e mpaminany, nanomboky mandraigny mandrapaha ariva. [24] Gne sasany da resy lahatry tame raha izay voalaza, raha tsy nino kosa gne hafa. [25] Refa tsy nifagnaraky indreo , da lasa tafaran'e nagnambaran'i Paoly an'ity zaka raiky ity hoe: "Gne Fanahy Masina da nizaka tsara gne razanareo tame gn'alalan'Isaia mpaminany. [26] Hoy izy hoe : "Ame fitenomagny gne handregnesanareo, fa tsy hahatakatry, sady ame fahitagny gne hagnitehanareo, fa tsy ?.hahita [27] Fa nemafy gne fon'io olo io, sady sarotry ame tadignindreo gne haharegny, sady nagnakipy gne masony indreo. Fa raha tsy izany da mety afaky hahita ame masondrro, sady haharegny ame tadigniny, sady hahatakatry ame fony ka hiverigny indraiky , da hagnasitragny andreo iao." [28] Noho izany , tokony ho lalanareo fa izany famonjen'Andriamanitry izany da nalefa tame Jentilisa, sady hiteno indreo." [29] (Fagnamarihana egny ame farany ambanin"'e Pejy:Asa 28:22- gne atontan-taratasy sasany da managny gne andriny 29 hoe: "Refa nizakaan' io raha iomizy, da lasa gne Jiosy. Nisy fifandiragny zakabe teo amindreo.") [30] Paoly da niaigny nandritry gne roy taogny ngarangidigny tao ame tragnony nohofaigny manokagny, sady nandray izay olo avy tao amin'azy agnaby izy. [31] Nagnambara gne fanjakan'Andriamanitry izy sady nampianatry gne raha momba an'i Tompo Jesosy Kristy tame fahasahiagny agnaby. sady tsy nisy nanakagny izy.

# Romans

Chapter 1

[1] Paoly, mpanompon'i Jesosy Kristy, da vôfidy ho apôstôly, ary vôtokagny ho mpitory gne filazantsaran'Andriamanitry. [2] Io gne filazantsara efa nampanantenainy mialoha tame alalagn'e mpaminany tame Soratry Masina. [3] Izany da momba gne Zanany lelà, zay teraky avy tame taranak'i Davida araky gne nofo. [4] Tame fitsanganagny tame maty, da vôzaka ho e Zanaky maherin'Andriamanitry tame herin'e fahamasinagny Izy_ da Jesosy Kristy Tompontsika. [5] Tame alalan'e



generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

nazahoantsika fahasoavagny sy gne maha-apôtstôly ame fankatoavagny gne finoagny ame firenegny maro be, nohon'e agnarany. [6] Am'ireo firenegny ireo, anareo koa da vôantso ho an'i Jesosy Kristy. [7] Ity takelaky taratasy ity da ho andreo ao Roma, izay malalan'Andriamanitry, izay vôantso ho olo-masina. Ho aminareo gne fahasoavagny, sy gne fiadanagny avy amin'Andriamanitry Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. [8] Vôlohany, isaorako gne Andriamanitriko amign'e alalan'i Jesosy Kristy nohon' gn'aminareo marobe, satria gne finoanareo da efa nambara nagneragny izao tontolo zao. [9] Fa Andriamanitry gne vavolombeloko, izay tompoiko ame fagnàhiko ao ame filazantsaranin'e Zanany, fa tsy mijanogny mizaka anareo amin'Azy Iao. [10] Mangataky fezay iao ame vavaky aniko gne mba ahombiazako ame fomba marobe araky gne sitrapon'Andriamanitry mba ho avy aminareo. [11] Fa iao da magniry gn'ahita anareo, mba ahafahako magnome fagnomezam-panahy sasasasany ho anareo, mba hampahery anareo. [12] Izany, da magniry iao gny mba hifankaherezantsika eto afovoantsika, ame alalan'e finoan'e kiraikiraiky aby, gn'anareo sy gn'anà. [13] Amizao fotoagny izao tsy tiako anareo tsy ahafantatry, ry ralà, hoe matetiky iao gne managny fikasagny hagnatogny anareo, (nefa iao da vôsakagny mandrak'androany), mba azoagny vokatry aminareo,ako gne nazahoako gne ambin'e Jentilisa avao koa. [14] Iao da mpitrosa ame Grika sy gne vahiny, ame hendry sy gne mola. [15] Noho izany, aminà, da vonogny avao koa iao hitory gne filazantsara ho anareo agny Roma. [16] Fa iao da tsy megnatry ame filazantsara, fa izany gne herin'Andriamanitry ho famomjegny ane olo mino aby, ho an'e Jiosy da ho an'e Grika. [17] Fa amizany gn'anehoan'e fahamarinagn'Andriamanitry avy ame finoagny ho ame finoagny, arak'izay vôsoratry hoe: "Gne marigny da ho velogny ame finoagny." [18] Fa gne fahavigniran'Andriamanitry da nabôky avy tan-dagnitry manohitry gne haratsiam-panahy sy gne tsy fahamarinan'e olo, izay manakagny gne fahamarinagny ame alalan'e tsy fahamarinagny. [19] Izany da satria izay fantatry momban'Andriamanitry da hitan-dreo maso. Fa nohazavain'Andriamanitry indreo. [20] Fa gn'endrikiny izay tsy hita maso, izay hery tsy misy fetry sy maha Andriamanitry an'Azy, da hita mazava tsara, nanomboky tame famoronagny izao tontolo zao, tame raha zay noforonigny. Noho izany, da tsy managny fialan-tsigny indreo. [21] Izany da satria , ndre da efa nahalala gne momba an'Andriamanitry aza indreo, da tsy nagnome voninahitry gne maha Andriamanitry an'Azy, na koa nisaotry an'Azy. F'izy, lasa very fagnahy indreo, da nihamity gne fo mafin-dreo. [22] Indreo da nizaka an-dreo ho hendry, kanefa niha-mola. [23] Gne voninahitr'Andriamanitry tsy mety lo da natakalon-dreo sarin'endrik'olombelo mety lo, vorogny, biby manan-tomboky efatry, sy gne raha mikisaky. [24] Noho izany da natolotr'Andriamanitry ho ame filàn'e fon-dreo ho ame fahalotoan-dreo, mba ho afa- boninahitry eo amin-dreo avao gne tegnan-dreo. [25] Indreo gne nanakalo gne fahamarinagn'Andriamanitry tame vandy, ary izay midera sy manompo gne zava-boary fa tsy e Nahary, izay deraigny mandrakizay. Amena. [26] Noho izany, natolotr'Andriamanitry ho ame filàn-dratsy mamoafady indreo, fa ireo viavy ireo da nanakalo gne fifandraisagny voajanahary tamin'e tsy voajanahary. [27] Akoizany koa, e lelà da nametraky gne fifandraisan-dreo voajanahary miarak'ame viavy ka nampiretin'e filàgny ara nofo ho andreo samby indreo. Ireo da e lelà nagnano fihetsiky mahamegnatry miaraky ame lelà ary nangalaky tamin-dreo gne sazy zay mendriky andreo noho gne fahavetavetan-dreo. [28] Satria tsy nagneky gne hanagny an'Andriamanitry ao ame fieritreretany indreo, da nomeny saigny tsy mendriky indreo, mba hagnamboaragny ireo raha tsy mety. [29] Indreo da feno gne tsy fahamarinagny, faharatsiagny, fitsiriritagny, sady lolom-po. Indreo da feno fialonagny, famonoagny, fifamaligny, fitaky, sady fikasagny ratsy. [30] Indreo da mpifosa, mpagnibitry, sady mpalaigny an'Andriamanitry. Indreo da mahery setra, miavogny, sady mieboebo. Indreo da mpamorogny raha ratsy, sady indreo koa da tsy magnaraky gne zakan'e ray aman-dreniny. [31] Indreo da tsy managny fahalalagny; Indreo da tsy azo itokisagny, tsy misy fitiavagny voajanahary, sady tsy mamindra fo. [32] Hain-dreo gne lalàn'Andriamanitry, fa indreo nagnano raha akoizany da mendriky gne fahafatesagny. Fa tsy io raha io avao gne anigny, fa magneky gne hafa izay magnano an'io koa.

Chapter 2

[1] Noho izany da tsy managny felatsigny anao, re olo, anao izay mitsara, izay hitsaranao gne hafa gn'agnamelohanao gne tegnanao. Fa ndre anao izay mitsara io da magnano an'io avakoa. [2] Nefa lalatsika fa gne fitsaran'Andriamanitry da araky gne marigny refa miatreky amizay magnano raha ako izany [3] Fa diniho izao, re olo, anao zay mitsara andreo magnano raha ako io ndre da magnano ako izany avakoa anao. Hainao hilefasagny gne fitsaran'Andriamanitry sa ? [4] Sa ho hamevagninao gn'haregnin'e hatsaram-pagnahany, gne fandeferany, da gne faharetany? Tsy lalanao sa fa gn'hatsaram-pagnahiny da natao hitariky anao ame fibebahagny? [5] Fa izany da ho ame hazakabe gne hamafy izy ame fibebahan'e fonareo gne andagnonanareo havigniragny ho an'e gn'ainareo amign'andro fahavigniragny, izany da, gne andro fagnaboagny gne fitsaragny marin'Andriamanitry. [6] Hamaly gn'olo rehetra ame fatra mitovy amin'izany natao izy: [7] hagnome arake gne faharetagny, gne asa tsara mitady dera, voninahitry, gne tsy fahafatesagny, fiainagny mandrakizay izy. [8] Fa ho andreo izay mitady ho an'e tegnany, izay tsy magneky gne marigny fa magneky gne tsy fahamarinagny, da ho avy gna fahavigniragny izy ame gne fahaseagny. [9] Andriamanitry da hinday fahoriagny sy fahantragny ame fagnan'e olo rehetra nagnano ratsy, ame Jiosy eky, sady ame Grika avakoa. [10] Fa dera, laza, sady fedanagny gne ho avy amindreo zay magnano gne tsara, ame Jiosy eky, sady ame Grika avakoa. [11] Fa tsy misy fiangaragny miaraky amin'Andriamanitry. [12] Fa izay rehetra nanota tsy nanagny gne lalàgny da ho very tsy managny lalàgny avakoa, sady izay rehetra nanota niaraky tamin'e lalàgny da ho tsaraigny araky gne lalàgny. [13] Fa tsy izay mparegny lalàgny gne marigny eo ankatrefan'Andriamanitry, fa zay magnatanteraky gne lalàgny gne nohamarignigny. [14] Fa indreo Jentilisa, izay tsy managny gne lalàgny, refa magnano gne raha momban'e lalàgny araky gne voajagnahary,da indreo gne lalàgny ho an'e

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tegnany, ndre da tsy managny gne lalàgny aza indreo. 15 Amizany gne agnaboan-dreo fa gne asa angatahan'e lalàgny da
voasoratry ao am-pon-dreo. Gne fieritreretan-dreo avakoa da vavolombelogny ho andreo, sady gne fisaignin-dreo
manokagny da gne magnameloky na miaro andreo ame tegnan-dreo. 16 Sady koa amin'Andriamanitry. izany da hibôky
ame andro hitsaran'Andriamanitry gne tsiambaratelon'e olo agnaby, araky gne filazantsarako, ame alalan'i Jesosy Kristy.
17 Fa ndre da Jiosy gne hagnatsovanao gne tegnanao sady miankigny ame lalàgny sy mirehareha ao amin'Andriamanitry, 18
sady mahalala gne sitra-pony sy mamantatry izay raha tena tsara satria nampenarigny tame lalàgny anao; 19 sady raha
resy lahatry anao fa gne tegnanao da mpitariky gne jamba, fahazavagny ho an'izay ao ame mizigny, 20 mpagnitsy gne
mola, mpampianatry gne zaza madiniky, sady anagnanao ao ame lalàgny gne endriky gne fahalalagny izy ame marigny,
da akognaia zany gne fetraikan'izany ame fomba hiaignanao gne fiaignanao? 21 Sady anao izay mampianatry gne sasany,
tsy mampianatry gne tegnanao me anao? Anao izay mitory manohitry gne halatry, mangalatry me anao? 22 Anao izay
mizaka fa tsy tokony hijangajanga, mijangajanga me anao? Anao izay malaigny gne sampy, mandroba gne fiangonagny
me anao? 23 Anao izay faly mirehareha ao ame lalàgny, mangala-baraka an'Andriamanitry me anao amin'io fandikanao
gne lalàgny io? 24 Fa "gne agnaran'Andriamanitry da efa afa-baraka teo amin-dreo Jentilisa noho anareo," araky izay efa
voasoratry. 25 Fa mahazo tombony ame famoragny tokôtry anareo raha ohatra ka magneky gne lalàgny, fa raha mandika
gne lalàgny anareo da lasa tsy voafora ndre da efa voafora aza anareo. 26 Arak'izany, raha olo tsy voafora gne mitandrigny
zay takian'e lalàgny,da tsy ho anigny agnisan'e voafora zany izy ndre da tsy voafora aza? 27 Sady tsy ho helohin'e raiky izay
tsy mifora ara-boajagnahary zany anareo raha toa ka mitandrigny gne lalàgny izy? Izany da satria managny gne lalàgny
voasoratry izy ame famoragny anareo, nefa mbola mandika gne lalàgny! 28 Fa izy da tsy Jiosy amign'endriky ambadiky
fotsiny; ndre amin'e famoragny izay miseho amign' endriky ambadiky e nofotry fotsiny. 29 Fa izy da Jiosy ao agnaty, sady
gne famoragny izay an'e fo, ao ame fagnà, fa tsy ao amin'e soratry. Gne fideragny gn'olo ako izany da tsy avy amign'olo fa
avy amin'Andriamanitry.

Chapter 3

1 Da ino me izany gne tombon-tsoa anagnan'e Jiosy? sady ino me gne tombon-tsoan' e famoràgny? 2 Tsisy maharatsy
an'izany. Voalohany indrindra ,e Jiosy da nagnakinagny e fagnambaragny avy amin'Andriamanitry. 3 Fa nagnino me da
tsy nanam-pinoagny e Jiosy sasany ?Gne tsy finoandreo me gne tsy hampanjary gne fahatokisan'Andriamanitry ? 4
Sagnatria an'izany .Kanefa, apetray ho hita fa marigny Andriamanitry, ndre da mpavandy agnaby gn'olo . Araky gne
voasoratry hoe :"hambara ame zakanareo fa olo marigny anareo, da hambara refa avy ame fitsaragny anareo 5 Ino gne
raha ho zakaintsika sa raha gne tsy fahamarignatsika gne magnabôky gne fahamarignan'Andriamanitry? Afaky mizaka
me itsika fa tsy marigny Andriamanitry ame fagnaboagny gne havignirany amintsika, sa diso izany? 6 (Mampiasa
lahatein'olombelogny iao.) Aladitr'e lela izany! Satria ame fomba akôgnaia me gne hitsaran'Andriamanitry an'izao tontolo
izao io? 7 Nagnino me iao raha mbola anigny mpanota , raha gne fahamarignan'Andriamanitry gne magnome fideragny
maro be ho an'Azy ame havandesako ? 8 Fa nagnino da tsy nizaka , ino gne raha nampisigny antsika, raha nanindreo diso
gne raha nozakaintsika, sady hamafisin' e sasany koa fa nozakanintsika hoe : " Apetray iay hagnano ratsy , mba hevisan'e
tsara"? Nahay andreo avao eky gne tsaraigny. 9 Da nagnino kaiky ? Magnome rariny gne tegnatsika me itsika? Da tsy izy
an'izany. Fa itsika da efa nagnameloky gne jiosy izy ame grika , ka nagnano andreo ho mpanota agnaby 10 izany da araky
gne voasoratry hoe : " Tsisy olo marigny , ndre raiky aza . 11 Tsisy mahafatatry ndre raiky aza . Tsisy mitadia
an'Andriamanitry ndre raiky . 12 Da nikisaky agnaby indreo . Lasa tsisy ilàgny andreo agnaby . Tsisy mba magnano gne
tsara , tsisy, ndre da raiky amindreo aza. 13 Gne tendandreo da kobory mivoha . Gne lelandreo da mamitaky . Gne poizin' e
bibilava da ambanin' e molotr'indreo . 14 Gne vavandreo da feno ozogny sy halahelo. 15 Gne tombok'indreo da havanagny
ame fandatsan-drà. 16 Gne fanimbagny sy gne fizaliagny da ame lalagny ahitagny andreo. 17 Ireo olo ireo da tsy nahalala
gne lalan' e fiadanagny . 18 Tsy mba misy tahotry an' Andriamanitry nagnatriky andreo indreo. ! 19 Amin'izao fotoagny izao
da fantatsika fa ndre ino ndre ino zakainign'e lalàgny , da miatraiky agny amindreo izay ambanin'e lalàgny. Izany da
hampangigny gnevavan'olo tsiraidraiky, sady mba hazaoan'izao tontolo izao valiny avy amin'Andriamanitry. 20 Izany da
satria tsisy nofotry hamarinigny ame asan' e lalàgny agnatrehany . ame gn'alalanign'e lalàgny gne hiavianign'e
fahalalagny gne fahotagny. 21 Fa amin'izao fotoagny izao da nampahafantarigny avakoa gne fahamarignan'Andriamanitry
tsy ame lalàgny. noporofoinign'e lalàgny sy gne mpaminagny , 22 fa izany da fahamarignan'Andriamanitry ame gn'alalan'e
finoagny an' i Jesosy Kristy ho an'e mino agnaby . Satria tsisy fagnavahagny. 23 Fa nanota agnaby gn'olo ka tsisy managny
gne voninahitr'Andriamanitry , 24 sady indreo da hamarignigny fotsipotsiny ame fahasoavagny azo ame fagnavotagny
tamin'i Kristy Jesosy . 25 Fa Andriamanitry nagnome an'i Kristy Jesosy ho fagnatitry ame gn'alalnign'e finoagny gne ràny.
Nomegny ho porofon'e fahamarignany i Kristy nohon'e tsy fagnitegny gne ota taloha tagny 26 ame faharetagny . nipotitry
aby izany raha izany ho fampisehoagny gne fahamarignany amin'izao fotoagny izao . Izany da mba ahafahagny
magnaporofo fa marigny gne tegnany ,sady mba hagnaboahagny fa Izy da magnamarigny gne raha agnaby nohon'e
finoagny an'i Jesosy . 27 negnaia gne fireharehagny? Voafafa izany . Fa nagnino sa? sa ame gn'asa? Tsia , fa avy ame
finoagny . 28 Manapa-kevitry an' izany itsika fa gn'olo raiky da hamarinigny araky gne finoagny tsisy gne asan'e lalàgny. 29
Sa Andriamanitry gne jiosy avao me gn'Andriamanitry?Sa tsy Andriamanitry gne Jentilisa avakoa Izy me? eka , an'e
jentilisa avao koa . 30 Raha raiky tokoatry Andriamanitry , da hohamarinigny ame finoagny gne voafora , da gne tsy

voafora kosa ame gn'alalan'e finoagny. [31] Foagnatsika ame gn'alalan'e finoagny me gne lalàgny? Sagnatria an'izany! Nefa
magneky gne lalàgny itsika.

Chapter 4

[1] Ino zany gne ho zakaintsika fa hitan'i Abrahama, raintsika tagny aloha araky gne nofo? [2] Fa raha nohamarignigny
tamign'asa Abrahama, da nanagny antony hireharehagny izy, nefa tsy eo agnatrehan'Andriamanitry. [3] Fa ino
gn'ambaran'e Soratry Masigny? " Abrahama da nino an'Andriamanitry, sady nisaigny ho fahamarinagny izany." [4] Sady ho
an'izay miasa, gne karamany da tsy isaigny ho fahasoavagny, fa ho ako gne trosa. [5] Fa ho an'izay tsy miasa kosa kanefa
mino an'e raiky izay magnamarigny gne mpanohitry an'Andriamanitry, da isaigny ho fahamarinagny gne finoany. [6]
Davida avakoa da manognogny tso -drano amign'olo izay isain'Andriamanitry ho marigny nefa tsy miasa. [7] Hoy izy se:"
sambatry indreo izay voavela gne helokiny, sady koa indreo izay voarakotry gne fahotagny. [8] Sambatry izay tsy hisain'ny
Tompo heloky." [9] Amindreo voafara avao me gne hanognonagny izany tso-drano zany, sa amin-dreo tsy voafora koa? Fa
hoy Itsika hoe:" Gne finoagny da nisain'Abrahama ho fahamarinagny." [10] Ka akognaia zany gne nagnisagny izany? Tamin' i
Abrahama efa voafora, sa tamin'izy tsy mbola voafora? Tsy tamin'azy efa voafora fa tamin'azy mbola tsy voafora. [11]
Abrahama da nandray gne famantaragny ne famoràgny. Izany da mariky gne fahamarignan'e finoagny izay efa
nanagnany raha mbola tsy voafora izy. Gne valin'izany famantaragny zany da lasa Iaban'izay mino agnaby izy, ndre da
mbola tsy voafora aza indreo. Midika izany fa gne fahamarinagny da ho isaigny ho andreo. [12] Nidika koa izany fa
Abrahama da lasa Aban'e voafora tsy ho andreo izay voafora raiky avao fa ho andreo izay magnaraky gne dian'e finoan'i
Abrahama raintsika avakoa talohan'e tsy mbola naha-voafora anazy. [13] Fa gne fampagnatenagny tamin'i Abrahama izy
ame taranakiny fa ho mpadova izao tontolo izao izy da tsy avy amign'alalan'e lalàgny fa avy amign'alalan'e
fahamarignan'e finoagny. [14] Fa raha indreo izay miaigny amin'e lalàgny gne mpandova, da ho foagny gne finoagny, sady
tsinotsinona gne fampagnatenagny. [15] Satria gne didy da mitondra amin'e fahavigniragny, fa agny amin'izay tsy misy
lalàgny, da tsy misy fandikan-dalàgny. [16] Noho izany antony zany da miseho ame finoagny izany, mba hipetrahan'e
fampagnatenagny ame fahasoavagny sady ho azo antoky amindreo taranak'i Abrahama agnaby_tsy ho andreo izay
ambanin'e lalàgny avao, fa ho andreo izay mizara gne finoan'i Abrahama avakoa. Abatsika agnaby izy, [17] araky gne
voasoratry hoe:" Naniko ho aban'e firenegny maro anao." Teo amin'e fagnatrehagn'Izay nitokian'i Abrahama, da,
Andriamanitry izany, izay magnome fiainagny gne maty sady mangaiky gne raha tsy mbola misy mba hisy. [18] Ndre da teo
aza gne raha-mitranga ambadiky, da natoky tanteraky an'Andriamanitry i Abrahama amin'e ho avy. Da lasa rain'e
firenena maro izy, arak'izay efa voazaka hoe:" Ho ako izany gne taranakao." [19] Tsy narefo tame finoagny izy. Fantatr'i
Abrahama fa tsy afaky gne hanan-janaky izy (satria efa teo amin'e zato taogny teo izy). Nagneky avakoa izy fa gne trokin'i
Saraha da tsy afaky gne hitondra vohoka mihintsy. [20] Kanefa noho gne fampagnantenan' Andriamanitry, da tsy nisalasala
tamin'e tsy finoagny i Abrahama. Kanefa, ne-nahery tamin'e finoagny izy sady nidera an'Andriamanitry. [21] Resy lahatry
tanteraky izy fa izay nampagnantenain'Andriamanitry, da afaky tanterahigny avakoa. [22] Noho izany da nisaigny ho anazy
ho fahamarinagny izany. [23] Ary da tsy nosoratagny ho an'e tombotsoany raiky avao izany, fa nisaigny ho anazy izany. [24]
Nosoratagny ho antsika avakoa zany, ho an'izay hanisagny izany, Itsika izay mino Anazy izay nanangagny an'i Jesosy
Tompotsika tamin'e maty. [25] Izy gne raiky natolotry noho gne fahotantsika sady natsangagny mba hagnamarigny antsika.

Chapter 5

[1] Satria nohamarinigny tamin'e finoagny Itsika, da managny fiadanagny miaraky amin'Andriamanitra amign'alalan'ny
tompontsika Jesosy Kristy. [2] Amign'alalany avakoa gnanantsika lalagny amin'e finoagny mandeha amin'izany
fahasoavagny izay itsanganantsika izany. Miravoravo amin'e fatokiagny omen'Andriamanitra anay ame ho avy
iay.Fahatokiagny izay ho zaraintsika amin'e voninahitr'Andriamanitry. [3] Tsy izany avao , fa Itsika avakoa da mifaly
amign'alahelontsika. Lalantsika fa gne alahelo da mamokatry faharetagny. [4] E faharetagny miteraky fagnekegny, da gne
fagnekegny miteraky fahatokiagny ho amin'e ho avy. [5] Izany toky izany da tsy mandiso fagnantenagny, satria gne
fitiavan'Andriamanitry da efa narotsaky tao am-pontsika tamign'alalan'e Fanahy Masina, izay nomegny antsika. [6] Fa ra
mbola nalemy Itsika, da maty ara-potoagny ho an'e ratsy fagnà Kristy. [7] Fa sarotry ho an'olo raiky gne ho faty ho an'olo-
marigny. Fa, angamba mety misy olo raiky ho sahy ho faty ho an'olo tsara. [8] Fa Andriamanitry magnaboaky fitiavagny
manokagny ho antsika, satria ra mbola mpanota Itsika da maty ho antsika Kristy. [9] Mihoatry noho izany aza, amin'zao
andro zao. Refa nohamarinigny tamin'e ràny Itsika, da ho voavonjin'izany amin'e fahavigniran'Andriamanitry. [10] Fa raha,
mbola fahavalo Itsika, da nihavagny tamin' Andriamanitry tamign'alalan'e fahafatesan'e Zanany, sady mihoatry noho
izany, refa avy nampihavagnigny, da voavonjy amign'alalan'e ainy Itsika. [11] Da tsy zany avao, fa Itsika avakoa da mifaly
amin'Andriamanitry amign'alalan'i Tompontsika Jesosy Kristy, izay nazahoantsika izany fihavanagny izany amizao. [12]
Noho izany da, ako gne nidiran'e ota tamign'olo raiky tamizao tontolo izao, da ako izany avakoa gne nidiran'e
fahafatesagny tamign'alalan'e ota. Sady gne fahafatesagny da niely tamign'olo agnaby, satria samy nanota agnaby gne
rehetra. [13] Nandrapisian'e lalàgny, da tetoa amin'izao tontolo izao gne ota, fa tsy misy fagnisan-keloka ra tsy misy lalàgny.
[14] Ndre da izany aza, gne fahafatesagny da nanjaka nanomboky tamin'i Adama ka hatramin'i Mosesy, ndre da tamindreo
tsy nanota ako gne tsy fagneken'i Adama aza, da tandindon'Izay ho avy. [15] Ndre da izany aza, gne fagnomezagny da tsy
ako gne fahadisoagny. Fa raha tamign'alalan'e fahadisoan'e raiky gne nahafaty gne maro, da mihoatry lavitry gne nanin'e

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

fahasoavan'Andriamanitry Izy ame fagnomezagny avy amin'e fahasoavan'olo raiky, Jesosy Kristy, nomegny zakabe ho an'e maro. [16] Gne fagnomezagny da tsy ako gne vokatry avy amin'e raiky izay nanota. Fa amin'e lafiny raiky, avy gne fitsaragny ho fagnameloagny nohon'e fahadisoan'olo raiky. Fa amin'e lafiny raiky hafa, gne fagnomezagny miafara amin'e fagnamarinagny da avy tafaran'e fahadisoagny maro. [17] Fa raha, tamign'alalan'e fahadisoan'e raiky, gne hanjakan'e fahafatesagny amin'e raiky, da mihoatry lavitry noho izany gne hanjakandreo izay mandray gnaben'e fahasoavagny Izy ame fagnomezan'e fahamarinagny amign'alalan'e fiainagn'e raiky, da i Jesosy Kristy. [18] noho izany da, satria tamign'alalan'e fahadisoan'e raiky gne nahavy gn'olo ho amin'e fagnamelohagny, da amign'alalan'e asan'e fahamarinan'e raiky avakoa gn'evian'e fagnamarinagny gne fiainagny ho an'olo agnaby. [19] Fa satria avy amin'e tsy fagneken'olo raiky gne nahavy gne maro ho mpanota, da amign'alalan'e fagneken'e raiky avakoa gne hahavy gne maro ho marigny. [20] Fa avy tao amin'izany gne lalàgny, mba ho zakabe gne fahadisoagny. Nefa raha nihazakabe gne fahotagny, da vao maiky nihazakabe gne fahasoavagny. [21] Niboaky izany mba, ako gne nanjakan'e fahotagny tamin'e fahafatesagny, da ako izany koa e hanjakan'e fahasoavagny amign'alalan'e fahamarinagny ho amin'e fiainagny mandrakizay amign'alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika.

Chapter 6

[1] Ino zany gne hozakaintsika? tokony hanohy amin'e fahotagny zany Itsika mba hitomboan'e fahasoavagny ? [2] Tsy hisy mihintsy anie izany. Itsika izay maty gne amin'e ota, amin'e fomba akognaia sa gne mbola hiaignatsika amizany koa? [3] Tsy lalanareo me fa indreo rehetra nanigny batisa tao amin'i Kristy Jesosy da nanigny batisa tao amin'e fahafatesagny? [4] Koa, voalevigny, niaraky taminazy tamign'alalan'e batisa ho amin'e fahafatesagny Itsika .Nitranga izany mba ho ako gne nananganagny an'i Kristy tamin'e maty tamin'e voninahitry gne Ray, gne andeanantsika amin'e fiainagny vaovao avakoa. [5] Fa raha mikambagny Amin'azy amign'endriky gne fahafatesagny Itsika ,da hikambagny amin'e fitsanganagny avakoa. [6] Lalantsika izany , fa gne tegnantsika taloha da nofantsihagny niaraky taminazy, mba hamotehagny gne tegnan'e ota. Nitranga izany mba tsy ho andevozin' e ota sanaky Itsika. [7] Izy efa maty da nambara fa marigny sady afaky amin'e fahotagny . [8] Fa raha maty niaraky tamin'i Kristy Itsika, da mino fa hiara_belogny Aminazy avakoa. [9] Itsika da mahalala fa nitsangagny tamin'e maty Kristy , sady tsy maty sanaky Izy . Tsy manjaka Aminazy sanaky gne fahafatesagny. [10] Fa raha gne momba gne fahafatesagny da maty noho gne amin' e fahotagny Izy , maty indraiky avao ho an'e rehetra Izy. Kanefa, gne fiainagny izay hiainagny da iainagny ho an'Andriamanitry . [11] Da ako izany , tsy maintsy mihevitry gne tegnanareo ho efa maty amin'e fahotagny avakoa anareo, fa velogny ho an'Andriamanitry ao amin'i Kristy Jesosy . [12] Noho izany k'avela hanjaka ao amin'e tegnanareo mety maty gne ota mba hagnarahanareo gne filàn-dratsy. [13] K'atolotry ho an'e fahotagny gne ratsam-batanareo, ho fitaovagny ampiasaigny amin'e tsy fahamarinagny. Fa atolory ho an'Andriamanitry gne tegnanareo, ako gne nitsangagny tamin'e maty izay velogny amin'izao. Da atolory ho an'Andriamanitry gne ratsam-batanareo mba ho fitaovagny ampiasaigny amin'e fahamarinagny. [14] K'avela hanjaka aminareo gne ota. Satria tsy ambanin'e lalàgny anareo, fa ambanin'e fahasoavagny. [15] Da ino zany sa ? Tokony hanota zany Itsika satria tsy ambanin' e lalàgny , fa ambanin'e fahasoavagny? Tsy hisy mihintsy anie izay. [16] Tsy lalanareo me fa e raiky izay anoloranareo gne tegnanareo ho mpanompo da e raiky izay ho ekenareo, izay hany tsy maintsy ekenareo? Marigny izany ndre mpanompon' e fahotagny izay mitariky agny amin'e fahafatesagny anareo, ndre mpanompon'e fankatoavagny izay mitariky agny amin'e fahamarinagny . [17] Fa isaoragny Andriamanitry! Satria efa mpanompon'e fahotagny anareo, kanefa nankato tao am-ponareo gne fomba fampianaragny izay nomegny anareo . [18] Nafahagny tamin'e ota anareo, sady nanigny mpanompon'e fahamarinagny . . [19] Mizaka ako gn'olo iao noho gne fahalemen' e nofotrinareo. Satria vantany vao nanolotry gne ratsam-batanareo ho andevon'e fahalotoagny izy ame ratsy anareo, da ako izany koa izao , atolory ho andevon' e fahamarinagny ho amin'e fahamasinagny gne ratsam-batanareo. [20] Fa fony anareo andevon'e ota, da afaky tamin' e fahamarinagny. [21] Amin'izao , ino zany gne vokatry azonareo tamin'e raha izay mahamegnatry anareo amin'izao? satria gne vokatrin'io raha io da gne fahafatesagny . [22] Fa amin'izao refa nahafagny tamin'e ota anareo sady lasa mpanompon'Andriamanitry, da mijinja gne fahamasinagny. Gne vokatry da gne fiainagny mandrakizay. [23] Fa gne tambin'e ota da fahafatesagny, fa gne fagnomezan'Andriamanitry kosa da gne fiainagny mandrakizay ao amin'i kristy Jesosy Tompotsika.

Chapter 7

[1] Sa tsy lalanareo, ôh ralahy(satria mizaka amign'olo mahay gne momba e lalàgny iao), fa gne lalàgny da mibeko gne olo raiky ra mbola velogny avao Izy? [2] Fa gne viavy zay manambady da voafatotrin'e lalàgny amin'e vadiny ra mbola velogny izy, fa ra maty gne vadiny, da afaky amin'e lalàgnan'e fanambadiagny Izy. [3] Nohon'izany, ra mbola velogny gne vadiny, ka miaraky amin'e lelahy hafa izy, da ho antsoigny hoe mpijangajanga izy. Fa ra maty gne vadiny, da afaky amin'e lalàgny izy, da tsy mpijangajanga izy ra ôtraky miaraky amina lela hafa. [4] Nohon'izany sa ralàhiko, da nanigny maty tamin'e lalàgny avakoa anareo tamign'alalan'e tegnan'i Kristy. Nanigny izany mba hikambananareo amign'afa, izany hoe, amin'izy zay natsangagny tamin'e maty, mba hafatsika magnome voa an'Andriamanitra. [5] Fa tamintsika tamin'e nofo, io filàn'e fahotagny io, zay nohetsen'e lalàgny, da niasa tamin'e ratsantsika mba hagnome voa ho an'e fahafatesagny. [6] Fa amin'izao fotoagny izao da nahafagny tamin'e lalàgny isika. Maty tame namehy antsika isika. Izany da mba hafahantsika manompo amin'e fahavoazam-pagnà, fa tsy amin'e fahanteran'e soratry. [7] Ino zany gne ho zakaintsika? Gne lalàgny mitsy


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

zany gne fahotagny? tsy hisy mitsy an'zany. F'izy, tsy nahalala gne fahotagny mitsy iao, ra tsy tamign'alalan'e lalàgny zany.
Fa tsy nahalala gne fagniriagny iao ra tsy nizaka gne lalàgny hoe: "Ka magniry." [8] Fa naka-bahagny tamin'e didin'e
fahotagny gne nahatonga e fagniriagny tamina tatoa agnaby. Fa ra tsy misy gne lalàgny da maty gne ota. [9] Taloha iao da
velogny tsy nisy lalàgny, fa refa avy gne didy, da velogny indraiky gne ota, da lasa maty iao. [10] Gne didy zay tokony
hitondra fiainagny gne nivadiky ho fahafatesagny ho ana. [11] Fa gne fahotagny da naka-bahagny tamign'alalan'e didy kaiky
namitaky ana. Tamign'alalan'e didy gne namoniany ana. [12] Noho zany gne lalàgny da masina, ary gne didy da masina,
marina, sady tsara. [13] Sa nivadiky fahafatesagny ho ana agnaby gne tsara? Tsy hisy mitsy an'zany. Fa gne ota, mba
hafahany hibôky ho fahotagny amign'alalan'zay tsara, da nitondra fahafatesagny agnatiko. Izany da mba ho
amign'alalan'e didy, gne fahotagny da mety ho lasa tena fahotagny tokôtry. [14] Fa lalantsika fa ara-pagnà gne lalàgny, fa iao
avy amin'e nofo. Efa namidy ho ambanin'e fagnandevozany gne ota iao. [15] Fa gne ra aniko, da tsy de azoko tsara. Satria
zay tiako anigny, da tsy aniko, fa zay alako, da aniko. [16] Fa ra magnano zay tsy tiako anigny iao, da miray hevitry amin'e
lalàgny fa tsara gne lalàgny. [17] Fa am'zao da tsy iao mitsy gne magnano an'zany, fa gne fahotagny zay velogny agnatiko. [18]
Fa lalako fa amina atoa, zay agnatin'e nofoko, da tsy misy ra miaigny tsara. Fa gne fagniriagny gne tsara da agnatiko,
saingy tsy afaky magnano anizany iao. [19] Fa gne tsara tiako da tsy aniko, fa gne ratsy tsy tiako, gne aniko. [20] Fa ra magnano
zay tsy tiako anigny iao, da tsy iao koa gne miasa anizany, fa gne fahotagny zay miaigny agnatiko. [21] Fa, iao da nahita, gne
fitsipiky agnatiko fa te agnano zay tsara iao, saingy gne ratsy gne agnatiko zao. [22] Fa miravoravo agnatin'e
lalàn'Andriamanita iao amin'e fagnà maha olo. [23] Kanefa iao mahita fitsipiky raiky hafa amin'e momba gne tegnako. Zany
da miady am'zany fitsipiky vaovao ame saiko zany. Mitagny ana ho vôfatotrin'e fitsipiky gne fahotagny zany amin'e
momba gne tegnako. [24] Olo-sahiragny iao! Ia gne hagnafaky ana am'ity tegnan'e fahafatesagny ty? [25] Fa isaoragny
Andriamanitry amign'alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika! Noho izany, gne tegnako da manompo gne
lalàgnan'Andriamanitry amin'e saiko. Ndre da izany, da manompo gne fitsipik'e fahotagny amin'e nofo iao.

Chapter 8

[1] Noho izany da tsy misy fagnamelohagny sanaky amin'izao fotoagny izao ho an'e ao amin'i Kristy Jesosy. [2] Fa gne fitsipik'e
Fagnahin'e fiainagny ao amin'i Jesosy Kristy gne nagnafaky anà tame fitsipiky gne fahotagny izy ame fahafatesagny. [3] Fa
gne tsy afaky nanin'e lalàgny nohon'e fahalemen'izany tame nofo, da nanin'Andriamanitry. . Nandefa gne zanany lahy
tokagny Izy tamin'endriky nofo feno fahotagny mba ho fagnatitry ho an'e ota, da nagnameloky gn'ota tame nofo izy. [4]
Naniny izany mba ho tanteraky amintsika gne raha takin'e lalàgny, itsika izay mandeha tsy arak'e nofo, fa arak'e fagnahy.
[5] Indreo miaigny arak'e nofo da mifantoky ame rahan'e nofo, fa gne velogny arake fagnahy da mifantoky ame rahan'e
fagnahy. [6] Satria gne fisaignagny miorigny ame nofo da fahafatesagny, fa gne fisaignagny miorigny ame fagnahy kosa da
fiainagny izy ame fiadanagny. [7] Gne fisaignagny miorigny ame nofo da fandrafiagny eo anatrehan'Andriamanitry, fa tsy
mifagnaraky ame lalàgnan'Andriamanitry izany, sady tsy hainy agnaby gne magnano an'izany. [8] Indreo izay ao ame nofo
da tsy ho afaky ho ankasitrahan'Andriamanitry. [9] Kanefa, anareo da tsy ao ame nofo fa ao ame fagnahy, raha marina fa
miaigny ao aminareo e Fagnahin'Andriamanitry. Fa raha misy olo tsy managny gne Fagnahin'i Kristy, da tsy Anazy Izy. [10]
Raha ao aminareo i Kristy, da maty nohon'e fahotagny e vatagny, fa gne fagnahy da velogny nohon'e fahamarinagny. [11]
Raha gne fagnahan'e nanangagny an'i Jesosy tame maty gne velogny agnatinareo, da Izy izay nanangagny an'i Kristy tame
maty gne hagnome fiainagny avakoa ho an'e tegnanareo izay mety maty ame gn'alalan'e Fagnahiny, izay velogny
agnatinareo. [12] Noho izany sa rahalà, da mpitrosa itsika, fa tsy ame nofo mba hiaigny arak'e nofo. [13] Fa raha miaigny arak'e
nofo anareo, da ho faty, fa raha ame fagnahy izay amonoanareo gne asan'e tegna, da ho velogny anareo. [14] Fa akò gne
maro votarik'e Fagnahin'Andriamanitry, indreo gne zanak'Andriamanitry. [15] Fa tsy mandray gne fagnahin'e
fagnandevozagny sanaky anareo ka halia. F'izy, nandray gne Fagnahin'e fananganagn'anaky anareo, izay
hangiangiantsika hoe: "Aba, Aba ah!" [16] Gne fagnahy mihitsy gne vavolombelogny ame fagnahintsika fa
zanak'Andriamanitry itsika. [17] Raha zanaky itsika, da mpandova avakoa, mpandova an' Andriamanitry. Sady mpiray lova
ao am'i Kristy itsika, raha tena mijaly miaraky Aminazy marina itsika da omegny voninahitry miaraky Aminazy avakoa. [18]
Fa aniko fa gne fijaliagny amizao fotoagny izao da tsy mendriky ampitahaigny am'e voninahitry izay ho hambarany
amintsika. [19] Fa gne voahary agnaby izay magnantegna zakabe da mandigny e fampisehoagny e zanak'Andriamanitry. [20]
Fa gne voahary da nanigny ho zava-pôagny, tsy nohon'e sitrapony manokagny, fa nohon'e nambotry anazy. Izany da ame
toky nomegny [21] fa gne voahary mihintsy gne ho alaigny ame fagnandevozan'e fahalòvany, da hitondra ame fahafahagny
ame voninahitr'e zanak'Andriamanitry izany. [22] Fa fantantsika fa gne voahary marobe da miaraky misento sady miaraky
miasa agnatin'e fanaintaignagny ndre da amin'izao fotoana izao aza. [23] Tsy izany avao, fa ndre gne tegnatsika, izay
managny voaloham-bokatr'e Fagnahy_ ndre gne tegnatsika da misento agnatitsika, mandigny gne fananganagny antsika
ho zanany, da gne fagnavotagny gne tegnatsika. [24] Fa tamin'izany toky izany gne namonjegny antsika. Fa izay
atokisantsika fa hibôky da mbola tsy hita, fa ia gne mandigny am-patokisagny izay efa hitany? [25] Fa raha matoky ame
mbola tsy hitantsika itsika, da mandigny izany am-paharetagny. [26] Akoizany avakoa, gne fagnahy da magnampy ame
fahalementsika. Fa itsika tsy mahafantatry gne vavaky tokony ho anintsika, fa gne Fagnahy mihintsy gne mifona ho
antsika ame fisentoagny tsy hay zakaigny. [27] Izy izay mandiniky e fo gne mahafantatry gne hevitr'e fagnahy, satria Izy e
mifona ho ane mpino arak'e sitrapon'Andriamanitry. [28] Fantantsika ho an'e tia an'Andriamanitry, da miaraky ampesaigny
ame tsara aby gne raha marobe,([Fanamarihagny: Raha tokony hoe: "Miaraky ampesaigny ame tsara aby gne raha

marobe," da gne fandikagny teny sasany taloha magnano hoe: "Gne raha marobe da miaraky miasa ame tsara."]) ho an'e
voaantso arak'e fandaharagny. [29] Satria izay fantany mialoha, da notendreny mialoha avakoa mba hitovy endriky ame
Zanany, mba ho anaky lahy voalohany eo agnivon'e mpirahalà maro izy. [30] Gne notendregny mialoha, da nangiagny
avakoa. Indreo nangiagny, da nohamarigniny avakoa. Indreo nohamarigniny, da nomeny voninahitry avakoa. [31] Ino izany
e tokony ho zakaintsika momba anio raha io? Raha momba antsika gn'Andriamanitry, ia gne mahatohitry antsika? [32] Izy
izay tsy miaro gne zanany lahy tokagny fa nanolotry Anazy ho antsika marobe, akoignaia gne tsy agnomezany antsika
maimaimpoagny miaraky Aminazy gne raha marobe avakoa? [33] Ia gne hinday fitoriagny hanohitry gne olom-
boafidin'Andriamanitry? Andriamanitry raiky avao e magnamarigny an'izany. [34] Ia gne raiky hagnameloky? Kristy raiky
gne maty ho antsika, sady mihoatry an'izany, natsangagny avakoa Izy. Manapaky miaraky amin'Andriamanitry ame
fitoeram-boninahitry Izy, sady Izy gne mifona ho antsika. [35] Ia gne hagnasaraky antsika ame fitiavan'i Kristy? Fahoriagny,
sa fijaliagny, sa fagnenjehagny, sa hanoanagny, sa fikoziagny, sa loza, sa sabatry? [36] Araky gne voasoratry hoe: "Noho
gn'aminao da voavono andro lava ahay. Noresigny akô ondry ho vonoigny iay." [37] Agnatin'izany raha marobe izany da
mihoatry gne mpandresy iay ame gn'alalan'e raiky tia anay. [38] Fa iao da resy lahatry fa ndre gne fahafatesagny, ndre gne
fiaignany, ndre indreo anjely, ndre indreo fanjakagny, na e raha amin'izao fotoagny izao, na e raha ho avy, na gne hery, [39]
na gne avo, na gne laligny, na gne zavaboary hafa, da tsy ahasaraky antsika ame fitiavan'Andriamanitry, izay ao am'i
Kristy Jesosy Tompontsika.

Chapter 9

[1] Mizaka gne marigny ao ame Kristy iao. Tsy mivandy iao, ary gne eritreritro gne vavolombelogny miaraky aminà ao ame
Fanahy Masina, [2] raha iao da tsy misy alahelo zakabe sy fahoriagne tsy mijanogny agnatin'e foko. [3] Da afaky nagniry iao fa
noho gne aminareo rahalàko,raiky karazagny aminà da ho voaozogny ka hisitaky amin'i Kristy gne tegnako. [4] Indreo da
Israelita. Indreo da managny fananganagny, gne voninahitry, gne fankatoavagny, gne fagnomezan'e lalàna, gne fideragny
an'Andriamanitry, ary ireo fampanatenagny. [5] Gnandreo da ireo razagny izay nahatonga an'i kristy ho tonga nofo, Izy izay
Andriamanitra ambonin'e rehetra. Ho deraigny mandrakizay anie Izy. Amena. [6] Fa tsy fôgny zay nampanantegnain'
Andriamanitry. Fa tsy zay rehetra avy agny Israely no tegna Iasraely. [7] Na ireo taranak'i Abrahama agnaby tsy voatery io
avao gne zanany. Fa: "Ame alalan'Isaka gne hiantsoagny gne taranakao." [8] Izany hoe, gne zanaky gne nofotry da tsy
zanak'Andriamanitry. Fa gne zanaky gne fampanantenagny gne raisigny ho taranaky. [9] Fa akoizao gne zakan'e
fampanantenagny: "Amin'izany fotoagny zany da ho avy iao, da omegny zazalà Saraha." [10] Tsy izany avao, fa aveo koa
Rebeka hanagn'anaky ame lelà raiky, Isaka raintsika_ fa mbola tsy teraky anefa io zaza io sady tsy [11] mbola nisy raha tsara
na ratsy namboariny, mba ho tanteraky gne tanjon'Andriamanitry araky gne fisafidianagny, tsy noho gne asa, fa noho Izy
izay miasa_ [12] Nozakaingy tamin-draviavy hoe: "Gne zokiny da hanompo gne zandriny." [13] Akoragn'e voasoratry hoe:
"Tiako Jakoba, fa halako Esao." [14] Ino zany gne hozakaintsika? Misy tsy fahamarinagny me gne miaraky
amin'Andriamanitry? [15] Raha tsy hisy izany. Fa hoy Izy tamin'i Mosesy hoe: "Hamindra fo amin'e tiako hamindragny fo
Iao, ary hahafiragny gne tiako firaignesigny Iao." [16] Noho izany da tsy noho izy mikasa an'izany, na noho izy izay
miazakazaky, fa noho Andriamanitry nagnabôky gne famindra-po. [17] Fa gne Soratry Masina nagnambara tamin'i Farao
hoe: "Izany gn'antony gne nagnandratako anao, mba hagnaboako aminao gne heriko, sady mba hagnambaragny gne
agnarako eran-tany." [18] Noho izany, Andriamanitry da mamindra fo amin'zay tiany, ary zay tiany gne ho hamafisigny fo. [19]
Aveo hizaka aminà anareo hoe: "Nagnino da mbola mahita tsigny fezay Izy?" Ia gne mahasakagny gne sitrapony?" [20]
Mifanohitra amin'izany, ralehilà, ia lôtry anao mamaly manohitry an'Andriamanitry? Moa gne novolavolaigny afaky
hizaka ame mpamolavola hoe: "Nagnino sa naninao ako ity iao?" [21] Sa gne mpagnano vilagny tsy managny zo amigne
tanimanga ka gne vongagny raiky igny avao gne agnamboragny fitoeragny amign'andro voatokagny, ary fitoeragny raiky
hafa koa amign'isan'andro? [22] Akognaia raha Andriamanitry, tagnamboatry gne havignirany sy hampahafantry gne
fahefagny, gne niaritry tamim-paharetagny gne fipetrahan'e fahavignirany nomagniny ho ame fahasimbaigny? [23]
Akognaia raha nagnano an'izany Izy mba hampahafantariny gne haren'e voninahiny eo amign'e fipetrahan'e famindram-
po, ze efa nomagniny lateo ho amin'e voninahitry? [24] Akognaia raha namboariny ho antsika koa izany, zay natsovany
avakoa, tsy hoe ame Jiosy avao, fa ho ame Jentilisa avakoa? [25] Arak'izay nozakainy tao amin'i Hosea avakoa hoe:
"Hantsovako hoe oloko zay tsy oloko, sady hoe malalany izay tsy malala. [26] Aveo da agny amin'izay nizakàny andreo hoe:
'tsy oloko anareo,' agny gne agnatsovagny andreo hoe: 'Zanak'Andriamanitry velogny.'" [27] Isaia nagnetso mafy gne ame
Israely hoe: "Raha akogn'e fasiky egny ame ranomasigny gne isan'e zanak'Israely, da ho voavonjy zay sisa ambiny, [28] fa
gne Tompo hinday gne zakany eto ambony gne tany, feno sady tsy ho ela." [29] Araky gne nozakain' Isaia meloha hoe: "Raha
gne Tompo tompon'e maro gne tsy nametraky taranaky ho antsika, da ho ako i Sodoma isika, sady ho lasa ako i Gomora."
[30] Ino zany gn'hozakaintsika? Fa ireo Jentilisa, zay tsy nitady gne fahamarinagny, gne nahazo fahamarinagny avy tame
finoagny. [31] Fa Israely, zay nitady gne lalàgn'e fahamarinagny, da tsy tonga tamin'izany. [32] Nagnino me? Satria indreo tsy
nitady izany tame finoagny, fa tame asa. Tafatoin'e vaton'e fanafintohinagny indreo, [33] araky gne voasoratry hoe: "Hiteo,
ao Ziona gne ametrahako gne vaton'e fanafitohinagny sy vatolampin'e fandikan-dalàgny. Zay mino izany da tsy ho
megnatry."

Chapter 10

1 E Rahalà ,gn'irin'e foko izy ame angatahiko amin'Andriamanitry ho andreo , da gne famonjegny andreo. 2 Fa mijoro
vavolombelogny momba andreo iao fa mafana fo ho Andriamanitry indreo, nefa tsy araky gne fahalalagny. 3 Fa tsy
mahalala gne fahamarinan' Andriamanitry io , sady mitady hametraky gne fahamarinandreo manokagny. Tsy magneky
gne fahamarinan'Andriamanitry indreo. 4 Fa kristy gne fahatanterahan'e lalàgny ho fahamarinagny ho an'izay rehetra
mino. 5 Fa Mosesy manoratry momban'e fahamarinagny izay avy amin'e lalàgny hoe: "Gne olo izay magnano gne
fahamarinan'e lalàgny da hiaigny amin'izany fahamarinagny izany." 6 Fa gne fahamarinagny izay avy amin'e finoagny da
mizaka hoe: "Ka mizaka an'izao am-po hoe: 'Ia gne hiakatry an-dagnitry agny?' (Izany da, mampidigny an'i kristy); 7 Sady
ka mizaka hoe:"Ia gne hidigny amin'e laligny agny?'" (izany da , mampiakatry an'i kristy amin'e maty). 8 Fa ino
gn'ambaran'izany? "eo akaikinao gne zaka, ao am-bavanao sady ao am-ponao." Izany gne teninn'e finoagny, izay
ambaranay. 9 Fa raha amin'e vavanao gne agnekenao an'i Jesosy ho tompo, sady mino amin'e fonao fa
natsangan'Andriamanitry tamin'e maty Izy, da ho vonjegny anao. 10 Fa amin'e fo gne inoan'olo gne fahamarinagny, da
amin'e vava gne agnekegny gne famonjegny . 11 Fa hoy gne Soratra Masina hoe: "Tsy ho megnatry izay rehetra mino
Anazy." 12 Fa tsy misy fahasamihafagny eo amin'e Jiosy izy ame Grika. Fa tompo raiky avao gne tompon'e rehetra, sady
harem_ pahasoavagny ho an'izay rehetra mangaiky Anazy Izy. 13 Fa izay rehetra mangaiky gn'agnaran'e Tompo gne ho
vonjegny. 14 Akognaia zany gne ahafandreo mangaiky Anazy izay tsy ninoany? Akognaia gne ahafahandreo mino Anazy
izay tsy regnindreo? Akognaia gne ahafahandreo maregny raha tsy misy mpitory? 15 sady akognaia gne ahafandreo
mitory, raha tsy nisy nagniraky? Araky gne vaosoratry hoe: "Endrey gne hatsaran'e tongotrindreo magnambara ireo zava-
tsoan'e filazantsara!" F'izy tsy indreo agnaby gne niteno gne filazantsara. Hoy Isaia se: "Tompo, ia gne nino gne hafatray?"
Noho izany gne finoagny da avy amin'e fihainoagny, da gne fihainoagny avy amin'e zakan'i Kristy. 18 Fa hoy iao se: "Tsy
nisy naregny me indreo?" Eka, tena marina. "Gne feon-dreo da efa niparitaky magneran-tany, sady gne zakandreo
magneragny amin'e faran'izao tontolo zao." 19 Ankoatr'izay, hoy iao se: "Tsy nahalala me Israely?" Tamin'e voalohany
Mosesy nizaka hoe: " ho aniko saropiaro amin'izay tsy firenegny anareo. Amin'e firenegny izay tsy misy fahalalagny, ho
aniko avy amin'e fahavigniragny anareo." 20 Sady tena sahy tokôtry Isaia refa nizaka izy hoe: "Hitandreo izay tsy nitady
ana iao. Niboaky tamindreo izay tsy nagnontany ana iao." 21 Fa hoy izy tamin'Israely hoe: "Tontolony the nagnaparako gne
tagnako tamin'e olo tsy mankatò izy ame maditry."

Chapter 11

1 Da nizaka iao, narian'Andriamanitry me gne olony? Sagnatrian'izany. Ndre iao avakoa da Israelita, taranak'i Abrahama,
avy ame fokon'i Benjamina. 2 Andriamanitry da tsy nagnary gne olony, izay efa lalany taloha. Tsy lalanareo me gne
vôzakan'e Soratry Masina momban'i Elia, da gne fitaraignany tamin'Andriamanitry namely an'Israely? hoe: 3 Tompo,
indreo da namono gne mpaminaninao, namotiky gne alitaranao. Iao raiky gne sisa tavela, ary mifofo gn'aiko indreo." 4 Fa
ino e zaka nambaran'Andriamanitry an'azy? "Nanokagny fito arivo làhy ho an'e tegnako Iao izay tsy nandohaliky tamin'e
Bala." 5 D'akoizany, amin'izao fotoagny zao avakoa da misy sisa avao nohon'e fisafidianagny ame fahasoavagny. 6 Fa raha
avy ame fahasoavgny izany, da tsy avy ame asa koa. Fa raha izany da tsy fahasoavagny koa gne fahasoavagny.
([Fanamariagny: gne antotan-taratasy sasany taloha da mamaky hoe: "Kanefa raha avy ame asa izany, da tsy
fahasoavagny koa; fa raha izany da tsy asa koa gne asa] 7 Da ino sa? Gne raha notadiavin'Israely, da tsy azony, Fa gne
voafidy gne nahazo izany, sady nohamafisigny gn'ambiny. 8 Izany da araky gn' efa voasoratry hoe: "Andriamanitry da
nagnome andreo gne fagnahin'e fitavozavozagny, maso mba tsy hahitan-dreo, da gne sofigny mba tsy handregnesan-dreo,
mandrak'androany." 9 Da hoy Davida nagnano hoe: "Aoka gne latabatriny ho harato sy fandriky, ho vato mamingagny
sady valifaty ho andreo. 10 Aoka gne mason-dreo ho mijigny mba tsy hahita, ary aoka hiondriky mandrakizay gne
lamosindreo." 11 Da hoy iao hoe: "Indreo me tafitoigny mba ho lavo?" Sagnatrian'izany. F'izy da avy ame filavoan-dreo, gne
nahatongavan'e famonjegny tamin-dreo Jentilisa, mba hampialogny andreo. 12 Ary raha gne fahalavoan--dreo gne
haregn'izao tontolo zao, sady Raha gne fahaverezan-dreo gne haren'e Jentilisa, da magnano akognaia gne hazakaben'e
fahatanterahan-dreo? 13 Fa am'izao da mizaka aminareo Jentilisa iao, ary raha mbola apôstôlin'e Jentilisa iao, da
mankasitraky gne fanompoako. 14 Angamba hampialogny andreo izay avy ame nofotriko manokagny iao. Angamba
hamonjy gne sasany amin-dreo itsika. 15 Fa raha midika fampihavanagny an'izao tontolo zao gne fandavagny andreo, da
ino gne andraisagny andreo izany fa fiainagny avy ame fahafatesagny? 16 Raha voatokagny gne vokatry voalohany, da gne
ampahany ame kobam-bary avakoa. Raha voatokagny gne fakany, da akô izany avakoa gne rantsany. 17 Fa raha
notapaigny gne rantsagny sasany, sady raha anao, sampagny olivadia, gne natambatry teo amindreo, sady raha
nifampizara tamindreo gne faka-mamokatry gne kakazo oliva anao, 18 aza mirehareha amin'ireo sampagny. Fa raha
mirehareha anao, da tsy anao gne mitondra gne fakagny, fa gne fakany gne mitondra anao. 19 Da hizaka anao hoe:
"Notahigny hiala ireo sampagny mba hafahako mifandray amin'azy." 20 Marigny izany. Noho gne tsy finoan-dreo da
notapaigny hiala indreo, fa anareo da mijoro tsara araky gne finoanareo. Aza magnano gne tegnanareo ho ambony, fa
matahora. 21 Fa ndre gne tegna sampagny aza da tsy navelan'Andriamanitry, da tsy ho avelany avakoa anao. 22 Sady,
taragno, gne fahamoram-po sy gne fahasaro-pon'Andriamanitry. Etsia andaniny, gne fahasaro-po da avy ame Jiosy zay
lavo. Da etsia avakoa, gne hatsara-pagnahin' Andriamanitry da avy aminareo, raha maharitry ao ame hatsaram-
pagnahiny anareo. Fa raha tsy izany da ho tapahigny koa anareo. 23 Ndre io aza, raha tsy manohy ame tsy finoagny


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

indreo, da hatambatry. Fa Andriamanitry da afaky mamerigny manambatry andreo indraiky. 24 Fa raha notapahigny tame
kakazo oliva_dì anareo, ka natambatry tame kakazo oliva tsara, da akognaia gne fohoaran'e hamaroan'e Jiosy, izay
sampagny voajanahary, natambatry tame kakazo olivan-dreo manokagny? 25 Fa tsy tiako tsy hahafantatry anareo, ry
rahalà gn'amin'izany tsiambaratelo izany, mba tsy haha-hendry anareo amin'eritreritry nareo manokagny. Izany
tsiambaratelo izany da efa nahamafy loha gne sasany ame Israely, mandra-piavin'e fahefan'e Jentilisa. 26 Noho izany da
hovonjegny agnaby gne Israely aby, araky gne voasoratry hoe: "Hiboaky avy agny Ziona gne mpagnafaky. Hangala gne
haratsia-pagnahy amin'i Jakoba izy, 27 da izany gne ho fagnekem- pihavanako amin-dreo refa hagnafôgny e fahotan-dreo
Iao." 28 Ame lafiny raiky mahakasiky gne filazantsara, da fahavalo idreo noho gn'aminareo. Ame lafiny raiky hafa araky
gne safidin'Andriamanitry, da mahalala indreo noho gne razagny. 29 Fa ireo fanomezagny sy antson'Andriamanitry da tsy
miova. 30 Fa anareo da tsy magneky an'Andriamanitry taloha, kanefa amin'izao anareo da nandray gne famindram-pò
noho e fankatoavandreo. 31 Akoizany avakoa, amin'izao ireo Jiosy da tsy magneky. Gne vokany da avy tame famindram-pò
izay nabôky anareo e mety handraisan-dreo gne famindram-pò avakoa amin'izao. 32 Fa Andriamanitry efa nagnidy e tsy
fankatoavagn'aby, mba ahafahany magnabôky famindram-pò ame olo aby. 33 Hiteo, gne halalin'e haren'e fahendregny sy
fahalalan'Andriamanitry! Tsy takatry gne saigny io fitsaragny io, ary e lalany da tsy hay refesigny! 34 "Fa ia gne nahalala e
fihevitry gne Tompo na ia gn'avy ho mpanolon-tsaigny an'Azy? 35 Na ia gne nagnome raha an'Andriamanitry aloha, ka tsy
mentsy hagnoneran' Andriamanitry an'azy indraiky?" 36 Fa avy amin'azy sy ame alalany sady ho an'Azy gne raha aby. Ho
an'Azy mandrakariva gne voninahitry. Amena.

Chapter 12

1 Mangataky anareo aho noho izany, ry ralà, noho ireo famindram-pon'Andriamanitry, mba hanolotry gne tegnanareo ho
sorogny velogny, masina, eken'Andriamanitry. Izany gne fanompoanareo araky gne tokony ho izy. 2 Ka mangalataky
an'izao tontolo zao, fa miovà ame fanavoazagny gne sainareo. Ataovy izao mba ho lalanareo tsara izany, azo ekegny, sady
gne sitrapò lafatr'Andriamanitry. 3 Fa ambarako, noho gne fahasoavagny izay nomegny Anà, gne tsy tokony hanagnan'e
olo agnaby izay eo aminareo gne eritreritry hagnambony gne tegnany mihôtry gne tokony ho eritreretiny. F'izy, da tokony
hieritreritry am-pahendrengny indreo, mitovy tame fagnomezan'Andriamanitry fatram-pinoagny gne tsiraidraiky aby. 4
Fa managny rantsagny maro ame tegnantsika isika, kanefa tsy mitovy aby gne asan'ireo rantsagny ireo. 5 Mitovy
amin'zany isika agnaby da tegna raiky avao ao amin'i Kristy, sady rantsagny hafa ame tsirairaiky. 6 Managny fanomezam-
pahasoavagny samy hafa itsika araky gne fahasoavagny izay nomegny antsika. Raha faminaniagny gne fanomezam-
pahasoavagn'e raiky, da anigny araky haben'e finoany. 7 Raha fanompoagny gne fanomezam-pahasoavagn'e raiky,
d'apetray izy hanompo. Raha nisy raiky nahazo fanomezam-pahasoavagny hampianatry, apetray izy hampianatry. 8 Raha
fampaherezagny gne fagnomezam- pahasoavagn'e raiky, apetray izy hampahery. Raha mahagnome gne fagnomezam-
pahasoavagn'e raiky, apetray izy hagnano izany amim-palalan-tanagny. Raha hitariky gne fagnomezam-pahasoavagn'e
raiky, apetray izy ho vita am-pitandremagny. Raha hampiseho fafiragnesagny gne fagnomezam- pahasoavagn'e raiky,
apetray izany ho vita an-kafaliagny. 9 Amboaro tsara gne fitiavagny tsy hisy fiatsaram-belatsihy. Ka mankatia gne ratsy;
tazomo mafy izay tsara. 10 Raha gne momba gne fitiavan-drahalà, mifankatiava anareo tsiraidraiky aby. Raha gne momba
gne fagnomezam-boninahitry, mifagnajà. 11 Raha gne momba gne fimaniagny, ka misalasala. Raha momba gne fagnahy,
apetray hafana fo. Momba gne Tompo, tompoy Izy. 12 Mifalia ame fahatokiagny izay hanagnanao momba gne ho avy.
Mahatatesa am'ireo olagninao agnaby. Ka mihegny gne mivavaky. 13 Mifampizara ami'izay ilain'e mpino. Mitadiava fomba
maro hampiantranoanao olo. 14 Misaora ireo izay magnenjiky anao; misaora sady aza magnozogny. 15 Miresa mifaly amin-
dreo izay mifaly; miresa mitomagny amin-dreo izay mitomagny. 16 Mitovia fisaigny ame tsiraidraiky. Ka misaigny ame
fomba mirehareha, fa ekeo ndre gne olo ambany. Aza mihevitry gne tegnanao ho hendry. 17 Ka mamaly ratsy gne ratsy.
Magnamboara raha tsara maro ame olo agnaby. 18 Raha mety, arake azonao anigny, mihavagna ame olo agnaby. 19 Ka
mamaly ratsy gne tegnanareo, ry malala, fa omeo lala e fahavigniran'Andriamanitry. Fa efa voasoratry hoe: "'Anà gne
vali-faty; Iao gne hamaly,' hoy gne Tompo." 20 Fa raha mosaregny gne fahavalonao, omeo hanigny izy. Raha te hin-drano
izy, omeo rano izy hondranominy, fa raha magnano izany anao, da ho baik'afo hangonigny ame lohany." 21 Aza mety ho
resin'e ratsy, fa reseo ame tsara gne ratsy.

Chapter 13

1 Aoka gne fagnahy agnaby hagneky e manam-pahefagny ambony, fa tsy misy fahefagny raha tsy avy
amin'Andriamanitry. Fa indreo manam-pahefagny efa misy da efa voatendrin'Andriamanitry. 2 Noho izany zay manohitry
an'izany fahefagny zany da manohitry gne didin'Andriamanitry; fa indreo zay manohitry an'izany da hahazo fitsaràgny
amin'e tegnandreo. 3 Satria indreo mpanapaky da tsy fampitahoragny ho an'e asa tsara, fa ho ane gn'asa ratsy. Magniry
gne tsy halia gne raiky amin'e fahefagny me anareo? Magnamboara e tsara, da ho deraigny amin'izany anao. 4 Fa izy da
ho mpanompon'Andriamanitry ho anareo amin'e tsara. Fa raha magnano gne ratsy anareo, da matahòra, satria tsy
mitondra gne sabatry tsy amin'e antony Izy. Fa Izy da mpanompon'Andriamanitry, mpamaly gn' avigniragny amin'izay
magnano e ratsy. 5 Noho izany da tokony hagneky anareo, tsy nohon'e havigniragny avao, fa nohon'e fieritreretagny
avakoa. 6 Noho izany da mandoa hetra avakoa anareo. Fa mpanompon'Andriamanitry e manam-pahefagny, izay
miandraikitry an'izany raha izany tsy ankijanogny. 7 Aloavy amin'e tsiraidraiky izay tokony ho andreo: mandoava hetra


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

amin'izay tokony handoavagny anazy; mandoava fadin-tseragnagny amin'izay tokony handoavagny anazy; maliava
an'izay tokony haliavagny; magnajà an'izay mendriky an'izany. [8] Ka managny trosa ndre amin'ia ndre amin'ia, afa-tsy gne
fifankatiavagny avao. Fa izay tia gne magnodidigny anazy da nahatanteraky gne lalàgny: [9] Maro e didy: "Ka mangala-
badin'olo, ka mamono olo, ka mangalatry, ka magniry," fa raha misy didy hafa ankoatry an'io koa, da voafehy amin'ity
fehezanteny ity izany: "Tiavo gne namanao akô gne tegnanao." [10] Gne fitiavagny da tsy mandratry gne magnodidigny;
noho izany, gne fitiavagny gne fahatanterahan'e lalàgny. [11] Noho izany, lalanareo gne fotoagny, fa efa fotoagny
hifoazanareo amin'e torimasinareo sahady izao. Fa amin'izao efa magnakeky noho izay ninoantsika tamin'e voalohany
gne fagnavotagny antsika. [12] Miha aligny, sady magnakaiky gne andro. Noho izany andasika hariagny gne asan'e mizigny,
sady andao isika hisikigny gne fiadian'e fahazavagny. [13] Andasika andeha amin'e lalagny mahitsy, akô gn'amign'andro, tsy
akô gn'ame fety tsy am-pamendrehagny na koa gne fahamamoagny; da andasika tsy handeha amin'e fahavetavetagny na
amin'e filàgny tsy voafe, sady tsy ho amin'e fifanoheragny na fialognagny. [14] Fa misikina an'i Jesosy Kristy Tompo, sady ka
magnome hiriky ho an'e nofo, mba hagnomezany fahafam-po gne filàny.

Chapter 14

[1] Raiso ndre da gne malemy ame finoagny, ka mitsara momba gne tohan-kevitry. [2] Gn'olo raiky da managny finoagny
hihinagny ndre ino ndre ino, fa gne raiky hafa malemy da tsy mihinagny afa-ts'e legioma. [3] Aleo izay mihinagny e raha
marobe aby io mba tsy hagnaratsy izay tsy mihinagny agnaby. Fa Andriamanitry efa nagneky anazy. [4] Ia me anao, anao
mitsara gne mpanompon'olo hafa? Ankatrefan'e tompony izy gne mitsangagny na milavo. Fa hatsangagny izy, satria gne
Tompo da afaky manangagny anazy. [5] Gn'olo raiky da mihevitry fa misy andro tsara nohon'e rehetra. Fa gne hafa da
mihevitry fa mitovy gn'andro aby io. Apetray gne kiraidraiky ho resy lahatry araky gne sainy agnaby. [6] Izay mandiniky
gn'andro, da mandiniky an'izany ho an'e Tompo; da gne mihinagny, da mihinagny ho an'ny Tompo, fa misaotry
an'Andriamanitry izy. Izay tsy mihinagny, da mifady hanigny ho an'ny Tompo, izy avakoa da misaotry an'Andriamanitry. [7]
Fa tsy misy miaigny ho an'e tegnany antsika, da tsy misy maty ho an'e tegnany. [8] Fa raha miagny itsika, da miagny ho an'e
Tompo, ary raha maty itsika, da maty ho an'e Tompo. [9] Noho izany antony izany e nahafatesan'i Kristy da nahavelogny
anazy indraiky koa, da mba hahatonga Anazy ho Tompon'e maty sady Tompon'e velogny. [10] Anao ka, nagnino me anao
mitsara gne rahalàhinao? Da anao, nagnino anao malaigny e ralahinao? Fa itsika agnaby io da mbola hitsangagny ho
tsaraigny ankatrefan'e seza fitsaran'Andriamanitry. [11] Fa efa voasoratry hoe: "Ra mbola velogny koa Iao," hoy gne Tompo,
"da hiforitry an-katrefako gne tsopokon'e rehetra, sady gne lela rehetra avakoa da hidera an'Andriamanitry." [12] Noho
izany, da itsika tsiraidraiky da hagnano tatitry gne tegnany amin'Andriamanitry. [13] Ka, ao isika tsy hifampitsara sanaky, fa
anapaky an'izao, mba tsy hisy hametraky vato mahatafitoigny na fandriky ho an'e rahalàhiny. [14] Mahafantatry iao sady
resy lahatry ame Tompo Jesosy, fa tsy misy tsy madio ame tegnany. Fa ho an'e mandray ndre ino ndre ino ho tsy madio
avao, da tsy madio izany aminazy. [15] Satria raha malahelo noho gne ame sakafo gne rahalàhinao, da tsy mandeha am-
pitiavagny esanaky anao. Ka simbagny nohon'e ame sakafonareo indreo izay namoizan'i Kristy gne ainy. [16] Ka hekenareo
ho haratsiagny gne raha eritreretinao ho tsara. [17] Fa gne fanjakan'Andriamanitry da tsy momba gne hanigny izy ame rano
fisotro, fa momba gne fahamarinagny, fiadanagny, da fifaliagny ao amin'e Fagnahy Masigny. [18] Fa gne manompo an'i
Kristy arak'izany da ankasitrahin'Andriamanitry sady eken'olo. [19] Noho izany, aleo itsika hanohy gne rahan'e fiadanagny
izy ame raha manefy gne tsiraidraiky. [20] Ka simbagny nohon'e amin'e hanigny gne asan'Andriamanitry. Madio tokôtry gne
raha agnaby, fa ratsy ho an'e gn'olo minagny anazy sady mahavy anazy ho tafintohigny. [21] Tsara gne tsy mihinan-kena, na
misotro divay, na gne raha aby izay mety hanafintohigny gne rahalahinao. [22] Gne finoagny anagnanao, ampirimo
agnatinao sy Andriamanitry. Sambatry izay tsy magnameloky gne tegnany amin'izay ekeny. [23] Izay misalasala da meloky
raha mihinagny, satria tsy tame finoagny izany. Sady ndre ino ndre ino tsy avy ame finoagny da fahotagny.

Chapter 15

[1] Da antsika izay matanjaky da tokony hahalefitry e fahalemen'e malemy, sady tsy tokony hagnano e raha mahafinaritry e
tegnatsika itsika. [2] Aoka atsika tsiraidraiky mba hagnano e raha mahafaly e mpiarabelogny amintsika fa izany e tsara,
mba hanandratagny anazy. [3] Fa ndre da i Kristy ary tsy nagnano izay nahafinaritry e tegnany. F'izy, izany moa da arak'e
voasoratry hoe: Gne faniratsiran'e olo izay naniratsira anareo da nitreky taminà." [4] Fa ndre ino ndre ino voasoratry
taloha tagny da voasoratry ho fampianaragny antsika, mba amin'e alalan'e faharetagny izy ame fampaherezan'e Soratry
Masigny e anagnantsika toky. [5] Da Andriamanitry faharetagny izy ame fankaherezagny anie hagnome saigny mitovy ho
ane tsiraidraiky aby araky an'i Kristy Jesosy. [6] Izy anie hagnano an'izany mba ho ame fisaignagny raiky sady ame vava
raiky avao e hideranareo an'Andriamanitry izy am'i Aban'e Tompontsika Kristy Jesosy. [7] Noho izany mifandraisa, ako e
nandraisan'i Kristy anareo avakoa, ho fideragny an'Andriamanitry. [8] Fa zakaiko fa i Kristy da efa lasa mpamompon'e
voafora ho an'e fahamarinan'Andriamanitry, mba ahafahagny magnamarigny e fampagnantegnagny izay nomegny e Ray,
[9] da e jentilisa mba hagnomezam-boninahitry an'Andriamanitry nohon'e famindram-pony. Izany da arak'e efa voasoratry
hoe: "Noho izany da hagnome fideragny Anao eo amin'e jentilisa iao sady hihira fideragny gne agnaranao." [10] Da mbola
voazaka avakoa hoe: "Miravoravoa, miaraky amin'e fokonolo maro be, ry Jentilisa." [11] Sady koa hoe: "Ô Jentilisa! Deray e
Tompo, apetray e olo agnaby hidera Anazy." [12] Da hoy koa i Isaia se: "Hisy taranak'i Jese, da e olo hanapaky eo amin'ny
Jentilisa. Hanagny fahatokisagny aminazy indreo Jentilisa." [13] Da e Andriamanitr'e fahatokisagny anie hameno anareo

fifaliagny da fiadanagny agnaby amin'e finoagny, mba ho feno fahatokisagny anareo, avy amin'e herin'e Fagnahy
Masigny. [14] Ô rahalà! Iao toa avakoa da resy lahatry ame momba anareo. Da resy lahatry iao fa anareo io avakoa da feno
fahatsaragny, feno e fahalalagny agnaby. Da resy lahatry avakoa iao fa anareo io avakoa da afaky mifagnanatry. [15] Fa
manoratry am-pahasahiagny aminareo iao mikasiky e raha sasany mba hampitadidiagny anareo indraiky, nohon'e
fagnomezam-pahasoavagny izay nomen'Andriamanitry anà. [16] Izany fagnomezam-pahasoavagny izany da tokony
hanompoako an'i Kristy Jesosy nalefa tagny ame Jentilisa, mba hanolotry ako e sorogny e Filazantsaran'Andriamanitry.
Tokony haniko izany mba ho azo ekegny e fagnatitr'ireo Jentilisa, voatokan'e Fagnahy Masigny. [17] Noho izany e hafaliako
da amin'i Kristy Jesosy izy ame rahan'Andriamanitry. [18] Fa tsy ho sahy hizaka ndre ino ndre ino afa-ts'e raha vitan'i Kristy
tame alalako ho an'e fagneken'e jentilisa iao. Io raha aby io da vita tame zaka izy ame asa, [19] tame herin'e famantaragny
izy ame fahagagagny, sady tame herin'e Fagnahy Masigny. Amin'izay da mba avy a Jerosalema, ame lavidavitry ako
Ilyrikioma, e hahafahako magnatanteraky e Filazantsaran'i Kristy. [20] Amin'izany, e fagniriako da e hitory Filazantsara, fa
tsy amin'izay ahalalagny an'i Kristy ame agnara, mba tsy hagnoregnako ame efa nagnoregnan'olo. [21] Izany da arak'e efa
voasoratry hoe: "Tamin'izay tsy nizakagny Anazy e ahita Anazy, da izay tsy naharegny e ahazo." [22] Noho izany avakoa da
voasakagny matetiky tsy ho avy aminareo agny Iao. [23] Fa amin'izao fotoagny izao, da tsy managny toeragny amin'io faritry
io sanaky Iao, sady da efa taogny maro e nagniriako e ho avy aminareo agny. [24] Noho izany, ndre ovia ndre ovia
handianako agny Espana, da magnantegna iao fa hahita anareo refa mandalo, sady haterinareo ame hombako, refa avy
mankafy e fiarahanareo tselatsela Iao. [25] F'izy amin'izao fotoagny izao eky sa, da ho agny Jerosalema eky Iao hanompo e
mpino. [26] Fa fifalian'i Makedonia izy amin'i Akaia e hagnano fandraisagny anjara ho ane mahantra agn'isan'izany e mpino
a Jerosalema. [27] Eka, hafaliagny ho andreo izany, sady mpitrosa aminazy moa indreo io. Fa raha e Jentilisa e nizara tame
raha masignindreo, da tokony hanompo andreo avakoa indreo ame raha ara-materialy. [28] Noho izany, rehefa naniko izao
asa izao sady nagnamafy fa voaraindreo e vokatry izay nalagno, da handeha agny Espaina iao da hitsidiky anareo ame
lalako. [29] Fantako fa refa mande aminareo agny iao da hiditry ame fahafenoan'e fitahian'i Kristy. [30] Amin'izao fotoagny
izao da mandrisiky anareo amin'i Jesosy Kristy Tompontsika sady ame fitiavan'e Fagnahy Masigny iao rahalà, mba
hiaraky hiady aminà anareo ame vavaky aninareo amin'Andriamanitry ho anà. [31] Mivavaha mba ho avotry amin'io olo
izay tsy magneky agny Jodia io iao, sady mba ho eken'io mpino io e fanompoako ho an'i Jerosalema. [32] Mivavaha mba
hifaliako aminareo amin-kafaliagny ame sitrapon'Andriamanitry, sady mba hahafahako mahita fijanognagny, miaraky
aminareo. [33] Andriamanitry nge fiadanagny anie homba anareo agnaby. Amena.

Chapter 16

[1] Ankiniko aminareo i Foiby anakavintsika, izay mpanompon'e fiangonagny agny Kenkrea, [2] mba handraisanareo an'azy
ao ame Tompo. Ataovy izany ame fomba mendriky gne mpino, sady magnatreha an'azy amin'izay olagny mety ilaigny
gne fagnampianareo. Fa izy tegnany avakoa da lasa mpagnampy gne maro, sady gne tegnako avakoa. [3] Magnamboara
veloma an'i Prisila sy Akoila, mpiara-miasa aminà ao amin'i Kristy Jesosy, [4] izay nahafoy gn'aindreo ho an'e aiko. Misaotry
andreo iao, sady tsy iao avao, fa gne fiangonan'e Jentilisa agnaby avakoa. [5] Magnamboara veloma gne fiangonagny izay ao
ame tragnondreo. Magnamboara veloma agny amin'i Epaineto malalako, izay voaloham-bokatr'i Asia ho an'i Kristy. [6]
Magnamboara veloma an'i Maria, izay niasa mafy ho anareo. [7] Magnamboara veloma an'i Androniko sy Jonia, havako
akeky, sady niara-nigadra taminà. Malaza eo agnivon'ireo apostoly indreo, izay tao amin'i Kristy talohako avakoa. [8]
Magnamboara veloma an'i Ampliato, malalako ao amin'i Tompo. [9] Magnamboara veloma an'i Orbano, mpiara-miasa
amintsika ao amin'i Kristy, da I Staky, malalako. [10] Arahabay i Apela, izay ankasitrahagny ao amin'i Kristy. Arahabay
indreo izay ao ame tokantragnon'i Aristobolo. Magnamboara veloma an'i Herodiona, havako. [11] Magnamboara veloma
andreo izay ao ame tokantragnon'i Narkisa, izay ao amin'ny Tompo. [12] Magnamboara veloma an'i Tryfena sy Tryfosa, izay
miasa mafy ao amin'ny Tompo. Arahabay i Perysa malala , izay niasa mafy tao amin'ny Tompo. [13] Nagnamboarako veloma
an'i Rofosy, izay voafidy tao amin'ny Tompo, da i endriny izy amin'i endriko. [14] Magnamboara veloma an'i Asynkrito,
Flegona, Hermesy, Patroba, Herma, da gne rahalà izay miaraky amindreo. [15] Magnamboara veloma an'i Filologia sy Jolia,
Nerea izy ame anakaviny, Olimpa, sady gne mpino miaraky amindreo agnaby. [16] Mifagnamboara veloma ame
fifagnorohagny masigny. Gne fiangonan'i Kristy agnaby da magnano veloma anareo. [17] Amin'izao fotoagny izao
mamporisiky anareo iao, rô rahalà, mba hihevitry gne momban'izay fizarazaragny izy ame fanafintohignagny. Indreo da
mihoatry lavitry gne fampianaragny izay noraisinareo. Misitahà lavitry andreo. [18] Fa tsy mpanompon'i Kristy
Tompontsika gn'olo akô io, fa gne trokiny raiky avao. Ame zaka malefaky sy mandokandoka gn'amitahandreo gne fon'e
tsy manan_tsigny. [19] Fa gne ohatrareo ame fankatoavagny da tafita agny ame tsiraidraiky. Noho izany, mifaly iao,
gn'aminareo, fa tiako mba ho hendry amin'izay tsara anareo, sady tsy hanan-tsigny am'izay ratsy . [20] Andriamanitry gne
fiadanagny hanorotoro an'i Satana eo ambanin'e tombokareo afaky fotoagny fohy. Ho aminareo anie gne fahasoavan'i
Tompontsika Jesosy Kristy. [21] Timoty, mpiara-miasa aminà, da magnano veloma anareo, sy Losio , Jasona da i Sosipatro,
havako. [22] Iao, Tertio, izay nanoratry ity epistily ity, da magnano veloma anareo ao amin'i Tompo. [23] Gaio,
mpampiantragno anà izy ame fiangonagny agnaby, da magnano veloma anareo. Erasto, mpitam-bola ao ame tanàgny, da
magnano veloma anareo miaraky amin'i Koarto rahalà. [24] [Fagnamarihagny: Ny fandikagny taloha tsara indrindra da
mangalaky ity andininy ity. (Taragno e Romana :16:20).and 24: "Ho aminareo agnaby anie gne fahasoava'ny Tompontsika
Jesosy Kristy. Amena."] [25] Sady gne voninahitry ho an'Azy izay mahavita mampijoro anareo araky gne filazantsarako izy


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

ame fitoriagny an'i Jesosy Kristy, araky gne fagnambaragn'e mistery izay notazomigny ho tsy ambaratelo ela be taloha
tagny, 26 kanefa nambara amin'izao fotoagny izao,sady tame gn'alalan'e bokin'e faminaniagny gne nampahafantaragny
tame firenegny agnaby, araky gne didin'Andriamanitry mandrakizay, ho fagnekegny gne finoagny. 27 Ho an'
Andriamanitry raikin'e fahendregny, anie gne voninahitry mandrikizay, ame gn'alalan'i Jesosy Kristy. Amena.

# 1 Corinthians

Chapter 1

1 Paoly, natsovan'i Jesosy Kristy mba ho apôstôly noho gne sitrapon'Andriamanitry, izy amin'i Sostena ralàntsika, 2 ho an'e
fiangonan'Andrimanitry ao Korinto, ho andreo izay vôhasigny tao amin'i Kristy Jesosy, da vôantso ho olo masigny.
Manoratry ho anareo aby izay mangahiky gn'agnaran'i Jesosy Kristy Tompontsika amin'e toeragny agnaby avakoa iay, gne
Tompon-dreo izy sy antsika. 3 Ho aminareo gne fahasoavagny izy ame fiadanagny avy amin'Andriamanitry Raintsika sy
Jesosy Kristy Tompo. 4 Iao da magnome fisaoragny ho an'Andriamanitriko ho anareo noho gne fahasoavan'Andriamanitry
izay nomen'i Jesosy Kristy anareo. 5 Naniny nanakankaregny tamin'e fomba agnaby anareo, tame fizakagny agnaby sy
gne fahalalagny agnaby , 6 râ vao voaporofo taminareofa marigny gne fagnambaragny momban'i Kristy. 7 Noho izany
anareo da tsy hijaly fagnomezam'pahasoavagny eo am-pandignasanareo gne fagnambaragny an'i Jesosy Kristy
Tompontsika. 8 Izy avakoa da hampiorigny anareo hatrame farany, mba tsy hana-tsigny anareo amign'andron'i Jesosy
Kristy Tompontsika. 9 Matokia Andriamanitry, izay nangahiky anareo ho ame firasaigny amin'e Zanany lahy, Jesosy Kristy
Tompontsika. 10 Amizao da mamporisiky anareo iao, rô ralà, amin'e gn'agnaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, mba
hifagnaraky anareo aby, sady tsy hisy fisarahagny eo agnivonareo. Mamporisiky iao mba hikambagny amin'e saigny
mitovy sy tanjogny mitovy anareo. 11 F'efa nanigny mazava taminà, rô ralà, tamign'alalan'e fonkonolon'i Kloe fa misy
fifampiandaniagny gn'aminareo. 12 Gne tiako ambara da izao: Gne tsiraikiraiky aminareo samby magnano hoe: "Iao
miaraky amin'i Paoly," na "Iao miaraky amin'i Apolosy, " na " Iao miaraky amin'i Kefasy, " na " Iao miaraky amin'i Kristy. 13
" Vôzarazara me Kristy? Paoly me nofatsiagny ho anareo? tamign'agnaran'i Paoly me gne namboarigny batisa anareo? 14
Misaotry an'Andriamanitry iao fa tsy nisy namboariko batisa anareo, afa-tsy Krispo sy Gaio. 15 Izany da mba tsy
hafahan'ia ndre ia mizaka hoe tamign'agnarako e namomboaragny batisa anareo. 16 (Iao avakoa da nagnano batista gne
tokatragnon'i Stefanasy. Gne akôatr'izay, tsy fantatriko râ nagnano batisa olo hafa iao.) 17 Fa tsy ampagnano batisa gne
nagnirahan'i Kristy anà fa hitory gne filazantsara. Izy tsy nandefa anà hitory amin'e zakan'e fahendregn'olombelogny,
mba tsy ho foagny gne herin'e hazofijalian'i Kristy. 18 Fagne hafatry momba gne hazo fizaliagny da fahadalagny amin'ireo
izay ho faty. Fa eo amindreo izay ho vonjen'Andriamanitry, da herin'Andriamanitry izany. 19 Fa vôsoratry hoe: "Ho
potehiko gne fahendren'e hendry. Ho foagnako gne fahalalan'e mahay. " 20 Aia gn'olon-kendry? Aia gne mpanora-dalàgny?
Aia gne mpiady hevitry an'izao tontolo zao? Sa tsy nadik'andriamanitry ho fahadalagny me gne fahendren'izao tontolo
zao? 21 Satria tsy nahalala an'Andriamanitry izao tontolo zao tamign'e fahendregny, da sitrak'Andriamanitry, gne
hamojegny ireo izay mino amign'alalan'e fahadalagn'e fitoriagny. 22 Fa indreo Jiosy da mangataky famantaragny
mahagaga sady ireo Grika mitadia fahendregny. 23 Fa iay mitory an'i Kristy vôfantsiky, izay vato fanafintohinagny ho
an'ireo Jiosy da fahadalagny hoan'ireo Grika. 24 Fa ho andreo izay vôantson'Andriamanitry, na indreo Jiosy sy indreo
Grika, da mitory an'i Kristy akô gne hery sy fahendren'Andriamanitry iay. 25 Fa gne fahadalan'Andriamanitry da hendry
noho gn'olo, sady gne fahalemen'Andriamanitry da matanjaky noho gn'olo. 26 Heritreto gne fagnatsovagny anareo, rô ralà.
Tsy maro taminareo. Vitsy aminareo gne hendry râ gn'ame maha olombelogny. Tsy maro taminareo gne nahery. Tsy
maro taminareo gn'avo filazarantsara. 27 Fa Andriamanitry da nisafidy ireo raha adalan'izao tontolo zao mba
hampahamegnatry gne hendry. Andriamanitry da nisafidy izay malemy eo amin'izao tontolo zao mba hampahamegnatry
gne matanjaky. 28 Andriamanitry da nisafidy izay ambany sy hamavoigny eto amin'izao tontolo zao. Ndre Izy azaky da
nifidy ireo râ izay noheveriny ho tsinotsinotsinogny, mba hahavy tsinotsinoa ireo râ izay atao ho manan-danja. 29 Naniny
izany mba tsy hisy hanagny antony hirehareha eo agnatrehany. 30 Nohon'e nanin'Andriamanitry, amizao anareo da ao
amin'i Kristy Jesosy, izay lasa fahendregny ho antsika avy amin'Andriamanitry. Izy da lsasa fahamarinantsika,
fahamasinan tsika sady fahafahtsika. 31 Vokatr'izay, arak'izany mirehareha, hirehareha ao amin'e Tompo. "

Chapter 2

1 efa nagnatogny aminareo iao, rô ralà, da tsy avy niaraky taminà lahateny na fahendregny iao râ nagnambara gne
mistery momban'Andriamanitry. Fagnamarihagny: Gne dika-teny maro hafa da mivaky akô izao hoe: "Râ nagnambara
gne fijoroagny vavolombelogny momban'Andriamanitry iao. " 2 Fa nanapa-kevitry tsy nahalala ndre ino ndre ino iao refa
taminareo, afa-tsy Jesosy Kristy, sy Izy voafantsiky. 3 Sady niaraky taminareo iao Tamign'e fahalemegny, sy tamin'e
tahotry, sady tamin'e fagnovitagny zakabe. 4 Sady gne hafatriko sy gne fagnambarako da tsy tamin'e zaka fandresen-
dahatry gne fahendregny. F'izy, ireo da tamin'e fagnambaragny fagnahy sy hery, 5mba tsy ho ao ame
fahendregn'olombelogny gne finoanareo, fa ao amin'e herin'Andriamanitry. 6 Amizao da tena mizaka fahendregny eo
aminareo matotry, fa tsy gne fahendren'izao tontolo izo, na gn'andreo mpanampaky izao vanin'andro izao, izay mandalo
avao. 7 F'izy mizaka gne fahendren'Andriamanitry ame fanamarihagny miafigny isika, gne fahendregny miafigny izay
notendren'Andriamanitry mialoha gne vanin'andro agnaby ho voninahintsika. 8 Tsy nisy taminareo mpanapak'izao andro


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

izao gne nahafantatry io fahendregny io, fa râ nahatakatry izany indreo tamizany fotoagny izany, da tsy ho nofantsian-
dreo e Tompon'e voninahitry. 9 Fa araky izay voasoratry hoe: "Ireo râ izay nisy maso nahita, tsy nisy sofy nahare, tsy nisy
eritnreritry nahazo an-tsaigny, ireo râ izay nomanin'Andriamanitry ho an'ireo tia Anazy. " 10 Io râ
naboakin'Andriamanitry taminay tamign'alalan'e Fagnahy. Fa gne Fagnahy da mitadia gne râ, na da ireo râ
lalin'Andriamanitry azaky. 11 Fa ia gne mahafantatry gne fisaign'olo raiky afa-tsy gne fagnahin'olo aminazy? Arak'izany,
tsy mis mahafantatry ireo râ lalin'Andriamanitry afa-tsy gne Fagnahin'Andriamanitry. 12 Fa tsy nangalaky gne
fagnahin'izao tontolo izao isika, fa gne Fagnahy izay avy amin'Andriamanitry, mba hafahantsika mahafantatry ireo râ
ireo omengy antsika maimaimpoagny avy amin'Andriamanitry. 13 Mizaka momba ireo râ ireo ame zaka izay tsy hain'e
fahendregn'olombelogny ampianarigny iay, fa izay ampianarin' e Fagnahy anay. Gne Fagnahy gne mandiky e zaka ara-
pagnahy miaraky ame fahendregny ara-pagnahy. 14 Gn'olo izay tsy ara-pagnahy da tsy mandray ireo râ ireo izay an'e
Fagnahin'Andriamanitry, satria fahadalagny aminazy izany. Tsy afa-mahalala an'izany izy satria famantaragny ara-
pagnahy izany. 15 Izay ara-pagnahy da mitsara gne râ agnaby, fa tsy iharan'e fitsaran'e hafa izy. 16 "Fa ia gn'afaky
hampianatry Anazy?" Fa iay da tsy managny gne fisaignan'Kristy.

Chapter 3

1 Sady iao, rô ralà, da tsy afaky mizaka akô gn'olo izay ara-pagnahy, f'izy akô ara-nofitry, akô gne zaza ao amin'i Kristy. 2
Nofohagnako ronono anareo, fa tsy ventin-kanigny, satria tsy vonogny tamizany anareo; sady ndre amizao azaky da tsy
vonogny amizany anareo. 3 Satria anareo mbola arak'e nofitry. Fa ndre aia misy fahasarotam-piaro sy fifandiragny ao
aminareo, tsy miaigny arak'e nofitry me anareo, sady tsy mandeha amin'e fenitry gn'olombelogny? 4 Fa refa misy raiky
mizaka hoe: "Iao magaraky an'i Paoly," sady gne raiky mizaka hoe: "Iao magnaraky an'i Apolosy," da tsy miaigny akô
gn'olombelogny avao me anareo? 5 Ia me Apolosy? Ia Paoly? Mpaompo izay tamign'alalan'e ninoanareo, izay noman'e
Tompo asa aby. 6 Iao gne namboly, Apolosy gne nanondraky, fa Andriamanitry gne nampitombo. 7 Da noho izany, ndre izy
izay mamboly ndre izy izay manondraky da tsy misy dikany. Fa Andriamanitry gne mampitombo 8 Sady izy izay mamboly
sy izy izay manondraky da raiky avao, sady gne tsiraikiraiky da samby hahazo gne karamany aby araky gn'asany. 9 Fa iay
da mpiara-miasa amin'Andriamanitry. Anareo da tanin'Andriamanitry, sy tragnon'Andrimanitry. 10 Araky gne
fahasoavan'Andriamanitry izay nomegny anà akô gne mpagnano tragno mahay, da nametraky gne fototry iao sady hafa
gne magnorigny eo amboniny. Fa aokygne lelà tsiraikiraiky hitandrigny gn'amin'e fomba hagnorenagny gn' amizany. 11 Fa
tsy misy olo mametraky fototry afa-tsy e raiky izay napetraky, da, Jesosy Kristy. 12 Amizao râ misy olo magnorigny eo
ambonin'e fototry amin'e volamena, Volafotsy, vato sarobidy, kakazo, bozaky, na mololo, 13 da haboaky gn'asany, fa
gn'andro mazava gne haboaky izany. Satria haboaky amin'e afo izany, Gn'afo gne hitsapagny gne hatsaran'e naton' e
tsiraikiraiky. 14 Râ mitoetry gn'asan'olo, da hahazo valisoa izy; 15 fa râ may gn'asa'olo, da ho fatiantoky izy, fa izy tegnany
da ho vonjegny, akô gne nileta tamign'afo avao 16 Tsy lalanareo me fa anareo da tempolin'Andriamanitry sady gne
Fagnahin'Andriamanitry e mitoetry ao aminareo? 17 Râ misy olo manimba gne tempolin'Andriamanitry, da hanimba izany
olo izany Andriamanitry. Fa masigny gne tempolin'Andriamanitry, sady akô izany koa anareo. 18 K'apetraky hisy olo
hamita-tegnà. Râ misy olo eo aminareo mihevitry fa hendry izy amizao vanim-potoagny izao, avelay izy ho lasa "mola"
amizay mba mety ho lasa hendry izy. 19 Fa gne fahendren'izao tontolo izao da fahadalagny eo amin'Andriamanitry. Satria
voasoratry hoe: "Nahatratry g e hendry tamign'e hafetsendreo Izy." 20 Sady koa hoe: " Gne Tompo da mahalala fa gne
fihevitry gne hendry da zava-poagny. " 21 Noho izany tsy misy fireharehagny mombagn'olo esanaky! Fa ge râ agnaby da
anareo, 22 ndre Paoly, ndre Apolosy, ndre Kefasy, ndre izao tontolo izao, ndre fiainagny, ndre fahafatesagny, ndre râ
amizao, dre râ ho avy. Gne râ agnaby da anareo, 23 sady anareo da an'i Kristy, da Kristy da an'Andriamanitry.

Chapter 4

1 Da akô izao e tokony handraisan'olo antsika, akô gne mpanompon'i Kristy sady mpitandrigny ireo
misterin'Andriamanitry. 2 Amizany fifandraisagny izany, da fepetry takegny aminareo mpitandrigny gne maha-mendri-
pitokiagny anazy ireo. 3 Fa aminà da râ kidy avao e tokony hitsaranareo na hutsaragn'olombelogny agnaby anà. Fa ndre
iao a, aky tsy mitsara gne tegnako. 4 Iao da tsy malala izay fitoriagny nanigny taminà, fa izany da tsy midika fa tsy manan-
tsigny iao. Gne Tompo e mitsara anà. 5 Noho izany, ka mizakazaka fitsaragny momban'e râ agnaby mialohan'e fotoagny,
mialohan'e hiavian'e Tompo. Izy da hinday ireo zava-miafin'e mizigny ho amin'e fahazavagny sady hagnaboky gne
fikasan'e fo. Avy eo gne tsikiraikiraiky aby da angalaky gne fideragny avy amin'Andriamanitry. 6 Amizao, rô ralà,
nampihatry ireo fitsipiky ireo taminà sy tamin'i Apolosy iao nohogn'aminareo, mba ahafahanareo mianatry avy amnay
gne dikan'e fizakagny hoe: "Ka mandeha mihôtry izay vôsoratry." Izany da mba tsy hisy raiky aminareo hirehareha
gn'amin'e fankasitrahagny gne raiky nohon'e hafa. 7 Fa ia gne mahita e fahasambiafahagny eo aminareo sy ireo hafa? Ino
gn'anagnanareo da tsy noraisinareo maimaimpoagny? Râ nandray izany maimaimpoagny anareo, nagnino anareo gne
mirehareha akô gne tsy nagnano akô izany? 8 Efa anagnanareo aganaby izay rehetra tadiavinareo! Efa lasa
mpanakaregny anareo! Sady efa nanomboky nanjaka anareo- sady izany da tsy avy taminay! Iao da magniry tokôtry
gn'anjakanareo, mba hafahanay manjaka miaraky aminareo. 9 Fa iao da mieritreritry fa Andriamanitry da nametraky
antsika ho apostoly miharihary akô gne farany amin'e laharagny sy akô gn'olo vôheloky ho faty. Iay da lasa
fampisehoagny ho an'izao tontolo izao-ho an'ireo anjely, sady gne ho an'e olombelelogny. 10 Iay da mola nohon'e amin'i

Kristy, fa anareo da hendry ao amin'i Kristy. Malemy iay, fa anareo mahery. Anareo da nomem-boninahitry, fa iay avakoa
tsy nalaim-baraky. [11] Amizao iay da mosargny sy mangetaheta, sahiragny fitafiagny, voafiky mafy, sady tsy manan-
kialofagny. [12] Miasa mafy iay, miasa amign'alalan'e taganay avao. Refa latsaigny iay, da mitso-drano. [13] Refa
vôendrikendriky iay, damizaka amin-katsaram-pagnahy. Iay da niova, sady mbzola raisignyho, fakon'izao tontolo izao sy
fekan'e râ agnaby. [14] Iao da tsy nanoratry ireo râ ireo mba hahamegnatry anareo, fa magnitsy anareo akô gne zanaky
malalako. [15] Fa ndre da managny mpiambigny raiky aigny ao amin'i Kristy azaky anareo, da tsy managny aba maro be. Fa
iaoda lasa rainareo ao amin'i Kristy Jesosy tamign'alalan'e filazantsara. [16] Noho izany da mamporisiky anareoiao mba ho
mpangala-tahaky anà. [17] Izany gne nandefasako anareo agn Timoty, zanaky malalako sady mahatoky ao ame Tompo. Izy
da hampatsihahy anareo ireo lalagniko ano amin'i Kristy, akô gn'ampianarako andreo ndre aia ndre aia sy aoame
fiangonagny agnaby. [18] Amizao da lasa miavogny gne sanany aminareo, magnano akôgne hoe tsy ho avy agny aminareo
iao. [19] Fa ho avy tsy ho ela aminareo iao, râ sitrak'e Tompo. Sady tsy hahalala gne zakan-dreo izay tena miavogny avao, fa
hahita gne herindreo. [20] Satria gne fanjakan'Andriamanitry da tsy mifototry ame resaky fa amin'e hery. [21] Ino gne
tadiavinareo? Tokony ho avy agny aminareo miaraky amin'e tsorakazo sa miaraky amin'e fitiavagny feno halemem-
pagnahy?

Chapter 5

[1] Iay da naharegny tatitry fa misy fijangajangagny eo aminareo, karazagny fitondran-tegna tsy mendriky izay tsy azo atao
mihitsy eo ame jentilisa. Gne tatitry da hoe misy raiky aminareo miaraky ame vadin'iabany. [2] Anareo da tena
miavognavogny! Fa tsy tokony alahelo me anareo? Gne raiky izay nagnano an'izany da tsy maintsy alagny eto aminareo. [3]
Fa ndre da tsy eo am-batagny azaky iao fa mbola eo am-pagnahy, da efa nitsara e raiky izay nagnano an'izany sahady,
ohatrany hoe teo iao. [4] Refa miara-mivory ame agnaran'i Jesosy Tompontsika anareo , sady gnr fagnahiko da eo koa ame
herin'i Jesosy Tompontsika, da efa nitsara io olo io sahady iao. [5] Naniko izany mba hanoloragny an'izany lelà izany ho
an'ny Satana ho famotehagny gne nofotry, mba ho voavonjy gne fagnahiny ame androny tompo. [6] Tsy tsara gne
fireharehanareo! Tsy lalanareo me fa gne lalivay kidy da magnova gne mofo agnaby? [7] Diovy gne tegnanareo ame lalivay
taloha mba ho lasa mofo vaovao anareo, ka mba ho lasa mofo tsisy lalivay. Fa Kristy, e Zanak'ondrintsika tame paska, da
nanigny sorogny. [8] Noho izany da aoky atsika hankalaza gne firavoravoagny, tsy ame lalivain'e fitondran-tegna ratsy izy
ame faharatsiagny. Fa kosa, aoky atsika hankalaza ame mofo tsisy lalivain'e fahadiovam-po izy ame fahamarignagny. [9] Iao
da nanoratry ho anareo tao ame taratasiko mba tsy hiarahanareo miasa ame olo mpijangajanga. [10] Kanefa gne tiako
ambara da tsy gne olo mpijangajanga agnaby eto am'izao tontolo izao, na e tsy mahonon-tegna, na e mpisoloky, na e
mpanompo sampy, satria mba hialagny amindreo da mila miala am'izao tontolo izao anareo [11] Nefa amizao fotoagny izao
iao manoratry ho anareo mba tsy hiara-hiasa miaraky amin'ia na ia izay antsoigny hoe rahalà nefa miaigny ao agnatin'e
fijangajangagny, na izay tsy mahono-tegna, na mpanompo sampy, na mpizaka ratsy, na mpihina toky, na mpisoloky. Ka
mihinagny hanigny miaraky ame olo ako izany mihitsy. [12] Fa akognaia gn'idirako ame fitsaragny izay agny ambadik'e
fiangonagny? Mifanohitry amizany, anareo me tsy tokony hitsara izay ao agnatin'e fiangonagny? [13] Fa Andriamanitry da
mitsara izay agny ambadiky. "Alay eo aminreo gne olon-dratsy."

Chapter 6

[1] Refa misy raiky aminareo managny ady ame raiky hafa, sahy handeha agny ame fitsaragny eo agnatrehan'e mpitsara tsy
mpino me izy, fa tsy eo agnatrehan'e mpino? [2] Tsy lalanareo me fa e mpino gne hitsara an'izao tontolo izao? Raha izany,
anareo gne hitsara an'izao tontolo izao, tsy mahavita mandamigny raharaha madiniky me anareo? [3] Tsy lalanareo me fa
hitsara anjely atsika? akognaia, noho izany, gne fihoaran'e fahafahantsika mitsara ireo raharaha am'ity fiainagny ity? [4]
Raha ohatry ka afaky mitsara gne raha izay miboaky ame andavanandrom-piainagny anao, nagnino anao mametraky
karazagny tranga akô izany eo agnatrehan'izay tsinotsinogny ao ame fiangonagny? [5] Hahamegnatry anareo gne hizakako
an'izany. Tsy mba misy ampy fahendregny ndre da raiky me eo aminareo handamigny gne disadisa eo ame mpirahalà? [6]
Fa kosa, misy mpino raiky mandeha mifagnatriky ame mpino hafa eo ame fitsaragny, sady izany raharaha izany da
hapetraky eo agnatrehan'e mpitsara izay tsy mpino! [7] Gne fisian'e ady eo aminareo kristiana agnaby da efa faharesegny
ho anareo sahady. fa tsy aleo me avela ho voafitaky gne tegnanareo? [8] Fa anareo da nandiso sady namitaky gne hafa, sady
da rahalànareo avao indreo! [9] Tsy lalanareo me fa gne tsy marigny da tsy handova gne fanjakan'Andriamanitry? K'aza
mino vandy. Gne vetaveta , gne mpanompo sampy, gne mpijangajanga, gne lelà mpivaro-tegna, gne miara-mandry ame
samby lelà, [10] gne mpangalatry, gne tsy mahalala onogny, gne mpihina tôky, gne mpagnano ratsy, gne mpagnano an-
keriny -tsisy raiky amindreo handova gne fanjakan'Andriamanitry. [11] Akô izany gne sasany aminareo. Fa efa voadio
anareo, nohamasinigny anareo, sady voamarigny tamin'Andriamanitry anareo tame agnarany Tompo Jesosy Kristy izy
ame Fagnahin'Andriamanitsika. [12] "Gne raha agnaby da ara-dalagny amina," fa tsy gne raha agnaby gne mahasoa. "Gne
raha agnaby da ara-dalagny amina," fa ho andevozin'e raiky amin'io iao. [13] "Gne hanigny da ho an'e troky, sady gne troky
nanigny ho an'e hanigny," fa Andriamanitry da agnafohagny andreo roy. Gne vatagny da tsy nanigny ho an'e
fijangajangagny. Fa kosa, gne vatagny da nanigny ho an'e Tompo, sady gne Tompo da hagnome ho an'e vatagny. [14]
Andriamanitry da efa nanangagny gne Tompo sady hanangagny atsika ame heriny koa. [15] Tsy lalanareo me fa gne
tegnanareo da ratsam-batan'i Kristy? Ka hindesiko me izany gne ratsam-batan'i Kristy da ho ampiresiko ame mpivaro-

tegna indreo? Da raha tsy hisy izany! 16 Tsy lalanareo me fa izay miaraky ame mpivaro-tegna da lasa nofotry raiky
amin'azy? akô gne voazakan'e Soratry Masigny hoe: "Ho nofotry raiky avao indreo roy." 17 Fa izy izay miray ame Tompo da
lasa fagnahy raiky amin'Azy. 18 Hialao gne fijangajangagny! gne fahotagny izay ataon'olo agnaby da ambadikin'e tegna, fa
gne olo mpijangajanga da manota ho ame tegnany avao. 19 Tsy lalanareo me fa gne vatanareo da fiangonan'e Fanahy
Masina, izay mipetraky ao agnatinareo, izay azonareo avy amin'Andriamanitry? Tsy lalanareo me fa tsy anareo gne
tegnanareo? 20 Fa olo voavidy anareo . Noho izany da mankalazà an'Andriamanitry ame tegnanareo. [Fagnamarihagny:
Gne dika-teny taloha sasany da mivaky akô izao hoe: "Noho izany mankalazà an'Andriamanitry ame tegnanareo izy ame
fagnahinareo, izay an'andriamanitry." Fa gne dika-teny tsara be da tsy mivaky akô io.]

Chapter 7

1 Da mahakasiky ireo olàgny izay nosoratanareo momban'e hoe: "Tsara ho an'e lelà gne tsy mikasiky viavy." 2 Nefa noho
ireo fakam-pagnahy amin'e fahavetavetagny maro isan-karazany, da tokony hanagny e vadiny manokagny aby e lelà
tsiraikiraiky, sady viavy tsikiraikiraiky da tokony hanagny e vadiny manokagny aby. 3 Gne lelà da tokony hagnomé ireo zo
ara-panambadiagny ho an'e vadiny, sady akô izany avakoa gne viavy ho an'e vadiny. 4 Tsy gne viavy e managny fahefagny
amin'e vatany manokagny, fa e vadiny. Akô izany koa, tsy gne lelà e managny fahefagny manokagny amin'e vatany
manokagny, fa e vadiny gne namany. 5 Ka mifanakasakagny anareo tsiraikiraiky, afa-tsy amin'e fifagnarahagny
nifanaovagny sady amin'e fotoagny voatokagny. Amboaro izany mba ahafahanareo manokan-tegnà amin'e vavaky. Avy
eo da tokony hiara-hatory indraiky anareo, da tsy ahafahan'e Satana managalaky fagnahy anareo nohon'e tsy
fanagnanareo fifehezan-tegnà. 6 Kanefa iao da mizaka ireo râ ireo aminareo am-pahalalàgny fa tsy hoe didy. 7 Iriko gn'olo
agnaby ho akô anà. Fa gne tsiraikiraiky da samby managny gne fagnomezam-pahasohavagny manokagny avy
amin'Andriamanitry. Gne raiky managny ity karazam-pagnomezam-pahasoavagny ity, sady e raiky hafa managny
karazany hafa koa. 8 Ho an'ireo izay tsy manambady sy ireo mpivanotry da mizaka iao fa tsara ho anazy ireo râ
mijanogny tsy manambady indreo, akô anà. 9 Kanefa indreo râ tsy afaky mamehy tegna, da tokony hanambady. Satria
tsara tokotry ho andreo gne manambady akô izay ampirehetin'e filàna ara- nofitry. 10 Sady ho an'ireo izay manambady da
magnome izao didy izao iao- tsy iao, fa e tompo- gne viavy da tsy tokony hisaraky amin'e vadiny, 11 (fa râ ohatry izy e
misaraky amin'e vadiny, da tokony hijanogny tsy manambady na koa miverigny mihavagny amin' e vadiny)-sady gne lelà
da tsy da tokony hisaraky amin'e vadiny. 12 Fa ho an'e sisa da mizaka io-iao, fa tsy e tompo- hoe râ misy ralà raiky
managny vady tsy mpino, sady râ maharavo anazy e miara-mihinagny aminazy, da tsy tokony hisaraky amin'e vadiny izy.
13 Râ gne viavy raiky e managny vady tsy mpino, sady râ maharavo anazy gne miara-mihinagny aminazy, da tsy tokony
hisaraky amin'e vadiny izy. 14 Satria gne lelà tsy mpino da natokagny nohonamin'e vadiny, sady gne viavy tsy mpino da
natokagny nohon'e gnamin'e ralà. Fa râ tsy izany da ho maloto e zanakareo, nefa râ gne marigny da efa voatokagny
indreo. 15 Fa râ gne vady tsy kristiany e mandeha , avelay izy andeha. Amin'e toe- javatry akô izany, gne ralà na gne
rahavavy da tsy voahafehin-dreo voadin-dreo. Andriamanitry da nangahiky antsika gne hiaigny am-piadanagny. 16 Fa
amin'e fombaa akôgnaià e ahalalanao, rô viavy, râ ho voavonjinao e vadinao? Ndre amin'e fomba akôgnaià
gn'ahalalanao, rô lelà, râ ho voavonjinao e vadinao? 17 Fa avelay heky tsiraikiraiky aby hiaigny gne fiainagny izay efa
nanendren'e Tompo anazy, sady araké gn'efa ningehan'Andriamanitry anazy. Io e fitsipiko amin'e fiangonagny agnaby. 18
Efa voafora me gn'olo raiky refa nangegny da hino? Izy da tsy tokony hiezaky hisehoseho akô gne tsy voafora. Tsy voafora
me gn'olo raiky refa nangegny ho amin'e finoagny? Tsy tokony ho foraigny izy. 19 Satria tsy gne famoragny na gne tsy
famoragny e zava-dehibe. Gne zava-dehibe da gne fankatoavagny ireo didin'Andriamanitry. 20 Gne tsiraikiraiky aby da
tokony hipetraky amin'e fiantsoagny izay nisy anazy refa nantsoin'Andriamanitry da hino izy. 21 Andevo me anao fony
Andriamanitry nangahiky anao? Ka misalasala gn'aminizany. Fa râ mety ho afaky anao, da araraoty izany. 22 Satria gn'olo
raiky zay nangegn'e Tompo ho andevo da olo afaky e Tompo. Da akô izany gn'olo izay afaky fony izy nangegny mba hino
da andevon'i Kristy. 23 Anareo da voavidy, noho izany da aza avy akô ireo andevon'e gn'olo. 24 Rô ralà, ndre da ino ndre da
ino fiainagny misy atsika tsiraikiraiky fony itsika nantsovagny mba hino, da aoky itsika hipetraky akô zany. 25 Sady
mahakasiky ireo zay tsy nanambady mihitsy, iao da tsy managny didy avy agny ame Tompo. Nefa iao da magnome gne
hevitro akô gne raiky zay, ame alalan'e famindram-pon'e tompo, da mendri-pitokisagny. 26 Noho zany, mieritreritry iao fa
nohon'e loza zay ho avy, da tsara ho an'e lelà gne mijanogny ame maha izy an'azy. 27 Voafatotry ame viavy me anareo? Aza
mitady gne ho afaky amin'azy. Afaky ame vadinao me anao? Aza mitady vady. Nefa raha tsy manam-bady anareo da tsy
nanota. 28 Raha gne viavy tsy manambady gne manambady, dia tsy nanota izy. Nefa ireo zay manambady da hanagny
karazagn'ologny maro raha mbola velogny, sady iao da te hangala anareo amin'zany. Fa zao gne zakaiko, rô ralà: Foiky
gny gne fotoagny. Manomboka zao, aleo zay efa manam-bady hiaigny akô gne tsy managny. Ireo zay mitomagny da
tokony hagnano ho akô gne tsy mitomagny, ireo zay mifaly ho akô gne tsy mifaly, sady ireo zay mividy ho akô gne tsy
managny ndre ino ndre ino; Sady ireo zay mampiasa zao tontolo zao da tsy tokony hagnano akô gne mampiasa zany
tanteraky. Satria zao tontolo zao ame andrikiny amin'zao fotoagny zao da ho tonga ame fiafaragny. 32 Tiako anareo ho
afaky ame ahiahy . Gne lelà tsy manambady da miahiahy gne ame rahan'e Tompo, gne ame fomba hampifaliagny anazy. 33
Fa gne lelà manambady da miahiahy gne ame zavatr'zao tontolo zao, gne ame fomba hampifaliagny gne vadiny- 34
mizarazara izy. Ne viavy tsy manambady na virjiny da miahiahy gne ame rahan'e Tompo, gne fomba hanokanagny ame
tegna da gne fanahy. Fa gne viavy manambady da miahiahy gne ame rahan'zao tontolo zao, gne ame fomba

hampifaliagny gne vadiny. [35] Zakaiko zany ho an'e tombotsoanareo manokqgny , fa tsy hametraky zay sakantsakagny agnaby eo aminareo. Mizaka zany iao noho zay marigny, amin'zay anareo mba hanolo-tegnanho an'e Tompo tsy misy fanelingelenagny. [36] Nefa raha misy ologny raiky mihevitry fa tsy mitondra gne fofom-badiny am-panajagny- raha mihoatry gne taognan'e fanambadiagny e viavy sady tsy maintsy akô zany- da to tokony hagnano zay tiany izy. Tsy manota izy. Tokony hivady indreo. [37] Nefa raha nikasa tsara tao am-pony izy, raha toa ka tsy ambany faneriteregny fa afaky mifehy ne sitrapony manokagny, sady raha manapa-kevitry tao am-pony izy gne Hagnano zany, mba hitazomagny gne fofofmbadiny ho virjiny, da tsara gne amboariny. [38] Koa zay manambady gne fofombadiny da magnano tsara, sady zay manambady da hagnano gne tsaratsara kokoa aza. [39] Gne viavy da voafatotry gne vadiny raha mbola velogny ralelà. Fa raha maty gne vadiny, da malalaky tsara izy gne hanambady zay tiany ho vadiagny, nefa ao ame Tompo avao. [40] Nefa ame fitsarako da tokony ho faly kokoa izy raha miaigny amin'zao avao. Sady heveriko fa iao avakoa da managny gne Fanahin'Andriamanitry.

Chapter 8

[1] Da mankasitraky gne atao sorogny ho an'gne sampy- fantatritsika fa: " Isika agnaby da managny fahalalagny. " Gne fahalalagny mampirehareha, fa gne fitiavagny manangagny. [2] Raha misy olo raiky mihevitry gne tegnany fa mahafantatry ra, da mbola tsy mahafantatry araky gne tokony hahafantarany izany olo izany. [3] Fa raha misy olo raiky tia an'Andriamanitra, da fantatrany izany olo izany. [4] Ka Raha gne mahakasiky gne fihinanagny hanigny nanigny sorogny ho an'e sampy- da fantatry tsika fa "gne sampy etoa amin'izao tontolo izao da tsinotsinogny" sady " tsy misy Andriamanitry afa-tsy raiky avao." [5] Fa misy the mody hangizagny hoe andriamanitry, na a an-dagnitry na an-tany etoa, ako gne hamarozan'gne "andriamanitry" sy gne hamarozan'e "Tompo." [6] Fa ho antsika, "Raiky avao the Andriamanitra da e Ray,izay avy ame ra marobe, da Izy gne antony hivelomatsika, da iray the Tompo Jesosy Kristy, izay taminin'gne alalany e nampisy gne ra marobe, da taminin'gne alalany gne nampisy antsika." [7] Ndre izany aza, izany fahalalagny izany da mbola tsy ame tsiraikiraiky. F'izy, gne sasany taloa da nampiasa gne fanompoan-tsampy, da nihinagny izany sakafo izany ako hoe ra ninigny sorogny ho an'e sampy izany. Noho izany da smba gne fieritreretan-dreo satria malemy izany. [8] Fa tsy gne hanigny the hanolotry antsika eo amin'Andriamanitry. Fa tsy ratsy indrindra isika raha tsy mihinagny izany. [9] Tandremo mba tsy gne fahalalanareo gne antony hahatonga gne olo osa ara-pinoagny ho tafitohigny. [10] Fa hanio ako misy maita anao, izay managny fahalalagny, mihinagny gne sakafo ao amin'gne fiangonan'e sampy. Tsy gne fahalemen'gne fieritreretany ve gne nasahiany hihinagny izay natolotriny ho an'gne sampy? [11] Ka nohon'gne fahalalanao gne toetra Marina momba gne sampy, da very gne ralah malemy finoagny raiky, izay nahafatesan'i Kristy. [12] Noho izany, rehefa magnotany magnotany amin'e rahalahinareo anareo ka mandratry gne saigny malemin-dreo, da magnota manohitry an'i Kristy anareo. [13] Noho izany, raha gne sakafo gne mahatonga gne rahalako ho tafitohigny, da tsy hihinan-kena esanaky, mba tsy avy aminà gne hahalavo gne rahalako.

Chapter 9

[1] Tsy olo hahaky me anao? Tsy apostoly me iao? Tsy naita an'i Jesosy Tompotsika me iao? [2] Raha tsy apostoly ho an'gne hafa iao, da farafaharatsiny Apostolyho anareo. Fa anareo gne porofo aminin'gne maha-apostoly ana amin'gne Tompo. [3] Izao gne fiarovako amin-dreo izay magnadihady ana: [4] Iai me ko tsy mahazo alalagny gne hihinagnysy hisotro? [5] Iai me ko tsy mahazo mitondra vady mpino, ako gnanin'gne apostoly sasany, sy gne ralan'e Tompo, da Kefasy? [6] Sa Barnabasy sy iao raiky gne tsy maintsy miasa? [7] Ia gne magnano fanompoagny miaramila amin'e fandaniagny manokagny? Ia gne mamboly voaloboky da tsy mihinagny gne voany? Na ia gne miandry ondry ka tsy misotro gne ronono avy amin'izany? [8] Iao me mizaka an'io ra io mifototry amin'gne fahefan'e olomgelogny? Tsy mizaka izany avokoa me gne lalàgny? [9] Fa izany da efa voasoratry ao amin'gne lalàn'i Mosesy hoe: "Ka fiezigny gne vava gne aomby ra miely voa izy." Tena gne aomby marina me gne hiahian'Andriamanitry? [10] Tsy miresaky momba anay me izy? Efa nosoratany ho antsika, fa izay tagny da tokony hiasa amin,gne fanantenagny, sady izaymively da tokony hively amin'gne fanantenagny gne hahazo anjara amin'e vokatry. [11] Raha namafy ra ara-panahy taminareo iai, be lotry aminay me gne mijinja ra ara-materialy avy aminareo? [12] Raha mampihatra izany zo izany avy aminareo gne hafa, iai me ko tsy managny miotry? Ndre izany aza, tsy nitaky izany zo izany iai. F'izy, naleonay niaritry gne ra marobe toy izay ho sakagny ho an'gne filazantsaran'i Kristy. [13] Tsy fantatrinareo me fa gne manompo amin'gne fiangonagny da mahazo gne sakafon-dreo avy ame fiangonagny? Da tsy fantatry nareo avokoa me fa gne manompo amin'gne alitara da mahazo anjara amin'gne naniny fanatitry tamin'gne alitara? [14] Ako izany koa, e Tompo da nandidy fa gne mitory gne filazantsara da tokony hahazo gne fivelomandreo avy amin'gne filazantsara. [15] Nefa tsy nitaky ndre raiky tamin'ireo zo ireo iao. Tsy manoratry an'izao iao mba hisy ra ho anigny ho ana. Aleoko maty toy izay hisy olo hangala amina anizany rehareha izany. [16] Fa raha mitory gne filazantsara iao, da tsy misy antony tokony ireharehako, satria tsymaintsy magnano izany iao. Da loza ho ana raha tsy mitory gne filazantsara iao! [17] Fa ra magnano anizany amigne sitrapo iao, da managny valisoa. Fa ra tsy ame sitrapo, da mbola managny gne andraikitry izay nankininy tamina iao. [18] Da ino zany gne valisoako? Izany da rehefa mitory iao, da hafaky manolotry gne filazantsara tsy misy fandoavambola ka mba tsy hampiasa tanteraky gne zoko amin'gne filazantsara. [19] Da ndre hafaky amin'gne rehetra aza iao, da tonga ho mpanompo ho ane rehetra, mba hahazaoko bebe kokoa. [20] Tamin'gne Jiosy da lasa ako gne Jiosy iao, mba hahazoako gne Jiosy. Taminin'gne zay ambanin'e lalàgny, da ako gne olo ambanin'gne


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

lalàgny iao mba hahazaoako gne ambanin'gne lalàgny. Nagnano izany iao ndre da tsy tambanin'gne lalàgny aza gne tegnako. [Fagnamarinagny: Gne baiboly ULB sy gne UDB da mivaky hoe: " Nagnano anizany iao ndre da tsy tambanin'gne lalàgny aza gne tegnako." Gne dikan-teny taloha sasany da tsy magnisy anizany.] [21] Tamin-dreo izay ivelanin'gne lalàgny, da lasa ako olo ivelanin'gne lalàgny iao, ndre da tsy ivelanin'gne lalàgnin'Andriamanitry aza gne tegnako fa ambanin'gne lalàn'e Kristy. Nagnano anizany iao mba hahazaoako gne ambanin'gne lalàgny. [22] Tamin'gne malemy da lasa malemy iao,mba hahazoako gne malemy. Tonga ra marobe ho an'gne olo marobe iao,mba hamonjeko gne sasany aminin'gne fomba maro. [23] Magnano gne ra marobe iao ho an'e filazantsara, mba hafahako mandray anjara aminin'gne fitahiagny izany. [24] Tsy fantatry nareo me fa aminin'gne fihazakazahagny iray gne mpiazakazaky da magnano gne fihazakazahany, gne raiky avao gne mahazo e loka? Da mihazakaza mba hahazo gne loka. [25] Gne atileta raiky da mampihatra gne fifehezan-tegna aminin'gne fagnazaran-tegnany rehetra. Magnano anizany indreo mba hangala satro-boninahitry izay mety simba, f'izy isika mihazakazaky mba hahazaontsika satro-boninahitry tsy mety simba. [26] Noho izany da tsy mihazakazaky aminin'gne tsy misy antony iao na mamango ambia ame rivotry. [27] Fa feheziko gne tegnako da aniko andevo, mba tsy ho lavigny gne tegnako, raha avy nitory taminin'gne hafa iao.

Chapter 10

[1] Tiako Ho lalanareo, rô rahalà, fa ireo raintsika da tambanin'e rahogny sady mamakivaky gne ranomasigny avakoa. [2] Gne rehatra da hanigny batisa amin'e Mosesy tao amin'e rahogny sy gny ranomasigny, [3] sady samby nihinagny sakafom-pagnahy mitovy. [4] Gne rehetra da nindrano ranom-pagnahy mitovy. Fa indreo da nindrano tame vatolampim-pagnahy zay nagnaraky andreo, da Kristy zany vatolampy zany. [5] Fa Andriamanitry datsy nankasitraky tsara gne ankamaroan-dreo, sady gne fatin-dreo da niparitaky tagny agn'efitry. [6] Amin'zao fotoagny zao ireny Raha ireny da ohatry ho atsika, mba tsy haniriantsika Raha ratsy akô gne nilan-dreo. [7] Aza manompo sampy,akô gne sasany tamindreo. Zany da arak' zay voasoratry hoe: "Ireo ologny nipetraky mba nihinagny da hisotro, sady nitsangagny mba hilalao." [8] Aoka itsika tsy hijangajanga ,akô gne namboarin'e maro tamindreo. Two agnatin' e andro raiky, da ologny tell arivo sy. roa aligny gne maty nohon'e amin'izany. [9] Aoka avakoa itsika tsy hitsapa an'i Kristy, akô gne namboarin'e maro tamindreo ka naringa'ireo menaragny. [10] Aza mimonomonogny avakoa,akô gne namboarin'e maro tamindreo ka naringan'e anjelin'e fahafatesagny. [11] Ary ireny Raha ireny gne nitranga tamindreo mba ho ohatry ho antsika. Nosoratsgny mba ho fampianaragny antsika izy ireny-ho amitsika zay niavian'e fara-andro. [12] Noho zany aoka izay mieritreritry gne tegnany ho efa mijoro mitandrigny tsara mba tsy ho lavo. [13] Tsy nisy fakam-pagnahy nahatratry anareo zay tsy iraisan' e olombelogny agnaby. F'izy,Andriamanitry da mahatoky. Tsy hamela anareo ho alaim-panahy mihoatry say zakainreo Izy.Miaraky amin'e fakam-pagnahy da nagnome anareo gne lalagny hitsoahagny avakoa Izy, mba hafahanareo miaritry an'izany. [14] Noho zany,ry malalako, milefà lavitry gne fanompoantsapy. [15] Mizaka aminareo akô gne olo manan-tsaigny Iao, mba hafahanareo mitara zay Zakaiko. [16] Gne kapoakin'e fisaoragny zay isworantsika,moa me zany tsy fiombonagny and ràn'i Kristy? Gne mofo zay vakinantsika , moa me zany tsy fiombonagny and faran'e Kristy? [17] Satria raiky avao gne mofo, itsika zay maro da vatagny raiky. Itsika agnaby da mangalaky ame mofo raiky avao. [18] Eteo ireo vahoakan'e Israely: moa me ireo zay nihinagny ireo fagnatitry tsy mpandray anjarameo ame alitara? [19] Ino ary gne ho Zakaiko? Hoe Tsy misy dikany me zany gne sampy? Sa gne hanigny say namboarigny fagnatitry tame sampy gne tsy misy dikany? [20] Fa miresaky momban'e Raha say amboarin'ireo jentilisa mpanompo sampy fagnatitry iao, fa omen-dreo an'ireo demonia ireny Raha ireny fa tsy an'Anndriamanitry. Tsy tiako anareo ho mpiombogny amin'e demonia! [21] Tsy afaky misotro gne kapoakin'e demonia anareo.Tsy afaky miraiky eo amin'e latabatrin'e Tompo sy gne latabatr'ireo demonia anareo. [22] Sa magnano zay mahasaro-piaro gne Tompo me itsika? Mahery noho Izy me itsika? [23] Gne Raha agnaby da ara-dalàgny," fa tsy Raha agnaby gne mahasoa. "He Raha agnaby da ara -dalàgny," Fa tsy gne Raha agnabe gne mampandroso gne ologny. [24] Tsy misy tokony hitady gne tombontsoany namonokagny. F'izy,gne tsikiraikiraiky da tokony hitady gne tombotsoan'e namany. [25] Afaky nihinagny zay rehetra amidy egny an-tsena anareo,fa aza nagnontany gne fieritreretagny. [26] Fa an'e Tompo gne tany, sy zay raha misy so amin'azy." [27] Raha misy tsy mpino manasa anreo higinagny,ka magniry gne andeha anareo, da hano zay rehetra nipetraky so anoloanareo ka aza mametra-pagnontaniagny gne ame fieritrertagny. [28] Fa Raha mizaka aminao hoe: "ty sakafo ty da avy ame fagnatitry gne mpanompo sampy," da aza nihinagny an'zany. Zany da ho an'e nampahafantry anareo, sy ho an'e fieritreretagny. [Fagnamarihagny: Gne dikan-tenytaloha sasany da magnampy hoe: "Fa gne tany sy gne Raha agnaby ao aminazy da an'e Tompo." Fa gne dikan-teny tsara indrindra da tsy misy zany. ] [29] Tsy mizaka iao hoe gne fieritreretanao manokagny,fa gne fieritreretan'e olon-kafa. Nahoana gne fahafahako gne tokony ho tsarain'e fieritreretan'e hafa? [30] Raha mandray anjara amin'e sakafo am-pankasitrahagny aho,nahoagny gne tevatevaigny amin'zay nagnomezako fisaoragy? [31] Noho zany,ndre nihinagny ndre misotro anareo,ndre ino ndre ino amboarinareo, da amboary ho voninahitr'Andriamanitry aganaby. [32] Aza magno me fanafitohinagny gne Jiosy ndre the Grika,ndre gne fiangonan'Andriamanitry. [33] Miezaky gne hahafaly gne olo agnaby ame Raha agnaby iao. Tsy mitady gne tombontsoako iao,fa gne an'e maro.Amboariko zany mba ho voavonjy indreo.

Chapter 11

[1] Alay tahaky iao, akô gneagnafahako an'i kristy. [2] Sady midera anareo iao satria mahatsiaro anàame râ agnaby anareo. Midera anareo iao satria mitazogny mafy gne fombafomba arak'izay nagnolorako andreo teo aminareo anareo. [3] Sady

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tiako ho azonareo fa Kristy gne lohan'e lelà agnaby, fa gne lahy e lohan'e vavy, sady Andriamanitry gne lohan'e Kristy. 4 Sady mangalaky voninahitry gne lohany ireo lelà izay mivavaky na maminagny da misaro-doha. 5 Fa mangalaky gne voninahitry gne lohany gne viavy izay mivavaky na maminagny tsymisaron-doha. Fa tsy hafa sady mitovy amin'e hoe viavy magnaratry e lohany izany. 6 Fa râ tsy misaron-doha gne viavy, da tokony ho fohiky gne volony. Râ mahamegnatry gne viavy e manapaky gne volony na gne magnaratry gne lohany, da avelay izy andrakotry gne lohany. 7 Fa tsy tokony handrakotry gne lohany g e lelà, satria izy gne sary sy voninahitr'Andriamanitry. 8 Fa gne viavy da voninahitry gne lelà. Fa gne lelà tsy nanigny avy tamin'e viavy. F'izy, gne viavy gne nanigny avy tamin'e lelà. 9 Fa tsy misy lelà noforognigny ho an'e viavy. F'izy, gne viavy gne noforognigny ho an'e lelà. 10 Izany gne tokony hanagnan'e viavy gne mariky gne fahefagny eo amin'e lohany, noho gn'anjely. 11 Ndre da izany azaky, ao amin'e Tompo, tsy mahaleo-tegnà amin'e lelà gne viavy, ndre gne lelà mahaleo-tegnà amin'e viavy. 12 Fa râ avy amin'e lelà gne viavy, da gne lelà avakoa da avy amin'e viavy. Sady avy amin'Andriamanitry gne râ agnaby. 13 Tsaray gne tegnanao: Mety amin'e viavy me gne mivavaky amin'Andriamanitry tsy misaron-doha? 14 Tsy gne natiora mihitsy me gne nampianatry anareo fa râ gne lelà gne lava volo, da fahafam-baraka ho anazy izany? 15 Tsy nisy nampianatry anareo me gne natiora fa râ gne viavy gne lava volo, da voninahitry ho anazy izany? Fa nomegny anazy gne volony mba handrakotry anazy. 16 Fa râ misy ta-hiady hevitry aminazy, da tsy managny fampiaragny hafa iay, na ireo fiangonan' Andriamanitry. 17 Fa agnatin'ireo torolalagny magnaraky, da tsy midera anareo iao. Fa refa miara-avy anareo, da tena tsara ho amign'e tsara izany fa ho amin'e ratsy. 18 Fa tena tamin'e vôlohany, da reko fa refa miaraky miangogny ao amin'e fiangonagny anareo, da misy fizarazaragny eo aminareo, sady mino izany amin'e gnasasany iao. 19 Fa tsy maintsy misy fitsitokotokoagny eo aminareo, mba hankasitrahagny eo aminareo ireo izay nekegny. 20 Fa refa miangogny anareo, da tsy gne Fanasan'e Tompo gne hoaninareo. 21 Refa mihinagny anareo, da samby homana gne haniny manokagny gne tsikiraikiraiky alohan'e hihinanan-dreo hafa. Mosaregny e raiky, sady gne hafa lasa mamo. 22 Tsy managny tragno ihinanagny sy indranomagny me anareo? Ho tsinotsinoavigny me gne fiangonan'Andriamanitry da mampahetry anareo izay tsy managny ndre ino ndre ino? Ino e tokony ho zakaiko aminareo? Tokony hidera anareo me iao? Tsy hidera anareo amizany iao! 23 Fa nozaiko avy amin'e Tompo avakoa izay ambarako anareo, fa Jesosy Tompo, tamign'aligny izay namadihagny Anazy, da nangalaky mofo. 24 Refa avy nisaotry Izy, da nanapaky izany sady nizaka hoe: "Ity gne vatako, izay ho anareo. Amboaro izao ho fahatsiarovagny Anà. " 25 Mitovy amizay koa da noraisiny gne kapoaky refa avy nihinagny hariva, sady nizaka Izy hoe: "Ity kapoaky ity gne fagnekegny vaovao ao ame ràko. Amboaro izao ndre ovia ndre ovia anareo gne mindrano, ho fahatsiarovagny Anà. " 26 Amin'e fotoagny agnaby izay hinananareo ity mofo ity sy hindranomanareo amin'ity kapoaky ity, da magnambara gne fahafatesan'e Tompo mandra-piaviny anareo. 27 Ndre ia ndre ia, noho izany, mihinagny gne mofo na mindrano amin'e kapoakan'e Tompo amin'efomba tsy mendriky, da ho meloky gn'amin'e vatany sy gne ràn'e Tompo. 28 Da handiniky gne teganany heky gn'olo, sady amizany da hihinagny gne mofo sady hindrano amin'e kapoaky izy. 29 F'zy izay mihinagny sy mindrano da tsy mahalala gne vatany, da mihinagny sy mindrano fitsaragny ho an'e tegnany. 30 Izany gne mahavy gne maro aminareo ho hosagny sy marary, sady gne sanany aminareo ho faty 31 Fa râ mandinin-tegnà sika, da tsy ho tsaraigny. 32 Fa refa vôtsaran'e Tompo isika, da mpagnara-dalàgny, mba tsy ho vôheloky miaraky amin'izao tontolo izao. 33 Noho izany, rô ralà, refa miangogny da hihinagny anareo, da mifandignasa. 34 Râ misy olo raiky mosaregny, da izy hihinagny agny andragno, amizay refa miangogny anareo da tsy ho amin'e fitsaragny izany. Sady mikasiky ireo râ hafa izay nosoratanareo, datsy hagnome toro-lalagny iao refa avy.

Chapter 12

1 Momba gne fagnomezam-pagnahy, ry ralah, da tsy tiako tsy hafantatry anareo. 2 Fantatrinareo fa taminareo mbola mpanompo sampy, da voaviliky nandea taminin'gne sampy tsy manam-peo anareo. 3 Noho izany tiako ho fantatrinareo fa tsy misy olo izay mizaka aminin'gne Fanahin'Andriamanitra afaky mizaka hoe: " Jesosy da Tompo," afa-tsy aminin'gne alalanin'gne Fanahy Masina. 4 Da misy fanomezam-pagnahy samihafa, fa Fagnahy mitovy avao. 5 Misy fanompoagny samihafa, fa Tompo mitovy avao; 6 da nisy karazan'asa samihafa, fa Andriamanitra mitovy avao gne magnome andreo ho azo anigny aminin'gne kiraikiraiky. 7 Da ho ane tsiraikiraiky gne nomegny fanehoagny ivelanin'gne Fagnahy ho an'e tombotsoanin'gne maro. 8 Fa ho an'gne olo raiky da nomegmy avy ame Fagnahy gne zakam-pahendregny, da ho anin'gne raiky hafa gne tenin'gne fahalalagny aminin'gne alalan'e Fagnahy mitovy avao. 9 Ho an'gne raiky hafa da nomeny gne finoagny aminin'gne alalanin'gne Fagnahy mitovy, da an'gne raiky hafa gne fanomezam-pahasoavagny hagnasitragny aminin'gne alalan'e Faganhy raiky. 10 Ho an'gne raiky hafa da nomeny gne asan'gne hery, da ho an'gne raiky hafa faminaniagny. Ho an'gne raiky hafa da nomeny gne fahafahagny magnavaky gne fagnahy, ho an'gne raiky hafa gne karazana fizakagny samihafa, da ho an'gne raiky hafa gne fandikagny zaka. 11 Fa ge Fagnahy raiky tsy motovy avao gne miasa aminizany ra marobe izany, magnome gne fagnomezam-pagnahy ho an'gne olo kiraikiraiky, araky gne nofidiany. 12 Fa satria gne vatgny da raiky sady managny rantsagny maro da gne rehetra da rantsanin'gne vatagny avao, noho izany da miaraky amin'i Kristy izany. 13 Fa taminin'gne alalanin'gne Fagnahy raiky gne nagnamboaragny batisa antsika marobe ho vatagny raiky, na gne Jiosy na gne Grika, na voafatotry na afaky, da gne marobe da nanigny mba hisotro aminin'gne Fagnahy raiky. 14 Fa gne vatagny da tsy rantsagny tokagny, fa maro. 15 Ra mizaka gne tongotry hoe: " Satria tsy vatagny iao," izany da tsy kidy aminin'gne rantsan'e vatagny. 16 Da ra gne sofy gne mizaka hoe: "Satria tsy maso iao, da tsy ratsagny ame vatagny iao, "izany da tsy kidy amini'gne rantsan'gne vatagny. 17 Ra gne maso gne vatagny marobe, dia ho aia gne

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

fandresegny? Ra sofy gne vatagny marobe, da ho ia gne fanimboloagny? [18] Fa Andriamanitra nadamigny gne rantsan'gne
vatagny kiraikiraiky araky gne namorognany izany. [19] Ra rantsagny mitovy aby izy marobe, aia gne hisy gne vatagny? [20]
Kaizao da rantsagny maro indreo, fa vatagny raika avao. [21] Gne maso tsy hafaky mizaka aminin'gne tagna hoe: " Tsy misy
ilàko anao." Ndre gne loha tsy hizaka aminin'gne tongotry hoe: "Tsy misy ilàko anao." [22] Fa gne rantsagny aminin'gne
vatagny izay miseho ho malemy kokoa da tena ilaigny, [23] da gne rantsanin'gne vatagny izay heverintsika fa tsy da manan-
danja, da omentsika lanja zakabe kokoa ireo,da gne rantsantsika tsy fagnaboky da managny fahamendrehagny miohatry.
[24] Da gne rantsantsika faboky da tsy mila entigny aminin'gne fahamendrehagny,fa indreo da efa managny
fahamendrehagny. Fa Andriamanitry nampikambagny gne rantsagnymarobe miaraky, da izy nomegny lanja kokoa
aminin'gne izay tsyampy izany. [25] Nagnano izany Izy mba tsy hisy fisarahagny eo aminin'gne vatagny, fa mba
hifampikarakakara aminin'gne fitiavagny mitovy gne rantsagny. [26] Noho izany rehefa mijaly gne rantsagny raiky, da
miaraky mijaly gne rantsagny marobe; na rehefa omegny lanja gne rantsagny raiky , da miaraky mifaly gne rantsagny
marobe. [27] Da anareo da vatagnan'i Kristy sady rantsagny amin'izany gne tsiraikiraiky. [28] Da Andriamanitry nifidy
taminin'gne fiangonagny gne apostoly aloha, faharoy gne mpaminany, fahatelo gne mpampianatry, avy gne magnano asa
mahagaga, avy eo gne fanomezam-pasoavagny hanasitragny, ireo zay magnome fagnampiagny, ireo zay magnano gne
asanin'gne fitatanan-draharaha, da gne managny karazagny fizakana samihafa. [29] Apostoly me izy marobe? Mpaminany
avokoa me? Mpampianatry avokoa me? Magnano asa mahagaga avokoa me gne maro? [30] Managny fanomezam-pagnahy
hagnasitragny ve izy marobe? Mizaka aminin'gne fizakagny tsy fantatra me izy marobe? [31] Tadiavo mafy gne fanomezam-
pagnahy zakabe. Fa hagnabara anareo lalana tsaratsara kokoa iao.

Chapter 13

[1] Ndra da atao hoe mizaka ame fizakan'ireo ologny sy ireo anjely aza iao. Fa Raha tsy managny fitiavagny,da Tonga vy
magneno na kaimpantsogny mikaratsam-peo iao. [2] Ndra atao hoe managny fagnomezagny faminaniagny sady mahalala
ireo mistery da gne fahalalagny agnaby aza iao, sady managny finoagny agnaby afahagny mamindra ireo
rendrombohitry. Fa Raha tsy manam-pitiavagny, da tsinotsinogny iao. [3] Ndre da atao hoe magnome zay rehetra anagnako
hamananagny gne mahantra aza iao, sady manolotry gne tegnako ho doragny.Fa Raha tsy manam-pitiavagny, da tsy
mahazo ndre ino ndre ino iao. [Fagnamarihagny: Gne ULB Sy gne UDB da saby managny dikan-teny maro,mivaky akô zao
hoe: "Homeko mba ho doragny gne tegnako." Gne dikan-teny sasany kosa da mivaky hoe: "Homeko gne tegnako mba ho
reharehako."] [4] Gne fitiavagny da mahari-po sady tsara fanahy. Gne fitiavagny da tsy mitsiriritry na mirehareha. Tsy
miavogny [5] na magnano zay tsy maha mendriky. Tsy tia tegna. Tsy mora tezitry, na mitanisa fahadisoagny. [6] Tsy mifaly
ame tsy fahamaronagny.F'izy,mifaly ame fahamarinagny. [7] Gne fitiavagny da mandefitry gne raha agnaby, mino gne Raha
agnaby, matoky Raha angnaby, sady miharitry gne raha agnaby. [8] Tsy ho tapitry mandrakizay gne fitiavagny.Raha misy
faminaniagny,da ho levogny ireo. Raha misy fizakagny ame teny tsy fantatry,hitsahatra ireo. Raha misy fahalalagny, da ho
levogny zany. [9] Fa itsika da nahafantatry ame ampahany sady maminany ame ampahany. [10] Fa refa Tonga e tena lafatry,
da ho levogny zay tsy tanteraky. [11] Fony mbola zaza iao, da niresaky akô gne zaza, mieritreritry akô gne zaza. Refa lehibe
iao,da napetrako gne fahazavagny. [12] Fa amin'zao fotoagny zao itsika da mahita tsy mivantagny ame fitaratry, fa
rahatrizay da hifanatri-tava. Amin'zao fotoagny zao iao da mahalala ame ampahany, fa aveo iao da hahalala tanteraky
akô gne nahalalagny anah tanteraky. [13] Fa amin'zao fotoagny zao da ireto telo ireto gne mipetraky: gne finoagny, gne
fanantenagny rahatrizay, da gne fitiavagny. Fa gne fitiavagny gne zakabe indrindra amin'ireo da gne fitiavagny.

Chapter 14

[1] Mitadiava fitiavagny sady managna zotom-po ame fagnomezam-pagnahy, indrindra fa gne haminanianareo. [2] Fa izay
mizaka ame fizakagny tsy lala da tsy miresaky ame olo fa amin'Andriamanitry. Fa tsisy mahazo an'azy satria miresaky
raha mifiny ao ame Fagnahy izy. [3] Fa izay maminany da miresaky ame olo mba ho fampioregnagny andreo, ho
fampirisihagny andreo, sady fampiononagny andreo. [4] Izay mizaka ame fizakagny tsy lala da magnorigny gne tegnany, fa
izay maminany da magnorigny gne fiangonagny. [5] Amizao fotoagny izao da magniry anareo agnaby hizaka ame fizakagny
tsy lala iao. Fa mbola mihoatry noho izany azaky, magniry iao gne haminanianareo. Izay maminany da zakabe kokoa
noho izay mizaka ame fizakagny tsy lala( raha tsy hoe misy olo raiky mandika zaka ka mba hioregnan'e fiangonagny). [6] Fa
amizao fototagny izao, ô rahalà, raha avy eo aminareo ame fizakagny tsy lala iao, ino gne tombon-tsoa omeko anareo
amizany? Tsy afaky iao, raha tsy hoe miresaky aminareo ame fagnambaragny, na fahalalagny, na faminaniagny, na
fampianaragny. [7] Raha mamoaky feo e raha magneno tsy managn'aigny-akô gne sodigny na lokanga-sady tsy mamoaky
lantom-peo samby hafa, akôgnaia gn'afantaran'olo izay melodia avoakan'e sodigny na gne lokanga? [8] Fa raha magnano
feo hafahafa gne trompetra akôgn'aia gn'afantaran'olo refa fotoagny hiomanagny ame day? [9] Ka akô izany avao koa
gn'aminareo. Raha tsy mazava gne zaka aloakin'e vavanareo, akôgnaia gne hahafantaran'olo izay ho zakainareo? Hizaka
anareo, da tsy hisy hahazo anareo. [10] Misy fizakagny maro samby hafa eto amizao tontolo izao, sady tsisy amiregny gne
tsisy dikany. [11] Fa raha tsy mahalala gne dikan'e fizakagny raiky iao, da ho vahiny amizay mizaka, sady izay mizaka ho
vahiny aminà. [12] Akô izany avao koa gne aminareo. Satria magniry fatratry gne fihetsehan'e Fagnahy anareo, da managna
zotom-po mba hiroborobo ame fagnoregnagny gne fiangonagny. [13] Noho izany izay mizaka ame fizakagny tsy lala da
tokony hivavaky mba hafahany mandika zaka. [14] Fa raha mivavaky ame fizakagny tsy lala iao, da mivavaky gne

fagnahiko, fa gne saigniko tsy mamoa 15 Ino gne tokony ho aniko? Hivavaky ame Fagnahiko iao, fa hivavaky ame saigniko avakoa. Hihira miaraky ame Fagnahiko iao, sady hihira miaraky ame saigniko avakoa. 16 Raha tsy izany, raha midera an'Andriamanitry miaraky ame Fagnahy anareo, akôgnaia gne hizakan'e vahiny hoe "Amena" sa refa magnome fisaoragny anao raha ohatry ka tsy lalany izay zakainao. 17 Fa anao da tena magnome fisaoragny tsara avao, fa gne olo-kafa tsy miorigny. 18 Misaotry an'Andriamanitry iao fa mizaka ame fizakagny tsy lala mihoatry noho anareo agnaby. 19 F'izy agny am-piangonagny da aleoko mizaka zaka dimy arak'e fazahoako mba hafahako mampianatry gne hafa, toy izay zaka ray aligny ame fizakagny tsy lala. 20 Ô rahalà, mba ka zaza ame fihevitrinareo. Fa kosa, raha ame ratsy da magnanova akô zaza. Fa ame fihevitrinareo da aoka ho matotry anareo. 21 Ao ame lalagny da voasoratry hoe: "Ame alalan'olo hafa fizakagny izy ame alalan'e molotr'e vahiny da hiresaky amireto olo ireto Iao. Ndre da tsy hiteno Ana azaky indreo," hoy gne Tompo. 22 Noho izany gne fizakagny tsy lala da famantaragny, tsy ame mpino, fa ame tsy mpino. Fa gne faminaniagny kosa da ho famantaragny, tsy ho an'e tsy mpino, fa ho an'e mpino. 23 Noho izany, raha ohatry ka, miara-miangogny gne fiangonagny agnaby sady mizaka ame fizakagny tsy lala agnaby, da miditry gne vahiny izy ame tsy mpino, tsy ho zakaindreo fa mola me anareo? 24 Fa raha naminany agnaby anareo aby ka nisy tsy mpino na vahiny niditry, da ho resy lahatry amizay regniny agnaby izy. Ho tsaraigny ame alalan'izay vozaka agnaby izy. 25 Ho ambara gne tsiambaratelo ao am-pony. Vokatr'izany, handohaliky izy sady hitsaoky an'Andriamanitry. Hagnambara izy fa tena eo aminareo Andriamanitry. 26 Ino izany e magnaraky, ô rahalà? Refa tafaray anareo, gne tsiraidraiky da managny salamo, fampianaragny , fagnambaragny, fizakagny tsy lala, na fandikagny zaka. Amboary gne rah agnaby mba hagnoregnanareo gne fiangonagny. 27 Raha misy mizaka ame fizakagny tsy lala, avelay hisy roy na fara fahamarony telo eo, sady mandeha tsiraidraiky, avy eo da tokony hisy raiky handika gne zaka voalaza. 28 Fa raha tsisy mpandika zaka avelay gne tsiraidaraiky amindreo hitagny fahanginagny ao am-piangonagny. Avelay gne tsiraidraiky hiresaky mitokany ame tegnany izy amin'Andriamanitry. 29 Avelay hizaka gne mpaminany roy na telo, sady avelay gne hafa hiteno ame fahaiza-magnavaky izay voalaza. 30 Fa raha misy fahitagny omegny izay mipetraky eo ame fanompoagny, avelay hangigny e raiky izay nizaka. 31 Fa gne tsiraidraiky aminareo da afaky mifandimby maminany mba hafahan'e tsiraidraiky mianatry sady mba hahery agnaby. 32 Fa gne fagnahin'e mpaminany da eo ambanin'e fagnaraha-mason'ireo mpaminany. 33 Fa Andriamanitry da tsy Andriamanitrin'e fikorotagnagny, fa fiadanagny. Izany gne fitsipiky ho an'e fiangonan'e mpino agnaby. 34 Gne viavy da tokony hitagny fahanginagny ao am-piangonagny, satria tsy mahazo alalagny hizaka indreo. Fa kosa, tokony hagneky indreo, akô gne ambaran'e lalagny. 35 Raha misy irindreo hianaragny, avelay hagnotany gne vadiny agny an-dragno indreo. Fa mahamegnatry ho ane viavy gne mizaka ao am-piangonagny. 36 Avy aminareo me gne niavian'e zakan'Andriamanitry? Anareo raiky me gne voakasik'izany? 37 Raha misy mieritreritry gne tegnany ho mpaminany na ara-pagnahy, da tokony hagnaiky izy fa e raha izay soratako aminareo da didin'e Tompo. 38 Fa raha misy tsy magneky izany, da aleo izy tsy ho ekegny. [Fagnamarihagny: Gne ankamaroan'e dikan-teny, ao agnatin'izany gne ULB izy ame UDB, da mamaky hoe: "Fa raha misy tsy magneky izany, da aleo tsy ho ekegny izy." Gne dika-teny sasany taloha magnano hoe: "Fa raha misy tsy mahalala izany da aleo izy tsy ahalala izany." 39 Koa amizany, ry rahala, magniria fatratry gne haminany, da ka mandrara ndre ia ndre ia hizaka ame fizakagny tsy lala. 40 Fa avelay gne raha agnaby anigny araky gne tokony ho izy da ampilaminagny.

Chapter 15

1 Amizao mampahatsia anareo iao,rô ralà, gne filazantsara izay nambarako taminareo, izay noraisinareo da izay ijoroanareo. 2 Amin'e alalan'izay filazantsara zany gne havoavonjy anareo, raha mitagny mafy amin'e zaka notoriako taminareo anareo, raha tsy hoe gninognino fotsiny. 3 Fa natolotriko ho raha zakabe vôlohany ho anareo izay voaraiko avakoa: fa maty ho an'e fahotantsika kristy araky gne Soratra Masina, 4 da nalevigny Izy, sady Izy da nitsangagny tamin'e maty tamin'e andro fahatelo araky gne Soratra Masina. 5 Kristy da nibôky tamin'i Kefasy, da aveo tamin'ireo roa ambin'ny folo; 6 aveo da nibôky indraiky mandeha tamin'ireo ralà mihôtry gne dimanjato Izy. Mbola velogny gne ankamaroan-dreo, fa gne sasany da maty. 7 Aveo Izy nibôky tamin'i Jakoba, aveo tamin'e apostoly rehetra. 8 Tena farany, da nibôky taminà Izy, akô gne hoe tamin'e zaza teraky tsy avy volagny. 9 Fa iao gne tena kidy amin'e apostoly.Iao da tsy mendriky gne antsovagny hoe apostoly satria nagnenjiky gne fiangonan'Andriamanitry iao 10 Fa nohon'e fahasoavan'Andriamanitry gne naha akô iao anà, da tsy fôgny gne fahasoavagny atoa aminà. F'izy,tena niasa mafy noho indreo iao. Nefa tsy iao zany, fa gne fahasoavan'Andriamanitry izay miaraky aminà. 11 Noho izany na iao zany na indreo, araky gne nitorianay da araky izany gne ninoanareo. 12 Amizao raha nambara fa Kristy da natsangagny tamin'e maty, akognaia gne hafahan'e sasany aminareo mizaka fa tsy misy gne fitsanganagny amin'e maty? 13 Nefa raha tsy misy gne fitsanganagny amin'e maty, da tsy natsangagny mitsy Kristy; 14 sady raha tsy natsangagny Kristy, da fôgny gne fitoriagny, sady fôgny avakoa gne finoanareo. 15 Sady, da hita ho vavolombelogny diso momban'Andriamanitry iay satria nijoro vavolombelogny nanohitry an'Andriamanitry, nizaka hoe natsangagny Kristy refa tsy nagnano an'izany Izy. 16 Raha tsy natsangagny gne maty, da ndre Kristy aza tsy natsangagny; 17 sady raha tsy natsangagny Kritsy, da fôgny gne finoanareo sady da mbola ao amin'e fahotagny anareo. 18 Sady izay rehetra maty ao amin'i Kristy da efa very avakoa. 19 Raha amin'ity fiainagny ty avao gne anagnantsika toky amin'e ho avy ao amin'i Kristy, da atsika gne tena mampalahelo amin'e olo agnaby. 20 Fa amizao da efa natsangagny tamin'e maty Kristy, e voaloham-bokatr'ireo zay maty. 21 Fa satria avy tamin'e alalan'e olo raiky gne fahafatesagny,da avy tamin'e alalan'e olo raiky avakoa gne nihavian'e fitsanganagny amin'e maty. 22 Fa akô gne

nahafatesan'e rehetra tao amin'i Adama, da ho velomigny ao amin'i Kristy avakoa gne rehetra. 23 Kanefa samy ao amin'e
filaharagny manokagny gne tsirairaiky: Kristy, e voaloham-bokatry, da aveo ireo zay an'i Kristy da ho atao velogny amin'e
feviany 24 Aveo da ho avy gne farany, refa homen'i Kristy ho an'Andriamanitry Ray gne fanjakagny.Izany da refa
hagnafogny gne fitsipiky rehetra izy ame fahefagny rehetra da gne hery Izy. 25 Fa tsy maintsy manjaka Izy mandra-
pametrany gne fahavalony rehetra ao ambanin'e tongotriny. 26 Gne fahavalo farany ho haringagny da gne fahafatesagny. 27
Fa "Napetrakiny tambanin'e tongotriny agnaby gne raha agnaby." Fa vôzaka fa : "Izy gne nametraky gne raha agnaby," da
mazava tsara fa tsy tafiditry ao agnatin'izany e raiky nametraky gne raha rehetra hagneky gne tegnany. 28 Refa magneky
an'Azy gne raha rehetra, da gne Zanaky mitsy gne hagneky e raiky izay nampagneky gne raha rehetra ho an'Azy. Hibôky
zany mba ho rehetra ao amin'e rehetra gne Andriamanitry Ray. 29 Na koa ino gne ilaigny gne izay vita batisa ho an'e maty?
Raha tsy natsangagny mitsy gne maty, nagnino indreo gne nanigny batisa ho andreo? 30 Nagnino ary, atsika gne am-bava
loza isan-dera? 31 Miatriky fahafatesagny isan'andro iao! Zany da antoky akô gne fireharehako gne aminareo, zay azoko
ao ame Kristy Jesosy Tompotsika. 32 Ino gne tombony azoko, avy ame fomba fijerin'e olombelogny, raha niady tame biby
tao Efasosy iao, raha tsy natsangagny gne maty? "Aoka itsika hihinagny sy hisotro satria ho faty itsika ampitso." 33 Aza
mety ho fitahagny hoe: "Manimba gne fisainagny tsara gne naman-dratsy." 34 Mandehana! Miaignà am-pahamarinagny!
Aza manohy manota! Fa gne sasany aminareo da tsy managny fahalalàgny an'Andriamanitry. Mizaka zany ho ame
fahamenaranareo iao. 35 Fa gne ologny raiky hizaka hoe: "ahoagny gny nananganagny gne maty, sady ame karazagny
vatagny ino gne hatongavandreo? 36 Tsy mahalala ndre ino ndre ino anareo! zay hafafinareo da tsy hanomboky hitombo
raha tsy maty zany. 37 Zay nafafinareo da tsy gne vatagny izay ho avy , fa voa fotsiny. Zany da mety ho lasa vary na raha
hafa. 38 Fa homen'Andriamanitry an'azy gne vatagny araky zay safidiany, ary samby amin'e vatagnany aby gne voa
tsikiraikiraiky. 39 Tsy gne nofo agnaby gne mitovy. F'izy raiky gne nofon'e olombelogny, da hafa e nofon'e biby, sady nofo
hafa gne an'ireo vorogny, da hafa gne gne an'e hazandrano. 40 Misy avao koa ireo vatagny agny an-danitry da ireo vatagny
eto an-tany. Fa karazagny raiky avao gne voninahitry gne vatagny agny an-dagnitry ary hafa gne voninahitry gne eto an-
tany . 41 Raiky gne voninahitry gne masoandro, sady hafa gne voninahitry gne volagny, ary voninahitry gne kitagny. Fa
gne kitagny raiky miavaky amin'e kintagny raiky hafa ame voninahitry. 42 Akô zany koa gne fitsanganagny ame maty. Zay
afafy da tsy mety simba, sady zay atsangagny da tsy mety simba. 43 Afafy tame fahafam-baraka zany; da natsnagagny am-
boninahitry. Afafy tamin'e fahalemegny zany; da natsangagny ame hery. 44 Afafy amin'e vatagny ara-panahy. Raha misy
vatagny voajanahary, da misy vatagny ara- panahy avakoa . 45 Sady efa voasoratry avakoa fa: "Lasa fanahy velogny
Adama e lelà voalohagny" ilay Adama farany da lasa fanahy magnome fianagny. 46 Fa tsy gne ara-panahy gne avy
voalohagny fa gne voajanahary, da aveo gne ara-panahy. 47 Gne ologny voalohagny da avy ame tany, namboarigny tame
vovoky. Gne ologny faharoy da avy agny an-dagnitry. 48 Akô ilay raiky namboarigny tame vovoky, akô zany koa e ologny
agny an-dagnitry, sady akô zany avakoa ireo zay avy agny an-dagnitry.. 49 Akô gne nitondrantsika gne endrik'ilay ologn'e
vovoky, da hitondra gne endrik'ilay olon'e lagnitry. avakoa itsika. 50 Sady zao gne nozakaiko, ry rahalà, fa gne nofo aman-
drà da tsy afaky gne handova gne fanjakan'Andriamanitry. Na zay mety simba handova zay tsy mety simba. 51 Indro!
Zava-marigny miafigny gne ho zakaiko anareo hoe: "Tsy ho faty avokoa itsika agnaby, fa hovaigny avokoa itsika agnaby. 52
Hiova itsika ame fotoagny raiky, ao agnatin'indraiky mipi-maso, amin'e trompetra farany. Haneno gne trompetra, da gne
maty da hatsangagny ho tsy mety lo, sady da hovaigny itsika. 53 Fa ty vatagny mety simba ty da tsy mentsy hitafy zay tsy
mety lo, sady ty vatagny mety maty ty da tsy mentsy hitafy gne tsy fahafatesagny. 54 Fa refa mitafy gne tsy mety simba ty
vatagny mety simba ty, ary refa mitafy gne tsy fahafatesagny ty vatagny mety maty ty, da ho avy amin'ilsy teny voasoratry
hoe, "Voateligny tame fandresegny gne fahafatesagny." 55 "Ry fahafatesagny, aia gne herinao? Ry fahafatesagny, aia gne
fanindronanao?" 56 Gne ota gne fanindron'e fahafatesagny, sady gne herin'e ota da lalàgny. 57 Fa isaoragny Andriamanitry,
izay magnome atsika gne fandresegny ame alalan'e Jesosy Tompotsika! 58 Noho zany, ry rahalà malalako, miorena tsara
sady aza miozongozogny. Miroboroboa mandrakariva amin'e asan'e Tompo, satria fantatrareo fa tsy very maigny gne
asanareo ao ame Tompo.

Chapter 16

1 Gne mikasiky gne fandagnonam-bola ho an'e mpino, arak'e gne nagnambarako lalagny e fiangonan'i Galitia, da akô
izany avakoa e tokony gnaninareo. 2 Amign'andro vôlohan'erign'andro anareo tsikiraikiraiky da samby hanokagny
zavatry sady hitahiry anazy araky izay vitanareo. Magnamboara izany mbatsy hisy fanangonam-bola refa avy iao 3 Refa
avy iao, ndre aia ndre aia ekenareo, da alefako miaraky amin'e taratasy mba hanolorako gne fanatitrareo ho an'i
Jerosalema. 4 Râ tsy mety aminà avakoa gne madeha, da handeha hiaraky aminà indreo. 5 Fa ho avy agny aminareo iao
refa mandalo an'i Makedonia. Fa handalo an'i Makedonia iao. 6 Mety afaky hijanogny hiaraky aminareo iao na mandritry
gne ririgny mihitsy azaky, mba hahafahandreo magnampy anà amin'e diako, ndre aia ndre aia andehanako. 7 Fa tsy
magniry gne hahita anareo mandritry gne fotoagny foiky iao zao. Fa magnategna gne hipetraky ela miaraky aminareo, râ
omen'e Tompo. 8 Fa hijanogny ao Efasaosy iao mandram-pahanin'e Pantekosta, 9 f'efa varangaragny malalaky gne
nisokatry ho anà, sady misy fahavalo maro. 10 Sady refa avy Timoty, da ezaho mba tsy hatahotry izy miaraky aminareo, fa
magnano gn'asan'i Tompo izy, akô gn'aniko. 11 K'avela hisy olo hagnano tsinotsinogny an'azy. Ampio izy ame lalagniny
ame fiadanagny, mba hafahany megn'amina. Fa magnategna an'azy mba ho avy hiaraky amireo rahalà iao.


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

[13] Miambena, mitsangana tsara ame finoagny, miasa akô gne lelà, mahereza. [14] Aoky ho anigny am-pitiavagny izay
haninareo agnaby. [15] Lalanareo gne fianakavian'i Stefanasy, fa indreo gne niova fo voalohany tao Asia, sady indreo
nametraky gne tegnandreo ho ame fanompoagny gne mpino. Sady mampirisiky anareo iao, rô rahalà, [16] mba hagneky gne
olo akô izany da ame olo agnaby izay magnampy ame asa miaraky aminay. [17] Mifaly ame fevian'i Stefanasy, Fortinasy,
sady i Akaiosy Iao. Nameno gne tsy naha-teo anareo indreo. [18] Fa namelombelogny gne fagnahiko izy ame gn'anareo
indreo. Ka noho izany, fantaro gn'olo akô izany. [19] Gne fiangonan'i Asia da magnano veloma anareo. Akila izy am'i Pritsila
da magnano veloma anareo ao amin'i Tompo, miaraky ame fiangonagny izay ao ame misy andreo. [20] Gne rahalà agnaby
magnano veloma anareo. mifagnamboara veloma ame oroky masigny. [21] Iao, Paoly, manoratry an'ity ame tagnako. [22] Raha
misy olo tsy tia gne Tompo, enga anie ka ho voaozogny izy. Ho avy, gne Tompotsika! [23] Ho aminareo anie gne fahasoavan'i
Jesosy Kristy Tompo. [24] Ho aminareo agnaby gne fitiavako ao amin'i Jesosy Kristy. [Fagnamarihagny: Gne dika-teny taloha
da magnampy hoe: "Amena." Fa gne vaovao maro hafa, ao agnatin'izany gne ULB izy ame gne UDB,da mangala an'izany.]

# 2 Corinthians

Chapter 1

[1] Paoly, Apolosy raiky an'i Kristy Jesosy tamin'e sitrapon'Andriamanitry, sy Timoty ralàntsika, ho an'e
fiangonan'Andriamanitry izay amin'e Korinto, sady hoan'ireo mpino agnaby magneragny e faritry Akaia. [2] Ho aminareo
anie gne fahasoavagny sady gne fiadanagny avy amin'Andriamanitry Raintsika sy Tompo Jesosy Kristy. [3] Ho deragny anie
Andriamanitry sy Rain'e Tompontsika Jesosy Kristy. Izy gne Rain'e famindram-po agnaby sy Andriamanitry gne
fampiononagny rehetra. [4] Andriamanitry da mampionigny antsika amin'e fahoriantsika agnaby, mba ahafantsika
mampionigny ireo izay agnaty fahoriagny. Isika da mampionigny ireo hafa akô gen fampiononagny izay
nampiasan'Andriamanitry ampiononagny antsika. [5] Fa akô gne hitomboan'e tijalian'i Kristy nohon'e gn'aminay, gne
hitomboan'e fampiononagny anay koa amign'alalan'e Kristy. [6] Fa râ nampahoriagny iay, izany da ho an'e fampiononagny
sy famonjegny anareo. Sady rânampiononagny iay, izany da ho an'e fampiononagny anareo. Gne fampiononagny da
mandaitry refa manam-pahatetagny hizara ireo fijaliagny izay mitovy amin'e fijalianay koa. [7] Fa gne fahatokisanay
momba anareo da azo antoky, satria iay da mahafantatry fa anareo avakoa da mizara ireo fijaliagny, anareo koa da
mizara fampiononagny. [8] Fa tsy tianay anareo tsy ahalala, ry ralà, gn'amireo olagny nahazo anay tagny Asia. Iay da
novesarigny tanteraky mihôtry gne tokony ho zakanay, maro lôtry da tsy nagnantegna gne hiaigny ela esanaky iay. [9]
Taminay tokôtry gne fagnamelohagny e ho faty. Fa izany e nahavy anay tsy hametraky gne tkinay eo amin'e tegnanay
avao, f'izy amin'Andriamanitry izay mampitsangagny e maty. [10] Nagnavotry anay tamin'e loza mahafaty akô izany Izy,
sady mbola hagnavotry indraiky. Iay da nametraky gne tokinay taminazy fa mbola hagnafaky anay inddaiky Izy. [11] Izy da
hagnano izany satria anareo avakoa da manampy anay amign'alalan'e vavakareo. Sady maro avy eo gne hagnome
fisaoragny amign'agnaranay noho gne tombom-pahasohavagny nomegny anay tamign'alalan'ireo vavaky gne maro. [12] Iay
da mirehareha amin'izao fijoroagny vavolombelogny gn'amin'e feon'e fieritreretanay. Fa tamin'e fikasagny madio sy
fahatsoram-po izay avy amin'Andriamanitry izay nindesanay gnetegnanay ao amin'izao tontolo izao. Iay da nahavita
izany agnaby sady gn'akamaroanay niaraky taminareo-tsy tamin'e fahendren'izao tontolo izao, fa tamin'e
fahasoavan'Andriamanitry. [13] Iay da tsy nanoratry zavatry tsy ho voavaky na ho azonareo. Iao da magnategnafa, [14] satria
anareo nahazo gne momba anay amign'ampahany, iay da ho anton'e reharehanareo amign'andron'e Tompontsika Jesosy,
akô anareo ho antony hireharehanay. [15] Satria natoky e momba izany iao, da ta ho agny aminareo heky, mba
ahafahanareo mahazo tombony amin'e famangiagny roy. [16] Niomagny gne hamangy anareo refa tegny amin'e lalagniko
ho agny Makedonia iao. Sady avy da mbola agniry hamangy anareo indraiky iaotamin'e diako avy agnay Makedonia,
sady gne hagnanteranareo anà tegny amin'e lalagniko ho agny Jodia. [17] Refa nieritreritry akô izany iao, nisalasala me iao?
Nagnomagny ireo zavatry ireo arak'enofotry me iao, mba izakanako "Eka, eka" sy " Tsia, tsia" amin'e fotoagny raiky avao?
[18] Fa satria Andriamanitry da mahtoky, isika da tsy afaky gne hizaka na " Eka" na "Tsia." [19] Fa gne Zanak'andriamanitry,
Jesosy Kristy, izay nitorian'i sylvanosy, Timoty sady iao taminareo, da tsy "Eka" na "Tsia." fa Izy da nizaka fehizay hoe
"Eka." [20] Satria gne fampagnateganan'Andriamanitry agnaby da "Eka" avokoa ao aminazy. Da amign'alalan'e koa isika da
hizaka hoe "Amena" ho an'e voninahitr'Andriamanitry. [21] Sady Andriamanitry izay magnamafy anay aminareo ao amin'i
Kristy, sady Izy gne nagniraky antsika. [22] Izy da nagnisy tombokasé tamintsika ary nagnome gne Fagnahy ho ao am-
pontxika ho antok'izzy mbola ho omegny antsika agny afara. [23] Fa nangahiky an'Andriamanitry iao, hijoro
vavolombelogny ho anà izay gnantony tsy nihaviako tao Korinto mba hamindrako fo aminareo. [24] Izany da tsy sagnatria
noho iay miezaky gne mamehy izay tokony ho finoanareo. F'izy, iay da miaraky miasa aminareo amd fifalianareo, satria
anareo mijoro ao amin'e finoanareo.

Chapter 2

[1] Fa nanapa-kevitry gne tsy agnatogny anareo koa gne tegnako aminin'gne fotoam-pangirifiriagny. [2] Ra niteraky alahelo
anreo iao, ia gne hafaky mampifaly ana akotrin'gne raiky noratraiko avao? [3] Nanoratry iao ako gne naniko mba tsy ho
voaratry gne tokony nampifaly ana rehefa tonga taminareo. Iao da managny fahatokisagny gne aminareo marobe fa gne
fifaliako da fifaliagny mitovy amin'gne anareo marobe. [4] Fa nanoratry ho anareo iao avy aminin'gne fahoriagny zakabe,

miaraky aminin'gne fangirifirian'e fo, sady miaraky aminin'gne ranomaso be. Tsy ta ampalahelo anareo iao. F'izy, ta
ampahafantatry anareo gne alalin'gne fitiavagny izay anagnako ho anareo. [5] Ra nisy olo niteraky alahelo, tsy niteraky
anizany tamina avao izy, fa amin'gne endriky hafa-tsy hanitaragny loatry izany-aminareo marobe. [6] Ampy gne
fagnasaziagny nanin'gne maro an'isa io olo io. [7] Ka amin'izao ra tokony ho fagnasaziagny, anareo da tokony hamela
heloky sy hampionogny anazy. Anio izany mba tsy handifotry anazy amin'gne alehelo be lotry. [8] Noho izany mankahery
anreo iao mba hagnamafy ampahibe-maso gne fitiavanareo Anazy. [9] Izany gne antony nanoratako, amon'izay mba mety
hitsapako anareo sady ahafantarako na mankatoa amin'gne ra marobe anareo. [10] Ra mamela olo anareo, mamela anizany
olo izany avokoa iao. Gne navelako- ranamela gne ra marobe iao- izany famelana izany da fitiavagny anareo amin'gne
fanatrehan'i Kristy. [11] Izany da mbatsy hamitahan'gne Satana anay. Satria iay da mahafantatry gne drafiny. [12] Nisokatry ho
ana gne varangaragny tamin'e Tompo rehefa tonga tamin'gne tanàn-dehibe an'i Troasy nitory gne filazantsara an'i Kristy
tagny. [13] Ndreizany aza, tsy nanagny fiadanan-tsaigny iao, satria tsy nahita gne ralako Titosy tagny. Arakaizany, niala
andreo iao da nandea niverigny ta Makadonia. [14] Fa fisaoragny anie ho an'Andriamanitry, izay amini'i Kristy mitariky
anay mandrakariva aminin'gne fandresena. Amin'gne alalantsika da haeliny ndre aia ndre aia gne hanitry mamin'gne
fahalalagny anazy.. [15] Fa iay da hanitry mamin'i Kristy an'Andriamanitry, na tamin'gne novonjena sy tamin-dreo izay ho
faty. [16] Ho an'gne olo izay ho faty, izany da hanitry avy amin'gne fahafatesagny ho amin'gne fahafatesagny. Ho an'gne
sasany izay novonjegny, da hanitry avy amin'gne fiainagny ao amin'gne fiainagny. Ia gne mendriky amin'io ra io? [17] Fa iay
da tsy mitovy amin'gne olo maro izay mivarotry gne zakan'Andriamanitry mba ahazoagny tombony. F'izy, amin'gne
fahadiovam-po, gne hikoragnanay amin'i Kristy, satria nalefa avy amin'Andriamanitry iay, tamin'gne
fahitan'Andriamanitry.

Chapter 3

[1] Hanomboky hidera-tegna indraiky me iay? Iay da tsy mila gne taratasy fagnamarinagny aminareo na avy aminareo, ako
gne olo sasany, sa tsy izany? [2] E tegnanareo gne taratasy fagnamarinagny, izay voasoratry am-pontsika, izay fantatry sady
vakin'gne olo marobe. [3] Anareo da mampiseho fa taratasy fagnambarana avy amin'i Kristy, izay natolotry tsika. Izany da
tsy voasoratry tamin'gne ranomainty fa tamin'gne Fagnahin'e Andriamanitry velogny. Izany da tsy voasoratry tamin'gne
takela-bato, fa tamin'gne takelaky gne fon'e olombelogny. [4] Da izany gne toky izay anagnatsika eo
anatrehan'Andriamanitry amin'gne alalan'i Kristy. [5] Isika da tsy mahefa amin'gne tegnatsika mba handray ndre ino ndre
ino izay avy amintsika. F'izy, gne fahefantsika da avy amin'Andriamanitry. [6] Andriamanitry gne nagnano antsika mba ho
mpanompon'gne fagnekegny vaovao. Izany da fagnekegny tsy avy amin'e soratry fa an'e Fagnahy. Fa gne soratry
mamono, da gne Fagnahy magnome aigny. [7] Da gne asa izay niteraky fahafatesagny - da voasoratry tambonin'gne vato -
da tonga tamim-boninahitry zakabe ka gne vahokan'Israely da tsy hafaky nibanjigny gne tavan'i Mosesy. Izany da
nohon'gne voninahitry gne tavany, gne voninahitry izay nihalevogny. [8] Ho voninahitry zakabe akoignaia gne asa izay
anin'gne Fagnahy? [9] Fa ra nanagny voninahitry gne asan'gne fagnameloagny, da akoignaia gne fitomboan'gne voninahitry
gne asan'e fahamarinagny! [10] Satria tokotry, izay nomena voninahitry ndraiky da tsy hanamboninahitry esanaky
amin'izany fomba izany, nohon'gne voninahitry izay mampitombo izany. [11] Fa ra gne nandalo fotsiny gne nanagny
voninahitry, da tsy hanagny voninahitry mihoatry noho izay me iza maharitry! [12] Satria managny toky ako izany isika, da
sahy tokotry. [13] Isika da tsy ako an'i Mosesy, izay nagnarogny gne tavany tamin'gne voaly, mba tsy hahafahan'gne
vahoakan'Israely magnety anazy mivantagny amin'gne fiafaran'gne voninahitry izay nandalo avao. [14] Fa gne sain-dreo da
donto. Ndre hatramin'izao izany voaly izany da mbola mijanogny amin'gne famakiagny gne fagnekegny taloa. Tsy
misokatry izany, satria ao amin'i Kristy avao izany gne asorigny. [15] Ndre da minizao aza, ndre ovia ndre ovia gne vakigny
e lalàgnin'i Mosesy, da magnarogny gne fon-dreo gne voaly. [16] Nefa ra mitodiky amin'e Tompongje olo, da esorigny gne
voaly. [17] Sady e Tompo da Fagnahy. Izay misy gne Fagnahin'e Tompo da misy fahafahagny. [18] Da isika marobe, tsy misarom-
boaly, da mahita gne voninahitr'e Tompo. Isika da efa vaovao ho amin'gne voninahitry mitovy izay avy amin'gne
voninahitry ho amin'e voninahitry, izay avy amin'e Tompo, tsy ia fa gne Fagnahy.

Chapter 4

[1] Noho izany, satria iay managny izany asa fanompoagny izany, sady vo nahazo famondram-po, da kivy iay. [2] F'izy,
nolainay gne fomba mahamegnatry sy mifiny. Tsy miaigny amin'gne fitaky iay, sady mampiasa marina gne
zakan'Andriamanitry. Amin'gne fagnambaragny gne marina, iay da mandidy gne tegnanay gne amin'gne feon'e
fieritreretagn'gne olo mba ho entigny imason'Andriamanitry. [3] Fa raha voasarogny gne filazantsaranay, izany da
hovoasarogny amin'gne izay maty raiky avao. [4] Amin'gne toe-javatry mitranga amin-dreo,gne andriamanitr'izao tontolo
izao nahajamba gne saigny tsy minon'izy ireo. Vokatr'izay, tsyafaky mahita gne fahazavan'gne filazantsaran'e
vononahitr'i Kristy indreo, izay andrik'Andriamanitry. [5] Fa iay tsy magnambara gne tegnanay, fai Kristy Jesosy ako gne
Tompo, da gne tegnanay ako gne mpanomponareo nohon'gne amin'i Jesosy. [6] Fa Andriamanitry da gne raiky izay nizaka
hoe:" Gne fahazavagny hamiratry amin'e mizigny." Izy namiratry tam-ponay, mba hagnome gne fahazavan'gne
fahalalagny gne voninahitr'Andriamanitry amin'gne fagnatrehan'i Jesosy Kristy. [7] Fa iay managny izany harena izany
agnatin'e tavoara tanimanga, mba hazava fa gne hery zakabe mihoatry lavitry da an'Andriamanitry fa tsy anay. [8]
Ampahoriagny amin'gne fomba marobe iay, fa tsy resy. Very hevitry iay fa tsy feno famoizam-po. [9] Enjehigny iay fa tsy

nilaozany. Vonoigny iay fa tsy rava. [10] Mitondra eo amin'gne tegnanay gne fahafatesan'i Jesosy hatrany iay, amin'izay gne
fiainan'i Jesosy avokoada hiboky amin'gne tegnanay. [11] Iay zay velogny da mitondra hatrany amin'gne vatanay gne
fahafatesan'i Jesosy, amin'izay gne fiainan'i Jesosy da hiboky amin'e vatanay olombelogny. [12] Noho izany gne
fahafatesagny da miasa amitsika, fa gne fiainagny miasa aminareo. [13] Fa iay managny fagnahin'gne finoagny mitovy araky
izay voasoratry hoe: [14] "Nino iao, da nizaka iao." Mino avokoa iay,da nizaka avokoa iay. Fantatrinay fa gne raiky
nanangagny e Tompo Jesosy da hanangagny antsika avokoa miaraky amin'i Jesosy. Fantatrinay fa hitondra anay miaraky
aminareo amin'gne fanatrehagny Izy. [15] Gne ra marobe da ho anareo mba, arakin'gne fahasoavagny voaparitaky
tamin'gne olo maro, gne hitomboan'gne fanomezam-pisaoragny amin'e voninahitr'Andriamanitry. [16] Noho izany da tsy ho
kivy iay. Ndre malemy hivelany aza iay, da havaozigny isan'andro isan'andro gne agnatinay. [17] Fa amin'izao andro
mandalo izao, gne fahoriagny maivagny da manomagny anay ho amin'gne lanjan'e voninahitry maharitry mandrakizay
izay mihoatry gne fandanjagny rehetra. [18] Fa isika tsy magnety gne ra hita, fa gne ra tsy hita. Gne ra hitatsika da tsy
maharitry, fa gne tsy hita da maharitry mandrakizay.

## Chapter 5

[1] Lalatsika fa raha rava gne fipetrahagny eto an-tany izay ipetrahantsika, da managny tragno avy amin'Andriamanitry
atsika. Izany da tragno tsy namboarin'e tagnan'olombelogny, fa tragno mandrakizay, agny an-dagnitry. [2] Faetoamity
tragno lapalapa ty atsika gne misento, magniry mafy gne hisikigny gne fipetrahantsika agny an-dagnitry. [3] Magniry mafy
an'izany atsika satria ame fagnamboarantsika an'izany da tsy ho hita mikojy atsika. [4] Fa raha mbola eto amity tragno
lapalapa ty tokotry atsika, da misento, mavesatry entagny. Tsy te hikojy atsika. Fa kosa, te hisikigny atsika, mba ho
atelignin'e fiainagny izay mety maty. [5] E raiky izay magnomagny atsika ho amizany raha izany da Andriamanitry, izay
nagnome atsika gne Fagnahy ho fagnambaragny izay ho avy. [6] Noho izany da matokisa fezay. Tongava saigny fa refa ao
an-dragno ame vatagny atsika, da lavitry gne Tompo. [7] Fa mandeha ame finoagny atsika, fa tsy ame fahitagny. [8] Noho
izany da managny fahatokisagny atsika. Aletsika lavitry gne vatagny fa ao an-dragno miaraky ame Tompo. [9] Ka da
anitsika tanjogny izany, ndre agny an-dragno atsika ndre lavitry an'izany, mba hafinaritry an'Azy. [10] Fa atsika agnaby da
tsy maintsy hiboaky eo alohan'e seza fitsaran'i Kristy, mba mety azahoan'e tsiraidraiky izay mifagnaraky am raha vita tao
ame vatagny, na ho ame tsara na ho ame ratsy. [11] Noho izany, gne fahalalagny gne tahotry gne Tompo, gne handresetsika
lahatry gn'olo. Gne maha atsika atsika da hitan'Andriamanitry mazava. Atenaiko fa mazava ame feon'e fieritreretanareo
avakoa izany. [12] Tsy miezaky gne handresy lahatry anareo indraiky iay mba hagnety anay ako gne mahitsy fo. Fa kosa,
magnome antony ho anareo hirehareha nohon'e aminay iay, mba hanagnanareo valin'e zaka ho an'izay mirehareha
gn'me endriky ivelany fa tsy gn'amizay ao am-po. [13] Fa raha very saigny iay, da ho an'Andraimanitry izany; da raha tonga
saigny tsara iay. da ho anareo izany. [14] Fa gne fitiavan'i Kristy gne magnery anay, saria azonay antoky gne hoe: nisy olo
raiky maty ho an'e olo agnaby, sady noho izany da maty gn'olo agnaby. [15] Maty Izy ho an'olo agnaby, mba tsy ho velogny
ho an'e tegnandreo koa indreo izay velogny fa ho an'Azy izay maty sady natsangagny nohon'e fitiavagny andreo. [16] Noho
izany antony izany, manombok'izao da tsy mitsara ndre ia ndre ia arak'e fomban'olombelogny atsika, ndre da efa nagnety
an'i Kristy akô izany aza atsika taloha. Fa amizao fotoagny izao atsika da tsy mitsara ndre ia ndre ia akô izany koa. [17] Noho
izany, raha misy olo ao amin'i Kristy da olo vaovao izy. Efa lasa gne raha taloha. Indreo, fa efa lasa vaovao indreo. [18] E
raha agnaby da avy amin'Andriamanitry. Nampihavaniny tame Tegnany tame alalan'i Kristy atsika, sady nomeny atsika
gne asa fanompoan'e fampihavanagny. [19] Izany hoe, ao amin'i Kristy Andriamanitry gne mampihavagny izao tontolo izao
ame Tegnany, tsy magnisa gne fahadisoandreo amindreo. Nankininy taminay gne hafatrin'e fampihavanagny. [20] Ka
voatendry ho mpisolon-tegnan'i Kristy iay, ohatrany hoe ame alalanay gne hagnamboaran'Andriamanitry gne
fagnatsovany. Miangavy anareo iay, noho i Kristy: "mihavàna amin'Andriamanitry!" [21] Namboariny lasa sorogny ho an'e
fahotantsika kristy. Izy e raiky izay tsy nanota mihitsy. Namboariny izany mba ho lasa fahamarinan'Andriamanitry ao
amin'Azy isika.

## Chapter 6

[1] Miara miasa amin'Azy, iay koa da mamporisiky anareo tsy handray gne fahasoavan'Andriamanitry fahatany. [2] Fa nizaka
Izy hoe: "Tame fotoagny mety da niteno anareo Iao, sady tame andro famonjegny da nagnampy anareo Iao. Iteo, amizao
fotoagny izao gne fotoagny mety. Iteo, amizao fotoagny izao gne andro famonjegny. [3] Tsy magnapetraky vato
fanafitohinagny eo alohoan'ia ndre ia iay, fa iay tsy magniry gne haharatsy laza gne asa fanompoanay. [4] Fa kosa, iay da
magnaporofo gne tegnanay ame asanay agnaby, fa mpanompon'Andriamanitry iay. Iay gne mpanompony ame fiaretagny
be, fahoriagny, fahateregny, fahasarotagny, [5] gne fiky, fagnagadragny, fikomiagny, ame asa mafy, ame aligny tsisy
torimaso, ame mosary, [6] ame fahadiovagny, fahalalagny, faharetagny, fahatsoram-po, ame Fanahy Masina, ame tena
fitiavagny. [7] Iay gne mpanompony ao ame zakan'e fahamarignagny, ao ame herin'Andriamanitry. Iay da managny gne
fiarovan'e fahamarignagny ho an'e tagna ankavana izy ame akavia. [8] Iay da miasa ame voninahitry izy ame fahafa-
baraka, ame fagnaratsiagny izy ame fideragny. Iay da voampanga ho mpamitaky f'izy iay da marigny. [9] Iay da miasa akô
io tsisy mahalala io f'izy iay da mbola malaza. Miasa agnady ho faty iay iteo - mbola miaigny iay. Miasa akô saziagny
nohon'e asanay nefa tsy akô gne voaheloky ho faty. Iay da miasa akô gne malahelo, f'izy da mifalifaly fezay. [10] Iay da
miasa akô gne sahiragny, f'izy manakaregny olo maro iay. Miasa akô gne tsy managny ndre ino ndre ino iay f'izy akô gne

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

managny gne raha agnaby. [11] Iay da nizaka gne marigny agnaby taminareo, ry korintiana, sady gne fonay da mivoha midagnadagna. [12] Gne fonareo da tsy nofihezinay, fa anareo gne namehy e fihetseham-ponareo manokagny. [13] Sady ho valiny arak'e rariny - miresaky aminareo akô ame zaza iao-voay hidagnadagna gne fonareo. [14] Ka mifamatotry ame tsy mpino. Fa ino gne iresan'e fahamarignagny izy ame fandikan-dalàgny? Fa ino gn'iarahan'e mazava izy ame mizigny? [15] Ino gne mety ho fifagnarahagny eo amin'i Kristy izy amin'i Beliala? Na ino gne tokony anjara anagnan'e mpino raiky izy ame tsy mpino raiky? [16] Da ino gne fifagnarahagny misy eo ame fiangonan'Andriamanitry izy ame sampy? Fa atsika da fiangonan'Andriamanitry velogny, araky gn'efa nozakain'Andriamanitry hoe: "Hipetraky eo amindreo Iao sady handeha eo amindreo. Iao da ho Andriamanitrindreo sady indreo da ho oloko." [17] Noho izany, "mijotsoa iala teo amindreo, da mitokàna," hoy gne Tompo. "Ka mikasiky raha maloto, da handray anareo Iao. [18] Iao da Ray ho anareo, sady anareo ho zanako lahy da ho zanako viavy", hoy gne Tompo Tsitoha.

Chapter 7

[1] Gne malalako, hatrame nanagnatsika gne zaka fikasagny da aoka atsika hagnadio gne tegnatsika ame raha agnaby izay mampisy fahalotoagny eo ame vatagny izy ame fagnahitsika. Aoka atsika hikatsaky gne fahamasinagny ame fahatahoragny an'Andriamanitry. [2] Raiso iay! Fa tsy nagnano ratsy tamin'ia na ia. Tsy nandratry na nagnararaotry ndre ia ndre ia iay. [3] Tsy hagnameloky anareo gne hizakako an'izao. F'efa nozakaiko fa ato amponay anareo, fa miara-maty sady miara-velogny atsika. [4] Managny fahatokisagny zakabe anareo iao, sady mirehareha nohon'e aminareo. Feno fampiononagny iao. Mitobatobaky gne hafaliako ndre da eo agnaby aza gne fampahoriagny . [5] Refa avy tagny Makedonia iay, tsy hanagny fitsaharagny gne tegnanay. noho izany, ory tame fomba maro iay nohon'e fifandiragny tagny ambadiky, izy ame tahotry tao agnaty. [6] Fa Andriamanitry, izay mpampahery gne kivy, nampahery anay tame fevian'i Titosy. [7] Tsy tame alalan'e feviany fotsiny gne nampaherezan'Andriamanitry atsika. Fa tame fampaherezagny izay noraisin'i Titosy lat'aminareo. Mizaka atsika izy gn'ame hazakaben'e fitiavanareo, gn'alahelonareo, sady gne fiahianareo anà mafy. Ka hifaly mandrakizay iao. [8] Ndre da nampalahelo anareo aza gne taratasiko, da tsy nampanegnigny anà izany. Fa nanegnigny tamizany iao refa nahita fa nampalahelo anareo gne taratasiko. Fa nalahelo nandritran'e fotoagny foiky anareo. [9] Amizao fotoagny izao da faly iao, tsy hoe satria ory anareo, fa satria gne alahelonareo gne nitondra anareo ho ame fibebahagny. anareo da niaigny gne fahoriagny ao amin'Andriamanitry, ka tsy nisy very gne nijalianareo ho anay. [10] Gne fahoriagny ao amin'Andriamanitry da minday ame fibebahagny mba hahatanteraky gne famonjegny tsisy fanegnenagny. Ndre izany aza, gne alahelon'izao tontolo izao, da minday fahafatesagny. [11] Iteo gne vokatr'e hazakaben'e fikirizanareo tame fahoriagny ao amin'Andriamanitry. Zakabe tokotry gne hazakaben'e fikirizagny tao aminareo mba hagnaporofoagny fa tsy manan-tsigny anareo. Zakabe tokotry gne hazakaben'e havigniranareo, gne tahotrareo,gn'alahelonareo, gne zotom-ponareo, da gne fagnirianareo ahita gne fahamarinagny izay tokony amboarigny. Ame raha agnaby da nagnaporofo tame tegnanareo anareo mba tsy ho meloky amizany raharaha izany. [12] Ndre da nanoratry taminareo aza iao, iao da tsy nanoratry ho an'e mpagnano ratsy, na ho an'e raiky izay miharitry gne ratsy. Nanoratry iao mba tokony hampahafantaragny gone fazotoanareo teo aminay eo agnatrehan'Andriamanitry. [13] Tame alalan'izany gne nampaherezagny anay. Mihoatry nohon'e fampaherezagny izay efa anagnanay, nihoa-papagny gne fifaliany nohon'e fifalian'i Titosy, satria gne fagnahiny da velombelogny nohon'e aminareo agnaby. [14] Raha ohatry ka nirehareha tamin'azy gne momba anareo iao, da tsy mba afa-baraka iao. Mifanohitry amizany, gne raha izay nozakainay taminareo agnaby da marigny aby, gne fireharehanay momba anareo tamin'i Titosy da voaporofo fa marigny. [15] Gne fitiavany anareo da zakabe kokoa, ako gne nahatsiarovagny gne fankatoavanareo agnaby, Ô rô gne fandraisanareo an'azy tame tahotry izy ame hovitry. [16] Faly iao satria managny fahatokiagny tanteraky taminareo.

Chapter 8

[1] Tianay ho fantatrareo, ry ralà, gne momban'e fahasoavan'Andriamanitry izay nomegny taminareo fiangonan'i Makedonia. [2] Nandritran'efitsapagny zakabe amin'e fahoriagny, gne fitobaky gne haliagny sy gne fara-fahantran-dreo da niteraky haren-zakaben'e falalan-tagna. [3] Satria mijoro vavolombelogny iao fa nagnano be arak'izay vitany indreo, sady mihôtry an'i, ay vitany azaky. Sady tamin'e sitrapon-dreo manokagny [4] sy niaraky tamin'e fangatahan-dreotaminay gne fahefagny mba hanagny anajara amin'ity asa fanompoagny eo aminareo mpino ity. [5] Tsy nibohaky arak'izay nantenainay izany. F'izy, nanolotry gne tegnany mialoha taminin'Andriamanitry indreo. Sady nanolo-tegna ho anay indreo tamin'e sitrapon'Andriamanitry. [6] Da namporisiky an'i Titosy iay, izay efa nanomboky an'izany asa izany, mba hagnantanterahagny gne fahasoavagny eo aminareo. [7] Fa anareo da manan-karegny amin'e raha agnaby, amin'e finoagny, amin'e zaka, amin'e falalagny, amin'e fahazotoagny agnaby, sady amin'e fitiavanareo anay. Ka amboaro azo antoky mba hanan-karegny amin'izany asa fahasoavagny anareo. [ Gne ULB sy gne UDB, miaraky aminareo dikan-teny maro hata, da mivaky akô izao: "Ao amin'e fitiavanareo anay."amin'e Gne dikan-teny hata da mivaky akô izao: "Sady ao amin'e fitiavanay anareo"] [8] Tsy mizaka izany akô gne didy iao. F'izy, mizaka izany iao amin'e fitsapagny gne fahamarinagny fitiavanareo amin'e fampitahagny izany amin'e zotom-pon'olobhafa. [9] Satria fantatrareo gne fahasoavan'e Tompontsika Jesosy Kristy.Ndre da nanan-karegny azaky isy, da lasa sahiragny noho anareo, da amign'alalan'e tahasahiragnagny e mety ahazoanareo haregny. [10] Amizanyresaky izany da hagnome toro-hevitry anareo iao izay hagnampy anareo. Herintaogny lasa izay, da tsy nanomboky nagnano zavatry avao anareo, fa nagniry gne magnano izany. [11] Amizao vitao

izany, akô gne nisian'e zotom-po sy gne faniriagny hagnano izany, da enga anie hagnantanteraky izany koa anareo, arak'izay azonareo hatao. [12] Satria râ magniry mafy gne hagnano izany asa izany anareo, da raha tsara sy azo ekegny izany. Tsy maintsy mifototry amin'izany hanagnan'e olo raiky izany, fa tsy izay tsy anagnany. [13] Fa izany asa izany daa tsy mba hagnameva gne hafa sady hagnavesatry anareo. F'izy, tokony hisy gne rariny. [14] Gne harenareo amin'izao tontolo izao da hagnome izay tadiavin-dreo. Da izany avakoa da mbola hagnomezan'e haren-dreo izay tadiavinareo. Sadzy mba agnomezan-dreo gne rariny [15] Araky izay efavôsoratry hoe: "Gne raiky izay nanagny betsaky da tsy nanagny sisa, fa gne raiky izay nanagny gne kidy da tsy nanagny gne tsy ampy. [16] Fa an'Andriamanitry gne fisaoragny, izay nametraky gne tao am-pon'i Titosy gne fahamatoragny izay anagnako aminareo. [17] F'izy tsy nagneky fotsiny gne antsontsika, fa tena matotry gn'aminizany avakoa. Nagnantogny anaobtamin'e sitrapony manonkagny izy. [18] Nalefanay izy niaraky tamin'e ralà izay noderaigny teo agnivon'e fiangonagny agnaby noho gn'asany izay mitory gne filazantsara. [19] Tsy izany avao, fa izy avakoa da notendren'ireo fiangonagny mba handefa hiaraky aminay hinday izao asan'e fahalalan-tagna izao. Izany da ho an'e voninahitr'izy Tompo sady ho an'e fagnirianay hagnampy. [20] Mitandrigny izy gn'amin'e mety hisian'e olo mitaraigny mombanay mahakasiky an'io asa fahalalan-tagna izay hataonay io. [21] Da mila mitandrigny iay mba hagnano gne mendriky, fa tsy oe agnatrehan'e Tompo raiky avao, fa eo alohan'e olo koa. [22] Mandefa ralàk raiky hafa avao iay miaraky amindreo. Matetiky iay gne nitsapa anazy, sady nahita anazy mafana fo tamign'asa maro. Mazoto tokôtry izy amizao noho gne fahatokisagny zakabeizay anagnanayaminareo. [23] Râ gne amin'i Titosy, izy gne namako sy mpiara-miasa aminà ho anareo. Râ gn'amin'e ralànay, da nalefan'ireo fiangonagny indreo. Voninahitry ho an'Kristy indreo. [24] Da abohay anazy ireo gne fitiavanareo, sady abohay fiangonagny gn'antony fireharehanay momba anareo.

Chapter 9

[1] Mikasiky gn'asa fanompoagny ho an'e mpino, tsy tena tadiaviko gne manoratry ho anareo. [2] Lalako gne momba hne fagnirianareo, izay ireharehako amin'e olon'i Makedonia. Nozakaiko andreo fa Akaia da efa vonogny nanomboky tamin'e taogng lasa. Gne zotom-ponareo gne nanosiky gn'ankamaroan-dreo hiasa. [3] Sady nirahako gne ralà mba tsy ho zava-pôgny gne fireharehantsika momba anareo, sady ho vonogny anareo, araky gn'efa nozaikako ho anareo. [4] Râ tsy izany, râ misy Makedonia maro miaraky aminà safy mahita anareo mbola tsy vonigny, da ho megnatry isika-tsy mizaka ndre ino ndre ino momba anareo iao-noho gne fahatokiagny anareo. [5] Da mieritreritry iao fa ilaigny gne mamporisiky ireo ralà handeha aminao sady hagnano fifagnarahagny mialoha gn'amin'e fagnomezagny efa nampagnantegnahinao. Izany da ahafahagny mivonigny akô gne fitahihagny, fa tsy akô gne zavatry tsy azo ekegny. [6] Gne tena izy da ity: Gne raiky izay mamafy kidy da hihila gne kidy avakoa, sady gne raiky izay mamafy amin'e tanjom-pitahiagny da hihila fitahihagny avakoa. [7] Avelay gne tsikiraikiraiky hagnome araky izay efa norafetig y tao am-pony. K'avela magnome fahoriagny na faneriteregny izy. Fa gne mpagnome am-pifaliagny nge tian'andriamanitry. [8] Sady Andriamanitry da afaky mampitombo gne fitahihagny ho anao, mba, amin'e raha agnaby, da afaky hahazo izay ilainareo rehetry mandrakariva anareo. Izany gne jisy da mba ahafahanareo magnantombo gn'asa soa anareo. [9] Izany da araky gne vôsoratry hoe: "Nozaraigny ireo harenany sady nagnome anazy ireny ho an'e sahiragny. Maharitry mandrakizay gne fahamarinagny. " [10] Izy izay mamatsy voa ho an'e mpamboly izay mamafy sy gne mofo ho an'e sakafo, da hamatsy sy hampitombo gne voanao avakoa ho amin'e famafazagny. Hampitombo gnevokatry gne fahamarinanao izy. [11] Hahazo haregny amin'e fomba rehetry anao mba hahatonga anao ho malala-tagnà. Izany da hinday fanehoam-psaoragny an'Andriamanitry amin'e alalanay. [12] Gne fagnatanterahagny ionasa fanompoagny io da tsy vitan'enhoe mahafeno gne raha ilain'e mpino avao. Mitombo avakoa izany amign'asa fagnomezan-pisaoragny an'Andriamanitry maro. [13] Fa nho gne fitsapagny anareo izay voaporofo amin'io asa io, da hagnome voninahitry an'Andriamanitry koa anareo amin'e fankatoavagny gne fifonareo amin'e filazantsaran'i Kristy. Da hagnome voninahitry an'Andriamanitry koa anareo amin'e fahalalahan-tagnanreo amin'e fagnomezagny ho andreo sy gn'olo agnaby. [14] Magniry anao indreo, sady mivavaky ho anao indreo. Magnano izany indreo noho gne fahalebiazan'e fahasoavan'Andriamanitry ao aminao. [15] Ho an'Andriamanitry anie gne saotry noho gne fagnomezagny tsy hai zakaigny!

Chapter 10

[1] Iao, Paoly, miangavy anareo gne tegnako, amin'e fanetren-tegna izy ame hamoram-pagnahin'i Kristy. Malemy fagnahy iao refa eo amin'e fagnatrehanareo, nefa masà gn'aminareo iao refa tsy eo. [2] Magnataky aminareo iao, refa miaraky aminareo iao, tsy mila masà amin'e fahatokisan-tegna. Nefa iao mieritreritry fa mila masà manohitry ireo izay mihevitry fa isika da miaigny arak'e nofotry. [3] Fa ndre da izany mandehana arak'e nofotry iay, tsy miady arak'e nofotry. [4] Fa gne fiadanagny izay iadianay da tsy ara-nofitry. Noho izany, managny hery avy agny an-dagnitry ireo mba hamotehagny gne fagnahy ratsy. Fa tsy minday ndre inogne hevi-pitak'indreo. [5] Ho simbahintsika avakoa ireo raha ambony izay manangagny fagnoheragny fahalalagny an'Andriamanitry. Fa mihevitry gne hambabo gne tsikiraikiraiky amin'e fankatoavagny an'i krisy isika. [6] Sady miomagna amin'e fifehezagny gne fehetsiky tsy fankatoavagny agnaby isika, vantany vao tanteraky gne fankatoavanareo. [7] Taragno mazava izay eo alohanareo. Fa ndre ia ndre ia gne resy lahatry fa izy gne Kristy, aoky ampahatsiaro gne tegnanay izy fa izy tokôtry da Kristy, da akô izny koa isika. [8] Eka fa ndre da nirehareha kidy azaky iao momban'e fahefantsika, izay nomen'e Tompo antsika mba hanangagny sady tsy hamilavila anareo, tsy ho megnatry iao. [9] Tsy tirko izany gne hampitahotry anareo amign'alalan'e taratasiko. [10] Fa gn'olo sanany

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

mizaka hoe: "Matotry sy mahery gne taratasiny, nefa malemy ara-batagny izy. Tsy mendriky hotenomagny gne zakany. " 11
Aoky gn'olo akô ireny ahaafantatry fa ireo zaka ao amin'e taratasinay tamin'e fotoagny tsynnahateo anay danmaneho
gn'asa tokony honhataonay refa avy iay. 12 Tsy mandeha lavitry iay na mampitovy gne tegnanay amin'ireo izay midoka-
tegna. Fa rà mandrefy gne tegnany amin'e hafa indreo sady mampitovy gne tegnany amin'e hafa, da tsy ho maligny. 13
Isika, ndre izany azaky, tsy hirehareha mihôtry gne tkony ho izy. F'izy, aninay avao izay misy fetrany arak'e gne
nandren'Andriamanitry anay., fetry izay mahakasiky anareo. 14 Fa tsy mitandrigny gne tegnanay iay refa avy tegny
aminareo. Iay gn'avy vôlohzny hatragny aminareo miaraky tamin'e filazantsaran'i Kristy. 15 Tsy nirehareha mihôtry gne
fetry isika gne momba gn'asan'e sanany. F'izy, ategnaigny fa hitombo fpgne finoanareo amign'asa zakabe mindigny gne
tsiraikiraiky, sady samby amin'e fetrany aby. 16Fa izao gne antegnaigny, mba ahafahagny mitory gne filazantsara ndre da
agny amin'e toeragny lavitry anareo azaky. Tsy hirehareha momba gn'asa efa vita tagny amin'e faritry hafa isika. 17 "Nefa
aoky gne raiky iza mirehareha, hirehareha ao amin'e Tompo." 18 Fa tsy gne raiky izay manolotry gne tegnany gne
ankatoavigny. F'izy, aoky gne raiky izay natolotry gne Tompo.

Chapter 11

1 Magniry iao mba ahafahanareo mamela anah hagnano fahadalàgny kely sasany. Fa tena mamela anah tokôtry anareo! 2
Fa saro-piaro e momba anareo iao. Managny fahasarotam-piaro araky an'Andriamanitry aminareo iao, hatramin'e
nagnomezako toky anareo tao amin'e fanambadiagny ho an'e vady raiky avao. Nagnome toky iao gne hanolotry anareo
akô gne virjiny madio ho an'e Kristy. 3 Fa matahotry iao fandrao, akô gne namitahan'e menaragny an'i Eva tame alalgn'e
hafetseny, gne eritreritrareo da mety hiala ame fanoloran-tegna amin-kitsim-po sy madio amin'i Kristy. 4 Fa eritrereto hoe
misy ologny raiky avy hitory an'i Jesosy hafa noho ilay raiky toriantsika. Na eritrereto hoe mandray Fanahy hafa noho
zay efa raisinareo anareo. Na eritrereto hoe mandray filazantsara hafa noho ilay raiky zay raisinareo anareo. Mamela
ireny raha ireny tsara avao anareo! 5 Satria mieritreritry iao fa tsy farany ambany noho ireo zakaigny fa hoe apostoly
ambony. 6 Fa ndre da tsy nizaragny nandaha-teny aza iao, da nizaragny tame fahalalagny. Tamin'e fomba rahetra da
tamin'ireo raha rehetra da namboarinay ho lalanareo zany. 7 Moa nanota me iao tamin'e fanetren-tenako mba
hisandratanareo? Fa nitory gne filazan-tsaran'Andriamanitry maimaimpoagny ho anreo iao. 8 Nandroba ireo fiangonagny
hafa iao tamin'e alalan'e fanekegny fanohanagny avy amindreo mba ahafahako manompo anareo. 9 Rehefa niaraky
taminareo iao sady nila fagnampiagny, da tsy nagnavesatry ndre ia ndre ia. Fa ireo raha nilaiko da nomen'ireo mpirahalà
zay avy agny Makedonia. Tamin'e raha rehetra da nitandrigny gne tegnako tsy ho enta-mavesatry aminareo iao, sady
hanohy zany. 10 Raha ato aminah gne fahamarinan'i Kristy, da tsy hangigny zany fireharehako zany any amin'e faritr'i
Akaia. 11 Nahoagny? Satria tsy tiako me anareo? Andriamanitry mahalala. 12 Sady gne raha amboariko da mbola
hamboariko fezay, mba metyahafahako manala gne fitaraignany nohon'gne fanakianagny anah da gne fitarainagny noho
ireo zay tiandreo hireharehagny-fa indreo da hita magnamboatry mitovy amin'zay amboarinay. 13 Fa gne ologny akô zany
da apostoly sandoky da mpiasa mamitaky. Indreo da magnamboatry sarintsarin'e tegnany akô gne apostoly. 14 Sady zany
da tsy mahagaga, fa ndre gne satana aza maneho gne tegnany akô gne anjelin'e fahazavagny. 15 Tsy mahagaga koa raha
maneho gne tegnandreo akô gne mpanompon'e fahamarinagny ireo mpanompony. Gne anjarandreo da zay mendriky
gne asandreo. 16 Zakaiko koa hoe: "Aza avela hisy hieritreritry hoe adala iao. Fa raha magnano zany anareo, da raiso akô
gne adala iao ka hirehareha kely. 17 Zay zakaiko momba ty fahatokiagny mirehareha ty da tsy araky gne zakain'Tompo, fa
mizaka akô gne adala iao. 18 Fa efa maro gne ologny gne mirehareha araky gne nofo, da nirehareha avakoa iao. 19 Nagneky
am-pifaliagny ireo adala anareo. Da hoe hendry gne tegnanareo! Fa mandefitry amin'e ologny 20 anareo raha magnandevo
anareo, magnararaotry anareo, mandray gne tegnany ho ambony noho anareo, na raha mamely tehamaigny anareo izy. 21
Ho lazaiko amin'e fahafam-barakanay fa mamely loatry iay tamin'e fagnamboaragny zany. Raha misy mirehareha-da
miresaky akô gne adala iao- Iao avakoa da hirehareha. 22 Hebreo me indreo? Iao avakoa. Isiraelita me indreo? Iao avakoa.
Taranak'i Abrahama me indreo? Iao avakoa. 23 Mpanompon'i Kristy me indreo? ( Miresaky ako e ologny very saigny iao.)
Mihoatry noho zany iao. Mbola niasa mafy nihoatry noho zany aza iao, tagny am-ponja matetiky, tamin'e kapoky
mihoatry gne fepetry, tamin'e fiatrehagny loza maro mahafaty. 24 Avy amin'e alalan'ireo Jiosy gne nandraisako"Kapoka
efapolo latsaky raiky" Indimy. 25 Intelo iao gne nokapohigny tamin'e kakazo. Indraiky iao gne notoraham-bato. In-telo iao
gne vaky sambo. Nandany raiky aligny da raiky andro tegny andranomasigny iao. 26 Nandeha matetiky iao, tamin'e
lozan'e ony, tamin'e lozan'e mpandroba, tamin'e lozan'e oloko manokagny, tamin'e lozan'ireo jentilisa, tamin'e loza tagny
an'efitry, tamin'e loza tagny an-dranomasigny, tamin'e loza avy amin'ireo rahalà sandoky. 27 Efa tamin'e asa mafy da raha
sarotry iao, tamin'e aligny tsy misy torimaso, tamin'e hanoanagny da hetaheta, tamin'e fifadin-kanigny matetiky, tamin'e
hatsiaky da fitanjahagny. 28 Ankoatry gne raha hafa, misy tsindry isan'andro aminah nojon'e fanahiako amin'e
fiangonagny agnaby. 29 Ia gne malemy, ka tsy malemy iao? Ia gne manafitohigny, ka tsy mirehitry iao? 30 Raha tsy mentsy
mirehareha iao, da hirehareha momba zay maneho ireo fahalemeko. 31 Ilay Andriamanitry da Rain'e Tompo Jesosy, ilay
raiky zay deraigny mandrakizay, da mahalala fa tsy mivandy iao! 32 Tagny Damaskosy, gne governora ambanin'e Areta
mpanjaka da niambigny gnd tanànan'i Damaskosy mba hisambotry anah. 33 Fa nampidinigny tame sobiky teo qmin'e
varavaran-kely raiky teo amin'e manda iao, ka da nilefa gne tagnany.

Chapter 12

## Chapter 13

[1] Iao da tsy mentsy mirehareha, fa tsy misy ndre ino ndre ino azo avy amin'zany. Fa iao da hanohy gne amin'ireo
fahitagny da ireo fagnambaragny avy ame Tompo. [2] Mahalala lelà ao ao amin'i Kristy iao zay efatry amby folo taogny lasa
zay-Na ao ame tegna na ivelan"e tegna, iao tsy mahalala, Andriamanitry mahalala-nalaigny niakatry tagny ame lagnitry
fahatelo. [3] Sady lalako fa io lelà io-ndre amin'e tegna, ndre ivelan'e tegna, iao tsy mahalala, Andriamqnitry mahalala-da [4]
da nalaigny niakatry tao ame paradisa sady naregny raha zay tena masigny loatry ame ologny gne hizaka anazy?
Amign'agnaran'e ologny akô zany da hirehareha iao. [5] Fa amign'agnaran'e tegnako da tsy hirehareha iao, afa-tsy gne
momba ireo fahalemeko. [6] Raha te hirehareha iao, da tsy ho adala iao, fa te hizaka gne marigny. Fa hifehy tegna amin'e
fireharehagny iao, mba tsy hisy ndre ia ndre ia hihevitry anah ho ambony noho zay hita aminah na regny avy aminah. [7]
Hifehy tegna amin'e fireharehagny avakoa iao noho ireo karazagny fagnambaragny miavaky ireo. Noho zany, mba tsy ho
feno fireharehagny iao, da nasiagny tsilo gne nofoko, gne mpitondra hafatr'i Satana hanakorontagny anah, mba tsy
hirehareha loatry iao. [8] Intelo iao gne nitalaho tame Tompo gne momba zany, mba hanaisoragny zany aminah. [9] Fa hoy
izy taminah hoe: "Ampy ho anao gne fahasoavako, fa gne hery da namboarigny ho lafatry ao ame fahalemegny." aleoko
mirehareha bebe kokoa gne amin'e fahalemeko, mba hipetrahan'e herin'e Kristy ato aminah. Noh o zany finaritry noho
kristy ao amin'e fahalemegny, amin'e [10] fanevatevagny, amin'e korontagny, amin'e fanenjehagny sady ao amin'e fotoan-
tsarotry iao. Fa ndre oviagny ndre oviagny malemy iao, da matanjaky. [11] Iao da lasa adala! Anareo gne nanery anah
amin'zany, fa iao da tokony noderainareo. Fa iao da tsy ambany noho ireo zay antsoina hoe apostoly ambony ireo
mihintsy, ndre da tsinontsinogny aza iao. [12] Ireo famantaragny marignyn gny maha apostoly da notanterahigny teo
aminareo tame faharetagny tanteraky, famantaragny sy fahagagagny sady asa mahery. [13] Fa ahoagny anareo anareo tsy
da manan-danja noho ireo fiangonagny sasany, ankoatry gne tsy mahanvesatry anah ho anareo? Mamelà anah noho zany
fahadisoagny zany! [14] Indro! Vonogny ho avy fanintelony agny aminareo iao. Tsy ho vesatry ho anareo iao, fa iao da tsy
mila zay anareo. Anareo no ilaiko. Fa tsy gne zanaka gne tokony hihary ho an'ireo ray aman-dreny. F'izy, ireo ray aman-
dreny gne tokony hihary ho an'ireo zanaka. [15] Iao da ho faly tanreraky handany sy ho laniagny ho an'e fanahinareo. Raha
mitia ge anareo iao, da hotiavigny kely me iao? [16] Fa ndre da akô zany aza, tsy nanavesatry anareo iao. Fa satria iao
fetsifetsy be, da iao e raiky zay tsy nahazo anareo tame fitaky. [17] Kaiky me nanararaotry anareo tamin'e alalan'e ologny
zay nalefako taminareo iao? [18] Nagniraky malaky an'i Titosy ho agny aminareo iao, ary nalefako niaraky taminazy ireo
rahalà sasany. Kaiky me magnararaotry anareo i Titosy? Kaiky me tsy miray lalagny isika? kaiky me tsy niray dia isika? [19]
Mieritreritry me anareo fa nandritry an' izany fotoagny izany agnaby da niaro gne tegnanay taminareo iay? Eo
agnatrehan'Andriamanitry, gne izakanay tao amin'i Kristy gne raha agnaby mba ho fampaherezagny anareo. [20] Fa
matahotry iao sao refa avy iao da tsy hahita anareo araky gne fagnantegnako. Matahotry iao sao tsy ho hitanareo araky
gne fagantegnareo. Matahotry iao fa sao da mety hisy fifandiragny, fialognagny, firehatan'e havignigagny, fikasagny ame
fitiavan-tegnà, fifosagny, fieboeboagny, sady fikorontagnagny. [21] Matahotry iao sao refa miverigny, da hampijetsy anà eo
agnatrehanareo gn'Andriamanitriko. Matahotry iao sao mety alahelo gn'ame maro izay nanota teo aloha, da mbola tsy
nibebaky tamin'e fahalotoagny izy ame fijangajangagny sady gne fijejojejoagny feno fagnirian-dratsy izay nataon-dreo.

Chapter 13

[1] Fagnitelony iao gne nandalovako aty aminareo. "Gne fiampangagny marobe da tsy maintsy miorigny amin'gne porofo
amin'e vavolombelogny roy na telo." [2] Efa nizaka tamin-dreo izay nanota iao taloha sy tamin-dreo ambiny rehetra rehefa
teo fagnidroany, da zakaiko indraiky izany:" Rehefa tonga indraiky iao, da tsy hiantra andre iao." [3] [4] Mizaka anareo izany
iao satriaanareo da mitady porofo fa i Kristy da mizaka amin'gne alalako. Tsy marefo aminareo Izy. F'izy, mahery
aminareo Izy. Fa Izy nohombohagny amin'gne fahalemena, nefa velogny tamin'gne herin'Andriamanitry. Fa isika da
marefo aminazy, f'izy isika da miara-miaigny amin'gne herin'Andriamanitry ategnategnanareo. [5] Diniho gne tegnanareo
ra tianareo ho hita fa aminin'gne finiagny anareo. Tsapay gne tegnanareo. Tsy mbola azonareo an-tsaigny me izany gne
momba gne amin'e tegnanareo fa i Jesosy Kristy da aminareo? -Ra toa anareo ka tsy nahomby tamin'gne fitsapagny. [6] Iao
da mahatoky fa anareo da hiaiky fa isika da nahomby amin'izany fitsapagny izany. [7] Amin'izao isika da mivavaky
amin'Andriamanitry fa tsy afaky agnano ra ratsy anareo. Iao da tsy mivavaky gne afaky ahitagny fa isika da nahomby
amin'gne fitsapagny. F'izy, iao da nivavaky gne mba ahafahanareo magnano izay mety f'izy isika da mety ho hita ako gne
tsy nahomby tamin'gne fitsapagny. [8] Fa isika da tsy afaky gne hagnano ra manohitry amin'gne fahamarinagny, fa ho
an'gne fahamarinagny raiky avao. [9] Fa isika da mifaly ra marefo sady mafy anareo. Fa isika avokoa da mivavaky mba ho
ataontsika feno anareo. [10] Manoratry itoa ra itoa iao ra magnalavitry anreo iao, ka ra miaraky aminareo iao da tsy voatery
mitondra anareo an-katezeragny amin'gne fampiasagny gne fahefako- izay nomen'e Tompo ana, mba agnanganako
anareo, sady tsy hanimba anareo. [11] Farany, ralah, mifalia! miasà ho amin'gne famerenagny amin'gne laoniny, mahereza,
mifagnekea gne kiraikiraiky, miaigna am-piadanana, da gne Andriananitry e fitiavagny sy gne fiadnana da hiaraky
aminareo. [12] Mifampiaraba anareo amin'e fanorohona Masina. [13] Gne mpino marobe da magnano veloma anareo.
[Fagnamarinagny: Gne dikan-teny sasany da magnabara e andininy faha 13 amin'e andininy faha 12 da magnano gne
andininy faha 14 ho andininy faha 13.] [14] Enga anie gne fahasoavan'e Tompo Jesosy Kristy, gne fitiavan'Andriamanitry, sy
gne fiarahagny amin'e Fanahy Masigny ho aminareo marobe.

# Galatians

## Chapter 1

[1] Paoly, Apostoly, tsy apostoly avy tame olo na tame alalan'e olo, fa avy tamin'i Jesosy Kristy izy ame Andriamanitry
Abatsika, izay nanangagny Anazy tame maty, [2] da e rahala agnaby miaraky amina, da ho an'e Fiangonagny Galatianina. [3]
Fahasoavagny ho aminareo sady fiadanagny avy amin'Andriamanitry Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo , [4] izay nagnome
gne tegnany ho an'e fahotantsika mba hagnafahagny antsika amin'izao andron'e faharatsiagny izao , araky gne
sitrapon'Andriamanitry izy ame Raintsika , [5] ho an'Azy anie gne voninahitry mandrakizay doria. Amena. [6] Gaga iao raha
hoe niala nalaky tamin'e nangaiky anareo tame fahasoavan'i Kristy anareo.Gaga iao fa mitodiky ho ame filazantsara hafa
anareo. [7] Tsy midika izany fa misy filazantsara hafa ndre da eo izany , fa misy olo maromaro izay magnakorotagny
anareo sady te hagnova gne filazantsaran'i Kristy. [8] Fa ndre iay , ndre gn'anjely avy agny an-dagnitry aza gne hitory
Filazantsara hafa aminareo noho izay nitorianay taminareo, da lonoky izy ho voahozogny. [9] Araky gne nozakainay taloha
, da amin'izao fotoagny izao iao magnambara indraiky hoe : " Raha misy olo magnambara aminareo Filazantsara hafa
noho izay azonareo da lonoky izy ho voahozogny ." [10] Sa, iao amin'izao fotoagny izao mitady gne fagneken'olo sa
Andriamanitry ? Sa iao gne mitady izay hampifaly gn'olo ? Raha mbola manohy miezaky gne hampifaly olo iao , da tsy
mpanompon'i Kristy . [11] Ô rahalàko , fa tiako Ho fantatrareo , fa gne Filazantsara izay nambarako da tsy
filazantsaran'olombelogny. [12] Tsy tamign'olo gne nazahoako an'izany, na nampianarigny anà izany . Kanefa , izany da
fagnambaran'i Kristy Jesosy taminà. [13] Fa anareo naharegny gne fiaignako taloha tame fomba fivavahagny Jiosy , izy ame
nagnenjehako gne fiangonan'Andriamanitry mihoatry gne tokony ho izy sady gne fiezahako handrava an'izany. [14]
Nandroso tame fivavahan'eJiosy iao nihoatry e maro tame nitovy taogny taminà, da e raiky firenegny taminà da akô
izany e fomba nitazomako mafy e fomban-drazako . [15] Kanefa Andriamanitry , izay nanokagny anà latan-trokin'iendriko,
sady nangaiky anà tame gn'alalan'e fahasoavagny , [16] refa faly gne hagnaboaky gne Zanany lahy taminà, mba ahafahako
magnambara an'Azy agny ame jentilisa , da tsy nisaigny araky gne nofotry izy ame rà iao . [17] Tsy niakatry tagny
Jerosalema ho amindreo izay efa lasa apostoly talohako iao . Fa , nandeha tagny Arabia sady avy eo da nimpody tagny
damaskosy iao. [18] Da telo taogny tafara taty da niakatry tagny Jerosalema mba hifankafantatry tamin'i Kefasy iao sady
nijanogny niaraky tamin'azy nandritry gne dimy ambin'ny folo andro . [19] Fa I Jakoba avao gne hitako tamin'e Apostoly ,da
igny rahalàn'i Tompo igny. [20] Da ao ame raha saratako ho anareo, da nagnome toky anareo iao eo
egnatrehan'Andriamanitry, fa tsy mavandy iao . [21] Avy teo iao da nandeha tagny ame faritr'i Syria sy Kilikia. [22] Tsy mbola
fantatry teo amin'e fiangonan'i Jodia izay ao amin'i Kristy iao. [23] Regnindreo fotsiny gne voazaka hoe : " Igny lelà izay
nagnenjiky antsika taloha amin'izao fotoagny izao igny da nagnambara gne finoagny izay niezahany nopotehigny taloha."
[24] Noho izany indreo da nidera an'Andriamanitry nohon'e aminà.

## Chapter 2

[1] Efatry ambin'ny folo taogny taty afara da niakatry ta Jerosalema indraiky iao niaraky tamin'i Barnabasy, da nitondra
an'i Titosy niaraky tamina. [2] Niakatry tagny nohon'e fagnambaragny raiky iao da nametraky tamindreo e filazantsara izay
toriko ame Jentilisa. Niresaky mitokagny tame noeritreretigny ho manandanja iao, mba azahoagny antoky fa tsy
niazakazaky na efa niazakazaky very maigny iao. [3] Fa ndre i Titosy, izay niaraky tamina izay Grika, da nodridrigny
hoforagny. [4] Niditry mangingigny io rahalà sandoky io mba hitsikilo e fahafahagny anagnanay ao amin'i Kristy Jesosy.
Nagniry e hagnandevo anay indreo, [5] fa tsy nety nagneky an'izany ndre ho fotoagny kidikidy iay, mba hipetrahan'e
fahamarinan'e Filazantsara aminareo. [6] Fa e noheverigny ho manan-ndanja(ndre ino ndre ino indreo da tsy mampagnino
ana, Andriamanitry da tsy miangatry) _ zakaiko,indreo, izay heverigny ho manan-danja da tsy nagnampy ndre ino ndre
ino tamina. [7] Mifanohitry amin'izany, hitandreo fa nagnankinagny e Filazantsara ho ndreo tsy voafora iao, akò e
nagnankinan'i Petera e Filazantsara ame voafora. [8] Fa Andriamanitry, izay niasa tao amin'i Petera ho ame maha-apostoly
ho an'izay voafora, da niasa tamina tatoa avakoa ho an'e Jentilisa. [9] I Jakoba, Kefasy, da Jaona, izay fantatry fa agnisan'e
nagnorigny e Fiangonagny, refa nahalala e fahasoavagny izay omegny ana, da nagnome e tagna ankavanan'e
fiombonagny ho anay am'i Barabasy indreo. Nanindreo izany mba ahafahanay mandea ame Jentilisa agny, sady mba
ahafahandreo mandea ame voafora. [10] Nangataky fotsiny indreo mba ahatsiarovanay e mahantra, da e raha tiako aniko
tokôtry. [11] Fa refa avy tagny Antioka i Kefasy, da nanohitry anazy t'amasony iao satria voazaka fa diso izy. [12] Talohan'e
nevisan'io lelà sasany avy lata amin'i Jakoba io, da miaraky misakafo ame Jentilisa eo mintsy i Kefasy. Fa raha avy io lelà
maromaro io, da nijanogny izy sady nisitaky lavitry e jentilisa. Nalia e olo nitàky famoragny izy. [13] E sisa tame Jiosy koa
moa da niaraky tam'izany fiatsarambelatsihy izany. Ndre i Barnabasy aza da voavily lalagny niaraky tamindreo tame
fiatsaram-belatsihindreo. [14] Fa refa hitako fa tsy magnaraky fahamarinan'e filazantsara e fitondran-tegnandreo, da nizaka
tamin'i Kefasy ankatrefandreo iao hoe: "Raha Jiosy anao ka miaigny ako e Jentilisa fa tsy ako e Jiosy, akoignaia e
ahafahanao handetry e jentilisa hiaigny ako e Jiosy?" [15] Fa antsika da Jiosy tame alalan'e fahaterahagny fa tsy mpanota
jentilisa; [16] fantatsika anefa fa tsy misy olo hamarinin'e asan'e lalàgny fa ame alalan'e finoagny an'i Kristy Jesosy. Antsika
avakoa da avy ame finoagny an'i Jesosy Kristy mba ho hamarinigny ame finoagny an'i Kristy fa tsy ame asan'e lalàgny. Fa
tsy hisy nofo hohamarinigny ame asan'e lalàgny. [17] Fa raha mitady hohamarinigny ao amin'i Kristy antsika, antsika
avakoa, da hita fa mpanota, sa mandrisiky ame fahotagny i Kristy? Avy da diso izany! [18] Fa raha manangagny indraiky e
raha efa noravako taloha iao, da magnaporofo e tegnako ho mpandika lalàgny iao zay. [19] Fa tame lalàgny e nahafatesako

ame lalàgny, mba ho velogny ho amin'Andriamanitry iao. [20] Nofantsihagny niaraky tamin'i Kristy iao. Tsy iao sanaky e
velogny, fa i Kristy e velogny agnatiko atoa. E fianagny iaignako amin'izao fotoagny izao da iaignako ame finoagny e
Zanak'Andriamanitry, izay tia anà sady nanolotry e tegnany ho anà. [21] Tsy agniliky e fahasoavan'Andriamanitry iao, fa
raha azo ame lalàgny e fahamarinagny, da tsy misy dikany e nahafatesan'i kristy!

Chapter 3

[1] E ry Galatiana Mola! Ia gne namosavy anareo? Tamasonareo mitsy gne nagnaboahagny an'i Jesosy Kristy voafantsiky. [2]
Iao avao gne raha tiako ianaragny aminareo: Nandray gne Fagnahy tamign'asan'e lalàgny sa tamin'e finoagny izay
regninareo anareo? [3] Mola tokôtry me anareo? Niatomboky tamin'e Fagnahy anareo, da hiafaragny amin'e nofo
amin'izao? [4] Fa raha tena zava-pôgny tokôtry ary izany, da efa niaritry raha maro tamin'e tsy misy dikany anareo? [5] izy
gne magnome gne fagnà anareo sady magnano asa mahagaga aminareo me da magnano izany amign'asan'e lalàgny, sa
amin'e fitenomagny amin'e finoagny? [6] Ako i Abrahama "nino an'Andriamanitry sady nisaigny ho fahamarinagny izany," [7]
da akô izany, fantaro, fa indreo izay amin'e finoagny da zanak'i Abrahama. [8] Gne Soratry Masigny, nahita mialoha fa
Andriamanitry hagnamarigny indreo Jentilisa amin'e finoagny, da nitory gne filazantsara mialoha tamin'i Abrahama,
nizaka hoe: "Avy aminao gne hitahiagny gne firenegny rehetra." [9] Koa, indreo izay amin'e finoagny da voatahy miaraky
amin'i Abrahama, izay olon'e finoagny. [10] Indreo izay miankigny amign'asan'e lalagny da ambanin'e ozogny; fa voasoratry
hoe: "Voaozogny izay rehetry tsy magneky gne raha rehetra voasoratry agnatin'e bokin'e lalàgny, sady magnano anizany."
[11] Amin'izao fotoagny zao da mazava fa tsy misy olo izay hamarinigny agnatrehan'Andrimanitry amign'alalan'e lalàgny,
satria gne marina da ho velogny amin'e finoagny. [12] Fa gne lalàgny da tsy araky gne finoagny, f'izy, "Gne olo izay magnano
gne asan'e lalàgny da tsy maintsy velogny amin'io." [13] Kristy nagnavotry antsika tamin'e ozon'e lalàgny tamin'e
nahatongavany ho ozogny ho antsika___fa voasoratry hoe: "Voaozogny agnaby izay mihantogny amin'e hazo"_ [14] mba ho
avy amin'e Jentilisa gne fitahian'Abrahama ao amin'i Kristy Jesosy, mba ho amin'e finoagny gne ahazoantsika izay
fampagnantenan'e Fanahy. [15] E rahalà, avelay iao hizaka araky gne fanin'olo. Ao amin'e fifagnarahagny ataon'e olo, tsy
misy afaky magnafoagny na magnampy izay ao, refa tafapetraky gne lalàgny izany. [16] Sady gne fampagnantenagny da
nizakainy tamin'i Abrahama izy amin'e taranakiny. Tsy mizaka izany hoe: "ho an'e taranaky," manondro olo maro, f'izy
olo raiky avao," "ho an'e taranakinao," da i Kristy. [17] Da izao gne tiako ho zakaigny: "Gne lalàgny, izay avy telo-polo sy efa-
jato taogny tafara taty, da tsy hahafoagny gne fagnekegny izay efa napetrak'Andriamanitry mialoha. [18] Fa raha avy amin'e
lalàgny gne lova, da tsy avy amin'e fampagnantenagny koa izany. Fa Andriamanitry nagnome izany an'i Abrahama
tamign'alalan'e fampagnantenagny. [19] Ino, zany, gne tanjon'e lalàgny? Nasiagny izany noho gne fandikan-dalàgny, mandra-
piavian'e taranak'i Abrahama eo amin'izay nanaovagny gne fampagnantenagny. Gne lalàgny da nanin'e mpagnalalagny
raiky ho manan-kery tamign'alalany gnanjely. [20] Gne mpagnalalagny da midika olo mihoatry gne raiky, kanefa
Andriamanitra da raiky. [21] Gne lalàgny me gne manohitry gne fampagnantenan'Andriamanitry? Sagnatrian'izany! Fa raha
nisy lalàgny nomegny izay afaky magnome fiainagny, da avy tamin'e lalàgny tokôtry gne fahamarinagny. [22] Fa gne Soratry
Masigny nagnagadra gne raha agnaby ambanin'e fahotagny. Nagnano izany Andriamanitry mba hagnomezagny ho
andreo mino gne fampagnantenagny gne hagnavotagny antsika amign'alalan'e finoagny an'i Jesosy Kristy. [23] Talohan'ny
gne nahatongavan'e finoagny, antsika da nitazomigny ho babo tambanin'e lalàgny, nigadraigny mandra-pisehoan'gne
finoagny. [24] Avy eo gne lalàgny da lasa mpiambigny antsika nandra-piavian'i Kristy, mba ho voamarigny amin'e finoagny
antsika. [25] Fa iao da avy izany finoagny izany, ka tsy eo ambanin'e mpiambigny mitsy antsika. [26] Fa anareo agnaby da
zanak'Andriamanitra ao amin'e finoagny an'i Kristy Jesosy. [27] Fa maro aminareo izay nanigny batisa tao amin'i Kristy, gne
nandray an'i Kristy. [28] Sady tsy misy mitsy gne Jiosy na Grika, gne andevo na olon'afaky, gne lelà na gne viavy, fa raiky
avao anareo ao amin'i Kristy. [29] Ka raha an'i Kristy anareo, da taranak'i Abrahama, sady mpandova araky gne
fampanantenagny anareo.

Chapter 4

[1] Mizaka iao fa gne mpandova, raha mbola zaza izy, da mitovy ame andevo, ndre topmon'e raha agnaby aza izy. [2] Kanefa
izy da eo ambany fahefandreo mpiambigny sy gne mpitahiry raha sarobidy Mandram-pahavin'e daty napetrak'i Abany. [3]
Da akô izay avakoa, antsika raha mbola zaza, da nandevozin'e lalàgny fitsipim-pianaragny am'izao tontolo izao. [4] Fa refa
avy gne fahafenoan'e fotoagny, da nandefa e zanany Andriamanitry, izay naterak' e viavy, nateraky tambanin'e lalàgny. [5]
Nagnano an'izany Izy mba hagnavotagny andreo izay ambanin'e lalàgny, amizay afaky mandray fananganagny ho
zanaky antsika. [6] Satria zanaky anareo, da nirahin'Andriamanitry ho ao am-pontsika gne Fagnahin'e Zanany, izay
mangaiky hoe : "Aba, Ray." [7] Noho izany tsy andevo esana anao, fa zanaky, sady raha zanaky, da mpandova
amign'alalan'Andriamanitry avakoa anao. [8] Fa tamin'io fotoagny io, raha mbola anareo tsy nahalala an'Andriamanitry, da
nanigny ho andevondreo izay, amin'e hery voajagnahary, da tsy Andriamanitry velively. [9] Fa Amin'izao anareo da lasa
nahalala an'Andriamanitry, na koa hoe lalan'Andriamanitry anareo, da ino gne hiveregnanareo amin'e abidim-
pianaragny malemy gne sady tsy misy dikany? Te ho andevozigny indraiky me anareo? [10] Mandiniky gne andro, izy
am'gne volagny da gne vanimpotoagny sy gne taogny anareo! [11] Matahotry gn'aminareo aho sao da zava-poagny gn'asako
taminareo. [12] Magnano azafady anareo iao, to rahalà magnamboara ako anà, satria iao avakoa da efa lasa akô anareo. Tsy
Nagnano ratsy taminà anareo. [13] Kanefa lalanareo fa noho gne aretim-batako e nagnamboarako anareo gne filazantsara


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tame voalohany. [14] Ndre da ninday anareo tame fakam-pagnà e toe-batako, da tsy nagnano tsinotsino ndre nagniliky anà anareo. Fa noraisinareo ako gne anjelin'Andriamanitry avakoa iao, ako iao magniny i Kristy Jesosy. [15] Noho izany, negnaia gne fahasoavanareo am'izao? Fa mijoro vavolombelogny aminareo iao fa, raha azonareo sady nomenareo anà izany. [16] Ka noho izany, efa lasa fahavalonareo me iao satria mizaka gne marigny aminareo? [17] Indreo da mazoto gne hitaogny anareo, fa tsy ame tsara. Fa te agnidy anareo agny ambadiky indreo, mba hanagnanareo zotom-po ho andreo. [18] Tsara avao e managny zotom-po ame tanjogny tsara, sady tsy refa miaraky aminareo avao iao. [19] Ô zanako, mbola mijaly amin'e fanaitaignan'e fiterahagny ho anareo indraiky iao mandra-piforon'i Kristy ao aminareo. [20] Magniry iao mba ho afaky miaraky aminareo amin'izao fotoagny izao sady agnova gne feoko, satria sahiran-tsaigny noho gne aminareo iao. [21] Zakay aminà , anareo izay magniry ho eo ambanin'e lalàgny, kaiky tsy miteno e lalàgny me anareo? [22] Satria voasoratry fa i Abrahama da nanagnanaky roy lahy, e raiky avy ame andevo viavy da gne raiky avy ame viavy afaky. [23] Fa e raiky nateraky gne andevo viavy araky e nofotry, fa e raiky hafa da nateraky gne viavy tame zaka fampagnatenagny. [24] Da io raha io da azo rasaigny akô gne fagnoharagny, satria io viavy io da magnambara fagnekegny roy. Gne raiky amindreo da avy ame tendrombohitr'i Sinay sady niteraky zaza izay andevo izy. Izy io da i Hagara. [25] Sady i Hagara da magnaboaky gne tendrombohitr'i Sinay agny Arabia; sady magnambara an'i Jerosalema amin'izao fotoagny izao, satria nandevozigny niaraky tame zanany izy. [26] Fa i Jerosalema izay agny ambony da afaky, sady izy gne renintsika. [27] Satria voasoratry hoe: " Mifalia , anao izay momba tsy miteraky. Miantsoantsoa mafy sady magnamboara hiaky fifaliagny, anao izay tsy mijaly ame fanaintainan'e fiterahagny. Satria gne zanakin'e viavy izay nafoy da maro nohon'e viavy manambady." [28] Fa anareo, ro rahalà, akô i Isaka, da zanaky gne fampagnatenagny. [29] Tamin'izany fotoagny izany gn'olo izay teraky araky e nofotry da nagnenjiky izay teraky araky gne Fagnahy. Da akô izany avao gn'amin'izao fotoagny izao. [30] Kanefa ino gne zakain'e soratra masigny? "Alefaso gne andevo viavy izy ame zananany lahy. Fa gne zanaky lahin'e andevo viavy da tsy hizara lova miaraky ame zanaky lahin'e viavy afaky." [31] Noho izany,rô rahalà, tsy zanakin'e andevo viavy itsika, fa zanakin'e viavy afaky.

Chapter 5

[1] Ho ame fahafahagny gne nagnafahan'i Kristy antsika. Mioregna tsara, noho izany, ka magneky ho ambany ziogan'e fagnandevozagny koa. [2] Itoa, Iao, Paoly, mizaka aminareo fa raha mazoto ho foragny anareo, da tsy hahasoa anareo ame fomba maro amin'i Kristy. [3] Mijoro vavolombelo ame olo tsiraikiraiky izay mamela gne tegnany ho voafora indraiky iao fa voatery hagnaraky gne lalàgny agnaby izy. [4] Tafasaraky tamin'i Kristy anareo, izay te ho hamarignigny ame lalagny; sady tsy miaigny ame fahasoavagny sanaky anareo. [5] Fa ame alalan'e Fagnahy, ame finoagny gne handraisatsika fatratry gne fagnantegnagny gne fahamarinagny. [6] Amin'i Kristy Jesosy da tsy midika ndre ino ndre ino na voafora na tsy voafora, fa gne finoagny da miasa ame fitiavagny avao. [7] Fa nihazakazaky tsara anareo. Ia gne nisakagny anareo amin'e fankatoavagny gne marina? [8] Izany fandresen-dahatry izany da tsy avy amin'azy nangaiky anareo. [9] Lalivay kidikidy gne ampitombo gne koba agnaby. [10] Fa matoky gne Tompo iao fa tsy handray fomba fijery hafa anareo. Fa gne raiky izay mampikorontagny anareo gne hagnefa sazy, ndre ia izy ndre ia izy. [11] E rahala! raha mbola mitory gne ame famoragny iao, nagnino iao gne mbola enjehigny? amin'izay da ho afaky tokotry fahafitohinan'e hazo fijaliagny. [12] Fa ho andreo izay magnakorontagny anareo, enga anie ka hanapaky e tegnany indreo! [13] Fa nangiagny ho ame fahafahagny anareo, rahalà. nefa ka ampiasaigny ho irikiy amin'e filan'e nofo gne fahafahanareo; f'izy amign'alalan'e fitiavagny da mifanompoa. [14] Fa gne lalàgny agnaby da tanteraky ao ame didy raiky; ao amin'gne: "Tsy maintsy mitia e namanao ako e tegnanao anao." [15] Fa raha mifagnekitry sady mifampihinagny anareo, da mitandrema sao hifandringagny. [16] Fa hoy iao se, mandiana arak'e Fagnahy da tsy hahatanteraky izay filan'e nofo anareo. [17] Fa manohitry gne Fagnahy gne filan'e nofo, da manohitry gne filan'e nofo gne fagnirian'e Fagnahy. Fa mifanohitry indreo, mba tsy hahafahanareo magnano izay raha tianareo. [18] Fa raha tarihin'e Fagnahy anareo da tsy ho ambanin'e lalàgny. [19] Amin'izao fotoagny izao da mibaribary gne asan'e filan'e nofo: fijangajangagny, fahalotoagny, fijejoagny, [20] fanompoan-tsampy, famosaviagny, fankahalagny, fifandiragny, fahasarotam-piaro, fipoahan'e fahavigniragny, fifandrafiagny, fisaraham-bazagny, fizarazaragny, [21] fialognagny, fahamamoagny, fagnakorontagnangny, da raha mitovy amin'izany. Mampitandrigny anareo iao, ako efa nampitandremiko anareo taloha, fa tsy handova gne fanjakan'Andriamanitry indreo izay mampihatra io raha io. [22] Fa gne vokatr'e Fagnahy da fitiavagny, fifaliagny, iadagnagny, faharetagny, hatsaram-pagnahy, fanaovan-tsoa, finoagny, [23] fahalemem-pagnahy, da fahafehezan-tegna; tsy misy lalagny manohitry raha mitovy amin'izany. [24] Indreo izay an'i Kristy Jesosy da efa nanombo gne toetry feno fahotagny niaraky tame fahafinaretagny izy ame filàgny. [25] Raha miagny ame Fagnahy antsika aleo handeha ame fagnahy agnaby. [26] Aoka isika tsy ho lasa mpieboebo, mifandrangitry, ary mifampialogny.

Chapter 6

[1] Ô rahalà, raha misy olo azon'e ota, anareo izay ara-pagnahy gne tokony hangnapody an'izany indraiky ame fahamoram-pagnahy. Miheritrereta e tegnanao, mba tsy ho halaim-pagnahy koa anao. [2] Mifampindesa gne mavesatry, sady amin'izany da amboaro gne lalàgnin'i Kristy. [3] Fa raha misy olo mihevitry gne tegnany ho raha kanefa tsisy dikany, da mamitaky gne tegnany izy. [4] Tokony handiniky gne asany agnaby gne tsiraidraiky, mba ho ame tegnany avao gne antony hireharehany fa tsy ame olo-kafa. [5] Fa samy hiday gn'entany agnaby gne olo tsiraidraiky. [6] Gn'olo izay nampianarigny gne


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

zaka da tsy maintsy mizara gne raha tsara anagnany am'izay mampianatry. 7 Ka mety ho fitahiagny. Tsy azo
sangisangiagny Andriamanitry, fa gne raha agnaby ambolen'olo, gne ho ho hilainy avakoa. Hoan'i gne mamboly voa ame
toetriny feno fahotagny, da avy amin'izany no hihilany fahasimbagny. 8 Izay mamboly voa ame Fagnahy, amin'e Fagnahy
no hihilany e fiainagny mandrakizay. 9 Ao itsika mba tsy ho reraky amin'e fagnamboaragny e tsara, fa hihila e vokatry
itsika ame fotoagny mety, raha tsy milavo lefogny itsika. 10 Ka noho izany, satria managny fahafahagny isika, da
magnamboara gne tsara ame olo aby atsika, indrindra fa amin'e fianakavian'e finoagny. 11 Iteo gne hazakaben'e soratry
izay nosoratan'e tagnako ho anareo. 12 Indreo te hiseo ho tsara ame nofo e miezaky manery anareo mba hoforaigny.
Mambotry izany indreo mba hialany ame fagnenjehagny nohon'e gn'amin'e hazofijalian'i Kristy. 13 Ndre da indreo tsy
voafora aza da tsy mitandrigny gne lalàgny, nefa tian-dreo hoforaigny anareo mba hireharehandreo ame nofonareo. 14
Nefa tsy hirehareha ndre ovia ndre ovia afa-tsy gn'amin' e hazofijalian'i Jesosy Kristy Tompontsika anie iao, izay
nanombohagny an'izao tontolo izao taminà, fa iao teo amizao tontolo izao. 15 Fa gne famoragny na gne tsy famoragny da
samby tsy misy dikany. 16 Ho andreo aby izay miaigny arak'izany fomba izany, da ho amindreo anie gne fiadanagny izy
ame famindram-po, na ame Israelin'Andriamanitry. 17 Manomboky am'izao da aoka tsy hisy hagnabarabara anà, fa
mitondra gne marik'i Jesosy ame vatako iao. 18 Ho ame fagnahinareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompotsika, rô
rahalà. Amena.

# Ephesians

## Chapter 1

1 Paoly, apostolin'i Jesosy Kristy arak'e sitrapon'Andriamanitry, ho an'e olo masin'Andriamanitry agny Efesosy, izay
mahatoky ao amin'i Kristy Jesosy. 2 [Fagnamarihagny: Misy fandikagny sasany mangala gne hoe: "Ao Efesosy" f'izy mety
ao ame taratasin'i Paoly tame voalohany izany.] Ho aminareo gne fahasoavagny izy ame fiadanagny avy
amin'Andriamanitry Raintsika izy amin'i Jesosy Kristy Tompo. 3 Deraigny anie gne Andriamanitry sady Rain'i Jesosy Kristy
Tompontsika, izay nitahy antsika tao amin'i Kristy tame fitahim-pagnahy agnaby lat'an-dagnitry ao amin'i Kristy. 4
Andriamanitry nifidy antsika tao amin'Azy nanomboky tame fanombohan'izao tontolo izao, mba ho masigny sady tsy
manan-tsigny eo agnatrehany itsika. 5 Andriamanitry da nisafidy antsika mialoha ho ame fananganagny ho zanaky tame
alalan'i Jesosy Kristy, arak'e sitrapony. 6 Gne fananganagny antsika da minday ame fideragny gne fahasoavagny be
voninahitry izay nomeny antsika fotsipotsiny tame Raiky izay tiany. 7 Ao amin'i jesosy Kristy da mahazo fagnavotagny
ame ràny izy ame famelan-keloky itsika, arak'e harem-pahasoavagny. 8 Narotsakiny tamintsika tame fahendregny izy
ame fahalalagny aby izany fahasoavagny izany. 9 Nanin'Andriamanitry fantatry tamintsika e raha miafin'e sitrapony,
arak'izay tiany, sady izay naboakiny tao amin'i Kristy, 10 niaraky tame fandaharagny raiky ame fahafenoan'e fotoagny,
handagnonagny gne raha agnaby, ety an-tany izy ame an-dagnitry, ho loha raiky, ndre i Kristy aza. 11 Ao amin'i Kristy da
voatendry ho mpandova itsika. Nofidigny mialoha arak'e fandaharan'e mampiasa gne raha agnaby arak'e tanjon'e
sitrapony itsika. 12 Andriamanitry nanendry antsika ho mpandova mba ho itsika e managny fahatokiagny voalohany ao
amin'i Kristy, mba ho fideragny e voninahitriny itsika. 13 Tao amin'i kristy, anareo koa, refa naharegny gne zakan'e
fahamarinagny, da gne filazantsaran'e famonjegny anareo, da nino an'Azy anareo sady voatomboky tame Fagnahy
Masigny nampagnantegnaigny, 14 izay antoky ho an'e lovantsika mandra-pazahoantsika tanteraky izany, ho fideragny e
voninahitriny. 15 Noho izany antony izany, nanomboky tame naharegnesako gne finoanareo gne Tompo Jesosy sady gne
fitiavanareo gne olo-masiginy agnaby, 16 da tsy nijanogny gne nisaotry an'Andriamanitry iao nohon'e aminareo sady
tadidiko am-bavaky anareo. 17 Mivavaky iao mba gne Andriamanitrin'i Jesosy Kristy Tompontsika, gne Rain'e voninahitry,
hagnome anareo gne fagnahin'e fahendregny izy ame fagnambaragny ame fahalalagny an'Azy. 18 Mivavaky iao mba
hagnazavagny gne mason'e fonareo. mba hahafantaranareo gne toky izay nangiagny anareo izy ame tanjak'e
voninahitrin'e lovany eo ame olo-masin'Andriamanitry agnaby. 19 Ao ame fivavako da mangataky iao mba
hahafantaranareo gne fihohafan'e hazakaben'e heriny ao amintsika izay mino, arak'e fiasan'e heriny zakabe. 20 Izany hery
izany avao gne nampiasain'Andriamanitry tao amin'i Kristy refa natsangany tame maty Izy sady napetrakiny t'an-
tagnany ankavanagny tagny an-dagnitry. 21 Kristy da napetrany ho ambonin'e lalàgny izy ame fahefagny sady gne hery izy
ame fitsaragny, sady gne agnaragny agnaby izay misy. Hanapaky i Kristy, tsy ho amin'izao vanim-potoagny izao avao, fa
ho ame vanim-potoagny ho avy avakoa. 22 Napetrak'Andriamanitry ho ao ambanin'e tongotr'i Kristy agnaby gne raha
agnaby sady nantolotriny ho lohan'e raha agnaby ao ame fiangonagny Izy. 23 Gne fiangonagny gne vatany, gne
fahafenoan'E mameno gne raha agnaby ame endrikiny agnaby.

## Chapter 2

1 Sady gne momba anareo, da maty tao agnatin'e fahadisoanareo izy ame fahotanareo anareo. 2 Tao amin'izany
fahadisoagny izany e niaignanareo taloha arak'e fomban'izao tontolo izao. Niaigny arak'e mpanapaky gne fahefagny egny
ame rivotry anareo, gne fagnahy izay miasa ao amin'e zanak'e tsy fagnekegny. 3 Niaigny teo amin'io olo io itsika taloha,
nagnatanteraky e filan-dratsin'e nofontsika, sady nagnatanteraky gne fagnirian'e nofo izy ame saigny. Efa voahary ho
zanak'e fahavigniragny, ako gne zanak'olombelo sisa itsika. 4 F'izy manan-karegna famindram-po Andriamanitry
nohon'ilay fitiavany zakabe izay nitiavany antsika. 5 Tamintsika mbola maty tao agnatin'e fahadisoagny, da novelominy

niaraky tamini'i Kristy _ tame fahasoavagny gne namonjegny anareo. 6 Niara-natsangan'Andriamanitry itsika, sady niara-
napetrany tao an-dagnitry ao amin'i Kristy Jesosy, 7 mba afahany mampiseho antsika ame vanim-potoagny ho avy gne
haben'e haren'e fahasoavagny izay tsy azo refesigny aboakiny ame hatsaram-pagnahiny amintsika ao amin'i Kristy Jesosy.
8 Fa tame fahasoavagny e namonjegny anareo tame alalan'e finoagny, f'izy tsy avy aminareo izany, fa
fagnomezan'Andriamanitry. 9 Tsy ame asa gne fahasoavagny mba tsy hisy hirehareha. 10 Fa asan'Andriamanitry itsika,
noforonigny tao amin'i Kristy Jesosy mba hagnano asa izay fandaharan'Andriamanitry efa ela ho antsika, mba
handehanantsika amindreo. 11 Noho izany tadidio fa jentilisa tame nofo anareo taloha. Anareo da angiagny hoe "tsy
voafora" ao ame nofo namboarin'e tagnan'olombelo. 12 Satria mbola tafasaraky tamin'i Kristy anareo tamin'izany fotoagny
izany. Mpivahiny anareo teo ame vahoakan'Israely. Sady vahiny tame fagneken'e fampagnantegnagny anareo. Tsy mbola
nanagny fagnantegnagny gne ame ho avy anareo. Tsy niaraky tamin'Andriamanitry anareo teto amin'izao tontolo izao. 13
Fa amin'izao fotoagny izao ao amin'i Kristy Jesosy anareo izay lavitry an'Andriamanitry taloha da nampagnakekezigny
tame ran'i Kristy. 14 Satria Izy gne fihavanantsika. Izy e nahaavy gne roy ho raiky. Tame nofony e nandrodanagny e
rindrin'e fanoheragny izay nampizarazara antsika. 15 Izany hoe, Nofoanany gne lalàgnan'e didy izy ame fitsipiky mba
hagnamboarany olom-baovao raiky ao amin'Azy, sady mba hagnamboaragny fampihavanagny. 16 Kristy da
mampihavagny gne vahoaky roy tonta ho vatagny raiky amin'Andriamanitry ame alalan'e hazofojaliagny, izay mamono
gne fanoheragny. 17 Fa avy Jesosy da nitory fihavanagny ho anareo izay lavitry sady fihavanagny ho an'izay akeky. 18 Fa
ame alalan'i Jesosy gne hanagnatsika roy tonta fifandraisagny ame Fagnahy raiky mandea agny amin'i Aba. 19 Noho izany,
tsy vahiny sady tsy mpivahiny sanaky anareo jentilisa izao. Fa vao maiky mpiray firenena miaraky ame olo-
masin'Andriamanitry. 20 Efa naorigny tame fototry fananganagny gne apostoly izy ame mpaminany anareo, sady Kristy
Jesosy mintsy gne vato fehizoro. 21 Ao amin'Azy e hikambanan'e fananganagny agnaby sady hitomboany akò e
fiangonagny ao amin'i Tompo. 22 Ao amin'Azy avao gne hananganagny anareo miaraky ho fipetrahagny ho
an'Andriamanitry ao ame Fagnahy.

Chapter 3

1 Noho izany, iao Paoly, da gadran'i Kristy Jesosy ho anareo jentilisa. 2 Aniko fa naharegny gne fitantagnagny gne
fahasoavan'Andriamanitry izay nomegny ana ho anareo anareo. 3 Manoratry arak'e fagnambaragny nampahafantarigny
anà iao. Izany gne marina miafigny mikasiky gne nosoratako fohifohy taminareo. 4 Refa mamaky izany anareo, da ho
afaky hahazo gne fomba fahazahoako izany marina miafigny izany momban'i Kristy izany. 5 Tame taranaky hafa da tsy
nanigny fantatr'e zanak'olombelo izany marina izany. Fa amin'izao fotoagny izao da nambara tame alalan'e Fagnahy
tame Apostolo izy ame mpaminany izay voatokagny ho amin'ity asa ity. 6 Izany marina miafigny izany da mizaka fa gne
jenitilsa da mpiara-mandova, sady mpiara-miombogny ame vatagny, sady mizara fampagnantegnagny ao amin'i Kristy
Jesosy ame alalan'e filazantsara indreo. 7 Fa lasa mpanompon'izany filazantsara izany iao tame
fahasoavan'Andriamanitry nomegny anà tame alalan'e fiasan'e heriny. 8 Nomen'Andriamanitry anà izany fagnomezagny
izany, ndre da iao gne faran'e kidy indrindra ame olo-masin'Andriamanitry. Izany fagnomezagny izany da gne mba
hitoriako ame jentilisa gne filazantsaran'e haren'i Kristy sarotry tadiavigny. 9 Gne fagnomezam-
pahasoavan'Andriamanitry ho anà da gne hindesako fagnazavagny ame olo agnaby gne fandaharan'Andriamanitry. Io
fandaharagny io da nafinin'Andriamanitry, gne nahary gne raha agnaby, nanditry gne taogny maro taloha. 10
Nampahafantarigny tame fiangonagny izany fandaharagny izany mba hahalasa gne mpanapaky izy ame manam-
pahefagny agny an-dagnitry hahalala gne toetry maron'e fahendren'Andriamanitry. 11 Nitranga arak'e fandaharagny
mandrakizay izay tanterakiny tao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika izany. 12 Fa ao amin'i Kristy gne hanagnantsika
fahasahiagny sady lalagny am-pahatokiagny nohon'e finoantsika an'Azy. 13 Noho izany miangavy anareo iao mba tsy ho
kivy nohon'e fijaliako ho anareo, izay voninahitrareo. 14 Noho izany da mandohaliky eo agnatrehan'e Ray iao, 15 izay
nagnome agnara gne fianakaviagny aby agny an-dagnitry izy ame eto an-tany. 16 Mivavaky iao mba hagnomezany anareo,
arak'e haren'e voninahitriny, mba hatanjaky amin-kery ame alalan'e Fagnahy Masigny, izay ao aminareo. 17 Mivavaky iao
mba hitoetry am-ponareo ame finoagny an'i Kristy, mba hifototry sady hiorigny ame fitiavany anareo. 18 Hahazo hery anie
anareo mpino aby, gne sakany, gne halavany, gne ahabony, da gne halaligniny, 19 Sady mba hahalala gne fitiavan'i Kristy,
izay mihoatry gne fahalalagny agnaby, da mba ho fenon'e fahafenoan'Andriamanitry agnaby anareo. 20 Sady ho an'Azy
izay mahavita magnano mihoatry izay angatahintsika na eritreretintsika, arak'e hery izay miasa ao agnatintsika, 21 ho
an'Azy gne voninahitry ao ame fiangonagny sady ao amin'i Kristy Jesosy hatram'e taranaky agnaby mandrakizay doria.
Amena.

Chapter 4

1 Noho izany, iao, ame maha gadra ho an'e Tompo anà, da mandrisiky anareo mba handeha am-pahendregny ame antso
izay nangiagny anareo. 2 Mandrisiky anareo iao mba hanagny fanetren-tegna zakabe, fahatsoragny, da faharetagny,
mifandefitry ame fitiavagny. 3 Magnamboara izay faran'e herinareo mba hitahirizagny gne firaisan'e Fagnahy ame fehin'e
fihavanagny. 4 Raiky avao gne vatagny da raiky avakoa gne Fagnahy, akò gne nangiagny anareo tame fagnantegnan'e
fangiagny anareo raiky avakoa. 5 Sady raiky avao gne Tompo, raiky gne finoagny, raiky gne batisa, 6 da raiky avao
Andriamanitry sady Aban'e agnaby, izay ambonin'e raha agnaby sady ame alalan'e raha agnaby sady ao ame raha


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

agnaby. [7] Itsika tsiraidraiky agnaby da nomegny fahasoavagny arak'e haben'e fagnomezan'i Kristy. [8] Arak'e zakan'e Soratry Masigny izany hoe: "Refa niakatry tame ambony Izy, da ninday gne babo ho ame fahababoagny, sady nanolotry fagnomezagny ho an'e vahoaky Izy" [9] Ino gne hevitr'e hoe: "Niakatry Izy," raha tsy hoe nidigny tame faritry ambanin'e tany avakoa izy? [10] Izy nidigny avao gne olo niakatry ambony an-dagnitry tagny, mba afahany mameno gne raha agnaby. [11] Kristy da nanolotry gne sasany ho apostôly, gne sasany ho mpaminany, gne sasany ho evanjelista, da gne sasany ho pasitera sady mpampianatry. [12] Nagnome gne asa Izy mba hagnampiagny gne vahoakiny masigny ho ame asa fanompoagny, ame fagnoregnagny gne vatan'i Kristy. [13] Manohy magnorigny gne vatany Izy mandra-pahatratraratsika agnaby gne firaisam-pinoagny izy ame fahalalagny gne Zanak'Andriamanitry, sady mba ahavy antsika ho matotry da mba hahatratry gne haben'e fahafenoan'i Kristy. [14] Magnorigny antsika Kristy mba tsy ho ako gne zaza izay atopatopakin'e onja sanaky itsika, sady tsy ho entin'e rivotr'e fampianaragny izy ame hafetsen'olo ame tetiky feno fitaky. [15] Fa itsika, ame fizakagny gne fahamarinagny ame fitiavagny, da tokony hitombo ame fomba agnaby ao amin'Izy izay loha, izany hoe, Kristy. [16] Kristy da manangagny gne tegna agnaby, da nakambagny sady natambatry tame isan-tognony izany, sady refa miasa miaraky io, da mahaavy gne vatagny hitombo mba hampiorigny gne tegnany ame fitiavagny. [17] Noho izany, da mizaka sady manindry mafy an'izany ao ame Tompo iao, mba tsy hiaigny mitovy ame Jentilisa sanaky anareo, ame fahafoagnan'e fisaignandreo. [18] Mizigny gne fahalalandreo, tafasaraky ame fiainan'Andriamanitry nohon'e tsy fahalalagny ao amindreo, nohon'e fahamafisam-pondreo. [19] Tsy mahalala megnatry indreo sady nagnome gne tagnandreo ho ame filan'e nofotry, sady manohy magnano izay karazam-pahotagny agnaby izao. [20] Fa tsy izany gne fomba nianaranareo gne momban'i Kristy. [21] Inoako fa naregny gne makasiky an'Azy anareo, sady nampianarigny tamin'Azy, satria gne fahamarinagny da ao amin'i Jesosy. [22] Nampianarigny anareo mba hagnary gne fomba fiainanareo taloha, mba hagnary gne toetry taloha. Gne toetry taloha izay simba nohon'e fitak'e filagny. [23] Nampianarigny anareo mba hiova vaovao ao ame fagnahin'e sainareo, [24] sady hitafy gne olom-baovao izay nohariagny arak'e endrik'Andriamanitry _ ao ame tena fahamarinagny izy ame fahamasinagny. [25] Noho izany, elay gne vandy, sady aleo anareo tsiraidraiky hifampizaka gne marina ame nama, satria samy isan'e rantsagny agnaby itsika. [26] Mivignira fa ka manota. Ka apetraky ho tratrin'e masoandro mody gne havigniranao. [27] magnome hiriky ho an'e devoly. [28] Izay mangalatry da tsy tokony angalatry sanaky. Tsy maintsy miasa izy, magnano asa tsara ame tagnany, mba hanagnany raha ho zaraigny ho andreo ao agnatin'e tsy fahampiagny. [29] Ka apetraky hisy zaka maloto hijotso avy ame vavanareo. Mampiasà zaka izay ilaigny ame fagnitsiagny gne hafa, arak'izay ilaindreo, mba tena hagnampy an'izay miteno anareo gne zakanareo. [30] Sady ka mampalahelo gne Fanahy Masin'Andriamanitry, fa avy amin'Azy gne nagnamboaragny tombo-kase anareo ho ame andron'e fagnavotagny. [31] Elay gne lolom-po agnaby, gne haromontagny, gne havigniragny, gne fifamaliagny, sady gne fifampizakan-dratsy, miaraky ame karazan'asa ratsy agnaby. [32] Manàgna fahalemem-pagnahy ame tsiraidraiky aby, gne fahatsoram-po, mifamelà heloky, ako gne namelan'Andriamanitry anareo tao am'i Kristy.

## Chapter 5

[1] Noho izany aoka mba ho mpangalatahaky an'Andriamanitry, mitovy ame zanaky malala. [2] Sady mandehana ame fitiavagny, arak'e nitiavan'i Kristy antsika avakoa izy ame nagnomezany gne vatany ho antsika, fagnatitra magnim-pofogny izy ame sorogny ho an'Andriamanitry. [3] Fa tsy tokony hisy ndre da resaky fijangajangagny na karazam-palotoagny na tsy fahonognan-tegna eo aminareo, fa tsy mendriky gn'olo-masin'Andriamanitry izany. [4] Ao tsy hisy mamoafady, resaky adaladala, sady fagnabarabaragny tafahoatry _ fa tsy mendriky agnaby io. F'izy tokony hisy fankasitrahagny. [5] Fa afaky mahazo antoky gne amin'izany anareo, fa tsy hisy mpijangajanga, maloto, na gne mpierigny _ izany hoe, mpanompo sampy _ managny lova ao ame fanjakan'i Kristy Izy amin'Andriamanitry. [6] Ao tsy hisy hamitaky anareo ame zaka avao, satria noho io raha io da avy ame zanak'e tsy fagnekegny gne havigniran'Andriamanitry. [7] Noho izany, ka mikambagny amindreo. [8] Fa mizigny anareo taloha, fa izao anareo da fahazavagny ao ame Tompo. Mandehana akò gne zanak'e mazava, [9] ( fa gne vokatry gne fahazavagny da ao ame fahatsaragny agnaby, ame fahitsiagny, izy ame fahamarinagny ). [10] Sady tadiavo izay mahafinaritry gne Tompo. [11] Ka mikambagny ame asa tsy mamokatry gne haizigny, fa abaribario izany. [12] Fa mahamegnatry gne mitogno gne raha anindreo ndre ame miafigny. [13] Fa refa hazavain'e fahazavagny gne raha raiky, da lasa mibaribary. [14] Fa gne raha agnaby izay mibaribary da fahazavagny. Noho izany da voazaka hoe: "Mifohaza, anao matory, sady mitsangana ame toeran'e maty, da hamiratry aminao Kristy." [15] Mitandrema ame fomba fiaignanao _ tsy ako gne tsy hendry fa ako gne hendry.

[16] Araraoty gne fotoagny satria izao andro izao da ratsy. [17] Noho izany, ka misarimola, fa takaro hoe ino gne sitrapon'e Tompo. [18] Sady ka magnano mamon'e divay, fa minday ame fahasimban-toetry izany. F'izy, aleo ho fenon'e Fagnahy Masigny, [19] mifampiresaha aminareo samby anareo ame salamo izy ame fihiragny sady hiram-pagnahy, mihirà sady mikaloa ame Tompo ame fonareo agnaby. [20] Misaora manadrakariva ame raha agnaby, ame agnaran'i Jesosy Kristy Tompontsika ho an'Andriamanitry gne Ray, [21] mifanolora tegna am-pagnajagny ho an'i Kristy. [22] E raviavy, magnekea gne vadinareo, ako gne ame Tompo. [23] Fa gne lela gne lohan'e vavy akò i Kristy lohan'e fiangonagny avakoa, sady i Kristy tegnany gne mpamonjy. [24] Fa akò gne hagneken'e fiangonagny an'i Kristy, da akoizany koa gne tokony hagneken'e viavy gne vadiny ame raha agnaby. O lela, tiavo gne vadinareo, ako gne nitiavan'i Kristy gne fiangonagny izy ame nagnomezany an'azy gne ainy. Nanolotry gne vatany ho an'e fiangonagny i Kristy mba afahany magnamasigny an'azy, tame fagnadiovagny an'azy tame rano fanasagny ame zaka, mba afahany magnaboky an'azy ho be voninahitry eo

amin'Azy, tsisy prntigny ndre kentrogny ndre raha ako izany, fa masigny sady tsisy diso. Ako izany avakoa gne lela da tokony ho tia gne vadindreo aby mitovy ame vatandreo. Izy izay gne vadiny da tia gne vatany avakoa. Tsy mbola nisy nalaigny gne vatany, fa mamahagny sy mikarakara izany tsara izy, mitovy amin'i Kristy mamahagny gne fiangonagny sy mikarakara an'azy avakoa, satria itsika da ratsam-batany. Noho izany antony izany gne lela da hiala an'i abany izy amin'i endreny ka hikambagny ame vadiny, sady izy roy da ho lasa nofotry raiky avao. Zakabe izany fahamarinagny miafigny izany _ fa iao da miresaky momban'i Kristy izy ame fiangonagny. Kanefa, gne tsiraindraiky aminareo avakoa da tokony ho tia gne vadiny aby ako gne vatany, sady gne viavy da tokony hagnaja gne vadiny.

Chapter 6

[1] E anaky eh! magnekea gne ray aman-dreninareo ao ame Tompo, satria mety izany. [2] "Hajao i abanareo izy amin'i
endrinareo" (izany gne didy voalohany misy fampagnantegnagny ), [3] "mba hahita soa anao sady mba ho lava andro
iaignagny eto ambonin'e tany." [4] Anareo ray, ka minday gne zanakareo ho ame fahavigniragny. Fa tezay ame fitsipiky izy
ame fampianaran'e Tompo indreo. [5] O mpanompo ô! magnekea gne tomponareo ety an-tany ame haja ambony izy ame
fangovitagny, ame fahatsoram-poanreo. [6] Magnekea andreo akò gne hagnekenareo an'i Kristy. Magnekea tsy eo amason'e
tomponareo avao mba hankasitrandreo. Fa, magnekea akò gne mpanompon'i Kristy, izay magnano gne
sitrak'Andriamanitry ame foanareo manontolo. [7] Manompoa ame fonareo manontolo, akò gne hoe manompo gne Tompo
anareo fa tsy olo, [8] satria fantatrintsika fa ndre ino ndre ino asa tsara anin'e olo tsiraidraiky, da handray valim-pitia avy
ame Tompo izy, na andevo izy na olon-kafa. [9] Anareo Tompo, magnamboara akò io raha io avakoa ame mpanomponareo.
Ka mampihorohoro andreo. Fantatrinareo fa Izy izay sady Tomponareo gne Tompondreo da agny an-dagnitry, sady tsisy
fiangaragny ao Amin'azy. [10] Farany, mahereza ao ame Tompo izy ame tanjak'e heriny. [11] Tafio gne fiadian'Andriamanitry
agnaby, mba afahanao mijoro manohitry gne tetiky gne devoly. [12] Fa gne adintsika da tsy manohitry gne nofotry izy ame
rà. Fa manohitry gne fanjakagny izy ame fahefagny ara-pagnahy izy ame mpanapaky gne fanjakan'e fahamizignan-
dratsy, manohitry gne fagnahy ratsy agny agny ame fitoeran-dagnitry. [13] Noho izany isikino aby gne
fiadianan'Andriamanitry , mba ahafanareo mijoro amin'izao andron'e ratsy izao, sady refa vitanareo gne raha agnaby, da
hahatohitry anareo. [14] Mijoroa, noho izany, refa avy nagnano gne hetrin'e fahamarinagny izy ame fiarovan-tratran'e
fihitsiagny anareo. [15] Sady akò gne kiraro ho an'e tongotrinareo, da hapetahy gne fahavononagny hitory gne
filazantsaran'e fihavanagny. [16] Ame toe-javatry agnaby da raiso gne ampingan'e finoagny, izay afahanareo manohitry gne
zana-tsipiky mirehitr'afon'e ratsy. [17] Sady raiso gne aro-lohan'e famonjegny izy ame sabatry gne Fagnahy, izay
zakan'Andriamanitry. [18] Ame vavaky izy ame fangatahagny aby, da mivavaha ame Fagnahy ame fotoagny agnaby.
Amin'izany fomba fisaignagny izany, da miambena avao ame faharetagny agnaby, raha manolotry vavaky ho an'e olo-
masin'Andriamanitry anareo. [19] Sady mivavaha ho anà, mba hisy hafatry homegny anà refa manokatry gne vavako iao.
Mivavaha mba afahako mampahafantatry ame fahasahiagny gne fahamarinagny miafigny momba gne filazantsara. [20] Ho
an'e filazantsara gne maha-ambasadaoro voafehy ame gadra anà, mba afahako magnambara izany am-pahasahiagny,
raha tsy maintsy hizaka iao. [21] Tykiko, gne rahalà malala izy ame mpanompo mahatoky ao ame Tompo, gne
hampahafantatry anareo gne raha agnaby, mba hahalalanareo izay amboariko. [22] Nirahiko taminareo izy noho io
tanjogny io indrindra, mba hahafantaranareo gne raha momba anay, sady mba afahagny mampahery gne fonareo. [23]
Fiadanagny ho amin'e rahalà, sady gne fitiavagny miaraky ame finoagny avy amin'Andriamanitry Ray izy am'i Tompo
Jesosy Kristy. [24] Gne fahasoavagny anie ho amin'izay olo tia an'i Jesosy Kristy Tompontsika aby ame fitiavagny tsy maty
mandrakizay.

# Philippians

Chapter 1

[1] Paoly sy Timoty, mpanompon'i Jesosy Kristy, ho andreo agnaby voatokagny ho an'i Jesosy Kristy izay agny Filipy,
miaraka amindreo mpiandraikitry izy ame diakona. [2] Ho aminareo anie gne fahasoavagny izy ame fiadanagny avy
amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. [3] Misaotry gne Andriamanitriko iao ame fahatsiarovako anareo. [4]
Ao ame fivavahako ho anareo agnaby, da ame fifaliagny fehizay gne agnamboarako gne fivavahako. [5] Magnome
fisaoragny iao nohon'e ame fitambaranareo ame filazantsara nanomboky tame gn'andro voalohany ka hatramin'izao. [6]
Mahatoky an'izao raha izao iao, fa Izy izay nanomboky asa tsara taminareo da hanohy hagnatanteraky izany hatramin'e
gn'andron'i Jesosy Kristy. [7] Fa tsara aminà gne mahatsampa akô izany gn'ame momba anareo agnaby satria ato am-poko
anareo. Anareo agnaby da mpiara-miasa taminà tame fahasoavagny ndre tame figadrako sy tame fiarovako ndre koa
tame fagnamafisagny gne filazantsara. [8] Fa Andriamanitry gne vavolombeloko, fa manigny anareo fatratry iao ame
famindram-pon'i Kristy Jesosy. [9] Sady iao mivavaky an'izao: mba hitombo fezay fezay gne fitivanareo ame fahalalagny izy
ame fahazavan-tsaigny agnaby. [10] Mivavaky ho an'izany iao mba hagneky izay tsara da tsara anareo, mba ho tso- po sady
tsisy tsigny ame andron'i Kristy. [11] Mivavaky iao mba ho fenon'e vokatriky gne fahamarinagny izay avy amin'i Jesosy
Kristy anareo, ho voninahitry sy fideragny an'Andriamanitry. [12] Sady tiako ho fantatrareo, rahalà, fa gne raha izay
nitranga taminà da niasa ho ame fampandrosoagny gne filazantsara tokôtry. [13] Vokatr'izany, gne gadrako ao amin' i Kristy
da nibaribary mazava nagneragny gne mpiambign'e lapa agnaby izy ame olo hafa. [14] Gne ankamaroan'ireo rahalà da

managny toky zakabe kokoa ao amin'ny Tompo nohon 'e gadrako, sady sahy magnambara tsy amin-tahotry gne zaka
indreo. [15] Gne sasany aza da mitory an'i Kristy ame fialognagny sy gne fifandiragny tokôtry, sady gne hafa koa ame sitrapo
tsara. [16] Itoa farany itoa da nagnano an'izany ame fitiavagny,mahafantatry fa iao da napetraky etoa ho fiarovagny gne
filazantsara. [17] Fa iroa voalohany iroa da mitory an'i Kristy ame fitiavan-tegna, fa tsy tso-po. Izy iregny da mihevitry fa
hagnakorontagny anà raha mbola ao ame figadrako iao. [18] Ino sa? ame fomba agnaby, ndre ame fihatsaram-belatsihy ndre
ame fahamarinagny, Kristy gne toriagny, sady mifaly gn'amin'izany iao. Eka, ho faly iao, [19] fa lalako fa izany da hiafara
ame fagnafahagny anà amign'alalan'e vavakareo izy ame fagnampian'e Fagnahin'i Jesosy Kristy. [20] Izany da araky gne
fiandrasako fatratry sy gne antoky fa iao da tsy ho megnatry mihitsy, sady mbola ame fahasahiagny agnaby avao,
amin'izao fotoagny izao akô gne hatramin'izay, da hisandratry ato ame tegnako i Kristy, ndre ame fiainagny ndre ame
fahafatesagny. [21] Ho anà gne hoe miaigny da i Kristy ary gne hoe maty da tombony. [22] fa raha miaigny amin'e nofotry iao,
da midika asa mahavokatry ho anà izany. Kanefa ino gne ho fidiko? tsy lalako. [23] Fa voatery mafy eo agnelagnelan'izy roa
iao. Gne fagniriako da gne andeha ary hiaraky amin'i Kristy, izay tsara lavitry, [24] kanefa gne mipetraky ao ame nofotry da
ilaigny kokoa noho anareo. [25] Resy lahatry gn'amn'izany, da lalako fa hipetraky sy hanohy hiaraky aminareo agnaby iao,
ho an'e fandrosoanareo Izy ame fifaliagny ao ame finoagny. [26] Mba ho aminà da hanagny antony hireharehagny ao amin'i
Kritsy Jesosy anareo refa miverigny agny aminareo indraiky iao. [27] Matondrà tegna ame fomba mendriky gne filazantsara
an'i Kristy, ka ndre avy hagnety anareo iao ndre tsy eo, da afaky gne handre gne momba anareo, fa mijoro mafy ame
fagnahy raiky anareo, ame saigny raiky miara miezaky ho an'e finoagny gne filazantsara. [28] Da ka magneky
hampitahorin'e fahavalonareo. Mariky gne fahapotehandreo izany, fa mariky gne famonjenareo avakoa_ sady izany da
avy amin'Andriamanitry. [29] Fa nomegny anareo izany, ho an' i Kristy, tsy hoe mba hinoagny an'Azy fotsiny, fa hijaliagny ho
an'Azy avakoa, [30] fa anareo da managny ady mitovy amin'izay hitanareo taminà, sady izay regninao aminà amin'izao
fotoagny izao.

Chapter 2

[1] Raha misy fampaherezagny ao amin'i Kristy, raha misy fampiononagny avy ame fitiavany, raha misy firaisagny ao ame
Fagnahy, raha misy famindrampo zakabe sy fiantragny, [2] Da anio feno gne fifaliako ame fisaignagny mitovy izany, ame
fanagnagny fitiavagny mitovy, ame firaisagny am-panahy, sady ame fanagnagny tanjogny mitovy. [3] Ka magnano ndre ino
ndre ino ame fitiavan-tegna na fagnandratan-tegna fezay. Fa ame fanetren-tegna koa da mandiniha gne hafa mihoatry
gne tegnanareo. [4] Tokony tsy hitady gne mahatsara gne tegnanareo avao gne tsiraidraiky aminareo, fa gne mahatsara gne
hafa avao koa. [5] Mihevera akò tame fisaignagny izay tamin'i Kristy Jesosy avakoa. [6] Efa nisy araky gne
endrik'Andriamanitry Izy, fa tsy mihevitry an'izany fitoviagny amin'Andriamanitry izany ho raha hifikiragny Izy. [7] Gne
mifanohitry amin'izany, nofoagnagny gne tegnany. Nangalaky endrik'e mpanompo Izy. Da hiboaky hitovy ame olombelo
Izy. Sady hita nitory tame olombelo Izy. [8] Nanetri-tegna Izy sady lasa mpankatò hatramin'e fahafatesagny, da gne
fahafatesan'e hajofijaliagny! [9] Noho izany da nasandratr'Andriamanitry ambony be tokôtry Izy. Nomeny gne agnara izay
ambonin'e agnara agnaby Izy. [10] Namboariny izany mba ho ame agnaran'i Jesosy gne handoalifan'e tsopoko agnaby, gne
tsopokondreo izay agny an-dagnitry da e ety an-tany da e agny ambanin'e tany. [11] Namboariny izany mba hagneken'e lela
agnaby fa I Jesosy kristy no Tompo, ho voninahitr'Andriamanitry Ray. [12] Noho izany, ry malalako, mitovy ame
agnekenareo avao, tsy eo ame fagnatrehako avao fa mihoatry lavitry e amizao refa tsy eo iao, da aboay ame tahotry sy
gne hovitry gne famonjegny anareo. [13] Satria Andriamanitry gne miasa ao aminareo mba ho vonon-kagnano gne sady
hiasa ho an'e fifaliany anareo. [14] Amboaro tsy am-pitaraignagny na fiadian-kevitry gne raha agnaby. [15] Magnamboara akò
izany mba ho lasa Zanak'Andriamanitry tsisy tsigny sady marina, tsisy kilema anareo. Miasà akò izany mba
hamirapiratanareo mitovy ame fahazavagny eo am'izao tontolo izao, eo antegnategnan'e taranaky meloky sady maditry.
[16] Mifikira mafy ame tenin'e fiainagny mba hanagnako antony hireharehagny ame andron'i Kristy. Fa aminizany da ho
fantatriko fa tsy very maigny gne nihazakazahako sady tsy very maigny gne niasàko. [17] Fa ndre da ahidigny ho fagnatitry
eo ame sorogny sy ame fanompom-pinoagny aza iao, da mifaly iao, sady miara-mifaly aminareo agnaby iao. [18] Sady àko
izany avakoa gne hifalianareo, da miaraky mifaly aminà anareo. [19] Fa magnategna ao amin'i Tompo Jesosy iao fa handefa
an'i Timoty agny aminareo malaky, mba hahery avakoa iao refa fantatriko gne raha momba anareo. [20] Fa tsy managny olo
hafa mitovy toe-tsaigny amin'azy iao, izay tena magnahy gne aminareo. [21] Fa izy agnaby da mitady gne tombotsoany ,fa
tsy gne rahan'i Jesosy kristy. [22] Fa fantatrareo gne fahamendrehany, satria àko gne zaza manompo an'i abany, gne
nanompoany niaraky taminà tame filazantsara. [23] Ka magnategna gne handefa an'azy iao raha vao hitako hoe magnano
akoignaia gne fandehan-draha aty aminà. [24] Fa matoky gne Tompo iao fa ho avy agny malaky avakoa gne tegnako. [25] Fa
mieritreritry iao fa ilaigny avakoa gne mampiverigny an'i Epafrodito agny aminareo. Ralàhiko izy sady mpiara-miasa no
mpiara-miady, sady mpitondra hafatraeo izy no mpanompo amizay ilaiko. [26] Fa tra-pahoriagny mafy izy, sady manigny
gne hiaraky taminareo agnaby izy, satria renareo fa narary izy. [27] Fa tena narary izy ka efa saiky maty. Fa namindra fo fo
tamin'azy Andriamanitry, sady tsy tamin'azy raiky avao,fa taminà avakoa, mba tsy hanagnako alahelo ambonin'e alahelo.
[28] Ka amim-parisihagny zakabe agnaby gne handefasako an'azy, ka refa hahita an'azy indraiky anareo da mba hifaly sady
ho afaky kokoa ame fagnahiako iao. [29] Raiso ame Tompo Epafrodito miaraky ame fifaliagny agnaby. hajao gne olo mitovy
amin'azy. Fa ho an'e Kristy gne nagnakaikezako gne fahafatesagny. [30] Fa nagnano vy very ny aina izy hanompoagny anà
mba hagnatanterahany izay tsy afaky nataonareo tame fanompoagny taminà.


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

## Chapter 3

[1] Farany, eh rahalà, mifalia ao amin'ny Tompo. Tsy manahiragny ana gne magnapody manoratry io raha agnaby io ho anareo. Io raha agnaby io da hiaro anareo. [2] Mitandrema amign'amboa. Mitandrema ame mpagnano ratsy. Mitandrema ame fanapahagny rantsam-batagny. [3] Fa antsika gne voafora. Da antsika gn manompo amin'e Fanahin'Andriamanitry. Da antsika gne mirehareha ao amin'i Kristy Jesosy, tsy miankigny ame nofotry. [4] Ndre da izany sa, iao da afaky mitoky ame nofotry. Raha misy olo mihevitry fa izy da managny fahatokisagny ame nofotry, afaky magnano mihoatry noho izany iao. [5] Noforaigny tame andro fahavalo iao, teraky tame vahoakin'Israely, tame fokon'ny Benjamina, Hebreo tao ame Hebreo iao; arak'e lalagny, da Fariseo iao. [6] Tame zotom-po, da nagnenjiky gne fiangonagny iao; raha amin'e fahamarinagny izy ame lalagny, da tsy manan-tsigny iao. [7] Fa ndre ino ndre ino tombony ho ana, da noraisiko ho fantiantoky ireny nohon'e amin'i Kristy. [8] Raha gne tena izy, nisaiko ho fatiantoky agnaby e raha marobe nohon'e halehiben'e fahalalagny an'i Kristy Jesosy Tompoko. Noho Izy da nariako e raha marobe. Heveriko ho fako izany mba hahazahoako an'i Kristy [9] da ho hita ao Aminazy iao. Tsy managny fahamarinagny ho an'e tegnako avy ame lalagny iao. F'izy, managny fahamarinagny izay tame alalan'e finoagny an'i Kristy iao, fahamarinagny avy amin'Andriamanitry izay mifototry ame finoagny. [10] Amin'izao fotoagny izao da ta hafantatry anazy izy ame herin'e fitsanganany tame maty da gne fiombonagny ame fijaliany iao. Ta hiova ame alalan'i Kristy iao mba hanahaky e fahafatesany, [11] mba hahafahako mahatsapa e fitsanganagny ame maty. [12] Tsy marigny fa efa nahazo an'itoa raha itoa sahady iao, na hoe tonga tanteraky iao. Fa miezaky mba handrombahako gne nandrombahan'i Kristy Jesosy ana. [13] E rahalà, tsy mieritreritry iao fa gne tegnako da efa nandrombaky an'izany. Fa misy raha raiky: Adinoiko e lasa da miezaky ho an'e ho avy iao. [14] Miezaky magnatratry e tanjogny iao mba hahazo e lokan'e antso avy mbony avy amin'Andriamanitry ao amin'i Kristy jesosy. [15] Antsika rehetra izay matotry, aleo isika hieritreritry mitovy amin'izany; da raha misy eritreritrareo hafa momba gne raha agnaby, da abokin'Andriamanitry aminareo agnaby izany. [16] F'izy, ndre ino ndre ino efa tratrintsika, aleo isika hifikitry amin'izany. [17] Aoka ho mpangala-tahaky ana anareo rahala. Diniho akeky e mandea arak'e fagnoharagny hitanareo ao aminay. [18] Maro gne mandea _ izay efa nozakaiko anareo matetiky, amin'izao fotoagny izao iao mizaka aminareo amin-ndranomaso _ ako gne fahavalon'e hazo fijalian'i Kristy. [19] Fandringanagny gne fiafaranndreo. Fa e trokiny gn'Andriamanitriny, da e fireharehandreo da ao amin'e fahamegnarany. Mieritreritry e rahan'izao tontolo izao indreo. [20] Fa an-dagnitry gne fanjakantsika, izay handignasantsika Mpamonjy avakoa, da e Tompo Jesosy Kristy. [21] Izy da hagnova e vatantsika malemy mba ho vatagny manahaky e vatany feno voninahitry, izay nanigny tame herin'e fahefagny mba hampagneky e raha marobe ame tegnany.

## Chapter 4

[1] Noho izany, rahalà malalako izay mahamanigny anà, fifaliako sady satro-boninahitriko, amin'izany da mijoroa tsara ao amin'ny Tompo, ry namako malala. [2] Miangavy an'i Eodia iao, da miangavy an'i Syntyke, miraisa saigny ao ame Tompo. [3] Sady mangataky aminao avakoa iao ra namako mpiray zioga: Ampio indreo viavy, satria indreo da niara-niasa tamina tame fampielezagny e filazantsara niaraky tame Klementa izy ame namagny sisa mpiaramiasa aminà agnaby, izay efa ao amin'ny bokin'ny Fiainagny e agnarandreo. [4] Mifalia fehizay ao amin'ny Tompo. Hoy iao, mifalia. [5] Avelay ho fantatr'e olo aby e fahatsoram-ponareo. Efa akeky e Tompo. [6] Ka magnahy ndre ame ino ndre ame ino. Kanefa, ame raha agnaby ame alalan'e vavaky izy ame fangatahagny, miaraky ame fisaoragny, avelay e fangatahanareo ho fantatr'Andriamanitry. [7] Da e fiadanan'Andriamanitry, izay mihoatry gne fahalalàgny agnaby, e fonareo izy ame fisaignanareo agnaby ao amin'i Kristy Jesosy. [8] Da farany sa rahalà, ndre ino ndre ino marina, ndre ino ndre ino manan-kaja, ndre ino ndre ino ara-drariny, ndre ino ndre ino madio, ndre ino ndre ino mahafinaritry, ndre ino ndre ino nozakaigny fa tsara, raha misy ndre ino ndre ino tokony ho deraigny, da mieritrereta anio raha io. [9] Gne raha agnaby agnaby, noraisinareo izy ame nianaranareo sady gne hitanareo tamina, amboaro io raha io, sady gne fiadanagny hiaraky aminareo. [10] Mifaly be ao ame Tompo iao satria nohavaozinareo avao amin'izao fotoagny izao e fiheveranareo anà. Efa nihevitry ana tokotry anareo taloha, fa tsy nisy fahafahagny ho anareo hagnampy. [11] Tsy mizaka an'izany iao satria agnatin'e tsy fagnampiagny. Fa efa nianatry gne hifaly amin'e raha miseho marobe iao. [12] Fantako gne mahantra, da fantako avakoa gne manam-be. Ame fomba marobe sady ame raha marobe da nianatry gne tsiambaratelon'e fihinanam-be izy ame mosary iao, da gne manam-be izy ame agnatin'e tsy fahampiagny. [13] Afaky magnano gne raha marobe iao ame alalan'e mampahery anà. [14] Kanefa, anareo nagnao e tsara tamina tame fahasambarako. [15] Da anareo Filipiana mahafantatry fa tame fanombohan'e filazan-tsara, efa niala an'i Makedonia iao, da tsy misy fiangonagny nanohagny ana raha gne momba gne fagnomezagny izy ame fandraisagny afa-tsy anareo raiky. [16] Ndre tamina tagny Tesalonika aza, da mandefa fagnampiagny ho an'e nilaiko mihoatry gne indray mandea anareo. [17] Tsy hoe miady fagnomezagny iao. F'izy, mitady gne vokatry mampiakatry gne voninahitrareo iao. [18] Nahazo gneraha agnaby iao da managny raha marobe. Fa feno iao. Azo tamin'i Epafrodito gne raha lataminareo. Indreo da hagnitry magni-pofogny, izay fagnatitry azo ekegny sy ankasitrahan'andriamanitry. [19] Da gn'Andriamanitriko hagnome gne raha marobe ilainareo arak'e haregnin'e voninahitriny ao amin'i Kristy Jesosy. [20] Da ho an'Andriamanitry sady Abantsika anie gne voninahitry mandrakizay doria. Amena. [21] Magnamboara veloma ame mpino agnaby amin'i Kristy Jesosy. Indreo rahalà izay miaraky aminà da magnano veloma anareo. [22] Indreo mpino agnaby izay etoa magnano veloma anreo, indrindra indreo izay ao ame ankohonan'i Kaisara. [23] Gne fahasoavan'ny Tompo Jesosy Kristy anie ho an'e fagnahinareo. [Fagnamarinagny: Misy gne fandikany sasany magnampy hoe: "Amena."]


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

# Colossians

## Chapter 1

[1] Paoly, Apostolin'i Kristy Jesosy ame alalan'e sitrapon'Andriamanitry, da i Timoty rahalàntsika, [2] ho ane mpino izy ame
rahalà matoky ao amin'i Kristy izay agny Kolosia. Ho aminareo anie e fahasoavagny izy ame fiadanagny avy
amin'Andriamanitry Raintsika. [Fagnamarihagny ambanin'e pejy: misy dikan-teny sasany magnampy hoe: "Ary ny Tompo
Jesosy Kristy"]. [3] Magnome fisaoragny an'Andriamanitry antsika, i Aban'e Tompontsika Jesosy Kristy, sady mivavaky ho
anareo isanandro iay. [4] Efa renay e finoanareo an'i Kristy Jesosy izy ame fitiavagny izay anagnanareo ho ane voatokagny
ho an'Andriamanitry. [5] Managny an'izany fitiavagny izany anareo nohon'e fagnantenagny azo antoky natokagny ho
anareo agny an-dagnitry. Renareo e momba an'io fagnantenagny azo antoky io talohan'e zaka ame fahamarinagny, ame
Filazantsara, [6] izay avy aminareo. Ity Filazantsara ity da mitondra vokatry sady mitombo ho an'izao tontolo izao. Izany da
efa nagnano an'izany taminao avakoa nanomboky tame andro naregnesanao anazy sady nianaranao e momba e
fahasoavan' Andriamanitry ao ame marigny. [7] Ity e Filazantsara izay arak'e nianaranareo tamin'i Eprafa, da gne mpiara-
manompo malalantsika, izay mpanompo mahatoky an'i Kristy ame agnarantsika. [Fagnamarihagny ambanin'e pejy: misy
dikan-teny sasany vakigny hoe: "Ame agnaranareo"] [8] Nampahalalain'i Eprafa anay e fitiavanareo e Fagnahy. [9] Noho io
fitiavagny io, nanomboky tame andro naregnesanay an'izany da tsy nijery e nivavaky ho anareo iay. Nangataky iay mba
ho feno fahalalagny e sitrapony ame fahendregny agnaby sady fahalalagny ara-pagnahy anareo. [10] Nivavaky iay mba
handiananareo am-pahendregny ao amin'ny Tompo ame fomba ankasitrahagny an'Andriamanitry. Nivavaky iay mba
hamokatry ame asa soa agnaby anareo sady mba hitombo fahalalagny an'Andriamanitry. [11] Mivavaky iay mba hahazo
hery ame fahaizagny agnaby anareo arak'e voninahitry ame fiaretagny izy ame fiaretagny. [12] Mivavaky iay mba hagnome
fisaoragny an'i Abatsika am-pifaliagny anareo, izay nahafahanareo hanagny anjara ame lovan'e mpino ame
fahazavagny[Fagnamarihagny ambanin'y pejy: misy dikan-teny sasany vakigny hoe: "Izay nahafahantsika nanagny
anjara."] [13] Namonjy antsika tame fanapahan'e haizigny sady namindra antsika ho agny ame fanjakan'e Zanany lahy
malalany Izy. [14] Ao ame Zanany lahy e anagnatsika e fagnavotagny, e famelagny e fahotagny. [Fagnamarihagny ambanin'e
pejy: misy dikan-teny sasany vakigny hoe: "Ao ame Zanany e anagnatsika fagnavotagny ame alalan'e rany, da gne
famelagny e fahotagny."] [15] E Zanaky lahy da endrik'Andriamanitry tsy hita maso. Izy gne teraky voalohany tame
fahariagny. [16] Fa tame alalany e nahariagny e raha agnaby, izay agny an-dagnitry izy ame ety ambony tany, e raha hita
maso na e tsy hita. Na e seza fiandrianagny, na e fanapahagny, na e fitondram-panjakagny, na e manam-pahefagny, e raha
agnaby da nohariagny tame alalany sady ho Anazy. [17] Izy e alohan'e raha agnaby, sady amin'Azy e haharetan'e raha
agnaby. [18] Izy e lohan'e vatagny izy ame fiangonagny. Izy e fiandohagny sady teraky voalohany eo agnivon'e maty, da izy e
nanagny toeragny voalohany teo agnivon'e raha agnaby. [19] Satria sitrak'Andriamanitry e tokony hiaignagny e hatsaragny
agnaby ao amin'azy, [20] sady mba hampihavagny ame alalan'e Zanaky lahy ame raha agnaby amin'azy tegnany.
Andriamanitry da nihavagny tame alalan'e hazo fijaliagny. Andriamanitry e nampihavagny e raha agnaby tame tegnany,
na e raha rehetra eto ambonin'e tany na e raha agnaby agny an-dagnitry. [21] Tame fotoagny raiky, da vahiny
tamin'Andriamanitry avakoa anareo, sady fahavalony tame sainy izy ame asa ratsy. [22] Fa amin'izao fotoana izao, izy e
nampihavagny anareo tame vatany manontolo tame alalan'e fahafatesagny. Naniny izany mba hagnamasinany anareo,
tsy hanam-pondro ankatrefany eo, sady nangala-baraky anazy nohon'e faharatsiagny, [23] raha manohy ame finoagny
anareo, miorigny sady mafy origny, da ka mamitaky ame fagnantegnagny mahatokin'e filazantsara izay renareo. Ity e
filazantsara izay nambara tame olo nohariagny ambanin'e lagnitry agnaby. Ity e filazantsara, izay nahavy anà, Paoly, ho
mpanompo. [24] Amin'izao fotoagny izao da faly ame fijaliako ho anareo iao, sady iao da nameno e nofotriko izay tsy ampy
ame fahorian'i Kristy nohon'e vatany, da gne fiangonagny izany. [25] Nohon'e fiangonagny e nahampanompo anà, arak'e
andraikitry avy amin'Andriamanitry izay nomeny anà ho anareo, mba hahatanteraky e zakan'Andriamanitry. [26] Io e
marina miafigny izay nafiny nandritry gne taogny maro sady ho an'e taranaky. Fa amin'izao fotoagny izao, da efa niboaky
izany tamin'izay mino anazy. [27] Tamindreo e tian'Andriamanitry nampahafantarigny e haren'e voninahitr'ity
fahamarinagny miafigny ity teo agnivon'e jentilisa. Izany moa da i Kristy e ao aminao, da gne tokin'e voninahitry ho avy.
[28] Da izay gne notorinay. Nagnanatry e olo agnaby iay, sady nampianatry e olo agnaby tame fahendregny agnaby, mba
hanolorantsika e olo aby feno ao amin'i Kristy. [29] Noho izany da miasa mafy iao sady miezaky arak'e tanjakiny izay miasa
atoa amina ame hery.

## Chapter 2

[1] Tiako ho lalanareo gn'azakaben'e tologny namboariko ho anareo, ho andreo agny Laodikia, sy ho an'ireo maro be mbola
tsy nahita gne tegnako tame nofo. [2] Miasa iao mba hampahery gne fon-dreo ame fampiraisagny andreo miaraky ame
fitiavagny sy gne haregny agnaby ame fahalalagny azo antoky, ho ame fahalalagny gne fahamarinagny
miafin'Andriamanitry, izany hoe, i Kristy. [3] Ao ame haren'e fahendregny sy izay fahalalagny rehetra gne miafigny. [4]
Mizaka an'izany iao mba tsy hisy hitariky anareo ame lahateny mandresy lahatry. [5] Ndre da miaraky aminareo ame nofo
aza iao, da miaraky aminareo ame fagnahy. Faly iao mahita gne filaminagnareo tsara sady gne tanjaky gne finoanareo
an'i Kristy. [6] Raha nandray an'i Kristy Tompo anareo, da mandehana amin'azy. [7] Mifotora mafy amin'azy, mioregny

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

amin'azy, mioregny ame finoagny zay efa nampianarigny anareo, ary mazotoa magnome fisaoragny. 8 Mitandrema mba
tsy hamela olo hisambotry anareo ame alalan'e filôzôfia na gne fitaky fôgny arak'e fanin'e olo, zay magnaraky gne
endriky izao tontolo zao, fa tsy araky an'i Kristy. 9 Fa amin'Azy gne mitoetry gne fahatsaran'e tegnan'Andriamanitry
agnaby. 10 Feno anareo amin'Azy ao. Izy gne lohan'e hery sy gne fahefagny agnaby. 11 Tamin'Azy avakoa anareo gne
noforaigny tame famoragny zay tsy namboarign' e olombelogny ame fangalagny gne nofo ame tegna, fa tame famoran'i
kristy. 12 Niaraky nalevigny tamin'azy tame batisa anareo, ary tamin'Azy gne nananganagny anareo tame alalan'e
finoagny maherin'Andriamanitry, zay nanangagny an'azy tamin'izay maty. 13 Tame nahafaty anareo tamin'e fahotagny izy
ame tsy fahavitan'e nofotrareo famoragny, izy e namelogny anareo niaraky tamin'azy,sy namela antsika tame
fahotantsika aby. [Fanamarihagny: misy dikan-teny taloha sasany mivaky hoe: "ary namela gne fahotantsika aby"] 14
Nofafany gne rakitsoratry gne trosam-pahafahagny sy ireo fitsipiky nifanohitry tamintsika. 15 Nalàny zany raha aby zany
da nofantsihiny tame hazo fijaliagny. Nalàny ireo hery sy ireo fahefagny, ary izy da nagnano fampisehoagny
ampahibemaso andreo, nadresy mihôtry andreo tame hazo fijaliagny. 16 Koa, aza avela hisy hitsara anareo na ame
fihinagny na ame fisotroagny, na ame andro fety, na ame volagny vaovao, na ame andro Sabata. 17 Izany gne alok'ireo
raha ho avy, fa gne tena izy da i Kristy 18 Aza avela hisy na ia na ia zay mila gne fanetren-tegna sy gne fideran'e anjely
hitsara anareo ka tsy azahoanareo gne lokanareo. Gne olo akoizany da miditry ame raha hitany da manjary mirehareha
ame fisainagn'e nofony. 19 Tsy mitazogny e lohany izy. Zany da avy ame loha zay nomen'Andriamanitry gne tegna
manontolo magneragny ireo vanin-taolany sy gne hozany zay magnome ka mitazogny zany raha aby zany mitambatry;
izany da mitombo miaraky ame fampitomboagny nomen'Andriamanitry. 20 Raha maty niaraky tamin'i Kristy anareo tame
endrik'izao tontolo zao, nagnino ary anareo gne miaigny ako gne voatery ame tany: 21 "Aza mihodigny, aza
magnandragny, sady ka mikasiky"? 22 Zany raha marobe zany da ho an 'e fahalovagny, araky gne torolalagny sy gne
fampianaran' olombelogny. 23 Io fitsipiky io da managny fahendren'e fomba fivavahagny, gne fanetren-tegny zay nataon'e
tegnany manokagny sady fampahoriagny gne tegnany. Fa indreo da tsy manan-danja ame fanoheragny gne fandeferagny
gne filàn'e nofo.

Chapter 3

1 Koa raha Andriamanitry gne nanangagny anareo niaraky tamin'i Kristy, tadiavo gne raha ambony agny, izay ipetrahan'i
Kristy eo an-tanan-kavanan'Andriamanitra. 2 Diniho gne raha ambony agny, fa tsy gne raha eto an-tany. 3 Fa efa maty
anareo, sady gne fiainanareo da mifiny miaraky amin'i Kristy ao amin'Andriamanitry. 4 Refa miseho i Kristy, izay
fiainanareo, da anareo koa hiara-hiseho aminazy ao amim-boninahitry. [Fagnamarihagny egny ambanin'e pejy: gne
dikan-teny taloha sasany mizaka hoe: "Refa miseho i Kristy, izay fiainanareo, da anareo avakoa da hiara-hiseho aminazy
am-boninahitry.] 5 Vonoy, avy eo, indreo izay mpikambagny eto an-tany- gne filan-dratsy, fahalotoagny, firehetan'gne
filagny, fagniriagny ratsy, da fahatendagny, izay fanompoan-tsampy. 6 Noho io raha io agnaby gne hahatongavan'gne
fahavigniran'Andriamanitry amindreo zanaky gne tsy fankatoavagny. [Fagnamarihagny egny ambanin'e pejy: gne dikan-
teny taloha sasany mivaky hoe: "Noho io raha io agnaby gne mahatonga gne fahatezeran'Andriamanitry.] 7 Tamin'io raha
nandehananareo taloha io agnaby avakoa refa niaigny tao amin'izany anareo. 8 Fa amin'izao fotoagny izao da tsy maintsy
magnary an'io raha agnaby io- fahatezeragny, fahavigniragny, gne fikasan-dratsy, gne fanevatevagny, da zaka
fahavetavetagny avy amin'e vavanareo. 9 Ka mifampivandy, fa efa narianareo gne toetry taloha miaraky amin'e
fampiharagny izany, 10 sady notafinareo gne toetry vaovao izay nohavaozigny ao amin'e fahalalagny araky gne
endrik'izay namorogny izany. 11 Ao amin'izany da tsy misy Grika sy Jiosy, voafora izy ame tsy voafora, barbariana,
Skytiana ,andevo, olon'afaky, fa i kristy gne rehetra, sady ao amin'e rehetra. 12 Koa, misikina, araky gne maha-olom-
boafidin'Andriamanitry, masina sady malala, famindram-po, hatsaram-pagnà, fanetren-tegna, fahalemem-pagnà, da
faharetagny. 13 Mifampitondrà tsara. Mifamelà. Raha misy olo raiky managny fitaraignagny momba gne olo hafa, mamelà
ako e namelàn'ny Tompo anareo. 14 Ambonin'e raha agnaby io, manàgna fitiavagny, izay mamatotry antsika amin'e
fahatanterahagny. 15 Aoka gne fiadanan'i Kristy hanapaky ao amin'e fonareo. Fa ho an'izany fiadagnagny izany gne
niantsoagny anareo ho vatagny raiky. Da misaora. 16 Aoka gne zakan'i Kristy hitoetry maro be ao aminareo. Amin'e
fahendregny agnaby mifampianara da mifagnanara amin'e salamo gne fihiragny izy ame hira ara-pagnà. Mihirà amin'e
fisaoragny ao am-ponareo ho an'Andriamanitry. 17 Ndre ino ndre ino ataonareo, na amin'e teny na amin'e asa, anivo
amign'agnaran'ny Tompo Jesosy gne rehetra. Magnomeza fisaoragny ho an'Andriamanitry izay Ray amin'e alalany. 18 E
raviavy, magnekea gne vadinareo, fa izany gne mety ao amin'ny Tompo. 19 E lelà, tiavo gne vadinareo, sady ka masiaky
amindreo. 20 Ô anaky e, magnekea gne ray aman-dreninareo amin'e raha agnaby, fa izany gne ankasitrahagny ao amin'ny
Tompo. 21 Ô aba, ka magnano izay mampalahelo gne zanakareo, mba tsy ho kivy indreo. 22 Andevo, magnekea gne
Tomponareo araky gne nofo amin'io raha agnaby io, tsy amin'e asa eo imaso ako gne olo mpila sitraky, fa amin'e fo tsotry.
Matahora gne Tompo. 23 Ndre ino ndre ino ataonareo, miasà avy amin'e fagnànareo ako gne ho an'ny Tompo fa tsy ho
an'olo.
24 Lalanareo fa anareo da handray gne valisoan'e lova avy amin'ny Tompo. Izy gne Tompo Kristy izay tompoinareo. 25 Fa
izay magnano gne tsy fahamarinagny da handray sazy ho an'e tsy fahamarinagny izay nataony, ary tsy misy fizahan-tava.

Chapter 4

[1] Ry Tompo , omeo gn'andevo izay marigny sy rariny. Fantatrareo fa anareo avakoa managny Tompo raiky agny an-
dagnitry. [2] Mahareta mandrakariva ame fivavahagny. Miambena amin'izany ame fagnomezagny fisaoragny. [3] Miaraha
mivavaky ho anay avakoa, mba hanokafan'ndriamanitry varangaragny ho an'e zaka, mba hizakagny gne fahamarinagny
miafignin'i Kristy. Nohon'e amin'izany da voafehy iao. [4] Mivavaha mba ahafahako magnazava an'izany, raha tokony
hizaka iao. [5] Mandehana amin'e fahendregny amindreo agny ambadiky agny, da araraoty gne fotoagny. Aoky gne
zakanareo hiaraky amin'e fahasoavagny fezay. [6] Aoky indreo ho vonton-tsira, mba hahafahanareo mahalala gne fomba
tokony hamalianareo gn'olo tsiraidraiky. [7] Raha gne raha makasiky anà, da i Tykyko gne hampahalala an'io aminareo. Izy
da rahalà malala, mpanompo mahatoky, sady mpiara-manompo ao amin'ny Tompo. [8] Nalefako agny aminareo izy noho
izao, mba ahafahanareo mahalala gne raha makasiky anay, sady mba ahafahany mampahery gne fonareo.
[Fagnamarihagny egny ambanin'e pejy :gne dikan-teny sasany taloha mivaky hoe: " nalefako aminareo agny izy noho
izao mba ahafahany mahalala gne raha makasiky anareo, sady mba ahafahany mampahery gne fonareo". ] [9] Nalefako izy
miaraky tamin'i Onesimosy, gne rahalà mahatoky sady mahalala , izay raiky aminareo. Indreo gne hizaka aminareo gne
raha agn'aby izay efa nitranga taty. [10] Aristarko, e miara-migadra aminà, da miarahaba anareo, akô izany koa i Marka,
havan'i Barnabasy (izay nazahoanareo beko; raha mandeha aminareo izy, da raiso), [11] da i Jesosy avakoa izay angiagny
hoe Josto. Indreo avy amin'e voafora avao gne mpiara-miasa aminà ho an'e fanjakan'Andriamanitry. Fampionognagny ho
anà indreo. [12] Epafra da miarahaba anareo. Raiky aminareo izy sady mpanompon'i Kristy Jesosy. Mitologny am-bavaky ho
anareo fezay izy, mba ahatanteraky anareo da ahazo tanteraky ao amin'e sitrapon'Andriamanitry agnaby. [13] Fa mijoro
vavolombelogny ho an'azy iao, fa miasa mafy ho anareo izy, sy ho andreo agny Laodika, sady ho andreo izay agny
Hierapolia. [14] Lioka izay mpitsabo malala sy Demasy da miarahaba anareo . [15] Arahabay indreo rahalà agny Laodika, sy
Nymfa, da gne fiangonagny izay ao andragnony. [16] Refa voavaky eo agnivonareo ity taratasy ity da ataovy vakiagny ao
amin'e fiangonan'i Laodikiana avakoa, sady ataovy voavakinareo avakoa gne taratasy avy agny Laodika. [17] Zakay i
Arikipo hoe: " Tandremo gne asa fanompoagny izay noraisanao tao amin'ny Tompo, fa tokony ho tanterahinareo izany ."
[18] Ity fanaovam-beloma ity da ataon'e tagnako manokagny-Paoly. Tsarovy gne figadrako . Ho aminareo anie gne
fahasoavagny.

# 1 Thessalonians

Chapter 1

[1] Paoly, Silasy, da i Timoty ho an'e Fiangonan'e Tesaloniana ao amin'Andriamanitry Ray sy jesosy Kristy Tompo. Ho
aminareo anie e Fahasoavagny izy ame Fiadanagny. [Fagnamarihagny: e dikan-teny sasany tahoha da mizaka hoe: "Ho
aminareo anie e Fahasoavagny izy ame Fiadanagny avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo."] [2] Magnome
fisaoragny an'Andriamanitry isanandro iay e aminareo agnaby avao, da mitogno e agnaranareo ame vavakinay. [3] Iay da
tsy mijery gne mahatsiaro anareo eo ankatrefan'Andriamanitry Abatsika e asan'e finoanareo, e asan'e fitiavanareo, da e
asan'e fahatokisanareo maharitry ho ane ho avy ao amin'i Jesosy Kristy Tompotsika. [4] Ô rahalà tian'Andriamanitry,
lalanay fa Izy da efa nifidy anareo, [5] satria e Filazantsaranay da avy taminareo tsy tame zaka avao, fa tame hery avakoa,
da tame Fagnahy Masigny, da tame fahatokisagny be. Da akoizany avakoa, anareo avao da mahalala hoe olo akoignaia iay
taminareo noho aminareo. [6] Nanjary nanahaky anay izy ame Tompo anareo, tame nandraisanareo e zaka tame ady
sarotry zakabe izy ame fifaliagny avy tame Fagnahy Masigny. [7] Nohon'izany, nanjary ohatry ho ane mpino agnaby ao
Makedonia izy ame Akaia anareo. [8] Fa avy taminareo e nagnaboahagny e zakan'e Tompo, sady tsy tao Makedonia da i
Akaia avao. F'izy, tame toeragny agnaby e nielezan'e finoanareo an'Andriamanitry. Vokatr'izany, da tsy mila mizaka ndre
ino ndre ino antsika. [9] Fa indreo io avao e hizaka izay fandraisagny azonay taminareo. Indreo io da mizaka e fomba
nitodihanareo tamin'Andriamanitry da niala tame sampy mba hanompo an'Andriamanitry velogny sady marigny. [10]
Indreo io da nitatitry fa anareo da mandigny e Zanany lata an-dagnitry, izay natsangany tamiin'e maty. Jesosy izany, izay
magnafaky antsika ame fahavigniragny ho avy.

Chapter 2

[1] Ô rahalà, Anareo da mahalala fa e fiavianay taminareo tetoa da tsy foagny. [2] Lalanareo fa taloha da nijaly sady nalaim-
baraka iay tagny Filipy. ay da sahy e tame Andriamanitray hizaka taminareo e Filazantsaran'Andriamanitry tao agnatin'e
fanoheragny zakabe. [3] Satria e fagnanaranay da tsy avy tame fahadisoagny, na avy tame loto, na avy tame fitaky. [4] F'izy,
araky gne nankatoavan'Andriamanitry anay mba hatokisagny ame Filazantsara, noho izany da mizaka iay. Mizaka iay, tsy
hampifaly gn'olo, fa hampifaly an'Andriamanitry. Izy mahalala gne fonay. [5] Satria tsy da nampiasa ndre ovia ndre ovia
gne zaka fandokafagny iay, arak'e fatntatrareo, na koa fialan-tsigny ame fitsiriritagny, satria Andriamanitry e
vavolombelonay. [6] Na koa nitady e voninahitry avy ame olo iay, na koa avy aminareo na avy ame olo hafa. Iay koa da
afaky nitaky e tombotsoa ako gne Apostolin'i Kristy. [7] F'izy, iay da tsotry teo aminareo ako gne reny mankahery gne
zanany naterakiny. [Fagnamarihagny: io dikan-teny hafa sasany aby io da vakigny akoizao: "F'izy iay da ako gne zaza
kidikidy teo aminareo, refa mankahery gne zanany naterak'i endriny."] [8] Da izany e nanagnanay fitiavagny ho anareo.
Faly iay mizara aminareo, tsy gne filazantsara an'Andriamanitry avao, fa gne fiaonagny manokagny avakoa. Satria

anareo da nanjary malalanay tokotry. [9] Satria tadidionareo rahalà e asanay izy ame fisasaranay. Andro aman'aligny e
niasanay mba tsy ahafahanay mampitondra mavesatry e raiky aminareo. Nandritry an'izany fotoagny izany, da nitory e
Filazantsaran'Andriamanitry taminareo iay. [10] Anareo e vavolombelogny, da Andriamanitry avakoa, fa masigny, sady tsy
manan-tsigny e fitondran-tegnany teo aminareo izay mino. [11] Akoizany avakoa da fantandreo hoe akoignaia e naninay
taminareo tsiraidraiky ako e anin'e ray ame zanany naterakiny, [12] niangavy sady nankahery, sady nandrisiky anareo iay
mba handeha ame fomba izay mendrikky an'Andriamanitry, izay mangaiky anareo ho ame fanjakany izy ame
voninahitriny manokagny. [13]
[14] Satria anareo, rahalà, da lasa ako e fiangonan'Andriamanitry any Jodia izay amin'i Jesosy Kristy. Fa anareo avakoa da
nijaly tame raha io avao nohon'e naninareo tame mpiray tanindrazagny aminareo, ako e nahazo andreo avakoa noho ne
nanin'e Jiosy taminazy. [15] E Jiosy e namono na an'i Jesosy Kristy na e mpaminany. E Jiosy e nandroaky anay. Tsy
nakasitraky an'Andriamanitry indreo. F'izy, indreo da fahvalon'e olo agnaby. [16] Indreo da nandrara anay tsy hizaka ame
jentilisa mba tsy hamonjegny an'azy iregny. Vokatr'izany da mameno e fahotan'e tegnany mandrakariva indreo. E
fahavigniragny da tsy maintsy avy amindreo ame farany. [17] Tafasaraky taminareo iay rahalà nandritry gne fotoagny
kidikidy, tame fagnatrehagny fa tsy tame fo. Tena nazoto tokôtry iay, nagniry mafy, e ahita e tarehinareo. [18] Satria nagniry
e ho aminareo agny iay, iao, Paoly, matetitetiky , nefa nanakagny anay i Satana. [19] Fa ino me e fagnantegnanay e ho avy, na
fifaliagny, na satro-boninahitry e fandresegny eo agnatrehan'i Jesosy Tompontsika ame fihaviany? sa tsy anareo e ako
indreo sasany hafa koa? [20] Fa anareo e voninahitray izy ame fifalianay.

Chapter 3

[1] Noho izany, refa tsy afaky niaritry an'izany koa iay , da noeritreretinay fa tsara gne mipetraky raiky tao Atena. [2] Nandefa
an'i Timoty iay rahalànay sy mpiara miasa ho an'ndriamanitry ame filazantsaran'i Kristy, mba hagnamafy sy hankahery
momban'e finoanareo. [ Fagnamarignagny gne fandikan-teny sasany hafa taloha da mivaky hoe :" Nandefa an'i Timoty iai
, rahalànay izy ame mpanompon'Andriamanitry ao ame filazantsaran'i Kristy ." ]. [3] Naninay izany mba tsy hisy olo ho
taitry noho io fahoriagny io . Fa gne tegnanareo da mahafantatry fa izany gne nanendregny antsika. [4] Marigny tokôtry,
refa niaraky taminareo iay , da nizaka mialoha taminareo fa itsika da da tsy maintsy hampahoriagny , da niboaky izany ,
araky gne fantatrareo . [5] Noho izany antony izany refa tsy nahadigny an'izany sanaky iao, da nagniraky mba
ahafantarako gne finoanareo . Angamba gne mpangala fagnahy da efa nangala fagnahy anareo , da ho zava-pôgny gne
asantsika . [6] Fa avy taty aminay avy tagny aminareo i Timoty da nitondra gne vaovao mafaly gne finoagny iz ame
fitiavanareo ho anay.Nizaka taminay izy fa anareo da managny fahatsiarovagny tsara anay fezay ,sady anareo da
magniry mafy gn'ahita anay mitovy ame fagnirianay ahita anareo . [7] Noho izany ry rahalà , iay da nampeherezinareo
nohon'e finoanareo tagnatin'e fitaitaignagny sy gne fahorianay agnaby. [8] Fa amin'izao fotoagny izao velogny iay , raha
mifikitry mafy amin'ny Tompo anareo. [9] Fa fisaoragny magnano akognaia gn'azonay omegny an'Andriamanitry
gn'aminareo,tame fifaliagny agnaby izay anagnanay t'agnatrehan'Andriamanitray noho gn'aminareo ? [10] Mivavaky mafy
ndre mandraigny ndre hariva iay mba mety ahita gn'endrikareo sy hameno izay tsy ampy ao ame finoanareo . [11] Gne
tegnan'Andriamanitry Raintsika, izy am'i Jesosy Tompontsika anie, hagnitsy gne lalagninay ho aminareo. [12] Gne Tompo
anie gn'ampitombo sy hampandroso ame fifankatiavanareo ame hafa sy gn'olo agn'aby ,mitovy ame gn'aninay aminareo
koa . [13] Izy gn'agnamafy gne fonareo, ka mba tsy hanagny tsigny ame fahamasignagny indreo eo anatrehan'Andriamanitry
Raintsika , ame fihavian'i Jesosy Tompontsika miarakamireo masiny agnaby .

Chapter 4

[1] Da farany, sa rahalà, mampahery sady magnanatry anareo iay ame ho ao amin'ny Tompo Jesosy. Raha hahazo
fampianaragny avy aminay anareo momba gne fomba tsy maintsy handiananareo sady hamalifalianareo
an'Andriamanitry, amin'io lalagny andianagny io avakoa, da mba hamboaranareo mihoatry an'izany. [2] Fa anareo da
mahalala fa e fampianaragny nomenay anareo tamin'alalan'i Jesosy Tompo. [3] Fa izao e sitrapon'Andriamanitry, da gne
hagnamasinagny anareo, mba hialanareo ame fijangajangagny, [4] izay ahafantaran'e tsiraidraiky avy aminareo e fomba
azahoagny fanaky ho ane tegnany ao ame fahamasinagny izy ame voninahitry, [5] tsy ame filan-dratsy (ako e jentlisa izay
tsy mahalala an'Andriamanitry). [6] Aoka tsy hisy olo handika na hagnaratsy e rahalahiny amin'izany. Fa e Tompo e
mamaly an'io raha io aby, ako e nampitandremagny mialoha sady nijoroanay vavolombelogny taminareo. [7] Fa
Andriamanitry tsy nangaiky anay ho ame fahalotoagny, fa ame fahamasinagny. [8] Noho izany, izay mandà an'izany da tsy
mandà olo, fa Andriamanitry, izay nagnome Fagnahy Masigny ho anareo. [9] Mikasiky e fifankatiavan'e mpirahalà, tsy mila
olo hafa anareo hanoratry ho anareo, fa anareo tegnanareo da nampianarin' Andriamanitry mba hifankatia. [10] Aninareo
tokotry izany, ho an'e rahalànareo agnaby magneragny an'i Makedonia. Fa iay sa rahalà da magnanatry anareo, mba
hagnano mihoatry. [11] Magnanatry anareo koa iay mba hagnandragny hiaigny am-pilaminagny, hindiniky e
raharahanareo manokagny, da hiasa ame tagnanareo, arak'e nandidianay anareo, [12] mba hanagnanareo fitondran-tegna
mendriky anatrehan'e tsy mino sady tsy hanagny raha mampijaly. [13] Fa tsy tianay tsy ho lalanareo, sa rahalà, e mikasiky e
olo efa maty, mba tsy ahalahelovanareo akò e sisa izay tsy managny raha ho tavandraigny ame ho avy. [14] Fa raha mino
antsika fa i Jesosy da maty da nitsangagny indraiky, da akoizany avakoa e hitondran'Andriamanitry e miaraky amin'i
Jesosy e olo efa maty aminazy. [15] Fa izao e zakainay aminareo e tame zakan'e Tompo, fa antsika izay velogny, izay sisa

tavela ame fievian'e Tompo, da tsy handeha alohan'izay efa maty tokotry. [16] Fa e tegnan'e Tompo e hidigny latan-dagnitry. Ho avy miaraky ame feo mafy Izy, miaraky ame feon'e Arkanjely, ary miaraky ame trompetran'Andriamanitry, da e maty ao amin'i Kristy e hitsangagny voalohany. [17] Avy eo antsika izay velogny, izay sisa tavela, hiaraky hiakatry amindreo egny ame rahogny da hihaogny ame Tompo egny ame habakabaky. Amin'izany da hiaraky ame Tompo isanandro antsika. [18] Noho izany, mifankahereza amin'io zaka io.

Chapter 5

[1] Amizao mikasiky e filàgny sy e vanim-potoagny, rô rahalà da tsy mitadia ndre ino ndre ino voasoratry ho anareo anareo. [2] Fa anareo e tegnanareo da mahalala tsara gne andron' eTompo da ho avy ako gne mpangalatry ame aligny. [3] Refa mizaka indreo, "Miadagny sy milamigny," da fahapotehigny tampoky gne ho avy amin-dreo. Ako gne fahararian'e viavy bevohoky hiteraky izany. Tsy afaky milefa indreo. [4] Fa anareo, rahalà, da tsy ao agnatign'e mizigny ka hahatratry anareo tampoky ako gne mpangalatry gne andro. [5] Fa anareo agnaby da zanaky gne mazava sy zanaky gne andro. Tsy zanaky gne aligny itsika na gne mizigny. [6] Noho izany, andeha itsika tsy hatory ako gne sasany. F'izy, aoka isika, hiambigny sy hahognon-tegna. [7] Fa indreo zay matory, da magnano izany ame aligny, sady indreo zay mamo da magnano izany avakoa ame aligny. [8] Fa raha mbola an'e andro itsika, da tsy mentsy mahonon-tegna itsika, sady mitafy finoagny sy gne fitiavagny ho fiarovan-tratra, sady gn'antoky gne famonjegny ame ho avy ho fiarovan-dohantsika. [9] Fa Andriamannitry tsy nanendry antsika ho ame fahatezeragny, fa azahoagny famonjegny ame alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. [10] Izy e maty ho antsika, na mifoha itsika na matory, da afaky miara miaigny amin'azy. [11] Ka noho izany mifampionogny sy mifampahereza anareo, ako gn'efa namboarinareo. [12] Mangataky aminareo iay, rô rahalà, mba hanekenareo zay mikely aigny aminareo sy mitondra anareo ame Tompo sady izay magnanatry anareo. [13] Mangataky aminareo avakoa iay mba hagnaja andreo am-pitiavagny noho gne asan-dreo. Mihavagna ame tegnanareo. [14] Magnanatry anareo iay, rô rahalà: mampitandrema gne fikorontanagny, ampaherezo gne kivy, ampio gne malemy, mahareta ame raha agnaby. [15] Zao, tsy misy olo mamaly ratsy gne ratsy na amin'ia na amin'ia. F'izy, mitadiava zay tsara ho an'e tsiraidraiky sy ho an'e olo agnaby. [16] Mifalia mandrakariva. [17] Aza mitsahatry mivavaky. [18] Misaora ame Raha agnaby. Fa izany gne sitrapon'Andriamanitry ao amimn'i Kristy jesosy ho anareo. [19] Aza mamono gne fagnahy. [20] Aza magnano tsinotsinogny e faminaniagny. [21] Andramo gne raha agnaby. Mifikira ame tsara. [22] Alay gne fiboahan'e ratsy agnaby. [23] Andriamanitry gne fiadanagny hampamasigny anao tanteraky. Aoka gne fagnahinareo aby, gne aigny, ary gne tegna da da ho akenigny tsy hanan-tsigny ho ame fiavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. [24] Mahatoky izy e magnantso anao, e raiky zay hagnano an'izany avakoa. [25] Ô rahalà, mivavaha avakoa ho anay. [26] Arabay ame fagnoroagny masina gne rahalà agnaby. [27] Mangataky aminareo ame Tompo iao mba ho vakiagny ame rahalà agnaby ity taratasy ity. [28] Ho aminareo gne fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika

# 2 Thessalonians

Chapter 1

[1] Paoly, Silasy, da i Timoty, ho ame fiangonan'e Tesaloniana amin'Andriamanitry Abantsika sy Jesosy Kristy Tompo. [2] Ho aminareo anie gne fahasoavagny izy ame fiadanagny avy amin'Andriamanitry Abantsika sy Jesosy Kristy Tompo. [3] Iay da tokony hagnome fisaoragny an'Andriamanitry ho anareo fezay, rô rahalà. Fa izany gne tsara anigny, satria tena mitombo be gne finoanareo, sady gne fitiavanareo tsiraidraiky da mitombo ho ane hafa. [4] Noho izany da iay tegnanay da mizaka am-pireharehagny momba anareo eo ame fiangon'Andriamanitry. Iay da mikoràgny momba gne faharetanareo da gne finoanareo tamin'izay nagnenjehagny anareo. Mikoragny momba e fahoriagny izay niaretanareo. [5] Izany da famantaragny gne fitsaragny marin'Andriamanitry. Gne vokatriny da ho raisigny ho mendriky gne fanjakan'Andriamanitry izay nijalianareo anareo. [6] Marina amin'Andriamanitry gne hamaly fahorian'izay nampahory anareo, [7] Sady hagnome fijanognagny ho anareo izay nampahoriagny niaraky taminay. Ho aniny izany ame fiboahan'i Jesosy Tompo avy an-dagnitry miaraky ame gn'anjelin'e heriny. [8] Ame gn'afo miredareda gne agnamboarany gne valifaty amin'e tsy mahafantatry an'Andriamanitry izy ame tsy mamaly gne filazantsaran'i Jesosy Tompontsika. [9] Indreo da hijaly ame fagnasazian'e fandringanagny mandradrakizay lavitry gne fagnatrehan'e Tompo izy ame voninahitry ne heriny. [10] Hambotry anizany izy rehefa avy am'izany andro izany mba hagnomezany gn'olony voninahitry anazy sady igagandreo aby izay nino. Fa gne fijoroanay vavolombelogny aminareo da ninoagny. [11] Am'izay da mivavaky isan'andro ho anareo avakoa iay. Mivavaky iay mba ho mendriky gne ho raisin'Andriamanitritsika ame fagnantsovagny anareo. Mivavaky iay mba ho tanterahiny ame hery gne fagnirianareo e fahatsaragny izy ame asan'e finoagny agnaby. [12] Mivavaky ho an'izany raha aby izany iay mba homenareo voninahitry gn'agnaran'i Jesosy Tompontsika. Mivavaky iay mba hagnomezagny voninahitry anareo, nohon'e fahasoavan'Andriamanitsika sy Jesosy Kristy Tompo.

Chapter 2

[1] Amin'izao gne momban'e fiavian'i Jesosy Kristy Tompontsika izay ame nanangonagny antsika iaraky aminazy: magnontany anareo iay,rahalà, [2] mba tsy ho mora helingelegnigny na hampitahorigny anareo,na ame fagnà,na ame

hafatry,na ame taratasy ako hoe avy aminay,nohon'e vahatrin'e fahatongavan'izany andron'ny Tompo izany. 3 K'avela hisy
olo hamitaky anareo na ame fomba akohignaia. Fa tsy ho avy zany raha tsy hefaran'e fahatongavan'e fahalavoagny,da
gne lelà mpandika lalàgny da aboaky,gne zanak'e fahasimbagny.[Fagnamarihagny:gne dikan-teny taloha sasany da
mivaky hoe:"gne lalà mpanota aboky"]. 4 Izy gne manohitry sady mandratry gne tegnany am'izay rehetra antsoigny hoe
Andriamanitra izay ivavahagny.Vokatr'izany,da nidoboky taminè fiangonan'Andriamanitra izy sady magnaboky gne
tegnany akô gn'Andriamanitra. 5 Tsy tadidinareo moa fa tamine mbola niaraky taminareo da efa nizaka io raha io?
amizao lalanareo ino gne mitazogny anazy, 6 mba hibohany ame fotoagny raiky avao. 7 Fa gne raha mifinin'e fandikan-
dalàna da efa miasa, misy olo raiky avao amn'izao fotoagny izao mandra-pangalagny anazy tamin'e lalàgny. 8 Aveo gne
tena mpandika lalàgny da hambara, izay izay hovonoin'i Jesosy Tompo ame fofonain'ny vavany.Gne Tompo da hitondra
anazy amin'e tsy Nisy dikany amin'elalan'e fibohagn'e feviany. 9 Gne fiaviane mpandika lalàgny da noho gne asan'e satana
miaraky ame hery rehetra,gne famantaragny,sy gne fahagagagny tsy marina, 10 da miaraky amin'e fitaky agnaby gnamin'e
tsy fahamarinagny.Io raha io da ho andreo izay very,satria indreo da tsy nandray gne fihavan'e fahamarinagny mba
ahavoavonjy andreo. 11 Noho izany antony izany da mandefa asan'e fahadisoagny Andriamanitra mba hinoan-dreo
vandy. 12 Vokatr'izany da hotsaraigny aby indreo,indreo izay tsy Mino gne fahamarinagny. 13 Fa iay da tokony magnome
fisaoragny an'Andriamanitra fehizay ho andreo, ralà nihavian'nyTompo.Fa Andriamanitra e nifidy anareo akô gne
voaloham-bokatry ho ane famonjegny am'e fanamasinagny gne fagnà izy ame finoagny gne fahamarinagny.
[Fanamariagny: gne dikan-teny hafa da mivaky ako izao:"Fa Andriamanitry da nifidy hatram'e voalohany ho ane
famonjeny]. 14 Izany gne nagnangiagny anareo tamign'alalane filazantsaranay mba ahazoanareo gne voninahitr'i Jesosy
Kristy Tompontsika. 15 Ka noho izany, rahalà,mijoroa mafy.Tazony gne fahamarinagny izay nampianarigny anareo.Na
tamin'gne tany.Na tamin'gne taratsinay. 16 Amin'izao aoka i Jesosy Kristy Tompotsika tegnany,da Adriamanitry Raintsika
izay tiantsika sady nagnome antsika fankeherezagny mandrakizay izy ame fahatokisagny tsara ho an'e ho avy
amign'alalan'e fahasoavagny,hankahery sady hametraky gne onareo amin'e asa tsara rehetra izy ame teny. 17
hankahahery sady hametraky gne fonareo ame asa tsara agnaby izy ame zaka.

Chapter 3

1 Amin'izao fotoagny zao, rahalà, mivavaha ho anay, mba ho deraigny sy homem-boninahitry gne tenin'e Tompo, da akô
izany avakoa gne aminareo. 2 Mivavaha mba ho afaky amindreo ratsy fagnà sy olon-dratsy iay, fa tsy gne rehetra gne
manam-pinoagny. 3 Fa gne Tompo da mahatoky, izay magnamafy origny izy ame miambigny anareo amin'e ratsy. 4
Managny fahatokisagny amin'e Tompo momba anareo iay, mba sady hanaovanareo gne hanohizanareo e raha izay
nandidiagny anay anareo. 5 Gne Tompo anie hitariky gne fonareo amin'e fitiavan'Andriamanitry izy ame fiaretan'i Kristy. 6
Amin'izao mandidy anareo iay, rahalà, amign'agnaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, mba hiala amindreo rahalà agnaby
izay miaigny agnatin'e hakamoagny izy ame tsy araky e fomban-drazagny izay niraisinareo taminay. 7 Fa anareo
tegnanareo da mahalala fa mety aminareo gne mangala tahaky anay. Tsy niara-niaigny akô indreo izay tsy nanagny
fitsipiky iay. 8 Tsy nihinagny hanignin'olo tsy naloa vola iay. Kanefa, niasa andro aman'aligny tamign'asa soratry izy ame
raha sarotry iay, mba tsy ho enta-mavesatry ho an'e tsiraidraiky aminareo. 9 Tsy hoe nohon'e tsy fanagnagny fahefagny
gne nagnamboaranay anizany. F,izy, nagnano anizany iay, mba ho fitaratry ho anareo, da mba hanahaky anay anareo. 10
Refa niaraky taminareo iay, da nandidy anareo hoe: "Raha misy raiky tsy te hiasa, da tsy tokony hihinagny Izy." 11 Fa
maharegny iay fa miraviravy tagnagny gne sasany aminareo. Tsy miasa indreo fa mpitsabaka. 12 Amin'izao gne olo ako
izany da didinay sady hanarinay amin'i Jesoa Kristy Tompo, mba hiasa am-pahanginagny sady hihinagny gne
hanign'indreo manokagny. 13 F'anareo, rahalà, ka mamoy fo amin'e fanaovagny izay marigny. 14 Raha misy tsy magneky
gne zakantsika amin'ity taratasy ty, mariho eo imason'olo izy sady ka managny fifandraisagny aminazy, da mety ho
megnatry Izy. 15 Ka raisigny ho fahavalo izy, fa hanaro ho akô e rahalàny. 16 Fa izy Tompon'e fiadanagny anie hagnome
fiadagnagny anareo amin'io fotoagny sy amin'e fomba agnaby io. Ho aminareo agnaby anie gne Tompo. 17 Ity gne
fagnamboarako veloma, iao Paoly, tamin'e tagnako, izay famantaragny amin'e taratasy agnaby. Io gne soratriko. 18 Gne
fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika anie ho aminareo agnaby.

# 1 Timothy

Chapter 1

1 Paoly, apostolin'i Kristy Jeossy araky gne didin'Andriamanitry mpamonjy antsika izy amin'i Kristy Jesosy tokantsika, 2 ho
an'i Timoty,zanaky lelà marina ao ame finoagny: Fahasoavagny, famindram-po, sady fiadanagny avy amin'Andriamanitry
Ray izy amin'i kristy jesosy tompontsika. 3 Araky gne nangatahiko mafy ho ataonao refa niala tao Makedonia iao, mipetrà
ao Efesosy mba hahafahanao mibeko gn'olo sasany tsy hampianatry foto-pampianaragny hafa. 4 Tsy tokony hitandrigny
gne tantara izy ame tetiaragny tsisy fiafarany indreo. Io da niteraky adi-hevitry fa tsy magnampy gne
drafitr'Andriamanitry, izay ame gn''alalan'e finoagny. 5 Sady gne tanjon'e didy da fitiavagny avy ame fo madio, avy ame
feon'e fieritreretagny tsara, sady avy ame finoagny tsy mihatsaravelatsy. 6 Gn' olo sasany da tsy nahatratry gne tanjogny
sady niala tamin'io raha io ho agny ame " lahateny molamola". 7 Indreo da te ho mpampianatry lalàgny, kanefa indreo tsy
mahazo gne raha zakanigny sady hizingizignindreo. 8 Fa itsika da mahafantatry fa gne lalàgny da tsara raha misy raiky

mampiasa an'azy ame ara-dalàgny. 9 Itsika da mahafantatry an'izany, fa gne lalàgny da tsy nanigny ho an'olo marigny, fa ho an'e mpandika lalàgny izy ame olo mpikomy, ho an'e ratsy fagnahy izy ame mpanota, sady ho an'e andriamani-diso sy tsy masigny. Izany da nanigny ho an'e izay mamono an'i abany amin'ny endriny, ho an'e mpamono olo, 10 ho an' e ratsy fitondran-tegna ara-nofotry, ho an' e sodomita, ho an'e mpaka an-kerin'olo mba ho andevozigny, ho an'e mpavandy, ho an'e vavolombelogny tsy marigny, sady ndre ino nde ino hafa manofitry gne fampianaragny mahatoky. 11 Io fampianaragny io da mifagnaraky ame filazantsaran'e voninahitr'Andriamanitry voatahy izay nankinigny taminà. 12 Isaorako i Kristy Jesosy tompontsika. Nampahery anà Izy, fa naniny mahatoky iao, sady nagnambara anà ho ame fanompoagny Izy. 13 Iao da mpizaka ratsy, mpagnenjiky, sady lelà mahery setry. Kanefa nahazo famindram-po iao satria tame tsy fahalalagny gne nagnamboarako an'izany noho gne tsy finoagny. 14 Fa gne fahaosavan'e Tompontsika gne nandrakotry finoagny sy fitiavagny izay ao amin'i Kristy Jesosy. 15 Izao hafatry izao da azo antoky sady mendriky gne fagnekegny agnaby, fa i Kristy Jesosy da avy tetoa ambonin'e tany hagnavotry gne mpanota. Iao gne ratsy indrindra tamin'io. 16 Fa noho izany antony izany gne namindrandragny fo taminà, mba ame alalako, gne zakabe indrindra, i Kristy Jesosy da mety hagnabôky gne faharetagny agnaby. Nagnano an'izany Izy ho ohatry ho an' izay magniry hatoky an'Andriamanitry ho an'e fiainagny mandrakizay. 17 Sady ho an' e mpanjakan'e taloha, tsy mety maty, tsy hita maso, da ho an'Andriamanitry raiky, anie gne laza izy ame voninahitry mandrakizay doria.Amena. 18 Izao didy izao ro gne omeko anao, Timoty, zanako, araky gne faminaniagny nanigny makasiky anao taloha, fa anao da mety hiady gne ady tsara, 19 gne fiazonagny gne finoagny izy ame feon'e fieritreretagny tsara. Tame fandavagny an'izany, misy gne nagnano sambo vaky gne finoagny. 20 Mitovy an'i Hymeneo sy Aleksandro, izay natolotry ho an' i Satana mba ampianaragny andreo tsy hizaka ratsy.

Chapter 2

1 Voalohany indrindra noho izany, da mampirisiky iao fa gne fangatahagny, vavaky, fifonagny, sady fisaoragny da nanigny ho an'olo agnaby, 2 ho an'e mpanjaka izy amin' indreo agnaby eo ame fahefagny, mba ahafahantsika miaigny am-piadanagny sy miaigny milamigny ame toe-pagnahy araky an'Andriamanitry izy ame fahamendrehagny agnaby. 3 Izany da tsara sady azo ekegny eo anatrehan'Anandriamanitry mpamonjintsika. 4 Iriny mba hovonjegny agnaby gn'olo agnaby sady ho lasa ame fahalalagny gne marigny. 5 Fa raiky avao gn'Andriamanitry, sady raiky avao gne mpagnelagnelagny an'Andriamanitry izy ame olo, da i Kristy Jesosy. 6 Izy nagnome gne vatany ho vidim-pagnavotagny ho an'olo agnaby, mitovy ame fijoroagny vavolombelogny ame fotoagny raiky ho Izy. 7 Fa amin'izany tanjogny izany, iao, gne vatako, da nanigny ho mpitory sy ho apostoly. Mizaka gne marigny iao. tsy mavandy iao. Mpampianatry an'e jentilisa ame finoagny izy ame fahamarinagny iao. 8 Noho izany, tiako gne lelà ndre ia ndre ia mba hivavaky sy hanandra-tagnagny masigny tsy an-kavigniraragny na ame fifandiragny. 9 Akô izany avakoa, tiako gne viavy mba hisikigny akanjo magneva gne vatany, ame fahamendrehagny izy ame fahafehezan-tegna. Tsy tokony hagnano volo mirandragny, na volamena,na voahangy, na akanjo lafo vidy. 10 Tiako indreo hisikigny amn'izay mety ho an'e viavy izay magnabôky toe-pagnahy araky an'Andriamanitry ame gn'alalan'e asa tsara. 11 Gne viavy da tokony hianatry am-pahanginagny sady hagneky tanteraky. 12 Tsy apetrako hampianatry gne viavy na hampihatra fahefagny ame lelà, fa hijanogny ao agnaty fahanginagny. 13 Fa Adama gne noforonigny voalohany, avy eo i Eva. 14 Adama da tsy voafitaky, fa gne viavy gne voafitaky taneraky tame fandikan-dalàgny. 15 Ndre izany aza, hovonjegny izy ame gn'alalan'e fiterahagny zaza, raha mitovy ame finoagny izy ame fitiavagny sady fahamasinagny miaraky ame fahonognan-tegna.

Chapter 3

1 Matokia izao zako izao.Raha misy olo magniry gne ho mpiandraikitry, da magniry asa tsara izy. 2 Noho izany da gne mpiandraikitry da tsy maintsy tsy mana-tsigny. Tsy maintsy manam-bady viavy raiky izy. Izy da tokony hahay handajalanja, hendry, tia filaminagny, tia mandray olo. Tsy maintsy mahay mampianatry izy. 3 Tsy tokony za-dratsy ame divay izy, tsy mpila-ady, fa koa, malemy fagnahy, feno fiadagnam-po. Izy da tsy tokony ho tia vola. 4 Tokony hitantagny tsara gne tokantragnony izy, sady gne zanany da tokony hagneky an'azy am-pagnazagny tanteraky. 5 Fa raha tsy mahay mitantagny gne tokantragnony izy, akognaia gne hikarakarany gne fiangonan'Andriamanitry? 6 Tsy tokony ho olo vao niova fo izy, mba tsy hieboeboany ka ho lavo ame fagnameloagny mitovy ame devoly. 7 Izy avao koa da tsy maintsy tsara laza ame olo egny ambadiky, mba tsy lavo agnaty fahafaham-baraka izy ame fandriky gne devoly. 8 Gne Diakona, akô izany avakoa, da tokony ho mendriky. Indreo da tsy tokony hisotro divay be lôtry na tsy malala voky ara-tsakafo. 9 Tokony hitazogny gne fahamarinan'e finoagny nambara miaraky ame feon'e fiheritreretagny madio. 10 Indreo avakoa da tokony ho sedraigny mialoha, avy eo da tokony hanompo satria tsy manan-tsigny indreo. 11 Gne viavy avakoa da tokony ho mendriky mitovy amin'izany. Tsy tokony ho mpagnendrikendriky indreo. Tokony hahay handanjalanja sady mahatoky ame raha agnaby. 12 Gne Diakona da tokony hanambady viavy raiky. Tsy maintsy mitantagny tsara gne zanany izy ame tokantragnony indreo. 13 Fa gne izay nanompo tsara da handray gne laza tsara izy ame fahatokisagny zakabe ame finoagny ho an'e vatandreo izay ao amin'i Jesosy Kristy. 14 Manoratry an'itoa raha toa aminao iao, sady magnantegna gne ho avy tsy ho ela agny aminao iao. 15 Fa raha tara iao, da manoratry mba hahafantaranareo gne fitondran-tegna ao ame tokantragnon'Andriamanitry, izay fiangonan'Andriamanitry velogny, gne vato fehizoro sy fiorenan'e fahamarinagny. 16 Tsy azo andanagny fa gne fahamarinagny nambara izay araky an'Andriamanitry da zakabe: "Izy da nibôky tame nofitry,

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

nomahirin'e fagnahy, hitan'e anjely, nambara tagnivon'e firenegny, ninoan'izao tontolo izao, sady nasandratry tamin'e voninahitry."

Chapter 4

[1] Amin'izao fotoagny izao nizaka mazava tsara gne Fagnahy fa ame fotoagny agny afara agny da hiala ame finoagny gn'olo
sasany sady mitandrema tsara gne amin'e fagnahy mpamitaky izy amin'e fampianaran'e demonia [2] ame fihatsaram-
belatsihin'e mpavandy. Fa voamariky ame vy mamay gne feon'e fieritreretandreo. [3] Ho raràndreo gne manambandy izy
ame mangalaky hanigny izay noforonin'Andriamanitry ho zaraigny miaraky ame fisaoragny eo amin'izay mino sy izay
mahafantatry gne marigny. [4] Fa gne raha agnaby izay noforonin'Andriamanitry da tsara. Tsisy handagnagny gne raha
noraisintsika tamin'e fisaoragny. [5] Fa nohamasinigny tame zakan'Andriamanitry izy ame vavaky izany [6] Raha
apetrakinareo eo anatrehan'e rahalà io raha io, da ho mpanompo tsaran'i Jesosy Kristy anareo. Fa notaizagny tamin'e
tenin'e finoagny sy tame fampianaragny tsara izay narahinareo anareo. [7] Fa lavo gne angano tanteraine ragnavavy. Fa
koa, tariho hagnome voninahitry an'Andriamanitry gne tegnanareo. [8] Fa gne vatagny hofanina da kidy avao gn'azo
ampiasagny an'azy, nefa fampiasa ame raha agnaby gne toetry araky an'Anandriamanitry. Mihazona gne
fampagnantenagny amin'ity fiainagny amin'izao fotoagny izao ity izy ame fiainan-ko ho avy. [9] Ity hafatry ity da mendri-
pitokisagny sady mendriky gne fahafenoan'e fagnekegny. Fa noho izany da hitologny sady hiasa mafy itsika. [10] Fa
mahatoky ao amin'Anandriamanitry velogny itsika, izay Mpamonjy gn'olo agnaby, indrindra indreo izay mino. [11]
Ambarao sady ampianaro io raha io. [12] Anio tsara tsy hisy olo hagnano tsinontsinogny gne fahatanoranao. Fa koa, anio ho
ohatry ho andreo izay mino, ame fizaka, fitondran-tegna, fitiavagny, finoagny, sady fagnanaragny. [13] Mandra- pahaviko,
tohizo gne famakiagny, gne fagnanaragny, izy ame fampianaragny. [14] Ka anigny tsinontsinogny gne fagnomezam-
pasoavagny izay ao aminao, izay nomegny anao tame gn'alalan'e faminaniagny, niaraky tame fametrahan-tagn'e
loholona. [15] Tandrovy iregny raha iregny. Meteza ho ao amindreo, mba hiharihary amin'olo agnaby gne fandrosoanao. [16]
Tandremo tsara gne vatanao izy ame fampianaragny. Tohizo iregny raha iregny. Fa raha magnano akô izany, da ho
vonjenao gne vatanao izy amindreo izay miteno anao.

Chapter 5

[1] Ka mivignitry gne rangaha. Fa koa, anaro akô i abanao izy. Anaro akô gne rahalà gne lelà tanora, [2] Anaro akô i endrinao
gne ragnavavy, sady gne tanora viavy akô gne anakavy ao ame fahadiovagny agnaby. [3] Magnanja gne mpitondrategna,
gne tena mpitondrategna . [4] Fa Raha manan-janaky na zafikely gne mpitondrategna raiky, da apetray indreo aloha
hianatry hagnaboky fagnajagny ao ame tokantragnony. Apetray indreo hamaly babegny an'i abany amin'i endriny, satria
ankasitrahan'Anandriamanitry izany. [5] Fa gne tena mpitondrategna da napetraky ho raiky. Mametraky gne fitokiagny
amin'Anandriamanitry izy. Mitoetry hatrany amin'e fangatahagny izy ame vavaky isan'andro isan'andro. [6] Ndre izany
azaky, gne viavy izay miaigny ho an'e fafinaretagny da maty, ndre da mbola velogny aza izy. [7] Torio izany raha izany mba
tsy anagnandreo tsigny. [8] Fa raha misy olo tsy magnome ho an'e havany akaiky,idrindra ho andreo izay ao ame
ankohonany, da nandà gne finoagny izy sady ratsy lavitry noho gne tsy mpino. [9] Apetray hosoratagny ho mpitondrategna
gne viavy izay tsy latsaky gn'enimpolo taogny, viavy raiky izay vadin'e lelà raiky. [10] Tokony ho fantatry noho gne asa tsara
izy, ndre nikarakara gne zaza, ndre avakao, nampiatragno gne mpivahiny, ndre nanasa gne tongotr'e mpino, ndre
nagnameva gne mahatra, ndre nanolo-tegna tame asa tsara agnaby. [11] Fa ho andreo mpitondrategna mbola tanora koa, da
ka magneky gne hanoratry andreo ao agnaty lisitry. Fa refa milavo-lefogny ame filan'e nofotry hanohitry an'i Kristy
indreo, da ta-hanambandy. [12] Amin'izany indreo da hahazo sazy satria namadiky gne fanoloran-tegnany voalohany. [13] Ka
lasa zatry malaigny koa indreo. Mandehandeha mitety tragno. Tsy hoe lasa malaigny fotsiny avao indreo, fa lasa mpifosa
sy mpila ady avakoa. Mizaka raha izay tsy tokony ho zakaniny indreo. [14] Noho izany da tiako hanambandy gne viavy
mbola tanora, hiteraky, hikarakara tokantragno, mba tsy ahafahany magnome iriky gne fahavalo havandy aminay ho
nagnano ratsy. [15] Fa gne sasany efa nivily sahady hagnaraky an'e Satana. [16] raha misy viavy mino managny
mpitondrategna, apetray izy hagnampy andreo, mba tsy hagnavesatry gne fiangonagny,mba hahafahany magnampy gne
tena mpitondrategna marigny. [17] Apetray gne loholona izay manapaky tsara mba ho raisigny ho mendri-boninahitry idroy
agny, indrindra indreo izay miasa miaraky ame zaka izy ame fampianaragny. [18] fa hoy gne Soratra Masina hoe: "Tsy
tokony hagnisy fehiny gne vavan'omby anao raha mbola mively voa izy". Sady koa: "Gne mpiasa da mendriky gne
karamany." [19] Ka mangala fahavandesagny manohitry gne loholona raiky raha tsisy vavolombelogny roy na telo. [20] Ahitsio
eo anatrehan'olo agnaby gne mpanota mba hatahotry gne ambiny hafa. [21] Mandidy anao mafy iao eo
anatrehan'Andriamanitry sy eo anatrehan'i Kristy Jesosy sady gne anjely voafidy, mba hihazonanao io didy agnaby io
tsisy fitsaratsaragny sady mba tsy hagnamboaranao ndre ino ndre ino ame fandaniagny. [22] Ka maimaiky mametr-
tagnagny ndre amin'ia ndre ia. Ka miaraky ao ame fahotan'olon-kafa. Tokony hitazogny gne vatanao hadio anao. [23]
Tokony tsy hisotro rano etsanaky anao. Fa koa, tokony handray divay kidy anao ho an'e vavony izy ame aretinao mateti-
pihavy. [24] Gne fahotan'olo sasany da fantatry mibaribary, sady indreo da mandeha alohandreo ao ame fitsaragny. Fa
gn'ota sasany magnaraky avy aty afara. [25] Akô izany avakoa, misy asa tsara fantatry mibaribary,nefa gne sasany aza da tsy
azo afiny.

Chapter 6

1 Apetray gn'olo agnaby izay ao ambanin'e Zioga akô gne andevo mba hagnano gne tompony ho mendriky gne haja
agnaby. Indreo da tokony hagnano izany mba tsy hizakanagny ratsy gne agnaran'Andriamanitry izy ame fampianaragny.
2 Gne andevo izay managny tompo mino da tsy tokony hagnano tsinontsinogny andreo satria mpirahalà amin'azy. Fa koa,
indreo da tokony hanompo gne tompony hatrany hatrany. Fa gne tompo izay nampiagny tame asandreo da mpino sady
tiavigny. Ampianaro sady ambarao gne raha agnaby io. 3 Dinio fa gn'olo da mampianatry ame fomba hafa sady tsy
magneky gne fanoroantsika ara-pinoagny, izay, zakan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Dinio fa indreo da tsy magneky gne
fampianaragny izay mitondra agny ame toetra araky an'Andriamanitry. 4 Izany olo izany da mirehareha sady tsy
mahalala ndre ino ndre ino. Fa koa, izy da molan'e adihevitry izy ame fandresen-dahatry makasiky io zaka io. Iregny
zaka iregny da miteraky fialonagny, fagnevatevagny, ahiahy ratsy, 5 sady gne fifandonagny eo ame olo maloto fisaignagny.
Miala ame marigny indreo. Mihevirty izy fa gne toetra araky an'Andriamanitry gne fomba ahatongavagny ho mpanan-
karena. [ Fagnamarihagny: Gne fandikagny taloha sasany da magnampy hoe: "Miala ame raha akô izany". Fa gne
fandikagny tsara indrindra taloha da tsy magnampy an'izany.] 6 Sady gne toetra araky an'Andriamanitry miaraky ame
fahafaham-po da tombony zakabe. 7 Satria itsika da tsy niady ndre ino ndre ino amin'izao tontolo izao. Tsy hahavita
hinday ndre ino ndre ino itsika. 8 Fa koa, apetray itsika ho afa-po ame hanigny izy ame fitafiagny. 9 Sady indreo izay te ho
lasa mpanan-karena da latsaky ao agnatin'e fakam-pagnahy, ao agnatin'e fandriky. Latsaky tagnatin'e hamolagny izy ame
filagny mampidi-doza maro indreo, sady gne hafa avakoa mandetiky gn'olo ao ame faharavagny izy ame fandriganagny.
10 Satria fototr'e karazan-dratsy agnaby gne fitiavam-bola. Gn'olo sasany izay marigny da efa voavily niala tame finoagny
sady nanindrogny gne vatandreo tame fahoriagny zakabe. 11 Fa anao, rô lelàhin'Andriamanitry, mandosira gne raha
agnaby. Miezaha mitady gne fahamarinagny, gne toetry araky an'Andriamanitry, gne fahatokisagny, gne fitiavagny, gne
faharetagny sady gne hatsaram-pagnahy. 12 Media gne ady tsaran'e finoagny. Tazomo tsara gne fiainagny mandrakizay fa
ho amin'izany gne namgiagny anao. Izany da makasiky gne nijoroanao vavolombelogny gne amin'izay inoanao teo
anatrehan'e vavombelogny maro tamin'izay tsara. 13 Iao da magnome anao izany didy izany eto anoloan'Andriamanitry,
izay nahalasa gne raha agnaby ho velogny, sady eo anatrehan'i Kristy Jesosy, izay nizaka gne marigny teo anatrehan'i
Pintio Pilato: 14 Tanjono tsara gne didy, tsy manan-tsigny, mandra-pibohan'e Tompontsika Jesosy Kristy. 15 Andriamanitry
da magnabôky gne fiboany ame fotoagny tokony ho izy_ Andriamnitry, gne raiky izay notahiagny, gne hery raiky, gne
Mpanjaka izay manjaka, sady gne Tompo izay manapaky. 16 Izy raiky vao gne managny gne tsy fahafatesagny sady
mipetraky eo ame hazavagny tsy azo hagnatognagny. Tsisy olombelogny mahita an'azy na afaky magnety an'Azy. Ho
an'Azy anie gne voninahitry izy ame hery mandrakizay. Amena. 17 Zakano gne mpanan-karena amin'izao tontolo izao mba
tsy hirehareha, sady magnantegna gne harena, izay tsy azo antoky. Fa koa, tokony hagnantegna an'Andriamanitry indreo.
Magnome antsika gne harena marigny agnaby Izy mba hifaliantsika. 18 Zakano indreo mba hagnano gne tsara, mba
hanan-karena ame asa tsara, mba alala-tagnagny, sady vonogny hizara. 19 Amin'izany fomba izany, da ho tehirizindreo
gne fototry tsara ho an'e vatany amin'izay ho avy, ka hifikirany gne tena fiainagny. 20 Ô Timoty, arovy izay nomegny anao.
Helay gne resaky mola izy ame fandresen-dahatry mifanohitry momba gne fangiagny diso gne amin'izay anigny hoe
fahalalagny. 21 Gn'olo sasany da magnambara izany raha izany ka da tsy nahatadidy gne finoagny indreo. Ho aminareo
anie gne fahasoavagny.

# 2 Timothy

Chapter 1

1 Paoly, apostolin'i kristy Jesosy tame alalan'e sitrapon'Andriamanitry, arak'e fampagnantegnan'e fiainagny izay ao amin'i
Kristy Jesosy, 2 an'i Timoty, zanaky tiagny : Fahasoavagny, fiantragny, da fiadanagny avy amin'Andriamanitry, gne Ray izy
ami'i Kristy Jesosy Tompontsika 3 Misaotry an'Andriamanitry iao, izay tompoiko avy ame razambeko, miaraky ame feon'e
fieritreretagny madio, ako e hahatsiarovako anao mandrakariva ame fivavahako andro aman'aligny. 4 Ako e
hahatsiarovako e ranomasonao, magniry mafy gne hahita anao iao, ka mety ho feno hafaliagny iao. 5 Nampatsiahivigny
taminà e finoanao marina, izay niaigny tao am'i endribenao Loisa izy am'i endrinao Eonisa, da resy lahatry iao izao fa
miaigny ao aminao avakoa izany. 6 Izany gn'antony ampatsiahivako anao mba hampiasanao indraiky e
fagnomezan'Andriamanitry ao aminao ame alalan'e fametrahako tagna. 7 Fa Andriamanitry tsy nagnome fagnahin'e
tahotry antsika, fa gne hery da gne fitiavagny da e fifehezan-tegna. 8 Ka megnatry ame fijoroagny vavolombelo momba
gne Tompontsika, na aminà, Paoly, gne gadrany. F'izy, mizara ame fahoriagny gne filazantsara arak'e
herin'Andriamanitry. 9 Fa Andriamanitry gne namonjy antsika sady nangaiky antsika tame antso masigny. Nagnano izany
Izy, tsy nohon'e drafitry izay efa naniny sady gne fahasoavany. Ndre da mbola tsy nanomboky gne fotoagny da efa
nagnome antsika an'io raha io tao am'i Kristy Jesosy Izy. 10 Fa amin'izao fotoagny izao gne famonjen'Andriamanitry da
nambara tame alalan'e fisehoan'i Kristy Jesosy Mpagnavotry atsika. Kristy izay nagnafoagny gne fahafatesagny sady
nitondra fiainagny izay tsy ho tapitry mandrakizay mba hagnazava ame alalan'e filazantsara. 11 Noho izany, da voatondro
ho mpitory teny iao, ho apostoly, sady ho mpampianatry. [Fagnamarihagny: Gne dikan-teny taloha sasany da magnampy
hoe: "Ho an'e Jentilisa."] 12 Fa noho izany antony izany da mijaly amin'io raha io avakoa iao. Fa tsy megnatry iao, satria
fantako Izy gne ninoako. Resy lahatry iao fa afaky mitazogny izay efa nankiniko tamin'azy Izy mandrapahavin'izany

andro izany. 13 Tano gne ohatry mikasiky gne hafatr'e finoagny izay renareo tamina, miaraky ame finoagny izy ame
fitiavagny izay ao amin'i Kristy Jesosy. 14 Gne raha tsara izay namboarin'Andriamanitry taminao, embeno ame alalan'e
Fagnahy Masigny izany, izay miaigny ao amintsika. 15 Fantatrareo izany, fa izay nipetraky tagny Azia da nivadiky taminà.
Ao amin'io fikambanagny io gne Fizelio izy ame Hermozena. 16 Enga anie gne Tompo hagnome famindram-po ame
tokantragnon'i Onesiforo, satria namelombelogny anà matetiky izy sady tsy megnatry tame gadrako. 17 F'izy, refa tagny
Roma izy, da nitady mafy anà, da hitany iao. 18 Gne Tompo anie hagnaboaky anazy ka hahitany famindram-po
lat'amin'azy amin'izany andro izany. Gne fomba agnaby nagnampiany ana tao Efesosy, da fantatrareo tsara.

Chapter 2

1 Noho izany anao sa zanako, mahereza ao ame fahasoavagny izay ao am'i Jesosy Kristy. 2 Gne raha renareo tamina teo
ankatrefan'e vavolombelo maro, da hankino ame olo atokisagny izay afaky hampianatry gne sasany koa. 3 Mihareta raha
sarotry miaraky aminà, ako e miaramila tsaran'i Jesosy Kristy. 4 Tsy misy miaramila manompo raha mbola voafandrik'e
raharahan'izao fiainagny izao, mba ahafahany mampifaly gne lehibeny. 5 Da raha misy olo mifaninagny ako gne atleta, da
tsy mandray gne satro-boninahitry izy raha tsy mifanagny ame alalan'e fitsipiky. 6 Ilaigny gne fandraisan'e mpamboly
izay miasa mafy gne anjara vokatry voalohany. 7 Saigno gne momba izay zakaiko, fa gne Tompo gne hagnome anareo gne
fahatakaragny ame raha agnaby. 8 Tsarovy Jesosy Kristy, avy ame taranak'i Davida, izay natsangagny tamin'e maty. Izany
da arak'e hafatr'e filazantsarako, 9 izay mampijaly anà gne ame famiezagny ako gne mpamono olo. Fa gne
zakan'Andriamanitry da tsy voafehy. 10 Noho izany hiaretako gne raha aby ho an'e voaafidy, mba ho afaky handray gne
fagnavotagny izay ao am'i Kristy Jesosy avakoa indreo, miaraky ame voninahitry mandrakizay. 11 Ity zaka ity da mendri-
pitokisagny: "Raha maty niaraky tamin'azy itsika, da ho velogny hiaraky amin'azy avakoa. 12 Raha miaritry itsika, da
hanjaka hiaraky amin'azy avakoa. Raha handa an'Azy itsika, da handa antsika avakoa Izy. 13 Raha tsy matoky itsika, da
hahatoky avao Izy, satria tsy afaky manda gne tegnany Izy." 14 Ampahatsiahivo andreo avao io raha io. Ampitandremo eo
ankatrefan'Andriamanitry indreo mba tsy hifamaly mikasiky gne zaka. Noho io da tsy misy raha ilaigny. Noho io da misy
fahasimbagny ho an'izay miteno. [Fagnamarihagny : gne dikan-teny sasany da magnano hoe: "Ampitandremo eo
ankatrefan'Andriamanitry indreo."] 15 Omeo gne tsara lat'aminao mba hanoloranao tegna ho an'Andriamanitry ako gne
ekegny, mpiasa izay tsy managny antony hahamegnaragny, izay mpampianatry gne zakan'e fahamarinagny ame tokony
ho izy. 16 Hialay gne zaka fanevatevagny, izay mitondra tsikidikidy agny ame faharatsiam-pagnahy. 17 Gne resakindreo da
hiely ako gne fery mandoaky. Eo ategnategnan'e Hymenreo izy ame Fileto. 18 Indreo gne lelà tsy mba nahalala gne
marigny. Mizaka indreo fa e fitsanganagny ame maty da efa nitranga. Simbaindreo gne finoan'e sasany. 19 Ndre da izany,
gne fototry mafy orin'Andriamanitry da mijoro. Managny ity soratry ity: "Gne Tompo da mahafantary izay an'azy" sady "
Izay manogno e agnaran'e tompo da tsy maintsy miala ame tsy fahamarinagny." 20 Ao ame tragnon'e mpanan-draha, da
tsy gne tragnon'e volamena izy ame volafotsy avao gn'ao. Misy avakoa gne fipetrahan'e hazo izy ame tanimanga. Gne
sasany amindreo da ho ampiasaigny amim-boninahitry, da gne sasany ho ame fangalà baraka. 21 Raha misy olo magnadio
gne tegnany ho afaky ame fahafaham-baraka, da fipetrahagny manan-kaja izy. Izy da voatokagny, ilain'e Tompony, sady
voaomagny ame asa tsara agnaby. 22 Milefasa gne filan'e tanora. Mitadiava fahamarinagny. finoagny, fitiavagny, da
fihavanagny miaraky amin'izay mangaiky gne Tompo ame fo madio. 23 F'izy, mandàva gne fagnontanitagny adala sady tsy
misy fotony. Fantatrareo fa miteraky ady izany. 24 Gne mpanompon'e Tompo da tsy tokony mifamaly. F'izy tsy maintsy
malemy fagnahy ame raha agnaby izy, mahay mampianatry, sady maharitry. 25 Tsy maintsy ao ame fahalemem-pagnahy e
ampianaragny izay manohitry an'azy. Fa Andriamanitry angamba gne mety hagnome an'azy gne fibebahagny ho an'e
fahalalagny gne marina. 26 Mety hody indraiky e fisaignandreo da hiala gne frandrik'e devoly, refa avy nosamboriny tame
sitrapony.

Chapter 3

1 Fa fantaro izao: ame andro farany da hisy gne fotoan-sarotry. 2 Satria gn'olo ho tia tegna, tia vola, ho mpirehareha, ho
mpandoka tegna, ho mpanevateva an'Andriamanitry, tsy magnaraky zakan'e ray aman-dreny, tsy misaotry, da tsy
masigny. 3 Tsy hanamp-pitiavagny e fianakaviany indreo, mpanohitohitry, mpagnendrikendriky, tsy hahafehy tegna,
hahery setra, tsy ho tia gne tsara. 4 Ho mpamadiky indreo, tsy misy mieritreritry, mpagnambony tegna, tia
fahafinaretagny mihoatry gne tia an'Andriamanitry. 5 Hanagny gne toetry ako an'Andriamanitry indreo, kanefa da handà
gne heriny. Mialà ame olo akoizany. 6 Satria gne sasany tamindreo da gne lelà izay miditry an-tokantrano sady mambabo
gne viavy adala. Gne viavy izay tsy afaky ame fahotagny sady voatariky ame filàgny samby hafa. 7 Io viavy io da mianatry
fezay, kanefa tsy ho avy ame fahafantaragny gne fahamarinagny mihintsy. 8 Akoizany avakoa i Jana izy am'i Jambra
nitsangagny nanohitry an'i Mosesy. Tamin'izany da nitsangagny avakoa gne mpampianatry sandoky hanohitry gne
marina. Indreo da lelà simba fiainagny, tsy nankasitrahagny tame finoagny. 9 Fa tsy handroso lavitry indreo. satria gne
hadalany da ho hita mazava ame olo agnaby, ako e an'io lelà aby io. 10 Fa raha anareo, da efa nagnaraky gne
fampianarako, gne fitondragny, gne fikasagny, gne finoagny, gne faharetam-po, gne fitiavagny, gne faharetagny, 11 gne
fagnenjehagny, gne fijaliagny, da izay nitranga taminà tagny Antiokia, tagny Ikonioma da tagny Lystra. Niharitry gne
fagnenjehagny iao. Avy amin'io aby, da namonjy anà gne Tompo. 12 Izay te-hiaigny arak'e fomban'Andriamanitry ao amin'i
Kristy Jesosy aby da ho enjehigny. 13 Gne olon-dratsy izy ame mpisandoky da ho agny ame ratsy kokoa fezay. Indreo da

hitariky gne olon-kafa ho agny ame lalan-diso. Sady indreo tegnany da ho voatariky amin'izany. 14 Fa raha anareo,
mipetraha ame raha izay efa niaignanareo izy amin'izay efa ninoanareo mafy hoe avy amin'ia e efa niaignanareo. 15
Fantatrareo fa nanomboky tame fahazazagny da efa nahalala gne asa soratry masigny anareo. Izany da hahavita
hampahendry anareo ho ame famonjegny ame alalan'e finoagny an'i Jesosy Kristy. 16 Gne Soratry Masigny agnaby da avy
ame tsindrimandrin'Andriamanitry. Izany da tombony ho an'e fotoam-pampianaragny, ho an'e fanondroagny gne diso, ho
an'e fagnitsiagny, sady ho an'e fampiofanagny ame fahamarinagny. 17 Izany da mba hahalasa gne lelan'Andriamanitry
hahay tsara, sady ho voaomagny tanteraky ame asa tsara rehetra.

Chapter 4

1 Iao da magnome ity didy hentitry ity eo ankatrefan'Andriamanitry izy am'i Jesosy Kristy, izay hitsara gne velogny izy
ame maty, sady nohon'e fiboahany izy ame fanjakany: 2 Mitoria gne Zaka. Mivognona na ame fotoagny na tsy ame
fotoagny. Magnanara, mizaka mafy, mandrisiha, amim-paharetagny sady gne fampianaragny rehetra. 3 Satria ho avy gne
fotoagny izay tsy hazakan'olo gne feon'e fampianaragny. F'izy, indreo da hifidy mpampianatry ho andreo arak'e
fagniriany manokagny. Izany da hagnitikitiky gne sofindreo. 4 Hangala gne fitenomandreo gname fahamarinagny izany,
da hivily ho agny ame tafasiry. 5 Kanefa anareo, eritrereto tsara gne raha agnaby. Hiareto gne raha sarotry; amboaro
gn'asan'e evanjelista; tanteray gne fanompoanareo. 6 Satria efa hatolotry sahady iao. Efa avy gne fotoagny hialako. 7 Iao da
efa nahavita gn'ady tsara; efa nahavita gne hazakazaky iao; efa notanako gne finoagny. 8 Gne satro-boninahitr'e
fahamarinagny da efa voatokagny ho anà, izay homen'e Tompo, gne mpitsara marina, ho anà amin'izany andro izany,
sady tsy ho anà raiky avao, fa ho an'izay efa nitia gne fiboahany avakoa. 9 Omeo aby izay tsara avy aminao mba
handianagny aty aminà malaky. 10 Satria i Demasy efa niala anà. Tiany izao tontolo izao sady efa nandeha tagny
Tesalonika izy. Kreska da nandea tagny Galatia, da i Titosy nandea agny Dalmatia 11 Lioka raiky avao gne miaraky amina.
Alay i Marka da ento miaraky aminao satria ilaiko ame asa izy. 12 Tykiko da nalefako tagny Efesosy. 13 Gne lamba izay
napetrako tao Troasy miaraky ame Karpo, ento igny refa avy anao, da gne boky, indrindra gne mifogno hoditry. 14
Aleksandro, gne mpanefy varahigny igny, da nampiharihary asa ratsy maro taminà. Gne Tompo da hamaly an'azy arak'e
asany. 15 Anao avakoa da tokony hitandrigny gne tegnanao amin'azy, satria izy fa manohitry mafy gne zakanay. 16 Tame
fiarovan-tegnako voalohany, tsy nisy nanohagny anà. Nefa, gn'olo agnaby da niala anà. Aoka mba tsy ho voaheloky
amin'izany indreo. 17 Fa gne Tompo da nitsangagny teo agnilako sady nankahery anà mba gne fagnambaragny da afaky
tanterahigny tanteraky ame alalako, sady mba afaky haharegny gne Jentilisa agnaby. Iao da avotry tame vavan'e liona. 18
Gne Tompo da hagnavotry anà ame asa ratsy agnaby sady hamonjy ana ame fanjakany agny an-dagnitry. Ho an'azy anie
gne voninahitry mandrakizay doria. Amena. 19 Anio veloma i Prisila, da gne ankohonan'i Onesiforosy. 20 Erasto da
nipetraky tao Korinto, fa i Trofimo da nialako fa narary i Mileto. 21 Omeo izay tsara indrindra avy aminao mba hiaviagny
alohan'e rirignigny. Magnano veloma anao i Eolobolo, da i Poda avakoa, Lino, Klaodio, da gne rahalà agnaby. 22 Hiaraky
ame fagnahinao anie gne Tompo. Ho aminareo anie gne fahasoavagny.

# Titus

Chapter 1

1 Paoly, mpanompon'Andriamanitry sady Apostolin'i Jesosy Kristy, hagnamafy gne finoan'olom-boafidin'Andriamanitry izy
ame fahalalagny e marina izay magnaraky gne toe-pagnahy araky an'Andriamanitry, 2 ame fahatokisagny e fiainagny
mandrakizay, izay nampagnantegnain'Andriamanitry, gne tsy mavandy, taloha be tagny. 3 Tame fotoagny voatondro, da
naboakiny e zakany tame hafatry izay natokisany ho ampitaiko. Naniko izany arak'e didin'Andriamanitry, gne Mpamonjy
antsika. 4 Ho an'i Titosy, anaky marina ao ame finoagny hitambarantsika. Fahasoavagny izy ame fiadanagny avy
amin'Andriamanitry Ray izy amin'i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. 5 Noho izao antony izao e namelako anao tagny
Kreta, da e mba handaminanao io raha mbola tsy vita aby sady hanendry olombe isak'e tanagny araky izay efa
nandidiako anao. 6 E olombe ame tanagny da tsy tokony hanan-tsigny mihintsy, vadin'e viavy raiky, managny anaky mino
tsy voapanga ho magnara-po ame ratsy na maditry. 7 Ilain'e mpitandrigny, amin'e maha-mpagnano e asan'Andriamanitry,
e tsy fanagnan-tsigny. Tsy tokony hahery fizakagny na mirehareha. Tsy tokony ho mora vignitry, tsy mamolava, tsy tia
ady, sady olo tsy tia vola. 8 F'izy, tokony hampandroso an-dragno izy, naman'izay tsara. Tsy maintsy mahonon-tegna,
marina, masina, sady mahafehy tegna. 9 Tokony mitagny mafy e hafatry izay efa nampianarigny izy, mba afahany
mampahery gne hafa ame fampianaragny tsara sady hagnitsy e olo izay manohitry an'azy. 10 Fa maro e olo mpikomy,
indrindra e voafora. Tsy misy lanjany e zakandreo. Mandiso fagnantegnagny sady mitariky gn'olo ame lalan-diso indreo.
11 Ilaigny e manakagny an'iregny. Mampianatry e tsy tokony hampianarigny indreo mba azahoagny haregna maloto sady
mandrava e fianakaviagny agnaby. 12 Nisy raiky tamindreo, izay lelà hendrindreo, nizaka hoe: "E Kretana da mpavandy
mandrakariva, ratsy sady biby mandoza, kamo be tenda." 13 Marina izany voazaka izany, noho izany anaro mafy indreo
mba hatanjaky ame finoagny. 14 Ka miraharaha e tafasirin'e Jiosy na e didin'olo izay niala tame fahamarinagny. 15 Ho an'e
madio, da madio e raha agnaby. Fa ho an'izay voaloto sady tsy mino kosa, da tsy misy madio ndre ino ndre ino. Nohon'e
saigny izy ame fieritreretany efa voaloto. 16 Magneky fa mahalala an'Andriamanitry indreo, kanefa mandà an'Azy ame
asany aby. Mpalaigny sady mpandika lalàgny indreo. Tsy mahavita asa tsara ndre ino ndre ino.

Chapter 2

1 Fa anao kosa, mizaka izay mifagnaraky ame fampianaragny marina. 2 E lelà efa nahazo taogny da tsy maintsy mahay
mitondra tegna, maontigny, mahonon-tegna, matanjaky ame finoagny, ame fitiavagny, da ame faharetagny. 3 Akoizany
avakoa e viavy efa nahazo taogny da tokony hagnaboaky fezay e tegnandreo ho tsara fitondran-tegna, fa tsy mpidiniroho
olo. Tsy tokony ho andevozin'e divay be indreo. Tokony hampianatry izay tsara indreo 4 mba hampiofagny e viavy tanora
ho tena tia e vady aman-janany manokagny. 5 Tokony hampianatry andreo hahonon-tegna, hadio, hikarakara
tokantragno tsara, sady hagneky e vadindreo. Tokony hagnano izany raha aby izany indreo mba tsy voarabin'e
Zakan'Andriamanitry. 6 Akoizany, ampaherezo e lelà mbola tanora mba hahonon-tegna. 7 Ame fomba agnaby da aboay e
tegnanao ho modelin'e asa tsara; sady rehefa mampianatry anao, magnaboà fahitsiagny izy ame fahamendrehagny. 8
Mizakà hafatry salama sady tsy misy tsigny, mba ho megnatry izay manohitry ndre ia ndre ia, satria tsy managny ndre
ino ndre ino rats hozakaigny momba antsika izy. 9 E mpanompo da tokony hagneky e tompony ame raha agnaby.
Hagnano izay sitrapony fa tsy hifamaly amin'azy. 10 Tsy tokony hangalangalatry indreo. F'izy, tokony hagnaboaky e
finoagny tsara aby indreo, mba hampahamendriky e fampianarantsika momba an'Andriamanitry mpamonjy antsika ame
lafiny rehetra. 11 Fa efa niboaky tame olo agnaby e fahasoavam'Andriamanitry. 12 Mampianatry antsika handà e toetry tsy
araky an'Andriamanitry izy ame filàn'izao tontolo izao izany. Mampianatry antsika hiaigny am-pihononagny, am-
pahamarinangny, da arak'e lalan'Andriamanitry amin'izao vanim-potoagny izao izany 13 eo am-pandignasantsika fatratry
izay handraisantsika e fagnantegnagny mahafinaritry, e fiboahan'e voninahitrin'Andriamanitrintsika lehibe da
Mpamonjy Jesosy Kristy. 14 Jesosy da nanolotry e tegnany ho antsika mba hagnavotry antsika hiala ame tsy fagnarahan-
dalagny agnaby sady hagnadiovagny, ho an'e tegnany, olo raiky manokagny izay tena mazoto hagnano asa tsara. 15
Ambaray da ento ampaherezigny io raha aby io. Magnomeza fagnitsiagny ame fahefagny agnaby. Ka avela hisy olo
hagnano tsinontsino anao.

Chapter 3

1 Ampaherezo indreo hangeky e mpanapaky izy ame manam-pahefagny, hagneky andreo, ho vonogny ame asa tsara
agnaby. 2 Ampatsiahivo indreo tsy handraby ndre ia ndre ia, hiala ame adihevitry, hamela e hafa hagnaraky e lalany, da
hagnaboaky e fanetren-tegna ame olo agnaby. 3 Fa taloha gne tegnantsika da tsy nanan-tsaigny sady tsy nagneky.
Voatariky tame lalan-diso itsika sady nandevozin'e filàgny izy ame fahafinaretagny samby hafa. Niagny tame
faharatsiagny izy ame fialignagny itsika. Nankahalaigny iay sady nifankahala itsika. 4 Fa rehefa niboaky e hatsaram-
pagnahin'Andriamanitry mpamonjy antsika izy ame fitiavany gne olo, 5 da tsy tame asan'e fahamarinagny nanintsika
izany, fa tame famindram-pony e namonjeny antsika. Izy da namonjy antsika tamin'e alalan'e fagnadiovan'e faharetam-
baovao izy ame fagnavaozagny tamin'e Fagnahy Masigny. 6 Andriamanitry nandrotsaky be tamintsika gne Fagnahy
Masigny tamin'alalan'i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. 7 Naniny izany mba, ho voaramarigny tame fahasoavagny, da ho
lasa mpandova itsika amin'alalan'e fahatokisagny e fiainagny mandrakizay. 8 Izany hafatry izany da mendri-pitokisagny.
Tiako hizaka momba izany raha izany am-pahatokisagny anareo, mba izay matoky an'Andriamanitry da hikinia hagnano
e asa tsara izay efa napetrakiny teo alohandreo. Izany raha izay da sady tsara no mahasoa ho an'e olo agnaby. 9 Fa ialay e
adihevitry adala izy ame tantaram-pirazanagny da e fifandiragny izy ame ady momba e lalàgny. Io raha aby io da raha
tsisy dikany sady tsy mahasoa. 10 Mandà izay olo miteraky fizarazaragny eo agnivonareo, afaran'e fampitandremagny
indraiky na indroy, 11 sady fantaro fa e olo akoizany da niala tame lalagny marigny sady manota sady magnameloky e
tegnany. 12 Rehefa nagniraky an'i Artema na Tykiko aminareo agny iao, da malakisa da mandiàna aminà agny Nikopolia,
izay nanapahako hevitry andaniagny e rirignigny. 13 Malakisa da alefaso Zena, igny mpahay lalagny igny, izy amin'i
Apolosy, mba tsy hanagny raha mahory indreo. 14 E olontsika da tsy maintsy mianatry magnano asa tsara izay ilaigny
maiky mba tsy ahalasa andreo tsy hamokatry. 15 Izy agnaby miaraky aminà da magnano veloma anareo. Magnamboara
veloma izay tia antsika ame finoagny. Ho aminareo aby anie e fahasoavagny.

# Philemon

Chapter 1

1 Paoly, voagadra an'i Jesosy Kristy, da gne rahala Timoty ho an'i Filemona, namagny malalanay sady mpiara-miasa
aminay, 2 da ho an'i Apia anakavinay, da Arkipo miaramila namanay, da ho an'e fiangonagny izay miangogny ao an-
tragnonao. 3 Ho aminareo anie gne fahasoavagny izy ame fiadanagny avy amin'Andriamanitry Raintsika izy am'i Jesosy
Kristy Tompo. 4 Misaotry gn'Andriamanitriko avao iao. 5 manogno anao iao ame fivavahako. Efa naharegny gne ame
fitiavagny izy ame finoagny izay anagnanao ao am'i Jesosy Tompo sady ho an'e mpino agnaby iao. 6 Mivavaky iao mba
hahavy gne fiombonagny ame finoanao hahomby ame fahalalagny gne raha tsara agnaby izay eo amintsika ao am'i
Kristy. 7 Fa nanagny fifaliagny sady fiononagny zakabe iao nohon'e fitiavanao, satria gne fon'e mpino da
novelombelomigny tame alalanao rahalànao. 8 Noho izany, ndre da managny fahasahiagny aby ao am'i Kristy iao da
handidy anao mba hagnano izay tokony haninao, 9 nefa nohon'e fitiavagny, da mangaiky anao iao - iao, Paoly, lelà antitry,
da amin'izao fotoagny izao gadra ho an'i Jesosy Kristy. 10 Mangataky anao iao gn'ame zanako Onesimosy, izay naterako



generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

tame fehiko. 11 Fa izy da tsy nahasoa anao teo aloha, fa amin'izao fotoagny izao izy da mahasoa antsika roy. 12 Nalefako
nipody ho aminao agny izy, izy gne tiako tokotry. 13 Magniry gne hitagny an'azy hiaraky aminà iao, mba hahafahany
manompo anà ho anao, raha mbola voafehy nohon'e filazantsara iao. 14 Nefa tsy te hagnano ndre ino ndre ino raha tsy
misy gne fagnekenao iao. Tsy tiako ho an-kanteregny gn'asa soa ataonao fa an-tsitrapo. 15 Angamba noho izany gne
nisarahany taminao nandritry gne fotoagny kidikidy, mba hanagnanao an'azy mandrakizay. 16 Tsy ho andevo sanaky izy,
fa tsara mihoatry gne andevo, da rahala malala. Izy gne malala indrindra aminà, sady mihoatry lavitry ho anao, na ao
ame nofo na ao am'i Tompo. 17 Ka raha managny ana ho mpiara-miasa anao, da raiso ako iao izy. 18 raha magnano gne tsy
mety izy na mitrosa ndre ino ndre ino aminao, da anio ho anà izany. Iao, Paoly, manoratry izao ame tagnako: 19 Iao gne
handoa aminao. Tsy mizaka aminao hoe mitrosa gne tegnanao aminà anao. 20 Eka, rahalà, anio mahazo tombony ao ame
Tompo iao; omeo fitsaharagny e foko ao am'i Kristy. 21 Gne toky momba gne fankatoavanao, gne soratako ho anao.
Fantako fa hagnano mihoatry izay nangatahiko anao. 22 Mandritry izany fotoagny izany avao, omagno ho anà gne efotry
fandraisam-bahiny, fa magnantegna iao fa ame alalan'e vavakinao da haverigny aminao indraiky iao. 23 Eprafa, namako
mpiara-migadra ao am'i Jesosy Kristy, magnano veloma anao. 24 Akoizany avakoa i Marka, Aristarko, Demasy da i Lioka,
mpiara-miasa aminà. 25 Ho ame fagnahinareo anie gne fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena.

# Hebrews

Chapter 1

1 Taloha be tagny Andriamanitry da nikoragny tamin'e razambentsika tamign'alalan'e mpaminany tamin'e fotoagny maro
da tamin'e fomba maro. 2 Fa amin'izao andro farany izao, da nikoragny tamin'alalan'e Zanaky là Izy, izay notendregny ho
mpandova gne Raha agnaby. Tamign'alalany avakoa gne naharian'Andriamanitry izao tontolo izao. 3 Izy gne
famirapiratan'e voninahitr'Andriamanitry, e endriky gne tegnany indrindra. Na gne Raha agnaby aza da tanany hiaraky
amign'alalan'e herin'e teniny. Tafaran'e hagnadiovagny gne fahotagny, da nidoboky tambanin'e tagnan'ankavanan'e
Lehibe agny amin'e avo Izy. 4 Lasa ambony akô gne anjely agnaby Izy, satria gne agnara nolovainy da tsara lavitry noho
gne agnarandreo. 5 Fa ia tamindreo anjely gne mba nizakan'Andriamanitry hoe: "Zanako anao, lasa iabanao Iao
androany" da hoe: "Ho ray ho anazy Iao, da ho Zanaky ho Ana?" 6 Sady, rehefa ninday gne lahimatoa teto amin'izao
tontolo izao Andriamanitry, da nizaka Izy hoe: "Gne anjelin'Andriamanitry agnaby da tsy maintsy midera Anazy." 7
Momba gne anjely da nizaka Izy hoe: "Izy e iray nagnano gne anjely ho Fagnahy, sady gne mpanompony nataony
lelan'afo." 8 Fa momban'e Zanaky da ho Izy se: "Gne seza fiandriananao, ry Andriamanitry, da mandrakizay sady ho doria.
Gne tehin'e fanjakanao da tehin'e fitsaragny. 9 Nitia gne fahamarignagny anao sady nalaigny gne fandikan-dalàgny. Noho
izany Andriamanitry, Andriamanitrao, da nagnosotry anao tamin'e menaky gne hafaliagny mihoatry noho gne mpiara-
dia aminao." 10 "Tagny am-piandohagny, ry Tompo, Anao gne namorogny gne fototry ne tany. Gne lagnitry da asan'e
tagnanao. 11 Ho levogny indreo, fa Anao hanohy. Ho rivatry akô gne tapa-damba indreo. 12 Hamoritry andreo akô gne
fitafiagny anao, sady hovaigny akô gne poti-damba indreo. Fa Anao da akô izany, sady gne taogninao da tsy hanam-
pahataperagny." 13 Fa ia tamin'e anjely gne nizakanan'Andriamanitry tamin'e fotoagny agnaby hoe: "Midoboha eo amin'e
tagna ankavanako mandra-pagnamboarako gne fahavalonao ho seza ho an'e tombokao?" 14 Gne anjely agnaby me tsy
Fagnahy manompo, sady nalefa hiahy indreo izay handova gne famonjegny?

Chapter 2

1 Noho izany itsika da tsy maintsy mitandrigny bebe kokoa amin'izany regnintsika, mba tsy hagnara-drenirano
amin'izany itsika. 2 Fa raha marigny gne hafatry izay nozakaniny tamign'alalan'e anjely, sady gne fandikan-dalàgne
rehetra izy ame tsy fankatoavagny da mandray sazy ara-drariny, 3 da akognaia sa gne hafahantsika milefa raha tsy
miraharaha an'izany famonjegny zakabe loatry izany itsika? Io gne famonjegny izay nambaran'e Tompo voalohany sady
namafisindreo izay nandre izany tamintsika. 4 Tamin'io fotoagny io avakoa Andriamanitry da nagnaporofo izany tamin'e
famantaragny, fahagagagny, da asa mahery samihafa, da tamin'e fizaragny ireo fagnomezam-pahasoavan'e Fagnahy
Masigny araky gne sitrapony. 5 Fa tsy tamin'e anjely gne nampagneken'Andriamnaitry izao tontolo izao ho avy, momba
izay resahantsika. 6 F'izy, nisy olo nijoro vavolombelogny an'izany tagny ho agny, magnano hoe: "Ino gne olo, no misaigny
anazy anao? Na gne Zanak'Olo, no mikarakakara anazy anao? 7 Anao da nagnano gne olo ambany kidy noho ireo anjely;
nosatrohinao satro-boninahitry tamin'e voninahitry sy dera izy. [Fagnamarihagny: Gne dikan-teny sasany taloha da
miampy hoe: "Sady anao nametraky anazy ambonin'ireo asan'e tagnanao."] 8 Gne Raha agnaby da nampagnekenao eo
ambanin'e tombony." Fa ho anazy gne nampagneken'Andriamanitry gne Raha agnaby. Tsy namela ndre ino ndre ino izy
ka tsy nampagnekeny anazy. Fa amin'izao itsika da tsy mbola mahita gne Raha nampagnekegny anazy agnaby. 9 Fa itsika
mahita e raiky izay naniny ambany noho ireo anjely nandritry gne fotoagny fohy: Jesosy, izay, nohon'e fijaliagny izy ame
fahafatesagny, da nosatrohigny satro-boninahitry tamin'e voninahitry sy dera. Ka amin'izao tamign'alalan'e
fahasoavan'Andriamanitry, gne nagnandramany gne fahafatesagny ho an'e olo agnaby. 10 Fa mety amin'Andriamanitry
izany, satria gne Raha agnaby da misy ho Anazy sady amin'e alalany, mba hitondra zanaky maro ho agny amin'e
voninahitry. Mety aminazy gne hahavy gne mpitariky gne famonjegny andreo ho feno amign'alalan'e fijaliagny. 11 Fa ndre
gne olo izay magnamasigny na indreo izay voamasigny da managny loharano raiky. Noho izany da tsy megnatry

magnantso andreo hoe rahalà Izy. 12 Hoy Izy hoe: "Hagnambara gne agnaranao amin'ireo rahalàko Iao, hihira gne momba
anao avy ao agnatin'e fivondronagny Iao. 13 Sady koa, "Hatoky anazy iao." Sady koa: "Indro, etoa iao izy ame zanaky izay
nomen'Andriamanitry ana." 14 Noho izany, satria nofo aman-drà ireo zanak'Andriamanitry, da nizara Raha akô izany
niaraky tamindreo avakoa Jesosy, mba ho amign'alalan'e fahafatesagny gne hagnafoagnany gne raiky izay managny gne
herin'e fahafatesagny, da gne devoly izany. 15 Izany da mba hagnafahagny ireo rehetra izay nohon'e tahotry gne
fahafatesagny da niaigny gne fiaignan'izy agnaby indreo tao amin'e fagnandevozagny. 16 Fa mazava ho azy fa tsy ireo
anjely gne vonjeny, F'izy, gne taranak'i Abrahama. 17 Noho izany da mendriky Anazy gne anigny akô gne rahalàny amin'e
fomba agnaby, mba ho mpisoronabe feno famindram-po da fahatokisagny Izy amin'e fifandraisagny amin'ireo
rahan'Andriamanitry, sady mba hitondra momban'e famelagny ireo fahotan'e olo. 18 Satria Jesosy mihintsy gne nijaly sady
nalaigny Fagnahy, da afaky magnampy ireo izay alaim-pagnahy Izy.

Chapter 3

1 Noho izany, Ô rahalà Masigny, nizara gne antson'e lagnitry anareo. Eritrereto gne momban'i Jesosy, gne Apostoly izy ame
mpisoronabe izay ekentsika. 2 Izy da nahatoky an'Andriamanitry, izay nanendry anazy, akô i Mosesy izay nahatoky tan-
dragnon'Andriamanitry avakoa. 3 Fa Jesosy da efa noraisigny mendriky gne voninahitry zakabe noho Mosesy, satria izay
magnorigny gne tragno no manan-kaja bebe kokoa noho e tragno. 4 Fa gne tragno agnaby da nisy olo nagnorigny, fa gne
raiky izay nagnorigny gne Raha agnaby da Andriamanitry 5 Amin'e lafiny raiky, Mosesy da natokisagny akô mpanompo
tan-dragnon'Andriamanitry raiky manontolo. Izy gne vavolombelogny momba gne Raha izay tokony efa nozakaigny
amin'e ho avy. 6 Fa Kristy no Zanaky miandraikitry gne tragnon'Andriamanitry. Itsika gne tragnony raha toa ka mitazogny
mafy gne herim-po izy ame fahatokiantsika itsika. 7 Noho izany, izany da akô gne zakain'e Fagnahy Masigny hoe: "Anio,
raha mandre gne feony anareo 8 da ka magnamafy gne fonareo akô gne amin'e fikomiagny, amin'e fotoan'e fitsapagny
agny agn'efitry. 9 Akô izany gne razambenareo rehefa nikomy tamign'alalan'e fitsapagny Ana, sady rehefa, nandritry gne
efapolo taogny, da hitandreo gne asako. 10 Noho izany da tsy faly Iao amin'io taranaky io. 11 Hoy Iao se: "Indreo da
voatariky mandrakariva agny amin'e lalan-diso ao am-pony. Tsy nahalala gne lalako indreo. Akô izany gne niagniagnako
tamin'e fahatezerako hoe: 'Tsy hiditry ao amin'e fitsaharako velively indreo."' 12 Mitandrema, ô rahalà, mba tsy hisy na
raiky amindreo aza gne hanagny to ratsin'e tsy finoagny, fo izay miala amin'Andriamanitry velogny. 13 F'izy,
mifampahereza isan'andro, raha mbola misy gne antsoigny hoe: "Anio", mba tsy hisy aminareo ho mafy fo amign'alalan'e
fitaky gne fahotagny. 14 Fa itsika da avy mpiara-miasa amin'i Kristy raha toa ka mitazogny mafy gne fahatokisantsika
Anazy hatragny am-piandohagny ka hatramin'e fiafaragny. 15 Fa gne momba an'izany da efa voazaka hoe: "Anio, raha
mandre gne feony anareo, da ka magnamafy gne fonareo, akô gne amin'e fikomiagny." 16 Ia izy izay efa nandre
an'Andriamanitry ka nikomy? Fa tsy indreo rehetra izay nijotso avy tagny Egypta tamign'alalan'i Mosesy me izany? 17 Ia
gne nahavignitry anazy nandritry gne efapolo taogny? Tsy indreo izay nanota me, izay lavo tagny agn'efitry gne
fatindreo? 18 Ho an'ia gne niagniagnagny fa tsy hiditry ao amin'e fitsaharagny indreo, raha tsy ho andreo izay tsy nankato
Anazy? 19 Hitantsika fa tsy afaky niditry tao amin'e fitsaharagny indreo nohon'e tsy finoagny.

Chapter 4

1 Noho izany, aoky hitandrigny tsara itsika mba tsy hisy aminareo gne tsy afaky nahatratry gne teny fampagnantenagny
navela ho anareo mba hidiranareo ao amin'e fitsaharan'Andriamanitry. 2 Fa itsika da nagnambaragny gne vaovao
mahafaly akô andreo. Fa izany hafatry zany da tsy nisy tombony ho andreo izay tsy nitambatry tao amin'e finoagny
niaraky tamindreo izay nankato. ('Fagnamarihagny: gne dikan-teny sasany da mivaky akô izao: "Fa izany hafatry zany da
tsy nisy tombony ho andreo izay nandre anazy tamin'e tsy finoagny.") 3 Fa itsika izay nino da indreo izay hiditry
amin'izany fitsaharagny zany, araky izay efa nozakainy hoe: "Akô gny niagniagnako tamin'e fahavignirako, da tsy hiditry
velively ao amin'e fitsaharako indreo." Fa ndre izany koa aza, gne asa famorognagny da vita tamin'e fagnoregnagny izao
tontolo izao. 4 Fa izy nizaka tagny ho agny momban'e andro faha-fito hoe: "Andriamanitry nijanogny tamin'e andro faha-
fito tamin'e asany rehetra." 5 Sady mbola nizaka indraiky Izy hoe: "Indreo da tsy hiditry velively ao amin'e fitsaharako." 6
Noho izany, satria mbola voatokagny ho an'e sasany gne fidiragny ao amin'e fitsaharagny, ary satria maro indreo Israelita
nandre gne vaovao mahafaly tsy niditry tao nohon'e tsy fankatoavagny, 7 da nametraky andro raiky indraiky nantsoigny
hoe: "Androany" Andriamanitry. Tafaran'e andro maro, da nikoragny tamign'alalan'i Davida Izy, akô izay voazaka
mialoha hoe: "Anio raha mandre gne feony anareo, da ka magnamafy gne fonareo." 8 Fa raha Josoa gne nagnome
fitsaharagny andreo, da tsy nikoragny momban'e andro raiky hafa Andriamanitry. 9 Noho izany da mbola misy Sabata
fitsaharagny voatokagny ho an'e vahoakan'Andriamanitry. 10 Fa izay miditry ao amin'e fitsaharan'Andriamanitry da
nitsahatry tamin'e asany avakoa, akô gne nanin'Andriamanitry tamin'e Anazy. 11 Noho izany aoky itsika hazoto hiditry
amin'izany fitsaharagny zany, mba tsy hisy ndre raiky aza ho tafalatsaky amin'e karazagny tsy fankatoavagny izay
nanindreo. 12 Fa gne tenin'Andriamanitry da velogny sy mandaitry sady marangitry noho gne sabatry roa lela. Izany da
manindrogny hatramin'e fagnasarahagny gne aigny amin'e Fagnahy, izy ame tognogny amin'e tsoka mihintsy aza. Ka
afaky fantarigny gne eritreritry gne fo izy ame fikasagny. 13 Tsy nisy famorognagny niafigny teo
agnatrehan'Andriamanitry. F'izy, gne Raha agnaby da miharihary sady misokatry eo imason'e raiky izay tsy maintsy
hampamoahintsika. 14 Noho izany, satria da managny mpisoronabe zakabe izay lasa namaky gne lagnitry, Jesosy

Zanak'Andriamanitry, da andeha itsika hifikitry mafy amin'e finoantsika. 15 Fa itsika da tsy managny mpisoronabe izay tsy
mahatsapa fangorahagny amin'e fahalementsika. F'izy, itsika da managny olo raiky izay efa nalaim-pagnahy tamin'e
fomba rehetra akô antsika, saingy Izy tsy misy ota. 16 Aoka ary itsika andeha amin'e fahatokiagny ho agny amin'e seza
fiandrianan'e fahasoavagny, mba handraisantsika gne famindram-po sady hahita fahasoavagny hagnampy amin'e
fotoagny ilàgny an'izany.

Chapter 5

1 Fa gne mpisoronabe rehetra, voafidy avy tamin'e olo, da notendregny mba hiasa amign'agnaran'e olo amin'e Raha
mahakasiky an'Andriamanitry, ka mba hanoloragny fagnomezagny sy fagnatitry ho an'e ota. 2 Izy da afaky mifagnaraky
mora amin'e tsy mahalala izy ame maniasia satria izy tegnany avakoa da voadidin'e fahalemegny. 3 Noho izany, izy
avakoa da notakiagny hanolotry sorogny ho an'e otany manokagny, akô gne naniny ho an'e otan'olo. 4 Tsy ho an'e tegnany
gne handraisan'e olo izany voninahitry zany. F'izy, izy da nantsovan'Andriamanitry, akô i Arona. 5 Da akô izany, Kristy tsy
mba nagnome haja gne tegnany mihintsy tamin'e fagnamboarany gne tegnany ho mpisoronabe. F'izy, e raiky izay
niresaky taminazy nizaka hoe: "Zanako Anao; anio da Lasa Rainao Iao." 6 Akô izany avakoa gne nozakainy tagny amin'e
toeran-kafa hoe: "Anao da mpisorogny mandrakizay araky gne fomban'i Melkizedeka." 7 andritr'io andron'e nofony io,
Kristy nanolotry vavaky sy fangatahagny niaraky tamin'e toreo mafy da ranomaso an'Andriamanitry, e raiky izay afaky
mamonjy Anazy amin'e fahafatesagny. Re Izy nohon'e fangorahany. 8 Ndre da zanaky aza Izy, da nianatry fankatoavagny
tamin'e Raha izay niaretany. 9 Nanigny ho tonga lafatry Izy da lasa, ho an'e olo rehetra izay mankato Anazy, e loharanon'e
famonjegny mandrakizay. 10 Da notendren'Andriamanitry akô gne mpisoronabe Izy araky gne fomban'i Melkizedeka. 11
Manan-kambara maro momban'i Jesosy iay, fa sarotry gne magnazava an'izany hatramin'e naha-lalindalovagny gne
fandregnesanareo 12 Fa amin'izao fotoagny izao da tokony ho mpampianatry anareo, anareo da mbola mila olo
hampianatry anareo gne fitsipiky fototry gne hafatr'Andriamanitry. Ronono gne ilainareo, fa tsy vetin-tsakafo! 13 Fa gne
olo izay misotro ronono fotsiny da tsy ampy traikefa amin'e hafatry gne fahamarinagny, satria izy da mbola zaza
madiniky. 14 Fa gne ventin-tsakafo da ho andreo zakabe. Indreo da izay voahofagny tamin'e fagnavahagny gne tsara
amin'e ratsy gne fahatakaragny nohon'e fahamatorandreo.

Chapter 6

1 Noho izany, andeha havelantsika gne fiantombohan'e hafatr'i Kristy da handroso amin'e fahamatoragny. Andeha itsika
tsy hametraky indraiky gne fototry e fibebahagny nohon'e asan'e maty izy ame finoagny an'Andriamanitry, 2 ndre gne
fototry gne fampianaragny momban'e batisa, gne fametrahantagna, gne fitsanganan'e olo maty, sady gne fitsaragny
mandrakizay. 3 Hagnano an'izany avakoa itsika raha avelan'Andriamanitry. 4 Fa tsy hay anigny ho andreo izay efa
nohazavaigny indray mandeha izany, izay nagnandragny gne fagnomezagny lata an-dagnitry, izay nandray gne Fanahy
Masina, 5 sady izay nagnandragny gne teny tsaran'Andriamanitry izy ame herin'e vanim-potoagny ho avy, 6 saingy avy eo
da lavo_tsy hay anigny gne mamerigny andreo amin'e fibebahagny indraiky. Izany da satria noboandreo ho an'e
tegnandreo indraiky gne Zanak'Andriamanitry, sady nalainy baraka ampahibemaso. 7 Fa gne tany izay mitroky gne eriky
mateti-piavy amin'izany, sady izay mamokatry gne raha-mitsiry ilaindreo olo izay niasagny gne tany_io gne tany izay
mandray fitahiagny avy amin'Andriamanitry. 8 Fa raha mamokatry fantsy izany, da tsy misy ilàgny anazy sady efa
akaikin'e fagnozognagny. Gne fiafaran'izany da amin'e firehetagny. 9 Fa iay da resy lahatry gne amin'e Raha tsara kokoa
momba anareo, ô malala, Raha izay mahakasiky gne famonjegny, ndre da mizaka akô izany aza iay. 10 Fa Andriamanitry
da tsy mba tsy marigny ka hagnadigno gne asanareo izy ame fitiavagny izay nabôkinareo nohon'e agnarany, satria
anareo da nanompo ireo mpino sady mbola manompo andreo avao. 11 Magniry mafy iay mba haneho fahazotoagny akô
izany hatramin'e farany gne tsikiraikiraiky aminareo ho an'e antoky gne fahatokiagny feno. 12 Izany da mba tsy ho lasa
kamo anareo, fa ho mpangala-tahaky andreo izay mandova gne fampagnantenagny amin'e finoagny sy faharetagny. 13 Fa
tamin'Andriamanitry nagnano gne fampagnantenagny tamin'i Abrahama, da niagniagny tamin'e Tegnany Izy, refa tsy
afaky niagniagny tamin'e olo zakabe kokoa. 14 Hoy Izy hoe: "Iao da hitahy anao tokôtry, sady Tena hahamaro anao." 15
Tamin'izany fomba zany, da nahazo izay nampagnantegnaigny tafaran'e nandignasagny tamim-paharetagny Abrahama. 16
Fa gne olo da miagniagny amin'e olo izay zakabe kokoa noho gne tegnandreo. Isakign'e tapitry gne fifamaliandreo, da
misy voady raiky natao ho fagnamafisagny. 17 Rehefa nanapa-kevitry gne hampiseho mazava kokoa tamindreo
mpandovan'e fampagnantenagny gne tsy fiovan'e kalitaon'e tanjogny Adriamanitry, da nomegny antoky tamin'e voady
izany. 18 Naniny izany mba ho amign'alalan'e Raha tsy azo ovaigny anankiroa _ izay tsy hain'Andriamanitry gne mavandy
amin'izany_ da hanagny fampaherezagny matanjaky mba hitazonagny mafy gne fahatokiagny izay nadoboky teo
agnoloantsika, itsika, izay nandositry mba hanagny fialofagny. 19 Managny izany toky zany itsika ho aro sy vatofantsiky
azo hiankinagny ho an'e fagnahintsika, fahatokiagny izay miditry ao amin'e fitoeragny agnatiny ao ambadiky gne lamba.
20 Jesosy niditry tao amin'izany fitoeragny izany akô gne mpialoha lalagny ho antsika, da lasa mpisoronabe mandrakizay
magnaraky gne fomban'i Melkizedeka.

Chapter 7


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

# Chapter 8

1 Melkizedeka izany, mpanjakan'i Salema, mpisoron'Andriamanitry Avo Indrindra, izay nifagnegny tamin'i Abrahama refa
niverigny avy nandresy gne mpanjaka sady nitahy anazy. 2 Izy gne nomen'i Abrahama gne ampahatelon'e Raha agnaby.
Gne agnarany hoe "Melkizedeka" da midika hoe "mpanjakan'e fahamarinagny." Gne agnarany hafa da "mpanjakan'i
Salema", izany da: "mpanjakan'e fiadanagny." 3 Izy da tsy manan-dray, tsy manan-dreny, tsy managny razambe, sady tsy
managny fiantombohan'e andro sady tsy managny fiafaran'e fiainagny. F'izy, mitovy amin'e Zanak'Andriamanitry izy,
satria mitoetry ho mpisorogny mandrakizay. 4 Hiteo gne hazakaben'io lelà io. Gne razambentsika Abrahama da nagnome
gne ampahafolon'e Raha izay azony tamin'e ady. 5 Amin'e lafiny raiky, indreo zanaky làn'i Levy izay mandray gne
fisorognagny da managny baiko avy amin'e lalàgny mba hanangogny gne ampahafolon-karegny lata amin'e olo, izany da,
avy amin'e rahalàndreo, ndre izany aza indreo, avakoa, da avy amin'e vatan'i Abrahama. 6 Fa amin'e lafiny raiky,
Melkizedeka, izay tsy voasoritry lata amindreo gne taranakiny, da nandray ampahafolon-karegny lata amin'i Abrahama,
sady nagnome tso-drano anazy, e raiky izay nanagny gne fampagnantenagny. 7 Tsy misy fandavagny fa gne olo ambany
indrindra da omen'e olo ambony indrindra tso-drano. 8 Amin'izany tranga zany, gne olo mety maty da mandray
ampahafolon-karegny, fa amin'ity tranga ty da voaporofo fa mbola velogny izy. 9 Sady, amin'e fomba firesaky, Levy, izay
nandray ampahafolon-karegny, da nandoa ampahafolon-karegny tamign'alalan'e Abrahama avakoa, 10 satria Levy da
tagnatin'e tegnan'e razambeny refa nihaogny tamin'i Abrahama i Melkizedeka. 11 Amin'izao fotoagny zao raha azo anigny
amign'alalan'e fisorognagny levitika gne fahatanterahagny (fa tambanin'izany gne olo gne nandray gne lalàgny), da
filàgny bebe kokoa ino gne mety nisy ho an'e mpisorogny hafa mba hitsanganagny araky gne fomban'i Melkizedeka, sady
tsy raisigny araky gne fomban'i Arona? 12 Fa refa novàgny gne fisorognagny, da tsy maintsy hovàgny avakoa gne lalàgny. 13
Fa e raiky izay nizakagny gne momban'e Raha agnaby da an'e foko hafa, izay tsy misy olo manompo eo amin'e alitara
mihintsy. 14 Fa mazava amin'izao fotoagny izao, fa avy amin'i Joda gne nahaterahan'e Tompontsika, foko izay tsy
nozakain'i Mosesy mihintsy gne mahakasiky ireo mpisorogny. 15 Izay zakaintsika da efa mazava kokoa raha misy
mpisorogny hafa mitsangagny amin'e endrik'i Melkizedeka. 16 Tsy lata amin'e fototry gne lalàgnan'e taranaky gne nofo
gne nahavy anazy ho mpisorogny, f'izy lata amin'e fototry gne herin'e fiainagny tsy mety levogny. 17 Fa gne Soratra Masina
da mijoro vavolombelogny momba anazy hoe: "Anao da mpisorogny mandrakizay araky gne fomban'i Melkizedeka. 18 Fa
nisy fagnafoagnagny gne didy teo aloha satria nalemy sady tsy nisy dikany izany. 19 Fa tsy nisy Raha nanin'e lalàgny tonga
lafatry. F'izy, misy gne fampidiragny fahatokiagny tsara kokoa ho an'e ho avy izay hagnatognantsika an'Andriamanitry. 20
Tsy nitranga izany raha tsy nisy fandraisagny fiagniagnagny. Amin'e lafiny raiky, gne hafa io agnaby da lasa mpisorogny
tsy nila fiagniagnagny. 21 Fa amin'e lafiny raiky hafa, ity raiky ty, Jesosy, da lasa mpisorogny tamign'alalan'e fiagniagnagny
nanin'e nizaka taminazy hoe: "Gne Tompo da niagniagny sady tsy hiova amin'e hevitriny hoe: "Anao da mpisorogny
mandrakizay.'" 22 Tamign'alalan'izany avakoa Jesosy gne nagnome antoky gne fagnekem-pihavanagny tsara kokoa. 23
Amin'e lafiny raiky, maro gne avy mpisorogny satria gne fahafatesagny gne manakagny andreo hanohy. 24 Amin'e lafiny
raiky hafa, satria Jesosy mitoetry mandrakizay, da managny fisorognagny mandrakizay izy. 25 Noho izany izy avakoa da
afaky mamonjy tanteraky indreo izay magnantogny an'Andriamanitry amign'alalany, satria izy da miaigny fezay mba
hagnelagnelagny ho andreo. 26 Fa gne mpisoronabe akô izany da mety ho antsika. Izy da tsy manam-pahotagny, tsy
manan-tsigny, madio, nosarahagny tamindreo mpanota, sady lasa ambony noho gne lagnitry. 27 Tsy mila izy, tsy akô e
mpisoronabe, hanolotry sorogny isan'andro, gne voalohany ho an'e fahotany manokagny, sady avy eo ho an'e fahotan'e
olo. Efa nagnano an'izany indray mandeha ho an'e rehetra izy, refa nanolotry gne tegnany. 28 Fa gne lalàgny manondro
gne olo izay managny fahalemegny ho mpisoronabe. Fa gne tenin'e fiagniagnagny, izay avy tafaran'e lalàgny, da nanendry
Zanaky là, izay nanigny tonga lafatry mandrakizay.

Chapter 8

1 Da gne foton'e Raha zakainay da izao: Atsika da managny mpisorogny be izay nipetraky teo antagnankavanan'e seza
fiandrianan'e be voninahitry agny an-dagnitry. 2 Izyda mpanompo ao ame toeragny masigny, gne tabernakely marigny
izay gne Tompo, fa tsy gn'olo, gne nagnodidgny an'azy. 3 Fa gne mpisoronabe agnaby da notendregny hanolotry
fagnomezagny izy ame sorogny. Noho izany da ilaigny gne managny raha ho atolotry. 4 Sady Raha teto an-tany Kristy, da
tsy ho mpisorogny sanaky Izy, satria misy ireo izay manolotry fagnomezagny araky gne lalàgny. 5 Indreo da manompo ao
ame tabernakely izay taindilo izy ame alotrin'e raha agny an-dagnitry. Izany da akò gne napitandreman'Andriamanitry
an'i Mosesy raha izy handeha hagnambôtry gne tabernakely: hoy Andriamanitry hoe: "Hiteo mba ho amboarinao araky
gne modely izay efa nabôky anao tegny an-tendrobohitry gne Raha agnaby 6 Fa am'izao I Kristy da nandray asa
fanompoagny tsara lavitry. Izany da noho izy mpagnelagnelagny avakoa ame fagnekegny tsara kokoa, izay mifototry and
fampagnatenagny tsara kokoa. 7 Fa raha tsy managny tsigny izany fagnekegny voalohany izany, da tsisy nilagny gne
fagnekegny faharoy. 8 Fa refa nahita tsigny tamign'olo Andriamanitry, da hoy Izy hoe: "Indro, ho avy gn'andro-hoy e
Tompo-refa hagnano fagnekegny vaovao amign'olon'Israely izy amign'olon'i Joda Iao. 9 Da tsy ho akô gne fagnekegny izay
naniko niaraky tame razandreo tame andro izay nitondrako andreo tame fagnahy hiala avy tame tanin'Egypta izany. Fa
indreo da tsy nipetraky tao ame fagnekeko, sady Iao tsy niraharaha andreo- Hoy gne Tompo. 10 Fa izao e fagnekegny izay
hataoko amign'olon'Israely afaran'io andro io-hoy gne Tompo. Ataoko ao an-tsain-dreo e lalagniko, sady ho soratako ao
am-pon-dreo avakoa izany. Ho Andriamanitr'indreo Iao, sady indreo ho oloko. 11 Indreo da tsy hampianatry gne mpiara-

monigny Izy ame rahalàny aby, hizaka hoe: 'Fantaro e Tompo.' Fa hahafantatry Anà gne rehetra, manomboky ame ten kidy da hatramin'e tena zakabe amindreo. [12] Fa Iao da namindra fo amin'e tsy fahamarinan-dreo, sady tsy hahatsiaro ireo fahotagny esanaky." [13] Amin'e finjakagny hoe "vaovao", da nagnano e fagnekegny vôlohany ho Taloha izy, sady izay efa lany andro sy antitra da efa akaiky ho velogny

Chapter 9

[1] Sady ndre da e fagnekegny vôlohany azaky da nanagny fitsipi-pivavahagng sy fitoeragny masigny etoa an-tany. [2] Fa nisy tabernakely izay nomanigny. Gn'efitry vôlohany, izay nisy gne fipetrahan'e jiro, e latabatry, izy and mofon'e fagnatrehagny,bda nantsovagny hoe fitoeragny masigny. [3] Ao ambadik'e lamba faharoy da nisy efitry raiky hafa, nantsovagny hoe tena toeragny masigny. [4] Nisy alitara volamena ho an'e ditin-kakazo magnitry izany. Nisy gne fiaran'e fagnekegny avakoa, izay rakotry volamena tanteraky. Tagn'antin'izany da nisy sing volamena izay nisy e managny, e tehin'i Arona izay nagniry, sady ireo vato fisaky e fagnekegny. [5] Egny ambonin'e fiaran'e fagnekegny, da kerobima be voninahitry maro e magnalotry e rakotry fandrakofagny, izay tsy afaky zakainay amin'e antsipirihany amizao. [6] Refa vôhomagny ireo raha ireo, da niditry tamign'efitry ambadiky tabernakely avao ireo mpisorogny mba hagnano e fanompoan-dreo. [7] Fa gne mpisoronabe avao e niditry indraiky isan-taogny tamign'efitry faharoy,sady niaraky tame rà izay natolotry ho an'e tegnany sy ho an'ireo fahotagny tsy ninian'ireo olo. [8] Nabohakin'e Fanahy Masina fa gne lalagnymegnà ame tena toeragny masigny da tsy nabôky râ mbola tsy mitsangagny e tabernakely vôlohany. [9] Izany da fagnoharagny ho am'izao fotoagny amizao zao. Ireo fagnomezagny izy ame sorogny izay atolotry amizao da samby tsy afaky hahatanteraky e fieritreretan'e mpivavaky raiky. [10] Mifantoky ame sakafo sy zava-pisotro sy karazam-pomba fidiovagny maro esanaky ireo. Ireo agnaby ireo da fitsipiky ho an'e nofitry avakoa izay nomegny mandra-pagnamboaragny e fandaminagny vaovao. [11] Kristy da niavy akô gne mpisoronaben'ireo zavatry tsara izay avy. Nandeha tamign'alalan'e tabernakely zakabe tokôtry sy latatry avakoa izay tsy nanin'e tagnan'olombelogny Izy, izay tsy am'izao tontolo vôahary izao. [Fagnamarihagny: Ireo dikan-teny sanany da mivaky akô izao: "Jesosy da avy akô gne mpisoronaben'ireo zavatry tsara izay ho avy."] [12] Tsy tamin'e ràn'ireo osy lahy sy vantotr'aomby vavy izany, fa tame ràny manokagny izay niditry tamin'e tena toeragny masigny indraiky avao ho an'e rehetra sady niaro e famonjentsika mandrakizay. [13] Fa râ gne ràn'ireo osy izy amign'aomby lahy sady e famafazagny gne lakevon'e vantotr'omby vavy eo amin'ireo izay lasa maloto the manokagny andreo amin'Andriamanitry ho fagnadiovagny e nofotr'indreo, [14] akognaià e fihofan'e ràn'i Kristy, izay nanolotry e Tegnany tsy mjsy kilema ho an'Andriamanitry tamign'alalan's Fagnahy mandrakizay, hagnadio e fieritreretantsika hiala amign'asa maty mba hanompoagny e Andriamanitry velogny? [15] Noho izany antony izany, da Izy gne mpagnalalagny e fagnekegny vaovao. Izany da, satria nisy fahafatesagny raiky nibôky mba hagnaraky ireo izay ambanin'e fagnekegny vôlohany ame fahotan-dreo, da handray e fampagnategnan'e lova mandrakizay ireo izay nantsovagny. [16] Fa râ misy didim-panagnagny, gne fahafatesan'e olo izay nagnano izany da tsy maintsy vôporofo. [17] Fa refa misy fahafatesagny avao vô manan-kery e didim-panagnagny, satria tsy manan-kery izany râ ôtry mbola velogny gn'olo nagnano izany. [18] Ndre da e fagnekegny vôlohany azaky tsy nanigny râ tsy nisy rà. [19] Fa refa nagnome e didy agnaby tame lalàgny tamin'ireo olo agnaby Mosesy, da nangalaky ràn'ireo aomby izy amign'osy, niaraky tamin'e rano, volon'ondry jaky mena, sy hysopa izy, sady namafy tamin'e boky izy amign'olo agnaby. [20] Sady izy nizaka hoe: " Ity e ràn'e fagnekegny izay nandidian'Andriamanitry ho anareo." [21] Da akô izany, da namafy rà tame tabernakely izy ame fidobohan'e zavatry agnaby hampiasaigny amin'e fanompoagny izy. [22] Araky gne lalàgny, da saiky e raha agnaby e voadio tame rà. Râ tsy misy fandatsahan-drà da tsy misy famelan-keloky. [23] Noho izany da nilaigny gne tahindilon'ireo zavatry agny an-dagnitry mba ho voadion'e soron'ireo biby ireo. Ndre izany azaky, ireo zavatry e lagnitry mihitsy gne nila nodiovigny tamin'e sorogny tsara tokôtry. [24] Fa Kristy da niditry tame tena toeragny masigny izay nanin'e tanagny, izay tahindilon'e raiky izay tena izy avao. F'izy niditry tan-dagnitry mihitsy Izy, mba hibôky ame fagnatrehan'Andriamanitry ho antsika amizao. [25] Tsy nandeha tao mba hanotry e tegnany imaro Izy, akô gne fagnamboaran'e mpisoronabe, izay miditry ame tena toeragny masigny isan-taogny niaraky tamin'e ràn'e hafa. [26] Fa râ izany e zavatry nibôky, da nila nijaly imaro manomboky tamin'e fagnorenagny izak tontolo izao Izy. Fa amizao da indraiky mandeha avao e nagnabohagny Anazy mba hangalaky e fahotagny amign'alalan'e soron'e tegnany avao. [27] Fa nanigny ho faty indraiky agnaby gn'olo, sady afaran'izany gne ho avy e fitsaragny. [28] Da akô izany avakoa, Kristy, izay mbola natolotry indraiky mba hangalaky e fahotan'e maro, da hibôky fagnindroy, tsy handraraha gn'ota, fa ho an'e famonjegny ireo izay mandigny Anazy ame faharetagny

Chapter 10

[1] Fa gne lalàgny da alok'e Raha tsara ho avy fotsiny, fa tsy tena endrik'e Raha io agnaby. Indreo izay magnatogny an'Andriamanitry da tsy afaky gne ho lafatry amign'alalan'e sorogny mitovy amin'izay entindreo mpisorogny isan-taogny. [2] Raha izany tsy efa nitsahatry gne nanolotry iregny sorogny regny me indreo? Amin'izany tranga zany, raha efa nodiovigny indraky avao indreo, da tsy mba hahalala gne ota koa indreo mpivavaky. [3] Fa amin'io sorogny io agnaby da misy fampatsiahivagny e ota isan-taogny. [4] Satria gne ràn'e omby là izy ame osy là da tsy mahavita mangala gne ota. [5] Refa avy teto amin'izao tontolo izao Kristy, da nizaka Izy hoe: "Tsy sorogny na koa fagnatitry gne nirianareo. F'izy, vatagny izay efa nomagninareo ho Ana. [6] Gne fagnatitry nodoragny na sorogny ho an'e ota da tsy nifalianao. [7] Sady hoy Iao hoe: "Hiteo,

inty Iao, araky izay voasoratry momba Ana ao amin'e Soratra Masina mba hagnano gne sitrakareo." [8] Voalohany nizaka
Izy hoe: "Tsy sorogny, na koa fagnatitry, na fagnatitry nodoragny, na sorogny ho an'e ota gne nirinareo. Sady Anao tsy
nifaly tao amindreo." Indreo da sorogny izay atolotry araky gne lalàgny. [9] Sady nizaka Izy hoe: "Hiteo, inty Iao hagnano
gne sitrakareo." Izy da nangala gne fampiharagny voalohany mba hametrahagny gne fampiharagny faharoa. [10]
Tamin'izany sitraky izany, itsika da nohamasignigny tamign'alalan'e fagnatitry gne vatan'i Jesosy Kristy indraiky avao. [11]
Amin'e lafiny raiky, gne mpisorogny rehetra da mijoro isan'andro manompo an'Andriamanitry. Izy da manolotry sorogny
mitovy fezay, ndre izany aza indreo da tsy afaky mangala e ota mihintsy. [12] Amin'e lafiny raiky hafa, Kristy da nanolotry
sorogny raiky ho an'e ota mandrakizay, nidoboky teo an-tagnan'ankavanan'Andriamanitry Izy. [13] Izy da mandigny
mandra-pagnamboaragny gne fahavalony ho fitoeran-tomboky ho an'e tombony. [14] Fa tamin'e fagnatitry raiky izy da
nahalavorary mandrakizay indreo izay nohamasignigny. [15] Gne Fanahy Masina koa da mijoro vavolombelogny ho antsika.
Fa tamin'e voalohany Izy nizaka hoe: [16] "Ity gne fagnekegny izay ho aniko miaraky amindreo afaran'io andro io aby, hoy
gne Tompo. Hapetraky ao am-pondreo gne lalàko, sady hanoratry an'izany ao an-tsaindreo Iao. [17] Tsy hahatsiaro gne ota
izy ame helokindreo sanaky Iao." [18] Sady ndre aia misy famelagny zany, da tsy misy sorogny ho an'e ota sanaky. [19] Noho
izany, rahalà, itsika da managny fahatokiagny gne hiditry ao amin'e toeragny Masina indrindra tamin'e ràn'i Jesosy. [20]
Izany gne lalagny vaovao sady velogny izay nosokafagny ho antsika tamign'alalan'e lamba, izany hoe, tamign'alalan'e
nofony. [21] Satria itsika da managny mpisorogny zakabe mitandrigny gne tragnon'Andriamanitry, [22] aoky itsika hagnatogny
amin'e fo madio amin'e finoagny feno fahatokiagny, mba hanagnantsika fo voadio amin'e fieritreretagny ratsy sady
hanagnantsika vatagny voadio tamin'e rano madio. [23] Aoky itsika hitazogny mafy gne fagnekegny gne fiandrandragny
mahatokintsika, tsy am-pihozongozognagny, satria Andriamanitry, izay nampagnantegna, da mahatoky. [24] Aoky itsika
handiniky gne fomba handrisihagny gne tsikiraikiraiky amin'e fitiavagny izy ame asa tsara. [25] Aoky itsika tsy
hagnajanogny gne fiarahagny miangogny, akô gne nanin'e sasany. F'izy, mifankahereza fezay fezay, samindraky fa
hitanareo fa magnakaiky gne andro. [26] Fa raha toa itsika minia manota refa avy nandray gne fahalalagny gne marigny, da
tsy misy fagnatitry ho an'e ota sanaky. [27] F'izy, tokagny avao gne fandignasagny mahatahotry gne fitsaragny, sady
fahavigniragny mirehitry izay hamotiky gne fahavalon'Andriamanitry. [28] Ndre ia ndre ia nandà gne lalàn'i Mosesy da ho
faty tsy misy indrafo amin'e fijoroagny vavolombelondreo roa na telo izay nagnatri-maso. [29] Fagnasaziagny ratsy lavitry
akognaia gne eritreretinareo fa mendriky andreo izay nagnitsaky gne Zanak'Andriamanitry, izay nagnano gne ràn'e
fifagnekegny ho tsy masina_E rà izay nagnamasignagny Anazy_sady nagnaratsiratsy gne Fanahin'e fahasoavagny? [30] Fa
itsika mahalala e raiky izay nizaka hoe: "Ana gne valifaty; Iao gne hamaly." Da hoe: "Gne Tompo da hitsara gne olony." [31]
Raha mampitahotry gne hilatsaky eo an-tanagnin'e Andriamanitry velogny! [32] Fa tadidio gne andro taloha, refa
nohazavaigny anareo, gne fomba niharetanareo gne ady mafy tamin'e fijaliagny. [33] Anareo da nalaigny baraka
ampahibemaso tamin'e fagnaratsiagny da tamin'e fagnenjehagny, sady anareo da niaraky nizara tamindreo izay nandalo
fijaliagny akô izany. [34] Satria anareo da nanagny fangoraham-po tamindreo izay voafonja, sady anareo da nagneky
tamim-pifaliagny gne fangalàgny gne fanagnanareo. Da nahalala anareo fa gne tegnanareo da managny fanagnagny tsara
kokoa sady maharitry mandrakizay. [Fagnamarihagny: Gne dikan-teny taloha da tsy hahitagny gne fehezanteny hoe: "Fa
anareo da nanagny fangoraham-po tamin'e gadrako."] [35] Noho izany da ka ariagny gne fahatokisanareo, izay managny
valisoa zakabe. [36] Fa anareo da mila faharetagny, mba hahazaoanareo izay nampagnantegnain'Andriamanitry, refa
nagnano gne sitrapony anareo. [37] Fa tsy ho ela sanaky, e raiky izay ho avy da ho avy tokôtry sady tsy ho tara. [38] Gne oloko
marigny da hivelogny amin'e finoagny. Raha mihemotry izy, Iao da tsy ho faly aminazy." [39] Fa itsika da tsy agnisandreo
izay mihemotry ho amin'e faharavagny. F'izy, itsika da agnisandreo izay managny finoagny ho amin'e fitazonagny gne
fagnahintsika.

Chapter 11

[1] Sady gne finoagny gne antoky amin'e Raha nidiasagny tamim-pahatokiagny. Io gne porofon'e zava-mitranga izay mbola
tsy hita. [2] Fa noho izany ireo razambe da nankatoavigny nohon'e finoandreo. [3] Amin'e finoagny gne hahalalantsika fa gne
didin'Andriamanitry gne namorognagny izao tontolo izao, ka izay hita maso da tsy nanigny tamin'e Raha izay hita maso. [4]
Tamin'e finoagny gne nanoloran'i Abela fagnatitry tsara kokoa ho an'Andriamanitry noho gne an'i Kina,
tamign'alalan'izany gne nagnambarany anazy ho marigny, sady Andriamanitry nizaka anazy tsara noho gne fagnatiny,
sady amin'e finoagny gne mbola hizakanan'i Abela, ndre da efa maty aza izy. [5] Tamin'e finoagny gne namindragny an'i
Enoka mba tsy ahitany gne fahafatesagny. "Tsy hita izy, satria nalain'Andriamanitry." Fa talohan'e nangalagny anazy, da
nijoroagny vavolombelogny fa nankasitrahan'Andriamanitry izy. [6] Sady refa tsy misy finoagny da tsy mety ho
ankasitrahany. Satria ilaigny hoe izay magnatogny an'Andriamanitry da tsy maintsy mino fa misy Izy da Izy gne mamaly
soa andreo izay mitady Anazy. [7] Tamin'e finoagny Noa, gne nomegny gne hafatry lata amin'Andriamanitry momba gne
Raha izay tsy mbola hita, niaraky tamin'e fagnajagny an'Andriamanitry gne nagnamboarany gne sambo izay namonjegny
gne ankohonany. Fa tamin'e fagnamboaragny an'izany, gne nagnamelohagny izao tontolo izao sady neviany ho mpandova
gne fahamarinagny araky gne finoagny. [8] Tamin'e finoagny Abrahama, refa natsovagny, gne nankato sady nandeha negna
amin'e toeragny izay hazaoany ho lova. Nandeha izy, tsy nahalala izay tany nombany. [9] Tamin'e finoagny gne niaignany
tagny amin'e tany nampagnantegnaigny akô gne vahiny. Niaigny tagnaty tragno lay izy niaraky tamin'Isaka sy Jakoba, gne
mpiara-mandova amin'e fampagnantenagny mitovy. [10] Fa izy nitady e tanàgny izay managny e fagnoregnagny, e tanàgny

izay Andriamanitry gne mpamari-tragno sady mpagnori-tragno. [11] Tamin'e finoagny, ndre da Saraha izy tegnany izay momba aza, gne nahazaoan'i Abrahama gne fahafahagny ho ray. Nitranga izany ndre da efa tena antitry aza izy, satria noheverigny akô e mahatoky nomegny e fampagnantenagny izy. [Fagnamarihagny: Misy fagnontaniagny momban'e hoe Gne finoan'i Abrahama sa gne finoan'i Saraha gne navohitry. "Tamin'e finoan'i Saraha, ndre da efa antitry aza izy, gne nahazaoagny gne hery hanagn'anaky, ndre da efa tena antitry aza izy hitondra zaza, satria nihevitry e nagnome gne fampagnantenagny anazy ho mahatoky."] [12] Noho izany, lata amin'izany lelà zany, izay efa ho faty, gne nahaterahandreo izay akô gne kintagny egny an-dagnitry gne hamaroany sady akô gne fasiky magnamorogny gne ranomasigny, izay tsy voaisa. [13] o amin'e finoagny iregny rehetry regny gne maty tsy nandray gne fampagnantenagny. F'izy, tafaran'e hahitagny sady niarahabagny andreo avy alavitry, da nagneky indreo fa vahiny sady sesi-tany ety an-tany. [14] Ho andreo izay mizaka akô izany Raha zany da mazava fa mitady tanindrazagny indreo. [15] Raha nieritreritry gne firenegny izay nialagny indreo, da mety nanagny fahafahagny hiverigny. [16] Fa akô izany, nagniry firenegny tsaratsara kokoa indreo, da izany, e agny an-dagnitry. Noho izany tsy mahamegnatry an'Andriamanitry gne voaantso hoe Andriamanitrindreo, da nagnomagny tanàgny ho andreo Izy. [17] Tamin'e finoagny Abrahama, refa notsapaigny, da nanolotry an'Isaka. Io gne zanany là tokagny izay natolony, izy e nahazo gne fampagnantenagny. [18] Tamin'i Abrahama gne nizaka hoe: "Amign'alalan'Isaka gne hanondroagny gne taranakao." [19] Abrahama da nihevitry fa Andriamanitry da hahavita hanangagny an'Isaka amin'e maty, sady amin'e heviny amin'e ohatry, avy tamindreo gne hazaoany anazy indraiky. [20] Tamin'e finoagny momban'e Raha ho avy koa gne nitsofan'Isaka rano an'i Jakoba sy Esao. [21] Tamin'e finoagny Jakoba, tamin'Izy efa ho faty, gne nitso-drano gne Zanak'i Josefa tsiraidraiky aby. Nivavaky Jakoba, nilejagny tamin'e lohan'e tehiny. [22] Tamin'e finoagny Josefa, refa nagnakaiky gne fiafarany, gne nikoragny e fiaingan'e Zanak'Israely lata agny Egypta sady nagnafarany gne amin'e tolagny. [23] Tamin'e finoagny Mosesy, refa teraky izy, da nafinin'e ray aman-dreniny nandritry gne telo volagny satria hitandreo fa zaza tsara Izy. Tsy natahotry gne didin'e mpanjaka indreo. [24] Tamin'e finoagny Mosesy, tafaran'e nahazakabe anazy, gne nandà e hagnatsovagny anazy ho zanaky làn'e zanaky viavin'i Farao. [25] F'izy, nisafidy gne hijaly niaraky tamin'e olon'Andriamanitry izy, akô izay hankatia gne fahafinaretan'e fahotagny mandritry gne fotoagny fohy. [26] Nizaka izy hoe gne fahafaham-baraka amin'e fagnarahagny an'i Kristy da haregny zakabe noho gne haren'i Egypta. Satria nampifantoky gne masony tamin'e valisoany izy. [27] Tamin'e finoagny gne nialan'i Mosesy tagny Egypta. Tsy nalia gne fahavigniran'e mpanjaka izy, fa niaritry an'izany akô gne nahitany e tsy hita maso. [28] Tamin'e finoagny gne nitandremagny gne Paska izy ame Famafazagny gne rà, mba tsy hikasiky gne Zanaky lahimatoandreo Israelita gne mpandringagny gne Zanaky lahimatoa. [29] Tamin'e finoagny gne niampitandreo gny Ranomasigny Mena akô gne magnitsaky tany maigny. Refa nagnandragny nagnano an'izany indreo Egyptiana, da voateligny indreo. [30] Tamin'e finoagny gne nirodagnan'e mandan'i Jeriko, refa avy nagnodidigny nandritry gne fito andro indreo. [31] Tamin'e finoagny gne tsy nahafaty an'i Rahaba igny mpivarotegna niaraka tamindreo mpaniasia igny, satria nandray gne mpisafo tany tamin'e fiadanagny izy. [32] Ino avakoa gne azoko zakaigny? Fa ho lany gne fotoako raha miresaky momban'i Gideona, Baraka, Samsona, Jefta, Davida, Samoela, da momban'e mpaminany iao. [33] Tamign'alalan'e finoagny gne nazahoandreo gne fanjakagny, niasa ara-drariny, sady nandray gne fampagnantenagny. Nagnakatogny gne vavan'e liogny indreo, [34] namono gne herin'e afo, nandositry gne lelan'e sabatry, sitragny tamin'e aretigny, lasa nahery agn'ady, sady nandresy gne tafiky vahiny. [35] Nitsangagny tamin'e maty tamin'e fananganan-ko velogny gne viavy. Indreo hafa da nampijaligny, tamin'e tsy fagnekegny gne famotsoragny mba hazaoandreo fitsanganagny tsara kokoa. [36] Gne hafa da notsapaigny tamin'e fagnesoagny izy ame famangoagny, eny fa ndre da gne fatotry izy ame fagnagadragny aza. [37] Notoraham-bato indreo. Notsofaigny hizara roa indreo. Novonoigny tamin'e sabatry indreo. Nirerirery sady nisikigny hoditr'ondry da hoditr'osy indreo. Sahiragny indreo, nampihorohoroagny, nampahoriagny. [Fagnamarihagny: gne dikan-teny sasany taloha da mivaky hoe: "Notoraham-bato indreo. Notsofaigny hizara roa. Nampandalovigny fitsapagny. Novonoigny tamin'e sabatry."] [38] Izao tontolo izao da tsy mendriky andreo. Nirerirery tagny agn'efitry, tagny amin'e rendrombohitry, tagny amin'e lava-bato, sady tagny amin'e lavaky ambanin'e tany indreo. [39] izy io olo agnaby io da neken'Andriamanitry nohon'e finoandreo, tsy nandray gne fampagnantenagny indreo. [40] Nagnomagny Raha tsara kokoa ho atsika Andriamanitry, mba tsy ho lavorary indreo, raha tsy misy atsika.

Chapter 12

[1] Noho izany, satria itsika voadidigny vavolombelogny maro be akô gne rahogny, da andeha itsika hamela gne vesatry rehetra izy ame fahotagny maro magnodidigny atsika. Andeha itsika hihazakazaky am-paharetagny gne fihazakazahagny izay nadoboky teo alohantsika. [2] Andeha itsika hitandrigny amin'i Jesosy, gne mpampiatomboky izy ame mpagnantanteraky gne finoagny. Fa nohon'e hafaliagny izay napetraky teo agnoloany, da niaritry gne hazofijaliagny Izy, tsy niraharaha gne hegnatr'izany, sady nidoboky teo an-tagnan'an-kavanan'e seza fiandrianan'Andriamanitry. [3] Noho izany eritrereto gne momba Anazy, e raiky izay niaritry fanoheragny akô izany avy tamin'e mpanota hanohitry gne tegnany, mba tsy ho valaky ao am-ponareo anareo ka hilavo lefogny. [4] Tsy mbola nanohitry anareo na nikezaky hanohitry gne fahotagny hatramin'e fahalatsahan-drà, [5] da adignonareo gne fampaherezagny izay nampianarigny anareo akô gne amin'e zanaky hoe: "Zanako là, k'aza magnamaivagny gne fitsipiky gne Tompo, ndre mihavalaky raha ahitsiny anareo." [6] Fa gne Tompo magnafay gne rehetra izay tiany, sady Izy magnasazy gne zanaky tsiraidraiky izay raisiny. [7] Miareta fijaliagny akô gne fitsipiky. Andriamanitry da mitondra anareo akô gne Zanaky. Fa zanaky ino gne teo ka tsy nofaizin'e


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

rainy? [8] Fa raha tsy managny fitsipiky anareo, izay anagnan'e olo agnaby, da zazasary anareo fa tsy zanany. [9] Sady,
nanagny gne ray ara-nofo akô gne mpagnafay itsika, da nagnaja andreo itsika. Tsy tokony hankato kokoa gne Rain'e
fagnahy me itsika sady ho velogny? [10] Fa etsy andaniny, gne raintsika nagnafay antsika nandritry gne andro vitsy araky
izay marigny tamindreo. [11] Nefa gne ankilany, Andriamanitry nagnano an'izany ho an'izay tsara ho atsika mba
hafahantsika managny anjara amin'e fahamasinagny. Tsy misy famaizagny mitranga ho mahafinaritry, fa manaintaigny
aza. F'izy izany afara kely da mamokatry gne vokatry feno fiadanan'e fahamarinagny ho andreo izay nozarigny
tamin'izany. [12] Noho izany hatanjaho gne tegnanareo izay miraviravy izy ame tsopokinareo malemy. [13] Magnamboara
lalagny mahitsy ho an'e tombonareo, mba izay malemy da tsy hipitsoky fa ho sitragny aza. [14] Magnenjeha fiadanagny
miaraky amin'e olo agnaby, da gne fahamasinagny avakoa izay tsy hahitan'ia na ia gne Tompo raha tsy miaraky
amin'izany. [15] Mitandrema mba tsy hisy na ia na ia tsy hanagny gne fahasoavan'Andriamanitry, sady tsy hisy fangalan'e
fahangidiagny mitombo hiteraky korontagny, mba tsy ho maro gne lasa voaloto amin'izany. [16] Mitandrema mba tsy hisy
fijangajangagny ndre olo tsy an'Andriamanitry ako I Esao, izay nivarotry gne fizokiagny ho an'e hanigny raiky. [17] Fa
anareo mahalala fa refa afaky izany, refa nagniry gne handova gne fitahiagny izy, da nolavigny, satria tsy nahita iriky
amin'e fibebahagny izy, ndre da nitady an'izany tamin-dranomaso aza. [18] Fa anareo tsy avy teo amin'e tendrombohitry
izay tsy azo kasihigny, tendrombohitry gne afo mandoro, haizigny, fahamaizignagny, da tafiotry. [19] Anareo da tsy avy teo
amin'e trompetra magneno mafy, na teo amin'e feo izay mizaka gne zaka izay gne mpihaino zany da nangataky mba tsy
hisy zaka hafa ho zakaigny amindreo. [20] Fa indreo tsy afaky niaritry izay nodidiagny hoe: "Fa ndre da gne biby mikasiky
gne tendrombohitry aza, da tsy maintsy ho toraham-bato izany." [Fagnamarihagny: Gne dikan-teny sasany taloha da
mivaky akô izao: ""Fa ndre da biby raiky izay mikasiky gne tendrombohitry aza, da tsy maintsy ho toraham-bato izany
ndre ho vonoigny amin'e zana-tsipiky.""] [21] Fa mampalia loatry e fahitagny izay nozakain'i Mosesy hoe: "Mihorohoro Iao
sady mangitakitaky." [22] Fa anareo kosa, da avy teo amin'e tendrombohitry Ziona sady teo amin'e tanàgnin'Andriamanitry
velogny, gne Jerosalema agny an-dagnitry, da teo amin'e anjely an'alin'aligny tamin'e fankalazagny. [23] Anareo da avy teo
amin'e antokon'olon'e voalohan-teraky, izay voasoratry agnara agny an-dagnitry. Anareo da avy teo amin'Andriamanitry,
e Mpitsara gne rehetra, sady teo amin'e fagnahin'e olon'e fahamarinagny izay nanigny tonga lafatry. [24] Anareo da avy teo
amin'i Jesosy, e mpagnalalagny gne fagnekegny vaovao, sady teo amin'e rà latsaky izay tsara kokoa noho gne ràn'i Abela. [25]
Aoka anareo tsy handà e raiky izay mizaka. Fa raha tsy nilefa indreo tamindreo nandà gne raiky izay nampitandrigny
andreo teto an-tany, da kidikidy gne hilefatsika raha mihodigny amin'e raiky izay nampitandrigny antsika avy agny an-
dagnitry itsika. [26] Tamin'e fotoagny raiky, gne feony nagnozongozogny gne tany. Fa amin'izao Izy nampagnantegna sady
nizaka hoe: "Mbola hagnozongozogny indray mandeha tsy gne tany avao iao, fa gne lagnitry avakoa." [27] Ireo teny ireo,
"Indray mandeha koa", da midika gne famindragny gne Raha izay afaky hozongozognigny, izany da, gne Raha izay
nohariagny, mba mitoetry gne Raha izay tsy azo hozongozognigny. [28] Noho izany, satria mandray fanjakagny izay tsy azo
hozongozognigny, da aoky ho mpankasitraky itsika sady amin'izany fomba izany da hidera an'Andriamanitry am-
pagnajagny fatratry sy amin-tahotry. [29] Fa gne Andriamanintsika da afo mandevogny.

Chapter 13

[1] Aoky hitohy e fitiavagny ara-pirahalahiagny. [2] Ka magnadigno gne fampiantranoagny ireo vahiny. Fa tamign'alalan'izany,
gne nagnasehoan'e sanany fampiantranoagny ireo anjekply nefa tsy fantatriny izany. [3] Tsarovy ireo voafonja, akô gne hoe
niara-nifehy tamin-dreo anareo. Tsarovy ireo izay nampahoriagny, akô the hoe indreo avakoa anareo ame vatagny. [4] Aoky
ho hajain'd tsikirairaiky e fanamariagny. Aoky e fandrian'e fanambadiagny mba hadio, fa Andriamanitry da hitsara ireo
mpangala-badjn'olo izy ame mpijangajanga. [5] Avelay e fitondran-tegnanareo ho afaky ame fitiavam-bola. Mifalia
amin'ireo zavatry izay hanagnanareo, satria Andriamanitry tokôtry da mizaka hoe: "Iao da tsy hiala anareo mihitsy, ndre
hahafohy anareo magnano akore." [6] Aleo isika ho ravo mba ho sahy hizaka hoe: Gne Tompo e Mpamonjiko; ka tsy
hatahotry iao. Ino gn'azon'olo anigny aminà?" [7] Diniho ireo mpitaraky anareo, ireo izay nizaka e Tenin'Andriamanitry
taminareo, sady hevero e vokatrin'e fihetsik'indreo. Alay tahaky e finoan-dreo. [8] Jesosy Kristy da tsy miova omaly, sy anio,
sady mandrakizay. [9] Ka magneky tominy amin'ireo kazaragny fampianaragny hafahafa. Fa tsara râ tokony hamafisigny
ame fahasoavagny e fo, fa tsy amin'e hanigny izay tsy magnampy ireo izay mandeha miaraky amindreo. [10] Isika da
manigny alitara izay tsy anagnanareo izay manompo gne tabernakely fahefagny hihinagny. [11] Fa e ràn'e ota da nindesin'e
mpisoronabe tame toeragny masigny, nandritr'izany e vatandreo da norohagny t'ambadik'e toby. [12] Noho izany Jesosy
avakoa da nijaly t'ambadik'e vavahadin'e tanàgny, mba hagnamasigny e fokonolo amign'alalan'e rà̀ny manokagny. [13]
Andeha isika noho izany ho an'e Aminà ambadik'e toby, hinday gne fahafaham-barakany. [14] Fa tsy managny tanàgny
maharitry isika ety. F'izy, mandigny e raiky izay ho avy isika. [15] Amign'alalany, sarô, da andao isika hanolotry ireo fagnati-
pideragny ho an'Andriamanitry fehizay, fideragny vokatry e molotry izay magneky gn'agnarany. [16] Aleo tsy adignontsika e
magnano e tsara sy magnampy gne tsikiraikiraiky aby, fa amin'e fagnantitry akô izany e tena maharavo
an'Andriamanitry. [17] Mankatoava sy magneké ireo mpitariky anareo, fa indreo e miteza gne fagnahinareo, akô ireo izay
hagnano tatitry. Mankatoava mba hagnano izany am-pifaliagnyi ireo mpitondra anareo, fa tsy am-pisentoagny, izay lasa
tsy misy dikany ho anareo. [18] Mivavaha ho anay, fa iay da nino fa managny feon'e fieritreretagny madio sady magniry
hiaigny am-pahamarinagny e raha agnaby. [19] Magnatosiky anareo zakabe tokôtry iao mba hagnano izany, da mba hipody
malaky aminareo iao. [20] Sady gn'Andriamanitry e fiadanagny, izay nanangagny tame maty e mpiandry ondry zakabe, e

Tompontsika Jesosy, tamign'alalan'e ràn'e fagnekegny mandrakizay, [21] da hagnatsara anareo amign'asa tsara agnaby mba
hagnamboaragny e sitrapony. Izy anie hiasa ao agnantintsika izay tena ankasitrahagny agnatrehany, amign'alalan'i Jesosy
Kristy, izay homegny e voninahitry mandrakizay. Amena. [22] Sady mampahery anareo iao, ry rahalà, mba hizaka e tenin'e
fampaherezagny izay nosoratako foiky ho anareo. [23] Fantaro f'efa afaky Timoty rahalàntsika, izay hiaraky aminà hagnety
anareo râ avy aloha izy. [24] Ataovy veloma ireo mpitariky anareo agnaby izy ame mpino agnaby. Ireo izay avy agny Italia
da magnano veloma anareo. [25] Ho aminareo agnaby anie e fahasoavagny.

# James

## Chapter 1

[1] Jakoba , mpanompon'Andriamanitry sy Tompo Jesosy Kristy ,hoan'ireo foko roa ambin'ny folo niparitaky,akory aby. [2] Ô
rahalà , amboary ho fifaliagny agnaby izany refa mandalo olagny samby hafa anareo . [3] Lalanareo fa gne fitsapagny gne
finoanareo da miteraky faharetagny. [4] Apetrao gne faharetagny hahatanteraky gn'asany , mba tena hivoatry sy ho feno
tanteraky anareo mba tsy ho sahiragny ndre ame ino ndre ame ino. [5] Fa raha misy aminareo mila fahendregny , avelao
izy hangataky an'izany amin'Andriamanitry. Gne raiky zay magnome antsitra-po sady tsy mandatsa izay mangataky
amin'Azy agnaby, da omeny an'azy izany . [6] Fa apetray izy hangataky ame finoagny, tsy misalasala ame ino ndre ame ino.
fa izay misalasala da akô gne onjan-dranomasigny izay entin'e rivotry da mitopatopaky. [7] Fa izany olo izany da tsy tokony
hieritreritry gne handray ndre ino ndre ino avy amin'e Tompo . [8] Gn'olo akô izany da misalasala miovaova ame lalagny
agnaby. [9] Aoka gne rahalà sahiragny hagnano gne fisandratany ho reharehany, [10] fa gn'olo mana-karegny ame fietreny ,
satria izy da hidaraboky akô gne vonikazo-dì egny ame ahitry. [11] Fa gne masoandro da miposaky ame hafanagny
mahamay da magnamaigny gne ahitry .Gne vonikazo da mihintsagny, sady gne hatsarany da ho levogny . Akô izany koa,
gn'olo mana-karegny da halazo egny antegnategnan-dalagny. [12] Sambatry gn'olo Izay mahadigny fitsapagny. Satria refa
avy nandalo fitsapagny Izy, da hahazo gne satro-boninahitry gne fiainagny , izay nampagnategnaigny tamindreo izay tia
an'Andriamanitry. [13] Refa misy halaim-pagnahy da aoky izy tsy hizaka hoe :"Andriamanitry gne nangala fagnahy anà,"
satria Andriamanitry tsy azon'e ratsy halaigny fagnahy, sady tsy mangala fagnahy ndre ia ndre ia. [14] Fa samby halaim-
pagnahy ame fagniririany manokagny gn'olo tsiraidraiky, izay mampihemotry sy maharesy an'azy . [15] Refa avy
naverimberigny gne fagniriagny da miteraky fahotagny izany. Sady refa mitombo be gn'ota da miteraky fahafatesagny. [16]
Ka magneky ho voafitaky ,ô rahalà namako. [17] Gne fagnomezagny tsara agnaby izy ame fagnomezagny tongalafatry
agnaby da avy agny ambony. Avy ame Rain'e fahazavagny gne hidignan'izany.miaraka amin'Azy da tsisy fiovagny ndre
aloky nohon'e fiodinagny. [18] Andriamanitry da nisafidy gne hagnome fahaterahagny antsika amigne zakan'e
fahamarinagny, mba ho karazagny voaloham-bokatry gne noforognony agnaby itsika . [19] Lalanareo izany ry rahalà
namako: Aoky gn'olo agnaby hazoto hiteno , tsy halaky hizaka sady tsy halaky ho vignitry. [20] Fa gne havigniran'olo da tsy
ahavitagny gne fahamarignan'Andriamanitry. [21] Ka diovy agnaby gne fahalotoagny izy ame faharatsiagny agnaby. Amim-
panetre-tegna da raiso gne zaka efa napetraky , izay afaky mamonjy gne fagnahinareo . [22] Magnaraha zaka anareo, fa
k'aza mpiteno fotsiny avao, fa ka mamitaky gne tegnanareo avao anareo. [23] Fa raha misy mpiteno gne zaka nefa tsy
mpagnaraky, da akô gn'olo mandiniky gne tarehiny ame fitaratry izy. [24] Mandiniky gne vatany izy da refa miala teo izy da
hadignony gne mahakasiky gne vatany. [25] Fa gn'olo mandinika tsara gne lalàgnin'e fahafagny Tonga lafatry, sady mitohy
magnano an'izany, fa tsy hoe mpiteno magnadigno fotsiny , da ho tahiagny ame gn'asany agnaby izany olo izany. [26] Raha
misy magnano gne tegnany ho mpivavaky, nefa tsy mahafehy gne vavany, da mamitaky gne fony izy, sady tsisy dikany
gne fivavahany . [27] Gne fivavahagny madio sy tsisy petigny amin'Andriamanitsika sy gne Raintsika da akô izao: hagnampy
gne kamboty, da gne mpivantotry ame fahoriandreo, ary miaro tegna mba tsy hisy pentigny avy amin'izao tontolo izao.

## Chapter 2

[1] O Rahalà, ka mitagny gne finoagny an'e Tompontsika Jesosy Kristy, Ilay Tompon'e voninahitry, amin'e fiagaragny ame
ologny sasany. [2] Ataovy hoe misy ologny miditry ao amign'e fivorianareo magnano peratry volamena sy akanjo tsara,ary
misy lelà sahiragny avakoa miditry magnano akanjo maloto. [3] Raha magnety gne olo misikigny akanjo tsara anao sady
mizaka hoe: "Azafady midoboa eto ame toeragny tsara etoa," fa hizaka ame lelà sahiragny kosa hoe:" mitsangana iano
ery," na hoe: "Midoboa etoa ame tomboko," [4] Akory sa, tsy efa lasa mifampitsara anareo samby anareo amin'izany? Tsy
efa lasa mpitsara ratsy eritreritry mein anareo amin'izany? [5] ô rahalà namako,mitenoma, tsy efa nofidin'Andriamanitry
mein gne sahiragny ami'zao tontolo izao mba hanakaragny ame finoagny sy mba ho mpadova gne fanjakagny izay
nampagnantenaigny andreo izay tia an'Azy? [6] Fa anareo da mangala baraky gne sahiragny! sa tsy gne mpanakaregny gne
manahiragny anareo? Sa tsy indreo mein gne mahatariky anareo ho eo ame fitsaragny? [7] Moa tsy indreo mein gne
nagnaratsy gne agnaragny tsara ze anareo? [8] Ndre da izany, raha magnatanteraky gne lalàn'e mpanjaka anareo, araky
gne Soratry Masina hoe: "Tiava gne namanao akô gn'ainao," da magnamboara gne tsara anareo. [9] Fa raha magnome
sitraky gne olo sasany kosa anareo, da manota, ka voaheloky akô gne mpandika lalàgny. [10] Ndre ia ndre ia magneky gne
lalàgny agnaby, ka lavo ame lalàgny raiky fotsiny da ho diso ame lalàgny agnaby. [11] Fa gne olo nizaka hoe: "Ka
mijangajanga," da nizaka avakoa hoe: "Ka mamono olo." Raha tsy mijangajanga ianareo, kanefa mamono olo, da lasa
mpandika lalàgny. [12] Noho izany mizakà sy magnamboara mitovy aminareo ze ho tsaraigny ame lalgn'e fahafahagny. [13] Fa

gne fitsaragny da avy tsy misy famindram-po amin'ireo izay tsy magnabôky famindram-po. Sady gne famndram-po da
mandresy gne fitsaragny. [14] ô rahalàko, ino gne mahatsara an'izany sa raha mizaka gne olo raiky fa manam-pinoagny
izy,kanefa tsy misy asa? afaky mamonjy azy ve izany finoagny izany? [15] Ataovy hoe misy rahalà sy anakavy ratsy fitafy sy
tsy ampy sakafo isan'andro. [16] Da eritrereto koa hoe gne raiky aminareo mizaka amindreo hoe: "Mandehana
ampilaminagny, da magnamboara voky sy mafana." Raha tsy magnome andreo gne raha ilan'gne tegnany anareo, ino gne
mahatsara izany sa? [17] D'akoizany koa gne finoagny, raha tsy misy asa izany, da maty. [18] Nefa mety misy olo mizaka hoe:
"Manam-pinoagny anao, ary izaho manan'asa." Aboahy anah gne finoanao tsy misy asa, da haboako anao koa gne finoako
ame alalan'e asako. [19] Anao da mino fa raiky avao Andriamanitry; tsara izany amboarinao izany. Fa ndre gne devoly aza
da magneky an'izany, sady da mangitakitaky agnaby indreo. [20] Tianareo ho lala mein, ry lelà mola, fa gne finoagny tsy
misy asa da tsy misy ilàgny an'azy? [Fanamarihagny: Gne dikan-teny sasany taloha da mamaky hoe: "Tianareo ho lala
mein, ry lelà mola, hoe nagnino maty gne finoagny tsisy asa?"] [21] Tsy tame asa avakoa me gne nagnamarinagny an'i
Abrahama abantsika refa nanolotry an'Isaka zanany lelà tame alitara izy? [22] Hitanao fa gne finoagny da niasa niaraky
tame asany, ary ame asa da nivoatry tanteraky gne finoany. [23] Da tanteraky gne soratry Masina izay mizaka hoe:
"Abrahama nino an'Andriamanitry, ka nisaigny tamin'azy ho fahamarinagny izany," sady izy nangiagny hoe
zanak'Andriamanitry. [24] Hitanareo zao fa ame asa gne hanamarinagny gne olo, fa tsy ame finoagny fotsiny avao. [25]
Akoizany avakoa, Rahaba tsy misy mpivaro-tegna tsy nohamarinigny tame asa avakoa mein izy, refa nandray e iraky sy
nandefa andreo tame lalan-kafa? [26] Fa maty gne tegna raha misaraka ame fagnahy, dakoizany avakoa, gne finoagny tsy
misy asa da maty.

Chapter 3

[1] Tsy gn'olo maro gne tokony ho lasa mpampianatry, rô rahalà. Fantantsika fa ahazo fitsaragny mafy tokôtry itsika. [2] Fa
itsika aby io da tafitoigny ame fomba maro. Raha misy tsy tafitoigny ame zaka, da lelà matotry tanteraky izy, afaky
mifehy ndre da gne tegnany iray manontolo aza. [3] Da raha asiantsika lamboridy ame vavan'e soavaly mba hankatoavan-
dreo antsika, da afaky mitondra gne vatandreo raiky manontolo avakoa itsika. [4] Iteo avakoa fa gne sambo, ndre da
zakabe tokôtry idreo da indesin'e rivotry mahery, da voavilin'e familiagny tena kidy amin'izay rehetry tian'e mpamory. [5]
Akò izany avakoa gne lela da rantsagny kidy ame vatagny, kanefa izy da mirehareha raha maro be. Iteo avakoa gne
hakidin'e afo izay mandoro ala be. [6] Gne lela avakoa da afo, tontolon' e fahotagny napetraky tamin'e rantsam-batantsika.
Izany da magnisy pentimpentigny gne vatagny raiky manontolo da mandoro gne lalam-piainagny. Arehitrin'e helo gne
tegnany. [7] Fa gne karazam-bibidia agnaby, vorogny, biby mandady, ary zava-boaharin-dranomasigny da folaky ary
nofolahin'e olombelo. [8] Fa momba gne lela, tsy misy olo mahavita mamolaky izany. Io da ratsy tsy mety fehezigny, feno
poizigny mahafaty. [10] Amin'io gne hiderantsika gne Tompo izy ame Ray, da amin'io gne hagnozognatsika olo, izay natao
nitovy tamin'Andriamanitry. [9] Avy amin'izany vava izany avao gne ivoahany e fitahigny sy gne fagnozognagny. E rahalà,
tsy tokony hiboaky izany raha aby izany. [11] Sa gne loharano me mamoaky rano mamy sy mangidy avy ame fiboahany? [12]
Gne kakazon' e aviavy me, rahalàhiko, mamoa oliva? Na gne voaloboky, mamoa aviavy? Gne rano masira avakoa da tsy
afaky agnome rano mamy. [13] Ia gne hendry sy mahalala agn'ivonareo? Apetray izany olo izany hampiseho fiainagny tsara
ame gn'asany amin''e fanetren-tegnan'e fahendregny. [14] Fa raha managny fialognagny mangidy anareo sady fagnirian-
daza agnatin'e fonareo, da ka mirehareha na mivandy manohitry gne marigny. [15] Izany da tsy fahendregny nidigny avy
ambony. F'izy, avy ame tany, gne tsy ara-pagnahy, gne demoniaka izany. [16] Fa agny amin'izay misy fialognany sy fagnirian-
daza, da misy fifanjevoagny sy fagnamboaragny gne ratsy aby io. [17] Fa gne fahendregny avy ambony da madio aloha, avy
eo da feno fiadanagny, malemy fagnahy, mihevitry gne hafa, feno famindram-po sady vokatry tsara, tsy malemy, sady
tsotry. [18] Gne vokatrin' e fahamarinagny da voafafy ampiadanagny eo antegnategnan'izay mampiavagny.

Chapter 4

[1] Avy taia gne niantombohan'ny gne ady izy ame fifandiragny eo aminareo? Kaiky tsy avy ame raha nirianareo izay
miady ame mpikambagny eo agn'ivonareo? [2] Magniry anareo, nefa tsy managny. Mamono sady magniry mafy anareo,
nefa tsy afaky ahazo. Miady sady mifanditry anareo. Tsy managny anareo satria tsy mangataky. [3] Mangataky anareo nefa
tsy mahazo satria ratsy fangatahagny mba ahafahanareo mampiasa anizany ho ame fagnirianareo. [4] Anareo rô
mpijangajanga! Tsy lalanareo me fa gne fisakezagny am'izao tontolo izao da fandrafiagny manohitry an'Andriamanitry?
Ka ndre ia ndre ia te-ho sakaizan'izao tontolo izao da magnano e tegnany ho fahavalon'Andriamanitry. [5] Sa anareo
mieritreritry fa gne Soratry Masigny da mizaka zava-poagny hoe: "Gne Fagnahy izay naniny niaigny tagnatin-tsika da
saro-piaro lotry"? [6] Fa Andriamanitry magnome fahasoavagny zakabe kokoa, noho izany da hoy gne soratry masigny hoe:
"Andriamanitry manohitry gne mpirehareha, fa magnome fahasoavagny gne mpagnetry tegna" [7] ka magnekea
an'Andriamanitry. Tohero gne devoly, da hilefa anareo izy. [8] Magnakekeza an'Andriamanitry, da hagnakeky anareo Izy.
Diovy gne tagnanareo, ry mpanonta, sady diovy gne fonareo, ry mpiroy saigny. [9] Malahelova, misaognà, sady
mitomagnia! Ao gne fimehezanareo hanjary fitomagniagny, da gne fifalianareo ho fanjetohagny. [10] Manetrea tegna
ankatrefan'e Tompo, da hanandratry anareo Izy. [11] Ka mifagnaratsy anareo, rô rahalà. Gne olo magnaratsy gne rahalahiny
na mitsara gne rahalahiny da manohitry gne lalàgny sady mitsara gne lalàgny. Raha mitsara gne lalàgny anareo, da tsy
magneky gne lalàgny, fa mpitsara. [12] Raiky avao gne magnome lalàgna sady mitsara. Izy avao gn'afaky mamonjy sy


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

mandringagny. Ia me anao, izay mitsara gne namanao? [13] Ka mitenoma, anareo mizaka hoe: "Androany na omaray hiditry
am'ity tanàgny ity itsika, hijanogny herintaogny agny, hagnano varotry, sady hangala tombony." [14] Ia me gne
mahafantatry izay hitranga omaray, da ino gne fiaignanareo? Fa zavogny mipoitry tselatsela anareo da aveo da levogny. [15]
F'izy, hizaka anareo hoe: "Raha sitrak'e Tompo, da ho velogny itsika sady hambotry an'itoa na iroa." [16] Fa amin'izao
fotoagny izao anareo da mirehareha ame tetiky mihebohebo. Gne fireharehagny aby akô izany da ratsy. [17] Ka hoan-dreo
aby mahafantatry magnano e tsara nefa tsy magnano an'izany, da heloky ho anazy izany.

Chapter 5

[1] Avia, anareo izay manan-karegny, mitomagnia sady mibabababà noho gne fahoriagny avy aminareo. [2] Gne
haregninareo efa lo, da gne fisikinanareo efa lanin'e kalalao. [3] Gne volamenanareo izy ame volafotsinareo da efa
harefesigny. Gne harefesigny da ho vavolombelogny hiobiragny anareo. Hagnoro gne nofonareo ako gn'afo izany.
Notehirizinareo gne harenareo ho amign'andro farany. [4] Ity, gne karamandreo mpiasa da mitaraigny gne karama izay
nitazominareo tsy ho andreo zay nampamokatry gne sahanareo, sady gne fitaraignandreo mpihila da efa avy ame sofin'e
Tompon'e maro. [5] Niaigny tamin'e haregny teto an-tany anareo da nagnara-po tamin'e tegnanareo. Natevezinareo gne
fonareo ho an'e andro famonoagny. [6] Nagnameloky sady namono gne olo-marigny anareo. Tsy nanohitry anareo izy. [7] O
rahalà, da mahareta, mandara-piavian'e Tompo. Io, gne mpamboly mandigny gne vokatry sarobidy avy amin'e tany.
Mandigny amim-paharetagny anizany Izy, mandra-pahazaogny anizany gne voaloha izy ame faran'erikandro. [8] Anareo,
avakoa, madignasa. Hatanjay gne fonareo, satria efa akaiky gne fiavian'e Tompo. [9] O rahalà, ka mifampitaraigny, mba tsy
ho tsaraigny anareo. Io, gne mpitsara mitsangagny am-barangara. [10] Mangalà tahaky, rahalà, avy amin'e fijaliagny izy ame
faharetanareo, indreo izay nizaka tamin'e agnaran'e Tompo. [11] Anintsika akô sambatry indreo izay efa niharitry io. Efa
regninareo gne fitaraignan'i Joba, da lalanareo gne tanjognin'e Tompo, gne maha-feno fangoragny izy ame famindram-po
Anazy. [12] Fa amboniny agnaby, rahalàko, ka mitangegny, na amin'e lanitry na amin'e tany, na amin'e fiainagny hafa.
Kanefa, aoka gne zakanareo hoe: "EkA" ho "EKA" da gne "TSIA" ho "TSIA," mba tsy hiditry amin'e fitsaragny anareo. [13] Misy
olo mijaly miady amin gn'ady sarotry me gn'aminareo? Aoka Izy hivavaky. Misy olo faly me? Aoka Izy hihira fideragny. [14]
Misy marary me gnaminareo ao? Aoka Izy hangeky gne loholon'e fiangonagny, sady aoka indreo hivavaky ho anazy. Aoka
indreo hagnosotry menaky anazy amign'agnaran'e Tompo. [15] Gne fivavaky gne finoagny gnagnasitragny gn'olo marary,
ary gne Tompo hanangagny Anazy. Raha nanota Izy, da hamela anazy Andriamanitry. [16] Mifagnekea heloky anareo, da
mifampivavaha, mba ho sitragny anareo. Gne vavaky ataon'olo-marigny da tena matanjaky amin'e fiasany. [17] Elia da lelà
nitovy tamintsika avakoa. Nivavaky mafy Izy mba tsy hilatsahan'e ranon'erikandro, sady tsy nilatsaky tamin'e tany
nandritry e telo taogny sy enim-bolagny izany. [18] Avy eo nivavaky indraiky Elia. Gne lagnitry da nagnome
ranon'erikandro, da gne tany namoa gne vokatriny. [19] Rahalàko, raha misy aminareo miala amin'e fahamarinagny, sady
misy raiky mampiverigny anazy, [20] da tokony ho lalan'io olo io fa ndre ia ndre ia Mangalà gne mpanota raiky amin'e lalan-
diso da hamonjy anazy amin'e fahafatesagny, sady handrakotry fahotagny maro be.

# 1 Peter

Chapter 1

[1] Petera, apostoli'i Jesosy Kristy, ho ane zanaky am-pielezagny, e voafidy, magneragny an'i Ponto, Galatia, Kapadokia, Asia,
da Bitynia. [2] Izany da arak'e fantatr'Andriamanitry Ray mialoha, voatokan'e Fagnahy ho fagnekegny sady ho famafazagny
e ran'i Jesosy Kristy. Ho aminareo anie e fahasoavagny, sady hitombo anie gne fiadananareo. [3] Ho tahigny anie
Andriamanitry sady Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika. Tame famindram-pony, gne nagnomezany antsika fahaterahagny
vaovao ho an'e fahatokisan'e lova. Izany lova izany da tamin'alalan'e fitsanganan'i Jesosy Kritsty tame maty. [4] Izany da ho
an'e lova izay tsy ho faty, tsy ho vilavila, sady tsy ho levogny. Izany sa voatokagny ho anareo an-dagnitry agny. [5] Anareo da
arovan'e herin'Andriamanitry ame alalan'e finoagny, ho an'e famonjegny izay efa vonogny ho ambara ame fotoagny
farany. [6] Tena ravoravo momba izany anareo, ndre da ilainareo e hahatsiaro malahelo ame olagny maro samby hafa
amin'izao fotoagny izao. [7] Izany da ho an'e fagnaporofoagny e finoanareo, izay sarobidy kokoa nohon'e volamena izay
vilavila, ndre da nosedraigny tame afo. Miboaky izany mba ho hita e vokatr'e finoanareo ame fideragny, voninahitry, da
haja ame hiboan'i Jesosy Kristy. [8] Tsy nahita an'Azy anareo, nefa tia an'Azy, Tsy mahita an'Azy anareo amin'izao fotoagny
izao, kanefa mino an'Azy, sady da tena faly ame fifaliagny tsy hay zakaigny, mahafinaritry. [9] Raisinareo amin'izao
fotoagny izao e vokatr'e finoanareo, da e famonjegny e fagnahinareo. [10] E mpaminany da nikaroky sady nagnontany tsara
gne momba izany famonjegny izany, gne momba e fahasoavagny izay ho anareo. [11] Indreo da nitady e hahafantatry e
mikasiky e hoe ia da ovia e Fagnahin'i Kristy ao amindreo gne nizaka tamindreo. Izany da niboaky ako e nozakainy
andreo mialoha momba e fijalian'i Kristy izy ame voninahitry magnaraky an'izany. [12] Nambara tamindreo izany mba tsy
hanompo e tegnany indre, fa anareo, refa nizaka io raha voazaka taminareo amin'izao fotoagny izao io tamin'alalan'izay
nitory e filazantsara taminareo tamin'alalan'e Fagnahy Masigny nalefa avy lata an-dagnitry--raha izay tian'e anjely ho
lala. [13] Noho izany homagno e sainareo. Mahonogna tegna. Mametraha fitokisagny ame fahasoavagny izay ho entigny eo
aminareo amin'e hisehoan'i Jesosy Kristy. [14] Ame mahazanaky mpagneky, ka mampifagnaraky e tegnanareo ame
fagniriagny izay narahinareo tame mbola tsy nahalala anareo. [15] Fa ako e raiky izay nangaiky anareo hoe masigny,

anareo, avakoa, aoka ho masigny ame fitondran-tegnanareo agnaby. [16] Fa voasoratry hoe: "Aoka ho masigny, satria masigny Iao." [17] Raha mangaiky e raiky izay mitsara tsy misy fagnavakavahagny ara'e asan'olo tsiraidraiky agnaby hoe: "Ray" anareo, da handany e fotoan'andronareo ame fampisehoagny fagnajagny. [18] Fantatrareo fa tsy avy tame volafotsy na volamena mety levogny e nagnavotagny anareo tame fitondran-tegna mola izay nianaranareo tame razanareo. [19] F'izy, navotagny tame ra sarobidin'i Kristy anareo, izay ako e zanak'ondry tsy misy takaitry na tsigny. [20] Voafidy talohan'e nananganagny an'izao tontolo izao i Kristy, fa amin'izao fotoagny izao da tamin'e fotoagny farany e nagnambaragny an'Azy taminareo. [21] Amin'e alalany e hinoanareo an'Andriamanitry, izay nanangagny anazy tame maty sady tamin'e nomeny vononahitry mba ho ao amin'Andriamanitry gne finoagny izy ame fahatokisanareo. [22] Nagnadio e fagnahinareo tame fagnekegny e fahamarianagny anareo. Izany da an'e fitiavagny ara-piralahiagny madio; noho izany mifankatiava fatratry ame fo. [Fagnamarihagny: e dikan-teny sasany da mizaka hoe: "Nagnadio e fagnahinareo tame fagnekegny e fahamarinagny tamin'e alalan'e Fagnahy anareo"] [23] Nateraky indraiky anareo, tsy avy ame voa mety maty, fa avy ame voa tsy mety maty, amin'e alalan'e zakan'Andriamanitry velogny sady mipetraky. [24] Fa "e nofo aby da ako e ahitry, da e voninahitriny aby da ako e voninkazon'ahitry. Maigny e ahitry, da malazo e voninkazo, [25] fa e zakan'e Tompo da mpitraky mandrakizay" Izany e vaovao mahafaly izay nambara taminareo.

Chapter 2

[1] Noho izany ario e ratsy agnaby, e fahadisoam-pagnantegnagny agnaby, e fiatsaram-belatsihy, e fagniriagny, da e fagnendrikendrehagny agnaby. [2] Ako e zaza vao teraky, magniry ara-pagnahy madio, mba hahafahanareo mitombo ao ame famonjegny ame alalan'izany, [3] raha nahatsapa anareo fa tsara fagnahy e Tompo. [4] Magnatogny anazy e vato velogny izay narian'olo, fa voafidin'Andriamanitry ho manan-danja Aminy. [5] Anareo avakoa da ako e vato celogny izay voaorigny ho tragno ara-pagnahy, mba ho mpisorogny masigny izay manolotry sorogny ara-pagnahy eken'Andriamanitry amin'alalan'i Jesosy Kristy. [6] E Soratry Masigny da ahitagny an'izao: "Itoa, iao mipetraky ame Ziona vato fehizoro, voafidy sady manan-danja. Izay rehetra mino anazy da tsy ho menatry." [7] Noho izany e voninahitry da ho anao izay mino. Kanefa, "e vato narian'e mpananga tragno, igny e lasa lohan'e fehizoro"- [8] Da, vato mahatafintohigny sady vato mahalavo. Tafintohigny indreo, tsy nagneky e zaka, izay voatokagny ho andreo avakoa. [9] Fa anao da olom-boafidy, mpisoron'e mpanjaka, firenena masina, olo ho an'e fanagnan'Andriamanitry, mba ho afaky hagnambara e hatsaran'e asan'e raiky izay nangaiky anao latame mizigny ho ame hazavagny mahagaga anao. [10] Taloha anao da tsy olo, kanefa amin'izao fotoagny izao anao da olon'Andriamanitry. Tsy nandray famindram-po anao, fa amin'izao fotoagny izao anao da nandray famindram-po. [11] Malala, mangaiky anareo ako e vahiny sady mpirerirery iao mba hifady e filan'e nofo, izay mahatonga ady manohitry gne fagnahinareo. [12] Tokony managny fitondran-tegna tsara anareo eo amason'e jentilisa, mba, raha miresaky momba anareo ho nagnano raha ratsy indreo, da tokony hahita e asa tsaranareo sady hankalaza an'Andriamanitry ame andro izay hiaviany. [13] Ekeo e fahefan'olombelo aby nohon'e amin'i Tompo. Ekeo ako e ambony indrindra e mpanjaka, [14] da gne governora avakoa, izay nalefa mba hagnasazy e mpagnano ratsy sady hankalaza izay magnano e tsara. [15] Fa izany e sitrapon'Andriamanitry, ame fagnamboaragny e tsara anareo da mampangigny e resaky tsy mahalala fomban'olo mola. [16] Ako e maha-olo afaky, ka ampiasaigny ho fagnafiniagny fahalemegny e fahafahanao, fa mamboara ako e mpanompon'Andriamanitry. [17] Omeo voninahitry e olo agnaby. Tiavo e firalahiagny. Matahora an'Andriamanitry. Omeo voninahitry gne mpanjaka. [18] O ra mpanompo, magnekea e tomponareo ame fagnajagny agnaby. Ka magneky ho mpanompon'e tsara sady ho tompo tsara fagnahy, fa ho an'e ratsy toetra avakoa. [19] Satria mendri-pideragny izany raha misy miaritry fanaintaignagny rehefa mijaly ame tsy rariny nohon'e fagnantegnany an'Andriamanitry. [20] Fa otrino e vola raha manota anao sady miaritry mandritry e fagnasaziagny anao avy eo? Fa raha nagnano e tsara anao sady miaritry mandritry gne fagnasaziagny anao, da mendri-pideragny amin'Andriamanitry izany. [21] Fa noho ity e nangiagny anao, satria Kristy avakoa da nijaly ho anao. Nametraky ohatry ho anao Izy mba hagnarahagny e lalany. [22] Tsy nanota Izy, na hoe nisy fitaky t'am-bavany. [23] Rehefa nozakaigny ratsy Izy, da tsy namaly ratsy. Refa nijaly izy, da tsy nandrahogny, fa nanolotry e tegnany tamin'e raiky izay Mpitsara am-pahamarinagny. [24] Izy tegnany da nitondra e fahotantsika tame tegnany ho eo ambony hazo, mba tsy hanagny anjara ame fahotagny sanaky itsika, sady mba hiaigny ho an'e fahamarinagny. Tamin'e alalan'e ratriny e nahasitragny anareo. [25] Nirerirery ako e ondry very anareo agnaby, fa amin'izao fotoagny izao anareo nipody tame npiandry ondry izy ame mpiambigny e fagnahinareo.

Chapter 3

[1] Amin'izany fomba izany, anareo viavy da tokony hagneky e vadinareo. Amboaro izany ndre da misy lela maro tsy magnaraky zaka, sady mety ho azo indreo ndre da tsy misy e zaka, amin'e alalan'e fitondran-tegnan'e vadindreo. [2] Fa indreo da hahita e fitondran-tegna mendrikinareo am-pagnajagny. [3] Aoka izany ho tanteraky tsy miaraky ame haingo ivelany: rongo, rojo volamena, na akanjo lamaody. [4] Fa, aoka izany ho tanteraky miaraky amin'izay am-pon'olo, sady e hagnatsaragny maharitr'e fagnahy tsara sady mangigny, izay zarobidy eo agnatrehan'Andriamanitry. [5] Fa e viavy masigny taloha e nandravaky e tegnandreo akoizany. Nanagny fahatokisagny an'Andriamanitry indreo sady nagneky e vadiny agnaby. [6] Akoizany fomba izany e nagneken'i Abrahama an'i Saraha sady nangiany anazy ho tompony. Anareo da zanany amin'izao fotoagny izao raha magnano izay tsara sady tsy matahotry olagny. [7] Akoizany avao, anareo lelà da tokony miaigny miaraky ame vadinareo arak'e fahazavan-tsaigny, ako e fanaky malemy kokoa e viavy. Tokony omenareo


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

voninahitry indreo ako e mpiara-mandova e fagnomezan'e fiainagny. Amboaro izany mba tsy ho voasakagny e
vavakinareo. [8] Farany, anareo aby, miraisa saigny, hifampiferign'aigny, hifankatia ako e mpirahalà, ho tso-po, da hanetri-
tegna. [9] Ka mamaly ratsy e ratsy na manevateva e mpanevateva. Mifanohitry amin'izany aza, mitahia avao, fa noho izany
e nangiagny anareo mba hahafahanareo mandova e fitahiagny. [10] "E raiky izay te hankafy e fiainagny sady te hahita
andro tsara da tokony hampijanogny e lelany ame ratsy izy ame molotriny ame fizakagny fitaky. [11] Aleo izy hiala ame
anigny hoe ratsy sady hagnano izay tsara. Aleo izy hitady fiadanagny sady hitaky izany. E mason'e Tompo da mahita e
marina, da e sofiny da mahare e fangatahandreo. [12] Fa e tarehin'e Tompo da manohitry izay magnano ratsy." [13] Ia e raiky
hamely anareo raha magniry e hagnano e tsara anareo? [14] Nefa raha mijaly nohon'e fahamarinagny anareo, da sambatry.
Ka matahotry izay hatahorandreo. Ka mangitakitaky. [15] F'izy, atokano ako e masigny am-ponareo e Tompo Kristy.
Mivognona avao hamaly gn'olo agnaby izay magnontany anareo e antony hatokisanareo an'Andriamanitry. Anio ame
halemem-pagnahy sady fagnajagny izany. [16] Manàgna feon'e fieritreretagny madio mba ho megnatry gn'olo izay
manevateva e fiainagny tsaranareo ao amin'i Kristy satria mizaka manohitry anareo indreo ako e mpagnano ratsy
anareo. [17] Tsara kokoa, raha Andriamanitry e magniry, fa mijaly anareo ame fagnamboaragny e tsara nohon'e
fagnamboaragny ratsy. [18] Efa nijaly nohon'e fahotagny avakoa i Kristy. Izy izay marina da nijaly ho antsika, izay tsy
marina, mba hitondrany antsika eo amin'Andriamanitry. Novonoigny tame nofo Izy, fa novelomin'e Fagnahy. [19] Tame
alalan'e Fagnahy, da nandeha izy da nitory ho an'e fagnahy izay agny am-pigadragny amin'izao fotoagny izao. [20] Tsy
nagneky indreo rehefa nandigny e faharetan'Andriamanitry tame andron'i Noa, tame andron'e fananganagny
sambofiara, da Andriamanitry namonjy olo vitsy _ fagnahy valo _ tame rano. [21] Izany e famantaragny e batisa izay
mamonjy anareo amin'izao fotoagny izao_tsy ako e fagnadiovagny e loto ame vatagny, fa ako e haikin'e feon'e
fieritreretagny ho amin'Andriamanitry_tame alalan'e fitsanganan'i Jesosy Kristy tame maty. [22] Kristy da eo an-
tagn'ankavanan'Andriamanitry. Niakatry an-dagnitry izy. E anjely, e manam-pahefagny, da e hery da tsy maintsy
magneky an'Azy.

Chapter 4

[1] Noho izany, satria nijaly tame nofo i Kristy, da anio fiadagnan'e tegnanareo izany tanjogny izany. Fa izay nijaly tame
nofo agnaby da nijery tame fahotagny. [2] Vokatr'izany, e olo akoizany, mandritry e fotoagny sisa hiaignany, da tsy hiaigny
ho an'e fagnirian'olo sanaky, fa ho an'e sitrapon'Andriamanitry. [3] Fa ampy izay e fotoagny lasa nagnamboaragny izay
tian'e Jentilisa anigny- hafalian'e nofo, fijejoagny, fimamoagny, fitondran-tegna mahamegnatry, fihiran-dratsy, da e asan'e
fanopoan-tsampy mampadikidiky. [4] Heverindreo fa hafahafa satria tsy mikambagny amindreo amin'izany fagnaranam-
po be izany anareo, noho izany da hizaka ratsy momba anareo indreo. [5] Hamaly e raiky izay vonogny hitsara e velogny
izy ame maty indreo. [6] Noho izany antony izany gne itoriagny e vaovao mahafaly tame maty avakoa, mba hiaigny ako
an'Andriamanitry ao ame fagnahy ndre da notsaraigny tame nofo ako e olo indreo. [7] Magnakaiky e faran'e raha agnaby.
Noho izany tongava saigny, mahonogna tegna ame eritreritrareo ho an'e fitiavam-bavaky. [8] Ambonin'e raha agnaby,
managna fitiavagny feno ho an'e tsiraidraiky agnaby, fa e fitiavagny mandrakotry fahotagny maro. [9] Mifampandrosoa
andragno tsy am-pitaraignagny. [10] Fa e tsiraidraiky da nandray fagnomezam-pahazoavagny, ampiasay hifanompoagny
izany. Mamboara izany ako e mpitan-draharahan'e fagnomezam-pahasoavagny maro fotsimpotsiny an'Andriamanitry. [11]
Raha misy mizaka, aleo izy hagnano izany ako e raiky mizaka e zakan'Andriamanitry. Raha misy manompo, aleo izany ho
avy ame hery izay vatsian'Andriamanitry. Mamboara an'io mba homem-boninahitry ame alalan'i Jesosy Kristy ame
fomba agnaby Andriamanitry. Aleo ho an'i Jesosy Kristy e voninahitry izy ame hery mandrakizay doria. Amena [12] O
malala, ka raisigny ho hafahafa e fitsapagny ame afo izay nitranga taminareo, ako hoe nisy raha hafahafa nitranga
taminareo. [13] F'izy, ndre da maro be e hiainanareo e fijalian'i Kristy, mifalia, mba ho afaky hifaly avakoa anareo sady ho
ravoravo ame fagnambaragny e voninahitriny. [14] Raha notevatevaigny nohon'e agnaran'i Kristy anareo, da voatahy, satria
e fagnahin'e voninahitry izy ame Fagnahin'Andriamanitry da mipetraky aminareo. [15] Fa aleo tsy hisy ndre ia ndre ia
aminareo hijaly ako e mpamono olo, mpangalatry, mpagnano ratsy, na mpiraharaha e an'e hafa. [16] Fa raha misy mijaly fa
Kristiana, da aoka izy tsy ho megnatry; f'izy, aleo hagnome voninahitry an'Andriamanitry amin'izany agnara izany izy. [17]
Fa fotoagny izao hanombohagny e fitsaragny miaraky ame ankohonan'Andriamanitry. Raha manomboky amintsika izany,
ino e ho vokatry ho an'izay tsy magneky e filazantsaran'Andriamanitry? [18] Sady raha "ndre olo-marigny agnady tsy ho
voavonjy, ame fomba akoignaia e hiboahan'e olo tsy an'Andriamanitry izy ame mpanota?" [19] Noho izany aleo e olo izay
nijaly nohon'e sitrapon'Andriamanitry hagnankigny e fagnahindreo ame Mpamorogny atokisagny ame famboaragny e
tsara.

Chapter 5

[1] Magnanatry e olombe ame tagnany aminareo iao, iao, izay olombe ame tanagny nama avakoa. Iao da vavolombelon'e
fijalian'i Kristy avakoa, sady mpikambagny avakoa ao ame voninahitry izay efa haboaky. [2] Noho izany, magnanatry
anareo olombe ame tanagny iao, embeno e ondrin'Andriamanitry izay eo aminareo. Arahy maso izany, tsy ame
fahateriteregny, fa ame sitraponareo, arak'e sitrapon'Andriamanitry. Arahy maso izany, tsy ame vola maloto, fa an-
tsitrapo. [3] Ka manjakazaka ame olo izay tandremanareo. F'izy, mba mamboara fitaratry ho an'e ondry. [4] Da refa miboaky e
lohan'e mpiandry ondry, da hahazo satro-boninahitry tsy mety vilavila anareo. [5] Akoizany avakoa, anareo tanora fagnahy,


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

magnekea e olombe. Anareo agnaby, tafio fanetren-tegna e tegnanareo da mifanompoa. Fa Andriamanitry manohitry e
mpirehareha, fa magnome fahasoavagny e mpanetry tegna. [6] Noho izany manetre tegna eo ambanin'e tagna
maherin'Andriamanitry. [7] Apetray amin'Azy e fagnahinareo agnaby, satria Izy e miahy anareo. [8] Mahonogna tegna,
miambena. E fahavalonareo, da gne devoly, miodidigny ako e liona mitrerogny, mitady olo ho arapakiny. [9] Manohera
anazy. Mioregna ame finoanareo. Fantatrareo fa izany fahoariagny izany da mahazo e firaisan'e mpino magneragny
an'izao tontolo izao avakoa. [10] Rehefa avy nijaly nandritry gne fotoagny fohy anareo, e Andriamanitr'e fahasoavagny
agnaby, izay nangaiky anareo ho ame voninahitriny mandrakizay ao amin'i Kristy, da hahatanteraky anareo, hanangany
anareo, sady hampahery anareo. [11] Ho an'Azy anie e fanjakagny mandrakizay mandrakizay. Amena [12] Raisiko ako rahalà
atokisagny i Silasy, sady nanoratry zaka fohifohiky ho anareo tame alalany iao. Magnanatry anareo iao sady
magnambara anareo fa izay nosoratako da fahasoavagny marin'Andriamanitry. Mijoroa amin'izany. [13] E viavy izay agny
Babylona, izay voafidy niaraky taminareo, magnano veloma anareo. Da i Marka, zanako lahy, magnano veloma anareo. [14]
Mifagnamboara veloma ame fagnoroham-pitiavagny. Ho aminareo agnaby anie e fiadanagny izay ao amin'i Kristy

# 2 Peter

Chapter 1

[1] Simona Petera, mpanompo sady apostolin'i Jesosy Kristy, ho an'izay nahazo e finoagny sarobidy ako e noraisinay,
finoagny ame fahamarinan'Andriamanitry izy am'i Jesosy Kristy Mpamonjy. [2] Hampitomboigny anie e fahasoavagny izy
ame fiadanagny nohon'e fahalalagny an'Andriamanitry izy am'i Jesosy Tompontsika. [3] E raha agnaby mahakasiky e
herin'Andriamanitry ho an'e fiainagny izy ame toe-pagnahy da nomegny antsika tame alalan'e fahalalagny
an'Andriamanitry, izay niantso antsika tame alalan'e voninahitriny izy ame fahatsarany manokagny. [4] Tame alalan'e
nomeny zaka fikasagny tsara sady zakabe indrindra itsika, mba ho lasa mpizara amin'ny fomban,Andriamanitry anareo,
raha miala e fahalotoagny izay eto an-tany nohon'e filàn-dratsy. [5] Noho izany, magnamboara e tsara indrindra mba
hagnampiagny fahatsaragny amin'e alalan'e finoanareo, da ame alalan'e fahatsaranareo, e fahalalagny. [6] Ame alalan'e
fahalalanareo, magnampia fahonognam-po, da ame alalan'e fahonognam-ponareo, magnampia fiaretagny, da ame
alalan'e fiaretanareo, magnampia toe-pagnahy. [7] Ame alalan'e toe-pagnahinareo, magnampia fitiavagny rahala, da ame
alalan'e fitiavagny rahala, magnampia fitiavagny. [8] Raha ao aminareo io raha aby io sady mitombo ao anareo, da tsy
hamoa na tsy hamokatry ame fahalalagny an'i Jesosy Kristy Tompontsika anareo. [9] Fa ndre ia ndre ia tsy ampy an'io raha
io da tsy mahita afa-tsy izay akeky; jamba izy. Nadignoiny e fagnadiovagny anazy tamin'e fahotany taloha. [10] Noho izany
sa rahalà, anio aby izay mba hazahoagny antoky e fiantsoagny izy ame fifidianagny anareo. Raha magnano an'io raha io
aby anareo, da tsy ho voafingagny. [11] Amin'izay da malalaky ho anareo e fidiragny ame fanjakagny mandrakizay izay an'e
Tompontsika izy am'i Jesosy Kristy mpamonjy. [12] Noho izany da vonogny fezay iao hampatsiaro anareo an'io raha io, ndre
da fantatrareo izany, sady ndre da matanjaky ame marina anareo amin'izao fotoagny izao. [13] Iao mieritreritry fa rariny
aminà e mamoha anareo ame fampatsiahivagny izany raha izany, raha mbola etoa amin'ity tragno-lay ity iao. [14] Satria
fantako fa tsy ho ela da ho alako e tragno-laiko, ako e naboakin'i Jesosy Kristy Tompontsika anà. [15] Da ho aniko izay farany
vitako mba hahatsiarovanareo mandrakariva izany raha izany refa lasa iao. [16] Fa iay da tsy nagnaraky tafasiry tsara
rafitry izay noforonigny refa niresaky taminareo e momba gne hery izy ame nisehoan'i Jesosy Kristy Tompontsika. F'izy,
iay da vavolombelogny nahita e fiandrianany. [17] Fa Izy da nahazo laza amam-boninahitry avy tamin'Andriamanitry Ray
refa nisy feo avy tamin'Azy tame voninahitry zakabe indrindra nagnano hoe: "Ity e Zanako malalako, izay sitrako
indrindra." [18] Nahare izany feo avy lat'an-dagnitry izany iay, refa niaraky tamin'azy t'an-tendrombohitry masigny. [19] Itsika
da managny ity zaka faminaniagny izay efa nanigny mafy origny ity. Tokony hitandrigny izany tsara anareo. Izany da ako
e jiro mazava agnatin'e mizigny mandra-piavian'e mandraigny izy ame kintan'e marandraigny miposaky am-ponareo. [20]
Fantaro aloha izao, fa tsy misy faminaniagny avy ame famoahan-kevitr'e olo. [21] Fa tsy misy faminaniagny avy tame
sitrapon'e olo. F'izy, nitarihin'e Fagnahy Masigny izany mba hizaka izay nozakain'Andriamanitry.

Chapter 2

[1] Gne mpaminany sandoky da avy tame olo, da e mpampianatry sandoky avakoa da ho avy eo aminareo. Hitondra
mangingigny sain-diso mamotiky indreo, da handà e Tompo izay nividy andreo. Indreo da mitondra fahapotehagny
malaky amindreo. [2] Maro e hagnaraky e fijejojejoandreo, da ame alalan'izany e hizakan-dratsy e lalan'e fahamarinagny. [3]
Ame firendremagny gne hagnararaotany anareo miaraky ame zaka mamitaky. Tsy ho ela e fagnamelohagny an'izany; tsy
matory e fahapotehan'izany. [4] Fa Andriamanitry tsy namindra fo e anjely izay nanota. F'izy natolotriny ho ame vilagny
tany indreo mba ho voatazogny ame gadran'e fahamaizignagny mandra-piavian'e fitsaragny. (Fagnamarihagny: E dikan-
teny taloha sasany da midika akoizao: "Mba ho fiezigny ame lavak'e fahamaizinagny mandra-piavian'e fitsaragny.") [5] Sady
koa, tsy namela izao tontolo izao taloha Izy. F'izy, namonjy an'i Noah, izay mpitory e fahamarinagny, miaraky ame fito
hafa, refa nitondra e safo-drano tame ratsy fagnahy teto amin'izao tontolo izao izy. [6] Andriamanitry avakoa da nagnano e
tanagnin'i Sodoma izy an'i Gomora ho lakevo sady nagnameloky andreo ho ame fahapotehagny, ho ako e ohatry
amin'izay hitranga ame ratsy fagnahy. [7] Fa i Lota marina, izay nampahorigny tame fitondran-tegnan'olo tsy ara-dalagny
tame fijejojejoagny, da novonjen'Andriamanitry. [8] Fa izany lelà marina izany, izay niaigny niaraky tamindreo isan'andro,

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

da osagny tame fagnahin'e fahamarinagny noho izay hitany sady reny. [9] Fantatr'e Tompo e fomba hamonjegny e olo tsara
fagnahy ame fitsapagny, izy ame fomba hitanagny e olo tsy marina ho ame famaizagny ame andron'e fitsaragny. [10] Marina
indrindra izany ho an'izay manohy ame fagniriagny ratsin'e nofo izy ame magnano tsinontsino e fahefagny. Sahy sady
mitompo teny fatratry indreo. Indreo da tsy matahotry hizaka ratsy e be voninahitry. [11] E anjely da managny hery izy ame
fahefagny zakabe, fa indreo da tsy mitondra fitsaragny maniratsira manohitry an'azy ame Tompo. [12] Fa e biby tsy mana-
saigny da natao hosamborigny sady potehigny. Tsy fantandreo izay tsiratsiraindreo. Ho potiky indreo. [13] Handray e
valisoan'e raha ratsy nanindreo indreo. Mieritreritry indreo fa e tsy fiafiagny mandritry gn'andro da fahafinaretagny.
Indreo da be pentipentigny izy ame tsigny. Mahafinaritry andreo e asa famitahandreo rehefa mihinagny miaraky
aminareo. (Fagnamarihagny: E dikan-teny sasany da midika akoizao: "Mahafinaritry anazy e asandreo refa mihinagny
miaraky aminareo ame sakafom-pifankatiavagny.") [14] Molam-biavy mijangajanga indreo; tsy afa-po ame fahotagny
mihitsy indreo. Mitariky fagnahy tsy mety maty ho ame famboara-ratsy indreo, sady managny fo voaofagny ame
fitsiriritagny indreo. Zanak'e fagnozognagny izany! [15] Niala tame lala-mahitsy indreo. Lasa niviliky indreo, sady
nagnaraky e lalan'i Balama zanak'i Beora, izay tia e tambin'e tsy fahamarinagny. (Fagnamarihagny: E dikan-teny sasany
da mivaky akoizao: "Balama, zanak'i Bosora." [16] Fa nahazo zaka mafy izy nohon'e andikan-dalagny manokagny. Nisy
boriky moagny nizaka tame feon'olombelo nagnajanogny e adalan'igny mpaminany igny. [17] Io olo io da ako e lohataogny
tsy misy erikandro. Ako e rahogny entin'e tafio-drivotry indreo. Natokagny ho andreo e haizigny matevigny. [18] Mizaka tsy
am-piheveragny indreo. Mitaogny gn'olo ame lalan'e filan'e nofo indreo. Indreo da mitaogny gn'olo izay miezaky milefa
gn'olo izay miaigny ame fahadisoagny. [19] Indreo da mampagnantegna fahafahagny ho andreo, kanefa izy tegnany da
andevon'e fahalotoagny. Fa gn'olo da andevon'izay maharesy anazy. [20] Ndre ia ndre ia ame fahalotoan'izao tontolo izao
ame alalan'e fahalalagny e Tompo izy am'i Jesosy Kristy Mpamonjy, da avy eo miverigny ame fahalotoagny indraiky, da
da hanjary ratsy nohon'e toe-javatry voalohany e toe-javatry farany. [21] Tsara kokoa ho andreo e tsy mahafantatry e lalan'e
fahamarinagny nohon'e mahafantatry izany da hivadiky ame didy masigny natolotry andreo. [22] Marina ho andreo ity
ohabolagny ity: "Gn'amboa e mipody ame loany. E kisoa efa nisasa miverigny mihoso-potaky."

Chapter 3

[1] Amin'izao fotoagny izao sa malala, manoratry ho anareo ity taratasy faharoy ity iao ho fampatsiahivagny entigny
handrisihagny e sainareo madio, [2] mba hahatsiarovanao e zaka nozakain'e mpaminany masigny taloha tagny da didin'e
Tompo izy ame Mpamonjy antsika izay nomen'e apostolinareo. [3] Fantaro eky izao, fa e mpaniratsira da ho avy ame andro
farany. Indreo da hagnaraby sady handeha arak'e filandreo manokagny. [4] Indreo da hizaka hoe: "Aia e
fampagnantegnagny e ame fipodiany? Fa hatramizay nifatesan'e razambe, da tsy niova e raha agnaby, ndre hatramin'e
fiantombohan'izao tontolo izao." [5] Indreo da minia magnadigno fa e lagnitry izy ame tany da nisy tame rano sady tame
alalan'e rano, fotoagny, [6] nohon'e didin'Andriamanitry, sady tame alalan'io raha io, gne nandravagny e tontolo tamin'izany
fotoagny izany, tame tondra-drano. [7] Fa amin'izao fotoagny izao e lagnitry izy ame tany da natokagny ho an'e afo ame
alalan'io didy io avao. Indreo da voatokagny ho ame andron'e fitsaragny izy ame fandringanagny e olo ratsy fagnahy. [8]
Malala, Ao tsy ho adignoinareo fa e andro raiky amin'e Tompo da ako arivo taogny, da e arivo taogny ako andro raiky. [9] E
Tompo da tsy ela ame fagnatanterahagny e fampagnantegnany, arak'izay zakain'e sasany ho fahelany. F'izy, Izy da
maharitry aminareo. Tsy tiany hisy ho very anareo, fa mba ho avy ame fibebahagny olo agnaby. [10] Ndre da izany sa, ho
avy ako e mpangalatry e andron'e Tompo: E lagnitry da hanjavogny miaraky ame feo mafy. E raha agnaby da ho main'e
afo, da e tany izy ame asa ao amin'azy da hambara. (Fagnamarihagny: e dikan-teny sasany da mivaky akoizao: "E raha
agnaby da ho main'e afo, da e tanuy izy ame asa ao amin'azy da horoagny agnaby.") [11] Ka raha levogny akoizany izao raha
aby izao, da tokony ho olo magnano akoignaia anareo? Tokony hiaigny ame fahamasinagny izy ame fiainagny araky
an'Andriamanitry anareo. [12] Tokony hagnantegna sady hampalaky e fiavian'e andron'Andriamanitry anareo. Amin'izany
andro izany, e lagnitry da ho levon'e afo, da e raha agnaby dahiempo ame hafanagny be. [13] Fa arak'e fampagnantegnany,
da mandigny e lagnitry vao2 izy ame tany vao2 itsika, izay hitoeran'e fahamarinagny. [14] Noho izany sa malala, satria
magnantegna izany raha izany anareo, magnamboara e tsara indrindra avy agny aminareo mba tsy hisy pentigny sady
tsy hanan-tsigny eo an-katrefany, am-piadanagny. [15] Sady eritrereto avakoa e faharetan'e Tompontsika ame famonjegny,
ako e nosoratan'i Paoly rahala malalantsika taminareo, arak'e fahendregny izay nomegny anazy. [16] Paoly da mizaka izany
raha izany ao ame taratasiny agnaby, izay misy raha sarotry takarigny. Olo tsy misy fahalalagny sady tsy miorigny gne
magnova izany raha izany, ako e hagnamboarany e soratry masigny hafa koa, ka mahalasa fahaverezagny ho an'e
tegnany. [17] Noho izany sa malala, satria fantatrareo izany raha izany, da tandremo e tegnanareo mba tsy ho voafandrik'e
olo ratsy fagnahy ka ho very e fahamarinanareo. [18] Fa mitomboa ame fahasoavagny izy ame fahalalagny e Tompontsika
izy am'i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. Ho an'azy anie gne voninahitry amin'izao fotoagny izao sady mandrakizay.
Amena!

# 1 John

Chapter 1

[1] Izay hatramin'e fanomboagny-izay efa regninay, izay efa hitanaytame masonay, izay efa notaragninay, sady izay efa

nokasihan'e tagnanay- izany da momba gne zakan'efianagny. [2] Akô izany avao koa, gne fainagny da nampafantarigny, sady efa hitanay izany, ka mijoro vavolombelogny amizany iay. Iay da magnambara aminareo gne fianagny mandrakizay, izay tao ame Ray, sady izay efa nampafantarigny anay. [3] Izay efa hitanay izy ame regninay da ambaranay aminareo avao koa, mba hanagnanareo fiofandraisagny aminay da ame Ray izy ame Zanany, Jesosy Kristy. [4] Akôizany avao koa, manoratry an'io raha io ho anareo iay mba ho tanteraky gne fifaliatsika.[Fagnamarihagny: Gne dika-teny taloha sasany da mivaky akô izao: "Sady manoratry an'io raha io iay mba ho tanteraky gne fifalianareo."] [5] Izao gne hafatry izay efa regninay avy tamin'Azy ka ambaranay aminareo: Andriamanitry da fahazavagny, sady ao amin'Azy da tsisy mizigny mihitsy. [6] Raha mizaka atsika fa managny fifandraisagny amin'Azy sady mandeha ao agnatin'e mizigny, da mavandy atsika sady tsy magnano gne marigny. [7] F'izy raha mandeha ao ame fahazavagny atsika akô an'Azy ao ame fahazavagny,da managny fifandraisagny ame tsiraidraiky aby atsika, sady gne ràn'i Jesosy Zanany gne magnadio atsika ame fahotagny agnaby. [8] Raha mizaka atsika fa tsy managny fahotagny, da mamitaky gne tegnatsika atsika,sady gne fahamarinagny da tsy ao amitsika. [9] Nefa raha miaiky gne fahotatsika atsika, Izy da mahatoky sady marignyame famelagny gne fahotantsika sady magnadio atsika ame tsy fahamarinagny agnaby. [10] Raha mizaka atsika fa tsy mbola nanota, da magnano an'Azy ho mpavandy, sady tsy ao amitsika gne zakany.

Chapter 2

[1] Zanako, manoratry an'itoa raha itoa iao mba tsy hanotanareo. f'izy raha misy manota, da managny mpisolo vava atsika miaraky ame Ray, Jesosy Kristy, e marigny. [2] Izy gne fagnavotagny an'e fahotatsika, sady tsy gn'atsika avao, fa gn'an'izao tontolo izay raiky manontolo avao koa. [3] Amizany gne ahalalatsika fa mahalala an'Azy atsika: raha mitandrigny gne didiny atsika. [4] Gne mizaka hoe: "Mahalala an'Andriamanitry iao", fa tsy mitandrigny gne didiny, da mpavandy, sady gne marigny da tsy ao aminazy. [5] Fa ndre ia ndre ia mitandrigny gne zakany, marigny tokotry, da ao amizany olo izany gne nagnatanterahagny gne fitiavan'Andriamanitry. Amizany gne ahalalatsika fa ao amin'Azy atsika. [6] Gne raiky izay mizaka fa mipetraky ao amin'Andriamanitry da tokony andeha avao koa izy ako gne nandehanan'i Jesosy Kristy. [7] Ry malala, tsy manoratry didy vaovao ho anareo iao, fa didy taloha izay efa nanagnanareo hatram'e fanomboagny. Gne didy taloha da gne zaka izay regninareo. [8] Fa manoratry didy vaovao ho anareo iao, izay marigny ao amin'i Kristy sady ao aminareo, satria gne mizigny da mandalo, fa gne fahazavagny marigny da efa mamiratry. [9] Gne raiky mizaka hoe fa ao ame mazava izy sady malaigny gne rahalàny da ao agnatin'e mizigny hatramizao. [10] Gne raiky izay mitia gne rahalàny da mipetraky ao ame mazava sady tsy hisy fotoagny hahatafatoy an'Azy. [11] Fa gne raiky izay malaigny gne rahalàny ao ame mizigny; izy da tsy mahalala an'izay andehanany, satria gne mizigny da efa nahajamba gne masony. [12] Manoratry hoa anareo iao, ry zanaka malala, satria gne fahotanareo da voavela nohon'e agnarany. [13] Manoratry ho anareo iao, ry tanora, satria noresenareo gne ratsy. Efa nanoratry ho anareo iao, ry zaza madiniky, satria anareo da mahalala gne Ray. [14] Efa nanoratry ho anareo iao, ry ray, satria lalanareo gne avy ame fanomboagny. Efa nanoratry ho anareo iao, ry tanora, satria mafy anareo, sady gne zakan'Andriamanitry da mipetraky ao aminareo, sady anareo da efa nandresy gne ratsy. [15] Ka mitia ndre an'izao tontolo izao ndre gne raha eo amin'azy. Raha misy mitia an'izao tontolo izao, da tsy ao amin'azy gne fitiavan'e Ray. [16] Fa gne raha agnaby izay ao amizao tontolo izao- da gne filan'e nofotry, gne filan'e maso, sady gne fieboeboan'e fiainagny- izay tsy avy ame Ray fa avy amizao tontolo izao izy ame fagniriany. [17] Izao tontolo izao izy ame fagniriany da mandalo.Fa ndre ia ndre ia magnano gne sitrapon'Andriamanitry da hipetraky mandrakizay. [18] Ô zaza, ity gne lera farany. Akô gne efa regninareo fa ho avy gne antiKristy, amizao fotoagny izao maro gne antiKristy izay efa avy. Amizany gne ahalalatsika fa ity gne lera farany. [19] Niala tamitsika indreo, f'izy tsy avy amitsika. fa raha tamitsika indreo da nipetraky niaraky tamitsika. Fa refa niala indreo, da magnabôky fa tsy tamitsika. [20] Fa managny fagnosoragny avy ame Raiky Masigny anareo, sady lalanareo agnaby gne marigny.[fagnamarihagny: Misy dika-teny hafa sasany vaovao izay mivaky hoe: "Managny gne fahalalagny agnaby anareo."Gne dika-teny sasany taloha da mivaky hoe: "sady lalanareo gne raha agnaby."] [21] Tsy nanoratry ho anareo iao satria anareo da tsy mahalala gne marigny, fa satria lalanareo izany sady tsisy vandy avy ame marigny. [22] Ia gne mpavandy fa tsy gne raiky izay mandagny fa i Jesosy gne Kristy? Izay olo izay da gne antiKristy, refa mandagny gne Ray izy ame Zanaky izy. [23] Tsisy olo izay mandagny gne Zanaky ka hanagny gne Ray. Ndre ia ndre ia magneky gne Zanaka avao koa da managny gne Ray. [24] Fa ho anareo, aoky izay regninareo hatrame fanomboagny hipetraky ao aminareo. Raha izay regninareo hatrame fanomboagny gne mipetraky ao aminareo, da hipetraky ao ame Zanaky sady ao ame Ray avao koa anareo. [25] Izany gne fampagnatenagny nomegny atsika: da gne fiainagny mandrakizay. [26] Efa nanoratry an'izany raha izany ho anareo iao momban'izay hinday anareo ame lalagny diso. [27] Fa ho anareo, gne hosotry izay noraisinareo avy tamin'Azy da hipetraky ao aminareo, sady anareo da tsy mila olo mampianatry anareo. Fa akô izay nampianaran'e fagnosoragny anareo gne raha agnaby da marigny sady tsy vandy, sady akô izay efa nampianarin'izany anareo, da mipetraha ao amin'Azy. [28] Amizao fotoagny izao ry zanaka malala, mipetraha ao amin'Azy, mba refa mibôky Izy, da hanagny fasahiagny atsika sady tsy ho megnatry eo agnatrehany ame fevisany. [29] Raha lalanareo fa Izy gne marigny, lalanareo fa izay magnano gne mety agnaby da teraky tamin'Azy

Chapter 3

[1] Indro akôgnaia gne fitiavagny nomen'e Ray atsika, mba hagnatsovagny atsika hoe zanak'Andriamanitry, sady izany atsika. Noho izany antony izany, izao tontolo izao da tsy mahalala atsika, satria tsy mahalala an'azy izany.

[Fagnamarihagny: Gne dikan-teny taloha da tsy magnisy hoe: ''sady izany atsika.''] 2 Ry malala, zanak'Andriamanitry
atsika amizao, sady izany da mbola tsy nambara hoe ho akôgnaia atsika. Atsika da mahala fa refa mibôky i Kristy, da ho
akô an'Azy atsika, satria ahita an'Azy akô an'Azy atsika. 3 Izay managny an'izany fahatokisagny momban'e ho avy
mifototry amin'Azy izany agnaby da magnadio gne tegnany mba hadio akô an'Azy. 4 Izay olo manota agnaby da magnano
an'izay tsy ara-dalagny. 5 Anareo da mahalala fa i Kristy da nagnambara mba hangala gne fahotagny,sady ao amin'Azy da
tsisy fahotagny. 6 Tsisy olo izay mipetraky ao amin'Azy ka mbola hanota fezay. Tsisy olo mbola manota nahita an'Azy na
nahalala an'Azy. 7 Ry zanaky malala, k'avela hisy olo hamitaky anareo. Gne raiky izay magnano gne fahamarinagny da
marigny, akô gne mahamarigny an'i Kristy. 8 Gne raiky izay manota da avy ame devoly, fa gne devoly da nanota fezay
lat'amboalohany. Noho izany antony izany gne zanak'Andriamanitry da nabôky, mba hahafahany mamotiky gne asan'e
devoly. 9 Ndre ia ndre ia naterak'Andriamanitry da tsy hanohy gne fahotagny satria gne voa avy tamin'Andriamanitry da
mipetraky ao amin'azy. Tsy afaky manohy gne fahotagny izy satria nateak'Andriamanitry. 10 Ao amizany gne
hagnaboahagny gne zanak'Andriamanitry izy ame zanak'e devoly. ndre ia ndre ia tsy magnano gne marigny da tsy avy
amin'Andriamanitry; ndre gne raiky tsy makatia gne rahalàny avao koa azaky. 11 Fa izany gne hafatry izay efa regninareo
lat'ambolalohany: fa atsika da tokony mifakatia, 12 fa tsy akô an'i Kaina, izay avy ame ratsysady namono gne rahalàny. Fa
nagnino izy namono an'azy? Satria gne asany da ratsy, sady gn'an'e rahalàny da marigny. 13 Ka gaga, ry rahalàko, raha
malaigny anareo gne tany. 14 Lalatsika f'efa niala tame fahafatesagny megn'ame fiainagny atsika, satria tia an'e rahalà
atsika. Izay tsy tia da mipetraky agny ame fahafatesagny. 15 Izay malaigny gne rahalàny da mpamono olo. Lalanareo fa
tsisy mpamono olo managny fianagny mandrakizay mipetraky ao amin'azy. 16 Amizany gne hahalalatsikagne fitiavagny,
satria Kristy nagnome gn'aiginy ho atsika. Atsika avao koa da tokony magnome gn'aignitsika ho an'e rahalà. 17 Fa ndre ia
ndre ia managny haregnan'izao tontolo izao, ka mahita gne fasahiragnan'e rahalàny, sady magnidy gne fon'e
fahalahelovany an'azy' ame fomba akôgn'aia gne hipetrahan'e fitiavan'Andriamanitry ao amin'azy? 18 Ô zanako malalako,
aoky atsika tsy hitia ame zaka na koa ame vava, fa ame gn'asa izy ame fahamarinagny. 19 Avy amizany gne hahalalatsika
fa avy ame fahamarinagny atsika, sady mampatoky gne fontsika eo agnatrehany atsika. 20 Fa raha magnameloky atsika
gne fontsika, Andriamanitry da zakabe nohon'e fontsika, sady mahalala gne raha agnaby Izy. 21 Ry malala, raha tsy
magnameloky atsika gne fontsika, da managny fahatokisagny amin'Andriamanitry atsiky. 22 Ndre ino ndre ino
angatahitsika da ho azotsika avy amin'Azy, satria atsika mitandrigny gne didiny sady magnano izay ankasitrahagny eo
agnatrehany. 23 Izao gne didiny: tokony mino gn'agnaran'e Zanany Jesosy Kristy sady mifakatia atsika, akô gn'efa
nagnomezany atsika an'izany idy izany. 24 Gne raiky izay mitagny gne didn'Andriamanitry da mipetraky ao amin'Azy, sady
Andriamanitry mipetraky ao amin'azy. Amizany gne hahalalatsika fa Izy da mipetraky ao amitsika, ame Fagnahy izay
nomegny atsika.

## Chapter 4

1 Ry mala, ka mino gne fagnahy agnaby. F'izy, mitsapà gne fagnahy mba hahita fa avy amin'Andriamanitry indreo, satria
mpaminany sandoky maro gn'efa niala tamizao tontolo izao. 2 Amizany gn'ahalalanareo gne Fagnahin'Andriamanitry- gne
fagnahy agnaby izay izay magneky fa i Jesosy Kristy izay lasa nofotry da avy amin'Andriamanitry, 3 ka gne fagnahy
agnaby izay tsy magneky fa Jesosy da tsy avy amin'Andriamanitry. Da izany gne fagnahin'e antiKristy, izay efa regninareo
fa ho avy, sady amizao fotoagny izao da efa eto an-tany. [Fagnamarihagny: misy dikateny taloha sasany da mivaky hoe:
''Sady gne fagnahy agnaby izay tsy magneky fa i Jesosy lasa nofotry da tsy avy amin'Andriamanitry. Izany da fagnahin'e
antiKristy, izay efa regninareo fa ho avy, sady amizao fotoagny izao da efa eto an-tany.] 4 Anareo da avy
amin'Andriamanitry, ry zanaky malala, sady efa nandresy andreo, satria gne raikyao aminareo da zakabe mihotry
nohon'e raiky izay eto amizao tontolo izao. 5 Indreo da avy amizao tontolo izao;noho izany izay raha zakaindreo agnaby
da avy amizao tontolo izao, sady izao tontolo izao da miteno andreo. 6 Avy amin'Andriamanitry atsika. Izay mahalala gne
Tompo da maharegny atsika.Izy izay tsy avy amin'Andriamanitry da tsy maharegny atsika. Amizany gne ahalalatsika gne
fagnahin'e fahamarinagny izy ame fagnahin'e fahadisoagny. 7 Ry malala, aoky atsika hifakatia, fa gne fitiavagny da avy
amin'Andriamanitry, sady izay olo agnaby mitia da naterak'andriamanitry da mahalala an'Andriamanitry. 8 Gn'olo izay
tsy mitia da tsy mahalala an'Andriamanitry, satria Andriamanitry da fitiavagny. 9 Noho izany gne fitiavan'Andriamanitry
da nambara tamitsika, fa Andriamanitry da nandefa gne Zanany lahitokagny ho an'izao tontolo izao mba ho velogny
noho Izy atsika. 10 Ao amizany fitiavagny izany,tsy gne nitiavatsika an'Andriamanitry, fa gne nitiavany atsika, sady gne
nandefasany gne Zanany lahy ho fagnavotagny gne fahotatsika. 11 Ry malala, raha tia lôtry atsika Andriamanitry, da
tokony hifakatia avao koa atsika. 12 Tsy mbola nisy nahita an'Andriamanitry. Fa raha mifakatia atsika da mipetrakyao
amitsika Andriamanitry sady gne fitiavany da tanteraky ao amitsika. 13 Amizany gne ahalalatsika fa mipetraky ao
amin'Azy atsika sady izy ao amitsika, satria Izy da nagnome atsika gne sasany ame Fagnahiny. 14 Sady avao koa, efa nahita
atsika da efa mijoro vavolombelogny fa gne Ray da efa nandefa gne Zanany lahy ho Mpamonjy an'izao tontolo izao. 15
Ndre ia ndre ia magneky fa i Jesosy da Zanaky lahin'Andriamanitry, da mipetraky ao amin'azy Andriamanitry sady izy ao
amin'Andriamanitry. 16 Atsika avao koa da nahalala sady nino gne fitiavagny izay efa nanagnan'Andriamanitry ho atsika.
Andriamanitry da fitiavagny, sady gne raiky izay mipetraky amizany fitiavagny izany da mipetraky ao
amin'Andriamanitry, sady Andriamanitry da mipetraky ao amin'azy. 17 Noho izany, izany fitiavagny izany da
notaterahigny tamitsika, mba hanagnatsika fahatokisagny ame andron'e fitsaragny satria akô an'Azy, da akô izany avao

koa atsika eto amity tany ity. 18 Tsisy tahotry ao ame fitiavagny. F'izy, gne fitiavagny tanteraky da mangala gne tahotry,
satria gne tahotry da tsy maintsy miaraky ame sazy. Fa e iraky izay matahotry da tsy nanigny ho tanteraky ao ame
fitiavagny. 19 Mitia atsika satria Andriamanitry nitia atsika voalohany. 20 Raha misy olo mizaka hoe: Tiako Andriamanitry"
nefa malaigny gne rahalàny, da mpavandy izy. Fa e raiky izay tsy mitia gne rahalàny, izay hitany, da tsy afaky gne hitia
an'Andriamanitry, izay tsy hitany. 21 Sady, izany avao koa gne didy izay anagnatsika avy amin'Azy: Ndre ia ndre ia mitia
an'Andriamanitry da tsy maintsy mitia gne rahalàny avao koa

Chapter 5

1 Ndre ia ndre ia mino fa i jesosy gne Kristy da naterak'andriamanitry, sady ndre ia ndre ia tia gne Ray avao koa da tia gne
zanaky naterakiny. 2 Noho izany gn'ahalalatsika fa tiatsika gne zanak'Andriamanitry: refa tia an'Andriamanitry ka
magnatateraky gne didiny atsika. 3 Satria izany gne fitiavagny ho an'Andriamanitry: da gne hagnataterahatsika gne didiny
agnaby. Sady gne didiny da tsy mavesatry. 4 Fa gn'olo agnaby izay naterak'Andriamanitry da mandresy an'izao tontolo
izao. Sady izany da fandresegny izay efa nandresy an'izao tontolo izao: gne finoatsika. 5 Ia gne raiky izay mandresy
an'izao tontolo izao? Gne raiky izay mino fa i Jesosy da Zanak'Andriamanitry. 6 Izany da gne raiky izay avy tame rano izy
ame rà: Jesosy Kristy. Izy da avy tsy tame rano avao, fa tame rano izy ame rà. 7 Fa misy telo izay mijoro vavolombelogny: 8
gne Fagnahy, gne rano, sady gne rà. Io telo io da mifagnaraky. [Fagnamarihagny: gne dikateny taloha sasany da mivaky
akô izao: gne Ray, izy ame Zaka , sady gne Fanahy Masina; ka io telo io da raiky. Sady misy telo izay mijoro
vavolombelogny eto ambonin'e tany: gne Fagnahy, gne rano, sady gne rà; sady io telo io da akô gne raiky." ndre izany aza,
gne dikateny tsara indrindra da tsy mivaky akoizany.] 9 Raha mandray gne fijoroagny vavolombelon'olo atsika, da ho
zakabe kokoa gne fijoroagny vavolombelon'Andriamanitry. fa gne fijoroagny vavolombelon'Andriamanitry da izao: izy da
mijoro vavolombelogny mahakasiky gne Zanany. 10 Ndre ia ndre ia mino gne Zanak'Andriamanitry da managny
fijoroagny vavolombelogny ao amin'izy tegnany. Izay tsy mino an'Andriamanitry da magnano an'azy ho mpavandy, satria
izy da tsy nino gne fijoroagny vavolombelogny izay efa nomen'Andriamanitry mahakasiky gne Zanany. 11 Sady gne
fijoroagny vavolombelogny da izao: Andriamanitry da magnome atsika fiainagny mandrakizay, sady izany fiainagny
izany da ao ame Zanany. 12 Gne raiky izay managny gne Zanaky da managny gne fiainagny. Gn'olo izay tsy managny gne
Zanak'Andriamanitry da tsy managny fiainagny. 13 Efa nanoratry itoa raha itoa ho anareo iao mba hahalalanareo fa
managny gne fiainagny mandrakizay anareo- ho anareo izay mino gn'agnaran'e Zanak'Andriamanitry. 14 Akô izany avao
koa, izao no fanekena izay anagnatsika eo agnatrehany, fa ndre ino ndre ino angatahatsika araky gne sitrapony, da
maharegny atsika Izy. 15 Akô izany avao koa, raha lalatsika fa maharegny atsika Izy- ndre ino ndre ino angatahatsika
amin'Azy- da lalatsika fa azotsika izay rehetra nangatahatsika tamin'Azy. 16 Raha misy olo raiky mahita gne rahalàny
magnano fahotagny izay miteraky fahafatesagny, tsy maintsy mivavaky izy, sady Andriamanitry da hagnome fiainagny
ho an'azy. Iao da mampitaha gne managny fahotagny tsy miteraky fahafatesagny. Misy fahotagny izay miteraky
fahafatesagny; tsy mizaka iao hoe tokony hivavaky amizany izy. 17 Gne tsy fahamarinagny agnaby da fahotagny, f'izy misy
fahotagny tsy miteraky fahafatesagny. 18 Lalatsika fa ndre ia ndre ia naterak'Andriamanitry da tsy manota. F'izy e raiky
izay naterak'Andriamanitry da miaro gne tegnany, sady gne ratsy da tsy afaky gn'ahakasiky an'azy. 19 Lalatsika fa avy
amin'Andriamanitry atsika, sady izao tontolo izao da mipetraky ao ame ratsy. 20 Kanefa lalatsika fa gne
zanak'Andriamanitry da efa avy sady efa nagnome atsika fahazava-saigny mba ahalalatsika gne raiky izay tena marigny.
akô izany avao koa, atsika da ao ame raiky izay marigny, ao amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy gn'Andriamanitry marigny
sady fiainagny mandrakizay. 21 Zanako, arovy ame sampy gne tegnanareo.

# 2 John

Chapter 1

1 Avy amin'e olombe kahatramin'gne viavy voafidy sy gne zanany, izay tiako amin'gne fahamarinagny - sady tsy iao avao,
fa gne maro izay nahafantatry gne marina avokoa - 2 nohon'gne fahamarinagny izay mipetraky agnatitsika sady hiaraky
amintsika mandrakizay. 3 Ho amintsika anie gne fahasoavagny, gne famindram-po, gne fiadanagny avy
amin'Andriamanitry Ray sy avy amin'i Jesosy Kristy, Zanak'e Ray, amin'gne fahamarinagny sy fitiavagny. 4 Tena faly iao
satria nahita gne sasany amin'gne zanakao mandea amin'gne fahamarinagny, ako gne nandraisatsika izany didy izany
avy tamin'gne Ray. 5 Da mangataky aminao iao, raviavy - tsy ako gne manoratry didy vaovao aminao iao, fa gne
nanagnatsika hatramin'gne voaloany - da gne tokony hifankatiavantsika samby isika. Iao gne fitiavagny, da gne mba
handianatsika araky gne didiny. 6 Izao gne didy, araky gne regninareo hatramin'gne voalohany, da gne tokony
handiananareo amin'izany. 7 Fa maro gne mpamitaky efa lasa amin'izao tontolo izao, sady indreo da tsy magneky an'i
Jesosy Kristy da tonga tamin'e nofo. Izany gne mpamitaky sy antikristy. 8 Iteo gne tegnanareo, mba tsy hahavery gne ra
izay efa vitantsika marobe, fa mba handraisanareo valim-pitia feno. 9 Ndre ia ndre ia mandea aloha sady tsy mitoetra
amin'gne fampianaran'i Kristy da tsy managny an'Andriamanitry. Gne raiky izay mitoetry amin'gne fampianaragny, izany
raiky izany da managny gne Ray sy gne Zanaky. 10 Ra misy olo tonga aminao sady tsy mitondra izany fampianaragny
izany, da ka mandray anazy ho an-dragnonao sady ka miarahaba anazy. 11 Fa gne miarahaba anazy da miombogny
amin'gne ratsy aniny. 12 Managny ra maro ho soratagny aminareo iao, f'izy iao tsy magniry hanoratry izany amin'gne

taratasy sy ranomainty. Ndre izany aza, magnategna gne ho tonga aminareo agny iao sady hiresaky mivantagny, mba ho
tanteraky gne fifalianareo. 13 Magnano veloma anareo gne zanak'e rahavavinao voafidy.

# 3 John

Chapter 1

1 Iao olombe mamangy an'i Galo malala, gne tiako amin'gne fahamarinagny. 2 E malala, mivavaky iao mba hambinigny
amin'gne zavatra marobe anao sady ho salama, ako gne hanambinagny gne fagnahinao. 3 Tena faly iao fony nisy ralah
tonga sady nijoro vavolombelogny tamin'gne fahamarinanao, ako gne andiananao amin'gne marina. 4 Tsy managny
hafaliagny zakabe ako ity iao, da gne maharegny fa mandea amin'gne fahamarinagny gne zanako. 5 E malala, magnano
asa mahatoky anao ndre amin'ino ndre ino asa aninao ho an'gne ralanao sy gne vahiny, 6 izay nijoro vavolombelogny gne
fitiavanao tagnatrehan'gne fiangonagny. Soa gne naninao ra alefanao mandea amin'gne fomba mendriky
an'Andriamanitry indreo, 7 satria nohon'gne agnarany gne nialany, tsy nitondra ndre ino ndre ino avy tamin'gne Jentilisa.
8 Noho izany izika da tokony handray gne ako izany, mba ho mpiara-miasa amin'gne fahamarinagny isika. 9 Nanoratry ra
tamin'gne fiangonagny iao, f'izy Diotrefa, gne ta- ho lohany amin-dreo, da tsy nadray anay. 10 Noho izany, ra tonga iao, da
ho tsarovako gne asa izay naniny, gne fomba nizakany ra mampadikidiky manohitry anay miaraka amin'gne zaka ratsy.
Tsy afa-po tamin'gne asa, da tsy nandraygne rala izy. Nandrara gne ta-hagnano ako izany izy sady nandroaky andreo
hivoky gne fiangonagny. 11 E malala, ka mangala tahaky gne ratsy fa gne tsara. Gne raiky izay magnano e tsara da
an'Andriamanitry; gne raiky izay magnano e ratsy da tsy nahita an'Andriamanitry. 12 Gne maro sy gne fahamarinagny da
vavolombelogny magnambara an'i Demetrio. Iay avokoa da mijoro vavolombelogny, sady fantatrinao fa marina gne
fagnambaranay. 13 14 Nanagny ra marobe ho soratagny aminareo iao, fa tsy magniry hanoratry ireo aminareo amin'gne
penina sy ranomainty iao. F'izy iao magnategna hahita anareo tsy ho ela, sady hiresaky mivantagny isika. Ho aminareo
anie gne fiadanagny. 15 Magnano veloma anao gne namagny aty. Veloma amin'gne namagny kiraikiraiky araky gne
agnarany aby.

# Jude

Chapter 1

1 Joda, mpanompon'i Jesosy Kristy raiky, rahalàn'i Jakoba, ho andreo izay angiagny hoe, malala ao amin'Andriamanitry
Ray, sady voatahiry ho an'i Jesosy Kristy: 2 Hampitomboigny ho aminareo anie gne famindram-po izy ame fiadanagny
sady gne fitiavagny. 3 O Malala! raha igny nagnano gn'ezaky hanoratry ho anareo gne mikasiky gne famonjegny
hitambarantsika igny iao, da nanoratry ho anareo iao mba hanosiky anareo hiady mafy ho an'e finoagny izay efa
natolotry indraiky avao ho an'e mpino. 4 Fa ho an'e olo sasany nisisiky antsokosoko eo aminareo. Indreo da olo voamariky
ho an'e fagnamelohagny. Indreo da olo ratsy fagnahy izay manevateva e fahasoavan'Andriamanitry ho agny ame
fijejojejoagny, sady da manda e Andriana izy ame Tompo tokantsika, Jesosy Kristy. 5 Amin'izao fotoagny izao iao da te
hampatsiaro anareo_ndre da efa lalanareo tanteraky izany_fa e Tompo da nagnavotry e olo avy tame tany Egypta, fa
tafaran'izany da naringany aby izay tsy nino. 6 Da e anjely izay tsy nitagny gne fahefagny izay napetraky tamindreo, fa
izay niala e fipetrahandreo_Andriamanitry da namatotry andreo tame famihezagny mandrakizay, ame mizigny be
tanteraky, ho ame andron'e fitsaram-be. 7 Ako i Sodoma izy am'i Gomora izy ame tanàgny magnodidigny andreo, izay
nanolotry e tegnandreo ho am'e fijangajangagny izy ame fagnamboaragny filagny tsy ara-boajanahary. Da nanigny ohatry
amin'izay mijaly ame fagnasaziagny agny ame afo mandrakizay indreo. 8 Kanefa akoizany avao, e mpagnonofy io da
mandoto e vatandreo avakoa, sady mizaka raha ratsy manohitry e manam-boninahitry. 9 Fa ndre i Mikaela arikanjely,
rehefa niady tame devoly sady nifandritry tamin'azy e ame fatin'i Mosesy, da tsy sahy nizaka ratsy hagnameloky anazy.
Fa hoy izy se: "Hagnanatry anao anie gne Tompo!" 10 Fa io olo io da mizaka ratsy e raha tsy fatany. Da izay fantany_ako e
fahalalan'e biby tsy mana saigny_izany e manimba andreo. 11 Loza ho andreo! Fa raha nandeha tamin'e tanàgnin'i Kaina
indreo, sady nagnaraky e fahadisoan'i Balama hazaoagny tambiny. Da ringagny tamin'e fikominan'i Kora indreo. 12 Indreo
da e olo izay harambato miafigny ao ame sakafom-pitiavanareo. Mihinagny am-pahamegnaragny, mamoky e tegnandreo
avao. Indreo da rahogny tsy misy rano, entin'e rivotry. Hazo fararano tsy misy voany_indroy maty, niala vatriny. 13 Indreo
da onjan-dranomasigny mahery, mitopatopaky mamorivory e fahamegnarandreo. Kintagny mirerirery indreo, ka
voatahiry ho anazy mandrakizay e fahamaitisan'e mizigny. 14 Da i Enoka, e faha fiton'i Adama da efa naminany e momba
an'io, nizaka hoe: "Ho avy e Tompo miaraky ame masiny aman'alinaligny. Ho avy Izy mba hagnatanteraky e fitsaragny e
olo agnaby. 15 Ho avy Izy hampiaiky e olo ratsy fagnahy agnaby tamin'e asa vitany tame haratsiam-pagnahiny, da e zaka
mafy agnaby izay nozakain'e olo ratsy fagnahy hanohitry an'Azy. 16 Indreo da mpimonimomigny, sady mpimenomenogny,
izay magnaraky e filan-dratsindreo. Indreo da mpirehereha fatratry, izay nohon'e tombontsoandreo manokagny, da
mandoka e hafa. 17 Fa anareo sa malala, tadidio e zaka nozakain'e apostolin'i Jesosy Kristy Tompontsika taloha. 18 Hoy
indreo taminareo se: "Fa ame andro farany da hisy mpaniratsira izay hagnaraky e filan'e haratsiam-pagnahiny." 19 Io olo
io da mitariky fisarahagny. Indreo io da olo araky gne nofo, sady tsy managny Fagnahy. 20 Fa anareo sa malala, mioregna
tsara ame finoanareo masigny indrindra, sady mivavaha ame Fagnahy Masigny. 21 Mipetraha anareo ame
fitiavan'Andriamanatry, da diaso e famindram-pon'i Jesosy Kristy Tompontsika izay mitondra anao ho ame fiainagny

mandrakizay. [22] Mamindra fo amin'izay misalasala. [23] Vonjeo sady sariho hiala ame afo e olo sasany. Da e sasany amindray fo amin-tahotry. Malegna ndre e akanjo nolotoin'e nofo aza. [24] Da ho an'izay miaro anareo mba tsy ho tafintohigny, sady haavy anao hijoro eo agnatrehan'e voninahitriny, tsy misy tsigny sady am-pifaliam-be, [25] amin'Andriamanitry tokagny Mpamonjintsika tamin'alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika anie, gne voninahitry, gne fahalehibeazagny, gne fahefagny, e hery, talohan'e fotoagny agnaby, amin'izao fotoagny izao, da e mandrakizay. Amena

# Revelation

Chapter 1

[1] ty gne fagnambaragny an'i Jesosy Kristy izay nomen'Andriamanitry an'Azy hagnaboahagny andreo mpanompony gne raha tsy maintsy hiboaky. Nampafantariny izany tame gn'alalan'e fandefasagny gn'anjeliny ho an'i Jaona mpanompony . [2] Jaona da nagnamarigny gne mom an'e zakan'Andriamanitry izy am'ireo fijoroagny vavolombelogny mahakasiky an'i Jesosy Kristy, izy am'ireo raha hitany agnaby. [3] sambatry izy izay mamaky ame feo ambony, sady izay miteno gne zakan'izany faminaniagny izany, da izay mitandrigny gne voasoratry ao amin'azy, sartia efa marìny e fotoagny. [4] Jaona negnam'e fiangonagny fito tagny Asia: ho aminareo anie Gne fahasoavagny izy ame fiadanagny avy ame gn' am'izao fotoagny izao, izy ame taloha, sady ho avy, da avy am'ireo fagnahy fito izay eo agnatrehan'e seza fiandrianany, [5] sady avy am'i Jesosy Kristy, izay vavolombelogny marigny, vakirandro ame maty, sady lehiben'e mpanjakan'ny tany. Ho an'e tia antsika sady nagnafaky antsika tam'ireo fahotantsika tam'e ràny- [6] Izy da hagnano antsika ho fanjakagny, mpisorogny ho an'Andriamaniny izy ame Rainy - ho an'Azy anie gne voninahitry izy ame fahefagny mandrakizay doria. Amena. [7] Indro, avy and rahogny Izy; da gne maso agnaby hahaita an'Azy, ndre da ireo nandefogny an'Azy azaky. Gne firenegny ambonin'e tany hitomagny an'Azy agnaby. Eka,Amena. [8] Iao gne Alfa izy ame Omega, " hoy gne Tompo Andriamanitry, " Gne am'izao fotoagny izao, izy ame taloha sady ho avy, da gne Tsitoha."(fagnamarihagny: gne dikan-teny hafataloha da mivaky akô izao:"Iao gne Alfa izy ame Omega, gne fiandohagny izy and fiafaragny," hoy gne Tompo Andriamanitry [9] Iao, Jaona- rahalànareo izy ame raiky izay nizara taminareo tao agnatin'e fifaliagny izy ame fanjakagny sady gne faharetagny ao am'i Jesosy Kristy - da tao ame nosy amin'ny hoe Patmo nohon'e zakan'Andriamanitry izy and fijoroagny vavolombelogny gne mahakasiky an'i Jesosy. [10] Iao da notarihin'e Fagnahy tame andron'e Tompo. Naharegny feo mafy be akô gne trompetra t'afarako iao. [11] Nagnano an'izany hoe : "Soraty ao ame boky izay hitanao, da alefaso agny am'ireo fiangonagny fito - ho an'Efesosy,Smyrna,Pergamosy,Tyatira,Sardisy,Filadelfia, da i Laodikia." [12] Nagnetg gne magnodidigny iao niatady hoe feon'ia gne nizaka taminà, da refa nitodiky iao da nahita fagnamboaragny jiro volamena fito. [13] Da t'ategnategnan'e fagnamboaragny jiro nisy raiky akô gne Zanak'olo, nitafy akanjo lava robo hatram'e tombokiny, da hetry volamena magnodidigny gne tratrany [14] Gne lohany izy ame volony da fotsy akô gne volon'e ondry - fotsy akô gne rano mandry, sady gne masony akô gne lelan'afo. [15] Gne tombokiny mangilatry akô gne varahigny, akô gne varahigny voadio tame lafôro, da gne feony akô gne feon'e rano be mikoriagny. [16] Sady nanagny kintagny fito tegny an-tagnany ankavanagny Izy, da sabatry roy lela marangitry nijotso avy ame vavany. Gne tarehiny da mazava akô gne masoandro refa midorehitry. [17] Refa nahita an'Azy iao, da lavo tame tombokiny akô olo maty. Nikasiky anà tame tagnany ankavanagny Izy ka nagnano hoe: "Aza matahotra. Iao gne voalohany izy ame farany, [18] sady gne raiky izay velogny. Efa maty Iao, fa indro, velogny mandrakizay! Ary Iao managny gne lakilen'e fahafatesagny izy ame fiaigna tsy hita. [19] Noho izany soraty izay hitanao, izay amizao fotoagny izao, izy ame hiboaky afaran'izao. [20] Akô gne raha mifiny mahakasiky ireo kintagny fito izay hitanao tegny an-tagnan-kavanako, izy am'ireo fagnamboaragny jiro volamena fito : "Gne kintagny fito da ireo anjelin'e fiangonagny fito, da gne fagnamboaragny jiro fito da ireo fiangonagny fito."

Chapter 2

[1] Soraty ho an'e anjelin' e fiangonagny ao Efesosy hoe : "Itoa gne zaka avy ame raiky zay mitazogny ireo kintana fito ame tanan-kavanany sady mandeha eo ame fagamboaragny jiro volamena fito, [2] "Lalako zay efa vitanao sy gne asa mafinao ary gne fiaretanao maharitry. Lalako fa tsy afaky handefitry ame olon-dratsy anao. Lalako fa notsapainao indreo zay mizaka andreo ho apôstôly, kanefa tsy izy, sady hitanao indreo fa sandoky. [3] Lalako fa managny faharetagny anao, sady nijaly mafy noho gn'ame agnarako, sady tsy nilavo lefogny anao. [4] Kanefa manohitry anao iao satria nametraky gne fitiavanao vohalohany anao. Tsarovy noho zany gne toeragny zay nahalavo anao. [5] Mibebeha ary magnamboara zay raha namboarinao voalohany. Fa raha tsy mibebaky anao, da ho avy agny aminao iao da hangala ireo fagnamboaragn'e jironao ame fipetrahany. [6] Kanefa zao gn'amboarinao: "Halanao gne zava -bitan'e Nikolaita, zay halako avakoa. [7] Aok' zay manan-tsofigny iteno zay zakain'e Fanahy ho an'e fiangonagny. Ho an'e raiky zay mandresy da homeko alalagny hihinagny gne avy ame kakazon'e fiainagny, zay ao ame paradisan'Andriamanitry."'" [8] Soraty ho an'e anjelin'e fiangonagny agny Smyrna hoe: " Itoa gne zakan'e raiky zay voalohany sady farany, e raiky zay efa maty kanefa velogny koa: [9] "Lalako gne fahorianao sy gne fahantranao, kanefa manan-karegny anao. Lalako gne fizakagny ratsy ho andreo zay nizaka gne tegnany fa Jiosy, kanefa tsy izy. Synagogan'e Satana indreo. [10] Aza matahotry gn'amin'efa hiaretanao. Igny! Gne devoly da hanipy gne sasany aminareo agny ame tragnomaizigny mba ho tsapaigny anareo, ary hijaly mandritry gne folo andro anareo. Matokia mandra-pahafaty, Ka homeko anareo gne satro-boninahitry gne fiainagny. [11] Izay manan-tsofigny aoka izy hiteno zay zakain'e Fanahy ho an'e fiangonagny. E raiky zay mandresy da tsy ho simbain'e fahafatesagny faharoy.

 generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

"'" 12 Soraty ho an'e anjelin'e fiangonagny agny Pergamosy hoe: " Itoa gne zakan'e raiky zay managny sabatry roa lela: 13
"Lalako zay ipetrahanao,da ao ame hipetrahan'e seza fiandrianan'e Satana. Ary amizao fotoagny zao mitazoma mafy gne
agnarako anao. Fantaro fa tsy nandà gne finoanao gn'aminah anao, na da tame andron'i Antipasy vavolombeloko aza, zay
nahatoky anah, zay novonoigny teo aminareo, tao ame fipetrahan' i Satana. 14 Fa managny zaka kely aminao iao: "Misy
aminareo mitazogny mafy gne fampinaran'e Balama, zay nampianatry an'i Balaka hametraky fanafitohinagny eo
anolon'e zanak'Israely, mba hihinanan-dreo gne sakafo nagnamboaragny sorogny ho an'e sampy sady ho fijangajangagny.
15 Akoizany koa, misy sasany aminareo izay mitazogny mafy gne fampianaran'e Nikolaita. 16 Mobebaha, noho izany! Fa
raha tsy izany, da ho avy malaky agny aminareo iao, sady hifanandrigny amindreo iao miaraky ame sabatry gne vavako.
17 Aoka zay manantsofigny hiteno zay zakain'e Fanahy ho an'ireo fiangonagny. Ho andreo zay mandresy, homeko gne
sasany ame mana miafigny, sady homeko vato fotsy miaraky ame agnaram-baovao voasoratry eo ame vato, agnaragny
zay tsy lalan'e olo afa tsy zay mandray an'azy avao. "'" 18 Soraty ho an'e anjelin'e fiangonagny ao Tyatira hoe: ' Itoa gne
zak'Andriamanitry, zay managny maso akô gne lelafo sady tomboky akô gne varahigny mamirapiratry: 19 " Lalako zay
vitanao: Gne fitiavanao da gne finoanao da gne fanompoanao da gne faharetanao. Lalako fa zay vitanao farany dia maro
be noho zay vitanao voalohany. 20 Kanefa zao gne hanoherako anao: Leferinao e viavy Zezebela, izay mangaiky gne
tegnany ho viavy mpaminany. Ame alalan'e fampianarany da mamitaky e mpanopoko izy mba hijangajanga sady
hihinagny sakafo agnamboaragny sorogny ho an'e sampy. 21 Nagnome fotoagny mba hibebahagny iao, kanefa tsy mety
hibebaky gne ame fiajangajangagny izy. 22 Igny! Hataoko marary eo am-pandriagny izy, ary indreo zay mijangajanga
miaraky amin'azy da hampahoriako mafy, raha tsy mibebaky ame asa ratsin'e viavy indreo. 23 Ho vonoiko ho faty e
zanany, sady e fiangonagny agnaby da hahalala fa izaho lay mahita gne fieritreretagny da fihetsem-po. Homeko araky gne
asanareo tsiraikiraiky aby anareo. 24 Fa gn'aminareo zay sisa ao Tyatira, zay rehetra tsy mitazogny zao fampinaragny zao,
sady tsy mahalala zay antson'e sasany hoe sain-dalin'i Satana - Zao gne zakaiko aminareo hoe: "Tsy vesarako entagny
hafa anareo." 25 Ndre da zany aza, tsy mentsy miazogny mafy gne finoanareo anareo mandra-piaviko. 26 E raiky zay
mandresy sady magnano zay efa vitako hatram'e farany, da homeko an'azy gne fahefagny ame firenegny agnaby.' 27
Hanapaky eo amindreo miaraky ame tehim-by izy, akô gne fanorotorogny vilagny tany gne hanapotipotehigny andreo.' 28
Akô gne nandraisako avy ame raiko,gne agnomezako an'azy kintagny mandraigny avakoa. 29 Aoka e raiky zay manan-
tsofigny hiteno zay zakain'e Fanahy ho an'e fiangonagny. '"'

Chapter 3

1 Soraty ho an'e anjelin'e fiangonagny agny Sardisy hoe:'Izao gne zakan'e mitagny gne fagnahy fiton'Andriamanitry izy
am'ireo kintagny fito. " Fantako gne nanìnao. Malaza ho velogny anao, nefa anao maty. 2 Mifohaza da hatanjaho gne sisa,
f'efa ho faty, satria tsy hitako tanteraky gne asanao eo agnatrehan'Andriamanitriko. 3 Tadidio, noho izany, izay
noraisinareo izy ame regninareo. Ankatoavy izany, da mibebeha. Fa raha tsy mifoha anareo, da ho avy akô gne
mpangalatry Iao, sady tsy ho fantatrareo gne lera hiaviako aminareo. 4 fa misy agnaran'olo vitsivitsy agny Sardisy izay tsy
nandoto gn'ankanjondreo. Handeha hiaraka aminà indreo, miakanjo fotsy, satria mendriky. 5 Gne raiky izay maharesy da
ho ampiakanjoigny fotsy, sady tsy hamafa gn'agnarany ao ame bokin'e Fiainagny mihitsy Iao, sady hizaka gn'agnarany eo
agnatrehan'e Raiko, izy am'ireo anjeliny. 6 Aoka izay manan-tadigny hiteno izay zakain'e Fagnahy ame fiangonagny."" 7
"Soraty ho an'e anjelin'e fiangonagny agny Filadelfia hoe: 'Izao gne zakan'e raiky izay masigny izy ame marigny_ izy gne
mitagny gne lakilen'i Davida, izy gne mamoha da tsisy ndre ia ndre ia magnidy, izy gne magnidy da tsisy ndre ia ndre ia
afaky mamoha. Fantako gne vitanareo. Indro, nasiako varangaragny mivoha gn'alohanareo izay tsy afaky hidin'ia ndre ia.
8 fantako fa managny hery kely anareo , ka nankatò gne zakako sady tsy nandà gn'agnarako. 9 Indro, ireo izay an'ny
synagogan'i Satana, ireo izay mizaka fa jiosy indreo nefa ts'izy akory; fa mivandy indreo. haniko tonga ka handongaliky
ame tombokao indreo, sady ho avy indreo mba ahafantatry fa nitia anao Aho. 10 Satria efa nitandrigny gne didiko tame
faharetagny anareo, da hiaro anareo ame andro fitsapagny izay efa ho avy am'izao tontolo agnaby izao avakoa Iao, mba
hitsapa ireo izay miaigny eo ambonin'e tany. 11 Ho avy tsy ho ela Iao. Tano mafy gne hanagnanao mba tsy hisy afaky
hangala gne satro-boninahitrao. 12 Aniko andry eo ame tempolin'Andriamanitro izay mandresy, sady tsy hiala eo mihitsy
izy. ho soratako eo amin'azy gn'agnaran'Andriamanitriko, gne agnaran'e tanagnin'Andriamanitriko (gne Jerosalema
vaovao, izay midigny avy agny an-dagnitry avy ame Andriamanitriko), izy ame agnarako vaovao. 13 Aoka izay managny
tadigny hiteno izay zakain'e Fagnahy am'ireo fiangonagny."" 14 "Soraty ho an'e anjelin'e fiangonagny agny Laodikia hoe:
"Izao gne zakan'e Amena, gne vavolombelogy mahatoky sady marigny, gne mpanapaky gne zava-boaarin'Andriamanitry.
15 "fantako izay nataonareo, sady mangatsiaka anareo, sady tsy mafana. mMagniry Iao mba ho mangatsiaky na mafana
anareo! 16 Noho izany, satria ianareo matiamaty sady tsy mafana no tsy magatsiaky _ d'efa haloan'e vavako anareo 17 Fa
hoy anareo hoe: 'Manan-karegny iao, nanagny fitaovagny maro , ka tsy mila ndre ino ndre ino.' saingy tsy fantatrareo fa
anareo gne tena ory, mampalahelo, mahantra , jamba sady mikojy. 18 Tenomy gne torohevitriko: Mividiana volamena
voadio tame afo aminà mba ho lasa mpanan-karegny anareo, da akanjo fotsy manjopiaky mba ho afaky mampitafy gne
tegnanareo anareo ka tsy ampiboaky gne hegnatrin'e fikojianareo, sady hagnosotry gne masonareo mba hahitanareo. 19
Ampiofagniko gne tsiraidraiky aby izay tiako, sady hampianariko andreo gne fomba tokony hiaignandreo. Noho izany,
mazotoa da mibebaha. 20 Indro mitsangagny eto ambarangaragny Iaho da mandondogny. Raha misy maharegny gne
feoko ka mamoha gne varangara, da ho avy an-dragnony Iao ka hihinagny miaraka amin'azy, sady izy miaraka aminà. 21

Gne raiky izay mandresy , homeko an'azy gne zo hipetraky miaraky aminà eo ame seza fiandrianako , akô gne
nandreseko koa ka nipetrahako niaraky tame Raiko teo ame seza fiandrianany. [22] Aoka izay manan-tadigny hiteno izay
zakain'e Fagnahy ame fiangonagny.""

Chapter 4

[1] Tafaran'zany raha zany da nagnety iao, sady nahita varavaragny raiky nivoha tegny ame lagnitry. Nisy feo voalohany
zay regniko da niresaky taminah akô gne trompetra, nagnano hoe: "Miakara ety, da tsy mentsy abôkako anao zay tsy
mentsy hitranga afaran'ireo raha ireo." [2] Nisy fotoagny iao voatariky gne Fanahy, sady nahita fa nisy seza fiandrianagny
nipetraky tambonin'zany. [3] E raiky zay nipetraky teo amboniny dia mendrlky akô gne jaspa da karneola. Nisy avagny
nanodidigny gne seza fiandrianagny. E avagny da mendriky akô gne emeraoda. [4] Nisy seza fiandrianagny efatry amby
roapolo nagnodidigny e seza fiandrianagny, da lohologny efatry amby roapolo no nipetraky tambon'e seza fiandrianagny,
nagnano akanjo fotsy, niaraky tame satro-boninahitry volamena tegny ame lohandreo. [5] Avy tame seza fiandrianagny gne
nisy tsela-pahazavagny, kotrroky, da varatry.Nisy jiro nirehitry teo alohan'e seza fiandrianagny, jiro zay fanahy
fiton'Andriamanitry. [6] Talohan'e seza fiandrianagny da nisy ranomasigny fitaratra, akô gne kristaly. ireo raha
managn'aigny efatry da tategnantegnan'e seza fiandrianagny sy nanodidigny an'izany, feno maso, talohany da tan-
damosiny. [7] E raha managn'aigny voalohany da akô gne liona, e raha managn'aigny faharoa akô gne zanak'aomby, e raha
managn'aigny fahatelo da mendriky ologny, da e raha managn'aigny fahaefatry akô gne voro-mahery magnembogny. [8]
Ireo raha managn'aigny efatry da samy managny elatry enina aby, feno masogne ambony sy gne ambany. Mandraigny sy
aligny indreo da tsy mijanogny mizaka hoe: "Masina, masina, masina e Tompo Andriamanitry tsitoha zay nisy sy misy
sady mbola ho avy." [9] Ndre ovia ndre ovia e raha managn'aigny da hagnome voninahitry, laza, da fisaoragny an'e raiky
zay mipetraky eo ame seza fiandrianagny, e raiky zay velogny mandrakizay doria, [10] e lohologny efatry ambin' e roapolo
da nampiankohoka gne tagnany indreo eo alohan' e raiky zay mipetraky ame seza fiandrianagny. Miankohoka eo ame
raiky zay velogny mandrakizay doria indreo, da nanipy gne satro-boninahiry indreo t' alohan' e seza fiandrianagny,
mizaka hoe: [11] "Mendriky anao , ry Tomponay sy Andriamanitray, handray gne voninahitry da gne laza da gne hery . Fa
anao gne namorogny gne raha rehetra, sady tame alalan'e sitraponao, da nisy indreo sady nohariagny."

Chapter 5

[1] Da nahita gne tanan-kavanan'e raiky zay nipetraky tame seza fiandrianagny iao, horonan-taratasy vôsoratry eo aloha da
ao afara. Da nofehizigny tame tombo-kase fito zany. [2] Nahita anjely mahery nagnambara tame feo mafy iao, nizaka hoe :
"Ia gne mendriky gne hanokatry gne horonan-taratasy sady hamoha gne tombo-kasen' zany?" [3] Tsy misy olgny latan-
dagnitry na eto a-tany na ambanin'e tany ka afaky hanokatry gne horonan-taratasy na hamaky an'zany. [4] Nitomagny
mafy aho satria tsy nisy ologny hita mendriky gne hanokatry gne hanokatry gne antonta-tarstasy na hamaky zany. [5]
Kanefa raiky tamin-ndreo lohologny nizaka taminah hoe:" Aza mitomany. Indro! E lion'e fokon'e Joda, e solofon'e Davida,
da nandresy. Afaky gne hanokatry gne horonan-taratasy da e tombo-kase fito izy. [6] Nahita Zanak'ondry mitsangagny
agnelagnelan'e seza fiandrianagny izy ame zavatry managnahigny efatry sady eo anivon'ireo olombeiao. Da akô olo
novonoigny izy. Nanagny tandroky fito sy masonfito izy; indreo gne fagnahy fitondran'Andriamanitry nalefagny
nagneragny e tany. [7] Nandeha izy sady nangalaky gne horonan-taratasy tame tagnan-kavanan'e raiky izay nipetraky
tamin'e seza fiandrianagny. [8] Refa noraisigny gne zanak'ondry gne horonan-taratasy, ireo zavatry managnahigny efatry
izy amign'olombe efatry amby roapolo da nampiankohoky gne tegnan-dreo t'agnoloany. Samby nanagny lokanga sy
lasety volamena feno emboky magnitry avy ame tsiraikiraiky tamindreo, izay vavak'ireo mpino. [9] Nihira hira vaovao
indreo: "Mendriky gne handray e horonan-taratasy anao sady hanokatry gne tombo-kasen'izany. Fa anao da novonoigny,
sady tamin'e rànao gne nividianagny an'ireo olon'Andriamanitry avy tame foko, fizakagny, olo, sady firenegny agnaby. [10]
Naninao fanjakagny sy mpisorogny indreo mba hanompo an'Andriamanitry, sady hanjaka eto an-tany. " [11] Avy ek da
nahita sy nahare feon'anjely maro nagnodidigny gne seza fiandrianagny izy ame zavatry managnahigny sady ireo
olombe. Gne fitambarandreo da aman'aligny aligny. [12] Nizaka tamin'e feo mafy indreo hoe: " Mendriky anie gne
Zanak'ondry izay novonogny mba handray fahefagny, haregny, fahendregny, hery, laza, voninahitry, sady dera." [13] Nahare
ireo zavatry voaforigny agnaby izay tagny an-dagnitry sy tetoa an-tany sady an-dranomasigny iao- gne raha agnaby
tagnatin'ireo-nizaka hoe: " Ho an'ilay raiky izay mipetraky ame seza fiandrianagny sy ho an'ilay Zanak'ondry, anie gne
dera, gne laza, gne voninahitry, sady gne fahefagny handidy, mandrakizay doria." [14] Ireo zavatry managnahigny efatry,
nizaka hoe: " Amena!" Sady gn'olombe niankohoky sy nivavaky. [Fagnambaragny:Gne sanany amin'ireo dikan-teny taloha
da mivaky hoe: " Ireo olomb roy amby efapolo da niankohoky sy nanompo an'ilay raiky izay velogny mandrakizay
doria."]

Chapter 6

[1] Refa nanokatry gne raiky tam'ireo tombo-kase fito gne Zanak'ondry da nagnety iao, sady naharegny gne raiky tam'ireo
raha-managn'aigny efatry tame feo akô gne kotroky iao nizaka hoe: "Avia! [2] Nagnety iao da nisy soavaly fotsy teo. gne
mpitikigny an'izany da nitagny tsipìka, sady nomegny satro-boninahitry izy. Nivoaky akô gne mpandresy izy mba


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

handresy. 3 Refa nanokatry gne tombo-kase faharoy gne Zanak'ondry, da naharegny gne raha-managn'aigny faharoy iao nizaka hoe: "Avia!" 4 Da nisy soavaly hafa nivoaky- mirehitry mena. Gne mpitikigny an'izany gne nomegny alalagny hangala gne fiadanagny ame tany, mba hifamono gn'olony. Io mpitikigny io da nomegny sabatry zakabe. 5 Refa nanokatry gne tombo-kase fahatelo gne Zanak'ondry, da naharegny gne raha-managn'aigny fahatelo iao nizaka hoe: "Avia!" Nahita soavaly mity iao, da gne mpitikigny an'izany da nitagny mizàna tegny an-tagnany. 6 Naharegny akô gne feo tame raha-managn'aigny efatry iao nizaka hoe: "Gne vary fenon'e fagnaranam-bary ho an'e denaria raiky, da gne hordea in-telon'e fagnaranam-bary ho an'e denaria raiky. Fa ka manimba gne menaky izy ame divay." 7 Refa nanokatry gne tombo-kase fahaefatry gne zanak'ondry, da naharegny feon'e raha-managn'aigny fahaefatry iao nizaka hoe:"Avia! 8 Da nahita soavaly mahia iao. Gne mpitikigny an'izany da nantsoigny hoe Fahafatesagny, sady gne kobory da nagnaraky an'azy. Nomegny fahefagny ame ampaha-efatry gne tany indreo, mba hamono ame sabatry, mosary izy ame aretigny, da am'ireo bibidian'e tany. 9 Refa nanokatry gne tombo-kase fahadimy gne zanak'ondry, da hitako t'ambanin'e alitara ireo fagnahin'ireo izay novonoigny nohon'e zakan'Andriamanitry izy ame fijoroagny vavolombelogny izay notanandreo. 10 Nitoreo tame feo mafy indreo hoe: "Mandra-pahovia, ry mpanapaky ambonin'e raha agnaby, masigny sady marigny, gne hitsaranao ireo izay miaigny eto an-tany, izy ame hamalianao faty gne rànay? 11 Da nomegny ankanjo lava gne tsiraidraiky aby tamindreo, sady nozakaigny indreo fa tokony handigny tselatsela mandra-pazahoagny gne isa fenon'ireo mpiara-manompondreo da gne rahalà izy ame anakavindreo izay tokony hovonoigny indreo, akô gne namonoagny andreo. 12 Refa nanokatry gne tombo-kase fahaenina gne Zanak'ondry, da nagnety iao ka nisy horohoron-tany zakabe. Lasa mity akô gne lamba fisaonagny gne masoandro, sady gne volagny boribory da lasa akô gne rà. 13 Gne kintagny tegny ame lagnitry da nilatsaky tety an-tany, akô gne aviavy magnitsagny gne isikiny manta refa ahetsik'e rivotry mafy. 14 Gne lagnitry da nanjavogny akô gne taratasy izay naorongorogny. Gne vohitry izy ame nosy agnaby da nesorigny tame toerany. 15 Avy eo gne mpanjakan'e tany izy ame olo manan-danja, izy am'ireo jeneraly, gne mpanakaregny, gne mahery, sady gne hafa agnaby, andevo izy ame afaky, nifiny tagnatin'e lava-bato da tam'ireo vatolampin'e vohitry. 16 Nizaka tam'ireo vohitry izy am'ireo vatolampy indreo hoe: "mitolà aminay! afinio ame tarehan'e raiky izay midoboky eo ame seza fiandrianagny izy ame fahavigniran'e Zanak'ondry iay. 17 Fa avy gne andro zakaben'e fahavignirandreo. Ia gne hahavita hiaritry?

Chapter 7

1 Tafaran'izany da nahita anjely efatry nitsangagny teo ame zoro tany efatry iao, nanohitry mafy gne rivotry efatrin'e tany, mba tsy hisy rivotry hitsioky ame tany, ame ranomasigny, na hifanohitry ame kakazo agnaby. 2 Nahita anjely hafa iao niakatry avy tagny antsignanagny, izay nanagny gne tombo-kasen'Andriamanitry velogny. Nitabataba tame feo mafy tamireo anjely efatry izay nahazo alalagny hanimba gne tany izy ame ranomasigny izy hoe: 3 "Ka simbagny gne tany, gne ranomasigny na gne kakazo mandra-pagnisiantsika gne tombo-kase eo ame handrignin'ireo mpanompon'Andriamanintsika." 4 Naharegny gne isan'ireo izay voatombo-kase iao: 144,000, gne voatombo-kase avy tame fokon'e olon'israely agnaby: 5 Roa arivo sy ray aligny gne voatombo-kase avy tame fokon'i Joda, roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Robena, roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Gada, 6 roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Asera, roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Naftaly, roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Manase. 7 roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Simeona, roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Levy, roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Isakara, 8 roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Zebolona, roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Josefa da roa arivo sy ray aligny avy tame fokon'i Benjamina gne voatombo-kase. 9 Tafaran'ireo raha ireo da nagnety iao, da nisy olo maro be izay tsy tambo isaigny---avy tame firenegny, foko, olo, sady fizakagny samby hafa--- nitsangagny teo aloan'e seza fiandrianagny izy ame Zanak'ondry. nagnano ankanjo lava fotsy sady nitagny sampan-drafia tegny ame tagnandreo, 10 da nangaiky mafy tame feo mahery indreo nagnano hoe: "Gne famonjegny da an'ANdriamanintsika izay midoboky eo ambonin'e seza fiandrianagny, sady an'e Zanak'ondry!" 11 Gn'anjely agnaby nitsangagny magnodidigny gne seza fiandrianagny da magnodidigny gne lohologny izy ame raha-managn'aigny efatry, sady indreo da nampiakohoky gne tarehandreo teo alohan'e seza fiandrianagny. Nivavaky tamin'Andriamanitry indreo 12 nagnano hoe: "Amena! Dera, voninahitry,fahendregny, fisaoragny, fahefagny, da gne hery anie ho an'Andriamanintsika mandrakizay doria Amena!" 13 Avy eo gne raiky tame lohologny nagnotany anà hoe: "Ia ireo, mitafy akanjolava fotsy, sady avy aia indreo?" 14 Hoy iao tamin'azy: "Tompoko, Anao gne mahafantatry," da hoy izy taminà: "Ireo gne hivoaky avy ame fahoriagny zakabe. Nosasandreo gne akanjolavany sady nofotsigny tame ran'e Zanak'ondry. 15 Noho izany antony izany, da eo alohan'e seza fiandrianan'Andriamanitry indreo, sady mivavaky amin'Azy ndre atoandro ndre aligny ao ame tempoliny. Gne raiky izay nidoboky teo ame seza fiandrianagny da hamelatry gne lainy amindreo. 16 Tsy ho mosaregny sanaky indreo, na ho makan'e rano indraiky. Tsy hamely an'azy gne masoandro na gne hafanagny mandoro. 17 Fa gne zanak'ondry eo antegnategnan'e seza fiandrianagny gne ho mpiandry andreo da hitari-dalagny andreo agny ame loharanon'e ranovelogny, sady hofafan'Andriamanitry gne ranomaso ame masondreo agnaby."

Chapter 8

1 Refa novahan'e Zanak'ondry gne tombo-kase fahafito, da nisy fahanginagny tagny an-dagnitry teo ame asasa-dera teo. 2 Avy eo da hitako ireo anjely fito izay nitsangagny teo alohan'Andriamanitry , sady nomegny trompetra fito indreo. 3 Nisy anjely hafa avy, nitagny lasety volamena fandoroagny ditin-kazo magnitry, nitsangagny t'ambonin'e alitara. Ditin-kazo

magnitry maro gne nomegny an'azy mba hagnomezany an'izany izy ame vavak'e mpino agnaby eo ambonin'e alitara volamena fandoroagny ditin-kazo magnitry eo alohan'e sezam-boninahitry. 4 Gne tesikin'e ditin-kazo magnitry, izy ame vavak'ireo mpino, da niakatry teo alohan'Andriamanitry avy ame tagnan'e anjely. 5 Nangala gne lasety fandoroagny ditin-kazo magnitry gne anjely sady nameno izany tame afo avy eo ame alitara. avy eo natsipiny tame tany izany, da nisy kotro-baratry, kotroky, tselatry, sady horohoron-tany. 6 Gne anjely fito izay nanagny gne trompetra fito da niomagny hitsioky an'izany. 7 Nitsioky gne trompetrany gn'anjely voalohany, sady nisy havandra izy ame afo mifangaro rà. Natsipy tety an-tany izany mba ho may gne ampahatelon'izany, may gne ampahatelon'e kakazo, da may agnaby gne ahitry. (Fagnamarihagny: Gne sasany am'ireo dikan-teny taloha da mangala gne: "mba ho may gne ampahatelon'izany.") 8 itsioky gne trompetrany gne anjely faharoy, da nisy raha akô gne vohitry zakabe nirehitr'afo natsipy tagny an-dranomasigny. Lasa rà gne ampahatelon'e ranomasigny, 9 maty gne ampahatelon'e raha-managn'aigny tao an-dranomasigny, sady rava gne ampahatelon'e sambo. 10 Nitsioky gne trompetra gne anjely fahatelo, da nisy kintagny zakabe nilatsaky avy agny an-dagnitry, mirehitry akô gne fagnilo tame ampahatelon'e ony izy ame loharano. 11 Raha-mafaitry gn'agnaran'igny kintagny igny. Lasa nafaitry gne ampahatelon'e rano, sady olo maro gne maty tame rano lasa nafaitry. 12 Nitsioky gne trompetra gne anjely faha-efatry, da niova gne ampahatelon'e masoandro, akô gne ampahatelon'e volagny izy ame ampahatelon'e kintagny. noho izany da lasa mity gne ampahatelondreo; tsy nisy hazavagny gne ampahatelon'e atoandro izy ame ampahatelon'e aligny. 13 Nagnety iao, da naharegny voro-mahery izay nagnembogny tegny entegnategnan'e lagnitry, nangaiky tame feo mafy hoe: "'Loza, loza, loza, ho an'e mipetraky egny ame tany nohon'e feona trompetra sisa izay efa ho tsofin'ireo anjely telo."

Chapter 9

1 Nampagneno gne trompetrany gne anjely fahadimy. Nahita kintana avy an-dagnitry aho zay nilatsaky tame tany. E kintagny gne nomegny gne lakilen'e lavaky tsy hita noanoa. 2 Nosokafany e lavaky tsy hita noanoa, sady niakatry gne setroky nivôky tame lavaky akô gne setroky avy ame laforo zakabe. Nivadiky maloky gne masoandro da gne rivotry nohon'e setroky nivôky tame lavaky. 3 Avy ame setroky gne nahatongavan' e valala tambonin' e tany, sady nomegny hery tambonin'e tany indreo. 4 Nozakaigny izy ireo tsy hanimba gne ahitry tambonin'e tany na e raha mitsiry mentso na kakazo, fa ireo ologny izay tsy managny tombo-kasen'Andriamanitry eo ame handrign' andreo avao. 5 Tsy nahazo alàlagny gne hamono e ologny indreo, fa hampijaly andreo mandritry gne dimy volagny avao. Gne fanaitagnan-dreo da ho akô gne hala refa mamely ologny. 6 Amin'ireo andro ireo da hitady fahafatesagny gne ologny, fa tsy hahita an'izany . Hagniry gne ho faty mafy indreo, nefa hilefa andreo gne fahafatesagny. 7 Akô gne sôvaly nomanigny tame ady e valala . Tame lohan-dreo da nisy raha akô gne satro-boninahitry volamena, sady gne vatan-ndreo da akô gne vatan'olombelogny. 8 Nanagny volo akô gne volom-biavy indreo, sady gne nifin-dreo d'akô gne nifin'e liogny. 9 Nanagny fiarovan-tratra akô gne fiarovan-tratra vy indreo, ary gne feon'elatry ndreo da akô gne feon'e kalesy da soavaly maro miazakazaky ho ame ady. 10 Nanagny rambo nisy fanindromagny akô gne maingoky indreo; ao ame rambon-ndreo gne misy gne hery hanimba gne ologny mandritry gne dimy volagny. 11 Nanagny mpanjaka indreo da e anjelin'e lavaky tsy hita noanoa. Gn'agnarany tame teny Hebreo da Abadona, sady gne agnarany tame teny Grika da i Apoliona. 12 Lasa gne loza voalohany . Indro! aorian'izao da mbola hisy loza roy ho avy . 13 Nampagneno gne tromptrany e anjely fahaenina, sady naregny gne feo nibôky tame tandroky gne alitara volamena zay efa nisy teo anatreha'Andriamanitra iao. 14 Sady nizaka tame anjely fahaenina e feo nagnano hoe: " Avotsory e anjely zay mifatotry tagny ame tegnarano lehiben'e Eofrata." 15 E anjely efatry zay efa nomanigny tam'zany lera zany, zany andro zany, zany volagny zany, da zany taogny zany, da navositry mba hamono gne ampahatelon'e olombeogny. 16 E isan'e miaramila nideba soavaly da 200,000,000. Naregny io isa o iao. 17 Akô zany gne fomba nahitako e soavaly tao ame fahitako da indro zay nideba tamin-dreo: E fiarovan-tratran- dreo da mirehitry mena, manga antitry sady solifara mavo. Nitovy tame lohan'e liogny gne lohan'e soavaly sady nivoaky avy tam-bavan-dreo da afo, setroky, da solifara. 18 Ary gne ampqhatelon'e olo da matin'e loza telo: gne, gny setroky, da gne solifarazay nibôky tam-bavan-dreo. 19 Fa gne herin'e soavaly da avy tamin'e vavan-dreo da tame rambon- dreo - fa gne rambon-dreo da akô gne bibilava, sady nanagny loha zay afaky mandratra ologny indreo. 20 E sisan'e olombelogny, zay tsy matin'ireo loza ireo, da tsy nibebaky tame asa vitan-dreo, na nijanogny nanompo e demony da e sampy volamena, volafotsy, varahigny, vato, da kakazo-e raha tsy hita maso, regny, na mandeha. 21 Indreo da mbola tsy nibebaky tame asa famonoagny, gne famosavian-dreo, gne fijangajangagny na e asa fangalaran-dreo.

Chapter 10

1 Avy eo iao da nahita anjely mahery hafa nidigny avy agny an-dagnitry. T'agnatin'e rahogny izy, sady nisy avagny teo ambonin'e lohany. gne tarehiny da akô gne masoandro da gne tombokiny da akô gne andry afo. 2 Mitagny takelaky taratasy kidy mivelatry ame tagnany izy, sady mametraky gne tombokiny ankavana ame ranomasigny izy ame tombokiny ankavia ame tany. 3 Avy eo izy da naresaky tame feo mafy akô gne fitrerognin'e liogny. Refa naresaky izy, da nikotroky mafy tame feony gne kotroky fito. 4 Refa nikotroky gne kotroky fito, da efa saiky hanoratry iao, fa naharegny feo avy agny an-dagnitry iao nizaka hoe: "Tano ho tsambaratelo izay nozakain'e kotroky fito. k'aza soratagny izany." 5 Avy eo gne anjely hitako nitsangagny teo ambony ranomasigny izy ame tany, nagnakatry gne tagnany ankavana tagny an-dagnitry. 6 Izy nitangegny tame raiky izay velogny mandrakizay doria, izay namorogny gne lagnitry izy ame raha


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

agnatiny, gne tany izy ame raha agnatin'izany, sady gne ranomasigny izy ame raha agnatin'izany, sady gne anjely nizaka
hoe: "Tsy hisy fandignasagny koa. [7] Fa ame gn'andro raiky refa hampagneno gne trompetrany gne anjely fahafito, da ho
tanteraky gne misterin'Andriamanitry, akô gne nagnambarany tamireo mpaminanany mpanompony. " [8] Gne feo izay
regniko avy agny an-dagnitry nizaka taminà indraiky hoe: "Mandehana alay gne takelaky taratasy mivelatry izay egny
an-tagnan'e anjely mitsangagny eo ambonin'e ranomasigny izy ame tany." [9] Avy eo da lasa negna ame anjely iao sady
nizaka tamin'azy mba hagnome anà gne takelaky taratasy kidy. Hoy izy taminà: "Raiso gne takelaky taratasy da hano
izany hampafaitry gn'ao ame trokinao izany, fa eo ame vavanao da ho mamy akô gne titely izany. " [10] Nalaiko tame
tagnan'e anjely gne takelaky taratasy kidy da nohaniko izany. Mamy akô gne titely tao ame vavako izany, fa tafaran'e
nihinanako da lasa nafaitry gne tao ame trokiko. [11] Avy eo nisy olo raiky nizaka taminà hoe: "tsy maintsy maminagny
indraiky anao mahakasiky an'ireo olo maro, ireo firenegny, da ireo mpanjaka."

Chapter 11

[1] nomegny volotara mba ampiasaigny ako gne angira iao. Nozakaigny tamina hoe: "Mitsangana da refeso gne
fiangonan'Andriamanitry izy ame alitara, da gne mivavaky ao koa. [2] Fa k'aza refesigny gne bazagny eo ambadik'e
fiangonagny, fa nomegny an'e jentilisa izany. Hagnitsaky gne tanagny masigny mandritry gne roy amby efapolo volagny
indreo. [3] Homeko gne vavolombeloko roy gne fahefagny haminagny mandritry gne 1,260 andro, nitafy lamba fisaonagny.
[4] "Ireo vavolombelogny ireo da kakazon'oliva roy izy ame fipetran-jiro roy izay nitsangagny t'agnatrehan'e Tompon'e tany.
[5] Raha misy olo mifidy handratry andreo da mivoaky afo gne vavandreo ka hihinagny gne fahavalondreo. Ndre ia ndre ia
magniry gne handratry andreo da tsy maintsy hovonoigny amizany fomba izany. [6] Gne vavolombelogny da managny
fahefagny hagnidy gne lagnitry mba tsy hilatsahan'e oragn'andro mandritry gne andro haminaniandreo. Manam-
pahefagny indreo hagnova gne rano ho ra sady hamely gne tany ame karazana loza maro ndre ovia ndre ovia
gn'agniriandreo an'izany. [7] Refa ho vita gne fijoroandreo vavolombelogny, da miakatry avy agny agnaty lavaky tsy hita
farany gne bibidi hiady amindreo. Handresy andreo izy sady hamono andreo. [8] Hiampatry egny ame lalan'e tanambe gne
fatindreo (izay antsoigny avakoa hoe Sodoma izy ame Egypta) izay namantsiagny gne Tompondreo. [9] Hagnety gne
fatindreo mandritry gne telo andro sy tapany gn'olo, gne foko, fizakagny, da gne firenegny agnaby. Tsy ho avelandreo
apetraky ao an-kobory ireo [10] Ireo izay miaigny eo ambonin'e tany da hifaly amindreo sady hankalaza. Hifandefa
fagnomezagny mihitsy aza indreo satria nampijaly gne miaigny ambonin'e tany ireo mpaminany roy ireo. [11] Fa afaky telo
andro sy tapany da hiditry ao amindreo gne fofon'aigny avy amin'Andriamanitry, da hitsangagny ame tombokiny indreo.
Hilatsaky am'ireo izay mahita an'azy ireo gne tahotry zakabe. [12] Avy eo da haharegny feo mahery avy agny an-
dagnitryindreo mizaka an'azy hoe: "miakara eto!" Avy eo da hiakatry ho agny an-dagnitry ao agnaty rahogny indreo, raha
mbola magnety tany gne fahavalondreo. [13] am'izany lera izany da hisy horohorontany mafy, da hirodagny gne
ampahafolon'e tanagny. Fito arivo gn'olo ho fatyame horohorontany, sady hataotry gn'olo sisa tsy maty da hagnome
voninahitry an'Andriamanitrin'e lagnitry. [14] Lasa gne loza faharoy. Indro! avy malaky koa gne loza fahatelo. [15] Avy eo da
nampagneno gne trompetra gne anjely fahafito, da nisy feo mafy nizaka tagny an-dagnitry nagnano hoe: "Ho lasa
fanjakan'e Tompontsika izy ame Kristiny gne fanjakan'izao tontolo izao. Izy gne hanjaka mandrakizay doria." [16] Avy eo
ireo lohologny efatry amby roapolo izay nidoboky teo ame seza fiandrianandreo teo agnatrehan'Andriamanitry da
nampiankohoky gne tegnandreo. Nankalaza an'Andriamanitry indreo. [17] Hoy indreo: "Magnome fisaoragny Anao iay, ry
Tompo Andriamanitry Tsitoha, gne amizao fotoagny izao izy ame taloha, satria nangala gne herinao zakabe anao sady
nanomboky nanjaka. (Fagnamarihagny: Gne sasany am'ireo dikan-teny taloha da mivaky hoe: Gne mpanapaky gne raha
agnaby, gne am'izao fotoagny izao izy ame taloha, da gne ho avy, fa gne dikan-teny am'izao fotoagny izao tsy ako izany.) [18]
vignitry be gne firenegny, f'izy tonga gne havigniranao. Avy gne fotoagny hitsaragny gne maty sy hamalianao tsara gne
mpaminany mpanomponao, gne mpino, sy gne nataotry gne agnaranao, na gne tsy manan-danja na gne mahery. Tonga
gne fotoa handringananao gne manimba gne tany." [19] Avy eo da nisokatry gne fiangonan'Atra ta an-dagnitry da hita gne
fiaran'ny fanekena agnatign'e fiangonagny. Nisy tselatre fahazavagny , varatry , herikandro , da avandra zakabe tao.

Chapter 12

[1] Famantaragny zakabe e hita tagny an-dagnitry: viavy misikign'e masoandro,da gne volagny teo ambanin'e tongotrany,
da satro-boninahitry vita take kintgny roa ambin'ny folo e teo ame lohany. [2] Bevohoky Izy, da nikiaky mafy fa efa ho
teraky, ao agnatin'e fihetsehan-jaza. [3] Aveo da nisy famantaragny niboky tagny an-dagnitry: Indro! nisy dragogny Mena
goavagny be say nanagny loha fito da tandroky folo, Sady nisy satro-boninahitry fito teo ame lohany. [4] E rambony da
nifaoky e ampahatelogn'e kitagny tagny an-dagnitry sady nanipy andreo tegny ame tany. Gne dragogny nijoro alohagn'e
viavy zay efa ho teraky, da raha teraky Izy,da afaky handrapaky e zanagny izy. [5] Niteraky zaza lelà izy, zay hanapaky e
firenegny aby miaraky ame tehim-by. E zanagny da nalaigny an-keriny ho agny amin'Andriamanitry Sady ho eo ame seza
fiandrianagny, [6] ary e viavy da nilefa nakagny an-tany foagny, zay nisy toeragny efa nomagnin'Andriamanitry ho An'azy,
Koa da ho voakarakara mandritry ny 1260 andro izy. [7] Ary nisy ady tagny an-dagnitry. Mikaela sy reo anjeliny da niady
tame dragogny; ary e dragogny sy gn'anjeliny da hamaly ady. [8] Fa tsy da natanjaky e dragogny ka tsy nandresy. Da tsy nisy
toeragny ho an'azy sy reo anjely koa tany an-dagnitry. [9] E dragogny zakabe _zay menaragny taloha nangihagny hoe devoly
na satagny, gne namitaky an'e zao tontolo zao_da natipy tagny ambonign'e tany, ary reo anjeliny da atipy niaraky


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

taminazy. [10] Aveo naharegny feo mafy avy anyan-dagnitry aho: "Am'izao da tongy e famonjegny, e hery, e
fanjakan'Andriamanitry da e fahefan'i Kristiny. Fa gne mpiampangy e rahalà tsika da natipy tagny ambany, da e raiky
miampanga andreo andro aman'aligny eo anatrehan'Andriamanitsika. [11] Indreo da nandresy an'azy tame ràn'e
Zanak'ondry sy tame zaka fijoro-ndreo vavolombelogny, da tsy nankamamy e fiagnany koa indreo ndre da ho maty aza. [12]
Noho zany, Mifalia, anareo ry lagnitry, da zay rehetra mipetraky aminazy. Fa mitandrema gn'ame tany da e ranomasigny
satria gne devoly da nidigny teny aminareo. Feno fahatezeragny izy, satria fantany fa fotoagny kely tavela no hanagnany.
[13] Raha nahafantatry lay dragogny fa nalatsaky tame tany izy, da nagnenjiky e viavy niteraky zaza lelà izy. [14] Fa e viavy da
nomegny elatry roan'e voromahery zakabe, ka da afaky nanidigny nakagny ame toeragny nokarakaraigny ho an'azy
tagny an-tany foagny. Io lay toeragny hitsinjovagny an'azy, mandritry e telo taogny sy tapany_ mba tsy hohitany e
menaragny. [15] Namôky rano akô gne renirano tame vavany e menaragny, zay nifaoky an-draviavy. [16] Fa e tany nagnampy
an-draviavy. nosokafagn'e tany e vavany da nateligny e raiky say navoakan'e vavagn'e dragogny. [17] Ary vignitry tame
viavy e dragogny da nengy da nitady ady tame ambi-ndreo taranagny, zay mankàto e didin'Andriamanitry da mitagnye
fijoroagny vavolombelogny momba an'e Jesosy.
[18] Avy eo da nitangagny teo ambonin'e fasiky the ranomasigny e dragogny.

Chapter 13

[1] Ary nahita bibi-dia iao niakatry avy tame ranomasigny. Nanagny tandroky folo zany da loha fito. Teo ame tandrokany da
nisy Diadema folo, Ary teo ame lohany da nisy agnaragny fitenenan-dratsy aby. [2] E bibidia zay hitako da akô gne leoparda.
Gne tongotriny da akô gne tongotry bera, sady gne vavany d' akô gnevavan'e liogny . E dragogny nangnome an'azy gne
heriny, gne seza fiandrianany, da gne fahefagny zakabe hanapaky. [3] Gne lohan'e bibi-dia raiky da akô efa maty, kanefa
sitragny e ratra saiky nahafaty an'azy. Sady gaga gne tany rehetra ka nagnaraky e bibi-dia. [4] Ary da nandadilady koa teo
ame dragogny i indreo,satria izy gne nagnome gne fahefany ho an'e bibi- dia. Nandadilady teo ame bibi-dia , koa , indreo
sadynizaka hoe: "Iza gn'akô gne bibi-dia?" Ary iza gno afaka miady amin'azy?" [5] Nomegny vava zay afaky mizaka
fireharehagny da fitenenan-dratsy e bibi-dia. Nomegny alalagny izy mba hampiatra fahefagny mandritry gne efatry amby
efaplo volagny. [6] Ary nanokatry gne vavany hizaka ratsy an'Andriamanitra e bibi-dia: nizaka ratsy gne agnarany, gne
toeragny zay hipetrahany da ireo zay mipetraky an-dagnitry. [7] Napetraky hiady tam'e mpino ary handresy andreo e bibi-
dia. Ary koa, gne fahefagny da nomegny an'azy magneragny e foko, gne ologny, gne fizaka, ary gne firenegny agnaby. [8]
Handadilady amin'azy e raha aby zay mipetraky ambonin'e tany, sady zay tsy voasoratry agnaragny, nandritry e
famoronagny zao tontolo zao, zay an'e zanak'ondry efa novonoigny. [9] Raha misy manan-tsofigny, aoka izy hiteno. [10] Raha
misy nalaigny babo, da handeha ame fihababogny izy. Raha misy novonoigny tame sabatry, ame sabatry gne amonoagny
an'azy. Ity gne antso ho an'e faharetagny ary finoagny ho andreo zay masina . [11] Ary nahita bibi-dia iao niakatry avy tagny
ame tany. Zany da nanagny tandroky roy akô gne zanak'ondry, sady nizaka akô gne dragogny. [12] Nampihariny agnaby gne
fahefagny rehetra an' e bibi-dia voalohany eo agnatrehany, sady gne tany sy indreo zay mipetraky amin'azy da asainy
mandadilady eo ame bibi-dia voalohany- e raiky zay sitragny tame ratra saiky nahafaty an'azy. [13] Nagnano fahagagagny
maro be izy. Nampidigny afo avy an-dagnitry izy. Nampidigny afo avy agny an-dagnitry ho ame tany teo anolohan'e olo. [14]
Tame alalan'e famantaragny da nomegny alalagny agnano an'zany, namitaky an'ireo zay mipetraky ambonin'e tany zany.
Nizaka tamindreo zany mba hanambôtry sary ho voninahitry gne bibi-dia zay voaratran'e sabatry nefa velogny [15]
Napetraky asiagny aigny gne sarin'e bibi-dia mba ahafahagn'e sary mizaka sady zay rehetra tsy magneky mandadilady
ame bibi-dia da novonoigny. [16] Nanery e tsikirairaiky avakoa zany,na gne kely na gne zakabe, na gne manan-karegny, na
gne mahantra, na gne tsy andevo na gne andevo,da mandray gne mariky eo ame tanagny an-kavanagny na eo ame
andrigny. [17] Tsy hisy ologny mahazo mividy na mivarotry mandrapazahoany gne mariky gne bibi-dia, zany da e isan'e
fanehoagny gne agnarany. [18] Izany da mitaky fahendregny. Raha misy ologny manan-tsaigny, aoky izy hagnisa e isan'e
bibi-dia. Fa zany da isan'e ologny. Zany isa zany da 666.

Chapter 14

[1] Nijery aho da nahita e Zanak'ondry nitsangagny tame tendrombohitr'i Ziona. Niaraky tamindreo 144. 000 zay nanagny e
agnaragny sy gne agnaragn'e Rainy voasoratry teo ame handrigny ndreo. [2] Naharegny zaka avy tagny an-dagnitry akô e
firohondrohogn'e rano be da kotriky mare aho. Ny feo reko avakoa da akogn'e mpitendry Lokangy mitendry gne
lokangagny. [3] Nihira hira vaovao teo alohagn'e seza fiandrianagny da teo anoloandreo zava-managnagny efatra da reo
loholondreo. Tsy nisy ndre is ndre is afaky nianatry e hira afa-tsy reo 144. 000 zay novidiagny avy an-tany avao. [4] Indreo
da ologny zay tsy nandoto e tegnandreo tame viavy, fa nitazogny e tegnagny mdio arakign'e notriny ndreo. Zany da zay
magnaraky e Zanak'ondry ndre aza ndre aza andehanagny. Izy tagny da novidiagny avy tame olombelogny akô gn'e
voaloham-bokatriny ho an'Andriamanitry sy ho an'e Zanak'ondry. [5] Tsy nisy vandy hita teo ame molotr'indreo, tsy manan-
tsigny ndreo. [Fahamarinagny: Ny dikan-teny sasagny nagnampy se: "teo anolohagn'e seza fiandrianan'Andriamanitry"] [6]
Nahita anjely hafa nagnidigny ambony aho, zay nanagny e hafatry mandrakizaign'e vaovao mahafaly hozakaigny
amindreo zay miaigny ambonign'e tany- ame firenegny, foko, fizakagny, da gnen ologny aby. [7] Niantso tame zaka mafy izy
we: "Matahora an'Andriamanitry da magnomeza voninahitry an'Azy. Fa Tonga e fotoagny fitsaragny. Mivavaha Aminazy,
gne raiky say nagnamboatry e lagnitry, e tany, e ranomasigny, da gne loharano." [8] Nisy anjely hafa-ne anjely faharoa

nagnaraky nizaka se: "Lavo,Lavo babylona lehibe, zay nandresy lahatry reo firenegn'aby mba hisotro gne divain'e
fitondran-tegny malotony." [9] Nisy anjely hafa- anjely fahatelo- nagnaraky andreo, nizaka tame feo mafy se: "Raha misy
mivavaky ame bibidia sy e sariny, ary mandray e mariky eo ame handrigny ndre eo ame tagnany, [10] da hisotro e sasany
ame divain'e fahatezeran'Andriamanitry avakoa, divay tsy nifangaro zay narotsaky tao agnatin'e kapoaky e havignira gny.
E ologny zay misotro zany da ho ampijaliagny ame afo sy solifara eo alohan'e anjely maisin'Andriamanitry sy eo alohan'e
Zanak'ondry. [11] Ny setroky avy ame fijaliandreo da miakatry madrakizay doria, sady tsy hanam-pitsaharagny andro sy
aligny indreo- reo mpanompon'e bibidia da e sariny reo, ary gn'olo aby zay mandray e mariky gne agnaragny. [12] Ity da
antso ho an'e faharetagny maharitr'ireo zay masigny, reo zay magnaraky reo didin'Andriamanitry sady mino an'i Jesosy."
[13] Naharegny feo avy tagny an-dagnitry aho nizaka se: "soraty zao: Sambatry gne maty zay maty ao ame Tompo." "Eny",
hoy gne tagnany, "mba ahafahndreo miala sasatry ame asandreo,fa e vitandreo da nagnaraky andreo." [14] Nijery aho, da
nisy rahogny fotsy. Mipetraky teo ame rahogny e raiky akô gne zanak'ologny. Nanagny satro-boninahitry volamena teo
ame lohany da fijinjagny marangitry eny an-tagnany izy. [15] Da nisy anjely hafa nivoaky e tempoly sady nangaiky tame feo
mafy an'e mipetraky eo ame rahogny nizaka se: "Raiso ee fijinjagnanao da manomboa mijinja. Fa tong'e fotoagny
hijinjagny, satria masaky e vokatry e tany." [16] Ary e raiky zay mipetraky teo ame rahogny nampandroso e fijinjagny teto
an-tany, da nojinjaigny e tany. [17] Nisy anjely hafa nivoaky avy tao an-tempoly tany an-dagnitry; nanagny fijinjagny
marangitry avakoa izy. [18] Mbola nisy anjely hafa koa nivoaky e alitara fandoroagny ditin-kazo magnitry, zay nanagny
fahefagny ame afo. Nagnantso tame feo mahery andreo zay nanagny fijinjagny marangitry izy se: "Raiso e fijinjagnanao
marangitry da angony reo sampahom-boaloboky avy ame voaloboky gne tany, fa reo voaloboky da efa masaky zao." [19]
Nampandroso e fijinjagny tame tany gn'anjely da nagnangogny gne vokatry e voaloboky e tany. Natsipiny tao agnaty
famaizam-boaloboky lehiben'e fahavigniran'Andriamanitry zany. [20] E famaizam-boaloboky da nidisahigny tagny ivelan'e
tanàgny, e rà da niraraky avy ao amizany ka tonga hatregny ame ankaboagn'e lamborodian-tsovaly, zay 1. 600 stadio.

Chapter 15

[1] Avy eo da nahita famantaragny hafa tegny ame lagnitry aho, zakabe sady mahavariagny: Nisy anjely fito miaraky ame
loza fito, zay loza farany indrindra, fa amindreo nonhahatantrakign'e fahavigniran'Andriamanitry. Nahita zay niboky
tame ranomasigny fitartry nampiarahigny tame afo aho. Nitsangagny teo akaikign'e ranomasigny reo zay nandresy an'e
bibidia da e saigny, sady e isa magnaboaky e agnarany. Indreo da nitazogny harpa nomen'Andriamanitry an-dreo [3] Indreo
nihira e hiran'i Mosesy, zay mpanompon'Andriamanitry, e hiragn'e Zanak'ondry hoe: "Zakabe da mahavariagny reo
asanao, Tompo Andriamanitry, da Avo indrindra. Marigny da mahitsy Reo lalàgny nao ry mpanjakanireo firenegny. [4] Iza
no tsy hahatahotry Anao, ry Tompo, da nagnome voninahitry gnagnaranao? Fa Anao raiky no masigny. E firenegny aby
ho avy da hivavaky eo agnatrehanao satria reo asanao marigny da efa magnambara." [5] Tafarany reo raha reo aho da
nijery, sady nisokatry e zaka tame lagnitry da e tempoly zay managny lain'e fijoroagny vavolombelogny. [6] Niboaky avy tao
ame toeragny masigny indrindra reo anjely fito mitazogny reo loza fito. Indreo da miakanjo madio, lamba rongony
mamiratry da misy etry volamena magnodidigny e tratrandreo. [7] Raiky tamindreo zava-managnagny efatry nagnome
an'e anjely fito lovia volamena fito feno gne fahatezeran'Andriamanitry, sady velogny mandrakizay doria. [8] Feno setroky
avy ame voninahitr'Andriamanitry da avy ame herign'e tempoly. Tsy nisy ndre ia ndre ia afaky e loza fiton'ireo anjely
fito.

Chapter 16

[1] Naharegny feo mafy nangaiky avy tao am-pengonagny iao sady nizaka tame anjely fito hoe: "Mandehana da araray ame
tany gne lasety fito feno gn'avigniran'Andriamanitry. [2] Lasa gne anjely voalohany da nandraraky gne tame lasetiny tame
tany; ratry ratsy sady marary gne nahazo gn'olo izay nanagny gne marikin'e bibi-dì, ireo izay nankalaza gne sariny. [3] Gne
anjely faharoy nandraraky gne tame lasetiny tame ranomasigny. Nanjary rà izany, akô gne ràn'olo maty, sady maty
agnaby gne raha-managn'aigny tame ranomasigny. [4] Gne anjely fahatelo nandraraky gne tame lasetiny tamireo ony izy
ame loharano, da lasa rà ireo. [5] Regniko gne anjelin'e rano magnano hoe: "Marina Anao_ ry amizao fotoagny izao izy ame
taloha, gne raiky masigny_ satria efa nitsara ireo raha ireo Anao. (Fagnamarihagny:gne atontan-taratasy sasany taloha da
mamaky hoe: "Marina Anao, Tompo_ry amizao fotoagny izao izy ame taloha sady gne ho avy, satria efa nitsara ireo raha
ireo Anao.") [6] Satria gne ràn'ireo mpino izy ame mpaminany gne nalatsakindreo da nomenao rà hondranomigny indreo;
izany gne fanaoky andreo." [7] Regniko gne alitara namaly hoe: "Eka, Tompo Andriamanitry zakabe, gne fitsaranao da
marigny sady mahitsy." [8] Gne anjely fahaefatry nandraraky gne tame lasetiny tame masoandro, sady nahazo alalagny
handoro gne olo ame afo izany. [9] Main'e hafanagny be indreo, da nizaka ratsy gn'agnaran'Andriamanitry, izay managny
gne fahefagny am'iregny loza iregny. Tsy nibebaky indreo na nagnome voninahitra an'Azy. [10] Avy eo gne anjely fahadimy
nandraraky gne tame lasetiny tame seza fiandrianan'e bibi-dì, sady nandrakotry gne fanjakany gne hizigny. nihota gne
lelany indreo nohon'e fahoriagny. [11] Nizaka ratsy gne Andrimanitrin'e lagnitry indreo nohon'e fahoriagny izy ame
ratrindreo, sady mbola nandà gne hibebaky am'izay vitandreo avao indreo. [12] Gne anjely faha-enina nandraraky gne
tame lasetiny tame ony zakabe, i Eofrata. Noritagny izany mba hagnomanagny gne lalagny ho an'e mpanjaka izay ho avy
agny antsignanagny. [13] Nahita fagnahy maloto telo iao izay akô boketra mivoaky avy agny am-bavan'e bibi-dì, sady avy
ame vavan'e mpaminany sandoky. [14] Fa fagnahin'e demonia magnano famataragny mahagaga izy ireo. negn'agny ame


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

mpanjakan'izao tontolo izao indreo mba handagnogny andreo miaraky ho an'e adin'e andro zakaben'Andriamanitry
ambony indrindra. 15 ("Indro! Avy akô gne mpangalatry Iao! Sambatry izay miambigny, miaro gne fitafiany mba tsy hikojy
izy sady tsy hitandreo gne hegnatriny.") 16 Noentindreo niaraky tagny ame toeragny izay antsoigny hoe Hara-magedona
ame Hebreo indreo. 17 Avy eo gne anjely fahafito nandraraky gne tame lasetiny tame rivotry. Da nisy feo mafy nivoaky
avy tao am-pengonagny izy ame seza fiandrianagny, magnano hoe: '"Vita izany!" 18 Nisy tselatry, kotroky, kotro-baratry,
sady horohoron-tany mafy_horohoron-tany zakabe noho izay efa nitranga hatram'izay nisian'olo teto an-tany, ka da mafy
izany horohoron-tany izany. 19 Vaky nizara telo gne tanagny zakabe, sady rava gne tanagnin'e firenegny. Avy eo
Andriamanitry nangaiky mba hahatsiaro an'i Babylona zakabe, sady nomeny izany tanagny izany gne kopy feno divaigny
vita avy ame firehetan'e fahavignirany. 20 Nanjavogny agnaby gne nosy, sady tsy hita sanaky gne vohitry. 21 Nisy havandra
makadiry, milanja eo ame talenta raiky eo, nilatsaky avy agny an-dagnitry ho ame olo. Nagnozogny an'Andriamanitry
indreo nohon'e loza avy tame havandra satria tena mafy lotry izany loza izany.

Chapter 17

1 Raiky tame anjely fito izay nitagny ireo lasety volamena fito nagnatogny sady nizaka taminà hoe: "Avia, ho aboakiko
anao gne sazin'e mpijangajanga zakabe izay mipetraky ambony rano maro. 2 Niaraky tamin'azy gne nampijangajanga
an'e mpanjakan'e tany. Gne divaignin'e fijangajangany gne nahamamo ireo mponign'e tany." 3 Avy eo gne anjely nitondra
ana tame Fagnahy tagny ame tany fogny, da nahita viavy nipetraky tambony bibi-dì mena izay feno agnara zaka ratsy iao.
Gne bibi-dì da managny loha fito sady tandroky folo. 4 Gne viavy da nagnano akanjo voloparasy da mena sady voaravaky
volamena, vato sarobidy,sady vato soa. Izy da nitagny kopy volamena feno raha mahadikidiky izy am'ireo tsy
fahadiovan'e fijangajangany tame tagnany. 5 Teo ame handrigniny gne nisy agnara managny dikany mifiny voasoratry
hoe: "Babilona zakabe, gne renin'ireo mpijangajanga izy ame raha mahadikidikin'e tany." 6 Nahita iao fa gne vehivavy da
mamon'e ràn'ireo mpino izy ame ràn'ireo martiry ho an'i Jesosy. Refa nahita an'azy iao, da tena gaga. 7 Fa gne anjely
nizaka taminà hoe: "magnino anao da gaga sa? Ho azavaiko anao gne dikan'e viavy izy ame bibi-dì izay minday an'azy,
gne bibi-dì izay managny loha fito izy ame tandroky folo. 8 Gne bibi-dì izay hitanao da misy, fa tsisy am'izao fotoagny izao,
fa andalam-piakaragny avy agny ame farany ambanin'e lavaky tsy hita farany. Avy eo da ho agny ame fahasimbagny
izany. Ireo izay miaigny ambony tany, ireo izay tsy voasoratry ao ame bokin'e fiainagny hatram'e namorognagny an'izao
tontolo izao gn'agnarany- ho gaga indreo refa hahita fa gne bibi-dì da misy, fa tsisy sanaky am'izao fotoagny izao, fa
andalam-pihaviagny. 9 Mangaiky saigny izay manam-pahendregny izany. Ireo loha fito da vohitry fito izay hipetrahan'e
viavy. 10 Izy ireo avakoa da mpanjaka fito. Mpanjaka dimy gne lavo, raiky gne misy, fa gne hafa da mbola tsy avy; refa avy
izy, da fotoagny kidy avao gne hipetrahany. 11 Gne bibi-dì izay misy,fa tsisy am'izao fotoagny izao, mpanjaka fahavalo izy,
sady ho agny ame fahasimbagny. 12 Gne tandroky folo izay hitanao da mpanjaka folo izay mbola tsy nandray fanjakagny,
fa hahazo fahefagny ako gne mpanjaka miaraky ame bibi-di -mandritrin'e lera raiky izy ireo. 13 Firaisan-tsaigny izany,
sady indreo da hagnome gne hery izy ame fahefandreo an'e bibi-dì. 14 Hanangagn'ady manohitry gne Zanak'ondry indreo.
Fa gne Zanak'ondry gne handresy andreo satria Izy gne Tompon'e tompo, sady Mpanajakan'e mpanjaka - da miaraky
amin'Azy ireo voahaiky, ireo voafidy, sady ireo manam-pinoagny." 15 Hoy gn'anjely taminà: "Ireo rano izay hitanao, teo
ame nipetrahan'e mpijangajanga, da gn'olo, vondron'olo, firenegny, sady fizakagny. 16 Ireo tandroky folo izay hitanao-
indreo izy ame bibi-dì da halaigny an'e mpijangajanga. Ho ataondreo fôgny sady mikojy izy, handrivatry gne nofotriny
indreo, sady handoro an'azy tanteraky ame afo. 17 Fa Andriamanitry efa nametraky an'izany tao am-pondreo mba
hanatanteraky gne fikasany ame fagnekendreo hagnome gne herindreo hitondragny gne bibi-dì mandra-pahatanteraky
gne zakan'Andriamanitry. 18 Da i raviavy, hitanao gne tanagny zakabe izay manjaka ame mpanjakan'e tany."

Chapter 18

1 Tafaran'io raha io da nahita hafa zay nidigny latan-dagnitry iao. Nanagny fahefagny zakabe izy, sady namirapiratry
nohon'e voninahitriny gne tany. 2 Nikiaky tame feo mafy izy, nizaka hoe: " Lavo, lavo e Babilona zakabe! Nanjary toeragny
fipetrahan'e demony, sady fialofagny ho an'e vorogny maloto, sady fialofagny ho an'e vorogny maloto sy mampadikidiky
agnaby. 3 Fa gne firenena agnaby da nisitro gne divain'e fitondran-tegna malotony. E mpanjakan'e tany da nagnano
fitondran-tegna maloto tamin'azy. E mpivarotry gne tany da tona mpanan-karena tamin'e fomba fiainany arak'e nofo." d 4
Avy eo da naregny feo hafa latan-dagnitryiao, nizaka hoe: "Melà amin'azy ry oloko, mba tsy hizarany fahotagny ao
aminareo, ary mba tsy azahoanareo e lozany. 5 Efa nilagnona akô gne ahavon'e ahavon'e lagnitry gne fahotany, sady
Andriamanitry mahatsiaro e asa ratsiny. 6 mamalia an'azy akô gne namalian'e hafa, sady valio avo roy heny zay efa
vitany; tao ame kapoaky izay efa nofenoiny, da fenoy avo roy heny ho an'azy. 7 Akô izy nagnome voninahitry gne tegnany
sady niaigny tame tsy fiafiagny, omeo an'azy gne fampijaliagny sy gne alahelo sahaza an'azy. F'izy nizaka tao am-pony
nagnano hoe: 'Nipetraky akô gne mpanjaka viavy iao. Tsy maty vady iao, sady tsy nisaogny mandrakizay.' 8 Noho zany da
ho avy ame andro raiky e areti-mandringagny: gne fahafatesagny, gne fisaonagny, da gne mosary. Ho main'e afo izy, Fa
gne tompo Andriamanitry da mahery, ary izy gne mpitsara an'azy. " 9 E mpanjakan'e tany zay nijangajanga sady nadeha
tsy am-pieritreretagny niaraky tamin'azy da hitomagny sady handadilady eo anatrehany refa hahita gne setroky gne
fahamaizany indreo. 10 Hijoro lavitry indreo, hatahotry gne fijaliany, hijaka hoe: "Loza, loza ho an'izay tanàna lehibe,
Babilona, ilay tanàna mahery, fa ame lera raiky daho avy gne sazin areo." 11 E mpivarotry gne tany da nisaogny ho an'azy,

satria tsy nisy ologny niady varotry ho azy koa- [12] varotry volamena, volafotsy,vato sarobidy, firavaky, lamban-drongony
tenatsara, volomparasy, landy, mena, e karazagny kakazo ala, gne fanaka ivoara, gne fanaky agnaby vita avy ame kakazo
sarobidy, varahigny, vy, marbra, [13] kanelina, zava-manitry, ditin-kazo, miora, hanitry, divay, menaky koba tsara toto, vary,
biby fiompy, ary ondry, soavaly sy kalesy, e andevo sy fanahin'olo. [14] Gne vokatry zay tenao tame herinao aby da hiala
aminao. gne entanao lafo vidy sy ireo mamirapiratry da nanjavogny, ary tsy ho hita koa mandrakizay. [15] Gne mpivarotry e
entagny zay tonga mpanan-karegny noho izy da hiala amin'azy lavitry nohon'e fatahoragny gne fijaliagny, hitomagny sy
hisaogny mafy. [16] Hizaka indreo hoe: "Loza, loza ho an'e tanàgny zakabe zay niakanjo tame lamban-drongony tena tsara,
volomparasy, da mena, sady noravahagny tame volamena, firavaky sarobidy, da vatosoa! [17] Agnatin'e lera raiky da ho
foagny izany haregny rehetra zany. "E kapitenin-tsambo agnaby, e mandeha egny ambony ranomasigny
rehetra,tantsambo, da e rehetra mipetraky ambony ranomasigny, da hijoro alavitry. [18] Nikiaky indreo raha vao nahita an'e
setroky fahamaizagny. Nizaka indreo hoe: "Tanàgny ino gn'akô gne tanàgny zakabe?" [19] Nanipy vovoky tegny an-dohany
izy, ary nikiaky mafy, nitomagny, sady nisaogny, nagnano hoe: "Loza, loza ho an' e tanàgny zakabe zay nisy an'ireo
rehetra nanagny e sambo an-dromasigny gne tonga mpanan-karegny avy ame harenany. Fa tagnaty lera raiky da simba
zany. " " [20] Mifalia amin'azy, ry lagnitry, anareo mpino, apôstôly, da mpaminany, fa Andriamanitry nitondra gne
fitsaranareo tamin'azy!" [21] Anjely mahery raiky nagala vato zakabe sady nanipy zany tan-dranomasigny, sady nizaka hoe:
" am'zany, Babilona, e tanàgny zakabe, harodagny arahigny herisetra, sady tsy ho hita koa. [22] E feo namboarin'ireo
lokanga, mpitendry mozika, mpitsoky sodigny, sy trompetra da tsy ho regny ao aminao koa. E mpagnano asa-tagnany
isan-karazagny da tsy hita ao aminao koa. Tsy hisy feon'e vato fikosoham-bary ho regny koa eo aminao. [23] E fahazavan'e
jiro, da tsy hamirapiratry ao aminao koa. E feon'e mpampakatry sy ampakarigny da tsy ho regny aminao koa, fa gne
mpivarotrareo gne andrian'e tany, sady e firenegny da voafitaky tame famosavinareo. [24] T'amin'azy gne nahitagny gne
ràn'e mpaminany, sy e mpino, da e ràn'e marobe voavono teto an-tany."

Chapter 19

[1] Taorian' io raha io da naregny zay akô gne feo mafin'e fokonolo maro isa tagny an-dagnitry iao nagnano hoe: "Aleloia. E
famonjegny, e voninahitry, da e hery da an'Andriamanitsika. [2] E fitarany da marigny sy mahitsy, fa nitsara gne mpivaro-
tegny zakabe zay nagnaratsy gne tany tame fijangajangany izy. Namaly faty gne ràn'e mpanompony, izay nalatsakiny izy.
" [3] Nizaka fangnidroiny indreo hoe: "Aleloia! Gne setroky da miakatry avy amin'azy mandrakizay doria." [4] E lohologny
efatry amby roapolo da gne raha managn'aigny efatry da nandadilady sady nanampo an'Anandriamanitry zay nipetraky
teo ame seza fiandrianagny. Hoy indreo: "Amena. Aleloia!" [5] Da nisy feo nibôky avy tamin'e seza fiandrianagny, nanagno
hoe: "Derao Andiamanitsika, anareo marobe mpanompony, anareo zay matahotry an'azy, na gne tsy manan-danja na gne
mahery." [6] Da naregny zay akô gne feon'e olo maro isa, akô gne firondrohonan'e rano maro, sady akô gne filatsahan'e
kotroky mafy aho, nagnano hoe: "Aleloia! Fa manjaka gne Tompo, Andriamanitry zay manapaky ame raha agnaby. [7] Aoka
isika hifaly da ho ravoravo sady hagnome voninahitry an'Azy satria avy gne fampakaram-badin'e Zanak'ondry, sady gne
nampakariny efa niomagny. [8] Nomegny alalagny hisikigny lamba rongony mamiratry sady madio izy" (fa gne lamba
rongony da gne asa marin- dreo olo-masigny). [9] E anjely nizaka taminà hoe: "Soraty zao: " Sambatry indreo zay nasaigny
tame fampakaram-badin'e Zanak'ondry. Nizaka taminà koa izy hoe:" Ireo da teny marin'Andriamanitry." [10] Nandadilady
teo ame tongotriny mba hanompo an'azy iao, fa hoy izy taminà: "Aza manao zao! Iao da mpiara manompo aminao sady e
rahalànao zay mitazogny gne fijoroagny vavolombelogny momba an' i Jesosy. Manompoa an'Andriamanitry, fa e
fijoroagny vavolombelogny momba zn'i jesosy da gne fanahy faminanihagny." [11] Da nahita gne lagnitry nisokatry iao sady
nagnety ka nisy soavaly fotsy. E mpitaingigny zany da natsovagny hoe mahatoky sady marigny. Amin'e fahamarinagny
gne hitsarany sady hiadiany. [12] E masony da akô gne lelan'afo, sady eo ame lohany misy satro-boninahitry maro. Managny
agnaragny voasoratry eo amin'azy zay tsy misy mahafantatry afa-tsy izy avao izy. [13] Misikigny akanjo lava zay nitsoboka
tame rà izy, ary gn'agnarany da antsovagny hoe ny Tenin'Andriamanitry. [14] E tafiky gne lagnitry da nagnaraky an'Azy tame
soavaly fotsy, misikigny lamba rongony, fotsy sady madio. [15] Avy ao ame vavany gne mivoaky e sabatry maragnitry zay
am'zany gn'amelezany e firenegny, sady hanapaky andreo ame tehigny vy izy. Magnitsaky ao ame famiazan'e
fahaviniran'e fahatezeran'Andriamanitry Tsitoha izy. [16] Managny agnaragny voasoratra eo ame sikigny lavany eo ame
feny izy hoe: "Mpanjakan'e mpanjaka sady Tompon'e tompo." [17] Nahita anjely nitsangagny teo ame masoandro aho.
Nangaiky tame feo mahery e voro manidigny ambony rehetra izy hoe: " Avia, miangòna ho an'e fety
zakaben'Andriamanitry. [18] Avia ihinagny gne nofon'ireo mpanjaka, e nofon'e mpitari-tafiky, gne nofon'e lelà mahery, e
nofon'e soavaly da gne mpideba an'zany, da gne nofon'e lelà rehetra, gne afaky sy gne andevo, gne tsy manan-danja da
gne mahery." [19] Nahita bibi-dia da e mpanjakan'e tany niaraky tame tafik'andreo iao. Niangona indreo mba hiady ame
raiky zay mideba e soavaly sy ame tafiny. [20] Voasambotry e bibi-dia sady niaraky tamin'azy gne mpaminany sandoky izay
nagnano ireo famantaragny teo anatrehany. Tamin'io famataragny io e namitahany ireo zay nandray e mariky gne bibi-
dia da ireo zay nanompo gne sariny. Izy roy ireo da natsipy velogny t'agnaty farihin'afo mirehitry solifara. [21] E ambin-dreo
da novonoigny tame sabatry zay nibôky gne vavan'e raiky zay nideba gne soavaly. E vorogny agnaby nihinagny gne nofo
mangatsiakandreo.

Chapter 20


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024

1 Ary nahita anjely nidigny avy tagny an-dagnitry iao. Nanagny gne lakilen'e lavaky tsy hita farany izy, sady nanagny rojo
vy zakabe tegny an-tagnany. 2 Nisambotry an'e dragogny izy, the menaragny taloha, gne devoly, na Satana, sady
nofiheziny arivo taogny. 3 Natsipiny tagny ame lavaky tsy hita farany izy, nidiny izany sady nasaigny tombo-kase teo
amin'azy. Nanigny an'izany mba tsy hamitahany gne firenegny maro koa mandra-pahatapitry gne arivo taogny.
Afaran'izany, da tsy maintsy havosotry fotoagny kidikidy izy 4 Ary nahita seza fiandrianagny maro iao. nipetraky teo
amboniny ireo izay nomegny fahefagny mitsara. Nahita gne fanahin'ireo izay notapaigny loha nohon'e fijoroagny
vavolombelogny mahakasiky an'i Jesosy sady nohon'e zakan'Andriamanitry iao. Tsy nandongaliky tame bibi-dì na tame
sariny indreo, sady indreo da nandà gne nandray gne mariky gne bibi-dì teo ame handrigniny na teo ame tagnany. Lasa
velogny indraiky indreo , sady nanjaka niaraky tamin'i Kristy nandritran'e arivo taogny 5 Gne ambin'e maty da tsy
velogny mandra- pahatapitry gne arivo taogny. Izany gne fitsanganagny voalohany. 6 Sambatry sady masigny izay olo
managny anjara ame fitsanganagny voalohany! Eo agnatrehan'izany da tsy manan-kery gne fahafatesagny faharoy.
Indreo da ho mpisorogny an 'Andriamanitry izy ame Kristy sady hanjaka miaraky amin'Azy mandritran'e arivo taogny. 7
Refa tapitry gne arivo taogny, da hovahagny ao ame figadrany Satana. 8 Hijotso izy mba hamitaky gne firenegny maro
egny ame vazan-tany efatry - Goga izy ame Magoga-mba hinday andreo miaraky ho agny ame ady. Indreo da ho maro akô
gne fasikin'e ranomasigny. 9 Niakatry teo ambonin'e tany lemaky indreo sady nagnodidigny gne tobin'e mpino, E tanagny
malala. Nefa nisy afo nidigny avy tagny an-dagnitry sady nandripaky andreo. 10 Gne devoly, izay namitaky andreo, da
natsipy tao ame farihy afo solifara, toeragny izay hanipizagny gne bibi-dì izy ame mpaminany sandoky. Sady ho
ampijaliagny atoandro aman'aligny mandrakizay indreo. 11 sady nahita seza fiandrianagny fotsy zakabe iao izy ame
nidoboky teo amboniny. Gne tany izy ame lagnitry da nilefa gne fagnatrehany, kanefa tsisy toeragny andehanandreo. 12
Nahita gne maty iao - gne zakabe da gne kidy- nitsangagny taloan'e seza fiandrianagny, sady novelarigny gne boky. Da
nisy boky raiky novelarigny-Gne bokin'e fiainagny. Gne maty da notsaraigny araky izay voasoratry tao am'ireo boky,
araky ireo asany. Gne ranomasigny namoaky gne maty izay tao agnatiny. Gne fahafatesagny izy am'ireo fiaignan-tsy hita
da namoaky gne maty izay tao amindreo, sady gne maty da notsaraigny araky gne raha naniny. 14 Gne fahafatesagny izy
ame fiaignan-tsy hita da natsipy tao ame farihy afo. Izany gne fahafatesagny faharoy- da gne farihy afo. 15 Raha nisy
agnara tsy hita vosoratry ao ame bokin'e Fiainagny, da natsipy tame farihy afo.

Chapter 21

1 Avy eo nahita lagnitry vaovao izy ame tany vaovao, fa foagny gne lagnitry voalohany izy ame tany voalohany, sady tisy
koa gne ranomasigny. 2 Hitako e tanagny masigny, Jerosalema vaovao, izay nidigny avy agny an-dagnitry avy
amin'Andriamanitry, voaomagny akô gne ampekarigny ampihaingoagny ho an'e vadiny. 3 Naharegny feo mafy avy agny
ame seza fiandrianagny iao magnano hoe: "Indro! Eo ame gn'olo gne misy an'e tabernakelin'Andriamanitry, sady hiaigny
miaraky amindreo izy. Ho olony indreo sady Andriamanitry tegnany hiaraky amindreo da Izy ho andriamanitr'indreo. 4
Hamafa gne ranomaso agnaby ame masondreo Izy, da tsy hisy fahafatesagny koa, ndre alahelo, ndre tomagny,ndre
fanaintaignagny.Efa lasa agnaby gne raha taloha. 5 E raiky izay nipetraky teo ame seza fiandrianagny nizaka hoe: "Soraty
izao satria io zaka agnaby io da matoky sady marigny." 6 Hoy Izy taminà se: "Efa vita io raha agnaby io! Iao gne Alfa izy
ame Omega, e fiandohagny izy ame fiafaragny. Izay te hinon-drano da homeko ho sotroiny fotsi-potsiny gn'avy ame
loharonon'e fianagny. 7 Izay mandresy da handova an'io raha agnaby io, da Iao gne ho andriamanitriny, sady izy ho
zanako. 8 Fa gne osagny, tsy manam-pinoagny, mampadikidiky,mpamono olo, mpijangajanga, mpagnano aody, mpanompo
sampy, izy ame mpivandy, da agny ame farihy mirehitry afo solifara gne misy andreo. izany gne fahafatesagny faharoy." 9
Nagnatogny anà gne raiky tame anjely fito, e raiky izay nanagny e lasety fito feno e loza fito farany, da hoy izy se: "Avia
ety. Ho aboakiko anao e apekarigny, e vadin'e Zanak'ondry." 10 Avy eo da netiny tame fagnahy tagny ame vohitry ambony
iao sady naboakiny anà e Jerosalema tanagny masigny midigny avy agny an-dagnitry avy amin'Andriamanitry. 11 Nanagny
gne voninahitr'Andriamanitry i Jerosalema, sady gne fangilangilatriny da akô vato soa lafo vidy, akô gne vato kristaly
jaspy madio. 12 Nanagny rindrigny abo zakabe niaraky tame vavahady roy ambin'ny folo izany, niaraky tame anjely roy
ambin'ny folo teo ame vavahady agnaby. Teo ame vavahady agnaby gne voasoratry gn'agnaran'e foko roy ambin'ny
folon'e zanak'Isiraely. 13 Nisy vavahady telo t'antsignanagny, vavahady telo t'avaratry, vavahady telo t'atsimo, da
vavahady telo t'andrefagny. 14 Nanagny fototry roy ambin'ny folo gne rindrign'e tanagny, sady teo gne nisy agnaragny roa
ambin'ny folon'e apostlin'e Zanak'ondry. 15 E raiky izay nikoragny taminà da nanagny fandrefesagny volo vita tame
volamena mba handrefesagny gne tanagny, gne vavahadiny, sady gne rindrigniny. 16 Miendriky efa-joro e tanagny; mitovy
gne lavany izy ame sakany. Nandrefy gne tanagny tame fandrefesagny volo izy, roy arivo stadio gn'alavany(mitovy gne
lavany,sakany da gn'ahabony). 17 Nandrefy gne rindrignin'izany koa izy, 114 hakio ame refin'olo (izay refin'e anjely
avakoa). 18 Vita tame jaspy e rindrigny sady tame volamena tsisy fangarony, akô gne fitaratry madio. 19 Gne fototr'e
rindrigny da voaravaky tame karazagny vato lafo vidy aganby. Gne voalohany da jaspy, gne faharoy safira, gne fahatelo
kalkedona, gne fahefatry emeralda, 20 gne fahadimy sardoniksa, gne fahenigny karneola, gne fahafito krysolita, gne
fahavalo beryla, gne fahasivy topaza, gne fahafolo krysopraso, gne faha raiky ambin'ny folo jasinta, gne fara roy
ambin'ny folo ametysta. 21 Gne vavahady roy ambin'ny folo da vato soa roa ambin'ny folo; gne tsiraidraiky ame vavahady
da vita tame vatosoa raiky. E lalam-be t'antanagny da volamena tsisy fangarony, akô fitaratry mangarangaragny. 22 Tsy

nahita fiangonagny tao ame tanagny iao, satria Tompo Andriamanitry Tsitoha izy ame Zanak'ondry gne fiangonany. [23]
Gne tanagny da tsy nila masoandro na volagnymba hamirapiratry amizany satria gne voninahitr'Andriamanitry da
mamirapiratry tamizany, da gne Zanak'ondry gne jiron'izany. [24] Handeha ame fahazavan'izany tanagny izany e firenegny.
E mpanjakan'e tany da hinday gne fahatsarandreo ho amizany. (Fagnamarihagny: Gne atontan-taratasy taloha sasany da
mivaky hoe: "E firenegny izay voavonjy da handeha ame fahazavan'izany tanagny izany.") [25] Tsy hihidy e vavahadin'izany
mandritry gn'andro sady tsy hisy aligny agny. [26] Hinday gne fahatsaragny izy ame hajan'e firenegny ao amizany indreo, [27]
sady tsy hisy maloto mihitsy hiditry ao amizany. Tsy hisy ndre ia ndre ia hagnano raha mahamegnatry hiditry ao, fa izay
voasoratry agnara ao ame bokin'e Zanak'ondrin'e fianagny avao.

Chapter 22

[1] Ary naboakiny anjely anaha gne oninin'e ranogn'e fiaignany, madio akô gne kristaly. Zany da mikoriagny avy agny ame
seza fiandrianagn'Andriamanitry da gne zanakondry [2] mamakivaky eo afovoan'e lalagn'e tanàgny. Ary gn'andanigny roa
and ony da samy misy e hazon'e fiagnagny, mamoa karazagny voa roa ambe folo, zany da mamoa the voany isam-
bolagny. E ravin'izany hazo zany da nanigny hagnasitragny e firenegny aby. [3] Da tsihisy koa e voahozogny. E seza
fiandrianagn'Andriamanitry da gne Zanak'ondry da ho ao ame tanàgny, da reo mpanompogny da hanompo an'Anazy. [4]
Hahita gn'endrikigny ndreo, sady gn'Agnarany da ho eo ame hadri-ndreo. [5] Ka tsy hisy aligny koa; ndreo da mila
fahazavagn'e jiro ndre da masoandro koa satria e Tompo Andriamanitry no hazava amindreo. Sady hanjaka
mandrakizay doria ndreo. [6] Hoy gn'anjely tamiko: "Reo zaka reo da azo atokisagny sady marigny. E Tompo, da
Andriamanitry gne fagnahign'e mpaminagny, da nandefy gn'anjely mba hagnaboaky zay raha tsy maintsy hitrangy tsy ho
ela ame reo mpanompony." [7] Indro! Efa akaiky gne fihaviako! Sambatry zay nagnaraky reo zaka faminaniagny amin'ity
boky ity." [8] Aho, Jaona, raiky zay naharagny da hahita reo raha reo. Raha naharegny sy hahita zany aho, da niankohoky
teo ame tongotrign'anjely e vatagnako mba hidera azy, da gne anjely zay nagnaboaky anaha reo raha reo. [9] hoy Izy
taminà: "Aza magnano ak9 zany! Fa mpanompo akamanao miaraky aminao iao, miaraky ame mpaminany rahalà nao,
sady miaraky amindreo say nagnaraky reo zaka gne ty boky ty. Miderà an'Anandriamanitry!" [10] y Izy taminà: "Aza asiagny
tombo-kase reo zaka gne faminaniagny amity boky ty, fa akaiky e fotoagny. [11] Zay magnano e tsy marigny, da apetraho izy
hanohy e tsy fahamarinagny. Zay maloto fianagny, apetraho izy hanohy e fianagny maloto. Zay marigny, apetraho izy
hanohy e fanaovagny e marigny. Zay Masigny, apetraho izy hanohy e fahamasinagny." [12] "Indro! Efa akaiky e
fahatognavako. E valisoako da miaraky aminà, mba hamaliako e tsikiraikiraiky araky gne zava-bitany. [13] Aho gne Alfa sy
Omega, E voalohagny sady faragny, e Fiandohagny sady fiafaragny. [14] Sambatry reo zay manasa e lambandreo mba
hahazo alalagny mihinagny avy ame hazogn'e fianagny da hiditry ao ame tanàgny avy eo ame vavahady.
(Fahamarinagny: Raha tkony: "Sambatry reo zay manasa e lambandreo." Reo antontan-taratasy hafa taloha da mivaky se:
"Sambatry reo zay manao e riding.") [15] Fa agny ivelagny reo amboa, reo mpanao ody, reo mpanompo sampy, zay Tia
mivandy agnaby da e mpivandy. Aho, Jesosy, da nandefa gn'anjely mba hizaka aminareo reo raha ho andreo fiangonagny.
Aho e fakany da taranak'i Davida, da kintana mamirapiratry maraigny." E fagnahy da gne Ampakarigny magnano hoe:
"Malaky!" aoka zay maharegny hizaka se: "Malaky!" ndre ia ndre ia mangetaheta, aoka Izy nagnatogny, ndre ia ndre ia
magniry zany, aoka izy hahazo maimaim-poagny e ranogn'e fiaignany. [18] Aho da magnambara ame zay aby maharegny e
zakagny faminaniagny amity boky ty: "Raha misy magnampy reo, Andriamanitry hagnampy loza ho anazy zay
voasoratry ao amity boky ty. [19] Raha misy mangalaky e zaka faminaniagny amity boky ty, Andriamanitry da hangalaky
gn'anjarany ame hazon'e fianagny sy e tanàgny masigny zay voasotry ao agnatinity boky ty." (Fanamarihagny: E
antontan-taratasy taloha da mivaky hoe: "Andriamanitry hangalaky e anjarany ao ame bokin'e fiaignany ary ao ame
tanàgny masigny zay voasoratry ao amity boky ty.") [20] Hoy e raiky zay magnambara reo raha reo: "Eny! Efa akaiky e
fahatognavako." Amena! Tongava, ry Tompo Jesosy! [21] Ho ame ologny aby anie e fahasoavagn'e Tompo Jesosy. Amena.


generated on Thu Oct 17 14:48:50 2024